

# Bokin'i Môrmôna:

## Boky Fandalinana ho an'ny Mpianatra Seminera amin'ny Fandaharam-pianarana any An-trano

# Bokin'i Môrmôna:

## Boky Fandalinana ho an'ny Mpianatra Seminera amin'ny Fandaharam-pianarana any An-trano

Navoakan'
Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

Ho raisina an-tanan-droa ireo fanamarihana sy fanitsiana. Azafady alefaso amin'ity adiresy ity izany:
Seminaries and Institutes of Religion Curriculum Services
50 East North Temple Street
Salt Lake City, UT 84150-0008
USA
Email: ces-manuals@ldschurch.org

Soraty ao azafady ny anaranao feno, ny adiresinao, ary ny paroasy sy ny tsatòka misy anao.
Aza adino ny manome ny lohatenin'ilay boky. Avy eo dia zarao ny fanamarihana avy aminao.

© 2012 an'ny Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana

Natonta tany Etazonia Amerika

Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 10/09
Fankatoavana ny Fandikana: 10/09
Fandikana ny *Book of Mormon Study Guide for Home-Study Seminary Students*
Malagasy 09410 654

# Votoatiny


Fampahafantarana ny Fandaharan'asan'ny Seminera amin'ny Fandaharam-pianarana any an-trano . . . . v
Fampiasana ity boky torolalana ity ho an'ny Fandaharan'asan'ny Seminera isan'andro . . . . v
Fampiasana ny Boky ho an'ny Mpianatra amin'ny Fandaharam-pianarana any An-trano . . . . vi
Rindran-damina Famakiana ny Bokin'i Môrmôna . . . . viii
Tonga soa eto amin' ny Bokin'i Môrmôna . . . . ix
Zava-niseho ao amin'ny Bokin'i Môrmôna Araka ny Vanim-potoana . . . . x
Ny toerana mety ho nisy an'ireo tanàna voalaza ao amin'ny Bokin'i Môrmôna . . . . xi

Fizarana 1
- Andro 1 Fandalinana ny Soratra Masina . . . . 1
- Andro 2 Ny Drafitry ny Famonjena . . . . 4
- Andro 3 Pejin-dohateny, Teny Fanolorana, ary ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona . . . . 7
- Andro 4 Fanazavana fohy mikasika ny Bokin'i Môrmôna . . 11

Fizarana 2
- *Fampahafantarana ny 1 Nefia* . . . . 15
- Andro 1 1 Nefia 1 . . . . 15
- Andro 2 1 Nefia 2 . . . . 17
- Andro 3 1 Nefia 3–4 . . . . 21
- Andro 4 1 Nefia 5–6; 9 . . . . 24

Fizarana 3
- Andro 1 1 Nefia 7 . . . . 27
- Andro 2 1 Nefia 8 . . . . 29
- Andro 3 1 Nefia 10–11 . . . . 32
- Andro 4 1 Nefia 12–14 . . . . 35

Fizarana 4
- Andro 1 1 Nefia 15 . . . . 37
- Andro 2 1 Nefia 16 . . . . 40
- Andro 3 1 Nefia 17 . . . . 43
- Andro 4 1 Nefia 18–19 . . . . 45

Fizarana 5
- Andro 1 1 Nefia 20–22 . . . . 48
- *Fampahafantarana ny 2 Nefia* . . . . 52
- Andro 2 2 Nefia 1 . . . . 52
- Andro 3 2 Nefia 2 . . . . 54
- Andro 4 2 Nefia 3 . . . . 57

Fizarana 6
- Andro 1 2 Nefia 4–5 . . . . 59
- Andro 2 2 Nefia 6–8 . . . . 62
- Andro 3 2 Nefia 9 . . . . 64
- Andro 4 2 Nefia 9–10 . . . . 68

Fizarana 7
- Andro 1 2 Nefia 11–16 . . . . 70
- Andro 2 2 Nefia 17–20 . . . . 73
- Andro 3 2 Nefia 21–24 . . . . 77
- Andro 4 2 Nefia 25 . . . . 79

Fizarana 8
- Andro 1 2 Nefia 26–27 . . . . 82
- Andro 2 2 Nefia 28 . . . . 85
- Andro 3 2 Nefia 29–30 . . . . 88
- Andro 4 2 Nefia 31 . . . . 91

Fizarana 9
- Andro 1 2 Nefia 32 . . . . 94
- Andro 2 2 Nefia 33 . . . . 98
- *Fampahafantarana ny bokin'i Jakôba* . . . . 102
- Andro 3 Jakôba 1–2 . . . . 102
- Andro 4 Jakôba 3–4 . . . . 105

Fizarana 10
- Andro 1 Jakôba 5–6 . . . . 109
- Andro 2 Jakôba 7 . . . . 112
- *Fampahafantarana ny Bokin'i Enôsa* . . . . 116
- Andro 3 Enôsa . . . . 116
- *Fampahafantarana ny bokin'i Jarôma* . . . . 120
- *Fampahafantarana ny bokin'i Ômnia* . . . . 120
- Andro 4 Jarôma sy Ômnia . . . . 121

Fizarana 11
- *Fampahafantarana ny Tenin'i Môrmôna* . . . . 124
- *Fampahafantarana ny bokin'i Môsià* . . . . 124
- Andro 1 Ny Tenin'i Môrmôna–Môsià 2 . . . . 125
- Andro 2 Môsià 3 . . . . 129
- Andro 3 Môsià 4 . . . . 132
- Andro 4 Môsià 5–6 . . . . 135

Fizarana 12
- Andro 1 Môsià 7–8 . . . . 137
- Andro 2 Môsià 9–10 . . . . 141
- Andro 3 Môsià 11–14 . . . . 143
- Andro 4 Môsià 15–17 . . . . 147

Fizarana 13
- Andro 1 Môsià 18 . . . . 150
- Andro 2 Môsià 19–20 . . . . 153
- Andro 3 Môsià 21–24 . . . . 156
- Andro 4 Môsià 25 . . . . 158

Fizarana 14
- Andro 1 Môsià 26 . . . . 161
- Andro 2 Môsià 27 . . . . 163
- Andro 3 Môsià 28–29 . . . . 166

*Fampahafantarana ny bokin'i Almà* ..... 170
Andro 4 Almà 1–4 ..... 170

Fizarana 15
Andro 1 Almà 5:1–36 ..... 173
Andro 2 Almà 5:37–62 ..... 176
Andro 3 Almà 6–7 ..... 179
Andro 4 Almà 8–10 ..... 182

Fizarana 16
Andro 1 Almà 11 ..... 184
Andro 2 Almà 12 ..... 187
Andro 3 Almà 13 ..... 190
Andro 4 Almà 14–16 ..... 193

Fizarana 17
Andro 1 Almà 17–18 ..... 197
Andro 2 Almà 19–20 ..... 200
Andro 3 Almà 21–22 ..... 202
Andro 4 Almà 23–24 ..... 204

Fizarana 18
Andro 1 Almà 25–29 ..... 207
Andro 2 Almà 30 ..... 210
Andro 3 Almà 31 ..... 213
Andro 4 Almà 32 ..... 215

Fizarana 19
Andro 1 Almà 33–35 ..... 218
Andro 2 Almà 36 ..... 221
Andro 3 Almà 37 ..... 226
Andro 4 Almà 38 ..... 228

Fizarana 20
Andro 1 Almà 39 ..... 231
Andro 2 Almà 40–41 ..... 235
Andro 3 Almà 42 ..... 239
Andro 4 Almà 43–44 ..... 241

Fizarana 21
Andro 1 Almà 45–49 ..... 244
Andro 2 Almà 50–52; 54–55 ..... 247
Andro 3 Almà 53; 56–58 ..... 250
Andro 4 Almà 59–63 ..... 252

Fizarana 22
*Fampahafantarana ny bokin'i Helamàna* ..... 255
Andro 1 Helamàna 1–2 ..... 255
Andro 2 Helamàna 3–4 ..... 257
Andro 3 Helamàna 5 ..... 259
Andro 4 Helamàna 6–9 ..... 261

Fizarana 23
Andro 1 Helamàna 10 ..... 263
Andro 2 Helamàna 11–12 ..... 267
Andro 3 Helamàna 13–14 ..... 270
Andro 4 Helamàna 15–16 ..... 275

Fizarana 24
*Fampahafantarana ny 3 Nefia* ..... 278
Andro 1 3 Nefia 1 ..... 278
Andro 2 3 Nefia 2–5 ..... 281
Andro 3 3 Nefia 6–10 ..... 284
Andro 4 3 Nefia 11:1–17 ..... 287

Fizarana 25
Andro 1 3 Nefia 11:18–12:48 ..... 291
Andro 2 3 Nefia 13 ..... 294
Andro 3 3 Nefia 14 ..... 297
Andro 4 3 Nefia 15–16 ..... 300

Fizarana 26
Andro 1 3 Nefia 17 ..... 303
Andro 2 3 Nefia 18 ..... 305
Andro 3 3 Nefia 19 ..... 308
Andro 4 3 Nefia 20–22 ..... 311

Fizarana 27
Andro 1 3 Nefia 23 ..... 314
Andro 2 3 Nefia 24–26 ..... 316
Andro 3 3 Nefia 27 ..... 319
Andro 4 3 Nefia 28–30 ..... 322

Fizarana 28
*Fampahafantarana ny 4 Nefia* ..... 325
Andro 1 4 Nefia ..... 325
*Fampahafantarana ny Môrmôna* ..... 328
Andro 2 Môrmôna 1–2 ..... 328
Andro 3 Môrmôna 3–6 ..... 331
Andro 4 Môrmôna 7:1–8:11 ..... 334

Fizarana 29
Andro 1 Môrmôna 8:12–41 ..... 337
Andro 2 Môrmôna–9 ..... 339
*Fampahafantarana ny bokin'i Etera* ..... 343
Andro 3 Etera 1–2 ..... 343
Andro 4 Etera 3 ..... 346

Fizarana 30
Andro 1 Etera 4–5 ..... 350
Andro 2 Etera 6 ..... 352
Andro 3 Etera 7–11 ..... 353
Andro 4 Etera 12 ..... 356

Fizarana 31
Andro 1 Etera 13–15 ..... 359
*Fampahafantarana ny bokin'i Môrônia* ..... 362
Andro 2 Môrônia 1–5 ..... 362
Andro 3 Môrônia 6 ..... 365
Andro 4 Môrônia 7:1–19 ..... 368

Fizarana 32
Andro 1 Môrônia 7:20–48 ..... 371
Andro 2 Môrônia 8–9 ..... 374
Andro 3 Môrônia 10:1–7, 27–29 ..... 377
Andro 4 Môrônia 10:8–26, 30–34 ..... 380

# Fampahafantarana ny Fandaharam-pampianarana Seminera ho any Mpianatra any An-trano

Ny fandaharam-pampianarana seminera ho an'ny mpianatra any an-trano dia novolavolaina mba hanampiana anao hanamafy orina ny fahatakaranao ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy hampihatra ny fampianarana ao anatin'izany eo amin'ny fiainanao andavanandro amin'ny alalan'ny fandalinana ny soratra masina. Mandritra ny fandalinana ataonao amin'ity taom-pianarana ity dia ho vitainao aloha ireo vakiteny asaina atao avy ao amin'ny lahatsoratry ny soratra masina ho an'ity fandaharam-pianarana ity— dia ny Bokin'i Môrmôna—ary avy eo dia hamita ireo lesona tsirairay ianao. Hihaona amin'ny mpampianatra seminera iray ianao indray mandeha isan-kerinandro mba hanolorana ny asanao sy handray anjara amin'ny lesona atao isan-kerinandro.

Ny Seminera dia fandaharam-pampianarana ara-pivavahana atao isan'andro. Ny fandalinanao soratra masina amim-bavaka dia tokony ho zavatra atao isan'andro. Tokony hanao ny asa nasaina natao ao amin'ny seminera ianao isaky ny andro fianarana, na dia tsy hanatrika ny fianarana seminera isan'andro aza. Misy fizarana 32 izay tokony ho vitainao mandritra ity fandaharam-pianarana ity. Ny rindran-damina famakiana ao amin'ny pejy viii no mampiseho izay tokony ho halalininao ao amin'ny fizarana tsirairay. Ny mpampianatrao no hanampy anao ahafantatra ny fe-potoana hamitana ny fizarana tsirairay. Ireo lesona tsirairay ato amin'ity boky fandalinana ity dia tokony ho vita ao anatin'ny 30 minitra, ankoatra ny fandalinanao soratra masina isan'andro.

Tokony hanana diary roa fandalinana soratra masina ianao (na kahie fandraisana naoty roa), izay hafa noho ny diarinao manokana, ary ao anatin'izany no hanoratanao ireo asa nasaina natao ao amin'ireo atrikasa ato amin'ny boky fandalinana. Isaky ny herinandro izay hihaonanao amin'ny mpampianatra dia tokony hijery ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izay misy ireo asa nasaina natao efa vita izay nalaina avy tao amin'ireo asa atao ao amin'ny boky fandalinana izay vitanao tamin'io herinandro io. Hamaky izany ny mpampianatrao ary hitsara ireo asa nampanaovina ary hamerina izany diary fandalinana soratra masina izany aminao ny herinandro manaraka. Azonao soratana amin'ny taratasy mitokana ihany koa ny valin-teninao ary apetakao eo amin'ireo pejy izay nataonao tamin'izany herinandro izany. Avy eo rehefa mamerina ireo pejy ny mpampianatrao dia azonao averina ao amin'ireo kahie fandraisana an-tsoratra indray izany avy eo.

## Fampiasana ity Boky ity eo amin'ny fandaharan'asan'ny Seminera Isan'andro

Ity boky ity dia azon'ny mpampianatra sy ny mpianatra ampiasaina amin'ny fandaharam-pianaran'ny seminera isan'andro mba ho fanatsarana ny lesona na rehefa manenjika lesona tsy natao. Na izany aza anefa dia tsy natao homena ny mpianatra seminera mianatra isan'andro izy ity. Raha mila manenjika lesona iray ny mpianatra iray mba hahafahany mahazo mari-pankasitrahana, dia azon'ny mpampianatra asaina ataony ny lesona amin'ny fandaharam-pianarana ho an'ny mpianatra any an-trano izay mifanandrify amin'ilay lesona izay tsy naha-teo azy.

# Fampiasana ny Boky Fandalinana ho an'ny Mpianatra any An-trano

### Soratra Masina Ho Fehezina

Ny andalan-tsoratra masina ho fehezina tsirairay amin'ireo 25 hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nohazavaina miavaka tsara ao amin'ny lesona izay tokony hisy azy mba hanampiana anao hanatevina ny fifehezana azy.

### Fampahafantarana ny Lahatsoratry ny Soratra Masina

Ny fampahafantarana dia manome fampahalalana ny zava-miseho sy famintininana ny lahatsoratry ny soratra masina ho an'ny lesona tsirairay.

### Fanatambarana Andinin-tsoratra masina sy Famintinan-kevitra

Ireo fanatambarana andinin-tsoratra masina dia ahitana taratra ny fizarana voajanahary rehefa miova ny zava-mitranga na ny lohahevitra. Ny tsirairay amin'izany dia arahin'ny famintinana fohy an'ireo zava-mitranga na fampianarana ao amin'ireo andininy.

### Firaketana ny Valiny ao amin'ny Boky Fandalinana

Indraindray ianao dia asaina manoratra ny valin-teny eo amin'izay faritra banga ato amin'ny boky na ao anaty tabilao iray.

---

FIZARANA 2: ANDRO 3

# 1 Nefia 3–4

## Fampidirana

Nodidian'ny Tompo i Lehia handefa ireo zanany lahy hiverina any Jerosalema mba haka ireo takela-barahina any amin'i Labana. Raha toa ka tsy hitan'i Lamana sy i Lemoela izay fomba ahafahan'izy ireo manatanteraka ity didy ity, i Nefia kosa dia nanam-pinoana fa ny Tompo dia hanomana lalana hahazoana manatontosa izay notakiany. Na dia teo aza ny fahasarotana niverimberina, dia niezaka tamim-pahatokiana hatrany i Nefia tamin'ny fanaovana izay zavatra nandidian'ny Tompo. Vokatr'izany dia notarihin'ny Fanahy Masina izy ary nahazo ireo takelaka tamim-pahombiazana. Ny traikefa niainan'i Nefia dia maneho fa ny fiezahana hankato hatrany no mahatonga antsika ho mendrika ny fanampian'ny Tompo mandritra ny fotoan-tsarotra.

## 1 Nefia 3:1–9, 19–20

*Niverina tany Jerosalema ireo zanakalahin'i Lehia*

Efa niatrika toe-javatra sarotra iray ve ianao ary nanontany tena mikasika ny fomba hamahana izany? Ny lesona anio dia hanampy amin'ny fanamafisana orina ny finoanao sy ny fahavononanao ho mpankato rehefa miatrika toe-javatra sarotra. Atombohy amin'ny famakiana ny 1 Nefia 3:1–6, ary lokoy ao anatin'ny soratra masinao ny didy izay nomen'ny Tompo an'i Lehia mba ho tanterahan'ireo zanany lahy. Mariho ihany koa ny fahasamihafana teo amin'ny fihetsika nasetrin'i Lamana sy i Lemoela teo anatrehan'ny didin'ny Tompo raha ampitahaina amin'ny fihetsik'i Nefia.

Mba hahafahana mahazo tsara ny fahasarotan'ilay didy nomen'ny Tompo, dia mety hanampy ny fahafantarana fa ny halaviran-dalana avy any Jerosalema mankany amin'ny Ranomasina Mena (ny eladranon'i Akaba) dia mirefy eo ho eo amin'ny 300 kilaometatra ao anatin'ny tany mahamay sy karankaina feno mpangalatra maro. Efa nanao dia nandritra ny telo andro mihoatran'io toerana io i Lehia sy ny fianakaviany (jereo ny 1 Nefia 2:5–6), ary ankehitriny ny Tompo dia nilaza fa tokony hiverina any Jerosalema ireo zanany lahy. Vakio ny 1 Nefia 3:7–8, ary tadiavo ny antony narosoan'i Nefia fa nahatonga ny fahavononany hankato ny didin'ny Tompo.

Nijoro ho vavolombelona i Nefia ny amin'ilay fitsipika hoe **rehefa manao izay andidian'ny Tompo isika, dia hanomana làlana Izy ahafahantsika manatontosa izany.** Rehefa manohy mandalina ny 1 Nefia 3 ianao, dia eritrereto hoe amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny ohatra feno risi-po sy fahavononana nasehon'i Nefia mitaona antsika ho tonga mpankato kokoa sy haneho finoana lehibe kokoa ho an'ny Tompo. Asio lanjany manokana ny fomba niatrehan'i Nefia ireo zava-tsarotra. Na dia tsy maintsy hiatrika fitsapana aza i Nefia rehefa niezaka naka ireo takela-barahina izy sy ny rahalahiny, dia nisafidy ny tsy himonomonona izy (jereo ny 1 Nefia 3:6).

Ireo takela-barahina dia ahitana ny "rakitsoratry ny Jiosy" (1 Nefia 3:3), izay tsy inona fa ny soratra masin'izy ireo. Hita ao ny sasany amin'ireo soratra sy fampahalalana izay hita ao amin'ny Testamenta Taloha ankehitriny, ary soratra hafa miendrika faminaniana ihany koa. Vakio ny 1 Nefia 3:19–20, ary tsipiho ireo zavatra hita ao amin'ny takela-barahina izay nahatonga izany ho zava-dehibe ho an'ny fianakavian'i Lehia sy ireo taranany.

### Soratra Masina Fehezina—1 Nefia 3:7

Vakio in-telo ny 1 Nefia 3:7 (azonao ovaovaina ny fomba famaky azy raha tianao: mafy na mangina). Akombony ny soratra masinao, ary ezaho soratana ny valin'ireto fanontaniana ireto, tsy mijery ilay andinin-tsoratra masina:

- Iza no niresahin'i Nefia? ______________________________
- Inona no nolazain'i Nefia fa ho ataony? ______________________________
- Inona no zavatra fantatr'i Nefia fa ho ataon'ny Tompo? ______________________________

Sokafy ny soratra masina, ary avereno jerena ny 1 Nefia 3:7 sy ny valin-teninao.

Hoy ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Nataoko ho fitsipika iainako izao: *Rehefa mandidy ny Tompo, dia ataovy izany*" (ao amin'ny *History of the Church,* 2:170). Diniho ny hanoratana io fanambarana io eo amin'ny soratra masinao, eo akaikin'ny 1 Nefia 3:7.

## 1 Nefia 3:10–31

*Nangalatra ny fananan'i Lehia i Labana ary niezaka ny hamono an'i Nefia sy ireo rahalahiny*

Mitahy antsika amin'ny fomba maro samihafa ny Tompo rehefa mankato ny didiny isika. Ny traikefan'i Nefia tamin'ny nahazoany ireo takela-barahina dia manohana ny fijoroana ho vavolombelona nananany fa Andriamanitra dia manomana lalana ho an'ireo Zanany mba hahafahan'izy ireo manatototontosa ny didiny (jereo ny 1 Nefia 3:7). Ampiasao ity tabilao manaraka ity mba handalinana ny andrana roa voalohany nataon'ireo zanakalahin'i Lehia mba hahazoana ireo takela-barahina. Soraty eo amin'ny tsanganana

21

---

## 1 Nefia 7:6–15

*Nanandrana nandresy lahatra an'ireo rahalahiny i Nefia mba hanohy ny dian'izy ireo ho any an-tany foana*

**Alaivo sary an-tsaina ireo Soratra Masina**

Mety lasa misy dikany kokoa aminao ny fandalinana ny soratra masina raha alainao sary an-tsaina izay zavatra mitranga. Alaivo sary an-tsaina izay mety ho fahatsapanao sy fihetsikao raha toa ka nandray anjara tamin'ny zava-niseho izay voarakitra ao amin'ny soratra masina ianao. Afaka manampy anao ihany koa izany hahatakatra fa ny zavatra raketin'ny soratra masina dia mety mitovitovy amin'ny toe-javatra eo amin'ny fiainanao ary manomana anao hampihatra ireo fahamarinana izay ampianarin'ny soratra masina.

Vakio ny 1 Nefia 7:6–7, ary tadiavo ny antony nahatonga an'i Lamana sy i Lemoela ary ny sasany tamin'ireo fianakavian'i Ismaela hikomy nandritra ny dian'izy ireo tany an-tany foana. Alaivo sary an-tsaina hoe toy ny ahoana izany hoe tahaka an'i Nefia amin'ity toe-javatra ity. Eritrereto izay mety ho nolazainao tamin'i Lamana sy i Lemoela ary ny fianakavian'i Ismaela mba hiezahana handresen-dahatra azy ireo hanohy ny diany ho any amin'ny tany nampanantenaina.

Vakio ny 1 Nefia 7:8–12, ary tadiavo ireo fanontaniana izay napetrak'i Nefia tamin'ireo rahalahiny mba hiezahana handresy lahatra azy ireo tsy hiverina any Jerosalema. Inona no fahamarinana telo nolazain'i Nefia fa adinon'ireo rahalahiny?

Valio ao antin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana ity:

**2.** Ahoana no fomba nanampian'ny fahatsiarovana ireo fahamarinana telo ireo an'i Lamana sy i Lemoela mba ho lasa mahatoky ny Tompo?

**3.** Mitanisà fitahiana 4–5 izay noraisinao avy tamin'ny Tompo. Ahoana no ahafahan' ny fitadidiana ny zavatra izay nataon'ny Tompo taminao hanampy anao ho mahatoky amin'ny fisafidianana ny hanaraka Azy?

Vakio ny 1 Nefia 7:13–15, ary jereo hoe inona no nolazain'i Nefia fa hitranga amin'i Lamana sy i Lemoela ary ireo izay nikomy tao amin'ny fianakavian'i Ismaela raha toa izy ireo ka miverina any Jerosalema.

**4.** Manorata andinin-tsoratra ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina momba ny antony maha zava-dehibe ny fahatsiarovana ny zavatra nataon'ny Tompo ho anao sy ny fanarahana ny fitarihany.

## 1 Nefia 7:16–22

*Nafahan'ny Tompo i Nefia*

Tohizo hatrany ny fakana sary an-tsaina hoe toy ny ahoana izany mipetraka eo amin'ny toeran'i Nefia izany rehefa mamaky ny 1 Nefia 7:16 ianao. Inona no ho ataonao?

Nivavaka i Nefia. Vakio ny vavaka nataony ao amin'ny 1 Nefia 7:17–18, ary jereo hoe inona no nangatahan'i Nefia tamim-bavaka.

Mariho fa i Nefia dia nangataka mba ho ahafahana "araka ny finoa[ny]." Iray amin'ireo lesona azontsika ianarana avy amin'ireo andininy ireo dia ny hoe **mamaly ny vavaka ataontsika Andriamanitra araka ny finoantsika.** Ny dikan'ny hoe mivavaka amim-pinoana dia hoe mivavaka omban'ny fahatokiana ny Tompo, ary mivonona mandrakariva hanao asa.

Alalalino ity teny ity, izay nataon'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo mikasika ilay vavaka nataon'i Nefia ao amin'ny 1 Nefia 7:17 sy ny hery ahafahan'ny Sorompanavotana manova ny fontsika. Tsipiho ireo teny rehetra izay manampy anao hahatakatra ny maha zava-dehibe ny fahavononana hanao zavatra rehefa mivavaka isika.



"Moa ve fantatrao hoe inona no mety ho nangatahako tao anatin'ny vavaka raha toa ka nofatoran'ireo rahalahiko aho? Ny tonom-bavaka ho nataoko dia mety ho nisy fangatahana zavatra ratsy mba hitranga amin'ireo rahalahiko, ary nifarana tamin'ny teny hoe 'afaho eo an-tanan'ireo rahalahiko aho' na koa amin'ny teny hafa hoe: 'Miangavy aho mba hafaho amin'ity zava-doza ity, izao ankehitriny izao!' Tena mahaliana ahy manokana fa i Nefia dia tsy nanao vavaka tahaka izay mety ho nataoko dia ny mba hanovana ny toe-javatra nisy azy. Nivavaka kosa izy mba hahazo hery hanovana ilay toe-javatra nisy azy. Ary mamelà ahy handroso hoe nivavaka tamin'io fomba io izy dia satria fantany sy takany ary efa niainany ilay hery manafaka ao amin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. . . .

"Ry rahalahy sy anabavy isany, tena mivantana ny fampiharana an'io tantara io ho antsika tsirairay. Rehefa mahatakatra sy mampiasa ilay hery manafakin'ny Sorompanavotana eo amin'ny fiainantsika manokana izaho sy ianao dia hivavaka sy hikatsaka hery hanovana ireo toe-javatra misy antsika toy izay hivavaka mba hiovan'ny toe-javatra misy antsika. Ho tonga olona izay 'mihetsika' isika fa tsy ho toy ny zavatra izay 'hetsehina' (2 Nefia 2:14)" ("'In the Strength of the Lord' (Ny Tenin'i Môrmôna 1:14; Môsià 9:17; Môsià 10:10; Almà 20:4)," ao amin'ny *Brigham Young University 2001–2002 Speeches* [2002], 124).

28

### Fotopampianarana sy Fitsipika

Rehefa misy fotopampianarana sy fitsipika mivoaka ho azy avy amin'ny lahatsoratry ny soratra masina, dia voasoratra amin'ny tarehin-tsoratra matevina izy ireny ao amin'ny lesona mba hanampiana anao hamantatra izany.

### Fanampiana amin'ny Fandalinana

Ny fanampiana amin'ny fandalinana dia manome hevi-baovao ary manazava ireo fampiharana izay afaka manatsara ny fandalinana ataonao sy ny fahatakaranao ny soratra masina.

### Ireo asa asaina atao ao amin'ny Diary Fandalinana Soratra Masina

Natao ho anoratana ny diary fandalinana soratra masina ary omena ny mpampianatrao isan-kerinandro mba hanaovana tatitra. Ny fandinihanao am-pitandremana ireo valinteninao dia hanampy anao hanana traikefa manan-danja rehefa mianatra sy mampihatra ireo fahamarinana ao amin'ny soratra masina ianao.

# Rindran-damina Famakiana ny Bokin'i Môrmôna

<table>
<tr><th>Laharan'ny fizarana</th><th>Ireo Toko Nasaina Novakiako izay voavakiko Tamin'ity Herinandro ity</th><th colspan="7">Ireo Andro Izay Namakiako Soratra Masina</th></tr>
<tr><td>1</td><td>Pejin-dohateny | Teny Fanolorana | Ny Teny Vavolombelon'ireo Vavolombelona Telo | Ny Teny Vavolombelon'ireo Vavolombelona Valo | Ny Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith | Fanazavana Fohy Momba ny Bokin'i Môrmôna |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>2</td><td>1 Nefia 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 9 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>3</td><td>1 Nefia 7 | 8 | 10 | 11 | 12 | 13 | 14 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>4</td><td>1 Nefia 15 | 16 | 17 | 18 | 19 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>5</td><td>1 Nefia 20 | 21 | 22 | 2 Nefia 1 | 2 | 3</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>6</td><td>2 Nefia 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 | 10 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>7</td><td>2 Nefia 11 | 12 | 13 | 14 | 15 | 16 | 17 | 18 | 19 | 20 | 21 | 22 | 23 | 24 | 25</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>8</td><td>2 Nefia 26 | 27 | 28 | 29 | 30 | 31 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>9</td><td>2 Nefia 32 | 33 | Jakôba 1 | 2 | 3 | 4 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>10</td><td>Jakôba 5 | 6 | 7 | Enôsa 1 | Jarôma 1 | Ômnia 1 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>F</td><td>Z</td></tr>
<tr><td>11</td><td>Ny Tenin'i Môrmôna 1 | Môsià 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>12</td><td>Môsià 7 | 8 | 9 | 10 | 11 | 12 | 13 | 14 | 15 | 16 | 17 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>13</td><td>Môsià 18 | 19 | 20 | 21 | 22 | 23 | 24 | 25 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>14</td><td>Môsià 26 | 27 | 28 | 29 | Almà 1 | 2 | 3 | 4 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>15</td><td>Almà 5 | 6 | 7 | 8 | 9 | 10 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>16</td><td>Almà 11 | 12 | 13 | 14 | 15 | 16 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>17</td><td>Almà 17 | 18 | 19 | 20 | 21 | 22 | 23 | 24 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>18</td><td>Almà 25 | 26 | 27 | 28 | 29 | 30 | 31 | 32 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>19</td><td>Almà 33 | 34 | 35 | 36 | 37 | 38</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>20</td><td>Almà 39 | 40 | 41 | 42 | 43 | 44 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>21</td><td>Almà 45 | 46 | 47 | 48 | 49 | 50 | 51 | 52 | 53 | 54 | 55 | 56 | 57 | 58 | 59 | 60 | 61 | 62 | 63 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>22</td><td>Helamàna 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>23</td><td>Helamàna 10 | 11 | 12 | 13 | 14 | 15 | 16 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>24</td><td>3 Nefia 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 | 10 | 11:1–17 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>25</td><td>3 Nefia 11:18–41 | 12 | 13 | 14 | 15 | 16 |</td><td>ALH</td><td>A</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>26</td><td>3 Nefia 17 | 18 | 19 | 20 | 21 | 22 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>27</td><td>3 Nefia 23 | 24 | 25 | 26 | 27 | 28 | 29 | 30 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>28</td><td>4 Nefia 1 | Môrmôna 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 8:1–11 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>29</td><td>Môrmôna 8:12–41 | 9 | Etera 1 | 2 | 3 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>30</td><td>Etera 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 | 10 | 11 | 12 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>31</td><td>Etera 13 | 14 | 15 | Môrônia 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7:1–19 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
<tr><td>32</td><td>Môrônia 7:20–48 | 8 | 9 | 10 |</td><td>ALH</td><td>ALT</td><td>T</td><td>ALR</td><td>ALK</td><td>Z</td><td>S</td></tr>
</table>

# Tonga soa eto amin'ny Bokin'i Môrmôna

## Inona ny Bokin'i Môrmôna?

Ny Bokin'i Môrmôna dia testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy. Mirakitra ny soratr'ireo mpaminany fahiny izany, ary manome ny tantaran'ny fifandraisan'Andriamanitra tamin'ny sampana iray amin'ny mpianakavin'i Isiraely tany amin'ny Kaontinanta Amerikana. Ho an'ireo Olomasin'ny Andro Farany ny Bokin'i Môrmôna dia miara-mijoro amin'ny Baiboly sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy ho toy ny soratra masina. Fitantarana ireo sivilizasiôna lehibe fahiny tany Amerika ny Bokin'i Môrmôna.

Hatramin'ny fotoana namoahana izany voalohany tamin'ny teny Anglisy tamin'ny taona 1830, dia efa voadika tamin'ny fiteny marobe ny Bokin'i Môrmôna, ary efa 150 tapitrisa mahery no natonta. Nofaritan'ireo mpaminanin'Andriamanitra ho toy ny "vato ifaharana" ho an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izany.

## Nahoana no Manan-danja Amiko ny Fandalinana ny Bokin'i Môrmôna?

Nampianatra ny Filoha Ezra Taft Benson fa miandry anao ny fitahian'ny fanakaikezana an'Andriamanitra raha toa ianao mandalina ny Bokin'i Môrmôna amin-kitsimpo:

"Moa ve tsy misy faniriana lalina ao am-pontsika izay maniry ny hanatona akaikikaiky kokoa an'Andriamanitra sy ho tonga tahaka Azy bebe kokoa eo amin'ny diantsika andavanandro ary hahatsapa tsy tapaka ny fiarahany miaraka amintsika? Raha izany dia ny Bokin'i Môrmôna no hanampy antsika amin'izany mihoatra noho ny boky hafa rehetra.

"Tsy vitan'ny hoe mampianatra antsika ny fahamarinana fotsiny ny Bokin'i Môrmôna, na dia tena izany tokoa aza no izy. Tsy hoe mijoro ho vavolombelona momba an'i Kristy fotsiny ihany ny Bokin'i Môrmôna, na dia tena izany tokoa aza no izy. Saingy mbola misy zavatra mihoatra noho izany. Misy hery ao amin'io boky io izay hanomboka hirotsaka eo amin'ny fiainanao amin'ny fotoana hanombohanao handalinana amim-pahamatorana io boky io. Hahita hery lehibe kokoa ianao hanoherana ny fakam-panahy. Hahita hery ianao hisorohana ny famitahana. Hahita hery ianao hijanonana eo amin'ilay lalana ety sy tery. Antsoina hoe "ny tenin'ny fiainana" (jereo ny FF 84:85) ny soratra masina, ary tsy misy toerana hafa izay mahamarina izany kokoa mihoatra noho ny ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Rehefa manomboka noana sy mangetaheta ireo teny ireo ianao, dia hanana fiainana miroborobo bebe kokoa hatrany" ("The Book of Mormon—Keystone of Our Religion," *Ensign,* nôv. 1986, 7).

Nosoratana ho antsika amin'izao fotoana izao ny Bokin'i Môrmôna. I Môrmôna, ilay mpaminany fahiny izay ny anarany no niantsoina ilay Boky, sy i Môrônia zanany lahy no namintina ny rakitsoratra nahafaoka taonjato maro rehefa nanambatra ireo takela-bolamena izay avy tamin'izany no nandikan'ny Mpaminany Joseph Smith ny Bokin'i Môrmôna. Andriamanitra, izay mahalala ny farany hatrany amboalohany no nitaona ireo Mpaminaniny mikasika izay tokony ampidirina ao amin'ny famintinana izay zavatra ho ilaintsika amin'izao androntsika izao. Nahita mialoha izao androntsika izao i Môrônia izay farany amin'ireo mpaminany nanoratra tao amin'ny Bokin'i Môrmôna: "Indro, miteny aminareo aho miova tsy ny eo ianareo, ary tsy eto anefa ianareo. Nefa indro, efa nasehon'i Jesoa Kristy ahy ianareo, ary fantatro ny ataonareo" (Môrmôna 8:35).

Nampianatra ihany koa ny Filoha Benson fa ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna dia hanampy anao hahay hanavaka ny tsara sy ny ratsy:


"Ny Bokin'i Môrmôna dia mitondra ny olona ho eo amin'i Kristy amin'ny fomba fototra roa. Voalohany aloha, dia manambara an'i Kristy sy ny filazantsarany amin'ny fomba mazava izy io. Mijoro ho vavolombelona mikasika ny maha Andriamanitra azy sy ny ilàna Mpanavotra ary ny ilantsika mametraka fitokisana aminy. Mijoro ho vavolombelona izy io mikasika ny Fahalavoana sy ny Sorompanavotana ary ireo fitsipika voalohan'ny filazantsara, anisan'izany ny tokony hananantsika fo torotoro sy fanahy manenina ary ny fahaterahana ara-panahy indray. Manambara izy io fa tokony haharitra hatramin'ny farany amim-pahamarinana isika ary hanana ny fitondran-tenan'ny Olomasina.

"Faharoa, ny Bokin'i Môrmôna dia mampiharihary ireo fahavalon'i Kristy. Mandrava ireo fotopampianarana sandoka izy io ary mampitsahatra ny fifandirana. (Jereo ny 2 Ne. 3:12.) Mampahatanjaka ireo mpanaradia manetry tena an'i Kristy izy io eo anatrehan'ireo fikasana ratsy sy tetik'ady ratsy ary fotopampianaran'ny devoly amin'izao androntsika izao. Ireo karazan'olona mpihemotra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia mitovy amin'ny karazana mpihemotra misy ankehitriny. Andriamanitra, noho ny fahalalany mialoha tsy manampahataperana, dia namolavola ny Bokin'i Môrmôna mba hahafahantsika mahita ny fahadisoana mahalala ny fomba hiadiana amin'ny hevitra ara-panabeazana, sy ara-pôlitika, ara-pinoana ary filôzôfika amin'izao androntsika izao" ("The Book of Mormon Is the Word of God," *Ensign,* mey 1975, 64).

## Mikasika ny Bokin'i Môrmôna

Boky kely miisa 15 no mandrafitra ny Bokin'i Môrmôna. Ny valo amin'ireo boky ireo dia manomboka amin'ny teny mialoha izay voasoratra teo amin'ireo takela-bolamena tany am-boalohany izay nadikan'ny Mpaminany Joseph Smith: 1 Nefia, 2 Nefia, Jakôba, Almà, Helamàna, 3 Nefia, 4 Nefia, ary Etera. Ny toko sasantsasany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ihany koa dia ahitana teny mialoha izay hita teo amin'ireo takela-bolamena tany am-boalohany (afa-tsy ireo fehezan-teny izay milaza ireo hoe mahafaoka ny toko izao ka hatramin'izao): Môsià 9, Môsià 23, Almà 5, Almà 7, Almà 9, Almà 17, Almà 21, Almà 36, Almà 38, Almà 39, Almà 45, Helamàna 7, Helamàna 13, 3 Nefia 11, ary Môrônia 9.

Any amin'ny fiandohan'ny toko tsirairay ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia misy famintinana fohy an'ireo toko, izay natao soramandry. Ireo famintinana ny toko ireo dia nosoratana ary nampiana teo ambany fitarihan'ny Fiadidiana Voalohany ary tsy tao anatin'ny lahatsoratry ny Bokin'i Môrmôna tany am-boalohany avy tao amin'ireo takela-bolamena.


Zava-niseho ao amin'ny Bokin'i Môrmôna Araka ny Vanim-potoana
600 talohan'i J.K.
500
400
300
200
175
150
125
100
75
50
25
talohan'i J.K. 0 taorian'i J.K.
100
200
300
400 taorian'i J.K.
Jaredita
Rahalahin'i Jareda
Kôriantomira
Etera
Tilikambon'i Babela
2500–2200 talohan'i J.K.
Jerosalema
Mioleka
Miolekita
Vahoakan'i Zarahemlà
Nitambatra ireo Nefita sy Miolekita ary lasa nantsoina hoe Nefita
Nefita
Mòsià I
Benjamina
Mòsià II
Almà Zanany
Kapiteny Môrônia
Helamàna
Nefia, zanakalahin'i Helamàna III
Jirik'i Gadiantôna
Lehia
Nefia
Jakôba
Enôsa
Jarôma
Ômnia
Almà
Rainy
Zenifa
Noà
Abinadia
Limia
Asa fitoriana nataon'ireo Zanakalahin'i Môsià
Lamana
Lemoela
Lamanita
Samoela ilay Lamanita
Teraka tao Betlehema i Jesoa
Jesoa Kristy
Nefia ilay mpianatra
Niseho tany amin'ny Kaontinanta Amerikana i Kristy ilay efa nitsangana tamin'ny maty
Môrmôna
Môrônia
Nefita
Lamanita
Jirik'i Gadiantôna
2500–2200
Jaredita
600
Nefita
talohan'i J.K. 0 taorian'i J.K.
420
Ny halavan'ny tantaran'ireo Jaredita dia saika ho avo roa heny noho ny an'ireo Nefita.

## Ireo toerana azo heverina fa nisian'ireo faritra voalaza ao amin'ny Bokin'i Môrmôna (araka ny fifandraisany)*




* Fifandraisana mety nisy teo amin'ireo faritra voalaza ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, raha mifototra amin'ny porofo avy ao anatiny ihany. Tsy tokony hatao ny hiezaka hampifandray ireo toerana ato anatin'ity sarintany ity amin'ny toerana misy amin'izao fotoana izao.



# Fandalinana ny Soratra Masina

## Fampidirana

Ny tanjon'ity lesona ity dia ny hanampy anao hianatra handalina ny soratra masina ary koa hanasa ny Fanahy Masina mba hitondra fitaomam-panahy ary hampianatra anao rehefa manao izany ianao. Ity lesona ity ihany koa dia hampianatra anao fahalalana izay hanampy anao bebe kokoa hahazo ny soratra masina ary hampihatra ireo fampianarana entiny eo amin'ny fiainanao. Rehefa mandalina ity lesona ity ianao, dia tadiavo ny fomba ahafahanao manasa ny Fanahy Masina ho ao amin'ny fandalinanao ny filazantsara.

## Mianara amin'ny alalan'ny fandinihana sy amin'ny finoana

Alao sary an-tsaina hoe te hanatsara ny bikanao ianao, ka dia mangataka namana iray mba hanao ireo fanatanjahan-tena eo amin'ny toeranao. Hatraiza ny fiantraikan'ny fanatanjahan-tena ataon'ny namanao eo amin'ny fanatsarana ny bikanao ? Raha ampiharina amin'ny fivoaranao ara-panahy izany ohatra izany, dia toy ny tsy fahafahan'ny olona iray manao fanatanjahan-tena ho an'ny olona iray hafa, no tsy ahafahan'olona iray mianatra ny filazantsara ho an'olona iray hafa. Ny tsirairay amintsika dia tompon'andraikitra amin'ny fianarantsika manokana ny filazantsara sy ny fivoarantsika ara-panahy.

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88 :118, ny Tompo dia namaritra ny fomba fianarana ny filazantsara. Rehefa mamaky izany ianao, tadiavo hoe inona no tokony hataonao mba hianarana ny filazantsara ary fenoy ity fanambarana iray ity : "Katsahonareo ny fianarana amin'ny alalan'ny ______________ ary koa amin'ny ______________."

**Ny mikatsaka fahalalana amin'ny fandinihana sy ny finoana dia mitaky ezaky ny tena manokana.** Ireo ezaka ataonao mba handalina amim-bavaka ny filazantsara dia hanasa ny Fanahy Masina ho ao amin'ny làlana lalovanao amin'ny fianarana. Anisan'ny fomba hiezahana mafy amin'ny fandalinana ny filazantsara amin'ity taona ity ny mivavaka mba hahatakatra ny hevitra, manatanteraka ireo asa ampanaovina amin'ny seminera, mizara amin'ny hafa ny fijoroanao ho vavolombelona sy ny traikefanao amin'ny fiainana ny filazantsara, ary mampihatra ny zavatra nianaranao eo amin'ny fiainana.

Ny ezaka manan-danja iray izay afaka ataonao mba hanasana ny Fanahy Masina handray anjara amin'ny fianaranao ara-panahy dia ny mandalina ny soratra masina isan'andro. Ny fandalinana ny soratra masina isan'andro dia manampy anao haheno ny feon'ny Tompo miteny aminao (jereo ny F&F 18 :34–36). Ny Loholona Robert D. Hales avy ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampanantena hoe: "Rehefa tiantsika hiresaka amintsika [Andriamanitra], dia mandalina ny soratra masina isika; satria ny Teniny dia voalaza amin'ny alalan'ny Mpaminaniny. Hampianatra antsika izy avy eo raha mihaino ny bitsiky ny Fanahy Masina isika" ("Holy Scriptures: The Power of God unto Our Salvation," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2006, 26–27).

Rehefa mamaky ny soratra masina ianao ary manasa ny Fanahy Masina ho ao amin'ny fandalinana ataonao, dia handray ny fitahian'ny fitomboana ara-panahy bebe kokoa, fanakaikezana an'Andriamanitra, fanambarana lehibe kokoa eo amin'ny fiainanao, miampy hery entina manohitra ny fakam-panahy, ary fijoroana ho vavolombelona lehibe kokoa momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

## Fandalinana ny soratra masina

Ny Filoha Marion G. Romney tao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia namaritra ny tanjona fototra ho an'ny soratra masina raha niteny izy hoe: "Ny soratra masina dia nosoratana mba hitandro ireo fitsipika mba hahasoa antsika" ("Records of Great Worth," *Ensign,* sept. 1980, 4). Mianatra ireo fitsipika sy fotopampianaran'ny filazantsara isika rehefa mandalina ny soratra masina. Ireo fitsipika sy fotopampianarana ireo dia hitarika antsika raha ampiharintsika amin'ny fiainantsika izy ireo.

Mitaky ezaka sy fampiharana ny fitadiavana ireo fitsipika sy fotopampianarana sarobidy izay voarakitra ao amin'ny soratra masina. Ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'nyApôstôly Roambinifolo dia nampitaha ny fandalinana ny soratra masina amin'ny asa fitrandrahana vatosoa sarobidy: "Tadiavo ireo diamondran'ny fahamarinana izay indraindray mila trandrahana tsara ao amin'ireo pejin'ny [soratra masina]" ("Four Fundamentals for Those Who Teach and Inspire Youth," in *Old Testament Symposium Speeches, 1987* [1988], 1). Ny dingana arahina amin'ny fandalinana, na fitrandrahana, ny soratra masina dia ahitana fizarana telo manan-danja: (1) tokony hahatakatra ny zava-miseho sy toe-javatra manodidina ny soratra masina isika, (2) tokony hamantatra ireo fitsipika sy fotopampianarana izay ampianarina isika, ary



(3) tokony hampihatra ireo fahamarinana ireo eo amin'ny fiainantsika koa.

**1.** Valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao fanontaniana manaraka izao: Inona no itovizan'ny mpitrandraka iray izay mitady diamondra sy ny olona iray mandalina ny soratra masina hikaroka ireo fitsipiky ny filazantsara sy hampihatra izany amin'ny fiainany?

## Mahatakatra ny zava-miseho sy ny toe-javatra manodidina ny soratra masina

Ny fahatakarana ny zava-miseho sy ny toe-javatra manodidina ny andalan-tsoratra masina iray dia manomana anao hahafantatra ilay hafatry ny filazantsara izay fonosiny. Ny Filoha Thomas S. Monson dia nanoro hevitra hoe: "Fantaro ireo lesona ampianarin'ny soratra masina. Ianaro ny zava-miseho sy ny toe-java-misy. . . . Ianaro izany tahaka ny hoe miteny aminao mihitsy, satria izany tokoa no fahamarinana" ("Be Your Best Self," *Ensign* na *Liahona,* mey 2009, 68).

Rehefa mamaky ny soratra masina, dia ilaina ny mametraka ny fanontaniana toy ny hoe: "Iza no nanoratra ireo andininy ireo?" "Nosoratana ho an'iza izy ireo?" "Inona no mitranga eto amin' ity tantara ity?" ary "Nahoana ny mpanoratra no nanoratra ireo andininy ireo?" Ireo sasin-tenin'ny toko (ilay famintinana voasoratra amin'ny soramandry amin'ny fiandohan'ny toko tsirairay) dia ahitana amin'ny ankapobeny ny zava-mitranga ao amin'ilay toko ary indraindray mamaly ireo fanontaniana ireo.

Manampy ihany koa ny fijerena ireo teny sarotra na tsy mahazatra ao amin'ny rakibolana. Raha misy fehezanteny na andalan-tsoratra masina iray tsy mazava, dia afaka manampy anao hahazo izany bebe kokoa ny fijerena ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy.

Mba ho fanazarana amin'ny fampiasana ireo fitaovana ireo, dia vakio ny 3 Nefia 17:1–10, ary tadiavo ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto: Iza no niteny? Iza no niresahany? Inona no zava-nitranga? Tadidio ny mijery ny sasin-tenin'ny toko mba hahitana amin'ny ankapobeny ny zavatra izay miseho.

**2.** Amin'ny alalan'ny fampiasana ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy ao amin'ny 3 Nefia 17:1, valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana ity: Inona no tian'i Jesoa ambara raha niteny izy hoe: "Antomotra ny fotoako"?

**3.** Soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina, amin'ny teninao manokana izay zavatra niseho raha niomana ny handao ny valalabemandry ny Mpamonjy. Nahoana Izy no nijanona? Inona no nataony ho an' ireo vahoaka?

## Fantaro ireo Fotopampianarana sy ireo Fitsipika

Ireo fotopampianarana sy ireo fitsipika dia mandrakizay, fahamarinan'ny filazantsara tsy miova izay manome torolalana ho an'ny fiainantsika. Ireo mpaminany taloha dia mampianatra antsika ireo fahamarinana ireo amin'ny alalan'ny zava-mitranga, tantara, na toriteny izay raketin'izy ireo ao amin'ny soratra masina.

Rehefa mahazo ny zava-miseho sy ny toe-javatra misy ao amin'ilay andalan-tsoratra masina ianao, dia vonona ny hahafantatra ny fotopampianarana sy ny fitsipika izay ampianariny. Ny Loholona Richard G. Scott dia nanome fomba mahomby hahatakarana ireo fitsipika: "Ireo fitsipika dia fahamarinana mitambatra, natambatra mba ho ampiharina amin'ny karazan-java-mitranga maro samihafa. Ny fitsipika marina iray dia mampazava ny fanapahan-kevitra na dia ao anatin'ny toe-javatra tena mampikorontan-tsaina sy feno faneriterena aza. Mendrika ny hanaovana ezaka lehibe ny fandaminana ireo fahamarinana izay angonintsika mba ho lasa filazana ny fitsipika amin'ny fomba tsotra" ("Acquiring Spiritual Knowledge," *Ensign,* nov. 1993, 86).

Misy amin'ireo fitsipiky ny filazantsara no tonga mazava amin'ny fampiasana ny andian-teny toy ny hoe "ary dia toy izany no ahitantsika" na "na dia eo aza izany." Ny ankamaroan'ireo fitsipika anefa dia tsy voalaza mivantana. Ho solon'izany kosa dia miseho amin'ny fiainan'ny olona ao amin'ny soratra masina izy ireo. Ireo fotopampianarana sy fitsipika ireo dia afaka fantarina raha manontany tena ianao hoe: "Inona no anatra entin'ity tantara ity?" "Nahoana no nampidirin'ilay mpanoratra ity tantara na zava-mitranga ity?" "Inona no zavatra tadiavin'ilay mpanoratra hianarantsika?" ary "Inona ireo fahamarinana izay ampianarina amin'ity andalan-tsoratra masina ity?"

**4.** Mba ho fanazarana amin'ny famantarana ny sasany amin'ireo fitsipika sy fotopampianarana izay ampianarina ao amin'ny 3 Nefia 17:1–10 dia manorata valiny ho an'iray amin'ny asa *a* na *b* ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina. Tadidio ny mamaky ny sasin-tenin'ny toko mba hahitana fampahafantarana fohy an'ilay toko.

**a.** Iza no miteny ao amin'ireo andininy ireo? Iza no iresahany? Inona no anatra na zavatra tiana hahatongavana ao amin'ny 3 Nefia 17:1–10?

**b.** Inona no sasany amin'ireo zavatra izay tian'ny mpanoratra ny andininy 1, 5–6, sy 9–10 hianarantsika avy amin'ilay tantara? Inona no sasany amin'ireo fahamarinana manan-danja izay nianaranao avy amin'ireo andininy ireo?

Ny iray amin'ireo fahamarinan'ny filazantsara izay mety hitanao dia ny hoe: **Ny Tompo dia mamaly ny faniriantsika marina mba hanatona Azy bebe kokoa.**

## Ampiharo ireo Fotopampianarana sy Fitsipika

Rehefa avy namantatra ireo fotopampianarana sy fitsipika ianao, dia vonona ny *hanatanteraka* sy *hanao* zavatra mikasika izany. Rehefa manatanteraka ny zavatra nianaranao ianao, dia hahatsapa ny Fanahy Masina mijoro ho vavolombelona ny fahamarinan'ilay fitsipika (jereo ny Moroni 10:4–5). Ny lesona rehetra ampianarina ao an-tokantrano, any amin'ny seminera sy any am-piangonana, sy ao amin'ny asa ampanaovina amin'ny "Devoir envers Dieu" sy ireo traikefa ao amin'ny "Mon Progrès Personnel" dia natao hanampy antsika hanatanteraka izay nampianarina antsika.



Ny Filoha Thomas S. Monson dia nilaza fa: "Ny tanjon'ny fampianarana ny filazantsara . . . dia tsy ny 'handrotsaka fampahalalana' ao an-tsain'ireo[mpianatra]. . . . *Ny tanjona dia ny hanentana ny fanahin'ny tsirairay hisaintsaina mikasika ny fiainana ny fitsipiky ny filazantsara, sy hahatsapa izany ary avy eo handray andraikitra mikasika izany"* (ao amin'ny Conference Report, oct. 1970, 107).

Mba hanampy anao hampihatra ny fitsipika izay nianaranao, dia mametraha fanontaniana toy ny hoe: "Inona no tian'ny Tompo hataoko manoloana ity fahalalana ity?" "Inona ny fahatsapana ara-panahy izay voaraiko mba hanampy ahy hihatsara kokoa?" "Inona no fiovana mety ho entin'ity fitsipika ity ao amin'ny fiainako?" "Inona no afaka atomboko na ajanoko ankehitriny mba hananako fiainana mifanaraka amin'ity fahamarinana ity?" "Amin'ny fomba ahoana no hahatsara kokoa ny fiainako raha toa manao izay ampianarin'ity soratra masina ity aho?"

**5.** Soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ao anaty lahatsoratra fohy ny fomba hampiharanao fitsipika na fotopampianarana iray izay nianaranao tao amin'ny 3 Nefia 17:1–10.

## Fahaiza-manao sy Fomba Fandalinana ny Soratra Masina

Ny fampiasana ireto fahaiza-manao sy fomba fandalinana manaraka ireto dia hanampy anao hahatakatra ny zava-miseho ao amin'ny soratra masina ary mamantatra sy mampihatra ny fotopampianarana sy fitsipika izay ampianarina ao amin'izany. Ireny fomba ireny dia ho voalaza hatrany ao anatin'ity torolalana ity. Vakio ny fahaiza-manao tsirairay, ary misafidiana iray na roa izay tsapanao fa ilainao ny mampiasa azy matetika amin'ny fandalinanao manokana ny soratra masina.

**Antony sy Vokatra.** Tadiavo ny fifandraisan'ny hoe *raha-dia* sy *satria-noho izany*. Ohatra: 2 Nefia 13:16–26; Almà 34:33.

**Soratra masina mifandray.** Avondrony, ampifanohizo, na atambaro ireo soratra masina mba hanazavana ny heviny sy hitondra fahatakarana. Ohatra, ampitahao ny Môsià 11:2–6, 14 sy ny Deoteronomia 17:14–20. Afaka mampiasa ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy ihany koa ianao mba hahitana ireo fanoroana soratra masina mifandrohy. Ohatra: 3 Nefia 12:28–29, fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy 29*a*, dia mitondra mankany amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:23.

**Famaritana ny toe-javatra misy.** Farito ny hoe *iza, inona, oviana,* ary *aiza* amin'ny zava-mitranga ao amin'ny soratra masina. Ohatra: Almà 31:1, 6–11; 32:1–6 dia maneho ny toe-javatra misy ao amin'ny Almà 32:21–43.

**Teny Manan-danja.** Ny teny sy andian-teny toy ny hoe "na dia eo aza izany" na "ary dia toy izany no ahitantsika" dia mitaona antsika hiato sy hitady fanazavana momba ny zavatra izay voasoratra. Ohatra: Almà 30:60; Helamàna 6:35–36; 3 Nefia 18:30–32.

**Fanisiana marika ao amin'ny Soratra masina.** Lokoy miavaka, ataovy anaty boribory, na tsipiho ireo teny sy andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masinao izay nanome heviny manokana ho an'ilay andininy. Manorata ihany koa eritreritra, fahatsapana, hevitra, na fitsipika manan-danja fohy eo amin'ny sisiny tsy misy soratra ao amin'ny pejy. Izany dia hanampy anao hahatadidy izay nahatonga ilay soratra masina ho manan-danja aminao.

**Fanolosoloana ny Anarana.** Ampidiro amin'ny iray amin'ireto soratra masina ireto ny anaranao. Ohatra: Soloy ny anaranao ny an'i Nefia ao amin'ny 1 Nefia 3:7.

**Misaintsaina.** Ny dikan'ny hoe misaintsaina dia mieritreritra lalina momba ny zavatra iray. Ny fisaintsainana dia mitaky fametrahana fanontaniana sy fandinihana izay zavatra fantatrao sy izay nianaranao. Ny fandinihana dia mazàna mitarika amin'ny fahalalana ny fomba hampiharana fitsipika iray ao amin'ny fiainanao.

**Teny miverimberina.** Mety ho manan-danja ho an'ireo mpamaky ny mifantoka amin'ireo teny na andianteny izay miverimberina. Ireny no entina mamantatra izay tsapan'ny mpanoratra ho manan-danja. Ohatra: Ny teny hoe *mahatsiravina* ao amin'ny 2 Nefia 9:10, 19, 26–27, 39, 46–47; ny teny hoe *mahatsiaro* ao amin'ny Helamàna 5:6–14.

**Fahasamihafana ao amin'ny Soratra Masina.** Indraindray ireo mpaminany dia mitantara vahoaka, hevitra, na toe-javatra isan-karazany amin'ny andaniny sy ankilany. Ny fahasamihafana misy eo amin'ireo roa tonta no mahamora ny famantarana sy fahazoana ireo fitsipiky ny filazantsara manan-danja izay ampianarina.

Tadiavo ireo fahasamihafana misy ao amin'ny andininy iray, na vondron-tsoratra masina, na toko. Ohatra: 2 Nefia 2:27; Almà 47–48.

**Lisitra ao amin'ny Soratra Masina.** Ny fitadiavana ireo lisitra ao amin'ny soratra masina dia afaka manampy anao bebe kooa hahatakatra izay tian'ny Tompo sy ireo mpaminaniny hampianarina. Rehefa mahita lisitra ianao, dia mety ho tianao ny mitanisa ny zavatra tsirairay ao amin'izany. Ohatra: Ny lisitry ny fomba ratsy fanao teo anivon'ny Nefita hita ao amin'ny Helamàna 4:11–13.

**Tandindona ao amin'ny Soratra Masina.** Ny teny toy ny hoe *toy, tahaka ny,* na *mitovy amin'ny* dia manampy amin'ny fitadiavana ireo tandindona. Andramo ny mamantatra izay tian'ny tandindona ambara. Ampiasao ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy, ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ho fanampiana anao hahita ny hevitr'ilay tandindona. Ohatra: Ampitahao ny Jakôba 5:3, 75–77 sy ny Jakôba 6:1–7.

**Fakàna sary an-tsaina.** Alaivo sary an-tsaina izay zavatra mitranga rehefa mamaky ianao. Mametraha fanontaniana momba ny zavatra mitranga, ary alaivo sary an-tsaina hoe manatrika eo ianao rehefa mitranga izany. Ohatra: Andramo alaina sary an-tsaina izay zavatra mitranga ao amin'ny Enôsa 1:1–8.

**Famaritana ny teny.** Matetika ny soratra masina dia mampiasa teny izay tsy mahazatra antsika. Rehefa mahita teny tsy mahazatra ianao, dia ampiasao ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy, na ny rakibolana tsotra mba hahitana ny hevitr'izany.

**6.** Misafidiana ary manaova iray amin'ireo fahaiza-manao avy ao amin'ny fizarana mikasika ny "Fahaiza-manao sy Fomba Fandalinana ny Soratra Masina." Soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba nanampian'ilay fahaiza-manao anao tamin'ny fandalinanao manokana ny soratra masina.

**7.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nianatra ny lesona "Fandalinana ny Soratra Masina" aho ary nahavita izany tamin'ny* (daty).

Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:

FIZARANA 1: ANDRO 2

# Ny Drafitry ny Famonjena

## Fampidirana

Ny Raintsika any An-danitra dia nanome antsika, Zanany, drafitra iray izay natao hitondra antsika rehetra ho any amin'ny fifaliana sy fisandratana mandrakizay. Ny ivon'izany drafitra nataony izany dia ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ny Sorompanavotana dia mandresy ny vokatry ny Fahalavoana ary mahatonga antsika ho afaka hibebaka sy hadio amin'ny fahotantsika ka ahafahantsika mahazo fifaliana amin'ity fiainana ity sy ho mandrakizay.



Ity lesona ity dia hanome fampahafantarana fohy momba ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra. Afaka manampy anao hahita ny fomba fifandraisan'ireo fahamarinan'ny filazantsara izay ianaranao amin'ity taona ity izany sy ny fifandraisan'izany amin'ny tanjonao ety an-tany. Rehefa mitombo ny fahatakaranao ny drafitry ny famonjena, dia hitombo koa ny finoanao an'Andriamanitra sy ny Zanany, Jesoa Kristy, ary hitombo koa ny fahafahanao manatanteraka ny anjara asanao ao amin'ilay drafitry. Ny drafitry ny famonjena dia "ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, izay natao hitondra ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay. Ao anatin'izany ny Fahariana, ny Fahalavoana, ary ny Sorompanavotana, miaraka amin'ireo lalàna nomen'Andriamanitra, ireo ôrdônansy ary ireo fotopampianarana. Ilay drafitra no ahafahan'ny olona rehetra hahazo fisandratana sy hiaina mandrakizay miaraka

amin'Andriamanitra" (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Drafitry ny Fanavotana," scriptures.lds.org).

## Ilay drafitra no manampy antsika hahatakatra ny tanjontsika amin'ny fiainana mety maty.

Ny drafitry ny famonjen'ny Raintsika any An-danitra dia mamaly fanontaniana maro izay napetraky ny ankamaroan'ny olona tao amin'ny fotoana iray teo amin'ny fiainany. Moa ve ianao efa nisaintsaina fanontaniana toy ny hoe: "Avy aiza aho?" "Nahoana aho no eto?" "Ho aiza aho aorian'ity fiainana ity?"

Talohan'ny nahaterahantsika teto an-tany dia niaina teo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra isika tamin'ny naha iray tamin'ireo zanaka fanahy antsika. Zanany ara-bakiteny isika, ary tia antsika Izy. Ny drafitry ny famonjeny no lalana ahafahantsika tsirairay ho tonga tahaka Azy ary hahazo ireo fitahiana rehetra avy Aminy. Nahatakatra sy nanaiky izany drafitra nataony izany isika talohan'ny nahatongavantsika tety an-tany.

Mitana anjara toerana lehibe amin'ny fahatakarantsika ny drafitry ny famonjena ny Bokin'i Môrmôna. Ireo mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nampiasa fomba fiteny maro rehefa niresaka momba ilay drafitra izy ireo.

**1.** Vakio ireo soratra masina voatanisa etsy ambany, ary fantaro ny anarana nentina nilazana ny drafitry ny Ray any An-danitra ao amin'ny andininy tsirairay. Soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny anarana eo akaikin'ilay fanoroana ny soratra masina. Ampahafantarina anao ilay voalohany.

**a.** 2 Nefia 9:6"Drafitra feno famindram-pon'Ilay Mpahary Lehibe"

**b.** 2 Nefia 11:5 ____

**d.** Almà 12:25 ____

**e.** Almà 24:14 ____

**f.** Almà 42:8 ____

**g.** Almà 42:15 ____

Ny teny toy ny hoe *be famindram-po, fanafahana, famonjena, fifaliana,* ary *fanavotana* dia manamafy ny fotopampianarana fa **natao hitondra famonjena sy fifaliana mandrakizay ho an'ny Zanany ny drafitry ny Ray any An-danitra.**

**2.** Valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao fanontaniana manaraka izao: Inona amin'ny fiainanao no fiovana entin'ny fahafantarana fa manana drafitra ho an'ny fifalianao sy ny fisandratanao ny Ray any An-danitra?

## Ny anjara toeran'ny Fahafahana Misafidy sy ny Fahalavoan'i Adama sy i Eva ao amin'ny Drafitry ny Famonjena

I Adama sy i Eva no zanaky ny Ray any An-danitra tonga tety an-tany voalohany. Napetrany tao amin'ny Sahan'i Edena izy ireo ary nomeny fahafahana misafidy—"ny fahafahana sy tombontsoa . . . hisafidy ho an'ny tenany manokana" (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Safidy malalaka," scriptures.lds.org). Nodidiany mba tsy hihinana ilay voan'ny hazon'ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy izy ireo. Ny fankatoavana izany didy izany dia midika fa afaka hijanona ao amin'ilay saha izy ireo, saingy tsy afaka ny hivoatra amin'ny fanana traikefa momba ny fifanoherana ao amin'ny fiainana mety maty. Tsy afaka ny hahafantatra fifaliana izy ireo satria tsy afaka ny hiaina alahelo sy fanaintainana.

### Diary Fandalinana ny Soratra Masina

Mandritra ny traikefa entin'ny fianarana any an-trano ataonao dia hanana fahafahana ianao hamaly fanontaniana ary hizara ny hevitrao amin'ny mpampianatra anao ao amin'ny diary fandalinana soratra masina. Ny fanoratana ny eritretritrao sy ny fahatsapanao, sy ny fanoratanao ny valin'ireo fanontaniana avy ao amin'ny boky torolalana, dia afaka manasa ny fanambarana ary manampy anao hahatakatra ilay soratra masina manokana. Ento manaraka anao ny diary fandalinanao soratra masina mandritra ny kilasy isan-kerinandro ho an'ireo mpianatra, amin'izay ianao ho vonona ny hiresaka momba ny zavatra nianaranao ary hampiseho ny asa vitanao amin'ny mpampianatra anao.

Vakio ny 2 Nefia 2:17–20 ary tadiavo izay zavatra nitranga tamin'i Adama sy i Eva rehefa avy nisafidy ny tsy hankato ny didin'Andriamanitra izy. Eo amin'ny toerana voatokana amin'izany, lazao izay nosafidian'i Adama sy i Eva natao ary milazà vokany roa naterak'izany safidy izany—izay antsoina amin'ny mahazatra hoe Fahalavoana—teo amin'izy ireo: ______

______

______

Vakio ny 2 Nefia 2:22–26 ary mitadiava vokatra hafa izay nateraky ny safidy nataon'i Adama sy i Eva. Mariho ao amin'ny soratra masinao ny fahamarinana fanampiny izay nianaranao momba ny vokatry ny Fahalavoana.

**3.** Ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina, farano ity ampahan-dahatsoratra ity amin'ny famaritana ny vokatry ny Fahalavoan'i Adama sy i Eva eo aminao manokana. Asio hevitra mikasika ny safidy, fahafahana misafidy, vatana, fahafatesana, zanaka, sy fahotana.

"Noho ny fandikan-dalàna nataon'i Adama sy i Eva, izaho koa dia ao anatin'ny toetra lavo ary . . ."

## Ny Anjara asan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ao amin'ny Drafitry ny Famonjena

Ny fahotana sy ny fahafatesana dia mampisaraka antsika amin'ny fanatrehan'ny Raintsika any An-danitra. Tsy afaka ny hiverina eo anatrehan'Andriamanitra isika raha tsy misy fanampiana avy any amin'Andriamanitra. Tokony ho takatsika ny anjara asan'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany ao amin'ny drafitry ny famonjena mba hahafahantsika manana finoana Azy ary hanaraka ny drafitry ny Ray any An-danitra. Halalino ny Môsià 3:17–19, ka mitadiava andian-teny izay manambara ny fomba handresen'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny vokatry ny Fahalavoana ary manampy antsika hahazo fifaliana sy hiverina any amin'ny Raintsika any An-danitra. Fintino amin'ny teninao manokana ireo andininy ireo: ______________________________

______________________________

______________________________

Ny fitsipika iray izay ianarantsika dia ny hoe: **I Jesoa Kristy no mpandray anjara fototra ao amin'ny drafitry ny famonjena, ary ny Sorompanavotany no mahatonga ilay drafitra hanan-kery ho an'ireo zanak'Andriamanitra rehetra.**

**4.** Vakio ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto: 2 Nefia 2:8; Môsià 3:7–11; 16:4–8; Almà 34:9, 15–16; Môrmôna 9:13–14. Manoratà ampahan-dahatsoratra iray ao amin'ny diary fandalinanao soratra izay manazava izay nampianarina momba ny anjara asa lehibe ananan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ao amin'ny drafitry ny famonjena. Mety ho tianao tsipihina ireo andian-teny izay manan-danja manokana ho anao.



## Ny andraikitsika ao amin'ny Drafitry ny Famonjena

Nomen'ny Ray any An-danitra ny drafiny tonga lafatra mba hahazoantsika fifaliana sy fisandratana mandrakizay miaraka Aminy sy ireo olon-tiantsika. Nahatanteraka ny anjara asany tao amin'ilay drafitra, nandresy ny fahafatesana i Jesoa Kristy ary nanome fahafahana antsika mba handresy ny ota sy hiverina hiara-hiaina amin'ny Raintsika any An-danitra indray. Na izany aza, tsy manafoana ny andraikitsika ao amin'ny drafitra izany.

**5.** Soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny hoe: *Ireo sasatsasany amin'ny andraikitro ao amin'ny drafitry ny famonjena,* ary tanisao izay ampianarin'ireto soratra masina manaraka ireto momba ny andraikitsika manokana mba hanasa ny herin'ny Sorompanavotana ao amin'ny fiainantsika sy handray tanteraka ireo fitahian'ny drafitry ny famonjena:

**a.** 2 Nefia 2:25–27

**b.** Môsià 3:12–13

**d.** Almà 12:24–25, 32–34

**e.** 3 Nefia 27:13–14, 20–22, 27

Ireo soratra masina ireo dia manampy antsika hahatakatra fa **rehefa misafidy ny hiaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy isika ary manaraka ny drafitr'Andriamanitra, dia miomana ny handray ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.**

**6.** Eritrereto hoe nasaina manao lahateny momba ny drafitry ny famonjena ianao any am-piangonana. Amin'ny fampiasana izay nianaranao avy ao amin'ny soratra masina tao amin'ny asa nampanaovina tetsy ambony, manoratà ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izay zavatra holazainao momba ny andraikitsika manokana ao amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra.

Saintsaino izay zavatra afaka ataonao mba hanatanterahanao tsaratsara kokoa ny andraikitrao ao amin'ny drafitry ny Raintsika any An-danitra ary mba hanasana ny herin'ny Mpanavotra ao amin'ny fiainanao. Afaka mizara ny hevitrao amin'ny ray aman-dreninao, na iray tampo aminao na ny namanao akaiky koa ianao.

## Ny Drafitry ny Famonjena dia mitondra valim-panontaniana sy torolalana

Ny fahatakarana ny drafitry ny famonjena dia afaka mitarika anao rehefa mandray fanapahan-kevitra ianao na rehefa mitady valim-panontaniana izay mety mipetraka aminao na amin'ny hafa.

**7.** Valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireo fanontaniana etsy ambany amin'ny filazana ny fomba hahazoana fitarihana sy valim-panontaniana amin'ny fahatakarana ny drafitry ny famonjena:

**a.** Mitondra inona eo amin'ny fahatsapanao ny tenanao ho sarobidy ny fahafantarana fa zanakalahy na zanakavavin'Andriamanitra ara-bakiteny ianao?

**b.** Inona no holazainao ny olona iray izay milaza fa "Fiainako ity—hanao izay tiako hatao aho"?

**d.** Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fahatakarana ny drafitry ny famonjena ny olona iray mba handresy ilay fahatsapana fa ny fiainana dia fanaovana izay mahafinaritra fotsiny sy fanomezana fahafam-po ny faniriantsika sy ny filantsika fotsiny?

**e.** Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao mampiasa ny fahafantaranao ny drafitry ny famonjena mba hanampy olona iray izay misedra fitsapana ary mahatsapa fa izany dia noho ny tsy fitiavan'Andriamanitra azy?

Ny fahatakarana ny drafitry ny famonjena dia afaka manampy anao hankato ny didin'Andriamanitra satria izany dia manazava hoe *nahoana* isika no tokony hankato azy ireny (Jereo ny Almà 12:32).

**8.** Vakio ny 2 Nefia 2:25, ary fintino ny tanjon'ny drafitry ny famonjena amin'ny famaliana ity fanontaniana manaraka ity ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina: Amin'ny fomba ahoana no nitondran'ny drafitry ny famonjena fifaliana ho anao sy ny fianakavianao?

**9.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nianatra ny lesona "Drafitry ny Famonjena" aho ary nahavita izany tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 1: ANDRO 3

# Pejin-dohateny, Teny Fanolorana, ary ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona

## Fampidirana

Alao sary an-tsaina hoe misy namanao iray manontany anao hoe nahoana ireo mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no mila ny Bokin'i Môrmôna raha toa isika efa manana ny


Baiboly. (Mety efa nanana izany traikefa izany ianao!) Inona no ho lazainao ilay namanao?

Ny Bokin'i Môrmôna dia miatomboka amin'ny pejin-dohateny sy teny fanolorana izay manazava ny tanjon'ity boky masina ity, anisan'izany ny vokatra mety ho entiny eo amin'ny fijoroantsika ho vavolombelona sy ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Ny fiatombohan'ny Bokin'i Môrmôna ihany koa dia ahitana ny tenivavolombelon'ireo vavolombelona izay nahita ny takelaka volamena izay nandikana ilay boky ary nijoro ho vavolombelona ny amin'ny maha avy any amin'Andriamanitra azy.

Rehefa mamita ity lesona ity ianao, dia eritrereto ny fomba hanovozanao zavatra betsaka indrindra avy amin'ny fandalinanao ny Bokin'i Môrmôna amin'ity taona ity sy ny fomba afaka hanampian'ny Bokin'i Môrmôna anao mba hanana fijoroana ho vavolombelona bebe kokoa momba an'i Jesoa Kristy Mpamonjy sy ny filazantsarany tafaverina amin'ny laoniny.

## Ny pejin-dohanteny

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanazava fa i Môrônia, izay mpaminany taloha, dia nanisy pejin-dohateny tao amin'ireo takela-bolamena: "Ny pejin-dohateny ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia fandikan-teny ara-bakiteny, nalaina avy amin'ireo ravin-takelaka farany, eo amin'ny lafiny ankavian'ilay rakitsoratra na bokin'ny takelaka, izay mirakitra ny tantara izay nadika, . . . ary . . . io pejin-dohateny voalaza io dia tsy soratra natao taty aoriana velively, tsy nataoko sady tsy nataon'olon-kafa izay niaina na miaina amin'ity taranaka ity" ( *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith*[2007], 60–61).



Rehefa mamaky ny fizarana voalohany amin'ny lahatsoratra ao amin'ny pejin-dohateny ianao, dia tadiavo ireo teny sy andian-teny izay nampiasain'i Môrônia mba hijoroana ho vavolombelona ny amin'ny fandraisan'ny Tompo anjara amin'ny famoahana ny Bokin'i Môrmôna.

**1.** Hazavao ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny maha zava-dehibe aminao ny fandraisan'ny Tompo anjara tamin'ny fanoratana sy ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna.

Rehefa mamaky ny fizarana faharoa amin'ny lahatsoratra ao amin'ny pejin-dohateny ianao, dia tadiavo ireo tanjona telo nanoratana ny Bokin'i Môrmôna izay nomen'i Môrônia. (Afaka asianao marika ao amin'ny soratra masinao izany raha tianao.) Ny "mpianakavin'i Isiraely" dia manondro ireo izay taranak'i Jakôba sy ireo izay mpikambana amin'ny fanekempihavanana ao amin'ny fiangonan'ny Tompo (jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Isiraely"). Fanampin'izany, tafiditra ao amin'ny andian-teny hoe "Jiosy sy Jentilisa" ireo zanaky ny Ray any An-danitra rehetra. Ataovy ho anao manokana ilay hafatry ny pejin-dohateny ao amin'ny andalan-tsoratra faharoa amin'ny alalan'ny fanoloana amin'ny anaranao ny hoe "ny sisa tavela amin'ny mpianakavin'i Isiraely" sy ny hoe "ny Jiosy sy ny Jentilisa."

**2.** Hazavao ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe tamin'ny fomba ahoana no nahazoana nahatakatra ny maha zava-dehibe ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny alalan'ny fahafantaranao ireo tanjony ireo.

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nilaza izao fanambarana izao mikasika ny "andraikitra lehibe" na tanjon'ny Bokin'i Môrmôna:

"Ny andraikitra lehiben'ny Bokin'i Môrmôna, araka izay voarakitra ao amin'ny pejin-dohateniny, dia ny 'handresen-dahatra ny Jiosy sy ny Jentilisa fa i Jesoa no Kristy, Ilay Andriamanitra Mandrakizay, izay maneho ny tenany amin'ny firenena rehetra.'

"Izay mikatsaka amin-kitsimpo ny fahamarinana dia afaka mahazo ny fijoroana ho vavolombelona fa i Jesoa no Kristy rehefa misaintsaina am-bavaka momba ny teny nentanim-panahy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izy.


"Mihoatra ny antsasa-manilan'ireo andininy rehetra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no miresaka momba ny Tompontsika. Misy endrika isehoan'ny anaran'i Kristy izay voalaza matetika kokoa isaky ny andininy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna noho ny ao amin'ny

Testamenta Vaovao aza" ("Come unto Christ," *Ensign,* nôv. 1987, 83).

Araka izay ambaran'ny pejin-dohateniny, **ny Bokin'i Môrmôna dia fijoroana ho vavolombelona fa i Jesoa no Kristy.** Rehefa mandalina ny Bokin'i Môrmôna ianao mandritra ity taona ity, dia mifantoha amin'ny zavatra ianaranao momba an'i Jesoa Kristy ary angataho ny Ray any An-danitra amin'ny alalan'ny vavaka mba hanamafy izay zavatra nianaranao amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

## Teny Fanolorana ny Bokin'i Môrmôna

Moa ve ianao efa nanontany tena hoe ahoana no hahafahan'ilay andohalambo iray eo amin'ny tetezana na tranobe iray mba tsy hianjera kanefa tsy misy mihazona azy avy ety ambany? Rehefa aorina ny andohalambo iray, dia atsangana miaraka amin'ny fihazonana azy ny sisiny anankiroa. Ny elanelana eo amin'ny faratampon'ilay andohalambo avy eo dia refesina tsara, ary misy vato iray, antsoina hoe "vato ifaharana," amboarina mba ho tafiditra tsara eo. Rehefa apetraka ilay vato ifaharana, dia afaka mijoro tsy mila fihazonana avy ety ivelany intsony ilay andohalambo. Alaivo sary an-tsaina ny zavatra hitranga amin'ilay andohalambo raha toa ka esorina ilay vato ifaharana.




Jereo ny teny fanoloran'ny Bokin'i Môrmôna ary vakio ny andalan-tsoratra fahenina, izay miatomboka amin'ny hoe: "Hoy ny Mpaminany Joseph Smith momba io rakitsoratra io: . . ." Rehefa mamaky io andalan-tsoratra io ianao, dia tadiavo ireo fitsipika telo manan-danja izay nampianarin'ny Mpaminany Joseph Smith momba ny Bokin'i Môrmôna.

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nanazava bebe kokoa momba ny maha vato ifaharan'ny fivavahantsika ny Bokin'i Môrmôna.. Rehefa mamaky ilay teny ianao, dia tsipiho ireo andian-teny na filazana izay mety hanampy anao hanazava amin'ny olon-kafa ny anjara toerana lehiben'ny Bokin'i Môrmôna ao amin'ny fivavahantsika.

"Misy antony telo mahatonga ny Bokin'i Môrmôna ho vato ifaharan'ny fivavahantsika. Vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an'i Kristy izany. Vato ifaharan'ny fotopampianarantsika izany. Vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona izany.

"Ny Bokin'i Môrmôna no vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy, ary Izy dia vato ifaharan'ny zava-drehetra ataontsika koa. Mijoro ho vavolombelona mazava tsara sy amin-kery momba ny fisiany izany. . . .

"Araky ny efa voalaza teo aloha dia ny Tompo Tenany mihitsy no nilaza fa ny Bokin'i Môrmôna dia mitahiry ny "fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy" (F&F 20:9). Tsy midika izany hoe mitahiry ny fampianarana rehetra, na ny fotopampianarana nambara rehetra izany. Midika kosa izany fa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no hahitantsika ny fahafenoan'ireo fotopampianarana takiana amin'ny famonjena antsika. Ary nampianarina amin'ny fomba mazava sy tsotra izy ireo ka na dia ny zaza madinika aza dia afaka ny hianatra ireo lalan'ny famonjena sy ny fisandratana. . . .

"Farany dia vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona ny Bokin'i Môrmôna. Toy ny firodanan'ny andohalambo rehefa esorina ny vato ifaharana dia ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna ihany koa no mampijoro na maharava ny Fiangonana. Takatr'ireo fahavalon'ny Fiangonana tsara izany. Izany no antony mahamaro an'isa ny fanandramana ataon'izy ireo hanaporofo fa tsy marina ny Bokin'i Môrmôna, satria raha very ny hasin'izany boky izany dia ho toy izany koa ny momba ny Mpaminany Joseph Smith. Ary toy izany koa ny fanambarantsika ny fananana ny fanalahidin'ny fisoronana, sy ny fanambarana ary ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny. Saingy tahak'izany koa, raha toa ka marina ny Bokin'i Môrmôna—ary an-tapitrisany ireo efa nijoro ho vavolombelona fa nahatsapa ny tenivavolombelon'ny Fanahy fa tena marina tokoa izany—dia tokony hanaiky ny fanambarana mahakasika ny Famerenana amin'ny laoniny sy ireo zavatra rehetra miaraka amin'izany ny olona (*Ensign,* nôv. 1986, 5–6).

**3.** Vakio ny andalan-tsoratra fahavalo ao amin'ny teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna, izay miatomboka amin'ny "Manainga ny olona rehetra izahay, na aiza na aiza misy azy . . . ," ka fantaro hoe ahoana no ahafahanao mahafantatra fa marina ny Bokin'i Môrmôna. Rehefa avy mamaky io andalan-tsoratra io ianao, dia fenoy izao fehezanteny izao ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina *Rehefa mamaky, misaintsaina, sy mivavaka, ny Fanahy Masina dia . . .*


Tahaka ny hanohanan'ny vato ifaharana ireo vato hafa ao amin'ny andohalambo, dia toy izany no hanamafisan'ny fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna ireo fijoroantsika ho vavolombelona momba ny fitsipiky ny filazantsara hafa manan-danja. Vakio ny andalan-tsoratra fahasivy ao amin'ny teny fanolorana, izay miatomboka amin'ny "Ireo izay mandray


izany tenivavolombelon' Andriamanitra izany . . . ," ary tsipiho ireo fahamarinana fanampiny anankitelo izay ho ahazoanao fijoroana ho vavolombelona raha manaraka ny torohevitra ao amin'ny andalan-tsoratra fahavalo ianao. **Rehefa mamaky, misaintsaina, ary mivavaka momba ny Bokin'i Môrmôna isika, ny Fanahy Masina dia hijoro ho vavolombelona fa marina izany, fa i Jesoa no Kristy, fa i Joseph Smith dia mpaminan'Andriamanitra, ary Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no fanjakan'ny Tompo ety an-tany.**


**4.** Hazavao ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony hiantsoana ny Bokin'i Môrmôna hoe vato ifaharan'ny fivavahantsika.

## Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona

Alaivo sary an-tsaina hoe mpitsara ianao ary miezaka ny mamantatra izay marina momba ny zavatra nitranga nandritra ny adin'ny vondrona roa. Inona no maha zava-dehibe ny fisian'ny vavolombelona iray izay nanatrika izay zavatra nitranga? Inona no maha zava-dehibe ny fisian'ny vavolombelona maro?


Oliver Cowdery


Martin Harris


David Whitmer

Nasehon'ny Tompo an'ireo vavolombelona maromaro ireo takela-bolamena izay nandikan'i Joseph Smith ny Bokin'i Môrmôna. Vakio ny "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Telo," ary mariho ny andian-teny telo na efatra izay nampiasain'izy ireo hijoroana ho vavolombelona momba ny takelaka sy ny famoahana ny Bokin'i Môrmôna. Avy eo dia vakio ny "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Valo." Jereo ny fahasamihafana eo amin'ny traikefan'ireo vondrona anankiroa, araka izay aseho amin'ny tabilao etsy ambany.

| Vavolombelona Telo | Vavolombelona Valo |
|---|---|
| 1. Nisy anjely iray nampiseho azy ireo ny takelaka, ny Orima sy Tomima, ny saron-tratra, ny Liahona, ary ny sabatr'i Labana. | 1. Nasehon'i Joseph Smith azy ireo ny takelaka. |
| 2. Ny feon'Andriamanitra dia nanambara ny maha avy any an-danitra ilay rakitsoratra. | 2. Nikasika tamin'ny tanana ("nanainga tamin'ny tanana") ireo takela-bolamena izy ireo. |

**5.** Valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao fanontaniana izao: Nahoana no zava-dehibe ny fisian'ny vavolombelona hafa momba ireo takela-bolamena ankoatran'i Joseph Smith?

**6.** Soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny Bokin'i Môrmôna, Joseph Smith, sy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tafaverina amin'ny laoniny. Raha tsapanao fa tsy mbola manana ny fijoroana ho vavolombelonao manokana ianao, dia soraty izay zavatra hataonao mba hananana fijoroana ho vavolombelona mikasika ny Bokin'i Môrmôna amin'ity taona ity. Mba hanamafisana ny fijoronao ho vavolombelona, dia zarao amin'ny ray aman-dreninao na olona iray hafa ao amin'ny fianakaviana na namana iray ireo fahatsapana anananao mikasika izay zavatra nosoratanao.

### *Fampitomboana ny Fijoroana ho vavolombelona*

Ny Filoha Boyd K. Packer avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra ny fomba ahafahantsika mampitombo ny fijoroana ho vavolombelona amin'ny alalan'ny fizarana izany amin'ny hafa:

"Ny Fijoroana ho vavolombelona dia natao ho *azo* amin'ny *fizarana* izany! . . .

"Zavatra iray ny mahazo fijoroana ho vavolombelona avy amin'ny zavatra novakianao na ny zavatra nolazain'ny hafa; ary tena ilaina izany amin'ny voalohany. Kanefa zavatra iray hafa koa ny mahazo fanamafisana avy amin'ny Fanahy masina ao amin'ny tratranao fa *ianao* dia nijoro vavolombelona momba ny fahamarinana" ("The Candle of the Lord," *Ensign,* jan. 1983, 54–55).

**7.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diarim-pandalinanao ny filazantsara izao manaraka izao:

*Nianatra ny leson "Pejy Fanolorana ny Bokin'i Môrmôna" aho ary nahavita izany tamin'ny* (daty).

Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:

FIZARANA 1: ANDRO 4

# Fampahafantarana fohy mikasika ny Bokin'i Môrmôna

## Fampidirana

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nitantara ny zava-nitranga manodidina ny famoahana ny Bokin'i Môrmôna. Rehefa mandalina ity tantara ity ianao, dia afaka mihalalina kokoa ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny antsony amin'ny maha mpaminany azy sy ny anjara asa masin'ny Bokin'i Môrmôna ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ity lesona ity koa dia hanampy hanao hifankazatra bebe kokoa amin'ny fomba nanoratana ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny vanim-potoana taloha. Ny mpaminany Môrmôna sy Môrônia dia nijoro ho vavolombelona ny amin'ny fitarihan'ny Tompo azy ireo nandritra ny fanoratany sy ny fanangonany ireo rakitsoratr'ireo mpaminany maro hafa teo amin'ny takela-bolamena. Rehefa mandalina ianao, dia tadiavo ireo porofo maneho ny tanan'ny Tompo tamin'ny famoahana ny Bokin'i Môrmôna sy ny mety ho anjara asan'ny Bokin'i Môrmôna eo amin'ny fitarihina ny fiainanao.

### "Ny Fijoroana ho Vavolombelon'ny Mpaminany Joseph Smith"

Ahoana no hamalianao ny fanontaniana hoe "Ahoana no nahazoan'ny Fiangonanareo ny Bokin'i Môrmôna?"

Ny "Fijoroana ho Vavolombelon'ny Mpaminany Joseph Smith," izay hita ao amin'ny teny fanolorana ao amin'ny fiandohan'ny Bokin'i Môrmôna, dia ahitana santionany avy amin'ny Joseph Smith—Tantara, izay hita ao amin'ny Voahangy Lafo Vidy. Izany dia mitantara ny famoahana ny Bokin'i Môrmôna amin'ny tenin'ny Mpaminany manokana. Amporisihana ianao hamaky tanteraka ny tantara ao amin'ny Joseph Smith—Tantara mandritra ny fandalinanao ny soratra masina isan'andro.

"Ny Fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith" dia tsy ahitana laharan'ny andininy, noho izany ity lesona ity dia hampiasa ny Joseph Smith—Tantara mba hanamorana ny fahitanao ireo asa famakiana izay ampanaovina. Rehefa mandalina ny fijoroana ho vavolombelon'ny Mpaminany Joseph ianao, dia tadiavo ireo porofo maneho fa **ny Bokin'i Môrmôna dia navoaka tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra.**

Vakio ny Joseph Smith—Tantara 1:29–35, 42–43, ary tsipiho ireo antsipirihan'ny famangian'i Môrônia an'i Joseph Smith izay ho ampiasainao raha toa ianao hanazava ny zava-niseho amin'olon-kafa. Ao amin'ny Joseph Smith—Tantara 1:34, inona no nolazain'i Môrônia fa voarakitra ao amin'ny takela-bolamena?

**1.** Valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao fanontaniana izao: Inona ilay zavatra ao amin'ny Joseph Smith—Tantara 1:29–35, 42–43 izay tianay avoitra raha mizara io tantara io amin'ny olon-kafa ianao? Nahoana izany no manan-danja ho anao?

**2.** Vakio ny Joseph Smith—Tantara 1:51–54, ary tantarao ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo eritreritrao mikasika ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona no nianaran'i Joseph Smith nandritra ny fitsidihana voalohany niarahany tamin'ny anjely Môrônia? Nahoana ianao no mieritreritra fa zava-dehibe ho an'i Joseph ny nandray ilay fampianarana nandritra ny efa-taona mialohan'ny nahazoany sy nandikany ireo takelaka?

Taorian'ny vanim-potoana niomanana sy nianarana, dia nomena an'i Joseph Smith ireo takelaka tamin'ny 1827 niaraka tamin'ny andraikitra handika azy ireo amin'ny fanomezana sy herin'Andriamanitra. Vakio ny Joseph Smith—Tantara 1:59–60, ary tadiavo ny andraikitra izay nomena mikasika ireo takela-bolamena.

### "Fanazavana Fohy Momba ny Bokin'i Môrmôna"

Mba hahatakarana ny fomba firafitry ny Bokin'i Môrmôna, dia vakio ny "Fanazavana fohy momba ny Bokin'i Môrmôna," izay hita aorian'ny "Fijoroana ho Vavolombelon'ny Mpaminany Joseph Smith." Ampitahao izay vakianao amin'ireo sary hita any amin'ny faran'ity lesona ity, izay maneho ny fomba fitambaran'ireo karazana takelaka mba hanome ny Bokin'i Môrmôna.

Maro ireo olona izay nitana ny anjara asan'ny mpitahiry ireo raki-tsoratra nandritra ny tantaran'ireo Nefita sy Lamanita, niatomboka tamin'i Lehia ary nifarana 1.000 taona mahery taty aoriana tamin'i Môrmôna mpaminany mpahay tantara sy ny zanany Môrônia. Notarihin'ny Tompo i Môrmôna mba hamintina ny rakitsoratr'ireo mpaminany taloha ireo sy ilay tantaran'io vahoaka io nandritra ny 1.000 taona. Ny famintinana izay nataony dia voarakitra ao anatin'ny takelak'i Môrmôna, izay antsoina koa hoe takela-bolamena.



Taorian'ny nahafatesan'i Môrmôna, dia nofaranan'ny zanany Môrônia ilay rakitsoratra ary nafenina ireo takelaka mandra-panomezana azy ireo an'ny Mpaminany Joseph Smith.

Helamàna 3:13–15 no anisan'ireo andalan-tsoratra masina maro izay hitantaran'i Môrmôna ny fanaovana ny famintinana ny tantaran'ny Nefita. Rehefa mamaky izany ianao dia jereo fa maro tokoa no voasoratra mihoatra noho izay afaka nampidirin'i Môrmôna sy Môrônia tao amin'ny takela-bolamena.

Vakio ny Tenin'i Môrmôna 1:9 sy Môrmôna 8:34–35. Lokoy miavaka ireo teny na andian-teny izay maneho ny fomba nanampian'ny Tompo sy nitarihany an'i Môrmôna sy i Môrônia tamin'ny fanatambaran'izy ireo ny Bokin'i Môrmôna.

**3.** Valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao fanontaniana izao: Raha ianao no teo amin'ny toeran'i Môrmôna na i Môrônia ka nanana ny andraikitra hamintina ireo soratry ny mpaminany ho lasa rakitsoratra iray, ahoana no hifantenanao izay tokony hampidirina ao amin'ny famintinana ataonao?

Ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo no ahitantsika fa **ireo nanoratra ny Bokin'i Môrmôna dia nahita izao vanim-potoana iainantsika izao ka nanoratra izay mety ho fanampiana ilaintsika indrindra.** Mety ho tianao ny hanoratra izany ao amin'ny soratra masina eo akaikin'ny Môrmôna 8:35.

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nijoro ho vavolombelona fa ny Bokin'i Môrmôna dia "nosoratana ho an'ny vanim-potoanantsika" ary nanazava izy fa ny fahafantarana izany dia afaka manampy antsika rehefa mandalina ny Bokin'i Môrmôna isika.

"Tsy nanana izany boky izany na oviana na oviana ny Nefita, na koa ireo Lamanita tamin'ny fahiny. Natao ho antsika izany. Taty amin'ny faramparan'ny sivilizasiôna Nefita no nanoratra i Môrmôna. Nanambatra ireo rakitsoratra tao anatin'ny taonjato maro izy, nisafidy ireo tantara, lahateny ary zava-nitranga izay hanampy antsika bebe kokoa, teo ambany fitaomampanahin'Andriamanitra, izay mahita ny zava-drehetra hatrany am-piandohana. . . .

"Raha toa ka nahita ny androntsika izy ireo ary nisafidy ireo zavatra izay hanan-danja kokoa ho antsika, moa ve tsy izany no antony tokony handalinantsika ny Bokin'i Môrmôna? Tokony hanontany tena tsy tapaka isika hoe: "Inona no antony nitaoman'ny Tompo fanahy an'i Môrmôna (na an'i Môrônia na an'i Almà) hampiditra izany ao amin'ny rakitsorany? Inona no lesona azoko ianarana avy amin'izany izay hanampy ahy eo amin'ny fiainako amin'izao andro izao sy amin'izao vanimpotoana izao?" ("The Book of Mormon—Keystone of Our Religion," *Ensign,* nôv. 1986, 6).

Ny fametrahana izany karazana fanontaniana izany rehefa mandalina ianao dia hanampy anao hahita ireo fitsipika sy fotopampianarana izay fantatry ny Tompo fa hitondra fanampiana lehibe indrindra amin'ny fiainanao.

Eritrereto ny fiainanao amin'izao. Eritrereto ireo fanontaniana izay ananananao na toe-javatra atrehanao ka tianao hahazoana fitarihana avy amin'Andriamanitra. Soraty ny iray na roa amin'izany ao amin'ny diarinao (*tsy* ilay diary fandalinanao soratra masina izay asehonao ny mpampianatra anao). Mandritra ny fandalinanao ny Bokin'i Môrmôna isan'andro, dia tadiavo ireo fitsipika izay manome fitarihina sy torohevitra mifandray amin'ireny toe-javatra ireny.



Mikasika ny fandalinana ny soratra masina isan'andro, ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nilaza hoe: "Mety hieritreritra ianao hoe sahirana loatra. Folo na dimy ambinifolo minitra isan'andro hamakiana soratra masina, indrindra ny

Bokin'i Môrmôna, dia afaka hanome fahatakarana mahagaga ho anao mikasika ireo fahamarinana lehibe sy mandrakizay izay notehirizina tamin'ny herin'Ilay Mahery mba ho fitahiana ho an'ireo zanany. Rehefa mamaky ianao . . . , dia hanakaiky bebe kokoa an'Ilay mpanefa ny famonjena antsika" ("Rise to the Stature of the Divine within You," *Ensign,* nôv. 1989, 97).

**4.** Saintsaino izay tanjona afaka apetrakao ka hanampy anao hahazo tombontsoa betsaka indrindra amin'ny famakianao ny Bokin'i Môrmôna amin'ity taona ity. Raketo ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny tanjonao. Mety ho tianao ny hametraka vanim-potoana voafaritra handrefesanao ny fivoaranao.


**5.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nianatra ny lesona "Fampahafantarana fohy mikasika ny Bokin'i Môrmôna" aho ary nahavita izany tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

## Ireo Takelaka sy ny fifandraisany amin'ilay Bokin'i Môrmôna izay navoaka

Loharano sasan'ny takelak'i Môrmôna | Ireo takelak'i Môrmôna izay nomena ny Mpaminany Joseph Smith




* Ireo daty dia maneho ny vanim-potoana manodidina izay nitrangan'izay voalaza ao amin'ireo takelaka iray tarika.

† Tsy fantatra mazava ny fotoana nahavitan'ny mpaminany Etera ny rakitsorany, fa izany dia mety ho teo anelanelan'ny 589 taona talohan'i J.K. sy 131 talohan'i J.K.

FAMPAHAFANTARANA NY

# 1 Nefia

## Inona no antony handalinana ity boky ity?

Rehefa mandalina ny 1 Nefia ianao, dia hahita fa "ny halehiben'ny famindram-pon'ny Tompo dia amin'ireo rehetra izay efa nofinidiny, noho ny finoany, ka mampahery azy" (1 Nefia 1:20). Ho hitanao ohatra ny fomba nanampian'Andriamanitra an'i Nefia hahazo ireo takela-barahina mba hahafahan'ny fianakaviany manana ireo soratra masina, sy ny fomba namonjen'Andriamanitra an'i Nefia teo anatrehan'ireo loza ara-batana nihatra tamin'ny ainy, ary ny fomba namonjen'Andriamanitra an'i Lehia sy ny vahoakany tamin'ny mosary tany an-tany foana sy ny fisamboaravoaran'ny ranomasimbe, ka nanafahany azy ireo soa aman-tsara ho any amin'ny tany nampanantenaina.

Niaina ny famindram-pon'Andriamanitra sy ny fanampiany i Lehia sy ny vahoakany rehefa nitandrina ny didy. Nikatsaka ny fitarihana avy tamin'Andriamanitra i Lehia sy i Nefia ary nandray izany tamin'ny alalan'ny soratra masina, sy ny nofy, sy ny fahitana ary ny Liahona. Nahazo fahitana ary nandrakitra izany i Nefia, fahitana izay mikasika ny tantaran'ny tany izay naneho taminy ny herin'Andriamanitra izay mahafantatra ny zava-drehetra. Hitan'i Nefia tamin'ny alalan'ny fahitana ny batisan'i Jesoa sy ny asa fanompoany ary ny fanomboana Azy izay mbola ho avy.

Rehefa mandalina ny traikefan'i Nefia sy i Lehia ato amin'ity boky ity ianao dia afaka hianatra ny fomba hikatsahana sy handraisana ireo fitahian'ny lanitra eo amin'ny fiainanao.

## Iza no nanoratra ity boky ity?

I Nefia zanakalahin'i Lehia no nanoratra ity boky ity mba ho fankatoavana ny didin'ny Tompo mikasika ny tokony hitanany rakitsoratra momba ny vahoakany. I Nefia dia notombanana ho teraka tany Jerosalema na akaikin'i Jerosalema. Niaina tany izy nandritra ny fanompoan'ny mpaminany Jeremia sy ny fanjakan'ny Mpanjaka Zedekia.

Nikatsaka ny fijoroana ho vavolombelon'ny tenany manokana i Nefia ny amin'ireo tenin-drainy mikasika ny fandravana an'i Jerosalema sy ny tokony hialan'ny fianakaviany tao. Rehefa nanohy nikatsaka sy nanaraka ny torohevitry ny Tompo i Nefia dia lasa tonga fitaovana teo am-pelatanan'Andriamanitra.

Niverina tamim-pankatoavana tany Jerosalema in-droa izy niaraka tamin'ireo rahalahiny—voalohany mba haka ireo takela-barahina ary taty aoriana dia handresy lahatra ny fianakavian' i Ismaela hanaraka ny fianakavian'i Lehia ho any an-tany foana. Rehefa nampian'ny Tompo i Nefia dia nanangana sambofiara izay nitondra ny fianakaviany sy ireo olon-kafa niampita ny ranomasimbe ho any amin'ny tany nampanantenaina. Rehefa maty i Lehia dia i Nefia no lasa mpitarika ny vahoakany.

## Oviana ary taiza no nanoratana ity boky ity?

I Nefia dia nanoratra ny fitantarana izay lasa 1 Nefia, teo amin'ny manodidididina ny 570 Talohan'i J.K. teo—30 taona taorian'ny nandaozan'i Nefia sy ny fianakaviany an'i Jerosalema (jereo ny 2 Nefia 5:28–31). Tamin'izy tao an-tanin'i Nefia no nanoratany izany.

FIZARANA 2: ANDRO 1

# 1 Nefia 1

## Fampidirana

Ny Bokin'i Môrmôna dia manomboka amin'ny fitantaran'i Nefia an'i Lehia rainy, i Lehia izay nanatanteraka tamim-pahatokiana ny andraikiny amin'ny maha mpaminany azy sy amin'ny maha mpitarika ny fisoronana azy ho an'ny fianakaviany. Ny fahatakarana ny asa nosahanin'i Lehia dia afaka manampy anao hahatakatra ny andraikitr'ireo mpaminany amin'izao androntsika izao. Izy dia iray tamin'ireo "mpaminany maro tonga naminany tamin'ny [Jiosy] ny tsy maintsy hibebahan'[izy ireo]" (1 Nefia 1:4). Koa satria nankatò an'Andriamanitra i Lehia ary naminany ny amin'ny faharavan'i Jerosalema dia naneso azy ny vahoaka ary nikatsaka ny hamono azy. Na izany aza anefa, dia nifaly i Lehia tamin'ny famindram-pon'ny Tompo sy ny herin'ny fanafahany. Rehefa mandalina ny 1 Nefia 1 ianao, dia eritrereto ny fomba nanehoana ny famindram-pon'Andriamanitra sy ny fanoloran-tenanao manokana teo amin'ny fiainanao.

### 1 Nefia 1:1–3

*Nanomboka ny rakitsorany i Nefia*

Vakio ny 1 Nefia 1:1, ary tadiavo ireo teny manan-danja izay manambara hoe toy ny ahoana ny fiainan'i Nefia.

**1.** Arak'izay novakianao tao amin'ny andininy 1, manorata ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina momba ny fomba iray farafahakeliny izay ahatsapanao fa ny fiainanao dia mitovy amin'ny fiainan'i Nefia.

**2.** Valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana araka ny eritreritrao no fomba ahafahan'i Nefia "nahita fahoriana betsaka" kanefa sady "nahita sitraka fatratra tokoa tamin'ny Tompo tamin'ny andro[ny] rehetra"?

### *Ireo Fitahiana avy amin'ny Fandalinana Soratra Masina*

Iray amin'ireo tombontsoa ananananao amin'ity taona ity amin'ny maha mpianatra seminera anao dia ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna. Ny famakiana ny soratra masina dia hanamafy orina ny fifandraisanao amin'ny Tompo. Nampianatra toy izao ny Filoha Spencer W. Kimball: "Hitako fa rehefa ataoko tsizarizary ny fifandraisako amin'Andriamanitra ary rehefa toy ny hoe tsy misy sofin'andriamanitra mihaino, ary tsy misy feon'Andriamanitra miteny, dia tena lavitra tokoa aho. Fa rehefa miroboka ao anatin'ny soratra masina aho, dia mihena ny elanelana ary miverina ny aimpanahy" (*Enseignement des Présidents de l'Eglise: Spencer W. Kimball* [2006], 67).

## 1 Nefia 1:4–20

*Nahazo fahitana i Lehia ary nampitandrina ny vahoaka mikasika ny faharavan'i Jerosalema*


Eritrereto ny fotoana iray nampitandreman'ny ray aman-dreninao na ireo Mpitondran'ny Fiangonana anao mikasika ny zavatra iray mampididoza. Inona no nanosika azy ireo hampitandrina anao?

Tia antsika ny Raintsika any An-danitra ary tiany isika mba tsy ho azon'ny fahotana izay manimba antsika. Iray amin'ireo fomba ampitandreman'Andriamanitra ny zanany dia amin'ny alalan'ireo mpaminany. **Mampitandrina amin'ny fahotana ny mpaminany ary mampianatra ny famonjena amin'ny alalan'i Jesoa Kristy.** Rehefa mandalina ny 1 Nefia 1 ianao dia tadiavo ny mampitombona io fitsipika io. I Nefia dia nanomboka ny rakitsorany tamin'ny filazana amintsika fa mpaminany maro no nitory sy nampitandrina ny vahoaka mikasika izay hitranga raha tsy mibebaka izy ireo (jereo ny 1 Nefia 1:4). Vakio ny 1 Nefia 1:5–7, ary asio marika ao amin'ny soratra masinao ny fomba nivavahan'i Lehia sy ny antony nivavahany. Ny vavaka nataon'i Lehia tamin'ny Tompo dia maneho fa nino izay nolazain'ireo mpaminany izy.

Vakio ny 1 Nefia 1:8–10, ary farito anaty boribory ny zavatra rehetra izay hitan'i Lehia tamin'ny fahitana.

| | |
|---|---|
| Andriamanitra | Anjely |
| Jesoa Kristy | Olona roa ambin'ny folo hafa |

Vakio ny 1 Nefia 1:11–12, ary mariho izay zava-nitranga tamin'i Lehia rehefa namaky ny boky izay nomena azy izy. Tamin'ny alalan'io fahitana io no nanomanan'ny Tompo mialoha an'i Lehia mba hanao asa fanompoana teo anivon'ny vahoakan'i Jerosalema. Vakio ny 1 Nefia 1:13, ary mariho izay zavatra nampianarina an'i Lehia mikasika an'i Jerosalema. Rehefa mamaky ianao dia mitoera mihitsy eo amin'ny toeran'i Lehia ary alao sary an-tsaina izay mety ho fahatsapanao raha miteny aminao ny Tompo fa ireo zavatra ireo dia hitranga amin'ny ankohonanao sy ny tanananao.



Mazava ho azy fa mety ho tena sarotra tamin'i Lehia mihitsy izany hoe nampitandremana mikasika ny faharavan'ny vahoakany sy ny tananany izany. Kanefa vakio ny 1 Nefia 1:14–15, ary tadiavo ny antony nifalian'i Lehia na dia nahita aza fa ho rava i Jerosalema.

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny eritreritrao mikasika ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no fomba nahafahan'ny zavatra niainan'i Lehia ao amin'ny 1 Nefia 1:5–15 hisy fiantraikany teo amin'ny faniriany hampianatra ny vahoaka sy hitaona azy ireo hibebaka?

Rehefa avy nampitandremana mikasika ny faharavan'i Jerosalema i Lehia dia nizara ny zavatra izay nianarany tamin'ny vahoakan'i Jerosalema. Nampitandrina azy ireo izy fa horavana izy ireo raha toa tsy mibebaka. Vakio ny 1 Nefia 1:18–20, ary fantaro ny fihetsika nasehon'ny vahoakan'i Jerosalema. Alao sary an-tsaina hoe mpamoaka gazety gazety iray ianao ary mila manoratra



lohateny ho an’ny 1 Nefia 1:18–20. Inona no ho lohateny ataonao? ________________________________

________________________________________________

Saintsaino ity teny manaraka ity:

Toy ireo mpaminany fahiny, dia mijoro ho vavolombelona momba an’i Jesoa Kristy sy mampianatra ny filazantsarany koa ireo mpaminany ankehitriny. Mampahafantatra ny sitrapon’Andriamanitra sy ny tena toetoetrany marina izy ireo. Miteny amim-pahasahiana sy amin’ny fomba mazava izy ireo, ary manameloka ny ota sy mampitandrina momba ny vokatr’izany. Indraindray izy ireo dia mety ho entanim-panahy haminany ny zavatra ho avy mba ho tombontsoantsika” (*Miorim-paka ao amin’ny Finoana: Boky fanovozan-kevitra mikasika ny Filazantsara* [2004], 129).

**4.** Manorata fehezan-teny iray araka izay fomba ilazanao azy ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina, izay mamariparitra ny andraikitry ny mpaminany iray na dia eo aza ireo fanoherana izay tsy maintsy atrehany.

Rehefa nanoratra mikasika ny zavatra niainan-drainy tany Jerosalema i Nefia dia nanampy hafatra iray ho an’ny mpamaky eo an-tenantenan’ny 1 Nefia 1:20, natombony tamin’ny teny hoe “Nefa indro, izaho Nefia dia haneho aminareo . . .” Ity andininy ity dia mampiditra ny lohahevitra iray nantitranterin’i Nefia tao amin’ny asa sorany. Tsipiho io lohahevitra io ao amin’ny 1 Nefia 1:20, ary avy eo dia vakio ny Môrônia 10:3 ary tadiavo ao ny lohahevitra iray mitovy amin’izany. (I Môrônia no mpaminany farany ao amin’ny Bokin’i Môrmôna. Teo amin’ny 1000 taona teo no nanelanelana ny fotoana niainan’i Nefia sy i Môrônia.)

Mariho fa nanambara i Nefia ao amin’ny toko voalohany ao amin’ny Bokin’i Môrmôna fa hasehony amintsika ny “halehiben’ny famindram-pon’ny Tompo” ao amin’ny asa sorany (1 Nefia 1:20). Ao amin’ny toko farany ao amin’ny Bokin’i Môrmôna i Môrônia dia niteny tamintsika mba hahatsiaro “ny naha-feno famindram-po ny Tompo” (Môrônia 10:3).



Tian’i Nefia isika hahatakatra tsara hatrany amboalohan’ny rakitsorany fa **ny halehiben’ny famindram-pon’ny Tompo dia mipaka any amin’ireo izay maneho finoana Azy.** Ny Loholona David A. Bednar ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo dia nanazava hoe inona ireo halehiben’ny famindram-pon’ny Tompo eo amin’ny fiainantsika. Ataovy anaty boribory ireo teny sy andianteny izay nampiasain’ny Loholona Bednar mba hamaritana ny atao hoe: “halehiben’ny famindram-pon’ny Tompo” rehefa mamaky ny fanazavany ianao:

“Ny halehiben’ny famindram-pon’ny Tompo dia ireo fitahiana, hery, fiarovana, antoka, fitarihana, hatsarampanahy ombam-pitiavana, fampiononana, fanohanana sy fanomezana ara-panahy izay tena natao ho an’ny tena manokana sy ho an’ny tsirairay izay azontsika avy amin’i Jesoa Kristy Tompo sy noho Izy ary amin’ny alalany. . . .

“. . . Tsy kisendrasendra no hitrangan’ny halehiben’ny famindram-pon’ny Tompo na vokatry ny fifandrifinjavatra fotsiny. Ny fahatokiana, sy ny fankatoavana ary ny fanetrentena no manasa ny halehiben’ny famindram-po ho tonga eo amin’ny fiainantsika, ary matetika araka ny fotoanan’ny Tompo no ahafahantsika mahatakatra sy mankamamy ireny fitahiana manandanja ireny” (“The Tender Mercies of the Lord,” *Ensign* na *Liahona,* mey 2005, 99–100).

**5.** Valio ao amin’ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana ity: Inona no ohatra efa hitanao mikasika ny fanoloran’ny Tompo ny halehiben’ny famindram-pony teo amin’ny fiainanao na teo amin’ny fiainan’olona iray izay fantatrao?

Atombohy na tohizo ny fitadiavana ny halehiben’ny famindram-po izay natolotry ny Tompo ho anao sy ny fandraisana an-tsoratra izany ao anatin’ny diarinao manokana. Rehefa manao izany ianao dia ho mora kokoa aminao ny mahita ireo fitahian’Andriamanitra izay atolony ho anao.

**6.** Soraty ery amin’ny faran’ny asa nampanaovina androany ao amin’ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 1 Nefia 1 aho ary nahavita ity lesona ity tamin’ny* (daty).

Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin’ny mpampianatro:

**FIZARANA 2: ANDRO 2**

# 1 Nefia 2

## Fampidirana

Amin’ny fomba samihafa no handraisan’ny olona ny fanambarana avy amin’Andriamanitra. Nandidy an’i Lehia tamin’ny nofy ny Tompo mba hitarika ny fianakaviany ho any an-tany foana. Nimonomonona nanohitra ny didin’Andriamanitra i Lamana sy i Lemoela raha nikatsaka fijoroana ho vavolombelona manamafy kosa i Nefia. Ny fampitahana ny fihetsika samihafa nasehon’izy ireo dia hanampy anao hanapa-kevitra

mikasika ny fomba ampiasanao ny fahafahanao misafidy rehefa manaraka ny fitarihan'ny Tompo.

## 1 Nefia 2:1–7

### *Nodidian'ny Tompo i Lehia hiainga ho any an-tany foana*

Alao sary an-tsaina hoe i Lehia ianao, ary ny Tompo dia nangataka anao sy ny fianakavianao mba handao ny tranonao sy ny fananananao rehetra. Voatery handeha an-tongotra andro maromaro ianao ary tsy afaka mitondra afa-tsy vatsy mba hiatrehana ny zavatra ilain'ny fianakavianao. Eritrereto ny fomba hiatrehanao ny fangatahana tahaka izany.

Vakio ny 1 Nefia 2:1–6, ary tadiavo ireo toe-javatra nitarika an'i Lehia sy ny fianakaviany hanainga ho any an-tany foana.



Nahoana ireo vahoaka no "mitady hanala ny ain'i [Lehia]"? (jereo ny 1 Nefia 2:1). ____________________

______________________________________

Inona no nasain'ny Tompo hataon'i Lehia? (Jereo ny 1 Nefia 2:2). ______________________________

______________________________________

I Lehia dia ohatra iray maneho ilay fitsipiky ny filazantsara hoe **rehefa mahatoky sy mankato isika, dia manampy antsika ny Tompo amin'ny fotoam-pitsapana.**

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana ity izay mikasika ny 1 Nefia 2:4: Inona no azonao ianarana avy amin'ny safidin'i Lehia ny amin'izay tokony ho entina sy izay tokony ajanona?

Mba hanampiana anao hahatakatra tsara kokoa ny lalana nodiavin'i Lehia dia avereno jerena ny sarintany izay any amin'ny faran'ny lesona.

Vakio ny 1 Nefia 2:7, ary raiso an-tsoratra ny zavatra nataon'i Lehia rehefa niala niaraka tamin'ny fianakaviany izy mba hanao dia ho any an-tany foana. Inona no teny azonao ampiasaina mba hamaritana ny toetoetra iray manan-danja izay nasehon'i Lehia? __________

## 1 Nefia 2:8–14

### *Nimonomonona tamin-drainy i Lamana sy i Lemoela*

Ireo zanakalahin'i Lehia efatra dia samy nanao dia mitovy, kanefa samihafa ny fomba nandraisan'izy ireo ny didin'Andriamanitra teo am-panaovana izany.

Alalino ny 1 Nefia 2:8–10, ary ataovy anaty boribory ny teny hoe *renirano* sy *lohasaha.*

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny eritreritrao mikasika ity fanontaniana manaraka ity: Inona araka ny hevitrao no nandraman'i Lehia nampianarina an'i Lamana sy i Lemoela raha nampitaha azy ireo tamin'ny renirano sy lohasaha izy?

Vakio ny 1 Nefia 2:11–14, ary tadiavo ny antony nimonomonan'i Lamana sy i Lemoela tamin'ny rain'izy ireo. (*Fanamarihana:* Ny teny hoe *fahamafisan-katoka* dia midika hoe ditran'ny fo sy avonavona.)

Ny antony iray hamporisihan'i Satana ny olona himonomonona dia ny hanakanana ny olona tsy hanaraka ireo mpaminany velona sy ireo mpitondra entanim-panahy ary ireo ray aman-dreny. Niresaka mikasika ny fimonomononana ny Loholona H. Ross Workman avy ao amin'ny Fitopololahy. Nilaza izy fa ny "fimonomononana dia ahitana dingana telo, izay samy mitondra mankany amin'ny dingana manaraka mankany amin'ny lalana midina mitondra any amin'ny tsy fankatoavana."



Voalohany, rehefa mimonomonona ny olona, dia mampiasa ny fitsarany manokana ary manomboka mametra-panontaniana an'ny fampianaran'ireo mpaminany velona. "[Mametra-panontaniana] ao an-tsainy ihany izy ireo aloha ary avy eo dia [mamboly] fanontaniana ao an-tsain'ny olon-kafa."

Faharoa, ireo izay mimonomonona dia manomboka "manamarin-tena sy manala tsiny ny tenan'izy ireo mba tsy hanaovana izay zavatra nasaina nataony. . . . Noho izany, dia [manao] fialan-tsiny izy ireo mba tsy hankatoavana.

"Ny dingana fahatelo manaraka izany avy hatrany dia ny: hakamoana amin'ny fanarahana ny didin'ilay Mpampianatra [jereo ny F&F 58:29]. . . .

"Manasa anareo aho mba hifantoka amin'ny didy avy amin'ireo mpaminany velona izay tena manahirana anareo indrindra. Mametra-panontaniana ve ianao raha toa ka mety mihatra aminao ilay didy? Moa ve ianao mahita fialan-tsiny efa maty paika ny amin'ny


Ranomasina Mediteraneana
Ranomasin'i Galilia
Jerosalema
Ranomasina Maty
Avaratra
"Sisin-tany akaikin'ny moron'ny Ranomasina Mena" (1 Nefia 2:5)
"Nizotra saiky nianatsimo-atsinanana" (1 Nefia 16:13)
"Tany amin'ny sisin-tany akaikin'ny Ranomasina Mena" (1 Nefia 16:14)
Eladrano Persique
Tany Hain'i Arabia
Ranomasina Mena
Nodimandry i Ismaela tany amin'ny toerana "antsoina hoe Nahoma" (1 Nefia 16:34)
"Ary nizotra saiky niatsinanana ny dianay hatramin'izay fotoana izay" (1 Nefia 17:1)
Soafeno (?)
Ranomasimbe Indiana

antony tsy ahafahanao mampifanaraka ny fiainanao amin'ilay didy? Moa ve ianao mahatsiaro ho sorena na tezitra amin'ireo izay mampahatsiahy anao mikasika ilay didy? Moa ve ianao kamo hitandrina izany? Mitandrema amin'ny fitaka ataon'ny fahavalo. Mitandrema amin'ny fimonomononana" ("Beware of Murmuring," *Ensign,* nôv. 2001, 85–86).



**3.** Valio ao anaty diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona no azonao atao rehefa sendra mimonomonona (mitaraina) mikasika ny didy iray na ny fenitra iray arahan'ny Fiangonana ianao?

## 1 Nefia 2:16–19

### *Nikatsaka fahazavan-tsaina tamin'ny Tompo i Nefia*

Vakio ny 1 Nefia 2:16, 19, ary asio marika ny zavatra notadiavin'i Nefia sy ny zavatra izay nataony ka nitarika azy hanaiky ireo didin'ny Tompo izay nomena tamin'ny alalan'ny rainy. Na dia tsy nimonomonona aza i Nefia dia diniho hoe ahoana no ahafantarana amin'ny alalan'ny zavatra nosoratany tao amin'ny 1 Nefia 2:16 mikasika ny nanalefahan'ny Tompo ny fony, fa mety ho sarotra taminy ihany koa ny fandaozana an'i Jerosalema.

**4.** Mizarà ohatra iray ao anaty diary fandalinanao soratra masina mikasika ny fotoana iray izay niantsoanao ny Ray any An-danitra, tahaka an'i Nefia ihany koa, ka nahitanao fa nohamoraina tamin'ny alalan'ny Fanahy ny fonao, na mikasika ny fotoana iray izay nahazoanao fijoroana ho vavolombelona momba ny zavatra izay nolazain'ny Tompo.

Mampianatra antsika ity fitsipiky ny filazantsara manaraka ity ny zavatra niainan'i Nefia dia ny hoe: **Rehefa miantso an'Andriamanitra isika, dia afaka manalefaka ny fotsika Izy mba hinoantsika ny teniny.**

Vakio ny 1 Nefia 2:17–18, ary jereo ny fanirian'i Nefia sy ny zavatra nataony taorian'ny nanalefahan'ny Tompo ny fony. Eritrereto izay azonao ianarana avy amin'ny fahasamihafan'ny fihetsika nasehon'i Nefia sy i Samy ary i Lamana sy i Lemoela. Fahamarinana iray manandanja izao manaraka izao : **Rehefa mizara ny zavatra nianarantsika tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina isika, dia mety hino ny tenintsika ny olon-kafa.**

**5.** Soraty ao anaty diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fotoana iray izay hoe nahatonga anao hino ny tenin'Andriamanitra ny teny nataon'ny olona iray, tahakan'ny ninoan'i Samy ny tenin'i Nefia.

Mieritrereta olona iray izay azonao hizarana zavatra iray izay nanampian'ny Fanahy anao hianatra izany sy hahatsapa izany ho marina. Mety hoe namana izany na olona iray ao amin'ny fianakaviana, na Mpitarika iray ao amin'ny Fiangonana na koa mpampianatra iray. Manokana fotoana amin'ity herinandro ity hifampiresahana amin'izany olona izany ary zarao io fijoroana ho vavolombelona io.

## 1 Nefia 2:20–24

### *Nampanantena an'i Nefia ny Tompo fa hiroborobo izy noho ny fankatoavany*

Tadiavo ary mariho ny fampanantenana hita ao amin'ny 1 Nefia 2:20–21. Io fampanantenana io dia hita miverina in-34 ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna. Mandritra ny fianaranao ny Bokin'i Môrmôna dia hahita ny fomba fahatanterahan'ny tenin'ny Tompo rehetra tamin'i Nefia ianao. Farano amin'ny famakiana ny 1 Nefia 2:22–24 ny lesona androany.

**Mitahy ireo izay mankato sy mahatoky Andriamanitra.** Diniho hoe hatraiza ny fankatoavanao eo amin'ny fitandremanao ireo didin'Andriamanitra. Inona ny fomba iray mety ahatonga anao ho mpankato kokoa? Araho ireo fahatsapana izay azonao avy amin'ny Fanahy Masina.

**6.** Soraty ery amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nianatra ny 1 Nefia 2 aho ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 2: ANDRO 3

# 1 Nefia 3–4

## Fampidirana

Nodidian'ny Tompo i Lehia handefa ireo zanany lahy hiverina any Jerosalema mba haka ireo takela-barahina any amin'i Labana. Raha toa ka tsy hitan'i Lamana sy i Lemoela izay fomba ahafahan'izy ireo manatanteraka ity didy ity, i Nefia kosa dia nanam-pinoana fa ny Tompo dia hanomana lalana hahazoana manatontosa izay notakiany. Na dia teo aza ny fahasarotana niverimberina, dia niezaka tamim-pahatokiana hatrany i Nefia tamin'ny fanaovana izay zavatra nandidian'ny Tompo. Vokatr'izany dia notarihin'ny Fanahy Masina izy ary nahazo ireo takelaka tamim-pahombiazana. Ny traikefa niainan'i Nefia dia maneho fa ny fiezahana hankato hatrany no mahatonga antsika ho mendrika ny fanampian'ny Tompo mandritra ny fotoan-tsarotra.

## 1 Nefia 3:1–9, 19–20

*Niverina tany Jerosalema ireo zanakalahin'i Lehia*

Efa niatrika toe-javatra sarotra iray ve ianao ary nanontany tena mikasika ny fomba hamahana izany? Ny lesona anio dia hanampy amin'ny fanamafisana orina ny finoanao sy ny fahavononanao ho mpankato rehefa miatrika toe-javatra sarotra. Atombohy amin'ny famakiana ny 1 Nefia 3:1–6, ary lokoy ao anatin'ny soratra masinao ny didy izay nomen'ny Tompo an'i Lehia mba ho tanterahan'ireo zanany lahy. Mariho ihany koa ny fahasamihafana teo amin'ny fihetsika nasetrin'i Lamana sy i Lemoela teo anatrehan'ny didin'ny Tompo raha ampitahaina amin'ny fihetsik'i Nefia.

Mba hahafahana mahazo tsara ny fahasarotan'ilay didy nomen'ny Tompo, dia mety hanampy ny fahafantarana fa ny halaviran-dalana avy any Jerosalema mankany amin'ny Ranomasina Mena (ny eladranon'i Akaba) dia mirefy eo ho eo amin'ny 300 kilaometatra ao anatin'ny tany mahamay sy karankaina feno mpangalatra maro. Efa nanao dia nandritra ny telo andro mihoatran'io toerana io i Lehia sy ny fianakaviany (jereo ny 1 Nefia 2:5–6), ary ankehitriny ny Tompo dia nilaza fa tokony hiverina any Jerosalema ireo zanany lahy. Vakio ny 1 Nefia 3:7–8, ary tadiavo ny antony naroson'i Nefia fa nahatonga ny fahavononany hankato ny didin'ny Tompo.

Nijoro ho vavolombelona i Nefia ny amin'ilay fitsipika hoe **rehefa manao izay andidian'ny Tompo isika, dia hanomana làlana Izy ahafahantsika manatontosa izany.** Rehefa manohy mandalina ny 1 Nefia 3 ianao, dia eritrereto hoe amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny ohatra feno risi-po sy fahavononana nasehon'i Nefia mitaona antsika ho tonga mpankato kokoa sy haneho finoana lehibe kokoa ho an'ny Tompo. Asio lanjany manokana ny fomba niatrehan'i Nefia ireo zava-tsarotra. Na dia tsy maintsy hiatrika fitsapana aza i Nefia rehefa niezaka naka ireo takela-barahina izy sy ny rahalahiny, dia nisafidy ny tsy himonomonona izy (jereo ny 1 Nefia 3:6).

Ireo takela-barahina dia ahitana ny "rakitsoratry ny Jiosy" (1 Nefia 3:3), izay tsy inona fa ny soratra masin'izy ireo. Hita ao ny sasany amin'ireo soratra sy fampahalalana izay hita ao amin'ny Testamenta Taloha ankehitriny, ary soratra hafa miendrika faminaniana ihany koa. Vakio ny 1 Nefia 3:19–20, ary tsipiho ireo zavatra hita ao amin'ny takela-barahina izay nahatonga izany ho zava-dehibe ho an'ny fianakavian'i Lehia sy ireo taranany.

## 📖 Soratra Masina Fehezina—1 Nefia 3:7

Vakio in-telo ny 1 Nefia 3:7 (azonao ovaovaina ny fomba famaky azy raha tianao: mafy na mangina). Akombony ny soratra masinao, ary ezaho soratana ny valin'ireto fanontaniana ireto, tsy mijery ilay andinin-tsoratra masina:

- Iza no niresahin'i Nefia? ____________________________________________
- Inona no nolazain'i Nefia fa ho ataony? ______________________________
- Inona no zavatra fantatr'i Nefia fa ho ataon'ny Tompo? ______________________________

Sokafy ny soratra masina, ary avereno jerena ny 1 Nefia 3:7 sy ny valin-teninao.

Hoy ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Nataoko ho fitsipika iainako izao: *Rehefa mandidy ny Tompo, dia ataovy izany*" (ao amin'ny *History of the Church,* 2:170). Diniho ny hanoratana io fanambarana io eo amin'ny soratra masinao, eo akaikin'ny 1 Nefia 3:7.

## 1 Nefia 3:10–31

*Nangalatra ny fananan'i Lehia i Labana ary niezaka ny hamono an'i Nefia sy ireo rahalahiny*

Mitahy antsika amin'ny fomba maro samihafa ny Tompo rehefa mankato ny didiny isika. Ny traikefan'i Nefia tamin'ny nahazoany ireo takela-barahina dia manohana ny fijoroana ho vavolombelona nananany fa Andriamanitra dia manomana lalana ho an'ireo Zanany mba hahafahan'izy ireo manatotontosa ny didiny (jereo ny 1 Nefia 3:7). Ampiasao ity tabilao manaraka ity mba handalinana ny andrana roa voalohany nataon'ireo zanakalahin'i Lehia mba hahazoana ireo takela-barahina. Soraty eo amin'ny tsanganana

misy ny andrana tsirairay ny valin'ireo fanontaniana, na azonao atao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ihany koa ity asa ampanaovina ity.

*Fanamarihana:* Tamin'ny andron'i Nefia, ny an-tsapaka (jereo ny 1 Nefia 3:11) dia fomba iray nahazatra izay atao rehefa hanao safidy. Tamin'ny alalan'ny an-tsapaka no nikatsahan'i Nefia sy ny rahalahiny ny fitarihan'ny Tompo teo amin'ny fanatanterahana ny didiny hoe tokony hangalana ireo takela-barahina (jereo ny Ohabolana 16:33; Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "An-tsapaka").

| Fanontaniana | Andrana Voalohany (1 Nefia 3:10–18) | Andrana Faharoa (1 Nefia 3:21–31) |
|---|---|---|
| 1. Iza no nandeha? | | |
| 2. Inona no nataon' izy ireo? | | |
| 3. Inona no fihetsika nataon'ireo mpirahalahy rehefa tsy nahomby ny andrana? | | |

**1.** Rehefa tsy nahomby ny *andrana voalohany* hangalana ireo takela-barahina, dia "nalahelo fatratra" i Nefia sy ny rahalahiny (1 Nefia 3:14). Avereno jerena ny 1 Nefia 3:15–16, dia farito ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny nahasamihafa ny fihetsik'i Nefia tamin'ny an'ireo rahalahiny teo anatrehan'ny tsy fahombiazan'ny andrana voalohany.

**2.** Aorian'ny fandalinana ny *andrana faharoa* (jereo ny 1 Nefia 3:21–31), dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Nahoana ny fahatezerana sy ny fimonomononana ary ny tsy finoana no manakana antsika tsy haheno an'Andriamanitra?

## 1 Nefia 4:1–26

*Azon'i Nefia ireo takela-barahina*

Mariho ny fanontaniana izay napetrak'i Lamana sy i Lemoela ao amin'ny 1 Nefia 3:31. Raha toa ka teo amin'ny toeran'i Nefia ianao dia inona no navalinao ireo fanontaniana ireo? Vakio ny 1 Nefia 4:1–3, ary jereo ireo valiny namalian'i Nefia ny fanontanian'ireo rahalahiny. Nahoana araka ny hevitrao no nisafidy ny ohatr'i Mosesy sy ny Ranomasina Mena mba hamaliana ny fanontanian'izy ireo i Nefia? Manorata teny avy ao amin'ny valin-tenin'i Nefia tamin'ireo rahalahiny izay hitanao fa manainga fanahy: ______________

______________________________________________

I Mosesy ihany koa dia niatrika asa toa tsy azo tanterahina rehefa nasaina hitarika ny zanak'i Isiraely hiala tany Egypta. Na dia teo aza ireo andrana maromaro, dia tsy nahavita nandresy lahatra an'i Farao izy handefa ny Isiraelita. Na izany aza, dia niezaka hatrany i Mosesy nanao izay nandidian'ny Tompo azy, ary avy eo ny Tompo dia nanomana fomba ahafahany manafaka ny Isiraelita.

Nampiharin'i Nefia tamin'ny toe-javatra niainany manokana ny ohatr'i Mosesy, ary nahatoky izy fa Andriamanitra dia hanomana lalana ho azy ihany koa mba hahafahany mahazo ireo takela-barahina. Rehefa mandalina ny ampahany sisa ao amin'ilay tantara ianao dia jereo ny vokatry ny fahatokiana sy ny fahavononan'i Nefia hankato na dia teo aza ireo sakantsakana tany amboalohany.

Efa nisy zavatra tianao natao ve na nahazoanao fahatsapana fa tokony atao kanefa tsy mbola hainao avy hatrany hoe inona no anton'izany, ary rahoviana sy ahoana no fomba hanatanterahana izany? Ny Filoha Harold B. Lee dia nahatsikaritra fa matetika amin'ireny tranga ireny, dia "tiantsika ho hita eny am-boalohany ny fiafarany" mialohan'ny hanarahantsika ny fitarihan'ny Tompo, ary dia nanome izao torohevitra manaraka izao izy: "Tsy maintsy mianatra mandeha amin'ny sisin'ny faritry ny hazavana ianao, ary avy eo dia manao dingana vitsivitsy mankao amin'ny haizina, ary avy eo dia hipoitra ny hazavana ka haneho ny làlana eo anoloanao" (nolazaina tao amin'ny Boyd K. Packer, "The Edge of the Light," *BYU Today,* mar. 1991, 23).

Vakio ny 1 Nefia 4:4–7, ary mariho ny fomba nanaovan'i Nefia dingana tamim-pinoana tao anatin'ny haizina (ny zavatra mbola tsy fantatra).

Inona no zava-dehibe ao amin'ny teny hoe "Na dia teo aza izany, dia nandroso aho" (1 Nefia 4:7)? ______________

______________________________________________

**3.** Manorata ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, trangan-javatra iray izay niangaviana zatovolahy na zatovovavy iray mba hanao zavatra iray, na naha voatariky ny Fanahy Masina azy hanao zavatra iray kanefa tsy fantany mialoha akory izay mety ho vokatr'izany. Angamba mety efa nisy fotoana izay nandrosoanao tamim-pinoana kanefa tsy nahafantatra mialoha akory hoe *ahoana* na *rahoviana* Andriamanitra no hanampy. Raha efa nisy ny toy izany, dia raiso an-tsoratra ao anatin'ny diarinao izany zavatra niainana izany. Azonao atao ihany koa ny mizara izany mandritra ny fotoam-pianarana.

Tsy fantatr'i Nefia ny antony sy ny fotoana ary ny fomba tokony hanampian'ny Tompo azy hanatontosa ny didy hoe haka ireo takelaka raha tsy *taorian'ny*

namelany ny Fanahy Masina hitarika azy sy *taorian'ny* nanapahany hevitra handroso am-pinoana. Vakio ny 1 Nefia 4:8–26, ary jereo ny fomba nanampian'ny Tompo azy hahazo ireo takela-barahina.



**4.** Tanisao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo antony nomen'ny Fanahy an'i Nefia hamonoana an'i Labana (jereo ny 1 Nefia 4:8–13).

**5.** Valio ao anaty diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana ity manao hoe: Inona no nianaranao avy amin'ny ezaka farany nataon'i Nefia mba hahazoana ireo takela-barahina, ka afaka hanampy anao hahita fahombiazana amin'ireo fanamby izay atrehanao na vao hatrehanao eo amin'ny fiainanao?

Raha toa ianao ka manoloana ireo fotoana eo amin'ny fiainanao manokana izay tsy ahafantaranao ny hoe fomba ahoana sy nahoana ary rahoviana, dia tsarovy ilay fitsipika asehon'ny zavatra niainan'i Nefia manao hoe: **Raha toa isika ka mampihatra finoana**



**an'Andriamanitra ary mikatsaka hanao izay lazainy, na dia tsy afaka mahita mialoha izay hitranga aza isika, dia hitarika antsika Izy amin'ny alalan'ny fitarihan'ny Fanahy Masina.**

## Fanazavana sy Fampahalalana ny Zava-miseho


### *Ilay Didy mba Hamonoana an'i Labana*

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra fa anjaran'ny Tompo ny mametraka ny fenitry ny marina sy ny diso: "Hoy Andriamanitra, 'Aza mamono olona' [Eksodosy 20:13]; ary tamin'ny fotoana hafa dia hoy Izy 'Haringano tokoa ireo' [Deoteronomia 20:17]. Izany no fitsipika itantanana ny fanjakan'ny lanitra—avy amin'ny alalan'ny fanambarana mifanaraka amin'ny zava-mitranga izay ametrahana ireo zanaky ny fanjakana. Na inona na inona angatahan'Andriamanitra dia marina avokoa, na inona izany na inona, na dia tsy hitantsika aza ny antony raha tsy fotoana ela aorian'ny hisehoan'ilay zava-mitranga. Raha toa ka mikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra aloha isika, dia hanampy ho antsika ny zava-drehetra" (ao amin'ny *History of the Church,* 5:135).

Mety hanampy antsika hahatakatra ny antony nanirahan'ny Tompo an'i Nefia hamono an'i Labana ny fieritreretantsika ity teny ity: Ny Tompo dia nanome fahafahana an'i Labana, farafahakeliny in-droa mba hanome an-tsitrapo an'ireo takela-barahina, kanefa i Labana dia "tsy nety nihaino ny didin'ny Tompo" (1 Nefia 4:11). Mpandainga sy mpangalatra i Labana, ary nikatsaka ny hamono an'i Lamana izy ary tiany koa ny hahafaty ireo zanakalahin'i Lehia efatra, izay tokony ahazoany fanamelohana ho faty raha araka ny lalàn'i Mosesy (jereo ny Eksodosy 21:14). Fantatry ny Tompo fa tena zava-dehibe ho an'i Lehia sy ny taranany ny tokony hananany ny rakitsoratra masina, na dia "ahafaty ny olona iray" (1 Nefia 4:13) aza no ahatanteraka izany.

Tsy hoe nitondra fitahiana ho an'ny olona sy ireo firenena tao amin'ny Bokin'i Môrmôna fotsiny ihany ireo takela-barahina, fa nitahy sy nanome ireo fampianaran'ny Mpaminany fahiny mba ho antsika amin'izao andro izao, rehefa nadika tao amin'ireo takela-bolamena izay nandikana ny Bokin'i Môrmôna ny sasany amin'ireo soratra ireo (toy ireo teny avy tao amin'i Isaia sy ny fanoharan'i Zenôsa). Ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna manontolo, dia efa nitahy ary mbola hitahy ny fiainan'ireo vahoaka an-tapitrisany maro sy ireo firenena manerana izao tontolo izao ireo fampianarana avy ao amin'ireo takela-barahina ireo. Tamin'ny farany, dia ireo rehetra ireo no nosandaina rehefa nitsangana nanoloana an'i Labana i Nefia ka nanaraka ny feon'ny Fanahy Masina.

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nanome ireto "sedra telo fohifohy" ireto mba hanampiana antsika tsy ho voafitaka mandritra ireo fotoan-tsarotra:



"1. Inona no voalazan'ny soratra masina nankatoavina mikasika izany? 'Ho amin'ny lalàna sy ny teny vavolombelona ihany: raha tsy miteny araka izany teny izany izy, dia olona izay tsy hiposahan'ny fahazavan'ny maraina,' hoy i Isaia ( Isaia 8:20.) . . .

"Tokony handalina amim-pahazotoana ny soratra masina isika. Manan-danja manokana ho antsika ny Bokin'i Môrmôna sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. . . .

"2. Ny torolalana faharoa dia hoe: inona no voalazan'ireo Filohan'ny Fiangonana amin'ny andro farany mikasika io resaka io—indrindra fa ny Filoha velona? . . .

"Tsy misy afa-tsy olona iray ihany eto ambonin'ny tany amin'izao fotoana izao no miteny ho an'ny Fiangonana (Jereo ny F&F 132:7; 21:4). Izany olona izany dia [ny] Filoha[n'ny Fiangonana]. Koa satria izy manome ny tenin'ny Tompo ho antsika amin'izao andro izao, dia ny teniny no manan-danja avy hatrany kokoa noho ny an'ireo mpaminany efa maty. Rehefa miteny eo ambany fanentanan'ny Fanahy Masina izy, dia atao hoe soratra masina ireo teniny (Jereo ny F&F 68:4). . . .

"Ny Filoha dia afaka miresaka momba izay mety ho lohahevitra tsapany fa ilaina ho an'ireo Olomasina. . . .

"3. Ny sedra fahatelo sady farany dia ny Fanahy Masina—ny sedran'ny Fanahy. Amin'ny alalan'io Fanahy io no ahazoantsika '. . . [mahafantatra] ny fahamarinan'ny zavatra rehetra' (Môrônia 10:5). Tsy afaka ny hahomby tanteraka ity sedra ity raha tsy madio sy feno hasina ary tsy voatohintohin'ny fahotana ny zotram-pifandraisana amin'Andriamanitra" (ao amin'ny Conference Report, ôkt. 1963, 16–17).

**6.** Soraty ery amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nianatra ny 1 Nefia 3–4 aho ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

## FIZARANA 2: ANDRO 4

# 1 Nefia 5–6; 9

## Fampidirana

I Sarià vadin'ny mpaminany Lehia, dia natahotra fandrao tsy ho tafaverina avy any Jerosalema intsony ireo zanany lahy. Nankaherezin'i Lehia izy tamin'ny fanambarany taminy ny finoany an'ny Tompo. Rehefa tafaverina soa aman-tsara niaraka tamin'ireo takelabarahina ireo zanany lahy, dia nahazo fijoroana ho vavolombelona matanjaka kokoa mikasika ny tanan'Andriamanitra teo amin'ny nitarihany sy niarovany ny ankohonany. Rehefa nofakafakain'i Lehia ireo takela-barahina dia "heniky ny Fanahy izy, ary nanomboka naminany momba ny taranany" (1 Nefia 5:17). Rehefa mandalina ity lesona ity ianao dia eritrereto ny mikasika ny fandalinanao manokana ny soratra masina, ary izay azonao ato mba handraisana ny hery izay tonga amin'ny alalan'ny fikarohana ny tenin'Andriamanitra.

### 1 Nefia 5:1–9

*Tafaverina soa aman-tsara tany amin'ny fianakaviany tany an-tany foana ireo zanakalahin'i Lehia*

Herinandro maromaro no nanaovan'i Nefia sy ny rahalahiny ny diany nandroso sy niverina avy tany Jerosalema. Mieritrereta fotoana iray izay nandehanan'ny rahalahy na rahavavy, na ray aman-dreny, na olon-kafa izay fantatrao niala tao an-trano nandritra ny fotoana ela—ohatra handeha hanao asa fitoriana, na hianatra, na hanao raharaha miaramila. Inona no mety olana na ahiahy anananao (na inona no eritreretinao fa mety ho ahiahin'ny ray aman-dreny iray) rehefa tafasaraka amin'ireo olon-tiany mandritra ny fotoana ela? Vakio ny 1 Nefia 5:1–3, ary jereo ireo ahiahy nambaran'i Sarià tamin'i Lehia mikasika ny dian'ireo zanany lahy niverina nankany Jerosalema.

Alalino ny 1 Nefia 5:4–6, ary karohy ny fomba namalian'i Lehia ny ahiahin'i Sarià.

***Famerenana amin'ny Teninao Manokana***

Ny fomba iray ahatakarana ny soratra masina dia ny famerenanao izany amin'ny alalan'ny teninao manokana. Ny famerenanao izay vakianao na an-tsoratra na am-bava, dia hanampy anao hahatakatra tsaratsara kokoa ireo fahamarinana izay hita ao amin'ny soratra masina. Manome fahafahana ny Fanahy Masina ihany koa izany hijoro ho vavolombelona momba ireo zavatra marina.

**1.** Avereno amin'ny fiteninao manokana ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valintenin'i Lehia tamin'ny vadiny.

Diniho ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no manaitra anao mikasika ny fomba namalian'i Lehia ny ahiahin'i Sarià?
- Amin'ny fomba ahoana no hanehoan'ny tenin'i Lehia ny finoana sy herim-po izay azo avy tamin'ireo fanambarana izay nomen' Andriamanitra azy?

Araka ny hita ao amin'ny 1 Nefia 5:6, inona no fiantraikan'ny tenivavolombelon'i Lehia teo amin'i Sarià? ____

____________________

Ny fahamarinana anankiroa izay azontsika ianarana avy amin'io zavatra niainan'i Lehia sy i Sarià io dia ny hoe: afaka mitahy antsika amim-pahatokiana ny Tompo rehefa manaraka ny fitaomam-panahy avy Aminy isika, ary afaka mankahery sy mampahatanjaka ny hafa isika rehefa maneho ny finoantsika an'Andriamanitra.

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fotoana iray izay nahatsapanao ny fanomezantoky mankahery avy amin'Andriamanitra nandritra ny fotoan-tsarotra, na ny fotoana izay nizaranao ny fijoroanao ho vavolombelona mba hankaherezana sy hampatanjahana olona iray hafa, na ny fotoana izay nankaherezana sy nampahatanjahana anao tamin'ny alalan'ny teny feno finoana.

Vakio ny 1 Nefia 5:7–9, ka tadiavo ny fiantraikan'io zava-nitranga io teo amin'ny finoan'i Sarià.

- Inona no zavatra nianaran'i Sarià avy tamin'io traikefa io? ____________________

  ____________________

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana ity: Inona no mampitovy ny fijoroana ho vavolombelon'i Sarià ao amin'ny 1 Nefia 5:8 amin'ny fijoroana ho vavolombelon'i Nefia ao amin'ny 1 Nefia 3:7?

## 1 Nefia 5:10–22

*Nijery ireo takela-barahina i Lehia*

Nanao sorona ny ainy i Nefia sy ny rahalahiny, nahafoy ny fananan'ny ankohonany, nandeha nanao dia lavitra, ary narovan'Andriamanitra tamin'ny diany izy ireo mba hahazoana ireo takela-barahina. Raha toa ianao ka anisan'ny ankohonan'i Lehia dia inona no mety ho fiantraikan'ny ezaka nataon'izy ireo teo amin'ny fomba fandraisanao ny fandalinana izay voasoratra tao amin'ireo takela-barahina?

Rehefa tafaverina soa aman-tsara ireo zanak'i Lehia dia nanomboka nandalina izay voalaza tao amin'ireo takela-barahina izy. Vakio ny 1 Nefia 5:11–14, ary tsipiho izay hita tao amin'ireo takela-barahina.

Vakio ny 1 Nefia 5:17–20, ka tadiavo hoe inona no fiantraikan'ny fandalinana ireo takela-barahina teo amin'i Lehia. Raha mifototra amin'izay nianaranao tao amin'ireo andininy ireo, dia ahoana no fomba hamarananao ity fitsipika manaraka ity? (jereo ny 1 Nefia 5:17): **Rehefa mandalina ny soratra masina isika, dia afaka ny ho** ____________________

____________________

Ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanamafy izao fahamarinana izao:

"Rehefa te-hiresaka amin' Andriamanitra isika dia mivavaka. Ary rehefa tiantsika hiresaka amintsika Izy dia mandalina ny soratra masina isika, satria ny teniny dia voalaza amin' ny alalan' ireo mpaminaniny. Ary avy eo dia hampianatra antsika Izy rehefa mihaino ny bitsiky ny Fanahy Masina isika.

"Raha toa ka tsy nandre ny Feony niresaka taminao ianao tato ho ato dia miverena amin'ny soratra masina amin'ny maso vaovao sy sofina vaovao. Izy ireny no fiainantsika ara-panahy" ("Holy Scriptures: The Power of God unto Our Salvation," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2006, 26–27).

**4.** Soraty ao anaty diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fotoana iray izay nandalinanao ny soratra masina ka nahatsapanao ny Fanahin'ny Tompo.

Vakio ny 1 Nefia 5:21–22, ary tadiavo ny antony mahaonga ireo takelaka ireo ho "sarobidy" tamin'i Lehia sy ny fianakaviany.

Sokafy ny fihirana "Pour Sonder tes Ecritures" (*Cantiques,* no. 163), ary jereo ireo fitahiana izay mety ho tonga amin'ny alalan'ny fandalinana ny soratra masina. Diniho ny vakiteny ao amin'ny soratra masina isan'andro ataonao. Ahoana no fomba azonao hanatsarana ny fandalinanao ny soratra masina? ____________________

____________________

Misy fahendrena ao amin'ny fandalinana ny soratra masina mandritra ny diantsika ety amin'ny fiainana mety maty—dia ny tany foanantsika. Tadidio fa ireo takela-barahina dia azo tamin'ny alalan'ny finoana sy

ny fahafoizan-tena, ary raha tsy nisy an'ireo takela-barahina ireo i Lehia sy ny fianakaviany dia tsy ho nahazo ireo fitahiana izay nilain'izy ireo nandritra ny diany (jereo ny 1 Nefia 5:22). Rehefa mandalina ny soratra masina ianao, dia afaka ny ho heniky ny Fanahin'ny Tompo ary handray ny hery sy ny finoana hitandremana ny Didiny.

## 1 Nefia 6:1–6

### *Nanoratra i Nefia mba handresy lahatra ny olon-drehetra hanatona an'i Jesoa Kristy*

Misafidiana boky iray ao an-tranonao, na mieritrereta boky iray izay efa mahazatra anao. Inona no heverinao fa tanjon'ilay mpanoratra tamin'ny nanoratana io boky io? Manampy anao amin'ny lafiny inona ny fahafantaranao ny tanjon'ny mpanoratra rehefa mamaky boky ianao?

Vakio ny 1 Nefia 6:3–6, ary tsipiho ny tanjon'i Nefia tamin'ny nanoratany ny rakitsorany. Ny teny hoe "ny Andriamanitr'i Abrahama, sy ny Andriamanitr'i Isaka, ary ny Andriamanitr'i Jakôba" (ao amin'ny andininy faha 4) dia miresaka an'i Jehovah, izay Jesoa Kristy. Ny tanjon'i Nefia dia notohizan'ireo rehetra izay hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny zavatra nosoratany: **Iray amin'ny tanjon'ny Bokin'i Môrmôna dia ny handresy lahatra ny olon-drehetra hanatona an'i Jesoa Kristy.**

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe ahoana no fiantraikan'ny fahatakarana ny tanjon'i Nefia tamin'ny fanoratany ny rakitsorany eo amin'ny fomba fandalinanao ny Bokin'i Môrmôna.



## 1 Nefia 9

### *Nanao takelaka roa karazana i Nefia*

Ao amin'ny 1 Nefia 9 (jereo ihany koa ny toko faha 6), dia nanazava i Nefia fa nodidiana izy hanao rakitsoratra roa karazana—fantatra amin'ny hoe ny takelaka madinika sy ny takelaka lehibe an'i Nefia izy ireo. Ireo takelaka madinika dia natao hirakitra ny tantara masin'ny vahoakany—dia ny fitantanan'ireo mpaminany sy ny fanambaran'ny Tompo—ary ireo takelaka lehibe dia natao hirakitra ny tantaram-piainana an-davanandro (jereo ny 1 Nefia 9:2–4). Nampiasa ny teny hoe "ireto takelaka ireto" i Nefia, sy ny hoe "takelaka hafa" mba hilazana mikasika ireo takelaka roa karazana izay nandidian'ny Tompo azy mba ho ataony. Eo amin'ny toerana malalaka eo amin'ny sisiny amin'ny soratra masinao mifanitsy amin'ny 1 Nefia 9, dia manorata fanamarihana kely toy izao manaraka izao mba hanampy anao ahatadidy hoe iza amin'ireo karazana takelaka no tian'i Nefia holazaina: *"ireto takelaka ireto" = takelaka madinika (masina); "takelaka hafa" = takelaka lehibe (tantara andavanandro).*

Rehefa mandalina ny Bokin'i Môrmôna ianao dia hanjary hahatakatra ny antony nitazonan'i Nefia rakitsoratra roa karazana. Nahazo aingam-panahy i Nefia hanao famintinana, endrika nafohezina amin'ny fitantaran-drainy (hita ao amin'ny 1 Nefia 1–8) ao amin'ireo takelaka madinika. Efa saiky ho 1.000 taona taty aoriana, dia notarihin'ny Tompo ny mpaminany Môrmôna mba hametraka ny takelaka madinik'i Nefia ho ao anatin'ireo takela-bolamena (jereo ny Ny tenin'i Môrmôna 1:7). Ireo lehilahy roa ireo dia samy tsy nisy nahafantatra ny antony tokony hanaovan'izy ireo ny zavatra izay nataony (jereo ny 1 Nefia 9:5), fa nanaraka ny didin'ny Tompo izy ireo.

**6.** Rehefa mamaky ny 1 Nefia 9 ao anatin'ny fandalinanao manokana ianao dia eritrereto ary raketo ao anatin'ny diary fandalinanao ny antony maha zava-dehibe ny mankato ny Tompo na dia tsy takatsika tanteraka aza ny Tanjony.

**7.** Soraty ery amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 1 Nefia 5–6 sy ny 9 aho ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).


*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

## FIZARANA 3: ANDRO 1

# 1 Nefia 7

## Fampidirana

Ny fanokanan-tena tanteraka nataon'i Nefia tamin'ny Tompo dia aseho ao amin'ny 1 Nefia 7. Nankatoavin'izy sy ireo rahalahiny ny didin'ny Tompo hoe hiverina any Jerosalema sy haka an'i Ismaela sy ny fianakaviany miaraka amin'izy ireo ho any an-tany foana. Teny an-dalana hiverina ho any an-tany foana, dia nikomy tamin'i Nefia i Lamana sy i Lemoela ary ny sasany tamin'ny fianakavian'i Ismaela, ary naniry hiverina ho any Jerosalema. Rehefa namatotra sy nikasa hamono an'i Nefia izy ireo dia, dia nivavaka tamim-pinoana i Nefia, ary nahafahan'ny Tompo, ary namela tamin-kitsimpo ny helok'ireo izay nampijaly azy. Rehefa mandalina ity lesona ity ianao dia diniho ny fomba hiatrehanao am-pinoana ireo didy sy ireo fijaliana tahaka an'i Nefia.



Ny resaka nataon'i Nefia sy ny rahalahiny tamin'ny fianakavian'i Ismaela

## 1 Nefia 7:1–5

*Nodidian'ny Tompo ny zanakalahin'i Lehia hiverina any Jerosalema ho an'i Ismaela sy ny fianakaviany*

Eritrereto ny fianakavianao, dia diniho hoe nahoana no manan-danja eo amin'ny drafitr'Andriamanitra ny fianakaviana.

Vakio ny 1 Nefia 7:1–2, ary tadiavo hoe inona no nandidian'ny Tompo an'i Lehia ho ataon'ireo zanany lahy, sy ny hoe nahoana no tiany hanao izany izy ireo. (Mety hanampy ny mahafantatra fa ny teny hoe *taranaka* ao amin'ny 1 Nefia 7:1 dia milaza momba ny zanaka sy ny taranaka.)

Iray amin'ireo fahamarinana azontsika ianarana avy ao amin'ireo andininy ireo ny hoe **ny Tompo dia mandidy antsika hanambady sy hitaiza zanaka mba ho Azy.** Rehefa manohy ny fandalinana ny 1 Nefia 7 ianao dia manontania tena hoe nahoana no zava-dehibe ny fanambadiana sy ny fianakaviana ka nahatonga ny Tompo handidy an'i Nefia sy ny rahalahiny hiharitra ireo andro maromaro nanaovana dia sarotra namakivakiana ny tany foana niverenana nankany Jerosalema.

Vakio ity fanambarana ity izay nosintonina tao amin'ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo izao," ary jereo hoe inona no nambaran'ireo mpaminany amin'izao vaninandro izao mikasika ny maha zava-dehibe ny fanambadiana: "Izahay Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia manambara amim-boninahitra fa ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia tendrin'Andriamanitra ary ny fianakaviana dia fototry ny drafitry ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany." (*Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 129).

Azonao atao anaty faribolana ireo teny hoe "ho an'ny Tompo" ao amin'ny 1 Nefia 7:1. Eritrereto hoe inona no dikan'io teny io amin'izao androntsika izao.

Mitadiava hevi-baovao fanampiny mikasika ny fitaizana zanaka ho an'ny Tompo rehefa mamaky ity fampianarana avy ao amin'ny "Ny Fianakaviana: Fnambarana ho an'Izao Tontolo Izao" ity ianao:

"Ambaranay fa ny didin'Andriamanitra ho an'ny zanany mba hitombo ka hameno ny tany dia mbola manankery. . . .

". . . Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana, ny hanome izay filàna ara-batana sy ara-panahin'izy ireo, ary ny hampianatra azy mba hifankatia sy hifanompo, sy hitandrina ny didin'Andriamanitra ary ho olom-pirenena vanona na aiza na aiza hitoerany. Ny mpivady—ireo reny sy ireo ray—dia raisina ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fanatanterahana izany adidy izany." (*Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 129).

Vakio ny 1 Nefia 7:3–5 mba hahitana ny fomba nanampian'ny Tompo ny zanakalahin'i Lehia hanatanteraka ny Didiny. Ahoana no fomba nanampian'ny Tompo an'i Ismaela sy ny fianakaviany hanaiky ny fanasana azy ireo hanaraka ny fianakavian'i Lehia ho any an-tany foana?

**1.** Iangavio ny ray aman-dreninao, na ny mpitarika iray ao amin'ny Fiangonana, na ny mpampianatra iray mba hanolotra fomba telo ahafahan'ny tanora ankehitriny hiomana amin'ny fanambadiana sy fitaizana zanaka "ho an'ny Tompo." Raketo ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny torohevitr'izy ireo.

## 1 Nefia 7:6–15

*Nanandrana nandresy lahatra an'ireo rahalahiny i Nefia mba hanohy ny dian'izy ireo ho any an-tany foana*

> ### *Alaivo sary an-tsaina ireo Soratra Masina*
>
> Mety lasa misy dikany kokoa aminao ny fandalinana ny soratra masina raha alainao sary an-tsaina izay zavatra mitranga. Alaivo sary an-tsaina izay mety ho fahatsapanao sy fihetsikao raha toa ka nandray anjara tamin'ny zava-niseho izay voarakitra ao amin'ny soratra masina ianao. Afaka manampy anao ihany koa izany hahatakatra fa ny zavatra raketin'ny soratra masina dia mety mitovitovy amin'ny toe-javatra eo amin'ny fiainanao ary manomana anao hampihatra ireo fahamarinana izay ampianarin'ny soratra masina.

Vakio ny 1 Nefia 7:6–7, ary tadiavo ny antony nahatonga an'i Lamana sy i Lemoela ary ny sasany tamin'ireo fianakavian'i Ismaela hikomy nandritra ny dian'izy ireo tany an-tany foana. Alaivo sary an-tsaina hoe toy ny ahoana izany hoe tahaka an'i Nefia amin'ity toe-javatra ity. Eritrereto izay mety ho nolazainao tamin'i Lamana sy i Lemoela ary ny fianakavian'i Ismaela mba hiezahana handresen-dahatra azy ireo hanohy ny diany ho any amin'ny tany nampanantenaina.

Vakio ny 1 Nefia 7:8–12, ary tadiavo ireo fanontaniana izay napetrak'i Nefia tamin'ireo rahalahiny mba hiezahana handresy lahatra azy ireo tsy hiverina any Jerosalema. Inona no fahamarinana telo nolazain'i Nefia fa adinon'ireo rahalahiny?

Valio ao antin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana ity:

**2.** Ahoana no fomba nanampian'ny fahatsiarovana ireo fahamarinana telo ireo an'i Lamana sy i Lemoela mba ho lasa mahatoky ny Tompo?

**3.** Mitanisà fitahiana 4–5 izay noraisinao avy tamin'ny Tompo. Ahoana no ahafahan' ny fitadidiana ny zavatra izay nataon'ny Tompo taminao hanampy anao ho mahatoky amin'ny fisafidianana ny hanaraka Azy?

Vakio ny 1 Nefia 7:13–15, ary jereo hoe inona no nolazain'i Nefia fa hitranga amin'i Lamana sy i Lemoela ary ireo izay nikomy tao amin'ny fianakavian'i Ismaela raha toa izy ireo ka miverina any Jerosalema.

**4.** Manorata andinin-tsoratra ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina momba ny antony maha zava-dehibe ny fahatsiarovana ny zavatra nataon'ny Tompo ho anao sy ny fanarahana ny fitarihany.

## 1 Nefia 7:16–22

*Nafahan'ny Tompo i Nefia*

Tohizo hatrany ny fakana sary an-tsaina hoe toy ny ahoana izany mipetraka eo amin'ny toeran'i Nefia izany rehefa mamaky ny 1 Nefia 7:16 ianao. Inona no ho ataonao?

Nivavaka i Nefia. Vakio ny vavaka nataony ao amin'ny 1 Nefia 7:17–18, ary jereo hoe inona no nangatahan'i Nefia tamim-bavaka.

Mariho fa i Nefia dia nangataka mba ho ahafahana "araka ny finoa[ny]." Iray amin'ireo lesona azontsika ianarana avy amin'ireo andininy ireo dia ny hoe **mamaly ny vavaka ataontsika Andriamanitra araka ny finoantsika.** Ny dikan'ny hoe mivavaka amim-pinoana dia hoe mivavaka omban'ny fahatokiana ny Tompo, ary mivonona mandrakariva hanao asa.

Alalalino ity teny ity, izay nataon'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo mikasika ilay vavaka nataon'i Nefia ao amin'ny 1 Nefia 7:17 sy ny hery ahafahan'ny Sorompanavotana manova ny fontsika. Tsipiho ireo teny rehetra izay manampy anao hahatakatra ny maha zava-dehibe ny fahavononana hanao zavatra rehefa mivavaka isika.



"Moa ve fantatrao hoe inona no mety ho nangatahako tao anatin'ny vavaka raha toa ka nofatoran'ireo rahalahiko aho? Ny tonom-bavaka ho nataoko dia mety ho nisy fangatahana zavatra ratsy mba hitranga amin'ireo rahalahiko, ary nifarana tamin'ny teny hoe 'afaho eo an-tanan'ireo rahalahiko aho' na koa amin'ny teny hafa hoe: 'Miangavy aho mba hafaho amin'ity zava-doza ity, izao ankehitriny izao!' Tena mahaliana ahy manokana fa i Nefia dia tsy nanao vavaka tahaka izay mety ho nataoko dia ny mba hanovana ny toe-javatra nisy azy. Nivavaka kosa izy mba hahazo hery hanovana ilay toe-javatra nisy azy. Ary mamelà ahy handroso hoe nivavaka tamin'io fomba io izy dia satria fantany sy takany ary efa niainany ilay hery manafaka ao amin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. . . .

"Ry rahalahy sy anabavy isany, tena mivantana ny fampiharana an'io tantara io ho antsika tsirairay. Rehefa mahatakatra sy mampiasa ilay hery manafakin'ny Sorompanavotana eo amin'ny fiainantsika manokana izaho sy ianao dia hivavaka sy hikatsaka hery hanovana ireo toe-javatra misy antsika toy izay hivavaka mba hiovan'ny toe-javatra misy antsika. Ho tonga olona izay 'mihetsika' isika fa tsy ho toy ny zavatra izay 'hetsehina' (2 Nefia 2:14)" ("'In the Strength of the Lord' (Ny Tenin'i Môrmôna 1:14; Môsià 9:17; Môsià 10:10; Almà 20:4)," ao amin'ny *Brigham Young University 2001–2002 Speeches* [2002], 124).

**5.** Valio ao anaty diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Oviana teo amin'ny fiainanao ianao no nivavaka tamim-pinoana ka nahafantatra ny valim-bavaky ny Tompo?

**b.** Ahoana no fomba ahafahanao manaraka ny ohatra nasehon'i Nefia, mba hivavahana sy hikatsahana ny hery hanovana ny toe-javatra misy anao fa tsy hoe mivavaka mba hiova ny toe-javatra misy anao?

Taorian'ny nanafahana an'i Nefia tamin'ny fatotra, dia mbola nitady hamely azy ihany ireo rahalahiny. Vakio ny 1 Nefia 7:19–21, ary jereo hoe inona no manaitra anao mikasika ny fihetsik'i Nefia. Mieritrereta toe-javatra iray eo amin'ny fianakavianao manokana izay nilana famelan-keloka. Diniho hoe nahoana no zava-dehibe tokoa ho an'ny fianakaviana ny fahavononana hifamela heloka.

**6.** Soraty ery amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 1 Nefia 7 aho ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 3: ANDRO 2

# 1 Nefia 8

## Fampidirana

Ao amin'ny 1 Nefia 8 no hamakiantsika mikasika ny fahitan'i Lehia momba ny hazon'aina. Nahatsapa fifaliana be izy rehefa nihinana tamin'ny voan'ilay hazo, izay tandindon'ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotana. Ary avy eo izy dia nahita karazana andian'olona maro izay nanana fihetsika samihafa nanoloana ny hazo sy ny voany. Mba hanampiana anao hiomana ho an'ity lesona ity dia azonao atao ny mihira na mamaky ny tonon'ny "The Iron Rod" (*Hymns,* no. 274). Rehefa mandalina ity toko ity ianao dia diniho hoe ahoana no fomba nitondran'ny Sorompanavotana fifaliana lehibe ho anao, ary inona no tsy maintsy ataonao amin'izao fotoana izao sy amin'ny ho avy mba hahazoana ireo fitahiana rehetra entiny. Diniho hoe inona ireo sakana izay tokony hihoaranao mba hahazoana ireo fitahiana ireo.

## 1 Nefia 8:1–18


### *Nihinana tamin'ny voan'ny hazon'aina i Lehia ary nanasa ny fianakaviany mba hanao toy izany koa*

Mieritrereta fotoana iray teo amin'ny fiainanao izay nahatsapanao ny fitiavan'ny Tompo anao manokana. Eritrereto ny fomba fiantraikan'ny safidy ataonao eo amin'ny fanakaikezanao ny Tompo sy ny fahafahanao mahatsapa ny Fitiavany. Rehefa mandalina ny 1 Nefia 8 ianao dia tadiavo hoe inona no asain'izany ataonao, ary inona no tokony hialanao, mba hahafahanao manakaiky kokoa ny Tompo sy mahatsapa ny Fitiavany amin'ny fomba mahery kokoa eo amin'ny fiainanao.

**Ampidiro ao amin'ny fandalinana ataonao ny Hira**

Nampianatra ny Fiadidiana Voalohany fa "ny fihirana dia manasa ny Fanahin'ny Tompo" ary "miteraka fahatsapana feno fanajana" (*Cantiques,* ix). Raha toa ka sarotra na tsy azo atao ny fihirana na ny fihainoana fihirana ao amin'ny toerana fianaranao, dia mety ho mahomby ny famakiana ny tonon-kira na ny fieritreretana izany ao an-tsaina.

Vakio ny 1 Nefia 8:2, ary tadiavo hoe inona no niainan'i Lehia tamin'izy tany an-tany foana. Vakio ny 1 Nefia 8:5–12, ka tadiavo hoe inona no toa ivon-tsary na zavatra ifantohan'ny nofin'i Lehia.



Rehefa hitanao ilay ivon-tsary, dia tanisao ny sasany amin'ireo teny sy andian-teny izay nampiasain'i Lehia hamaritana ilay voankazo ao amin'ny 1 Nefia 8:10–11. _

Matetika ny Tompo no mampiasa zavatra izay efa mahazatra antsika mba ho toy ny tandindona izay manampy antsika hahatakatra ireo fahamarinana mandrakizay. Mba hanampiana anao hahita hoe inona no tiana hambara amin'ilay hazo sy ilay voankazo tao amin'ny nofin'i Lehia, dia vakio ity teny nolazain'ny Loholona Neal A. Maxwell tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity manao hoe: "Ny hazon'aina . . . dia ny fitiavan'Andriamanitra (jereo ny 1 Ne. 11:25). Ny fitiavan'Andriamanitra an'ireo zanany dia miseho amin'ny fomba lalina indrindra tamin'ny fanomezany an'i Jesoa ho Mpanavotra antsika: 'Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanany Lahitokana' (Jaona 3:16). Ny hoe fandraisana amin'ny fitiavan'Andriamanitra dia ny fandraisana ny Sorompanavotan'i Jesoa sy ny fanafahana [fahafahana amin'ny gejan'ny ota] sy ireo fifaliana izay entin'izany" ("Lessons from Laman and Lemuel," *Ensign,* nôv. 1999, 8).

Mba hanampiana anao hahita fitsipiky ny filazantsara voalaza ao amin'ny 1 Nefia 8:10–12, dia tsipiho ao anatin'ny soratra masinao izay nanaovan'i Lehia an'ilay voankazo ao amin'ny 1 Nefia 8:11, ary tsipiho ihany koa ny vokatr'izany ao amin'ny 1 Nefia 8:12. Eritrereto ireo fomba ahafahanao "mandray" amin'ny Sorompanavotana, tahaka ny "[nihinanan']" i Lehia tamin'ilay voankazo.

Io zavatra niainan'i Lehia io dia maneho fa **ny fanatonana an'i Jesoa Kristy sy ny fandraisana amin'ny Sorompanavotany dia mitondra fahasambarana sy fifaliana.**

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Oviana no nitondra hasambarana sy fifaliana teo amin'ny fiainanao ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy?

Diniho hoe nahoana isika no tokony haniry tahaka an'i Lehia, ny hanandraman'ireo fianakaviantsika sy namantsika ireo fitahiana entin'ny Sorompanavotana rehefa avy nanandrana azy ireny isika. Vakio ny 1 Nefia 8:3–4, 13–18 ary jereo hoe ahoana no fihetsiky ny fianakavian'i Lehia teo anatrehan'ny fanasan'i Lehia azy ireo hihinana amin'ny voan'ny hazon'aina.

Tsy afaka manapa-kevitra isika raha toa hisafidy ny handray amin'ny fitiavan'Andriamanitra ireo olonkafa. Kanefa, tahaka an'i Lehia, dia afaka manasa sy mankahery azy ireo isika. Eritrereto ny fomba ahafahanao manasa sy manentana olona iray izay fantatrao mba hanatona an'i Kristy sy handray ireo fitahiana entin'ny Sorompanavotany.

## 1 Nefia 8:19–35

*Hitan'i Lehia ny fahombiazan'ny sasany sy ny tsy fahombiazan'ny hafa rehefa nandroso nankany amin'ilay hazo izy ireo ka nihinana tamin'ny voany*

Ao aoriana kely ao amin'ny 1 Nefia ianao dia hamaky mikasika ny fomba nanehoana ny fahitana ny hazon'aina tamin'i Nefia ihany koa. Noraketiny hoe inona no hevitr'ireo karazana tandindona sy sary tao amin'ilay fahitana. Ampiasao ity tabilao ity mba hahitanao ireo tandindona sy ny hevitr'izany. Karohy ao amin'ny soratra masinao mba hamitana ity fampiasana manaraka ity. Efa nianaranao sy fantatrao ny hevitr'ireo tandindona roa voalohany.

| Ireo tandindona tao amin'ny Nofin'i Lehia | Ireo hevitry ny Tandindona izay Nomena an'i Nefia |
|---|---|
| Ny hazo (jereo ny 1 Nefia 8:10; izany dia antsoina hoe ny hazon'aina ao amin'ny 1 Nefia 15:22) | Ny fitiavan'Andriamanitra (jereo ny 1 Nefia 11:25) |
| Ny voan'ilay hazo (jereo ny 1 Nefia 8:10–12) | Ny lehibe indrindra amin'ny fanomezan'Andriamanitra—ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy (jereo ny 1 Nefia 15:36) |
| Ilay renirano (maloto) (jereo ny 1 Nefia 8:13) | ____________ ____________ (jereo ny 1 Nefia 12:16; 15:27) |
| Ilay anja-by (jereo ny 1 Nefia 8:19) | ____________ ____________ (jereo ny 1 Nefia 11:25; 15:23–24) |
| Ilay zavon'ny haizina (jereo ny 1 Nefia 8:23) | ____________ ____________ (Jereo ny 1 Nefia 12:17) |
| Ilay trano mijoalajoala sy malalaka (jereo ny 1 Nefia 8:26) | ____________ ____________ (jereo ny 1 Nefia 11:36; 12:18) |

Mety hanampy ny manisy marika ny soratra masinao amin'ny alalan'ny fanoratana ny hevitr'ireo tandindona tsirairay (ireo valiny eo amin'ny tsanganana faharoa eo amin'ilay tabilao etsy ambony) eo akaikin'ilay na ireo andininy izay ahitana ilay tandindona (ireo andininy eo amin'ny tsanganana voalohany amin'ilay tabilao).

### *Asio marika ny Soratra Masina*

Ireo fanamarihana voasoratra eo amin'ny soratra masinao dia ho mora hita kokoa noho ireo fanazavana any anaty diary na anaty silaka taratasy. Ny fanoratana ny hevitr'ireo tandindona, sy ny soratra masina mifandray, ary ny fampahalalana hafa ao amin'ny soratra masinao dia hanamora ny fahatakaranao ny soratra masina sy ny fampianarana avy amin'izy ireny aty aoriana.

Rehefa mamaky ity teny nambaran'ny Filoha Boyd K. Packer avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Rombinifolo ity ianao dia tsipiho izay nolazainy mikasika ny antony maha zava-dehibe ho antsika ny fandalinana ny nofin'i Lehia:

"Mety hieritreritra ianao hoe tsy tena misy dikany manokana aminao ny nofy na ny fahitan'i Lehia, kanefa tena misy dikany izany. Tena ao anatin'izany ianao, ao anatin'izany isika rehetra. . . .

"Ny nofy na fahitan'i Lehia mikasika ilay anja-by dia ahitana ny zavatra rehetra ilain'ny Olomasin'ny Andro Farany iray mba hahatakarana ny sedran'ny fiainana" ("Finding Ourselves in Lehi's Dream," *Ensign,* aog. 2010, 22).

Rehefa mandalina ny ambiny sisa amin'ny 1 Nefia 8 ianao dia eritrereto hoe amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny zavatra ianaranao manampy anao "hahatakatra ny sedran'ny fiainana." Vakio ny 1 Nefia 8:21–33 ary jereo hoe ahoana no fomba nanakanan'ilay renirano, sy ilay zavon'ny haizina ary ilay trano mijoalajoala sy malalaka ireo olona tao amin'ny nofin'i Lehia tsy hihinana na hifaly amin'ny voan'ny hazon'aina. Azonao atao ny manisy marika ao amin'ny soratra masinao ireo teny manan-danja izay mifandray amin'ireo sakana ireo sy ny fiantraikan'izany teo amin'ny olona.

Mety ho inona ireo sakana izay hitan'i Lehia ireo eo amin'ny fiainantsika ankehitriny? Tsipiho izay sakana rehetra hitanao amin'ireto manaraka ireto izay manakana ny olona iray tsy hanatona ny Mpamonjy sy tsy hahatsapa fifaliana: pôrnôgrafia, fikatsahana ny fanekena sy ny dera avy amin'ny hafa, ireo zava-mampiankin-doha, ny fitiavan-tena, ny hatendana, ny faniriana hila ady amin'ny hafa, ny tsy fivavahana sy tsy fandalinana ny soratra masina, ny fampiasana diso tafahoatra ny fialam-boly elektrônika, ny fandraisana anjara be loatra amin'izay mety ho atrikasa na fanatanjahantena, ny tsy fahamarinan-toetra, ary ny fanarahana ny fanaon'ny hafa rehetra. Mieritrereta sasany amin'ireo karazana sakana hafa ireo amin'izao vaninandro ankehitriny izao.

Ity fitsipiky ny filazantsara manaraka ity dia fomba iray hamintinana ny zavatra izay azonao hianarana avy amin'ny fandalinana ireo sakana ao amin'ny 1 Nefia 8:21–33: **ny avonavona, ny rendrarendran'izao tontolo izao, ary ny fironana mankamin'ny fakam-panahy dia afaka manakana anao tsy ahazo ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotana.**

**2.** Soraty ao anaty diary fandalinanao soratra masina ny famintinana etsy ambony sy ny fahatsapanao mikasika ny fahamarinan'izany sy ireo fomba azonao hampiharana izany eo amin'ny fiainanao.

Diniho hoe amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fakam-panahin'i Satana sy ny avonavon'izao tontolo izao manakana na manemotra ny fandrosoanao ara-panahy.

Diniho indray ny 1 Nefia 8:21–33. Amin'ity indray mitoraka ity dia hevero ny hamaliana ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Hatraiza no maha zava-dehibe ilay anja-by (ny tenin'Andriamanitra—izay ahitana ny soratra masina, ny teny entanim-panahin'ireo mpaminany sy ireo mpitarika hafa ato amin'ny Fiangonana, ary ny fanambarana ho an'ny tena manokana) teo amin'ireo olona izay nihinana tamim-pahombiazana tamin'ny voankazo?
- Inona no andian-teny ao amin'ny 1 Nefia 8:30 izay mamaritra ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hahafahan'ny tenin'Andriamanitra hitarika antsika amim-pahatokiana mankany amin'ny hazon'aina?

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba ahafahan'ny tenin'Andriamanitra hitarika antsika sy hiaro antsika tsy ho azon'ny fakam-panahy.

Ireo andininy ireo dia mampianatra antsika ireto fitsipiky ny filazantsara manaraka ireto: **Raha toa isika ka mihazona mafy ny tenin'Andriamanitra, dia hanampy antsika izany hanohitra ny fakam-panahy sy ny fitarihan'izao tontolo izao. Ny fihazonana mafy ny tenin'Andriamanitra dia hanampy antsika hanakaiky kokoa an'Andriamanitra sy handray ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotana.**

**4.** Mba hanampiana anao hahita ny mampitombona ireo fitsipika ireo eo amin'ny fiainanao, dia valio ao anaty diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Oviana ny tenin'Andriamanitra no nitarika sy niaro anao tsy ho azon'ny fakam-panahy sy ny avonavona ary ny rendrarendran'izao tontolo izao?

**b.** Oviana ny tenin'Andriamanitra no nanampy anao hanakaiky kokoa ny Mpamonjy?

I Lehia dia namporisika ny fianakaviany "araka ny fihetsem-pon'ny ray be fiantra, mba hihainoany ny teniny" (1 Nefia 8:37). Tiany izy ireo mba hanandrana ny fifaliana sy ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy tahaka izay efa niainany.

**5.** Manorata tanjona iray ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, tanjona izay hanatsaranao ny fandalinanao ny tenin'Andriamanitra.

Rehefa manaraka sy mihazona tsara ny tenin'Andriamanitra ianao dia ho afaka hanohitra ireo sakana izay hanakana anao tsy handray amin'ny Sorompanavotana sy tsy handray fifaliana marina.

**6.** Soraty ery amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 1 Nefia 8 aho ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

**FIZARANA 3: ANDRO 3**

# 1 Nefia 10–11

## Fampidirana

Ireo fampianaran'i Lehia mikasika ny hazon'aina sy ireo faminaniany mikasika ireo Jiosy dia nampitombo ny fanirian'i Nefia hahita sy handre ary hahafantatra amin'ny tenany manokana ireo zavatra izay hitandrainy. Rehefa nandinika ireo zavatra izay notenenin'ny rainy i Nefia dia "nentanin'ny fanahin'ny Tompo" izy (1 Nefia 11:1) ka nahita fahitana mikasika ny hazon'aina ho an'ny tenany manokana. Hitany tao amin'ilay fahitany ihany koa ny fiainan'ny Mpamonjy sy ny asa fanompoany ary ny fahafatesany—nahita ny fitiavan'ny Mpamonjy antsika i Nefia. Rehefa mandalina ity lesona ity ianao dia diniho hoe inona no zavatra azonao ianarana avy amin'ny ohatra nasehon'i Nefia mikasika ny fikatsahana ny fanambarana ho an'ny tena manokana. Diniho ihany koa ny fiainan'ny Mpamonjy sy ny asa fanompoany ary ny fitiavan-dehibe izay ananany ho antsika rehetra.

### 1 Nefia 10:1–16

*Ireo faminanian'i Lehia*

Rehefa avy nitantara ny fahitany ilay hazon'aina i Lehia dia naminany mikasika ireo toe-javatra mbola hitranga amin'ny ho avy. Voarakitra ao amin'ny 1 Nefia 10:1–16 ireo faminaniany ireo. Vakio ny 1 Nefia 10:4–6, ary asio marika ao anatin'ny soratra masinao ny valin'ireto fanontaniana ireto:

- Oviana no naminan'i Lehia ny fiavian'i Mesia—ny Mpamonjy—?
- Inona no nolazain'i Lehia fa hitranga amin'ireo izay tsy "miantehitra amin'ilay Mpanavotra"?

### 1 Nefia 10:17–11:6

*Nikatsaka ny hahita sy handre ary hahafantatra ireo fahamarinana ireo tahaka an-drainy i Nefia*

Diniho ity tantara kely ity ary eritrereto hoe nahoana no samihafa be ny traikefa azon'ny olona miaina amina trangan-javatra mitovy: Zatovo telo no samy manatrika fivoriam-piangonana iray ihany. Ny iray amin'izy ireo dia nihevitra fa mahamonamonaina ilay fivoariana ary fandaniam-potoana fotsiny. Ny iray hafa dia nihevitra fa nahafinaritra ilay fivoriana saingy tsy nisy na inona na inona voarainy avy amin'izany. Ary ilay fahatelo dia nahatsapa ho nentanin'ny Fanahy Masina ary nandray fitarihana sy fahatsapana manokana avy amin'ny zavatra izay nampianarina tamin'ny fivoriana.

Rehefa mandalina ny traikefan'i Nefia ao amin'ny 1 Nefia 10:17–11:6 ianao dia mariho hoe inona no *nataon'* i Nefia ka nahatonga azy ahazo fanambarana fanampiny ankoatr'izay nampianarin'ny rainy azy.

Vakio ny 1 Nefia 10:17, ary tsipiho ny fahatsapana nananan'i Nefia taorian'ny nahenony mikasika ny fahitan'i Lehia.

Vakio ny 1 Nefia 10:19, ary mitadiava andian-teny izay mampianatra ny fomba hanambarana ny misterin'Andriamanitra amintsika.

Araka ny hita ao amin'ny 1 Nefia 10:19, ireo izay mitady amim-pahazotoana no handray ny misterin'Andriamanitra. Soraty izay fiheveranao ny dikan'ny hoe: mitady amim-pahazotoana. ______________________

______________________________________________

Nanome ohatra tonga lafatra amin'ny fitadiavana amim-pahazotoana ny fanambarana i Nefia. Vakio ny 1 Nefia 10:17–19 sy ny 11:1–6. Mifidiana roa amin'ireo lohahevitra telo izay tanisaina eto amin'ny tabilao eto ambany—ny faniriana, ny finoana, ary ny fandalinana; ary soraty ny valin-teninao izay mifanaraka amin'ireo fanontaniana eo amin'ny tabilao.

| | |
|---|---|
| Faniriana | Inona no nirian'i Nefia ho fantarina? ____<br>______________________<br>Ahoana araka ny eritreritrao no fiantraikan'ny faniriantsika eo amin'ny fahafahantsika mandray fanambarana? __<br>______________________<br>Inona no irianao ho fantatra avy amin'ny Tompo? ______________________<br>______________________ |

| | |
|---|---|
| Finoana | Inona avy ireo zavatra maro izay ninoan'i Nefia ka nitarika nankany amin'ny fanambarana? ____________________<br>____________________<br>Ahoana araka ny eritreritrao no mety ho fiantraikan'ireo finoana ireo eo amin'ny fahafahantsika handray fanambarana amin'izao andro izao? ____________________<br>____________________<br>Mino izay nambaran'ny Tompo taminao ve ianao? ____________________<br>____________________ |
| Fandalinana (fieritreretana lalina mikasika ny zavatra iray, manokatra ny sainao sy ny fonao ho an'ny Fanahy Masina) | Inona no nitranga raha vao nandalina i Nefia? (Jereo ny 1 Nefia 11:1.) ____________________<br>____________________<br>Ahoana araka ny hevitrao no ahafahan'ny fandalinana mitarika mankany amin'ny fanambarana? ____________________<br>____________________<br>Inona no azonao atao mba handalinana bebe kokoa ny filazantsara eo amin'ny fiainanao? ____________________<br>____________________ |

Fintino ny fitsipiky ny filazantsara nianaranao avy tamin'ny traikefan'i Nefia amin'ny alalan'ny famenoana ity fehezan-teny manaraka ity: **Andriamanitra dia manambara fahamarinana amin'ireo rehetra izay** ____________________.

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Oviana ianao no nahatsapa fa novalian'Andriamanitra ny vavaka nataonao, na nahatsapa bitsika avy amin'ny Fanahy rehefa nitady tamim-pahazotoana ny fanampiana sy ny fitarihana avy tamin'ny Tompo?

**b.** Inona no fomba iray mety ahafahanao mitady amim-pahazotoana kokoa ny aingam-panahy avy amin'ny Tompo?

## 1 Nefia 11:7–36

*Nahita ny fiambanian'i Jesoa Kristy i Nefia*

Nanohy nandalina sy nitady ny fitarihana masina hatrany i Nefia nandritra ny fahitany. Vakio ity fanambarana nataon'ny Filoha Boyd K. Packer ity, izay Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary mariho izay voalazany fa tanjona tena nifantohan'ny fahitan'i Nefia:

"Ao amin'ny Testamenta Taloha no ahitana ireo faminaniana mikasika an'i Mesia. Saingy ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra fahitana iray momba io trangan-javatra io izay tsy misy mitovy amin'ny ao amin'ny Testamenta Taloha.

"Rehefa [nandao an'i Jerosalema] ny vahoakan'i Lehia dia nahazo fahitana ny hazon'aina i Lehia. Nivavaka i Nefia zanany lahy mba hahafantarana ny dikan'izany. Ho valin'izany dia nomena fahitana miavaka izy mikasika an'i Kristy.

"Tao anatin'izany fahitana izany no nahitany:

"• Virijiny iray nitrotro zazakely teny an-tsandriny,
"• Olona iray izay hanomana ny lalana—Jaona Mpanao Batisa,
"• Ny asa fanompoan'ny Zanak'Andriamanitra,
"• Roambinifolo hafa nanaraka an'i Mesia,
"• Ny lanitra nisokatra sy anjely maro nanompo azy ireo,
"• Ireo valalabemandry notsofina rano sy nositranina,
"• Ny fanomboana an'i Kristy,
"• Ny fahendrena sy ny avonavon'izao tontolo izao nanohitra ny asany (Jereo ny 1 Ne. 11:14–36).

"Io fahitana io no ivon'ny hafatry ny Bokin'i Môrmôna" ("The Things of My Soul," *Ensign,* mey 1986, 60–61).

Nisy anjely iray nanampy an'i Nefia hahatakatra ny dikan'ilay hazon'aina, ary hoy izy avy teo hoe "Fantatrao va ny dikan'ilay hazo izay hitan-drainao?" (1 Nefia 11:21). Avereno jerena ny dikan'ilay hazo amin'ny fanipihana ireo andian-teny izay nampiasain'i Nefia sy ilay anjely hamaritana ilay hazo ao amin'ny 1 Nefia 11:21–24.

Vakio ny 1 Nefia 11:16 ary tsipiho ny fanontaniana iray vao avy napetrak'ilay anjely tamin'i Nefia. Azonao atao ny manoratra ao anatin'ny soratra masinao fa ny teny hoe *fiambaniana* dia midika hoe manaiky midina avy any amin'ny toerana ambony iray mba hanampy sy hitahy ny hafa.

Tadiavo ao amin'ny 1 Nefia 11:17, ny valin-tenin'i Nefia tamin'ny fanontanian'ilay anjely. Inona no fantatr'i Nefia? Inona no tsy fantany? Taorian'ny valin-tenin'i Nefia dia nasehon'ilay Anjely taminy fa **ny fiambanian'i Jesoa Kristy dia maneho ny fitiavan'Andriamanitra antsika.**

Rehefa avy nianatra ny dikan'ilay teny hoe *fiambaniana* ianao dia vakio ny 1 Nefia 11:13–21, ary avy eo dia vakio ity teny nambaran'ny Loholona Gerald N. Lund ity, izay

### Mamaritra ireo Teny Sarotra

Tena zava-dehibe ny mamaritra ireo teny sarotra rehefa mandalina ny soratra masina ianao. Hanampy anao izany hahatakatra tsara kokoa azy ireny. Jereo ny soratra masina hanovozan-kevitra, na mampiasà rakibolana, na milà hevitra amin'ny ray aman-dreny na ny mpampianatra iray raha toa ianao sendra mahita teny izay tsy azonao mandritra ny fandalinana ataonao. Mety hanampy ny manoratra ny dikan'ireo teny ireo eo amin'ny soratra masinao.

mpikambana tao amin'ny Fitopololahy tamin'izany fotoana izany, ary diniho hoe ahoana no ahafahan'ny fahaterahan'ny Mpamonjy maneho ny Fiambaniany sy ny Fitiavany antsika: "Indro teo Jesoa—mpikambana iray ao amin'ny atao hoe Ny Andriamanitra, ilay Voalohanteraky ny Ray, ilay Mpahary, Jehovah tao amin'ny Testamenta Taloha—izay ankehitriny dia nandao ny toerany maha andriamanitra sy masina Azy; niala tamin'izany fitafiam-boninahitra rehetra sy ny maha-mpanjaka Azy izany ka niditra tao amin'ny vatan'ny zaza bitika kely iray; tsy manam-piarovana fa niankina tanteraka tamin'ny reniny sy ny rainy ara-nofo. Ny tsy nahatongavany tao amin'ny raitra indrindra amin'ireo lapan'izao tontolo izao ary tsy nosalorana lamba volom-parasy [izay famantarana ny maha-mpanjaka] ary tsy norakofana firavaka fa tsy maintsy tonga kosa tao amin'ny tranon'omby iray mahonena, dia tena mahagaga. Tsy mahagaga loatra raha nilaza tamin'i Nefia ilay anjely hoe: 'Io no fiambanian'Andriamanitra!'" (*Jesus Christ, Key to the Plan of Salvation* [1991], 16).

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fahazoanao ny hoe i Jesoa Kristy dia "hidina avy any amin'ny fiandrianany masina" ("Merveilleux l'Amour," *Cantiques*, no. 117) sy ny toerana feno voninahitra nisy Azy tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana mba ho teraka ho toy ny zaza bitika kely.



Vakio ny 1 Nefia 11:27, ary diniho hoe nahoana ny batisan'ny Mpamonjy no maneho ny Fiambaniany ihany koa. Na dia tsy nanota aza Izy dia natao batisa mba hanehoana ny fankatoavany ireo didin'Andriamanitra. Maneho ny Fitiavany antsika ihany koa izany tamin'ny nanomezany ohatra mba ho arahintsika.

Vakio ny 1 Nefia 11:28–31, ary eritrereto hoe nahoana no maneho ny Fiambanian'i Jesoa Kristy ny fiainany izay nanompoany ny hafa. Mariho hoe iza no notompoin'ny Mpamonjy sy nositraniny.

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny zavatra izay novakianao tao amin'ny 1 Nefia 11:28–31 maneho ny Fitiavan'ny Mpamonjy ny Vahoakany. Ahoana araka ny fahatsapanao no fomba ifandraisan'izany amin'ny Fitiavany anao amin'izao fotoana izao?

Vakio ny 1 Nefia 11:32–33, ary diniho ny fomba mahatonga ny fanomboana an'i Jesoa Kristy teo amin'ny hazo fijaliana haneho ny Fiambaniany. Vakio ity teny nambaran'ny Loholona Earl C. Tingey ity, izay mpikambana tao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy tamin'izany, ary jereo izay zavatra nolazainy mikasika ny fomba mahatonga ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy hoe maneho ny Fitiavany sy mitahy anao:

"Amin'ny maha olon-tokana voafidy azy mba hanatanteraka ny fitakian'ny Sorompanavotana, dia nanolo-tena i Jesoa Kristy hidina ambany . . . mba ho alaim-panahy, hosedraina, hotevatevaina, sy ho tsaraina, ary hohomboana, na dia nanana hery sy fahefana hanakana ireo zavatra ireo aza Izy.



"Nofariparitan'ny Filoha John Taylor tamin'izao teny mahafinaritra izao ny fiambanian'i Kristy : 'Mbola nilaina ihany koa ny tsy maintsy nidinany ho ambanin'ny zavatra rehetra, mba hahafahany hanandratra ny hafa ho ambonin'ny zavatra rehetra . . .' [*The Mediation and Atonement* (1882), 144].

"Ny fijalian'i Kristy tao amin'ny Sahan'i Getsemane no tena maneho tsara ilay tena lehibe indrindra amin'ireo toetra tsaran'i Kristy rehetra, dia ny Fitiavany tonga lafatra. Teo no ahitantsika fa tena tia antsika rehetra tokoa Izy. . . .

"Ny Sorompanavotana dia trangan-javatra iray izay ahafahantsika mihavana amin'Andriamanitra. . . . Raha ny mikasika ny fianakaviana, dia midika izany fa tafatambatra miaraka ny tsirairay ary miaraka amin'Andriamanitra

sy i Jesoa Kristy Zananilahy. Izany dia midika hoe: ny alahelo noho ny fisarahana dia ho tonga fahasambarana noho ny fihaonana indray" ("The Great Plan of Happiness," *Ensign* or *Liahona,* mey 2006, 73–74).

Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no ampahany iray tena nilaina tamin'ny Fiambaniany ary fanehoana lehibe indrindra ny Fitiavany antsika.

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe amin'ny fomba ahoana no hampisy fiantraikany ny fahafantaranao ny fiambanian'i Jesoa Kristy eo amin'ny fahatsapanao sy ny fitiavanao Azy?

Farano amin'ny fihirana, na fihainoana na famakiana ny tonon'ilay Fihirana hoe "Merveilleux l'Amour" (*Cantiques,* no. 117) ny fandalinana nataonao androany. Mariho ireo andian-teny izay mijoro ho vavolombelona ny amin'ny zavatra izay nianaranao androany. Diniho ny antony mahatonga ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ho "mahatsiriritra indrindra" sy "maharavoravo indrindra" ho anao (jereo 1 Nefia 11:22–23). Tahaka an'i Nefia, rehefa mazoto mikatsaka fahalalana amin'ny alalan'ny fanambarana ianao dia hanakaiky kokoa ny Tompo ary hahatsapa ny herin'ny Sorona nataony eo amin'ny fiainanao sy ny fifaliana izay entin'izany.

**5.** Soraty ery amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nianatra ny 1 Nefia 10–11 aho androany ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 3: ANDRO 4

# 1 Nefia 12–14

## Fampidirana

Ny fitantarana ilay fahitan'i Nefia, izay nanomboka tao amin'ny 1 Nefia 11, dia mitohy ao amin'ny 1 Nefia 12–14. Nahita zava-doza mahatsiravina i Nefia tao amin'ny fahitany, anisan'izany ny faharavana teo amin'ny taranany tany amin'ny farany. Hitany ny nanesoran'ireo olon-dratsy ireo fahamarinana tsotra sy sarobidy tao amin'ny Baiboly, izay nahatonga ny maro ho lavo ara-panahy. Na izany aza, ny fahitan'i Nefia dia nanome azy ihany koa antony hananana fanantenana lehibe ny amin'ny ho avy. Nahita an'i Christophe Colomb izy sy ny fanjanahana an'i Amerika. Hitany fa ny Tompo dia hanomana lalana ho an'ny Famerenana ny filazantsara amin'ny laoniny, anisan'izany ny famerenana ny ankamaroan'ireo fahamarinana tsotra sy sarobidy maro izay very. Hitan'i Nefia ny fomba hanampian'ny Tompo sy hiarovany any amin'ny andro farany ireo izay miaina amim-pahamarinana. Rehefa mandalina ny 1 Nefia 12–14 ianao dia diniho ny maha zava-dehibe ireo fahamarinana tsotra sy sarobidy izay ampianarina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna sy ao amin'ireo soratra masin'ny andro farany hafa eo amin'ny fiainanao. Rehefa miezaka miaina amim-pahamarinana ianao ary manaja ireo fanekempihavanana izay nataonao tamin'Andriamanitra, dia afaka handresy ny ratsy ihany koa ianao.

### 1 Nefia 12

#### *Hitan'i Nefia ny ho avin'ireo fanjakana Nefita sy Lamanita*

Ao amin'ny 1 Nefia 12 no namaripaitan'i Nefia izay zavatra hitany mikasika ny ho avin' ireo taranany, sy ny fomba nahatonga azy ireo ho voasarik'ireo fitaomandratsy izay naseho tamin'ny alalan'ny zavon'ny haizina sy ilay trano lehibe sy malalaka. Nampiasa ny teny hoe *taranaka* izy mba ilazana ireo taranany.

Hitan'i Nefia fa ny sasany tamin'ny taranany dia hanaiky ireo fitahiana rehetra entin'ny Sorompanavotana. Hitany ihany koa nefa fa ireo taranany dia ho ravan'ny Lamanita any amin'ny farany. Vakio ny 1 Nefia 12:19, ary tsipiho ireo antony naharava ny Nefita. Eritrereto ny fomba ahafahanao manohitra ny fieboeboana sy ireo fakam-panahin'ny devoly.

### 1 Nefia 13:1–9

#### *Hitan'i Nefia ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko*

Farito anaty boribory izay fanatanjahan-tena efa nataonao na nojerenao amin'ireto manaraka ireto ary ampio amin'io lisitr'io izay fanatanjahan-tena hafa efa nataonao sy nojerenao:

| | |
|---|---|
| Baolina kitra | Tenisy |
| Cricket | Rugby |
| Baskety | Hockey sur glace |
| Baseball | Volleyball |
| Tenisy ambony latabatra | Football Amerikana |

Eo amin'ny fanatanjahan-tena matihanina dia matetika ireo ekipa no mandalina ny lalao efa vitan'ireo mpifanandrina aminy sy ny tetik'adiny mialohan'ny hifaninanana aminy. Ny fahatakarana ny tanjon'ny mpifanandrina aminao sy ny fomba filalaovany ary ireo tetik'adiny dia hanampy antsika hiomana hiaro tena eo anatrehan'izy ireo.

Ao amin'ny 1 Nefia 13 dia fariparitan'i Nefia ny zavatra hitany mikasika ireo izay hanohitra ny Fiangonan'Andriamanitra any amin'ny andro farany. Vakio ny 1 Nefia 13:1–6, ary singano ireo zavatra hitan'i Nefia fa hiforona eo anivon'ireo Jentilisa ary izay zavatra nolazain'ilay anjely mikasika izany.



Ity "fiangonana makadiry sy maharikoriko" izay hitan'i Nefia ity dia tsy maneho vondron'olona na fivavahana na fiangonana iray manokana. Ny Loholona Bruce R. McConkie tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia namaritra izany hoe "ireo . . . fikambanana rehetra na inona inona anarany na toetoetrany . . . izay natao hitarika ny olona hihataka amin'Andriamanitra sy ny lalàny, ary hihataka amin'ny famonjena ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra" (*Mormon Doctrine,* 2nd ed. [1966], 137–38). Azonao soratana eo akaikin'ny 1 Nephi 13:4–6 io famaritana nomen'ny Loholona McConkie io.

Vakio ny 1 Nefia 13:8–9, ary jereo ireo faniriana sy antony mandrisika an'io fiangonana makadiry sy maharikoriko io.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ny mahafantatra fa i Satana dia mandamina ireo tafiny mba hitarihana antsika hanalavitra an'Andriamanitra sy ny Lalàny?

Rehefa mandalina kokoa ny 1 Nefia 13 ianao, dia hahita fomba iray izay iezahan'ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko io hanakana ireo izay mitady ny Mpamonjy.



## 1 Nefia 13:10–42

***Hitan'i Nefia ireo Jentilisa amin'ny ho avy nanana ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna ary soratra masin'ny andro farany hafa.***

Mba hiadiana amin'ny asan'ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko dia nanomana lalana ny Tompo ho an'ny Famerenana ny Filazantsarany amin'ny laoniny. Ao amin'ny 1 Nefia 13 dia nahita mialoha ireo tranga lehibe toy ny fahatongavan'i Christophe Colomb sy ireo mpifindra monina tany amin'ny tany nampanantenaina i Nefia satria "ny Fanahin'Andriamanitra . . . niasa [nidina na niasa] tamin' [izy ireo]" (jereo 1 Nefia 13:12–13). Hitany mialoha ihany koa ny Adin'ny Fahaleovan-tenan'i Amerika—rehefa niady nanohitra "ny jentilisa niandohany [izay] tafangona miaraka . . . mba hiady aminy". . . "ny jentilisa nandeha niala ny fahababoana" kanefa izy ireo dia "nafahan'ny herin'Andriamanitra teo am-pelatanan'ireo firenena hafa rehetra" (jereo ny 1 Nefia 13:16–19).

Vakio ny 1 Nefia 13:20–23, ary jereo hoe inona no boky izay hitan'i Nefia nentin'ireo jentilisa mpanjanaka ho any amin'ny tany nampanantenaina teo anivon'izy ireo.

Soraty hoe "ny Baiboly" eo amin'ny soratra masinao eo amin'ny 1 Nefia 13:20. Nanazava i Nefia fa ny Baiboly dia ho "manan-danja lehibe" ho antsika (1 Nefia 13:23) ary tamin'ny nanoratana azy tany amboalohany "dia nirakitra ny fahafenoan'ny filazantsaran'ny Tompo" (1 Nefia 13:24). Ampiasao ny 1 Nefia 13:26–27, 29 mba hamenoana ireo banga ao amin'ity famintinana ity:

Ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko dia nanala ny "ampahany maro tamin'ny ______________ ary ________ indrindra ______________; ary koa maro tamin' ______________ an'ny Tompo dia efa nesoriny" avy tao amin'ny Baiboly (1 Nefia 13:26). Ary nesoriny izany rehetra izany mba "______________ ny làla-mahitsin'ny Tompo, ahazoany ______________ ny maso sy ______________ ny fon'ny zanak'olombelona" (1 Nefia 13:27). Koa satria tsy ampy ireo zavatra ireo, "dia vahoaka maro izaitsizy tokoa no ______________" (1 Nefia 13:29).

Avereno vakiana ilay famintinana etsy ambony rehefa voafenonao ny banga.

Ny iray amin'ireo tanjon'ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko dia ny mba "hamily ny lala-mahitsin'ny Tompo" (1 Nefia 13:27) amin'ny alalan'ny fanesorana fahamarinana tsotra sy sarobidy maro. Ny hoe "mamily" dia ny mampihataka na mampanalavitra amin'ny zavatra iray izay marina. Eritrereto ireo voka-dratsin'ny fiviliana na ny fihatahana amin'ny "lala-mahitsin'ny Tompo."

Ampiasao ny soratra masinao mba hamaliana ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Araka ny hita ao amin'ny 1 Nefia 13:34, inona no ho asehon'ny Tompo noho ny famindram-pony? (Mety hanampy ny mahafantatra fa ny teny hoe "Zanakondry" dia manambara ny Mpamonjy, Jesoa Kristy.) ___
  ______________________________________________

- Ao amin'ny 1 Nefia 13:35–36, inona no nolazain'ny Mpamonjy fa hafenina mba haseho amin'ny Jentilisa? ______________________________

- Ao amin'ny 1 Nefia 13:36, inona no voalazan'ilay anjely fa voasoratra ao amin'ilay rakitsoratra nafenina—ny Bokin'i Môrmôna? ______________________________

- Ankoatran'ny Bokin'i Môrmôna, mety ho inona avy ireo "boky hafa" voaresaka ao amin'ny 1 Nefia 13:39? ______________________________

Vakio ny 1 Nefia 13:40–41, ary tsipiho hoe inona no hampahafantarin'ny Bokin'i Môrmôna sy ireo "boky hafa" amin'ny olona rehetra. Zava-dehibe ny mahatsikaritra fa tsy maintsy manatona ny Mpamonjy isika "araka ny teny izay haorin'ny vavan'ny Zanakondry" (1 Nefia 13:41)—ny soratra masina.

Amin'ny alalan'io ampahany amin'io fahitan'i Nefia io no ianarantsika fa **ny Bokin'i Môrmôna sy ireo soratra masina amin'ny andro farany dia namerina ireo fahamarinana tsotra sy sarobidy izay manampy antsika ahafantatra fa i Jesoa Kristy no Zanak'Andriamanitra, ary manampy antsika ahafantatra ny fomba hanatonana Azy.**

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no fiantraikan'ireo fahamarinana tsotra sy sarobidy ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna sy ireo soratra masin'ny andro farany hafa eo amin'ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba an'i Jesoa Kristy?

**b.** Ahoana no fomba hanampian'izany anao hahatakatra sy hiaina ny Filazantsarany?

### *Soraty ny Eritreritrao mikasika ny Soratra Masina*

Rehefa manoratra ny eritreritrao mikasika ny soratra masina ianao, dia ataovy izay hananana fotoana ampy. Na dia miezaka hamita asa iray nampanaovina aza ianao dia diniho tsara ilay fanontaniana. Ny fanontaniana sasantsasany dia mitaky fotoana sy fieritreretana mba hahafahana mamaly azy tsara. Katsaho ny fitarihan'ny Fanahy Masina rehefa manoratra ianao.

Makà fotoana kely hanombatombananao hoe hatraiza no fanampinan'ny fandalinanao soratra masina anao hanatona ny Mpamonjy.

## 1 Nefia 14:1–17

*Hitan'i Nefia ny ady teo amin'ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko sy ny Fiangonan'ny Zanakondrin'Andriamanitra*

Ao amin'ny 1 Nefia 14 isika dia mamaky mikasika ny ady iray nifanaovan'ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko sy ny Fiangonan'ny Zanakondrin'Andriamanitra. Vakio ny 1 Nefia 14:10–13, ary tadiavo hoe ny antokon'iza no ho be olona kokoa. Mariho ao amin'ny 1 Nefia 14:12 hoe nahoana no ho vitsy ny isan'ny olona manohana ny Fiangonan'ny Zanakondry, sy hoe nahoana no afaka nitambatra ilay fiangonana makadiry sy maharikoriko.

Ahoana no mety ho fahatsapanao raha toa ka vitsy an'isa ianareo ary mandeha miady? Vakio ny 1 Nefia 14:14, ary tsipiho ireo andian-teny izay maneho ny fanampiana izay ho raisin'ny "olomasin'ny Fiangonan'ny Zanakondry" sy ny "vahoakan'ny fanekem-pihavanan'ny Tompo" rehefa miady amin'ny ratsy izy ireo.

Fitsipiky ny filazantsara iray manan-danja ampianarina ao amin'ny 1 Nefia 14:1–17 ny hoe: **rehefa miaina amim-pahamarinana isika ary mitandrina ny fanekempihavanantsika, dia hanampy antsika handresy ny ratsy ny herin'Andriamanitra.**

**3.** Manorata andinin-teny fohy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay manazava fa ny maha anisan'ny anakiray ao amin'ny "vahoakan'ny fanekem-pihavanan'ny Tompo" anao sy ny "nampirongoana fiadian'ny fahamariana" anao (miaina amim-pahamarinana) dia nanampy anao handresy ireo fakam-panahy izay mety hitarika anao hanalavitra an'Andriamanitra sy ireo Lalàny.

Hitan'i Nefia fa amin'ny andro farany, ireo izay nanohitra ny fiangonana makadiry sy maharikoriko dia ho "[fongana tanteraka]" (1 Nefia 14:3). Afaka mahatoky ianao fa ny fanjakan'Andriamanitra dia handresy amin'ny andro farany.

**4.** Soraty ery amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nianatra ny 1 Nefia 12–14 aho ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 4: ANDRO 1

# 1 Nefia 15

## Fampidirana

Ao amin'ny 1 Nefia 15 dia ho hitanao ny fahasamihafana eo amin'ny ezaka feno fahazotoana nasehon'i Nefia mba handraisana fanambarana ho an'ny tena manokana sy ny ezaka tsy nisy finoana nasehon'ireo

rahalahiny. Rehefa mandalina ity toko ity ianao dia diniho ny ezaka izay ataonao mba hahazoana valiny sy fitarihana avy amin'ny Tompo.

## 1 Nefia 15:1–11

### *Nitaraina ireo rahalahin'i Nefia fa tsy takatr'izy ireo ny fahitan'i Lehia*

Maro ny asa izay mitaky ezaka avy amintsika *mialo-han'ny* ahafahantsika mioty ny vokany. Mieritrereta atrikasa iray izay andraisanao anjara—toy ny enti-mody, ny fitendrena zava-maneno iray, na fihazaka-zahana—ary diniho ny fifandraisana misy eo amin'ny ezaka lanianao amin'io asa io sy ny vokatra aterak'i-zany. Mitadiava ohatra iray mitovy amin'izany rehefa mandalina ny 1 Nefia 15 ianao. Mariho hoe inona no ifandraisan'ny ezaka ataontsika amin'ny fianarana fahamarinana ara-panahy sy ny fandraisana fanamba-rana avy amin'Andriamanitra.

Rehefa avy nikatsaka tamim-pahazotoana ny hahata-katra ny fahitan'ny rainy sy ny fampianarany i Nefia, ary avy eo nandray fanambarana ho azy manokana, dia niverina tany amin'ny lain-drainy. Ary tany no nahitany ireo rahalahiny nifamaly. Tadiavo ny ao amin'ny 1 Nefia 15:1–3, ary jereo hoe inona no niadian'izy ireo hevitra.

Ao amin'ny 1 Nefia 15:6–7, tsipiho hoe inona no na-nahiran-tsaina ireo rahalahin'i Nefia sy nahatonga ny fifamaliana. Araka ny ao amin'ny 1 Nefia 15:3, nahoana no sarotra tamin'izy ireo ny nahatakatra ny fampiana-ran'i Lehia? ________________________________

________________________________________________

Vakio ny 1 Nefia 15:8, ary tsipiho ny fanontaniana napetrak'i Nefia tamin'ireo rahalahiny. Nahoana no fanontaniana tokony ho apetraka izany ho an'i Nefia taorian'ny zavatra izay vao niainany?

Tsipiho ny valin-tenin'ireo rahalahiny ao amin'ny 1 Nefia 15:9. Amin'ny teny hafa, ireo rahalahin'i Nefia dia nanazava hoe: "Tsy nanadina ny Tompo izahay satria tsy miresaka aminay izy."

**1.** Alao sary an-tsaina hoe manana namana iray ianao izay tsy manadina ny Tompo mba hahazoana fitarihana satria tsy mino izy hoe hamaly vavaka Izy. Alalino ny 1 Nefia 15:11, ary diniho ny torohevitra nomen'i Nefia an'ireo rahalahiny mikasika ny fahazoana valim-bavaka avy amin'ny Tompo. Ary avy eo dia manorata taratasy ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina, izay mamporisika ilay namanao hangataka amin'Andria-manitra amim-pinoana. Zarao ao anatin'io taratasy io ny torohe-vitr'i Nefia sy ny fahatsapanao manokana mikasika ny vavaka.

Fitsipiky ny filazantsara iray izay azontsika hianarana avy amin'ny fihetsika sy ny zavatra niainan'i Nefia sy ireo rahalahiny ny hoe: **rehefa mangataka amin'ny Tompo amim-pinoana isika sy mankato ny didiny, dia ho vonona handray fanambarana sy fitarihana lehibe kokoa avy Aminy.**

**2.** Mifidiana iray amin'ireto fanontaniana etsy ambany ireto, ary valio ao amin'ny diary fandalianao soratra masina izany:

**a.** Inona no hoteneninao mba hanampiana mpikamban'ny Fian-gonana vaovao iray hahatakatra ny zavatra izay takiana amin-tsika mba hahafahan'ny Tompo mampianatra sy mitarika antsika?

**b.** Inona no fiantraikan'ny ezaka nataonao tamin'ny fianarana ireo fahamarinana ara-panahy sy ny fikatsahanao ny fitarihan'ny Tompo teo amin'ny fahafahanao mahatsapa ny Fanahy sy maha-takatra ny filazantsara?

Mandritra ny fotoana iray ny ampitson'io dia zarao amin'ny ray na ny reny, na olon-kafa ao amin'ny fia-nakaviana, na mpitarika na mpampianatra ao amin'ny Fiangonana ny valin-teninao tamin'ilay asa nampa-naovina tetsy ambony. Rehefa manao izany ianao, dia asao ilay olona mba hizara ny traikefany aminao mikasika ny ezaka sy ny finoana nataony tamin'ny fikatsahana ny fanampiana sy ny fitarihan'ny Ray any An-danitra.

## 1 Nefia 15:12–20

### *Manazava ny fanelezana sy ny fanangonana ny zanak'i Isiraely i Nefia*

Sahiran-tsaina ireo rahalahin'i Nefia mikasika ny fa-minanian'i Lehia sy ny fampianarany momba ny hazo oliva sy ny Jentilisa (jereo ny 1 Nefia 15:7; jereo koa ny 1 Nefia 10:12–15). Nanazava i Nefia fa ny fanaparita-hana ireo sampana voajanaharin'ilay hazo oliva dia endriky ny fanaparitahana ara-nofo sy ara-panahy ireo zanak'i Isiraely (vahoakan'ny fanekempihavan' Andria-manitra) noho ny tsy fankatoavan'izy ireo. Rehefa niely izy ireo dia namery ny fahalalana ny filazantsara, sy ny maha-mpikambana azy ireo ao amin'ny mpiana-kavin'i Isiraely. Amin'ny maha anisan'ny fanangonana ny mpianakavin'i Isiraely amin'ny andro farany, olona maro maneran-tany no hanaiky ny filazantsara nave-rina amin'ny laoniny ary hahafantatra fa izy ireo dia vahoakan'ny fanekempihavanan'ny Tompo (jereo ny 1 Nefia 15:14–15).

Vakio ny 1 Nefia 15:14, ary asio marika hoe inona no ho lasa takatry ny Isiraely niely patrana any amin'ny andro farany.

Nampianatra i Nefia fa ireo izay miditra ao amin'ny Fiangonana dia toy ny hoe atao grefy "amin'ilay tena hazo oliva" (1 Nefia 15:16). Nilaza ihany koa izy fa, tahaka ny fanelezana ny mpianakavin'i Isiraely, io fanaovana grefy io na io fanangonana io dia hitranga "amin'ny alalan'ny Jentilisa" (1 Nefia 15:17). Mety



hanampy ny fahatakarana fa "ao amin'ny soratra masina, ny hoe *Jentilisa* dia manana heviny maromaro. Indraindray izy io dia manondro olona izay tsy Isiraelita firazanana, indraindray olona tsy Jiosy firazanana, ary indraindray ireo firenena izay tsy manana ny filazantsara, na dia mety hisy rà Isiraelita ihany aza any anivon'ny vahoaka. Ity fampiasana farany ity dia tena mampiavaka io teny io rehefa ampiasaina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna" (Ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Jentilisa," scriptures.lds.org).

Mitana ny Fampanantenany ny Tompo ary mahatsiaro ny Fanekempihavanana nataony tamin'ireo Zanany. Iriany ny handraisan'ireo Zanany rehetra ireo fitahiana entin'ny filazantsara mandrakizay (jereo ny 1 Nefia 15:18). Ireo ezaka ataonao amin'ny fizarana ny filazantsara amin'ny namana sy ny fianakaviana, ary ny fanoloranao tena hanompo hanao asa fitoriana mendrika dia hanampy amin'ny fahatanterahan'ny faminanian'i Lehia.

## 1 Nefia 15:21–36

### *Novalian'i Nefia araka ny zavatra niainany manokana ireo fanontanian'ny rahalahiny mikasika ny fahitan'i Lehia*

Ny ambiny sisa amin'ny 1 Nefia 15 dia miresaka momba ireo fanontaniana napetrak'ireo rahalahin'i Nefia taminy mikasika ny nofin'i Lehia. Nanontany izy ireo hoe: "Inona no hevitr'ilay anja-by izay hitan'ny raintsika ka nitondra nankeo amin'ny hazo?" (1 Nefia 15:23.) Vakio ny valin-tenin'i Nefia ao amin'ny 1 Nefia 15:24–25, ary tadiavo ireo fitahiana nampanantenaina ireo izay mihaino amim-pahazotoana ny tenin'Andriamanitra. Ao amin'ireto fanambarana manaraka ireto izay nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson mikasika ny herin'ny tenin'Andriamanitra dia tsipiho ireo andian-teny izay mitovitovy amin'ny zavatra nampianarin'i Nefia:

- "Ny tenin'Andriamanitra dia tsy hoe hitarika antsika mankany amin'ny voankazo izay mahatsiriritra ambonin'ny hazo rehetra fotsiny ihany, fa ao amin'ny tenin'Andriamanitra sy amin'ny alalan'izany no ahafahantsika mahita ny hery hiadiana amin'ny fakampanahy, sy ny hery izay handravana ny asan'i Satana sy ny forongony."
- "Ny tenin'Andriamanitra . . . dia manana ny hery hankaherezana ireo Olomasina, sy hanafiana azy ireo amin'ny Fanahy, mba hahafahan'izy ireo manohitra ny ratsy, sy mifikitra mafy amin'ny tsara, ary mahita fifaliana eto amin'ity fiainana ity."
- "Ny fahombiazana eo amin'ny fahamarinana, ny hery hisorohana ny fahadisoam-panantenana sy hanoherana ny fakam-panahy, ny fitarihana eo amin'ny fiainantsika andavanandro, ary ny fahasitranan'ny fanahy—ireo dia zavatra vitsivitsy fotsiny amin'ireo fampanantenana nomen'ny Tompo ho an'ireo izay handray ny Teniny. . . . Na manao ahoana na manao ahoana mety ho fahazotoantsika amin'ireo sehatra hafa, dia ao amin'ny soratra masina ihany no ahitantsika ireo fitahiana sasantsasany, ao ny fandraisana ny tenin'ny Tompo ihany, sy ny fifikirana tsara amin'izany rehefa mandeha mamakivaky ny zavon'ny haizina mankany amin'ny hazon'aina isika" ("The Power of the Word," *Ensign,* mey 1986, 80, 82).

Tena iankinan'ny aina ny fihazonantsika amin'ny tenin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fandalinana soratra masina sy ny vavaka ary ny fihainoana ireo mpitarika entanim-panahy.



**3.** Manamboara (taratasy kely zaraina eny an-dalana) izay mampivoitra ny tenin'Andrimanitra ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Ataovy izay hampidirana ireo fitahiana izay nampanantenain'i Nefia an'ireo izay mifikitra mafy amin'ny tenin'Andriamanitra. Azonao atao ihany koa ny mitanisa ireo loharano mety ahitana ny tenin'Andriamanitra.



Diniho ny hanoratana ity fitsipika manaraka ity eo amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny 1 Nefia 15:24–25: **Ny fandalinana sy ny fanarahana ny tenin'Andriamanitra isan'andro no manamafy orina antsika hanohitra ny fakam-panahin'i Satana.**

**4.** Mba hanampiana amin'ny fanamafisan'orina ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ity fitsipika ity, dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Inona amin'ny zavatra niainanao izay mifandraika amin'ny fandalinanao soratra masina manokana no nanampy anao ahafantatra fa marina ity fitsipika ity?

**b.** Ahoana no ahafahanao mahafantatra fa marina ity fitsipika ity?

Ao amin'ny nofin'i Lehia, ireo izay nifikitra mafy tamin'ilay anja-by dia voatarika soa aman-tsara namakivaky ny zavon'ny haizina nankamin'ilay hazon'aina. Ao amin'ny 1 Nefia 15:26, dia niangavy an'i Nefia ireo rahalahiny mba hanazava ny dikan'ilay renirano nanamorona ny hazon'aina. Jereo ao amin'ny 1 Nefia 15:27–29, dia karohy hoe maneho inona ilay renirano.

Vakio ny 1 Nefia 15:32–36. Nahoana no tokony ho nampahatahotra an'ireo rahalahin'i Nefia ireo fampianarana ireo?

**5.** Valio ao anaty diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ampahany inona tao amin'ny nofin'i Lehia sy tao amin'ny fanazavana nataon'i Nefia an'ilay nofy no maneho ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fiahiany an'ireo rahalahin'i Nefia?

**b.** Ahoana no fomba hahitanao ny fitiavan'Andriamanitra anao sy ny fiahiany aminao ao amin'ny 1 Nefia 15?

**6.** Soraty ery amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nianatra ny 1 Nefia 15 aho ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

## FIZARANA 4: ANDRO 2

# 1 Nefia 16

## Fampidirana


Rehefa nahatsapa ny herin'ny tenin'i Nefia ireo rahalahiny dia nanetry tena teo anoloan'ny Tompo. Rehefa nandeha tany an-tany foana ilay fianakaviana, dia nomen'ny Tompo Liahona izy ireo mba hitarika azy ireo tamin'ny diany. Nisedra fahasahiranana maro ilay fianakaviana teny an-dalana, anisan'izany ny fahaverezan'ny vy miaina teo amin'ny tsipìkan'izy ireo sy ny fahatapahan'ny tsipìkan'i Nefia, izay nametra ny fahazoan'izy ireo hanina. Raha nimonomonona ny ankamaroany tamin'ilay fianakaviana noho ireo famoizana ireo, i Nefia kosa dia nanamboatra tsipìka vaovao ary nitady ny torohevitry ny Tompo mikasika ny toerana izay andehanany mihaza. Ny fandalinana ny 1 Nefia 16 dia manome fahafahana anao hieritreritra ny fomba mety hiatrehanao ny fanitsiana sy ny fijaliana. Tsy misy hafa amin'ny nitarihan'ny Tompo ny fianakavian'i Lehia nandritra ny fahasahiranan'izy ireo, dia hitarika anao ihany koa Izy mandritra ireo fitsapana eo amin'ny fiainanao raha toa ianao ka mitady sy manaraka ny toroheviny amim-panetrentena.

### 1 Nefia 16:1–6

*Namaly ny fimonomonan'ireo rahalahiny i Nefia*

Efa nahita olona nohitsiana na nolevilevena ve ianao noho ny zavatra ratsy nataony? Ahoana no fihetsik'io olona io tamin'izany?

Nahatsapa ho voalevilevin'i Nefia i Lamana sy i Lemoela rehefa nampianatra azy ireo izy fa ny olondratsy dia horoahana ary tsy avela handray amin'ny voan'ny hazon'aina (jereo 1 Nefia 15:36–16:1). Vakio



ny 1 Nefia 16:1–2, ary tsipiho ny fomba izay voalazan'i Nefia fa fihetsiky ny olona sasany eo am-pihainoana ny fahamarinana rehefa tsy miaina izany izy ireo.

Ilay teny hoe "manatrobaka azy hatrany anatiny" dia midika hoe: maneho ny fahamelohan'izy ireo izany. Araka ny eritreritrao, inona no mety ho hevitry ny hoe "sarotra ho an'ny olo-meloka ny mandray ny fahamarinana"? ________________________________

________________________________

**1.** Tanisao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra vitsivitsy izay azonao atao mba hahatonga anao ho mpankatò na dia misy fahamarinana iray sarotra henoina sy "manatrobaka [anao] hatrany anaty" aza (1 Nefia 16:2). Nahoana araka ny hevitrao no misy tanora sasany izay mahita fa sarotra ny mankatò ny fahamarinana sasantsasany? Ampitahao amin'ny zavatra nambaran'i Nefia tamin'i Lamana sy i Lemoela ao amin'ny 1 Nefia 16:3–4 ny lisitra nataonao.

Araka ny hita ao amin'ny 1 Nefia 16:5, ahoana no fihetsika nosafidian'i Lamana sy i Lemoela natao nanoloana ny torolalan'i Nefia? Inona no teny na andianteny ao amin'ity andininy ity izay mamaritra ny zavatra tokony ataontsika rehefa misy fahamarinana iray manatrobaka antsika hatrany anaty? Mariho ao anatin'ny soratra masinao ny valin'ireo fanontaniana ireo.

## 1 Nefia 16:7–33

*Notarihin'ilay Liahona ny fianakavian'i Lehia*

Valio hoe marina (M) na diso (D) ireto fehezan-teny ao amin'ity fitsapam-pahaizana ity amin'ny alalan'ny famaritana anaty boribory izay valin-teninao:

M D Nanambady ny zanaka vavimatoan'i Ismaela i Nefia.

M D Nomena kômpà toy ny bola boribory antsoina hoe Liahona i Lehia.

M D Ilay bola boribory dia nisy sahaza efatra izay manoro ny lalana alehan'i Lehia sy ny fianakaviany.

M D Mora tamin'ny fianakavian'i Lehia ny nanohy ny diany tany an-tany foana rehefa nahazo ilay bola izy ireo.

Rehefa mandalina ny 1 Nefia 16:7–10 sy ny famintinana ny toko ianao dia avereno jerena ny valin-teninao tamin'ireo fanontaniana telo voalohany (jereo koa ny Almà 37:38). Vakio ny 1 Nefia 16:17–19 mba hanamarinana raha nahavaly tsara ny fanontaniana fahefatra ianao. (Any amin'ny faran'ity lesona ity no ahitana ireo valiny marina.)

Na dia rehefa mankatò aza isika dia mbola hiaritra fitsapana ihany. Maro amin'ireo fitsapana izay hatrehantsika dia tsy vokatry ny fanaovana safidy ratsy. Tonga amintsika izy ireny ho toy ny vokatra voa-janaharin'ny fiainana an-tany, kanefa izy ireny dia manome fahafahana antsika hianatra sy hivoatra mandritra ny diantsika eto an-tany, tahaka izay nataon'ny Mpamonjy (jereo F&F 122:7–8). Ny iray amin'ireo fisedrana ho antsika eo amin'ny fiainana dia ny fomba hiatrehantsika ireo fitsapana ireo.

Raha mifototra amin'ny famariparitana nataon'i Nefia an'ilay bola 1 Nefia 16:10, dia ahoana no ahafahan'ny fanomezana toy izany hitondra fanampiana ho an'i Lehia sy ny fianakaviany mandritra ny dian'izy ireo mankany amin'ny tany nampanantenaina? Tadiavo ao amin'ny 1 Nefia 16:16ary asio marika ny fomba nahazoan'ny fianakavian'i Lehia tombontsoa tamin'ny Liahona.

Alalino ny 1 Nefia 16:20–22, ary tadiavo hoe ahoana no fihetsiky ny fianakavian'i Lehia sasany rehefa voatapak'i Nefia ny tsipìkany. Alalino ny 1 Nefia 16:23–25, 30–32, ka tadiavo ny fihetsik'i Nefia nanoloana ity fitsapana ity. Ahoana no fiantraikan'izany fihetsiny izany teo amin'ireo fianakaviany?

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona avy ireo zavatra nianaranao tamin'ny fampitahana ny fahasamihafan'ny fihetsik'i Nefia sy ny fianakaviany nanoloana ny fitsapana iray ihany?

Tsy nitaraina i Nefia fa naleony kosa nanamboatra tsipìka vaovao ary avy eo nikatsaka fitarihana mba ahafantarany ny toerana izay ahitany sakafo. Ny ohatr'i Nefia dia maneho fa **rehefa manao izay rehetra azontsika atao isika sady mikatsaka ny fitarihan'ny Tompo dia hanampy antsika Izy mandritra ireo fotoan-tsarotra mahazo antsika.**

Nandritra io zava-nitranga io dia nazavain'ny Tompo tamin'i Lehia ny fomba fandehanan'ny Liahona. Tadiavo ao amin'ny 1 Nefia 16:26–29 hoe inona no notakiana mba hitarihan'ny Tompo ny fianakavian'i Lehia tamin'ny alalan'ny Liahona.

**3.** Eritrereto hoe mampianatra ankizy kely iray ianao mikasika ny Liahona. Hazavao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina amin'ny teny tsotra ny fomba nitarihan'ny Liahona ny fianakavian'i Lehia, ary izay tokony nataon'izy ireo mba hahatonga izany hitohy hitarika azy ireo hatrany.

**4.** Valio ao anaty diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no fomba hanehoan'ny Liahona antsika fa **"afaka manatanteraka zava-dehibe amin'ny alalan'ny zava-madinika ny Tompo"**? (1 Nefia 16:29).

Tahaka ny vahoakan'i Lehia, dia nomen'ny Tompo fanomezana betsaka koa ianao mba hanampiana anao handray ny fitarihana ho anao manokana. Vakio ireto fanambarana telo manaraka ireto izay mikasika ny sasany amin'ireo fanomezana ireo, ary diniho hoe hatraiza no itovian'ireto fanomezana tsirairay avy amin'ny Tompo ireto amin'ny Liahona.

### *Tsodranon'ny Patriarika*

Nolazain'ny Filoha Thomas S. Monson fa ny Tsodranon'ny Patriarika dia toy ny Liahona ho an'ny tena manokana:



"Ilay Tompo izay nanome Liahona ho an'i Lehia ihany no manome anao sy ho ahy ankehitriny fanomezana iray manandanja sy tsy fahita mba hanomezana fitarihana ho an'ny fiainantsika, mba hanondroana ireo loza mba ho fiarovana antsika, ary mba hanoroana ny lalana, dia ilay lalana azo antoka—tsy mankany amin'ny tany nampanantenaina fa mankany amin'ny fonenantsika any an-danitra. Ilay fanomezana resahako dia fantatra amin'ny hoe tsodranon'ny patriarika anareo. Ny mpikambana tsirairay ato amin'ny Fiangonana izay mendrika dia natao handray izany harena tena sarobidy sy tsy voavidim-bola izany. . . .

". . . Ny tsodranonao dia tsy natao ho tsara valona ary hampirimina any. Tsy natao ho aranty anaty cadre na ho aparitaka, fa natao ho vakiana kosa. Natao ho tiavina. Natao ho arahana. Afaka mitantana anao hiampita ny alina maizim-pito indrindra ny tsodranon'ny patriarika nomena anao. Hitantana anao mandritra ireo loza eo amin'ny fiainana. . . . Ny tsodranon'ny Patriarika dia Liahona manokana ho anao mba hanoro ny lalan-kizoranao sy hitarika ny dianao" ("Your Patriarchal Blessing: A Liahona of Light," *Ensign,* nôv. 1986, 65–66).

### *Ny Soratra Masina sy ny Tenin'ireo Mpaminany*



Ny Loholona W. Rolfe Kerr, izay mpikambana tao amin'ny Fitopololahy tamin'izany, dia nanamafy fa ny tenin'i Kristy sy ny Mpanompony dia Liahona ara-panahy: "Ny tenin'i Kristy dia afaka ho Liahona manokana ho antsika tsirairay, izay manoro antsika ny lalana. Aoka isika tsy ho kamo noho ny fahamoran'ny lalana. Aoka isika hampiditra amim-pinoana ny tenin'i Kristy ho ao an-tsaintsika sy ho ao am-pontsika araka izay voarakitra ao amin'ny soratra masina, sy araka izay ambaran'ireo mpaminany, sy mpahita ary mpanambara velona. Aoka isika hivoky amim-pinoana sy amim-pahazotoana amin'ny tenin'i Kristy, satria ny tenin'i Kristy no ho Liahona ara-panahy ho antsika, izay milaza amintsika ny zavatra rehetra izay tokony ho ataontsika" ("The Words of Christ—Our Spiritual Liahona," *Ensign* na *Liahona,* mey 2004, 37).

*Ny Fanahy Masina*



Ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampitaha ny Fanahy Masina sy ny Liahona: "Rehefa miezaka manitsy ny toetra sy ny asantsika araka ny fahamarinana isika, dia ny Fanahy Masina ho antsika ankehitriny no lasa ilay Liahona tamin'ny andron'i Lehia sy ny fianakaviany. Ireo antony izay nahatonga ny Liahona handeha tamin'i Lehia no hanasa tahak'izany ihany koa ny Fanahy Masina ho eo amin'ny fiainantsika. Ary ireo antony izay nahatonga ny Liahona tsy handeha fahiny no hahatonga antsika tahaka izany ihany koa hihataka amin'ny Fanahy Masina ankehitriny" ("That We May Always Have His Spirit to Be with Us," *Ensign* na *Liahona,* mey 2006, 30).

**5.** Manorata fomba roa na telo ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina, izay manambara fa ny tsodranon'ny patriarika, na ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany, na ny Fanahy Masina dia toy ny Liahona.

**6.** Hazavazavao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fotoana iray nanarahanao ny fitarihan'ny anankiray tamin'ireo loharano voatanisa etsy ambony ka nahatonga ny fandraisanao fitarihana avy tamin'ny Tompo?

## 1 Nefia 16:34–39

*Nitomany noho ny fahafatesan'i Ismaela ireo zanany vavy, ary nikonokonona ny hamono an'i Lehia sy i Nefia i Lamana*

Ao amin'ny 1 Nefia 16:34–38 no hahafantarantsika fa maty i Ismaela rehefa avy nandeha nandritra ny andro maromaro tany an-tany foana. Nitomany mafy noho ny fahalasanan-drainy ireo zanany vavy, ary nimonomonona tamin'i Lehia sy i Nefia ny sasany tamin'ireo fianakaviany ka naniry ny hiverina tany Jerosalema. Nikonokonona ny hamono an'i Nefia sy i Lehia mihitsy aza i Lamana. Naneho ny fahalemeny sy ny tsy finoany indray ireo rahalahin'i Nefia satria izy ireo dia tsy nikatsaka ny sitrapon'ny Tompo. Nandà ny Fanahy Masina izy ireo sy ny fanampiana izay ho natolotry ny Tompo taminy.

Vakio ny 1 Nefia 16:39, ary tadiavo ny zavatra nataon'ny Tompo tamin'io toe-javatra io. Araka ny zavatra nianaranao ao amin'ity andininy ity, dia nahoana ny Tompo no manafay antsika? ______________________

______________________________________________

Ny Tompo dia mitarika sy manafay antsika mba ho tombontsoantsika. Hitahy antsika ny Tompo raha toa isika ka manaiky ny fitarihana na ny famaizana raisintsika avy any aminy.

**7.** Soraty ery amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nianatra ny 1 Nefia 16 aho ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

Valin'ny fitsapam-pahaizana hoe: Marina/Diso: (1) D, (2) M, (3) D, (4) D.

**FIZARANA 4: ANDRO 3**

# 1 Nefia 17

## Fampidirana

Rehefa avy nandeha nandritra ny valo taona tany antany foana ny fianakavian'i Lehia dia tonga tany amin'ny toerana iray amoron-dranomasina. Nantsoin'izy ireo hoe Soafeno io toerana io. Nankatoavin'i Nefia ilay didin'ny Tompo hoe manamboara sambo. Nolevileven'i Nefia ihany koa ireo rahalahiny noho ny faharatsian'izy ireo izay tsy nahafahan'izy ireo nandray fitaomam-panahy avy amin'ny Tompo. Rehefa mandalina ny 1 Nefia 17 sy ny ohatr'i Nefia ianao dia hahita fa amin'ny alalan'ny fankatoavana no ahafahanao manatontosa ny zava-drehetra izay andidian'ny Tompo. Hianatra ihany koa ianao hamantatra bebe kokoa ny firesahan'ny Tompo aminao amin'ny alalan'ny feo tony sy malefaka.

## 1 Nefia 17:1–51

*Nanohy ny dia nankany Soafeno ny fianakavian'i Lehia, ary tao no nandidiana an'i Nefia hanamboatra sambo*

Hofaritanao hoe sarotra sa hoe mora ny fiainanao? Nahoana? Vakio ny 1 Nefia 17:1, 4, 6, dia farito anaty boribory ireo teny izay milaza raha toa mora sa sarotra ny fotoana niainan'i Nefia sy ny fianakaviany tany antany foana.

Vakio ny 1 Nefia 17:3, ary jereo ny antony nolazain'i Nefia fa nahatonga ny fianakaviany ho voatahy nandritra io fotoan-tsarotra io—izany dia manomboka amin'ny teny hoe *raha toa.* Asio marika izany ao anatin'ny soratra masinao.

Matetika ireo fitsipiky ny filazantsara no ambara amin'ny alalan'ny endrika hoe "raha toa-dia" ao amin'ny soratra masina. Ity endrika "raha toa-dia" ity ihany koa dia hita eny amin'ny fizotran'ny fiainan'ny tsirairay eny, sy ny an'ny fianakaviana ary ny an'ny firenena iray manontolo. Ilay teny hoe *raha toa* dia

### *Mianara Mamantatra Fitsipika sy Fotopampianarana*

Rehefa mandalina ny soratra masina ianao dia jereo ireo teny na andian-teny toy ny hoe "toy izany no ahitantsika," na "noho izany," na "arak' izany," na "indro," na "raha toa . . . dia . . ." Matetika izy ireny dia lazaina rehefa misy fotopampianarana na fitsipiky ny filazantsara omena.

mamaritra ny asa ataontsika, ary ny *dia* dia manazava ny vokatra na ny fitahiana izay ho azontsika noho io asa natao io. Ny ao amin'ny 1 Nefia 17:3 dia ahitana an'io endrika *raha toa-dia* io, ary voafaripartra ao ny asa iray sy ny fitahiana izay haterak'izany. Ahoana no fomba mety hilazanao amin'ny fiteninao manokana ilay fitsipika izay ijoroan'i Nefia ho vavolombelona? **Raha toa**

____________________**, dia** ____________________

____________________________________________.

Mariho hoe ahoana no fomba nanehoana io fitsipika io ao amin'ny 1 Nefia 17:2, 12–13. Rehefa mamaky ireo andininy ireo ianao dia asio marika ireo fomba sasantsasany izay nankaherezan'ny Tompo sy nitahiany an'i Nefia sy ny fianakaviany rehefa nitandrina ny didy izy ireo. Mitadiava porofo fanampiny maneho ny fahamarinan'io fitsipika io rehefa manohy mandalina ny zavatra niainan'i Nefia ianao.

**1.** Makà fotoana hamaliana tsara ireto fanontaniana manaraka ireto ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Io fampiasana io dia hanampy anao ahita fa nanohy niaina an'io fitsipika voalazainy ao amin'ny 1 Nefia 17:3 io i Nefia, raha toa kosa ireo olon-kafa tao amin'ny fianakaviany tsy nahavita niaina izany. Tsarovy ny mieritreritra ny fomba hampiharanao ity fitsipika ity eo amin'ny fiainanao manokana.

**a.** Inona no nasain'ny Tompo ataon'i Nefia? (Jereo ny 1 Nefia 17:7–8.) Inona no mety ho nahasarotra ny fankatoavana ity didy ity?

**b.** Inona no manaitra anao amin'ny fihetsik'i Nefia teo anatrehan'ity didy ity? (Jereo ny 1 Nefia 17:9–11, 15–16). Ahoana no fihetsik'ireo rahalahiny? (Jereo ny 1 Nefia 17:17-21.) Inona no azonao ianarana avy amin'ireo valin-teny ireo.

**d.** Namaly ireo rahalahiny i Nefia tamin'ny fampahatsiahivana azy ireo ny zavatra niainan'i Mosesy. Ahoana no fomba nanampian'ny Tompo an'i Mosesy hanatanteraka ny andraikitra izay nampanaoviny azy? (Jereo ny 1 Nefia 17:23–29.) Ahoana no mampitovy ireo rahalahin'i Nefia amin'ny zanak'i Isiraely? (Jereo ny 1 Nefia 17:30, 42.)

**e.** Moa ve misy amin'ireo didy no sarotra aminao? Ahoana no fomba azonao hiatrehana ireo andraikitra na didy sarotra avy amin'Andriamanitra tahaka izay nataon'i Nefia sy Mosesy?

Rehefa vitanao ny asa nampanaovina etsy ambony dia vakio ny fanehoam-pinoana nataon'i Nefia ao amin'ny 1 Nefia 17:50.

Vakio ny 1 Nefia 17:51, ary ampiharo amin'ny tenanao io andininy io amin'ny fanampiana ny anaranao eo aorian'ny teny hoe "ahy" ary amin'ny fanoloana ny andian-teny hoe "manamboatra sambo" amin'ny didy izay nosoratanao tamin'ny fanontaniana *e* tetsy ambony.

**2.** Manorata traikefa iray ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina (traikefanao manokana na an'olonkafa izay fantatrao) izay nanampy anao ahafantatra fa rehefa mahatoky amin'Andriamanitra ianao, dia hanampy anao hanatanteraka ny zavatra rehetra izay asainy ataonao Izy.

Ny fitsipika izay nasehon'i Nefia ao amin'ny 1 Nefia 17 sy nandritra ny fiainany iray manontolo dia ny hoe **rehefa mitandrina ny didy isika, dia hankahery antsika ny Tompo ary hanome ny fitaovana ahafahantsika manatontosa izay zavatra nandidiany antsika.**

## 1 Nefia 17:45–55

### *Nandevilevy an'ireo rahalahiny i Nefia noho ny faharatsian'izy ireo*

Vakio ny 1 Nefia 17:48, 53–54, ary tadiavo hoe nahoana i Nefia no "naninjitra ny tana [ny] tamin'ny rahalahi[ny] ."

Araka ny hita ao amin'ny 1 Nefia 17:53, inona no nataon'ny Tompo tamin'ireo rahalahin'i Nefia? Nahoana?

____________________________________________


Ny fampangitangitahana izay natao tamin'ny rahalahin'i Nefia dia anankiray amin'ireo fomba izay niezahan'ny Tompo nifandraisana tamin'izy ireo. Vakio ny 1 Nefia 17:45, ary mitadiava fomba sasantsasany hafa izay niezahan'ny Tompo nifandraisana tamin'izy ireo.



Diniho ity filazana nataon'ny Filoha Boyd K. Packer avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity hoe: "Ny Fanahy Masina dia miteny amin'ny feo izay *tsapa* kokoa mihoatra ny hoe *re.* Izany dia faritana hoe 'feo tony sy malefaka' [F&F 85:6]. Ary rehefa milaza isika hoe: 'fihainoana' ilay bitsiky ny Fanahy, dia matetika mamaritra fitaomana ara-panahy ny olona amin'ny alalan'ny fitenenana hoe: 'Nanana *fahatsapana aho . . .*' " ("Personal Revelation: The Gift, the Test, and the Promise," *Ensign,* nôv. 1994, 60).

Azonao atao ny manisy marika ny 1 Nefia 17:45 ary manoratra ity fitsipika manaraka ity eo akaikin'izany manao hoe: **Ny Fanahy Masina dia miteny amin'ny alalan'ny feo tony sy malefaka izay tsapa kokoa mihoatra ny hoe re.**

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:



**a.** Oviana ianao no *nahatsapa* ny Tompo niteny tamin'ny alalan'ilay feo tony sy malefaka?

**b.** Inona no azonao atao mba hahatsapana sy hamantarana ilay feo tony sy malefaka?

Asio marika ity andian-teny ao amin'ny 1 Nefia 17:45 ity: "niteny taminareo tamin'ny feo tony sy malefaka izy, saingy efa donto ianareo, hany ka tsy nahatsapa ny teniny." Avereno jerena indray ny fehezan-teny voalohany ao amin'ny 1 Nefia 17:45, ary mandiniha antony iray nahatonga ireo rahalahin'i Nefia ho "donto."

Ahoana no mahatonga ny fahotana afaka manakana antsika tsy hahatsapa ny Fanahy Masina? Inona no karazan-javatra hafa izay mety hanembatsembana antsika tsy ahafahantsika mahatsapa ny Fanahy Masina? _

Ny Filoha James E. Faust tao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia nampiasa fampitahana iray mba hanehoana ireo fomba sasantsasany ahafahan'ny fahotana manakana antsika tsy hahatsapa ny Fanahy Masina:



"Ny finday dia ampiasaina be amin'ny ankamaroan'ny fifandraisana amin'izao vaninandrontsika izao. Kanefa na izany aza, eny an-tsefatsefany eny dia mahita faritra tsy hahazoana tambazotra ka tsy maharay fifandraisana ny finday. Mety mitranga izany rehefa ao anatina tonelina ny mpampiasa finday na anaty lohasaha voahodidin'ny harambato na rehefa misy zavatra hafa manelingelina.

"Tahaka izany koa ny fifandraisana amin'Andriamanitra. . . . Matetika isika no mametraka ny tenantsika ao anatin'ny faritra tsy misy tambazotra ara-panahy—ireo toerana na toe-javatra izay manakana ny hafatra avy amin'Andriamanitra. Ny sasany amin'ireo faritra tsy misy tambazotra ireo dia ahitana ny fahatezerana, ny pôrnôgrafia, ny fandikan-dalana, ny fitiavan-tena ary ireo toe-javatra rehetra izay manafintohana ny Fanahy" ("Did You Get the Right Message?" *Ensign* na *Liahona*, mey 2004, 67).

**4.** Alalino hoe hatraiza no fomba nihainoanao tsara ireo hafatra izay nokatsahan'ny Tompo hifandraisana taminao vao haingana. Tanisao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay mety ho "faritra tsy misy tambazotra ara-panahy"—ireo toe-javatra sy toerana rehetra izay mety hanakana anao tsy handray ilay feo tony sy malefaka—sy ny zavatra izay ho ataonao mba hialana amin'izy ireny.

Afaka mahazo fifandraisana avy amin'Andriamanitra ianao amin'ny alalan'ilay feo tony sy malefaka rehefa miezaka ny ho mendrika sy mitandrina ireo bitsika malefaka ireo.

**5.** Soraty ery amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 1 Nefia 17 aho ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

**FIZARANA 4: ANDRO 4**

# 1 Nefia 18–19

## Fampidirana

Rehefa nanaraka ny torolalan'ny Tompo i Nefia sy ny fianakaviany dia nahavita ny fanamboarana ilay sambo ary nizotra nihazo ny tany nampanantenaina. Nandritra ny dian'izy ireo dia maro tamin'ireo tao anaty

sambo no voatarik'i Lamana sy i Lemoela hikomy. Vokatr'izany dia nitsahatra tsy nandeha ilay Liahona ary nisy tafio-drivotra mahery nanambana ny haningotra ny ain'ireo olona rehetra tao anaty sambo. Rehefa nibebaka ireo mpikomy ary nivavaka tamim-pinoana i Nefia, dia nanomboka nandeha ilay Liahona ary nampitony ny tafiodrivotra ny Tompo ary nanohy nitarika ny dian'izy ireo indray. Rehefa tonga teo amin'ny tany nampanantenaina izy ireo dia nentanin'i Nefia ny fianakaviany mba hahatsiaro ny Tompo ary hampihatra ny soratra masina amin'ny tenan'izy ireo. Rehefa mandalina ny 1 Nefia18–19 ianao dia ampifandraiso amin'ny zavatra niainan'i Nefia tamin'ny nihatrehany fitsapana ireo fanamby izay hiatrehanao ireo fitsapana eo amin'ny fiainanao manokana. Katsaho ny hanaraka ny ohatr'i Nefia.

## 1 Nefia 18:1–8

### *Niomana ny hanainga ho any amin'ny tany nampanantenaina ny fianakavian'i Lehia*

Nahoana no zava-dehibe ny miasa amim-pahazotoana sy ny mikatsaka fitarihana avy amin'ny Tompo? Ahoana no fomba nanehoan'i Nefia ireo toetra tsara roa ireo teo am-panangana ilay sambo? Vakio ny 1 Nefia 18:1–8.

**1.** Tanisao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo teny na andian-teny rehetra ao amin'ny 1 Nefia 18:1–8 izay manoritsoritra ny ezaka nataon'i Nefia sy ny fianakaviany. Tadiavo daholo avy eo ireo teny na andian-teny izay maneho ny fomba nitarihan'ny Tompo sy nanampiany azy ireo. Inona no fifandraisana misy hitanao eo amin'ny ezaka nataon'i Nefia sy ny fanampiana azony avy tamin'ny Tompo?


Ny zavatra niainan'i Nefia dia maneho amintsika fa **mba hanatanterahana izay andidian'ny Tompo, dia mila ny fanampiana avy Aminy isika ary manao izay ezaka vitantsika.**

**2.** Mieritrereta toe-javatra iray izay hiainanao amin'izao fotoana izao ka ilanao ny fanampian'Andriamanitra. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra izay azonao atao mba hikatsahana ny fitarihan'ny Tompo, sy ny ezaka izay tokony ataonao.

## 1 Nefia 18:8–25

### *Nitarika fikomiana tao anaty sambo i Lamana sy i Lemoela ka nampihemotra ny dia nankany amin'ny tany nampanantenaina*

Rehefa mandalo fitsapana na ady mafy isika eo amin'ny fiainana dia mahazatra ny manontany tena hoe nahoana isika no miatrika olana tahaka izany. Angamba ianao na ny olom-pantatrao mety efa



nametra-panontaniana hoe "Nahoana?" nandritra ny andro sarotra iray.



Ny Loholona L. Whitney Clayton ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy dia nitanisa loharano telo ho an'ireo ady mafy atrehantsika. Rehefa mamaky izany ianao dia tsipiho ireo loharano izay nosoritany.

"Amin'ny ankapobeny, ireo enta-mavesatra eo amintsika dia avy amin'ny loharano telo. Ny enta-mavesatra sasany dia vokatra voa-janahary ateraky ny zava-misy eo amin'ny tontolo izay iainantsika. Ny aretina, ny kilema ara-batana, ny rivo-doza sy ny horohorontany dia tonga ombieny ombieny tsy avy amin'ny fahadisoan'ny tenantsika manokana. . . .

"Ny enta-mavesatra hafa indray dia mitambesatra amintsika noho ny fitondran-tena ratsin'ny olon-kafa. Ny herisetra sy ny fahazaran-dratsy mampiankin-doha dia mety ahatonga ny tokantrano ho lasa zavatra hafa ankoatran'ny lanitra eto an-tany ho an'ireo olona tsy manan-tsiny ao anatin'ny fianakaviana. Ny fahotana, ny fomban-drazana diso, ny fanagejana, ary ny heloka be vava dia mitambesatra amin'ireo iharan'izany mandritra ny lalam-piainana rehetra eny. Eny fa na dia ny fihetsika tsy voahevitra kely toy ny fosafosa sy ny haratsiam-panahy aza dia mety miteraka fijaliana tokoa ho an'ny hafa.

"Ireo fahadisoan'ny tenantsika manokana sy ny tsy mety ataontsika dia miteraka ny ankabeazan'ireo olana ananantsika ary mety mametraka enta-mavesatra lehibe eo an-tsorotsika ihany. Ny enta-mavesatra lafo [sarotra] indrindra izay ampitondraintsika ny tenantsika ihany dia ny enta-mavesatry ny fahotana. Isika rehetra efa samy nahafantatra ny fanenenana sy ny fanaintainana izay tsy maintsy manaraka ho azy ny tsy fahavitantsika nitandrina ireo didy" ("That Your Burdens May Be Light," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2009, 12–13).

Rehefa nanomboka niantsambo nihazo ny tany nampanantenaina i Nefia sy ny fianakaviany dia nandia fahasarotana maro izy ireo. Rehefa mandalina ny 1 Nefia 18 ianao dia mitadiava iray amin'ireo karazana fijaliana noresahan'ny Loholona Clayton. Vakio ny 1 Nefia 18:9–11, ary mitadiava ohatra amin'ny safidy ratsy izay nataon'ireo olona sasany tao anatin'ilay sambo.

Na dia tsy ratsy aza ny mandihy na ny mihaino hira na ny miala voly, ny 1 Nefia 18:9 dia manazava fa nanao ireo zavatra ireo "tamin'ny teny kivalavala be izy ireo." Ny teny hoe *kivalavala* dia midika hoe: maniratsira, na miteniteny foana, na miteny ratsy. I Satana dia afaka mampiasa ny fandihizana sy ny mozika na ny fomba fitenintsika mba handotoana ny fo sy ny saintsika ka mahatonga antsika hamery ny fiarahan'ny Fanahy Masina.

Araka ny hita ao amin'ny 1 Nefia 18:10, dia inona no atahoran'i Nefia hitranga raha toa ka tsy mibebaka ireo izay mikomy? ______________________________
______________________________________________.

Inona no nataon'i Nefia mikasika izany? Inona no mety ho ataonao raha toa misy ray aman-dreninao iray na mpitarika iray ao amin'ny Fiangonana mangataka anao mba hanova ny hira izay henoinao, na ny fomba fandihinao, na mba hitsaharanao tsy hiteniteny foana? Moa ve ianao ho vonona ny hihaino sy hiova?

Vakio ny 1 Nefia 18:12–14, 17–19, dia tadiavo ny vokatry ny fikomian'izy ireo. Ahoana no fomba nijalian'i Nefia sy ireo olon-kafa tao amin'ny fianakaviana vokatry ny zavatra nataon'ireo hafa? Mariho hoe ahoana no fiantraikan'ireo fihetsika feno fikomiana nataon'ny sasany teo amin'ny fahafahan'ilay vondron'olona iray manontolo handray fitarihana avy amin'Andriamanitra.

Ny zavatra ataon'ireo izay nikomy dia maneho amintsika fa **ny fahotana dia miteraka fijaliana ho an'ny tenantsika ary indraindray ho an'ny hafa ihany koa.**

**3.** Ny fakam-panahy sasantsasany mahazatra atrehan'ireo tanora ankehitriny dia ahitana ny tsy fanajana ray aman-dreny sy ny mpitarika, ny fangalarana any am-pianarana, ny fifosafosana, ny fiakanjo tsy maontina, ny fandikana ny lalan'ny fahadiovam-pitondrantena, ny fandikana ny Tenin'ny Fahendrena (paraky, alikaola, ary rongony), ary ny fijerena pôrnôgrafia. Misafidiana roa na maromaro kokoa amin'ireo fakam-panahy ireo, ary soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe ahoana no fomba mety ho fiantraikan'izy ireo tsirairay eo amin'ny fianakaviana sy ny naman'ilay olona izay voan'ilay fakam-panahy.

Ny ambiny sisa ao amin'ny 1 Nefia 18 dia mampianatra antsika ny fomba fihetsika rehefa tonga ny ady



mafy, na tonga noho ny fanaovana safidy ratsy izany na noho ny tsy fahadisoana avy amintsika. Vakio ny 1 Nefia 18:15–16, 20–23, ary asio marika ireo andianteny izay mampianatra antsika ny tokony atao amin'ny ireo toe-javatra roa ireo.

Misy fotopampianarana sy fitsipika maro hita taratra ao amin'ireo andininy ireo. Soraty eo aorian'ireto fanambarana tsirairay ireto hoe firy ny laharan'ilay andininy na ireo andininy ao amin'ny 1 Nefia 18:15–16, 20–23 izay tsapanao fa maneho ohatra amin'izany fahamarinana izany:

- **Afaka miandrandra any amin'Andriamanitra isika ary mitoetra ho mahatoky mandritra ireo fitsapana atrehantsika.** ______________________
- **Ny vavaka dia afaka manampy antsika ahita fiadanana mandritra ny fitsapana atrehantsika.** _
______________________________________

**4.** Mifidiana iray amin'ireo andininy izay nampiasainao teo amin'ny fampiasana tetsy ambony ka tena manandanja aminao, ary hazavao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony hitiavanao izany. Ampiaraho amin'izany izay zavatra nianaranao tao amin'io andininy io sy izay zavatra nampianarin'izany anao mikasika ny fihetsika hiatrehana ny fijaliana. Raha toa ka nahita ohatra iray mikasika ny zavatra ampianarin'io andininy io teo amin'ny fiainanao manokana ianao na teo amin'ny fiainan'olon-kafa, dia soraty ihany koa ny mikasika izany.

Na dia teo aza ny ady mafy natrehan'izy ireo, dia tonga soa aman-tsara tany amin'ny tany nampanantenaina ihany i Nefia sy ny fianakaviany. Rehefa mikatsaka ny fitarihan'ny Tompo ihany koa ianao sy miasa mafy mba hanarahana izany, dia afaka ny hahomby ihany koa amin'ny famitana ny dia izay nandefasan'ny Tompo anao mba ho tanterahanao eto an-tany.

Nanolotra izao fijoroana ho vavolombelona izao ny Loholona L. Whitney Clayton :

"Na toy inona na toy inona ireo enta-mavesatra izay atrehantsika eo amin'ny fiainana vokatry ny toe-javatra voa-janahary, na noho ny fitondran-tena ratsy afitsoky ny hafa, na noho ny fahadisoantsika sy ny faharatsiantsika manokana, dia zanaky ny Ray any An-danitra izay tia antsika avokoa isika rehetra, izay nandefa antsika tety an-tany, izay anisan'ny ao anatin'ny Drafiny ho an'ny fitomboantsika sy ny fivoarantsika. Ireo traikefantsika manokana ho an'ny tenantsika dia afaka manampy antsika hiomana hiverina any Aminy. Ny fahoriantsika sy ny fijaliantsika, na dia sarotra zakaina toy ny ahoana aza, dia tsy maharitra, raha jerena amin'ny fijerin'ny lanitra, afa-tsy 'fotoana fohy; ary avy eo, raha iaretan[tsika] tsara izany, dia hanandratra [antsika] ho amin'ny avo Andriamanitra' [F&F 121:7–8]. Tsy maintsy manao izay rehetra azontsika atao isika mba hahazakana 'tsara' ny enta-mavesatsika na manao ahoana na manao ahoana ny halavan'ny 'fotoana fohy' hizakantsika azy ireny. . . .

". . . Fantatro fa raha mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny fanekempihavanantsika isika, dia hanampy antsika Izy amin'ny enta-mavesatra zakaintsika. Mampahatanjaka antsika Izy. Rehefa mibebaka isika dia hamela heloka antsika Izy ary hitahy antsika amin'ny fiadanan-tsaina sy ny fifaliana" ("That Your Burdens May Be Light," 13–14).

## 1 Nefia 19

### *Noraketin'i Nefia ireo faminaniana mikasika an'i Jesoa Kristy mba handresen-dahatra antsika hahatsiaro Azy*

Rehefa tonga tao amin'ny tany nampanantenaina i Nefia dia naminany mikasika ny fiavian'ny Mpamonjy sy ny fomba handraisan'ny Vahoakany Azy. Vakio ny 1 Nefia 19:8–10, ary tadiavo ireo andian-teny izay mampianatra ny toetoetran'i Jesoa Kristy sy ny toetra ananany.

**5.** Raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba nampitombo ny fitiavanao ny Mpamonjy noho ny zavatra izay nianaranao tao amin'ny 1 Nefia 19:8–10.

Farano amin'ny famakiana ny 1 Nefia 19:18–19, 23 ny lesona androany sy amin'ny fanipihana ny zavatra izay nirian'i Nefia handresena lahatra ny vahoaka sy ny olona rehetra izay mamaky ny Bokin'i Môrmôna. Mijere fotoana androany ahafahanao mizara ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny Mpamonjy amin'ny namana na ny fianakavianao, na zarao ny fijoroanao ho vavolombelona mandritra ny fivoriana iray karakarain'ny Fiangonana. Ny fanaovanao izany dia mety hahafahanao hanampy azy ireo hahatsiaro sy hino ny Mpanavotra azy.

**6.** Raketo ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo fomba hahafahanao manaraka ny ohatr'i Nefia eo amin'ny fiainanao manokana.

**7.** Soraty ery amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nianatra ny 1 Nefia 18–19 aho ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 5: ANDRO 1


# 1 Nefia 20–22

## Fampidirana

Ao amin'ny 1 Nefia 20–21 i Nefia dia nanambara ireo faminanian'i Isaia, mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha, izay hita tao amin'ireo takela-barahina ny sorany, takelaka izay nandefasana an'i Nefia sy ny rahalahiny niverina tany Jerosalema mba ho alain'izy ireo tany amin'i Labana. Nampianatra i Isaia fa na dia tamin'ny fotoana tsy nitandreman'i Isiraely fahiny ny fanekempihavanan'izy ireo aza dia mbola nitia azy ireo ihany ny Tompo ary nanasa aza ireo mba hibebaka sy hanatona Azy. Rehefa mandalina ireo toko ireo ianao, dia ifantohy ny zavatra nampianarin'i Isaia mikasika an'i Jesoa Kristy sy ny faniriany hanavotra ny vahoakany.

## 1 Nefia 20

*Nanafay an'i Isiraely ny Tompo ary nanasa azy ireo mba hiverina Aminy*



Afaka mieritreritra fotoana iray ve ianao izay nanaovanao zavatra izay tsy mifanaraka amin'ireo fanekempihavanana nataonao, na tsy mifanaraka amin'ny fenitry ny Fiangonana? Ahoana no fahatsapanao mikasika ny fanapahan-kevitra noraisinao? Vakio ny 1 Nefia 20:1–2. Iza no niresahan'i Isaia ? Iza no "mpianakavin'i Jakôba"?

Ao amin'ny Testamenta Taloha, i Jakôba dia zanak'i Isaka ary zafikelin'i Abrahama. Ny Tompo no nanome azy ny anarana hoe Isiraely (jereo ny Genesisy 32:28). "Ny mpianakavin'i Isiraely" dia entina ilazana ireo taranany ary matetika dia antsoina hoe ny "mpianakavin'i Jakôba." Izany koa dia entina ilazana ireo tena mpino an'i Jesoa Kristy marina. (Jereo ny Torolalana Ho an'ny Soratra Masina, "Isiraely"; jereo koa ny Bible Dictionary, "Israel, Kingdom of.") Tahaka ny tamin'ny fotoana fahiny, ireo izay manao fanekempihavanana (toy ny batisa) amin'Andriamanitra amin'izao fotoana izao dia noheverina ho toy ny anisan'ny mpianakavin'i Isiraely.

Tadiavo ny 1 Nefia 20:3–4, 8, 18, ary tsipiho ireo teny na andian-teny izay milaza fa tsy nahatoky tamin'ny Tompo ny mpianakavin'i Isiraely. Ilay andian-teny hoe "hoza-by ny hatokao ary varahina ny handrinao" (1 Nefia 20:4) dia hevi-teny hanehoana ny toetoetra izay antsoin'ny soratra masina ombieny ombieny hoe "fahamafisan-katoka." Ny fanazavana iray azo entina ho an'ity teny ity dia hoe ireo biby toy ny omby sy ny apondra dia manamafy ny hatok'izy ireo mba tsy hahatonga azy hotarihin'ny tompony. Ny fanazavana iray hafa koa dia hoe ireo olona izay tsy vonona ny hanondrika ny lohan'izy ireo dia mafy hatoka. Tahaka izany koa, nanamafy ny hatok'izy ireo ny mpianakavin'i Isiraely tamin'ny alalan'ny avonavona sy ny faharatsiana ary nandà tsy ho tarihin'ny Tompo.

Mba hahafahana mahatakatra tsara ireo andininy ireo sy ampitahana izany amin'izao androntsika izao, dia eritrereto hoe ahoana no hanehoan'ireo fanazavana mikasika ny mpianakavin'i Isiraely ireo ny zavatra ataon'ny olona sasany amin'izao fotoana izao.

Rehefa mamaky ny 1 Nefia 20:9–14, 16 ianao dia diniho hoe inona no ampianarin'ireo andininy ireo mikasika ny Tompo sy ny hoe tahaka ny ahoana Izy.

**1.** Soraty fohifohy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Na dia nikomy aza ireo vahoaka ireo tany aloha, nanao ahoana ny fihetsiky ny Tompo tamin'izy ireo? Nahoana? (Jereo ny 1 Nefia 20:9–11, 14.)

**b.** Inona no tian'ny Tompo ho ataon'ny vahoakan'ny Fanekempihavanany? (Jereo ny 1 Nefia 20:12, 16.)

Ireo andininy ireo no hianarantsika fa **ny Tompo dia manasa ireo izay tsy mpankato mba hibebaka sy hiverina Aminy.** Rehefa mamaky ity fanambarana manaraka ity ianao izay nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia tsipiho ny teny iray na maromaro izay manamafy io fahamarinana io:

"Tian' [i Satana] isika hahatsiaro tena hoe tsy azo avela heloka intsony (jereo ny Apôkalypsy 12:10). Tian'i Satana isika hieritreritra hoe rehefa nanota dia efa nihoatra an'ilay "fotoana tsy ahafahana miverina intsony" —ary efa tara loatra ka tsy azo ovaina ny lalantsika.

### Fandalinana

Ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia nampianatra hoe: "Tsy mitovy ny atao hoe mamaky, sy ny mandalina ary ny mandinika. Mamaky ireo teny isika ary mety mahita hevitra. Mandalina isika ary mety hahita ho fakan-tahaka sy fifandraisana ao amin'ny soratra masina. Rehefa mandinika isika dia manasa ny fanambarana avy amin'ny Fanahy. Ny fandalinana amiko, dia ny fieritreretana sy ny fivavahana ataoko aorian'ny famakiana sy ny fandalinana ny soratra masina tamim-pitandremana" ("Serve with the Spirit," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 60). Ny fianarana ny soratra masina any amin'ny toerana tony izay ahafahanao mandinika azy ireny dia hanampy anao hahatsapa ny fitaoman'ny Fanahy Masina.

“Tonga i Kristy mba hamonjy antsika. Raha nandeha tamin’ny lalana tsy izy isika, dia afaka manome fahatokiana antsika ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy fa ny fahotana dia *tsy hoe* fotoana tsy ahafahana miverina intsony. Azo atao ny miverina soa aman-tsara raha manaraka ny drafitr’Andriamanitra ho an’ny famonjena antsika isika” (“Point of Safe Return,” *Ensign* na *Liahona,* mey 2007, 99).

## 1 Nefia 21:1–17

### *Naminany i Isaia fa tsy hadinon’ny Mesia ny vahoakan’ny Fanekempihavanany*

Ao amin’ny 1 Nefia 21:1–13 dia noraketin’i Nefia ny iray amin’ireo faminanian’i Isaia izay mahakasika an’i Jesoa Kristy, dia ilay ho Mesia. Ny hoe *Kristy* (teny Grika) sy ny hoe *Mesia* (teny Hebreo) dia samy midika hoe “ilay Voahosotra” na “ilay Voafidy.” I Jesoa Kristy dia voafidy ho Mpanavotra an’i Isiraely sy an’ireo Jentilisa.

Rehefa mamaky ny 1 Nefia 21:6–13 ianao dia mariho ao amin’ny soratra masinao ireo teny izay mamariparitra an’i Jesoa Kristy sy izay ho ataony amin’ny maha Mpanavotra an’i Isiraely Azy.

Vokatry ny fahotan’ny zanak’i Isiraely dia nihataka tamin’ny Tompo izy ireo ary nahatsiaro ho adinony sy nafoiny (jereo ny 1 Nefia 21:14). Na dia nahatsiaro ho nafoin’ny Tompo aza izy ireo dia mitadiava porofo ao amin’ny 1 Nefia 21:14–16 fa **tian’ny Tompo isika ary tsy ho adinony na oviana na oviana.** Azonao marihana ao amin’ireo andininy ireo izay teny manandanja aminao.



Ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanazava ny fomba nitehirizan'ny Mpamonjy ireo ratra tamin'ny nanomboana Azy mba ho porofo fa tsy ho adinony na oviana na oviana isika: "Tsy ho adinon'i Kristy ireo zanaka izay navotany na ilay fanekempihavanana izay nataony tamin'izy ireo mba ho fanavotana an'i Ziona. Ireo mpampahatsiahy maharary hahatsiarovana ny fiahia[ny] sy ny fanekempihavana[ny] no marik'ireo fantsika Romana voasokitra eo amin'ny felan-tanany" (*Christ and the New Covenant* [1997], 84).

**2.** Manorata valinteny fohy ho an'ireto fanontaniana manaraka ireto ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina:

**a.** Nahoana, araka ny hevitrao, no mihevitra ny olona sasany indraindray fa nanadino azy ireo ny Tompo?

**b.** Inona hoy ianao no dikan'ny hoe voasokitra eo amin'ny felan-tanan'ny Mpamonjy? Ahoana no ahafahan'izany manampy anao hankafy ny fijalian'ny Mpamonjy teo amin'ny hazo fijaliana?

**d.** Inona no traikefa izay nanampy anao hahafantatra fa tsy nanadino anao ny Tompo?

**3.** Alaivo sary antsaina hoe manana namana iray ianao izay nilaza fa tsy mahatsiaro tena ho mendrika hanatrika any am-piangonana intsony izy noho ireo fahotana taloha. Manorata taratasy fankaherezana fohifohy ho an'io namana io ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina, amin'ny fampiasana izay zavatra nianaranao tao amin'ny 1 Nefia 20–21 sy ny fanambaran'ny Filoha Uchtdorf ao amin'ny ampahany fanaovana fandalinana ao amin'ny 1 Nefia 20.

## 1 Nefia 21:18–22:22

### *Nazavain'i Nefia ny faminanian'i Isaia mikasika ny fampielezana sy ny fanangonana an'i Isiraely*

Nampidirin'i Nefia tao amin'ny rakitsorany ny iray amin'ireo faminanian'i Isaia mikasika ny fanangonana an'i Isiraely. Izany dia hita ao amin'ny 1 Nefia 21:18–26. Natolotr'i Nefia ao amin'ny 1 Nefia 22 ny fanazavany sy ny fanamarihany manokana mikasika ny faminanian'i Isaia. Rehefa mamaky ny 1 Nefia 22:4–12 ianao dia tadiavo ny fanazavan'i Nefia ny fomba hanangonana an'i Isiraely any amin'ny andro farany.

Mety hanampy anao ny fahafantarana fa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny teny hoe "Jentilisa" dia matetika miresaka an'ireo olona izay tsy taranak'i Joda. Ilay teny hoe "asa iray mahatalanjona" dia miresaka momba ny Famerenana ny Filazantsara amin'ny laoniny amin'ny andro farany. Mariho ihany koa hoe impiry i Nefia no miresaka fanekempihavanana—azonao asiana marika ireo ao amin'ny soratra masinao.

**Nampanantena ny Tompo fa hamerina ny filazantsara amin'ny laoniny ary hanangona an'i Isiraely amin'ny andro farany.** Asio marika ao amin'ny soratra masinao izay zavatra hitranga amin'i Satana noho ny fahamarinan'ny vahoaka rehefa mandalina ny 1 Nefia 22:17, 19–22, 25–28 ianao.

**4.** Soraty ery amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nianatra ny 1 Nefia 20–22 aho ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

FAMPAHAFANTARANA NY

# 2 Nefia

### Inona no antony handalinana ity boky ity?

Ny boky 2 Nefia dia hanampy anao hahatakatra fotopampianarana fototra an'ny filazantsara, toy ny Fahalavoan'i Adama sy i Eva, ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ary ny fahafahana misafidy. Ankoatra izany, io boky io dia feno faminaniana avy amin'i Nefia, sy i Jakôba ary i Isaia izay vavolombelona manokan'ny Mpamonjy. Naminany mikasika ny Famerenana amin'ny Laoniny ny filazantsara amin'ny andro farany izy ireo, sy ny fanangonana ny vahoakan'ny fanekempihavanan'Andriamanitra ary ny Arivotaona. Ny boky 2 Nefia koa dia ahitana ny fanazavan'i Nefia ny fotopampianaran'i Kristy ary mifarana amin'ny fijoroan'i Nefia ho vavolombelona momba ny Mpamonjy.

### Iza no nanoratra ity boky ity?

I Nefia, zanakalahin'i Lehia no nanoratra ny 2 Nefia. I Nefia dia mpaminany sy mpitarika lehibe voalohan'ny vahoaka Nefita. Ny rakitsorany dia maneho fa niaina ny hery manavotry ny Tompo izy (jereo ny 2 Nefia 4:15–35; 33:6) ary naniry tamin'ny fony iray manontolo mba hitondra famonjena ho an'ny olony (jereo ny 2 Nefia 33:3–4). Mba hanatanterahana izany tanjona izany dia nanorina tempoly iray izy ary nampianatra ny olony mba hino an'i Jesoa Kristy.

### Oviana ary taiza no nanoratana izany?

I Nefia dia nanomboka nanoratra ilay tantara izay lasa 2 Nefia teo ho eo amin'ny 570 Talohan'i Kristy—30 taona taorian'ny nandaozan'izy sy ny fianakaviany an'i Jerosalema (jereo ny 2 Nefia 5:28–31). Nanoratra izany izy fony tany amin'ny Tanin'i Nefia (jereo ny 2 Nefia 5:8, 28–34).

FIZARANA 5: ANDRO 2

# 2 Nefia 1

## Fampidirana

Rehefa mandalina ny 2 Nefia 1 ianao dia jereo fa ahitana teny avy amin'ny ray aman-dreny be fitiavana iray sady mpitarika ao amin'ny fisoronana izay efa akaiky ho faty izany. Nitalaho tamin'ny fianakaviany i Lehia mba hankatò ny didin'Andriamanitra (jereo ny 2 Nefia 1:16). Naminany izy fa raha mankatò ny didin'Andriamanitra izy ireo dia hiroborobo eo amin'ilay tany nampanantenaina. Nanentana ny zanany sy ireo izay niaraka tamin'izy ireo avy any Jerosalema koa izy mba hanaraka ny fitarihana ara-paminaniana nomena an'i Nefia. Rehefa mandalina io toko io ianao dia tombantombano ny fankatoavanao manokana ny didin'ny Tompo. Hatraiza ny fanarahanao antsakany sy andavany ny torohevitr'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana?

### 2 Nefia 1:1–23

*Nanentana ny olony i Lehia mba hiaina amim-pahamarinana*

Alaivo sary an-tsaina hoe mila mandao tampoka ny fianakavianao ianao ary tsy hahita azy ireo intsony. Manana fahafahana farany iray monja mba hiresahana amin'izy ireo ianao. Inona no mety holazainao azy ireo ao anatin'izany toe-javatra izany?

Ao amin'ny 2 Nefia 1–4 no niraketan'i Nefia ny torohevitra farany nomen'ny rainy ho an'ny fianakaviany. Rehefa mandalina ireo toko ireo ianao dia eritrereto hoe ahoana no fomba fiantefan'ny fampianaran'i Lehia noraketina farany eo aminao.

Vakio ny 2 Nefia 1:1–4, ary tadiavo ny "[zavatra lehibe] efa nataon'ny Tompo" ho an'ny fianakavian'i Lehia.

**1.** Manorata valiny fohy ho an'ireto fanontaniana manaraka ireto ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina.

**a.** Ahoana no fomba nanehoan'ny Tompo famindram-po tamin'ny fianakavian'i Lehia?

**b.** Inona avy ireo "zavatra lehibe" efa nataon'ny Tompo ho anao sy ny fianakavianao? Inona no zavatra tsapanao momba ny Tompo rehefa mieritreritra ny fanehoany famindram-po lehibe ho anao sy ny fianakavianao ianao?

Nampianarin'i Lehia ny fianakaviany fa ny fisafidianana ny hitandrina ny didin'Andriamanitra dia hamaritra ny hitohizan'ny fandraisan'izy ireo "zavatra lehibe" sy ny "famindram-pon'Andriamanitra" na tsia eo amin'ny fiainany.

**_Mamantatra ireo Fotopampianarana sy Fitsipika_**

Mitaky ezaka sy fampiharana feno fahamatorana ny fianarana ny fomba hamantarana ireo fotopampianarana sy fitsipiky ny filazantsara hita ao amin'ny soratra masina. Ny fanoratana fahamarinana hitanao ao amin'ny soratra masina amin'ilay rafipehezanteny manana endrika hoe "raha toa ka . . . dia" dia afaka manampy anao hahatakatra fitsipika izay azo ampiharina eo amin'ny fiainanao.

**2.** Mba hanampiana anao hahita fa **ny Tompo dia mitahy antsika rehefa mitandrina ny didiny isika ary mihazona ireo fitahiana rehefa tsy mitandrina ny didiny isika,** dia manaova tabilao toy io eo ambany io ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Vakio ny 2 Nefia 1:7–11, ary tadiavo ireo zavatra tokony hatao ("raha toa ka") izay nolazain'i Lehia fa hitondra vokany miavaka ("dia"). Soraty eo ambanin'ilay faritra iray mifanaraka amin'izany ao anatin'ilay tabilao ao amin'ny diary fandalinanao ny zavatra hitanao.

| Raha toa ka (zavatra tokony hatao) | Dia (vokany) |
|---|---|
| | |

Niahiahy manokana momba ny toe-panahin'i Lamàna sy i Lemoela i Lehia ary nahatsapa fa nila nibebaka izy ireo. Rehefa nananatra azy ireo izy dia nampiasa tandindona maro mba hanampiana azy ireo hahatakatra ny fahotana sy ny fibebahana. Karohy ao anatin'ny 2 Nefia 1:13–14 ireo tandindona nampiasain'i Lehia mba hamporisihana ireo zanakalahiny hibebaka ary soraty eo amin'ireto faritra banga eto ambany ireto ny valinteny omenao:

"______________ amin'ny . . . lalina ______________"

"______________ manifika ny . . . ______________
______________"

"______________ avy eo amin'ny . . . ______________"

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no mahatonga ny fibebahana hitovy amin'ireo andian-teny tsirairay hita etsy amin'ilay fampiasana etsy ambony ireo?

Vakio ny 2 Nefia 1:15, ary asio marika ao anatin'ny soratra masinao ireo andian-teny telo izay nampiasain'i Lehia mba hamaritana ireo fitahiana azony noho ny fankatoavany ny didin'Andriamanitra. Ampitahao amin'ireo voka-dratsy ao anatin'ny 2 Nefia 1:17–18, 22 izay nolazain'i Lehia fa hianjady amin'ireo izay tsy mitandrina ny didin'Andriamanitra ireo fitahiana ireo.



Asio marika ny torohevitra nomen'i Lehia ao anatin'ny 2 Nefia 1:23, ary diniho ny zavatra tokony hataonao eo amin'ny fiainanao mba "hifohazana" na "hanakifihana" na "hivoahana" mba hahafahanao mahazo ireo fitahiana izay nolazain'i Lehia ao amin'io toko io.

## 2 Nefia 1:24–32

*Nananatra ireo zanakalahiny i Lehia mba hanaraka ny fitarihana mifono faminaniana ananan'i Nefia*

Nampahatsiahivin'i Lehia ny fianakaviany sy ny hafa avy eo ilay loharano iray hafa mitondra fitarihana sy fitaomam-panahy izay nomena azy ireo mba hanampiana azy ireo handray fanapahan-kevitra tsara eo amin'ny fiainan'izy ireo. Vakio ny 2 Nefia 1:24, ary tadiavo izany loharano izany.

Rehefa mamaky ny 2 Nefia 1:24–27 ianao dia tadiavo ny fomba namporisihan'i Lehia ny vahoakany mba hanaraka an'i Nefia. Eritrereto izay valinteny homenao amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona avy ireo toetra nantitranterin'i Lehia fa hanampy anao hahatoky an'i Nefia amin'ny mahampitarika azy?
- Nahoana no hahatoky mpitarika iray izay manana ireo toetra ireo ianao?
- Ahoana no fomba hitanao fa nanehoan'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao ireo toetra ireo?

Vakio ny 2 Nefia 1:28–32, ary asio marika ao anatin'ny soratra masinao ireo fampanantenana nomen'i Lehia an'ireo izay hanaraka ny fitarihan'i Nefia. Ireo fampanantenana ireo dia mampiseho fa **rehefa manaraka ireo nantsoin'Andriamanitra mba hitarika antsika isika dia mahazo firoboroboana sy fiarovana**

**ara-panahy.** Saintsaino ny zavatra nampianarin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana vao haingana mikasika ny fomba ahafahan'ny fankatoavana torohevitra iray azo avy amin'ny fanentanam-panahy mitondra any amin'ny fahazoanao firoboroboana sy fiarovana ara-panahy.



Vakio ity fanambarana manaraka nolazain'ny Filoha Wilford Woodruff ity ary tsipiho ireo fampanantenana nataony raha toa ka manaraka ny torohevitr'ireo mpanompon'ny Tompo isika: "Manantena aho fa ho afaka ny hanaraka ny lalana napetrak'ireo mpanompon'ny Tompo ho antsika isika, satria raha manao izany isika dia fantatro fa ho voaro eto amin'ity izao tontolo izao ity ary hahazo fifaliana azo antoka sy fisandratana any amin'ilay tontolo ho avy. . . . Raha toa ka mahatoky isika dia hitarika antsika eo amin'ny lalan'ny fiainana izy ireo ary raha mbola manam-pinoana hino ny torolalany sy ny fampianaran'ny Fanahy Masina avy amin'ny alalan'izy ireo isika, dia ho eo amin'ny lalana azo antoka foana ary afaka mahatoky fa hahazo ny valisoantsika" (*Teachings of Presidents of the Church: Wilford Woodruff* [2004], 199).

**4.** Soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony maha zava-dehibe ny fankatoavana ny didin'ny Tompo sy ny torohevitr'ireo mpanompony mandritra ny fiainanao.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 1 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

Fanontaniana, *eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 5: ANDRO 3

# 2 Nefia 2

## Fampidirana

Tao anatin'ny 2 Nefia 2, dia nampianarin'i Lehia an'i Jakôba zanany lahy ny antony nametrahan'ny Ray any An-dantira ny zanany ao anatin'ny tontolo iray ahitana fijaliana, fahoriana, fahotana ary fahafatesana. Mba



hanampiana an'i Jakôba hahatakatra ny tanjon'ny fiainana an-tany dia nanazava fotopampianarana fototra mikasika ny drafitry ny famonjena izy —izay ahitana ny fahafahana misafidy, ny Fahalavoan'i Adama, ary ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ny fandalinanao ireo fahamarinana nampianarina ao anatin'ny 2 Nefia 2 dia afaka manampy anao hankasitraka feno kokoa ny nandresen'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny vokatry ny fahalavoana ka mahatonga antsika tsirairay avy ho afaka hanao safidy hitondra antsika any amin'ny fiainana mandrakizay.

## 2 Nefia 2:1–25

*Nampianatra momba ny Fahalavoan'i Adama sy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy i Lehia*

Eritrereto ireo olana natrehanao tato ho ato. Efa nanontany tena ve ianao hoe nahoana no ahitana olana toy izany ny fiainana? Rehefa mamaky ny 2 Nefia 2:1 ianao dia azonao atao ny manisy marika ireo teny na andian-teny izay nampiasain'i Lehia mba hamaritana ny zava-nitranga tamin'ny fahazazan'i Jakôba. Vakio ny 2 Nefia 2:2, ary asio marika ny zavatra nampanantenain'i Lehia an'i Jakôba fa hiseho vokatr'ireo fahoriany. Ny dikan'ilay teny hoe *manokana* dia manamasina. Toa nampanantena an'i Jakôba i Lehia fa ny Tompo dia hanokana ny fahoriany ho tombontsoany lehibe.

Nampianarin'i Lehia an'i Jakôba ny nilana ny Fahalavoan'i Adama sy ny filantsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra. Tiany i Jakôba mba hahafantatra fa ny Fahalavoana sy ny Sorompanavotana dia manome fahafahana antsika mba hampiasa ny fahafahantsika misafidy, mba hahafahantsika mivoatra mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Vakio ny 2 Nefia 2:15–18, ary manorata valiny fohy ho an'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no nomen'Andriamanitra an'i Adama sy i Eva tao amin'ny Sahan'i Edena izay nanome azy ireo fahafahana hampiasa ny fahafahany misafidy? (Jereo ny 2 Nefia 2:15–16.) ______________________________

  ______________________________

- Inona no nokatsahan'i Satana tao amin'ny Sahan'i Edena? (Jereo ny 2 Nefia 2:17–18.) Ahoana no fomba mbola hikatsahan'i Satana izany tanjona izany ankehitriny? ______________________________

  ______________________________

  ______________________________

**1.** Ataovy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina io tabilao etsy ambany io. Vakio ny 2 Nefia 2:19–25, ary tadiavo ny mety ho vokany raha toa ka tsy nihinana ilay voankazo voarara sy tsy lavo i Adama sy i Eva, ary koa ny vokatra nateraky ny Fahalavoana.

| Raha toa ka tsy lavo i Adama sy i Eva (2 Nefia 2:22–23) | Noho ny fahalavoan'i Adama sy i Eva (2 Nefia 2:19–20, 25) |
| --- | --- |
| | |

Rehefa feno ilay tabilao dia eritrereto ny antony **maha-ampahany manan-danja ny fahalavoan'i Adama sy i Eva ao anatin'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any An-danitra.**

**2.** Eritrereto hoe misy namana iray milaza aminao fa nanao hadisoana i Adama sy i Eva tamin'ny nihinanany ilay voankazo voarara. Amin'ny alalan'ny fampiasana ny zavatra nianaranao tao amin'ny 2 Nefia 2:19–25, dia manorata andinin-tsoratra iray ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, izay manazava ny antony naha zava-dehibe ny Fahalavoana tao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra ho an'ny famonjena antsika.

### Manaova Fanazaran-tena Manazava ireo Fahamarinan'ny Filazantsara

Ho angatahana ianao mba hanazava ny finoanao sy ireo fampianaran'ny filazantsara mandritra ny fiainanao—amin'ny maha-misiônera, na ao anatin'ireo antso sahanina ao am-piangonana na eo amin'ny fianakavianao sy eo amin'ireo namanao ary ireo olom-pantatrao. Rehefa mizatra manazava ny filazantsara amin'ny alalan'ny fanoratana izany ianao dia mety hanampy ny mieritreritra hoe manoratra ho an'olona iray manokana mihitsy ianao. Hanampy anao hifantoka amin'ny fandrindrana ilay hafatry ny filazantsara mba hifanaraka amin'izay ilain'io olona io izany.

Raha toa ka nanokatra ny lalana mba hivoarantsika ny Fahalavoan'i Adama sy i Eva dia nitondra vokany hafa koa izany. Talohan'ny Fahalavoana dia teo anatrehan'Andriamanitra i Adama sy i Eva tao amin'ny Sahan'i Edena. Rehefa avy nihinana ilay voankazo voarara izy ireo dia tsy maintsy niala teo anatrehany.

Vakio ny 2 Nefia 2:5, ary tadiavo ilay andian-teny izay maneho ny fisarahan'i Adama sy i Eva tamin'Andriamanitra taorian'ny Fahalavoana. Ny hoe "lalàn'ny tany" dia ilazana ny lalàna mifehy ny tany, izay nihatra vokatry ny Fahalavoana. Noho izany ny hoe "nesorina" noho ny "lalàn'ny tany" dia ilazana ny toe-javatra iainana eto an-tany izay lovaintsika amin'ny maha-taranak'i Adama sy i Eva antsika. Noho ireo lalàna ireo dia tafasaraka ara-toerana amin'Andriamanitra isika ary handalo alahelo,

fijaliana, fahoriana ary fahafatesan'ny vatana. Ny hoe "nesorina" noho ny "lalàn'ny fanahy" dia ilazana ny fisarahana amin'Andriamanitra noho ny fahotantsika.

Saintsaino ny fomba niainanao manokana ireo vokatry ny Fahalavoana ireo amin'ny alalan'ny fieritreretana an'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona avy ireo fahoriana sy fijaliana ary alahelo efa niainanao teto an-tany?
- Iza no fantatrao fa maty? Inona no vokatry ny fahafatesan'io olona io teo aminao?
- Oviana ianao no nahatsapa ho tafasaraka ara-panahy tamin'Andriamanitra?

Rehefa mamaky ny 2 Nefia 2:6–10 ianao dia azonao atao ny manisy marika teny na andian-teny izay mampiseho fa **Manavotra antsika amin'ny vokatry ny Fahalavoana sy manolotra fanavotana amin'ny fahotantsika i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny Sorompanavotana.** Ao amin'ny 2 Nefia 2:9–10, ny teny hoe *fanalalànana* dia midika hoe manao zavatra ho an'ny tombontsoan'olona iray hafa.

## Soratra Masina Fehezina—2 Nefia 2:25

Rehefa nampianatra an'i Jakôba mikasika ny Fahalavoan'i Adama sy ny fifanoherana iainantsika eto an-tany i Lehia dia nohamafisiny ireo voka-tsoa nateraky ny Fahalavoana ho an'ny olombelona rehetra.

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no fomba hitondran'ny Fahalavoana fifaliana ho an'ny olombelona araka ny zavatra nianaranao momba izany?

**b.** Oviana ianao no niaina fifaliana noho ireo voka-tsoa nentin'ny Fahalavoana?

## 2 Nefia 2:11–18, 26–30

### *Nampianatra momba ny fahafahana misafidy sy ny vokatry ny safidy ataontsika i Lehia*

Mieritrereta safidy manan-danja iray tsy maintsy nataonao vao haingana ary inona no mety ho vokatra maharitra aterak'izany. Nampianarin'i Lehia ny olony ny tena maha zava-dehibe ny fahafahana misafidy ao amin'ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra. Mba hanampiana anao hahatakatra fa **afaka misafidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay isika na ny fahababoana sy ny fahafatesana** (jereo ny 2 Nefia 2:27), dia ataovy ity asa eto ambany eto ity.

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanambarana tsirairay avy ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts* ([Kiboky, 2011], 2–3) manaraka ireto. Avy eo, rehefa mamaky ny andininy tsirairay ao amin'ny 2 Nefia 2:11–18, 26–29 ianao dia mijanonà kely ary soraty aorian'ilay fanambarana na ireo fanambarana ny laharan'ilay andinin-tsoratra masina izay eritreretinao fa manohana izany. Ireo laharan'andinin-tsoratra masina tsirairay dia tokony hosoratana aorian'ny iray amin'ireo fanambarana. Mety hisy fanambarana iray mifandray amin'ny andinin-tsoratra masina mihoatra ny iray ary mety misy andinin-tsoratra masina iray mifandray amin'ny fanambarana mihoatra ny iray. Ohatra, misy andinin-tsoratra masina iray nosoratana ho an'ilay fanambarana voalohany—ny fahamarinana iray nampianarin'i Lehia ao anatin'ny 2 Nefia 2:16 dia ny hoe nomena fahafahana isika mba hanao zavatra araka ny safidintsika.

**a.** "Nomen'ny Ray any An-danitra fahafahana misafidy ianao, ilay fahafahana hisafidy ny tsara na ny ratsy ka hanao araka ny safidinao."

**b.** "Sedraina ianao eto an-tany mba hahitana raha toa ka hampiasa ny fahafahanao misafidy mba hanehoanao ny fitiavanao an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fankatoavana ny didiny."

**d.** "Na dia afaka misafidy ny lalana tianao haleha aza ianao dia tsy afaka misafidy kosa ny vokany."

**e.** "Ny safidy . . . ratsy dia manemotra ny fivoaranao ary mitondra ratram-po sy fahoriana."

**f.** "Mitondra fifaliana maharitra sy fiainana mandrakizay ny safidy tsara."

Vakio ny 2 Nefia 2:26–27. Inona no azonao fidiana? Vakio ny 2 Nefia 2:28, ary asio marika hoe inona koa ny zavatra nomen'Andriamanitra anao mba hanampiana anao "hifidy ny fiainana mandrakizay." Eritrereto ireo safidy nataonao teo amin'ny fiainanao izay mampiseho fa nifidy ny fiainana mandrakizay ianao.

## Soratra Masina Fehezina—2 Nefia 2:27

Ataovy izay hitadidiana ny 2 Nefia 2:27, izay andinin-tsoratra masina fehezina. Vakio im-betsaka izany, dia akatony ny soratra masinao ary ampiasao ny tarehintsoratra voalohan'ny teny tsirairay ao anatin'izany andinin-tsoratra masina izany izay notanisaina etsy ambany mba hanandramanao hitanisana izany amin'ny tenanao irery na amin'ny olona iray ao amin'ny fianakavianao. Avereno izany fampiasana izany mandra-pananaono fahatsapana fa hainao tsara ilay izy.

N i d a n o a n n ; a o a n z r i i n o. A a i n h n f s n f m a n a I M l n o n h n f s n f a n f s n f d ; s k n h n o h o t a.

**5.** Amin'ny alalan'ny fampiasanao ny tarehintsoratra voalohan'ny teny tsirairay fotsiny ihany ao amin'ny 2 Nefia 2:27 hita etsy ambony, dia soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izany soratra masina fehezina izany. Aza mangalatra mijery ilay andinin-tsoratra masina feno!

**6.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina eny amin'ny farany ambanin'ilay asa nampanaovina izao zavatra manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 2 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 5: ANDRO 4

# 2 Nefia 3


## Fampidirana

Ao amin'ny 2 Nefia 3, i Lehia dia nanome torohevitra sy tsodrano an'i Josefa zanany faralahy. Rehefa nanao izany izy dia notantarain'i Lehia ny faminanian'i Josefa tany Egypta mikasika ny anjara asan'i Joseph Smith Zanany, ilay mpahita nofinidy, teo amin'ny fitondrana ny Bokin'i Môrmôna. Ao anatin'ity lesona ity ianao dia homena fahafahana hanana fankasitrahana bebe kokoa ny Mpaminany Joseph Smith ary hahazo fijoroana ho vavolombelona matanjaka kokoa momba ilay asa masina nampiandraiketina azy tao anatin'ny Famerenana amin'ny Laoniny ny filazantsara.

### 2 Nefia 3:1–25

*Nitantara ny faminanian'i Josefa tany Egypta momba ny Mpaminany Joseph Smith i Lehia*

Notohizan'i Lehia ny fizarany torohevitra farany tamin'ny fianakaviany tamin'ny alalan'ny fampianarany an'i Josefa zanany lahy mikasika ireo lehilahy telo izay nantsoina koa hoe Josefa. Manaova tsipika miala avy amin'ilay soratra masina ao amin'ny 2 Nefia 3 mankany amin'ilay Josefa na ireo Josefa izay nianaranao avy ao amin'izany andinin-tsoratra masina izany.




Ity lesona ity dia hiompana amin'ny faminanian'i Josefa tany Egypta mikasika ny Mpaminany Joseph Smith—izay nomena teo amin'ny 3.000 taona mahery talohan'ny nahaterahan'i Joseph Smith!

**1.** Atombohy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fanaovana ny lisitr'ireo zava-niseho sy fampianarana izay tonga ao an-tsaina rehefa mieritreritra mikasika ny Mpaminany Joseph Smith sy ny anjara asany ao amin'ny Famerenana amin'ny Laoniny ny filazantsara ianao. Hampianao ny ao anatin'izany lisitra izany rehefa mahita fampahalalana bebe kokoa ianao ao anatin'ity lesona ity. Noho izany dia asio faritra banga mba hanoratan-javatra bebe kokoa.

Vakio ny 2 Nefia 3:6–8, ary tadiavo ireo teny sy andian-teny nampiasain'i Josefa tany Egypta mba hamaritana ny Mpaminany Joseph Smith ary ny asa ho tanterahany. Ampidiro ao anatin'ilay lisitrao mikasika ny Mpaminany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay teny na andian-teny tsapanao fa manan-danja. Ao anatin'ireo andininy ireo i Josefa tany Egypta dia nijoro ho vavolombelona fa **hatsangan'ny Tompo ny Mpaminany Joseph Smith mba hitondra ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara.** Rehefa manohy mandalina ny 2 Nefia 3 ianao dia mitadiava fahamarinana fanampiny momba ny Mpaminany Joseph Smith izay afaka mampatanjaka ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny asa masina nampanaovina azy ary ampidiro ao anatin'ny lisitrao izany.

> **Manao lisitra**
>
> Ny lisitra dia afaka manampy anao handrindra ny zavatra nianaranao avy amin'ny soratra masina sy ny mpaminany mba hahafahanao mitadidy izany sy mivonona hizara izay fantatrao amin'ny hafa. Rehefa manao lisitra iray ianao dia asio lohateny mazava izany ary ataovy ampy ny fampahalalana ao anatiny mba hahafahanao mitadidy ny tanjon'ilay lisitra rehefa miverina mijery izany ianao aty aoriana.


Mba hanampiana anao hahatakatra tsara kokoa ny faminanian'i Josefa tany Egypta dia jereo ny fiverimberenan'ny teny hoe *mpahita* ao amin'ny 2 Nefia 3:6–7, 11, ary 14. Azonao atao ny manisy fanamarihana eo amin'ny faritra amin'ny sisiny tsy misy soratra eo akaikin'ny iray amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo fa ny atao hoe mpahita dia olona iray afaka mahafantatra ny lasa sy ny ankehitriny ary ny hoavy (jereo ny Môsià 8:13–17).

Ao amin'ny 2 Nefia 3:7, i Joseph tany Egypta dia nilaza fa nolazain'ny Tompo izy hoe i Joseph Smith dia "hanao asa iray izay hanan-danja" amin'ny taranany. Vakio ny 2 Nefia 3:11–15, 19–21 ka tadiavo ilay asa "[m]anan-danja lehibe" izay hotanterahan'ny Tompo amin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph. Ireo fanampiana amin'ny fandalinana izay omena anao (famintinana ny toko, fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy, ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina) dia afaka manampy anao hahatakatra antsipiriany maro mikasika ireo zavatra nolazain'i Josefa. Rehefa mahita fampahalalana vaovao mikasika ny anjara asan'ny Mpaminany

Joseph Smith ianao dia ampidiro ao anatin'ilay lisitra ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izany.

Rehefa miteny hoe "nateraky ny kibon'ny [olona iray]" ny soratra masina dia entiny ilazana ny taranak'ilay olona izany. I Josefa tany Egypta dia naminany fa ny Mpaminany Joseph Smith dia iray amin'ireo taranany izay hitondra ny Bokin'i Môrmôna amin'ny andro farany.

Ao amin'ny 2 Nefia 3:12, ilay andian-teny hoe "koa hanoratra ny nateraky ny kibon'ny [taranak'i Josefa tany Egypta]" dia ilazana ilay rakitsoratra masina—ny Bokin'i Môrmôna—nataon'ny taranak'i Josefa (jereo ny 2 Nefia 3:4). Nambara tamin'ny faminaniana fa ny Bokin'i Môrmôna dia "hitambatra" amin'ny Baiboly izay rakitsoratra masina iray nosoratan'ny "nateraky ny kibon'i Joda." Tadiavo ao anatin'ny 2 Nefia 3:12 ireo andian-teny izay mamaritra ny ho fiantraikan'ny Bokin'i Môrmôna eto amin'izao tontolo izao rehefa mitambatra izy ireo.



I Josefa tany Egypta koa dia naminany fa ny Mpaminany Joseph Smith dia hanana anjara lehibe ao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra mba "hitondra ny oloko amin'ny famonjena" (2 Nefia 3:15).

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto mba hanampiana anao hampitombo ny fankasitrahanao ny anjara asan'i Joseph Smith ao anatin'ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra:

**a.** Inona avy ireo fanekempihavanana na fahefana na ôrdônansy izay naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith, izay afaka manampy amin'ny fitondrana famonjena ho an'ny olona?

**b.** Inona avy ireo fiovana nentin'ireo fitahiana ireo teo amin'ny fiainanao?

Mitadiava teny na andian-teny izay mamaritra ny Mpaminany Joseph Smith ao amin'ny 2 Nefia 3:24, ary ampidiro ao anatin'ilay lisitra ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izany. Rehefa mamaky ity teny manaraka nambaran'ny Filoha Gordon B. Hinckley ity ianao dia ampidiro ao anatin'ilay lisitra izay mety ho fampianarana fanampiny avy amin'ny Mpaminany Joseph Smith ka manamafy hoe izy dia "fitaovana eo am-pelatanan'Andriamanitra":

"Mamelà ahy ianareo hitanisa ny vitsivitsy amin'ireo fotopampianarana sy fomba fanao maro izay mampiavaka antsika amin'ny fiangonana hafa rehetra, ary ireo izay tonga tamin'ny alalan'ny fanambarana tamin'ilay zatovolahy Mpaminany [Joseph Smith]. . . .

"Ny voalohany amin'izy ireo, mazava ho azy, dia ny fisehoan'Andriamanitra tenany mihitsy sy ny Zanany Malalany, Jesoa Kristy Tompo nitsangana tamin'ny maty. . . .

"Izany fahalalana Ny Andriamanitra izany, izay nafenina tamin'izao tontolo izao nandritra ny taonjato maro, no zavatra lehibe sy voalohany nambaran'Andriamanitra tamin'ilay mpanompo nofinidiny. . . .

"Ny Bokin'i Môrmôna dia tonga avy tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana sy ny herin'Andriamanitra. . . .

"Ny [anjara biriky iray hafa nentin'ny Mpaminany Joseph Smith] dia ny fisoronana naverina tamin'ny laoniny. . . .

"Ny fanambarana iray hafa izay lehibe sy miavaka nomena ny Mpaminany dia ny drafitry ny fiainana mandrakizay ho an'ny fianakaviana. . . .

"Ny tsy fananan'ny ankizy kely tsiny dia fanambarana iray hafa izay nomen'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fampiasana ny Mpaminany. . . .

". . . Ato amin'ity Fiangonana ity ihany no ahitana ilay fotopampianarana lehiben'ny famonjena ny maty. . . .

"Nambara ny toetoetra mandrakizain'ny olombelona. . . .

". . . Misy anankiray fanampiny tsy maintsy lazaiko. Ny fitsipiky ny fanambarana maoderina izany. . . .

". . . Nandritra ilay fotoana fohy izay 38 taona sy tapany niainany teto an-tany dia indro fa nisy fandrotsahana fahalalana sy fanomezam-pahasoavana ary fotopampianarana tsy nisy ohatra izany tamin'ny alalan'ny [Mpaminany Joseph Smith]" ("The Great Things Which God Has Revealed," *Ensign,* mey 2005, 80–83).



Taorian'ny nahafaty maritiora ny Mpaminany Joseph Smith, dia nanoratra ilay lasa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135 ny Filoha John Taylor. Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135:3, ary saintsaino ny zavatra nianaranao tao anatin'ity lesona ity momba ny anjara asan'i Joseph Smith tao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra ho an'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara.

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no zavatra nianaranao na tsapanao androany rehefa nandalina ny 2 Nefia 3 ianao, izay nampatanjaka ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny Mpaminany Joseph Smith?

**b.** Inona no nataon'i Joseph Smith, na nampianariny, na naveriny tamin'ny laoniny izay tsapanao fa "manan-danja lehibe" (2 Nefia 3:7) ho anao?

Mikatsaha ombam-bavaka fomba hizarana ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny Mpaminany Joseph Smith amin'ny namanao sy ny fianakavianao mba hanampiana azy ireo hahafantatra ireo zavatra manan-danja lehibe naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalany.

**4.** Soraty eny amin'ny farany ambanin'ilay asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 3 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

## FIZARANA 6: ANDRO 1

# 2 Nefia 4–5

### Fampidirana

Ao amin'ny 2 Nefia 4 ianao dia hamaky ny niantsoan'i Lehia ny taranany rehetra mba hanomezany azy ireo ny toroheviny farany sy ny tsodranony alohan'ny hahafatesany. Taorian'ny nahafatesan'i Lehia dia tezitra tamin'i Nefia i Lamàna sy i Lemoela noho ny fitoriany tamin'izy ireo ny "fananaran'ny Tompo" (jereo ny 2 Nefia 4:13–14). Noho izy sahiran-tsaina tamin'ny toetra sy ny fihetsika nasehon'ireo rahalahiny ary tamin'ny fahalemena sy fahotan'ny tenany manokana dia noraketin'i Nefia tamin'ny alalan'ny fiteny maneho fihetseham-po sy miendrika tononkalo ny zavatra tsapany (jereo ny 2 Nefia 4:15–35). Araka ny voarakitra ao amin'ny 2 Nefia 5, dia nampilaza mialoha an'i Nefia sy ireo izay nanohana azy ny Tompo mba handositra an'i Lamàna sy i Lemoela ary ireo zanakalahin'i Isimaela. Taorian'io fisarahan'izy ireo io dia niaina tao anatin'ny fahamarinana sy fifaliana ny Nefita ary ireo izay nijanona niaraka tamin'i Lamàna sy i Lemoela kosa dia nampisaraka ara-panahy ny tenany tamin'ny Tompo. Ny fanoloran-tenan'i Nefia tamin'ny Tompo dia nanome hery azy handresena ny fahotana sy ny fahakiviana. Dia noraketin'i Nefia ny niainan'izy sy ny olony "tao amin'ny toetry ny fahasambarana" (2 Nefia 5:27).

## 2 Nefia 4:3–11

*Nanoro hevitra sy nitsodrano ny fianakaviany i Lehia*

Mieritrereta fotoana iray izay nandraisanao torohevitra avy amin’ny reninao na ny rainao na ireo mpitarika anao. Moa ve narahanao ilay torohevitra? Nahoana no narahanao na tsy narahanao ilay torohevitra? Manenina ve ianao? Ao amin’ny 2 Nefia 4:1–11, no niraketan’i Nefia ny torohevitra farany sy tsodrano nomen’i Lehia ny fianakaviany. Vakio ny 2 Nefia 4:4–5, ary tadiavo ny torohevitra nomen’i Lehia ny zanany izay afaka miantefa any aminao koa. Moa ve efa nanome torohevitra mitovy amin’izany ny ray aman-dreninao na ny olona ao amin’ny fianakavianao na ireo mpitarika anao?



**1.** Tanisao ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina ny sasany amin’ireo fitahiana izay tonga teo amin’ny fiainanao avy amin’ny fihainoana ny torohevitr’ireo olona izay tia anao. Inona avy ireo fitahiana azo avy amin’ny fankatoavana ny didin’ny Tompo?

## 2 Nefia 4:12–35

*Naneho ny fahatokiany ny Tompo i Nefia ary niaiky ny fahalemeny*

Ao amin’ny 2 Nefia 4:12–35, no nanoratan’i Nefia “ny zavatry ny fanahi[ny]” (2 Nefia 4:15). Vakio ny 2 Nefia 4:15–16, ary tadiavo ny zavatra izay mahafinaritra an’i Nefia.

Eritrereto ireo zavatra mahasoa izay mitondra fifaliana lehibe ho anao. Fenoy amin’ny alalan’ny valiny maro ity andian-teny manaraka ity: ny fanahiko dia finaritra amin’ny ________________________________________

________________________________________________________.

**2.** Soraty ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina ny dikan’ny hoe finaritra amin’ny zavatry ny Tompo araka ny eritreritrao.

Nolazain’i Nefia fa “[ny fony dia misaintsaina]” (2 Nefia 4:15) ny soratra masina. Ny hoe misaintsaina dia tsy midika hoe mandinika sy mieritreritra lalina fotsiny momba ny soratra masina fa manokatra koa ny fontsika hahazo fanambarana sy fahatakarana.

### *Saintsaino ireo Teny sy Andian-teny ao amin’ny Soratra Masina*

Misy lanjany lehibe ny fisaintsainana ny dikan’ireo teny sy andian-teny ao amin’ny soratra masina. Rehefa mizatra misaintsaina ianao dia mamerina manambara amin’ny alalan’ny teninao manokana ny dikan’ilay andian-teny ao amin’ny soratra masina araka ny eritreritrao, dia afaka manampy anao hanana fahatakarana lehibe kokoa momba ilay fahamarinana izany.

Niaina fotoam-pifaliana lehibe i Nefia teo amin’ny fiainany, kanefa nandalo fotoan-tsarotra koa izy. Ivereno ny 2 Nefia 4:12–13 mba hahitana ireo olana sarotra natrehan’i Nefia nandritra izany fotoana izany teo amin’ny fiainany.

Vakio ny 2 Nefia 4:17–18, ary tadiavo izay zavatra hafa nampalahelo an’i Nefia. Rehefa mamaky izany ianao dia tazony ao an-tsaina ireto famaritana manaraka ireto: Ny hoe *fadiranovana* dia midika hoe ory. Ny hoe *nofoko* dia ilazana ny fahelementsika amin’ny mahaolona mety maty antsika. Na dia nahatsapa alahelo noho ny fahotany aza i Nefia dia tsy tokony ho eritreretina mihitsy izany hoe nahatsapa ho meloka noho ny fandikan-dalàna lehibe izy.

Mieritrereta fotoana iray teo amin’ny fiainanao izay nahatsapanao zavatra nitovy tamin’ny an’i Nefia (toy ny fotoana namoizanao olona iray akaikin’ny fo, na nahatezitra ny hafa taminao noho ny fanarahanao ny Tompo, na niatrehanao fitsapana na fahadisoampanantenana, na nahatsapanao alahelo noho ireo fahotanao sy fahalemenao ary fakam-panahy). Vakio ny 2 Nefia 4:19, ary tadiavo ny andian-teny izay maneho ny fanantenan’i Nefia na dia teo aza ny fahoriany. Inona araka ny eritreritrao no tian’i Nefia holazaina rehefa niteny izy hoe: “Fantatro izay efa nitokiako”? Ahoana no ahafahanao manana fahatokiana lehibe kokoa an’Andriamanitra?

Rehefa manohy ny fandalinanao ianao dia mitadiava porofo ao amin’ny fitsipiky ny filazantsara izay maneho fa **manampy izay mametraka ny fahatokiany eo Aminy Andriamanitra.**

**3.** Valio ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina ireo fanontaniana ao anatin’ity tabilao manaraka ity:

| Soratra Masina | Ny Fiantefan'ireo Andininy ireo tamin'i Nefia | Ny Fiantefan'ireo Andininy ireo Aminao |
|---|---|---|
| 2 Nefia 4:20–25 | a. Inona no fitahiana azon'i Nefia tamin'ny Tompo taloha ka nahatonga azy nametraka fitokiana taminy? | b. Inona no fitahiana azonao avy amin'ny Tompo rehefa natoky Azy ianao? |
| 2 Nefia 4:26–30 | d. Ahoana no fiantraikan'ny fahatsiarovan'i Nefia ny fitahiana azony teo amin'ny faniriany ho marin-toetra? | e. Ahoana no fiantraikan'i-reo fitahiana nomen'ny Tompo anao teo amin'ny fanirianao ho marin-toetra? |
| 2 Nefia 4:31–33 | f. Inona no nangatahin'i Nefia tao anatin'ny vavaka? | g. Ahoana no ahafahanao mampihatra ireo andinin-tsoratra masina ireo ao anatin'ny vavaka ataonao? |

Vakio ny 2 Nefia 4:34–35, ary asio marika ireo andianteny izay maneho ny fahatokian'i Nefia ny Tompo.

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nianaranao avy amin'ny fandalinana ny 2 Nefia 4:17–35 ary ireo fomba tianao hampitomboana ny fahatokianao ny Tompo.

## 2 Nefia 5:1–8

### *Nosarahan'ny Tompo tamin'ny Nefita ny Lamanita*

Rehefa mandalina ny 2 Nefia 5 ianao dia mieritrereta olana na fanapahan-kevitra sarotra izay mety atrehanao na efa natrehanao. Nohazavain'i Nefia ato anatin'ity toko ity fa ny rahalahiny dia "nitady ny handatsaka ny ai[ny]" (2 Nefia 5:2). Jereo ao amin'ny 2 Nefia 5:1 ny zavatra nataon'i Nefia mba hamahana izany olana izany. Dia asio marika ao anatin'ny soratra masinao ny zavatra nataon'ny Tompo mba hanampiana an'i Nefia ao anatin'ny 2 Nefia 5:5.

Noho izany fampitandremana izany dia nandao ilay tany lovany voalohany i Nefia sy "ireo . . . rehetra izay nino ny fampitandremana sy ny fanambaran'Andriamanitra" (2 Nefia 5:6). Nanao dia "nandritra ny andro maro" (2 Nefia 5:7) izy ireo ary nipetraka tao amin'ny toerana iray nantsoin'izy ireo hoe Nefia. Izany zavanitranga izany dia mampiseho fa **ny fiarovana dia tonga amin'ny alalan'ny fankatoavana ny fanambaran'Andriamanitra.**



Vakio ity fijoroana ho vavolombelon'ny Loholona Paul V. Johnson ao amin'ny Fitopololahy ity: "Tsy mahagaga raha toa ka tsy mamela antsika irery hitady ny lalantsika ny Tompo eo anatrehan'ny ratsy sy ny fakam-panahy lehibe. Raha ny marina dia misy fitarihana ampy tsara ho antsika tsirairay raha toa isika ka mihaino. Nomena ny fanomezana ny Fanahy Masina ianao mba hitarika sy hanentana ny fanahinao. Manana ny soratra masina, ny ray aman-dreny sy ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana ary ny mpampianatra ianao. Manana ireo tenin'ny mpaminany sy mpahita ary mpanambara izay miaina amin'izao androntsika izao koa ianao. Tena betsaka tokoa ny fitarihana ka tsy tokony hanao fahadisoana lehibe ianao raha tsy hoe inianao tsy raharahiana ilay fitarihana azonao" ("The Blessings of General Conference," *Ensign,* nôv. 2005, 51).

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fampitandremana iray azonao avy amin'ny Tompo na ny mpaminaniny na ireo mpitarika hafa ao amin'ny Fiangonana. Inona no ataonao mba hanarahana izany fampitandremana izany? Ahoana no fomba nanampian'izany fanarahana ilay fampitandremana izany anao teo amin'ny fiainanao ary ahoana no fomba hanampian'izany anao amin'ny ho avy?

## 2 Nefia 5:9–18, 26–27

### *Niaina tao amin'ny toetry ny fahasambarana ny Nefita*

Rehefa avy nitantara ny toe-javatra niteraka ny fisaratsarahan'ny fianakavian'i Lehia i Nefia dia namaritra ny karazam-piainana teo anivon'ny "olon'i Nefia" (2 Nefia 5:9). Vakio ny 2 Nefia 5:27, ary asio marika ilay andian-teny izay maneho ny fomba niainan'ny Nefita. Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe miaina "ao amin'ny toetry ny fahasambarana"?

**6.** Vakio tsara ny 2 Nefia 5:10–18, 26, ary asio marika ao anatin'ny soratra masinao ny zavatra nananan'ny Nefita na nataony ka nahatonga ilay fahasambarany. Fidio ny iray amin'ireo zavatra ireo ary soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba nitondran'izany zavatra natao na toetra izany fahasambarana ho anao. Ohatra, raha toa ianao ka nisafidy ilay hoe nanorina tempoly iray ny Nefita (jereo ny 2 Nefia 5:16), dia azonao soratana ny fomba nitondran'ny tempoly fahasambarana ho anao sy ny fianakavianao.

Ireo fihetsika sy toetra hitanao dia tafiditra ao anatin'ny fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Azonao atao ny manoratra ity fitsipika manaraka ity ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny 2 Nefia 5:27: **Rehefa lasa fomba fiainantsika ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mampitombo ny fahasambarantsika isika.** Zava-marina izany ho an'ireo Nefita na dia nandritra ny fotoana iray nisian'ny fahasarotana lehibe aza. Diniho ny fiainanao ary mivonona hanao zavatra iray mba hiainana feno kokoa ao amin'ny toetry ny fahasambarana. Soraty ao anatin'ny diarinao manokana izany na ao anatin'ny soratra masinao. Ny fitsipika izay nianaranao androany dia mitondra any amin'ny fahasambarana.

**7.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 4–5 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 6: ANDRO 2

# 2 Nefia 6–8

## Fampidirana

Ny rakitsoratr'i Nefia misy ny ampahany voalohan'ny toriteny nataon'i Jakôba zandriny lahy dia hita ao amin'ny 2 Nefia 6–8. (Ny ampahany faharoan'ny toritenin'i Jakôba dia hita ao amin'ny 2 Nefia 9–10.) I Jakôba dia naminany fa hatramin'ny fotoana nandaozan'i Lehia an'i Jerosalema dia nobaboina ny Jiosy ary niely patrana noho ny faharatsiany. Kanefa hanangona amim-pamindram-po ny Jiosy hiverina any Jerosalema ny Tompo. Naminany koa i Jakôba fa haely patrana fanindroany indray ny Jiosy aorian'ny handavan'izy ireo ny Mpamonjy mandritra ny asa fanampoana hataony eto an-tany. Dia haneho famindram-po indray ny Tompo ary hanangona azy ireo amin'ny andro farany rehefa mahafantatra ny Mpamonjy izy ireo. Ankoatra izany dia nindramin'i Jakôba ireo faminanian'i Isaia izay mampiseho ny fahitsim-po aman-tsain'ny Mpamonjy amin'ny vahoakan'ny fanekempihavanany, ny famindram-pony sy ny halehiben'ny fampanantenany ho an'izay mahatoky.

## 2 Nefia 6

### *Naminany mikasika ilay fampielezana sy fanangonana an'i Isiraely i Jakôba*

Inona no fihetsika hasehonao raha toa ka misy olona maneho fihetsika ratsy aminao? Ahoana raha toa ka nasehon'izy ireo tamin'ny alalan'ny fihetsiny na ny toetrany fa tsy manan-danja aminy intsony ny fifandraisanareo? Eritrereto raha toa ka efa naneho fihetsika toy izany tamin'ny Tompo ianao. Ao amin'ny 2 Nefia 6–8, dia nampianaran'i Jakôba ny zavatra ataon'ny Tompo amin'ireo izay nanalavitra Azy tamin'ny alalan'ny toetrany sy ny fihetsiny.

Vakio ny 2 Nefia 6:3–5; 9:1, 3, ary tadiavo ny antony nanaovan'i Jakôba io toriteny io.

Rehefa manao fandalinana ianao androany dia tadiavo ny fomba ahafahan'ny fampianaran'i Jakôba manampy anao "[h]ianatra sy [h]ankalaza ny anaran'ny Andriamanitrao" (2 Nefia 6:4), sy hahatakatra tsaratsara kokoa ireo fanekempihavanana nataonao tamin'ny Tompo (jereo ny 2 Nefia 9:1), ary hanome antony iray ho anao mba "[hiravoravoana] sy [hampakarana] mandrakizay ny loha[nao]" (2 Nefia 9:3).

> ***Tadiavo ny Tanjon'ny Mpanoratra***
>
> Tsara ny mifantoka amin'ireo andinin-tsoratra masina na andian-teny izay maneho ny antony nampianaran'ny mpandahateny iray na mpanoratra iray ao amin'ny soratra masina zavatra iray. Ohatra, ny fehezanteny toy ny hoe "Miresaka izany aminareo aho . . . mba hahazoanareo *mianatra sy mankalaza ny anaran'ny Andriamanitrareo*" (2 Nefia 6:4; nampiana fanamafisana) ary ny hoe "mba hahazoanareo mahafantatra *ny momba ny fanekempihavanan'ny Tompo izay efa nifanekeny tamin'ny mpianakavin'i Isiraely rehetra*" (2 Nefia 9:1; nampiana fanamafisana) dia manampy antsika hahatakatra ny tanjon'i Jakôba. Ny fehezanteny toy izany dia manampy anao hahatakatra tsara kokoa sy hifantoka amin'ireo hevi-dehibe sy fitsipika ao amin'ny soratra masina.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** I Jakôba dia nanomboka ny lahateniny tamin'ny alalan'ny faminaniana ny zavatra nitranga tamin'ireo Jiosy taorian'ny nandaozan'i Lehia an'i Jerosalema noho ny fandavan'izy ireo ny Tompo. Ahoana no fomba namaritany izany ao anatin'ny 2 Nefia 6:8?

**b.** Naminany mikasika io famongorana io koa i Lehia sy i Jeremia ary ireo mpaminany hafa. Rehefa nobaboin'ny Babyloniana ny Jiosy teo amin'ny 587 Talohan'i Kristy, dia olona maro no novonoina ary ny hafa nentina ho babo tany Babylona. Nanalefaka ny fony tamin'ny Tompo ihany ny Jiosy nony farany. Araka ilay fehezanteny voalohany ao amin'ny 2 Nefia 6:9, dia inona no nolazain'i Jakôba fa hitranga amin'izy ireo?

**d.** Naminany i Jakôba fa ny Mpamonjy dia hiaina ilay fiainany an-tany eo anivon'ny Jiosy rehefa niverina avy nobaboina izy ireo. Araka ny 2 Nefia 6:9–10, inona no fihetsika hasehon'ny Jiosy amin'ny Mpamonjy ary inona no zavatra ho tsapany momba azy?

**e.** Araka ny 2 Nefia 6:10–11, dia inona no hitranga amin'ny Jiosy izay handà ny Mpamonjy?

Vakio ny 2 Nefia 6:11, 14, ary tadiavo ireo andian-teny izay mamaritra ny zavatra tsapan'ny Tompo momba ny mpianakavin'i Isiraely na dia nandà Azy aza izy ireo. Azonao atao ny manisy faribolana ireo andian-teny hoe "feno famindram-po aminy" sy "homba azy" ao amin'ny soratra masinao.

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no dikan'ny hoe "homba" olona iray na zavatra iray?

**b.** Nahoana no mampiseho ny famindram-pon'ny Tompo ny fahavononany hanomba fanindroany an'i Isiraely?

I Jakôba koa ao anatin'ireo andininy ireo ihany dia nampianatra ny zavatra tsy maintsy ataon'ny Jiosy mba hahazoana ireo fitahiana avy amin'ny Tompo ireo. Vakio indray ny 2 Nefia 6:11, 14 ary tadiavo ilay andian-teny hoe "rehefa ho . . . izy" na "rehefa tonga . . . Azy" ao anatin'ny andininy tsirairay. Asio marika ireo teny izay mameno ilay andian-teny. Araka ireo andininy ireo dia ahoana no ahafahan'i Isiraely mahazo ny famindram-pon'ny Tompo? Ireo andininy ireo dia mampianatra ity fitsipika ity: **Feno famindram-po amin'ireo izay miverina Aminy ny Tompo.**

**3.** Eritrereto ireo fomba izay nahitanao ny famindram-pon'ny Tompo sy ny fahavononany hamela ireo izay miverina Aminy. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe: *Fantatro fa be famindram-po ny Tompo satria . . .* Dia fenoy amin'ny alalan'ny eritreritrao manokana sy ny zavatra tsapanao izany fanambarana izany avy eo. Azonao atao ny mamerina izany fampiharana izany rehefa mieritreritra ireo fomba samihafa nentin'ny Tompo nanehoana ny famindram-pony ianao.

Ao amin'ny 2 Nefia 6 dia misy fampanantenana fanantenana lehibe ho an'i Isiraely—izay natao ho antsika rehetra koa. Vakio ny 2 Nefia 6:17–18, ary fenoy ity fampanantenana manaraka izay nataon'ny Mpamonjy ity:

"Ny Andriamanitra mahery no
________________________" (2 Nefia 6:17).

"Ny nofo rehetra hahafantatra fa
________________________" (2 Nefia 6:18).

## 2 Nefia 7–8

### *Nindramin'i Jakôba ny faminanian'i Isaia mikasika ny fahitsim-po aman-tsain'ny Mpamonjy tamin'ny vahoakan'ny fanekempihavanana ary ny fahafahany hanavotra azy ireo*

Araka ny voarakitra ao amin'ny 2 Nefia 7–8, dia nampiasain'i Jakôba ireo faminanian'i Isaia mikasika ny fanirian'ny Tompo sy ny fahafahany hanavotra an'i Isiraely amin'ireo fijaliana nateraky ny fahotan'izy ireo. Vakio ny 2 Nefia 7:1–2, ary tadiavo ireo fanontaniana napetraky ny Tompo tamin'i Isiraely izay mampiseho fa mbola tiany izy ireo ary naniry ny hanavotra azy ireo Izy.

Mety tsara ny mahatakatra fa ny Tompo dia nampiasa fiteny an'ohatra mikasika ny fisaraham-panambadiana sy ny fanandevozana ary ireo fomba fanao mahazatra ara-piaraha-monina tamin'izany andro izany mba hampianarana azy ireo amin'ny fomba misy fiantraikany lalina sy tsy hay hadinoina. Ireo andian-teny hoe "nandroaka anao," "ny taratasim-panambadian-dreninao," ary "nivarotako anao" dia ilazana ilay hevitra hoe manapaka na mandika fanekempihavanana. Azo averina lazaina amin'ny fomba toy izao ireo fanontaniana: "Moa ve efa nanalavitra anao Aho? Moa ve efa tsy noraharahiako ilay fanekempihavanana nataontsika?" Ny valin'ireo fanontaniana ireo dia hoe "Tsia." Tsy hanalavitra antsika velively ny Tompo na hanadino ireo fanekempihavanana nataony. Ireo fanontaniany ireo dia fomba iray hanantitranterana fa tsy hanapaka velively ny fanekempihavanana nataony tamin'i Isiraely Izy.

Tsipiho any amin'ny faran'ny 2 Nefia 7:1 ny fanazavan'ny Tompo mikasika ny antony nahatonga an'i Isiraely ho tafasaraka tamin'Andriamanitra sy nahatonga azy hianjadian'ny fambaboana.

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana no zava-dehibe ny mahatakatra fa afaka manasaraka antsika amin'Andriamanitra ny eritreritsika sy ny fanapahan-kevitsika ary ny zavatra ataontsika?

**b.** Nahoana no zava-dehibe ho anao ny mahafantatra fa ny Tompo dia tsy manadino na manilika antsika velively na dia mety manadino sy manilika Azy aza isika?

Ao amin'ny 2 Nefia 7:2 dia nametrahan'ny Tompo fanontaniana manan-danja iray i Isiraely, izay miantefa amintsika tsirairay. Tadiavo sy asio marika izany fanontaniana izany.

Inona no tian'ny Tompo holazaina araka ny eritreritrao rehefa nanontany Izy hoe: "Moa fohy tokoa va ny tanako ka tsy afaka manavotra?" Mba hanampiana anao hahazo sary an-tsaina izany dia eritrereto hoe maninjitra ny tananao ianao ary mitady olona iray sahirana. Raha toa ka tokony haninjitra bebe kokoa ny tananao ianao dia inona no tianao hatao ho an'ilay olona sahirana? Raha toa kosa ka afohezinao na aforitrao ny tananao, dia inona no holazain'izany mikasika ny fanirianao hanampy ilay olona? Miaraka amin'izay sary izay ao an-tsainao dia ity misy fomba iray hafa hitenenana ny fanontaniana napetraky ny Tompo tamin'i Isiraely: "Moa ve aho mihemotra sy tsy manolo-tanana mba hanavotra anareo?"

Ilay fehezanteny hoe "moa tsy manana hery Aho hoentimanafaka?" dia nanasa an'i Isiraely mba hisaintsaina ny finoan'izy ireo fa ny Tompo dia nanana hery nanavotana azy ireo tamin'ny fijaliany vokatry ny fahotany.

Ny ambin'ny 2 Nefia 7–8 dia ahitana an'i Isaia nanome ohatra maro maneho ny faniriana sy ny hery nananan'ny Mpamonjy mba hanavotana ny vahoakan'ny Fanekempihavanany.

Vakio ny 2 Nefia 7:5–7, ary tadiavo ireo andian-teny ao anatin'izany faminaniana izany izay milaza ny zavatra hataon'i Mesia sy handalovany, izay tafiditra ao anatin'ilay Sorompanavotany mba hanavotany antsika. Ao amin'ny 2 Nefia 7:6, fanovozan-kevitra eny amin'ny farany ambanin'ny pejy *a,* dia ahitana soratra masina mifandray izay manazava sy maneho ny fahatanterahan'izany faminaniana izany. Azonao atao ny manisy marika ny Matio 27:26 ao amin'ilay fanovozan-kevitra eny amin'ny farany ambanin'ny pejy; dia vakio ny Matio 27:26–31 ary tadiavo ireo fomba nahatanterahan'ny faminanian'i Isaia.

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona no zavatra asehon'ny 2 Nefia 7:2, 5–7 antsika momba ny fanirian'ny Mpamonjy sy ny fanirany hanavotra antsika?

Mba hanampiana anao hahita porofo bebe kokoa mikasika ny famindram-pon'ny Tompo sy ny heriny ao amin'ny ambin'ny faminanian'i Isaia dia alaivo sary an-tsaina hoe nangatahana ianao mba hanao lahateny any am-piangonana momba izao fitsipika izao: **Maniry ny hanavotra ny vahoakan'ny fanekempihavanany ny Mpamonjy ary manana ny hery rehetra hanaovana izany.** Mba hanomananao ny lahateninao dia vakio ny 2 Nefia 8:3, 11–13, 16, 22, ary fidio ireo andian-teny izay tsapanao fa manome fampahatokiana anao mikasika ny fanirian'ny Tompo sy ny heriny hanavotra antsika.

**6.** Arafeto ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo fizarana lehibe ao anatin'ny lahateninao ka ataovy izao manaraka izao hanaovana izany:

**a.** Mitanisa fehezanteny roa na telo izay nisarika ny sainao sy manazava ny mahatonga ny andian-teny tsirairay ho toy ny ohatra maneho ny fanirian'ny Mpamonjy hanavotra antsika na ohatra maneho ny hery hanaovana izany.

**b.** Misafidiana iray amin'ireo andian-teny ireo ary milaza ny fomba niainanao izany fitahiana izany teo amin'ny fiainanao na tianao hiainana izany.

Rehefa vitanao ity lesona ity dia tsarovy fa nampianatra ireo fahamarinana nohalalininao androany i Jakôba "mba hahazoanareo mianatra sy mankalaza ny anaran'Andriamanitra" (2 Nefia 6:4), "mba hahazoanareo mahafantatra ny momba ny fanekempihavanan'ny Tompo" (2 Nefia 9:1), ary "mba hahazoanareo miravoravo sy manatraka mandrakizay ny lohanareo" (2 Nefia 9:3). Mitadiava fomba iray androany mba hahafahana mizara amin'ny olona iray ny fankasitrahanao ny Tompo sy ny fitiavany anao.

**7.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 6–8 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

## FIZARANA 6: ANDRO 3

# 2 Nefia 9

### Fampidirana

Ny fandalinanao ny toritenin'i Jakôba izay nanomboka tao amin'ny 2 Nefia 6–8, dia mitohy ao amin'ny 2 Nefia 9. Tao amin'ny 2 Nefia 6–8 ianao dia nandalina ireo fampianaran'i Jakôba mikasika ny famindram-pon'ny Mpamonjy sy ny heriny hanavotana ny mpianakavin'i Isiraely ao anatin'ny fahaverezana sy ny fiparitahana. Ao amin'ny toko 9 ianao dia handalina ny fijoroan'i Jakôba ho vavolombelona mikasika ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy hanavotana antsika amin'ny vokatry ny Fahalavoana, ka tafiditra ao anatin'izany ny fahafatesan'ny vatana sy ny fahafatesan'ny fanahy ary koa ny vokatry ny fahotantsika. Nampianatra ny Filoha Joseph Fielding Smith fa ny 2 Nefia 9 dia "iray

amin'ireo lahateny tena mitondra fahalalana lehibe mikasika ny sorompanavotana nozaraina hatramin'izay. . . . Tokony hamaky tsara izany ny olona tsirairay izay mikatsaka famonjena" (*Answers to Gospel Questions,* natambatr'i Joseph Fielding Smith Jr., boky miisa 5 [1957–66], 4:57).

## 2 Nefia 9:1–9

*Nampianatra i Jakôba fa nitondra fahafatesan'ny vatana sy fahafatesan'ny fanahy teo amin'ny olombelona rehetra ny Fahalavoana.*

Inona no tonga ao an-tsaina rehefa mieritreritra ny teny hoe *biby mahatsiravina* isika?

Ny teny hoe *biby mahatsiravina* mazàna dia ilazana zavatra iray izay mampatahotra sy afaka mandratra izaitsizy. Na dia eritreretin'ny olona maro ho biby alaina sary ao an-tsaina fotsiny aza ny hoe biby mahatsiravina, dia eritrereto raha toa ka misy zavatra tena afaka mandratra tanteraka anao tokoa ka tena mampatahotra noho izany. Nampiasa ny hoe biby mahatsiravina i Jakôba mba hanehoana ny toe-javatra mampatahotra atrehantsika eto amin'ny fiainana an-tany. Vakio ny 2 Nefia 9:10, ary tadiavo ireo zavatra roa ao anatin'ilay biby mahatsiravina izay nofaritan'i Jakôba. Dia fenoy ny banga etsy amin'ilay tabilao etsy ambany.

| **Biby mahatsiravina** | |
|---|---|
| F______________ | H______________ |
| "f______________<br>v______________" | "f______________<br>f______________" |

Zava-dehibe ny mahatakatra fa rehefa nampianatra momba ny "fahafatesan'ny fanahy" i Jakôba dia tsy hoe, ho faty ara-bakiteny akory ny fanahintsika no tiany holazaina, fa tafasaraka ara-panahy amin'Andriamanitra kosa isika na esorina tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra (jereo ny 2 Nefia 9:6). Izany fisarahana izany matetika dia antsoina hoe fahafatesan'ny fanahy ao amin'ny soratra masina. Azonao atao ny manoratra ilay andian-teny hoe *esorina eo anatrehan'Andriamanitra* eo amin'ny sisin'ny soratra masinao eo akaikin'ny "fahafatesan'ny fanahy" ao amin'ny 2 Nefia 9:10.

Vakio ny 2 Nefia 9:6, ary mariho fa nanomboka niresaka momba ny fahafatesan'ny vatana i Jakôba ary namarana tamin'ny firesahana momba ny fanesorana tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra. Fakafakao tsara io andininy io. Inona no zava-nitranga ka nitondra ny fahafatesan'ny vatana sy ny fahafatesan'ny fanahy teo amin'ny olombelona? ______________________________

______________________________________________________

Vakio ny 2 Nefia 9:7–9, ary tadiavo ny zavatra nampianarin'i Jakôba fa ho nitranga tamin'ny vatantsika sy ny fanahintsika raha toa ka tsy nisy ny Sorompanavotana ary nitoetra mandrakizay ilay fahafatesan'ny vatana sy ny fahafatesan'ny fanahy. Alohan' ny hamakinao dia hanampy anao ny hahafantatra ny dikan'ireto teny manaraka izay nampiasain'i Jakôba tao amin'ny andininy 7 ireto: Ilay andian-teny hoe "ny famaizana voalohany izay nihatra tamin'ny olona" (2 Nefia 9:7) dia ilazana ny vokatry ny Fahalavoan'i Adama sy i Eva. Ny teny hoe *fahalovana* dia ilazana ny vatana mety maty satria tsy tonga lafatra izany ary ho faty amin'ny farany. Ny teny hoe *tsy fahalovana* dia ilazana ilay vatana nitsangana tamin'ny maty izay hiaina mandrakizay.

**1.** Tanisao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo andian-teny vitsivitsy izay hitanao tao amin'ny 2 Nefia 9:7– izay mamaritra ny zavatra nitranga tamin'ny vatantsika sy ny fanahintsika raha toa ka tsy nisy ny Sorompanavotana.

Vakio ity teny manaraka nambaran'ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity mba hanazavana hoe mety ho inona no hiafarantsika raha tsy nisy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy: "Raha toa ka maharitra mandrakizay ny fisarahantsika amin'Andriamanitra sy ny fahafatesan'ny vatantsika dia tsy hisy dikany ny fahafahana misafidy ny tsara sy ny ratsy. Eny tokoa, afaka manao safidy isika nefa ho atao inona izany? Hitovy foana ny vokany amin'ny farany na inona na inona zavatra ataontsika: fahafatesana tsy misy fanantenana ny hitsangana amin'ny maty na hiverina any an-danitra. Na hisafidy ny tsara isika na hisafidy ny ratsy dia ho lasa 'anjelin'ny devoly' ihany isika rehetra amin'ny farany" ("Moral Agency," *Ensign,* jona 2009, 50).

**2.** Manorata fehezanteny iray ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izay manazava amin'ny alalan'ny teninao manokana ny zavatra eritreretinao fa nolazain'ny Loholona Christofferson mikasika ny toetry ny fahalavoana mianjady amintsika. Ampio fanazavana fohy mikasika ny antony nampitahan'i Jakôba ny fahafatesan'ny vatana sy ny fisarahana amin'Andriamanitra amin' ny "biby mahatsiravina" izany.

## 2 Nefia 9:10–27

*Nampianarin'i Jakôba ny fomba hanavotan'ny fijalian'ny Mpamonjy antsika amin'ny fiantraikan'ny fahalavoana sy ny vokatry ny fahotana*

Tsy navelan'Andriamanitra hizaka irery ny fiantraikany feno nentin'ilay "biby mahatsiravina [isika] dia ny fahafatesana sy ny helo [izany]." Vakio ny 2 Nefia 9:10,



ary asio marika ny zavatra nomanin'Andriamanitra ho antsika.

Vakio ity fifanahafana manaraka avy amin'ny Filoha Joseph Fielding Smith ity izay mampiseho ny filantsika Mpamonjy iray:

"Raha nandeha an-tongotra teny an-dalana ny tovolahy iray dia nianjera tao anaty lavaka iray izay tena lalina sy maizina ka tsy afaka nihanika mba ho tafavoaka ety ivelany sy hahazo ny fahafahany indray izy. Ahoana no ahafahany mamonjy ny tenany ao anatin'izany toe-javatra nahazo azy izany? Tsy ho amin'ny alalan'ny ezaka ataony mihitsy satria tsy misy fomba hahatafavoahana ao amin'ilay lavaka. Niantso vonjy izy ary nisy olona nanana fahavononana, izay naheno ny hiakiakany mba hovonjena, nihazakazaka nanampy azy, ka tamin'ny alalan'ny fampidinany tohatra tany no nanomezany azy fomba hahafahany miakatra indray ho tafavoaka ety ivelany.

"Tao anatin'izany toe-javatra izany mihitsy koa no nametrahan'i Adama ny tenany ary ny taranany, rehefa nihinana tamin'ilay voankazo voarara izy. Samy tao anaty lavaka izy ireo ary tsy nisy afaka nivoaka tety ivelany sy namonjy ny hafa. Ilay lavaka dia maneho ilay fandroahana tsy ho eo anatrehan'ny Tompo sy ny fahafatesan'ny vatana izay ny fahalevonan'ny vatana.

Ary satria tsy maintsy mandalo fahafatesana daholo ny olona rehetra dia tsy nisy afaka nanolotra fomba mba hahatafavoahana amin'izany.

"Ary noho ilay famindram-po tsy manam-petra ananany, dia ren'ny Ray ny hiakiakan'ny zanany ary nirahiny ny Zanany Lahitokana izay tsy nianjadian'ny fahafatesana sy tsy nanota mba hitondra ny fomba hahatafavoahana. Izany dia nataony tamin'ny alalan'ilay sorompanavotany tsy manam-petra sy ny filazantsara maharitra mandrakizay" (*Doctrines of Salvation,* navoakan'i Bruce R. McConkie, boky miisa 3 [1954–56], 1:126–27).

Ny ankamaroan'ny hafatr'i Jakôba ao amin'ny toko 9 dia mifantoka amin'ilay fomba nomanin'ny Tompo ho antsika mba hahatafavoahana amin'ilay vokatry ny fahafatesan'ny vatana sy ny fahafatesan'ny Fanahy ary manome toky antsika izany fa afaka ny ho voavonjy isika.

**3.** Halalino ny 2 Nefia 9:5, 19–21, ary valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Araka ny 2 Nefia 9:5, 21, dia inona no zavatra nolalovan'ny Mpamonjy mba hahafahantsika ho voavonjy amin'ny fahafatesana sy ny helo?

**b.** Nijaly ho an'iza ny Mpamonjy araka ny 2 Nefia 9:21?

Eritrereto hoe firy ny isan'ny olona izay "isan'ny fianakavian'i Adama" (2 Nefia 9:21). Izany dia ahitana ireo rehetra izay efa niaina sy miaina amin'izao fotoana izao ary ireo mbola hiaina eto an-tany—ka tafiditra ao anatin'izany ianao. Azonao atao ny manoratra ny anaranao eo akaikin'ny 2 Nefia 9:21 mba hahatsiarovana ny sorona nataon'ny Mpamonjy ho anao.

***Fampidirana ny anaranao ao anatin'ny Soratra Masina***

Ny fampiasanao ny anaranao manokana ao anatin'ny andinin-tsoratra masina iray dia mahatonga ilay fampianarana hiantefa bebe kokoa amin'ny tena manokana. Rehefa avy mamaky andinin-tsoratra masina iray izay eritreretinao fa miantefa aminao ianao, dia afaka manampy anao hampihatra ilay hafatra eo amin'ny fiainanao ny fampidirana ny anaranao ao anatin'izany.

Nampianatra i Jakôba fa ny fijalian'ny Mpamonjy dia hanampy antsika hisoroka ilay biby mahatsiravina—fahafatesan'ny vatana sy fanesorana tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra mandrakizay. Vakio ny 2 Nefia 9:22, ary mitadiava andian-teny iray izay milaza fa ho afaka ny handresy ny fahafatesan'ny vatana isika ary andian-teny iray izay maneho fa ho eo anatrehan'Andriamanitra indray isika. Soraty ao anatin'ireo fehezanteny etsy ambany ireo ny zavatra hitanao:

Noho ny Fahalavoana dia ho faty ny vatantsika, saingy noho ny fijalian'i Kristy, ny vatantsika dia ____________
____________________________________________.

Noho ny Fahalavoana dia nesorina tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra isika, saingy noho ny fijalian'i Kristy, ny olona rehetra dia hijoro ____________________
____________________________________________.

Ianarantsika avy amin'ny fampianaran'i Jakôba ilay fotopampianarana hoe: **Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia mamonjy ny olombelona rehetra amin'ny fahafatesan'ny vatana sy ny fahafatesan'ny Fanahy nentin'ny Fahalavoana.**



Ankoatra izany hafatra mifono fanantenana izany dia nampianatra i Jakôba fa ny fijalian'ny Mpamonjy koa dia afaka mamonjy antsika amin'ny fahafatesan'ny Fanahy noho ny fahotantsika. Vakio ny 2 Nefia 9:27, ary tadiavo ny fomba namaritan'i Jakôba ny toe-javatra hianjady amin'ireo izay mandika lalàna sy manota. Vakio ny 2 Nefia 9:15–16, ary asio marika ireo tahotra sy fitaintainana hoentin'ny fahotantsika raha toa ka tsy mibebaka isika.

Ankoatra izany fitaintainana izany dia jereo ilay andian-teny hoe "hiala hankany" ao amin'ny 2 Nefia 9:16. Noho ny Sorompanavotana dia hiverina eo anatrehan'Andriamanitra ny olona rehetra mba hotsaraina. Kanefa raha tsy nibebaka tamin'ny fahotantsika isika dia hoesorina tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra indray. Raha toa ka fanomezana ho an'ny olombelona rehetra ny fanavotana tamin'ny Fahalavoana dia miankina amin'ny faniriantsika sy ny zavatra ataontsika kosa ny fanavotana antsika amin'ny fiantraikan'ny fahotantsika manokana. Vakio ny 2 Nefia 9:21, 23–24. Noho ny Sorompanavotana dia inona no azontsika atao mba ho voavonjy amin'ireo fiantraikany maharitra mandrakizay nateraky ny fahotantsika?

Rehefa avy mamaky ny tenin'i Jakôba ianao dia fenoy ity fitsipika manaraka ity: **Amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia afaka mandresy ny vokatry ny fahotana isika** raha toa ka______________ ______________________________________________.

Makà fotoana kely ary eritrereto ny zavatra azonao atao mba hahatsapana bebe kokoa ny hery manadion'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Moa ve misy zavatra izay tian'ny Tompo hibebahanao? Eritrereto hoe ahoana no ahafahanao mibebaka amin'ireo zavatra ireo. Ahoana no ahafahanao manaraka kokoa ny feony?

**4.** Manorata andinin-tsoratra fohy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay maneho ny zavatra tsapanao mikasika ny sorompanavotan'ny Mpamonjy ho anao.

**5.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 9 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 6: ANDRO 4

# 2 Nefia 9–10

## Fampidirana

Tao anatin'ny lesona teo aloha ianao dia nianatra mikasika ny fijoroan'i Jakôba ho vavolombelona momba ny zavatra hataon'i Jesoa Kristy ho antsika amin'ny alalan'ny Sorompanavotany. Hamita ny fandalinanao ny 2 Nefia 9 ianao ao anatin'ity lesona ity sy ny lahateny nataon'i Jakôba tamin'ny andro voalohany ary hianatra ny zavatra tokony hataontsika mba hahazoana ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotana. Nampitandrina ny amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra izay mitondra any amin'ny fisarahana amin'Andriamanitra i Jakôba ary nanasa ny rehetra mba hanatona an'i Kristy sy hovonjena. Hamaky ny 2 Nefia 10 koa ianao ary handalina ny zavatra nolazain'i Jakôba tamin'ny olona ny ampitson'izany. Nampianarin'i Jakôba indray fa na dia haely patrana aza i Isiraely noho ny fahotana dia hotsaroan'ny Tompo ny fanekempihavanana nataony tamin'izy ireo ary hangoniny indray izy ireo rehefa mibebaka sy miverina Aminy. Nilaza i Jakôba fa "tsy misy firenena hafa eto ambonin'ny tany izay hanombo ny Andriamaniny" (2 Nefia 10:3). Nilaza mialoha izy fa i Amerika dia ho tanin'ny fahafahana sy hohampahatanjahina mihoatra ny firenen-kafa ary tsy hanana mpanjaka hanjaka eo aminy. Nijoro ho vavolombelona i Jakôba fa tsy maintsy manaiky ny sitrapon'Andriamanitra ny olona ary mahatsiaro fa amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra ihany no hahazoan'izy ireo famonjena.

### 2 Nefia 9:28–54

***Nampitandrina mikasika ireo fihetsika sy toetra izay mampisaraka antsika amin'Andriamanitra i Jakôba ary manasa ny rehetra mba hanatona an'i Kristy***

Noho ny Fahalavoana sy noho ireo fahotantsika manokana dia mila ny Mpamonjy isika tsirairay avy. Nijoro ho vavolombelona i Jakôba fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotana dia esorina eo amintsika ny vokatry ny Fahalavoana ary afaka mandresy ny fahotantsika sy mahazo ny fiainana mandrakizay isika. I Jakôba dia nampiasa ny vavahady sy ny lalana mba ho sary hanehoana izany. Vakio ny 2 Nefia 9:41, ary tadiavo ny fomba namaritan'i Jakôba ilay lalana izay tsy maintsy hodiavintsika mba hahatongavana any amin'ny fiainana mandrakizay. Saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe "manatòna ny Tompo"? (Eritrereto raha toa ianao ka eo amin'ilay lalana izay hampanakaiky kokoa anao amin'ny Mpamonjy.) Midika inona aminao ny hoe "ety ny lalana [mankany amin'ny Mpamonjy] kanefa dia voasoritra mahitsy eo anoloany izany"?

Nofaritan'i Jakôba ho toy ny "mpiandry ny vavahady" ihany koa ny Mpamonjy. Tandindon'ny anjara asan'ny Mpamonjy amin'ny maha-mpitsara antsika Azy izany. Miankina amin'ny toetra sy ny fihetsika asehontsika no anolorany antsika ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotana. Nasongadin'i Jakôba kokoa tao anatin'ny fampianarany antsika ny fiantraikan'ny toetrantsika sy ny asantsika eo amin'ny fahafahantsika manatona ny Mpamonjy.



**1.** Mba hanampiana anao hahita ireo toetra sy eritreritra ary fihetsika izay afaka hitondra antsika any amin'ny Mpamonjy dia ataovy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

**a.** Manorità tsipika mijidina eo afovoan'ny pejy iray ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ary soraty eo amin'ny ilany iray ny hoe *Mampanalavitra ny tenantsika amin'i Kristy* ary *Manatona an'i Kristy* eo amin'ny ilany iray hafa.

**b.** Vakio ny 2 Nefia 9:27–39, ary tadiavo ireo fihetsika na toetra izay nampitandreman'i Jakôba fa afaka hampanalavitra antsika amin'ny Mpamonjy. Tanisao ao anatin'ilay faritra hoe "Mampanalavitra ny tenantsika amin'i Kristy" ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo zavatra hitanao mifanaraka amin'izany. Azonao asiana marika koa ny zavatra hitanao ao amin'ny soratra masinao. (Marihina fa ny 2 Nefia 9:28–29 dia soratra masina fehezina. Azonao atao ny manisy marika izany amin'ny fomba miavaka mba hahafahanao mahita izany amin'ny ho avy.)

**d.** Misafidiana iray amin'ireo fihetsika na toetra izay hitanao ary valio any amin'ny pejy hafa ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no fomba hanakanan'io fihetsika io na io toetra io anao tsy hanatona an'i Kristy na tsy hahazo ireo fitahiana feno avy amin'ny Sorompanavotany?

**e.** Ankoatra ny fampitandremana mikasika ireo fihetsika sy toetra izay manakana antsika tsy hanatona ny Tompo, dia nampianarin'i Jakôba koa ny mikasika ireo fihetsika sy toetra izay hanampy antsika hanatona an'i Jesoa Kristy. Vakio ny 2 Nefia 9:23, 42, 45–46, 49–52, ary tadiavo ny zavatra nampianarin'i Jakôba fa hitondra antsika any amin'ny Tompo. Tanisao ao anatin'ilay faritra misy ilay hoe "Manatona an'i Kristy" ny zavatra hitanao.

Rehefa nandalina ny 2 Nefia 9:28–54 ianao dia nianatra ilay fitsipika hoe: **Rehefa misafidy ny hanatona ny Tompo isika sy hiaina araka ny sitrapony dia afaka mahazo ireo fitahiana feno avy amin'ny Sorompanavotana.**

**2.** Mba hanampiana anao hampihatra ny zavatra nianaranao dia soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireo fanontaniana ao anatin'ireo asa ampanaovina miisa roa na mihoatra hita etsy ambany:

**a.** Ao amin'ny 2 Nefia 9:23 dia hitanao fa nodidian'ny Tompo isika mba hibebaka sy hatao batisa. Na dia efa vita batisa aza ianao dia ahoana no fomba hanampian'ny fanavaozana ireo fanekempihavanan'ny batisa anao amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo mba hanatona ny Tompo sy handray ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotany?

**b.** Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe "manam-pinoana tanteraka ny Iray Masin'ny Isiraely" (2 Nefia 9:23)? Inona avy ireo fomba entina hampisehoana ny finoana ny Tompo amin'izao fotoana izao?


**d.** Inona no dikan'ny hoe "hiala amin'ny fahotanareo" (2 Nefia 9:45)? Inona no afaka manampy anao hiala amin'ny fahotanao?

**e.** Inona avy ireo ohatra sasany maneho ny fandaniana vola "amin'izay tsy misy vidiny" na fiasana "amin'izay tsy mety mahafa-po" (2 Nefia 9:51)? Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fisorohana ny fironana any amin'ny filana ratsy sy ny zava-tsinontsinona anao hanatona ny Tompo? Ahoana no ahafahanao mandanjalanja tsara kokoa ny fomba handanianao fotoana amin'ireo hetsika isan-karazany atao any an-tsekoly, amin'ny fandalinana, any am-piangonana ary ao anatin'ireo fialamboly sy hetsika ara-tsôsialy?

**f.** Inona avy ireo fomba ahafahanao "mivoky amin'izay tsy mety ho simba" (2 Nefia 9:51)?

**g.** Namporisika ny olona i Jakôba mba "hanolotra fisaorana" ary "[hamela ny fonareo mba hifaly]" (2 Nefia 9:52). Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ny manaraka io torohevitra io rehefa miezaka ny manatona ny Mpamonjy ianao?

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba nitondran'ny fihetsika na toetra iray na mihoatra izany anao hanakaiky kokoa ny Mpamonjy.



## Soratra Masina Fehezina—2 Nefia 9:28–29

Inona no ataonao mba hanararaotana araka izay tratra ireo tombontsoa eo amin'ny fianarana miseho eo anoloanao? Inona avy ireo drafitrao momba ny fianaranao amin'ny ho avy? ______________________________

______________________________

______________________________

Vakio ity teny manaraka nambaran'ny Filoha Gordon B. Hinckley ity ary tsipiho ireo fitahiana izay azo avy amin'ny fianarana: "Hiatrika fanamby lehibe ianao amin'ny ho avy. Mandroso ao anatin'ny tontolo iray izay ahitana fifaninanana henjana ianao. Tokony handranto fianarana araka izay tratranao ianao. Nampianatra antsika mikasika ny maha zava-dehibe ny fianarana ny Tompo. Hitondra tombontsoa lehibe kokoa ho anao izany. Hanomana anao izany hanao zavatra manan-danja ao anatin'ilay tontolo lehibe ahitana fahafahana manao zavatra hahazoana tombontsoa amin'ny ho avy. Raha toa ianao ka afaka mianatra any amin'ny oniversite ary izay no fanirianao dia ataovy izany. Raha toa ianao ka tsy maniry ny hianatra any amin'ny oniversite dia mandehana miditra any amin'ny sekoly mampianatra asa aman-draharaha na mampianatra momba ny fandraharahana mba hanamafy ny fahaiza-manao ananana sy hampitombo ny fahafahanao mahavita zavatra" ("Converts and Young Men," *Ensign,* mey 1997, 49–50).

Vakio ny 2 Nefia 9:28, ary asio marika ny zavatra nolazain'i Jakôba fa loza ateraky ny fianarana atao amin'ny fihetsika tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy.

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity:

**a.** Inona no dikan'ilay fanambarana hoe "rehefa mahay izy dia manao azy ho hendry" araka ny eritreritrao?

**b.** Inona no loza ateraky ny fieritreretana hoe hendry noho ny ray aman-dreníntsika isika na ny evekantsika na filohan'ny sampantsika na ny mpaminany na ny Raintsika any An-danitra?

Vakio ny 2 Nefia 9:29, ary tadiavo ny zavatra tokony hotsaroanao rehefa mandranto fianarana ianao.

**5.** Valio ity fanontaniana manaraka ity ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: Ahoana no fomba hahampian'ny fandalinana amim-pahazotoana ny soratra masina anao hiaina araka ilay fitsipika hita ao amin'ny 2 Nefia 9:29?

## 2 Nefia 10

### *Namporisika ny olona mba hifaly sy hanatona ny Tompo i Jakôba*

Nandritra ilay andro faharoa nanomezany ny fampianarany dia nijoro ho vavolombelona indray mikasika ny herin'ny Tompo izay manavotra amin'ny vokadratsin'ny fahotana i Jakôba. I Jakôba koa dia nampianatra ny olony ny fomba fandraisana andraikitra eo anatrehan'ilay Sorompanavotana izay fanomezana mifono famindram-po. Vakio ny 2 Nefia 10:20, 23–25, ary asio marika ireo andian-teny izay maneho ny zavatra nampianarin'i Jakôba fa tokony hataontsika ho valin'ny sorona nataon'ny Mpamonjy ho antsika.

**6.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na mihoatra izany:

**a.** Eritrereto ny zavatra nohalalininao mikasika ny Mpamonjy, nahoana ianao no maniry ny "hahatsiaro azy" mandrakariva (2 Nefia10:20)?

**b.** Nahoana no tsapanao fa ny fialana na ny fibebahana amin'ny zavatra tsy mety ataonao dia haneho ny fankasitrahanao sy ny fitiavanao ny Mpamonjy?

**d.** Inona no zavatra nianaranao mikasika ny Mpamonjy, izay manampy anao hahatsapa fanantenana fa tsy "[m]ampitanondrika" ny lohanao noho ny fahadisoam-panantenana?

Fehezanteny iray manan-danja ao anatin'io toko io ny hoe "mihavàna amin'ny sitrapon'Andriamanitra" (2 Nefia 10:24). Midika izany fa tokony hanorina fifandraisana akaiky indray amin'ny Tompo isika, izay ahitana ny fankatoavantsika sy ny fanarahantsika ny sitrapony. Avereno vakina izay mety ho soratra masina nasianao marika ao amin'ny 2 Nefia 9–10. Katsaho ny fitarihan'ny Fanahy Masina rehefa mitady zavatra azonao atao ianao mba hihavananao amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

**7.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 9–10 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 7: ANDRO 1

# 2 Nefia 11–16

## Fampidirana

Ny mpaminany Isaia dia niaina teo amin'ny 100 taona talohan'ny vanim-potoana niainan'i Nefia teo ho eo. (I Isaia dia nanomboka naminany teo amin'ny fotoana mialoha kelin'ny 740 talohan'i J.K. ary nanohy naminany nandritra ny 40 taona mahery hatramin'ny 701 talohan'i J.K.; jereo ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ny "Isaia.") I Nefia dia mety nanana fahatsapana fankafizana sy fitiavana an'i Isaia tamin'ny lafiny maro izay mitovy amin'ny fankafizantsika sy fitiavantsika ny Mpaminany Joseph Smith amin'izao fotoana izao. Fantatsika avy amin'ny rakitsoratr'i Nefia fa "finaritra" tamin'ny tenin'i Isaia izy (jereo ny 2 Nefia

11:2). Araka ny voarakitra ao anatin'ny 2 Nefia 12–16, dia nampiasa ny teny avy tao amin'ny rakitsoratr'i Isaia izay hita tao amin'ny takela-barahina i Nefia. Ireo rakitsoratra ireo dia namaritra ny fiavonavonana sy faharatsian'i Isiraely fahiny ary ny fitsarana izay niandry azy ireo. Nitantara ilay fahitany ny Tompo koa i Isaia ka voadio tamin'ny fahotany izy tao anatin'izany.

> **Mandalina ny Isaia**
>
> Na mety hitanao ho toy ny sarotra takarina aza ireo tokon'i Isaia ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna dia nanome ity torohevitra mifono famporisihana ity ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Aza mitsahatra mamaky! Mandrosoa ao anatin'ireo toko sarotra takarina izay ahitana faminaniana avy ao amin'ny Testamenta Taloha ireo, na dia kely fotsiny aza no takatrao amin'izany. Mandrosoa foana na dia mamaky haingana izany fotsiny aza no ataonao ary mba mahazo fahatakaranjavatra kely etsy sy eroa ianao" ("The Things of My Soul," *Ensign*, mey 1986, 61).

## 2 Nefia 11:1–8

### *Nifaly tamin'ny fijoroan'i Isaia ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy i Nefia*

Mieritrereta fotoana iray izay nahatonga anao ho nitolagaga tamin'ny fijoroan'ny olona iray ho vavolombelona momba ny Mpamonjy. Vakio ny 2 Nefia 11:2–3, ary tadiavo ny zavatra niseho teo amin'ny fiainan'i Nefia sy i Jakôba ary i Isaia izay misy ifandraisany amin'i Jesoa Kristy.

Miantso mpaminany ny Tompo mba hijoro ho vavolombelona momba Azy. Afaka manamafy orina ny finoantsika an'i Jesoa Kristy isika ary mifaly ao Aminy amin'ny alalan'ny fandalinantsika ireo fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy zarain'ireo vavolombelona.

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny hevitrao mikasika ny antony maha zava-dehibe ny fananana fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy avy amin'ny mpaminany maro.

Tadiavo ao anatin'ny 2 Nefia 11:4–6 ireo fotoana inefatra nilazan'i Nefia hoe "ny fanahiko dia finaritra na finaritra ny fanahiko". Azonao asiana marika izy ireo ao anatin'ny soratra masinao.

Ny hoe "finaritra" amin'ny zavatra iray dia midika hoe tena mankafy ilay zavatra ilay olona ary mitondra fifaliana lehibe io zavatra io.

**2.** Manorata fanambaran-javatra ahitana ny hoe "ny fanahiko dia finaritra" miisa telo na mihoatra ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, izay maneho lafin-javatra ao anatin'ny filazantsara izay mahafinaritra anao. Hazavao hoe nahoana no mitondra fifaliana ho anao ny tsirairay amin'izy ireo.

Vakio ny 2 Nefia 11:8, ary soraty ny zavatra nantenain'i Nefia fa ho vokatra ateraky ny fandalinanao ny asa soratr'i Isaia. ______________________________

______________________________

## 2 Nefia 12:1–5

### *Naminany i Isaia fa hisy tempoly iray haorina amin'ny andro farany*

Alaivo sary an-tsaina ny tendrombohitra lehibe iray. Inona no fampitahana azonao atao eo amin'ny tendrombohitra iray sy ny tempoly iray?

Vakio ny 2 Nefia 12:2–3, 5, ka tadiavo ny zavatra nampanantenain'Andriamanitra fa haorina amin'ny andro farany. Ny teny hoe "tendrombohitry ny tranon'ny Tompo" dia midika hoe tempolin'ny Tompo. Araka ireo andininy ireo dia inona no fitahiana ho azo avy amin'ny tranon'ny Tompo amin'ny andro farany?

Azonao soratana ao amin'ny soratra masinao ny zavatra toy izao: Nanorina tempoly ho antsika Andriamanitra mba hampianarana antsika ny fombany sy hanampiana antsika handeha amin'ny lalany (jereo ny 2 Nefia 12:3).

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no hanampian'ny tempoly antsika handeha amin'ny lalan'ny Tompo?

**b.** Ahoana no ahafahanao manomana ny tenanao mba hiditra ny tempoly?

## 2 Nefia 12–15

Ity lesona ity dia tsy hanome fanampiana amin'ny antsipiriany mba hahatakarana ny 2 Nefia 12–15. Kanefa rehefa mamaky sy misaintsaina ireo toko ireo mandritra ny famakianao manokana ny Bokin'i Môrmôna ianao dia tadiavo ny voka-dratsy ateraky ny fiavonavonana sy ny fahotana. Ity fanehoan-kevitra na fanazavana manaraka ity dia hanampy anao koa ao anatin'ny famakianao:


*2 Nefia 12:6–18.* Jereo manokana ireo soratra masina izay miresaka momba ny fanompoan-tsampy ary koa ireo teny na sary ampiasaina mba hanehoana ny fiavonavonana—ohatra, *mpiavonavona, fihamboana, manandra-tena,* ary *avo.* Izany dia hanampy anao hahatakatra ny antony nahatonga ny fitsarana henjana niandry ireo olona ireo.

*2 Nefia 12:9–11.* Ny "iva razana" (andininy faha 9) dia ilazana ny olona tsotra mahazatra. Na ny "iva razana" na ny "avo razana," rehefa mieboebo dia samy haetry amin'ny fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany (jereo ny andininy 11).



*2 Nefia 12:12–13.* "Ny andron'ny Tompo" dia andian-teny iray ilazana ny fotoam-pitsarana. Ny Fiavian'i Kristy Fanindroany no ho ilay "andron'ny Tompo" rehefa hofongorana ny olon-dratsy.

*2 Nefia 13–14.* Ao anatin'ny 2 Nefia 13 no ahitana ny fitohizan'ny resaka nataon'i Isaia mikasika ny zavatra hitranga raha toa mikiry mitoetra ao anatin'ny faharatsiana ihany ny Isiraelita. Nantsoin'i Isaia hoe "zanakavavin'i Ziona" (andininy faha 16) ny vehivavy Isiraelita, izay hanehoana fa zanaky ny fanekempihavanana izy ireo. Nampitahain'i Isaia tamin'ny vehivavy miavonavona izy ireo, izay nozonin'ny Tompo ary nesorina teny amin'izy ireo ny firavany sy ireo fanaingoam-batana (jereo ny 2 Nefia 13:16–26). Ny mifanohitra amin'izay kosa no hita ao amin'ny 2 Nefia 14 dia ny famaritan'i Isaia ny zavatra hitranga raha toa ka manetry tena sy mibebaka ary mitodika any amin'ny Tompo ireo zanakavavin'i Ziona.



*2 Nefia 15:8–22.* Ny teny hoe *lozan'ireo na lozan'izay* dia ilazana ny toe-javatra mampalahelo lalina. Nampiasain'i Isaia inenina tao anatin'ireo andininy ireo izany rehefa nampiseho ny fahotan'ireo Isiraelita izy. Fantatr'i Isaia fa raha tsy mibebaka ny Isiraelita dia hitondra alahelo lalina ny vokatry ny fahotan'izy ireo—indrindra amin'ny fotoam-pitsarana. Raha toa i Isaia ka mpaminany teto an-tany amin'izao fotoana izao dia ho nahita ihany koa ireo karazam-pahotana izay hitany teo anivon'ireo Isiraelita ve izy?

**4.** Vakio ny 2 Nefia 15:20. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo toe-javatra sasantsasany izay ahitana fa antsoin'ny olona ankehitriny ho tsara ny ratsy na ny ratsy ho tsara.

## 2 Nefia 16:1–8

*Voantso mba ho mpaminany i Isaia*

Feno tandindona ny rakitsoratr'i Isaia. Ny fampiasana tandindona no fomba iray entin'ny Tompo hampianarana antsika mikasika ireo fitsipiky ny filazantsara. Araka ny voarakitra ao amin'ny 2 Nefia 16, dia notantarain'i Isaia ny zavatra niainany tamin'ny fahitany ny Tompo. Rehefa mamaky ny 2 Nefia 16 ianao dia tsarovy tsara ireto tandindona manaraka ireto ary ireo mety ho dikany:

*Serafima:* Anjely izay mitoetra eo anatrehan'Andriamanitra. Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith fa "Tsy manana elatra velively ny anjelin'Andriamanitra" (*History of the Church,* 3:392). Ny elatry ny anjely dia entina hanehoana ny hery ahafahany mihetsika sy manao asa.

*Setroka:* Mety hanehoana ny fanatrehan'ny Tompo (jereo ny Apôkalypsy 15:8).

*Maloto molotra:* Tsy fahamendrehana.

*Vainafo* (afo): Fitaovana mpandio izany, toy ilay hery manadion'ny Fanahy Masina.

*Alitara:* Ny alitara amin'ny heviny ara-bakiteny dia toerana nanaovana sorona. Eto izany dia mety ilazana ilay sorona nataon'i Jesoa Kristy teo amin'ny toerantsika—ny Sorompanavotana.

**5.** Vakio ny 2 Nefia 16:1–7, ary raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valiny omenao an'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no nolazain'ny iray tamin'ireo serafima mikasika ny Tompon'ny Maro?

**b.** Inona araka ny eritreritrao no tian'i Isaia holazaina rehefa niteny izy hoe: "Lozako! maty aho; satria lehilahy maloto molotra aho"? Inona no nahatonga azy hanana fahatsapana tampoka toy izany? (Mety hanolotra hevitra ny 3 Nefia 27:19.)

**d.** Inona no nitranga ka nanova ilay fahatsapana tsy fahamendrehana nananan'i Isaia?

**e.** Ahoana no fomba nanomanan'izany zavatra nitranga izany an'i Isaia mba handeha eny anivon'ny olona ary hampianatra momba ny fibebahana?

Ny iray amin'ireo fahamarinana lehibe nampianarina tao anatin'ilay fiantsoana an'i Isaia dia ny hoe **afaka ny ho voadio amin'ny tsy fahamendrehantsika isika amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.** Saintsaino ny fotoana iray izay nahatsapanao ny hery manadion'ny Sorompanavotona teo amin'ny fiainanao.

**6.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 11–16 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 7: ANDRO 2


# 2 Nefia 17–20

## Fampidirana

Noraketin'i Nefia ao amin'ny 2 Nefia–20 fa niezaka nandresy lahatra ny mpanjakan'i Joda sy ny vahoakany i Isaia mba hatoky ny Tompo toy izay hirotsaka ao anatin'ireo fiaraha-mikambana ataon'ny firenena eto an-tany. Tamin'ny alalan'ny fampiasana fambara sy tandindona —marika na sary ampiasaina hanehoana zavatra iray izay mampianatra sy mijoro ho vavolombelona momba ireo fahamarinana lehibe—no naminanian'i Isaia mikasika ireo zavatra hitranga ao anatin'ny vanim-potoana iainany, sy ny fahaterahan'i Jesoa Kristy ary ny famongorana ny olon-dratsy amin'ny Fiavian'ny Tompo Fanindroany.

## 2 Nefia 17–18

*Voatahy ny fanjakan'i Joda rehefa mametraka ny fitokiany amin'i Jesoa Kristy izy ireo*




Mba hanampiana anao hiomana amin'ny lesona androany dia mieritrereta fotoana iray izay niatrehanao

toe-javatra mampatahotra iray. Tadidinao ve ny fihetsika voalohany nasehonao? Rehefa mandalina ny 2 Nefia 17–18 ianao dia miezaha mitady ilay torohevitr'i Isaia ho an'ireo izay mahatsapa ny tenany ho ao anatin'ny toe-javatra sarotra na mampatahotra.

Rehefa mandalina ny 2 Nefia 17–18 ianao dia ho ilainao ny mahafantatra ireo firenena kely telon'i Syria, Isiraely ary Joda ary koa ny fanjakana Syriana izay lehibe kokoa, izay nikasa ny hambabo ireo firenena kely ireo. Jereo ity sarintany manaraka ity sy ilay tabilao miaraka aminy.

| **Firenena** | Syria | Isiraely (Efraima) | Joda |
|---|---|---|---|
| **Mpanjaka** | Rezina | Peka | Ahaza |
| **Renivohitra** | Damaskosy | Samaria | Jerosalema |

Vakio ny 2 Nefia 17:1–2, ary jereo ilay sarintany. Ny hoe "miandany amin'i Syria i Efraima" dia midika hoe ireo firenena roa ireo dia nanaiky ny hikambana. Ezaho fantarina hoe iza no nanafika an'iza. Tsarovy fa ilay andianteny hoe "mpianakavin'i Davida" ao amin'ny andininy faha 2 dia ilazana an'i Ahaza sy ny vahoakan'i Joda.

Naniry ny hambabo ny fanjakan'i Joda ny fanjakan'i Isiraely sy ny fanjakan'i Syria ary hanery an'i Joda mba hiara-hikambana amin'izy ireo mba hanoherana ny fanjakana Asyriana izay matanjaka. Nampitahotra i Asyria fa hambabo faritra iray manontolo teto amin'izao tontolo izao tamin'izany fotoana izany. I Isiraely sy i Syria dia nino fa rehefa voababon'izy ireo i Joda dia afaka manana olona maro kokoa izy ireo ary fitaovana bebe kokoa mba hiadiana amin'ireo Asyriana izay efa nanatona (jereo ny 2 Nefia 17:5–6). Nieritreritra ny hiara-hikambana amin'i Isiraely sy i Syria ny Mpanjaka Ahaza.

Eritrereto hoe inona no hataonao raha toa ka ianao no Mpanjaka Ahaza. Mandrahona ny hanafika ny vahoakanao i Asyria etsy andaniny, ary etsy ankilany mampiakapeo ny hanafika anao i Syria sy i Isiraely raha toa ianao ka tsy hiara-hikambana amin'izy ireo mba hiady amin'i Asyria. Nipetraka tany amin'ny fanjakan'i Joda i Isaia ary nirahin'ny Tompo nankany amin'i Ahaza izy mba hitondra hafatra. Inona araka ny eritreritrao no ho tsapanao mikasika izany hoe hafatra iray avy amin'ny mpaminany izany raha toa ka ianao no Mpanjaka Ahaza?

**1.** Vakio ny 2 Nefia17:3–8, ary tsipiho ny hafatry ny Tompo ho an'i Ahaza sy ny vahoakany izay nampitondraina ny mpaminany Isaia. (Ny teny hoe "tapa-porohana" ao amin'ny andininy faha 4 dia ilazana ilay fanilo iray maty, izay entina hanehoana ny fahapotehana sy ny fahababoan'ireo fanjakana roa ireo.) Alaivo sary an-tsaina hoe henonao i Isaia nilaza izany tamin'i Ahaza. Taty aoriana dia nisy namana iray nanontany anao mikasika ny zavatra nolazain'i Isaia. Manorata fehezanteny roa na telo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay mamaritra ny fomba hamalianao ilay namanao.

Niezaka i Isaia mba hanampy ny mpanjaka sy ny vahoakany hiantehatra amin'ny fanampian'ny Tompo toy izay amin'ny fiaraha-mikambana ara-pôlitika izay tsy tsara tombina.

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny mitodika any amin'ny Tompo rehefa mila fanampiana isika toy izay miantehatra fotsiny amin'ny olona hafa mba hanampy antsika?

**b.** Inona avy ireo toe-javatra sasany izay mety hahatonga ny tanora ho azon'ny fakam-panahy hanao ho lohalaharana ny fifandraisany amin'ny olona hafa fa tsy ny fifandraisany amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy?

Nilaza ny Tompo fa homeny famantarana iray i Ahaza sy ny fanjakan'i Joda izay maneho fa ho arovany izy ireo ary tsy ho ilain'izy ireo ny fianteherana amin'ilay fiaraha-mikambana ataon'ny firenena eto an-tany. Vakio ny 2 Nefia 17:14 mba hahalalana ilay famantarana. Ataovy ao anaty faribolana ilay teny hoe *Imanoela* ao anatin'io andininy io. Soraty eo akaikin'io andininy io ny hoe "Matio 1:22–23." Vakio ny Matio 1:22–23 mba hahitana ny dikan'ilay anarana hoe Imanoela.

Ahoana no ho fomba nanampian'ny famantarana iray izay midika hoe "Momba antsika Andriamanitra" an'i Ahaza tao anatin'izany fotoana izany? Tamin'ny fomba ahoana ihany koa no niresahan'ny faminaniana nambaran'i Isaia tahaka izany momba ny fahaterahan'i Jesoa Kristy taonjato vitsy taty aoriana?



Mba hahatakarana bebe kokoa ilay famantarana hoe, fahaterahan'ilay zaza iray, dia diniho ity fanazavana manaraka nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity: "Misy singa maro na mirazotra amin'ity faminaniana ity tahaka ny hita be dia be tokoa ao amin'ny rakitsoratr'i Isaia. Ny dikany tena mivantana angamba dia niompana tamin'ny vadin'i Isaia izay vehivavy madio sy tsara toetra, izay tera-dahy tao anatin'izany fotoana izany [jereo ny 2 Nefia 18:3], ary io zaza io dia lasa fambara sy tandindon'ilay fahatanterahana lehibe an'ilay faminaniana niseho taty aoriana, izay hitranga ao anatin'ny fahaterahan'i Jesoa Kristy" (*Christ and the New Covenant* [1997], 79).

Naminany i Isaia fa alohan'ny hahalehibe ilay zaza dia hambabo ny tafik'i Isiraely (Efraima) sy i Syria i Asyria (jereo ny 2 Nefia 17:15–25). Ilay famantarana hoe "Momba antsika Andriamanitra" dia natao mba



hanomezana toky indray ny Mpanjaka Ahaza fa **Hiaraka amintsika Andriamanitra rehefa matoky Azy isika na dia mandritra ireo fotoan-tsarotra sy mampatahotra aza.** Soraty ao anatin'ny soratra masinao io fitsipika io.

Vakio ny 2 Nefia 18:6–8, ary tsipiho ny andian-teny hoe "ranon'i Siloa." Ny ranon'i Siloa ho an'i Isaia dia naneho ilay fitarihana sy hery tony sy tsy miovaova ary manohana avy amin'Andriamanitra, izay nilaina nampidirina tao anatin'ny fiainana ara-pôlitikan'ny firenena (jereo ny 2 Nefia 18:6). Nampiasain'i Isaia ny ranon'i Siloa mba hanehoana zava-mifanohitra satria ny vahoakan'i Isiraely sy ny vahoakan'i Joda dia nanda ny Mesia—"ny ranon'i Siloa," na ilay hery tony sy manohana avy amin'Andriamanitra. Noho izany, araka ny faminaniana nataon'i Isaia dia nobaboin'ny Mpanjakan'i Asyria sy ireo miaramilany mpanafika mampihoron-koditra sy mahery setra—izay aseho amin'ny alalan'ny hoe "renirano izay mahery sady betsaka"—i Syria sy i Isiraely.

Amin'ny maha-mpahaitononkalo azy dia nampiasain'i Isaia ireo karazan-drano roa ireo, izay mikoriana amin'ny endriny samy hafa tanteraka mba hanazavana ny zavatra hitranga amin'i Joda. Dia tonga tany Joda ny tafika Asyriana—izay aseho amin'ny alalan'ny teny hoe *taninao.* Saingy tsy nambabo an'i Jerosalema ilay tafika—izay aseho amin'ny alalan'ilay fehezanteny hoe "hanafotra izy sy hihoatra, na dia hisondrotra havozona aza."

Vakio ny 2 Nefia 18:9–12, ary jereo hoe impiry ny Tompo no nanoro hevitra an'i Joda mba tsy hiaraka amin'i Syria sy i Isiraely. Araka ny voarakitra ao amin'ny 2 Nefia 18:13, dia taiza no nanoroan'ny Tompo hevitra an'i Joda, tamin'ny alalan'i Isaia, fa tokony handehanan'izy ireo hitady fanampiana?

Rehefa avy nanafika an'i Joda ny Asyriana ary nanambana an'i Jerosalema dia nahazo mpanjaka vaovao i Joda. I Hezekia no anarany. Natoky ny Tompo sy ny mpaminany Isaia izy. Miaramila Asyriana miisa 185.000 no novonoin'ny anjelin'ny Tompo anankiray tao amin'ny tobin'izy ireo tamin'ny farany (jereo ny 2 Mpanjaka 19:35; Isaia 37:36).

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na mihoatra izany:

**a.** Inona avy ireo loza ateraky ny fametrahana ny fitokianao amin'ny zavatry ny tany sy ireo fitarihana ara-nofo toy izay amin'ny Tompo? (Azonao atao ny mieritreritra toe-javatra izay mety maka fanahy anao handray fanapahan-kevitra miorina amin'ny tahotra.)

**b.** Oviana ianao no nitodika tany amin'ny Tompo mba hangataka hery raha toa ka tratran'ny fakam-panahy hitodika tany amin'ny loharano hafa aloha tamin'ny voalohany? Inona no nianaranao avy amin'ilay zavatra niainana?

**d.** Voaro tamin'ny famongorona ny vahoakan'i Joda rehefa teo ambany fitarihan'ny Mpanjaka Hezekia satria nanaraka ny torohevitra nomen'i Isaia izay avy amin'ny Tompo izy ireo. Nahoana no afaka miaro antsika amin'ny loza ara-panahy ny fanarahana ireo mpaminany maoderina?

## 2 Nefia 19:1–7

*Niteny ho an'ny Mesia i Isaia*

Moa ve ianao hatramin'izay efa nanao dia nandritra ny fotoana naharitra ka tsy nahita masoandro na tsy nahatsapa ny hafanany? Raha toa tsy mbola niaina izany ianao dia alaivo sary an-tsaina hoe misy aloka tsy tapaka manarona anao ka tsy mahita hazavana sy mahazo hafanana mihitsy ianao (toy ireny hoe ao anatin'ny efitra maizina ireny foana). Nampiasa sary mitovy amin'izany i Isaia mba hampisehoana toe-javatra ara-panahy iainan'ny olona izay tsy manaraka ny hazavan'i Jesoa Kristy.

Misy tany roa voalaza ao amin'ny 2 Nefia 19:1–2. Vakio ireo andininy ireo ary asio marika ny anaran'ireo tany roa.

Nandritra ny taonjato maro talohan'ny nanoratan'i Isaia ireo andininy ireo dia nisy ady maro nifanaovana mba hahazoana mifehy ilay faritra izay fantatra ankehitriny hoe Tany Masina. Ny sasany dia niantso io faritra io hoe "tany aloky ny fahafatesana" satria tena maro ny olona namoy ny ainy teo nandritra ny ady. Tao anatin'ny vanim-potoan'ny Testamenta Vaovao, dia tao amin'ireo faritra fantatra teo aloha hoe tany Zebolona sy tany Naftalia i Nazareta, Kapernaomy, Naina ary Kana. Ireo no tanàna nandanian'i Jesoa Kristy ny ankamaroan'ny fotoany mba hanompoana olona 500 taona mahery taty aoriana. Fantatra amin'ny hoe faritr'i Galilia izany.

Asio marika ao amin'ny 2 Nefia 19:2 ny zavatra nolazain'i Isaia an'ireo olona tao amin'io faritra io fa ho hitan'izy ireo amin'ny farany.

Ny filazan'i Isaia hoe ireo izay "nandeha tao amin'ny haizina" ary nitoetra tao amin'ny "tany aloky ny fahafatesana" dia "nahita hazavana lehibe", dia faminaniana iray momba ny fanatanterahan'i Jesoa Kristy ny asa nanirahana azy teto an-tany tany amin'io faritra iray teto amin'izao tontolo izao io. Nandeha tao anatin'ny haizina ara-panahy ny olona izay nipetraka tany amin'ny faritr'i Galilia, saingy rehefa niaina sy nanompo teo anivon'izy ireo i Jesoa Kristy dia nahita "hazavana lehibe" izy ireo.

**4.** Vakio ny 2 Nefia 19:6–7, ary eritrereto hoe iza amin'ireo anarana iantsoana ny Mpamonjy ao amin'ny andinin'ny faha 6 ireo no mety tena nanan-danja manokana ho an'ny vahoakan'i Joda noho ny toe-javatra niainan'izy ireo. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fanehoan'ny iray amin'ireo anarana ireo na mihoatra ny zavatra tsapanao momba ny Mpamonjy.

## 2 Nefia 19–20

*Noresahan'i Isaia ny famongorana ny ratsy fanahy amin'ny Fiaviana Fanindroany*

Ny faminanian'i Isaia mikasika ny famongorana an'i Asyria izay voarakitra ao amin'ny 2 Nefia 20, dia faminaniana koa mikasika ny famongorana ny ratsy fanahy amin'ny Fiaviana Fanindroany. Rehefa mamaky io toko io ianao dia tsarovy fa toa an'i Hezekia izay natoky ny torohevitr'i Isaia avy amin'ny Tompo ka dia nahazo fitahiana, dia tsy tokony hatahotra koa ny fitsarana izay hitranga amin'ny mponin'ny tany amin'ny fotoana aorian'ny Fiaviana Fanindroany ianao rehefa mametraka ny fitokisanao amin'ny Tompo.

Inona ilay fehezanteny miverimberina ao amin'ny 2 Nefia 19:12, 17, 21 sy 2 Nefia 20:4? Azonao atao ny manisy marika izany ao amin'ny soratra masinao. Soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ilay fehezanteny ary tsipiho ny teny hoe *fahatezerany* sy ny teny hoe *tanany.* Soraty eo ambanin'ny teny hoe *fahatezerany,* ny teny hoe *fitsarany,* ary eo ambanin'ny teny hoe *tanany,* ny teny hoe *famindram-pony.* Vakio mafy ilay fehezanteny ka soloy amin'ny hoe *fitsarany* sy *famindram-pony* ireo teny ireo ("Na dia eo aza izany rehetra izany dia tsy mitony ny [fitsarany] fa mbola mihinjitra ny [famindram-pony].")

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no hamaritan'ilay fehezanteny ao anatin'ilay asa fandalinana natao tetsy ambony ny fihetsika asehon'ny Tompo eo anatrehan'ireo firenena na fianakaviana na olona izay manda Azy?

**b.** Ahoana no ahafahanao mampihatra ireto fahamarinana manaraka ireto eo amin'ny fiainanao? **I Jesoa Kristy dia Andriamanitry ny fitsarana sy ny famindram-po. Ny famindram-pony dia mihinjitra amin'ireo izay mibebaka sy mitandrina ny didiny.**

**6.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fotoana iray izay nankatoavanao didy iray ary nahatsapanao ny famindram-pon'Andriamanitra.

**7.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 17–20 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

**FIZARANA 7: ANDRO 3**

# 2 Nefia 21–24

## Fampidirana

Maro amin'ny faminanian'i Isaia ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no mikasika ny andro farany. Naminany mikasika ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara izy, sy momba ny Mpaminany Joseph Smith ary ny Fiaviana Fanindroany sy ny famongorana ny olon-dratsy. Hitany mialoha fa ny Tompo dia "hanangana faneva iray ho an'ny firenena" mba hanangonana ny olony amin'ny andro farany (jereo ny 2 Nefia 21:11–12). Nijoro ho vavolombelona koa i Isaia fa ny Tompo dia handresy an'i Satana ary hampiditra ny Arivotaona izay vanimpotoana iray hanjakan'ny fiadanana sy fifaliana.

### Fampiasana Soratra Masina mba Hahatakarana Soratra Masina

Ny boky soratra masintsika dia miara-miasa mba hanampiana antsika hahatakatra ireo fahamarinana sy faminaniana ao amin'ny filazantsara. Ohatra, ity lesona ity dia miresaka momba ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 113 mba hitondrana fanampiana eo amin'ny fanazavana ireo faminaniana sy fampianaran'i Isaia. Nampian'i Nefia koa isika mba hahatakatra ny tenin'i Isaia. Nilaza ny Loholona Bruce R. McConkie tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa ny "Bokin'i Môrmôna dia ahitana ny fanazavana tena tsara indrindra eto an-tany mikasika ny bokin'i Isaia" ("Ten Keys to Understanding Isaiah," *Ensign,* ôkt. 1973, 81).

### 2 Nefia 21:1–4, 10–12

#### *Nahita mialoha ny Fameranana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'ny andro farany i Isaia*

Miatoa kely dia alaivo sary an-tsaina ny hazavana iray izay manomboka miseho eo anoloanao. Lasa mazava kokoa hatrany ilay hazavana. Tampoka teo dia indro misy iraka avy any amin'Andriamanitra mijoro eo anoloanao. Milaza aminao izy fa madiva ho tanteraka ireo faminaniana fahiny ary ilaina ny fanampianao mba hanatanterahana azy ireo. Inona no fihetsika sy eritreritra ary fanontaniana ho tonga ao an-tsainao voalohany indrindra?

Ny alina nisehoan'i Môrônia voalohany indrindra tamin'i Joseph Smith—21 Septambra 1823—dia nanambara ny tao anatin'ny Isaia 11 izy izay hita koa ao amin'ny 2 Nefia 21. Nolazain'i Môrônia i Joseph Smith fa ireo faminaniana tao anatin'izany toko izany dia madiva "ho tanteraka" (Joseph Smith—Tantara 1:40). Rehefa mandalina ireo faminaniana avy ao amin'i Isaia ireo ianao dia eritrereto ny antony niraketan'i Nefia azy ireo tao anatin'ireo takelaka kely ary koa ny antony nanambaran'i Môrônia azy ireo tamin'i Joseph Smith.

Nandray fanambarana ny Mpaminany Joseph Smith izay nanazava ny dikan'ireo faminaniana voarakitra ao amin'ny 2 Nefia 21. Efa ela ireo manam-pahaizana no revo tamin'ny fiezahana nanakatra ny dikan'ireo tandindona nampiasaina tao amin'io toko io. Ny Bokin'i



Môrmôna sy ireo mpaminany maoderina dia nanampy antsika hahatakatra tsara ny dikany. Ohatra, i Isaia dia nampiasa ny endriky ny hazo na zavamaniry iray. Vakio ny 2 Nefia 21:1, 10, ary tadiavo ireo singa manokana mandrafitra ny hazo na zavamaniry iray izay nambaran'i Isaia. Dia vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 113:1–6 mba hanampy anao hahatakatra ny dikan'ireo tandindona ireo. Mety hanampy ny

fanoratana ny dikan'ireo tandindona ireo ao amin'ny soratra masinao.

*Vatan'i Jese*—Jesoa Kristy

*Solofo hivoaka avy ao amin'ny vatan'i Jese*—Mpanompon'i Jesoa Kristy

*Fakan'i Jese*—Olona iray mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana

Diniho ity teny manaraka nolazain'ny Loholona Bruce R. McConkie manaraka ity izay nanazava fa ny hoe "fakan'i Jese" sy ny hoe "solofo hivoaka avy ao amin'ny vatan'i Jese" dia samy ilazana ny Mpaminany Joseph Smith: "Moa ve isika diso raha milaza fa ilay mpaminany voalaza eto [ao amin'ny F&F 113:5–6] dia i Joseph Smith, izay nandray ny fisoronana, sy nandray ireo fanalahidin'ny fanjakana ary nanangana faneva iray ho an'ny fanangonana ny vahoakan'ny Tompo amin'izao fotoampitantanana misy antsika izao? Ary moa ve izy tsy 'mpanompo eo an-tanan'i Kristy izay tamingan'i Jese ary koa Efraima ny ampahany, na avy amin'ny tranon'i Josefa izay hametrahana hery lehibe'? [F&F 113:3–4]" (*Millennial Messiah* [1982], 339–40).

Vakio ny 2 Nefia 21:10, 12, ary tadiavo ny zavatra nambaran'i Isaia tamin'ny faminaniana fa hataon'ny Tompo amin'ny alalan'ny "fakan'i Jese" (Joseph Smith). Ny teny hoe *faneva* dia ilazana ilay "saina" izay ivondronan'ny olona.

Ireo andininy ireo dia mampianatra ity fahamarinana manaraka ity: **Naverin'ny Tompo tamin'ny laoniny ny filazantsarany sy ny Fiangonany tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith ary manangona ny vahoakany Izy amin'izao andro farany izao.**

**1.** Valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no mahatonga Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ho faneva ho an'izao tontolo izao?

## 2 Nefia 21:6–9; 22:1–6

### *Nofaritan'i Isaia ny Arivotaona*

Ny iray amin'ireo lohahevitra ifanakalozana hevitra eo anivon'ireo Kristianina dia ny fanjakan'ny Mpamonjy mandritra ny arivotaona. Efa mba nieritreritra bebe kokoa momba izany ve ianao? Alaivo sary an-tsaina hoe misy namana iray nanontany mikasika ny zavatra inoanao momba ny Arivotaona. Inona no holazainao?

Naminany i Isaia fa aorian'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany dia hisy fiovana eto an-tany izay haharitra arivo taona. Antsointsika hoe Arivotaona io vanimpotoana hisian'ny fandriampahalemana io. Vakio ny 2 Nefia 21:6–9, ary tadiavo ireo toe-javatra hiseho eto an-tany mandritra ny Arivotaona.

Araka ny 2 Nefia 21:9, ny iray amin'ireo faminaniana



mikasika ny Arivotaona dia ny hoe "ho henika ny fahalalana ny Tompo ny tany." Saintsaino hoe inona no ho fiantraikan'ny fahatanterahan'io faminaniana io eo amin'ny olona manerana an'izao tontolo izao. Vakio ny 2 Nefia 22:1–6, ary diniho ilay toe-tsaina maneho fitsaohana izay hananan'ny olona mandritra ny Arivotaona. Ahoana no ahafahantsika manana toetra tahaka izany ankehitriny?

Ireo andininy izay nohalalininao dia mampianatra ity fahamarinana ity: **Ho toerana handry fahalemana ny tany mandritra ny Arivotaona satria ho henika ny fahalalana ny Tompo ny tany.** Inona avy ireo toe-javatra hiseho mandritra ny Arivotaona izay tianao hiseho eo amin'ny fiainanao amin'izao fotoana izao? Saintsaino mandritra ny fotoana fohy hoe inona no azonao atao mba hahazoana ny sasany amin'ireo fitahiana ireo.

Azonao atao ny mihira na mihaino na mamaky ny "Christ est ma Lumière" (*Cantique,* no. 50) mba hamenoanao ny fandalinanao ny 2 Nefia 22.

## 2 Nefia 23–24

### *Noresahan'i Isaia ny fandravana an'i Babylona, sy ny famongorana ny olon-dratsy sy ny famongorana an'i Losifera*

Araka ny voarakitra ao amin'ny 2 Nefia 23–24, dia nanameloka ny haratsian-toetran'ny mpianakavin'i

Isiraely i Isaia ary nampitaha ny famongorana ny olon-dratsy amin'ny andro farany tamin'ny fandravana an'i Babylona fahiny. I Babylona dia firenena tena feno faharatsiana tamin'ny andron'i Isaia ary nanomboka tamin'izay ka hatramin'izao dia lasa marika iray hanehoana ny faharatsian'izao tontolo izao (jereo ny F&F 133:14).

Halalino ny zavatra nambaran'i Isaia tamin'ny faminaniana fa hitranga amin'ny olon-dratsy amin'ny andro farany amin'ny alalan'ny famakiana ny 2 Nefia 23:1, 4–9, 11, 15, 19, sy 22.

I Isaia koa dia nampitaha ny fandravana an'i Babylona fahiny tamin'ny fianjeran'i Losifera (Satana) avy any an-danitra. I Losifera dia noraisiny an-tsariohatra ho toy ny mpanjakan'i Babylona, izay midika hoe ilay izao tontolo izao iray manontolo feno faharatsiana. Nampiasain'i Isaia ilay fahalavoan'i Losifera tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana ho enti-maneho ny fomba fahalavoan'ny olon-dratsy sy ny fianjerany. Halalino ny 2 Nefia 24:12–14, ary asio marika ireo andian-teny izay mampiseho ny fiavonavonana sy ny fieboeboan'i Satana.

Moa ve tsikaritrao ny fampiasana ny teny hoe *aho* ao anatin'ireo andininy ireo? Azonao atao ao anaty faribolana ireo teny hoe *aho* ao anatin'ny soratra masinao. Nilaza ny Filoha N. Eldon Tanner avy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany indray mandeha fa i Satana dia "mifantoka bebe kokoa amin'ny fandokandokafana azo fa tsy amin'ny vokatra azo ary ny voninahitra sy ny fahazoana dera no tena tanjon'izy ireo" ("For They Loved the Praise of Men More Than the Praise of God," *Ensign,* nôv. 1975, 76).

Halalino ny 2 Nefia 24:15–16 mba hahitana ny zavatra hitranga amin'i Satana amin'ny farany sy ny zavatra ho tsapan'ny olona momba azy rehefa ho hitan'izy ireo marina hoe iza izy.

Vakio ity teny nolazain'ny Filoha Ezra Taft Benson manaraka ity: "Nandritra ilay filankevitra talohan'ny nahaterahana dia ny fieboeboana no nampianjera an'i Losifera, 'ilay zanaky ny maraina' (2 Ne. 24:12–15; jereo koa ny F&F 76:25–27; Mosesy 4:3). . . . Natolotr'i Losifera mba hifaninana amin'ilay drafitry ny Ray any An-danitra izay narovan'i Jesoa Kristy ny sosokeviny. (Jereo ny Mosesy 4:1–3). Naniry ny hahazo voninahitra mihoatra ny zavatra hafa rehetra izy (Jereo ny 2 Ne. 24:13.) Raha fehezina ilay faniriany izay mifono fieboeboana, dia ny hanongana an' Andriamanitra. (Jereo ny F&F 29:36; 76:28)" ("Beware of Pride," *Ensign,* mey 1989, 4–5).

Hitantsika ao amin'ny 2 Nefia 23:22, fa afaka mahazo fampaherezana ianao raha toa ka marina. Hamindra fo aminao Andriamanitra fa hofongorana kosa ny olon-dratsy.

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no azoko ovaina eo amin'ny fiainako ankehitriny mba hankatoavako bebe kokoa?

**b.** Ahoana no ahafahako manapa-kevitra ny hitoetra ho mpankatò?

Mivavaha mba hanananao fahafahana hizara ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny fahamarinana nianaranao tao amin'ny 2 Nefia 23.

**3.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 21–24 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 7: ANDRO 4

# 2 Nefia 25

## Fampidirana

Rehefa avy nirakitra an-tsoratra ireo faminanian'i Isaia (2 Nefia 12–24) ny mpaminany Nefia dia nanantitrantitra ny maha zava-dehibe an'ireo faminaniana ireo ary nanazava fa ireo izay manana ny fanahin'ny faminaniana dia afaka mahatakatra sy mankafy ny tenin'i Isaia (2 Nefia 25). Nanazava izy fa ny tanjon'ny asa sorany dia ny "handresy lahatra ny zanatsika ary koa ny rahalahintsika mba hinoany an'i Kristy sy hihavanany amin'Andriamanitra" (2 Nefia 25:23). Nanasa ny rehetra izy mba hino an'i Jesoa Kristy ary mba "hitsaoka Azy amin'ny hery, ny saina, ny tanjaka, ary ny fanahinareo rehetra" (2 Nefia 25:29).

### 2 Nefia 25:1–8

*Nampianatra i Nefia fa afaka mahatakatra ny tenin'i Isaia isika rehefa manana ny fanahin'ny faminaniana*



Matetika ny olona no mampiasa hidin-javatra mba hiarovana fananana sarobidy. Mety hazonin'izy ireo ilay hany fanalahidy manokatra ilay

hidin-javatra na mety omeny fanalahidy iray mitovy amin'io fahalahidy io ny namana na olona iray ao amin'ny fianakaviana izay hatokisana. Fantatr'i Nefia fa "manan-danja lehibe" ireo faminanian'i Isaia (2 Nefia 25:8), ary tiany mba ho takatry ny olona rehetra izy ireo. Nomeny fanalahidy izay te hamantatra ny dikan'ny tenin'i Isaia.

Vakio ilay fehezanteny voalohany ao amin'ny 2 Nefia 25:4, ary tadiavo ny fanalahidy hahatakarana ny tenin'i Isaia. Inona no dikan'ny hoe manana ny "fanahin'ny faminaniana"? Ahoana araka ny eritreritrao no ahafahan'ny fanahin'ny faminaniana manampy anao hahatakatra bebe kokoa ny soratra masina ary indrindra indrindra ny tenin'i Isaia?

Ny fanahin'ny faminaniana dia ilazana ny fanahin'ny fanambarana. Midika izany fa rehefa mandalina amim-pahavitrihana sy ombam-bavaka ny soratra masina ianao ary mikatsaka ny hanakatra ny dikany dia afaka manana ny fanahin'ny fanambarana ka hohazavain'ny Fanahy Masina ny sainao sy ny fahatakaranao. Mampianatra koa ny soratra masina fa "ny filazana an'i Jesosy no fanahin'ny faminaniana" (Apokalypsy 19:10). Rehefa mitombo ny fahalalanao sy ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny Mpamonjy dia hitombo ny fahatakaranao ny soratra masina—tafiditra ao anatin'izany ireo fampianaran'i Isaia—ary ho takatrao tsara kokoa ny ifandraisan'izany aminao.

Nizara hevitra hafa i Nefia izay afaka mampitombo ny fahatakarantsika ny tenin'i Isaia. Diniho ireto soratra masina manaraka ireto ary tadiavo ireo fanalahidy telo fanampiny hahatakarana ny tenin'i Isaia:

- 2 Nefia 25:1 ________________________________
________________________________
- 2 Nefia 25:5–6 ________________________________
________________________________
- 2 Nefia 25:7–8 ________________________________
________________________________

Tsarovy fa ny tandindona sy ny fiteny miendrika tononkalo dia nampiasaina matetika tao anatin'ireo faminaniana teo amin'ny Jiosy fahiny (jereo ny 2 Nefia 25:1). Ny fandalinanao ny kolontsaina sy ny tantara ary ny jeografian'i Isiraely fahiny koa dia hanampy anao hahatakatra ireo tenin'i Isaia (jereo ny 2 Nefia 25:5–6). Ny fiainana amin'ny andro farany sy ny fahitana ny fahatanterahan'ireo faminaniana maro dia manampy antsika hahatakatra ny tenin'i Isaia (jereo ny 2 Nefia 25:7–8).

## 2 Nefia 25:9–19

*Naminany momba ny Jiosy i Nefia*

Araka ny voarakitra ao amin'ny 2 Nefia 25:9–19, dia naminany mikasika ny Jiosy sy ny tanindrazany tao



Jerosalema ary ireo faritra manodidina i Nefia. Nilaza izy fa ireo Jiosy izay nobaboina tany Babylona taorian'ny fandravana an'i Jerosalema dia hiverina any amin'ny "tany lovany" (jereo ny 2 Nefia 25:9–11). Hiaina eo anivon'izy ireo i Jesoa Kristy ilay Mesia, saingy maro no handa Azy ary hanombo Azy (jereo ny 2 Nefia 25:12–13). Aorian'ny fahafatesan'ny Mpamonjy sy ny Fitsanganany amin'ny maty dia ho rava indray i Jerosalema ary haely patrana sy hampijalian'ireo firenena hafa ny Jiosy (jereo ny 2 Nefia 25:14–15). Hino an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany ihany izy ireo amin'ny farany ary hampodiany amin'ny laoniny izy ireo ho afaka amin'ny "toetry ny fahaverezana sy ny fahalavoana" (jereo ny 2 Nefia 25:16–19).

## 2 Nefia 25:20–30

*Nijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy i Nefia*

Eritrereto ny fomba ahafahanao mamaly olona iray izay manizingizina fa tsy mino an'i Jesoa Kristy ny Olomasin'ny Andro Farany. Rehefa mandalina ny ambin'ny 2 Nefia 25 ianao dia tadiavo ireo andinin-tsoratra masina izay azo zaraina ao anatin'ny toe-javatra toy izany.

Vakio haingana ny 2 Nefia 25:20–30, ary asio marika ny anarana hoe "Kristy" isaky ny miseho izany.

**1.** Vakio ny 2 Nefia 25:28–29, ary tadiavo ny zavatra izay nolazain'i Nefia fa "lala-mahitsy." Tadiavo ao anatin'ny 2 Nefia 25: 23–26 ny antony "maha-lala-mahitsy" ny finoana an'i Jesoa Kristy. (Marihina fa ny 2 Nefia 25:23, 26 dia soratra masina fehezina. Azonao asiana marika amin'ny fomba miavaka izany mba hahafahanao mahita azy any aoriana.) Raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valinteninao.

Ilay teny hoe *hihavanany* ao amin'ny 2 Nefia 25:23 dia midika hoe mifanara-tsaina amin'Andriamanitra. Ny "fahasoavan'ny" Tompo izany amin'ny farany no fomba entina hihavanana amin'Andriamanitra. Vakio ity fanazavana manaraka mikasika ny fahasoavan'ny Tompo ity:

Ny teny hoe: *fahasoavana,* araka ny ampiasana azy ao amin'ny soratra masina, dia ilazana voalohany indrindra ny fanampiana sy ny tanjaka avy any an-danitra izay azontsika amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Tompo. . . .

". . . Hitsangana amin'ny maty sy handray ny tsy fahafatesana ny olona rehetra amin'ny alalan'ny fahasoavana, izay nomena tamin'ny alalan'ny sorompanavotan'ny Mpamonjy [Saingy raha te hahazo ilay fiainana mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra isika dia tsy maintsy voadio amin'ny fahotana amin'ny alalan'ny fahasoavany.]

"Ilay andian-teny hoe 'rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao'[2 Nefia 25:23] dia mampianatra fa ilaina ny ezaka avy amintsika mba handraisana ny fahafenoan'ny fahasoavan'ny Tompo ary mba hahamendrika ny hitoetra hiaraka Aminy. Nandidy antsika mba hankatò ny filazantsarany ny Tompo ka tafiditra ao anatin'izany ny fananana finoana Azy, ny fibebahana amin'ny fahotantsika, ny fanaovana batisa, ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ny faharetana hatramin'ny farany. . . .

"Ankoatra ny filana ny fahasoavana ho an'ny famonjena anao farany, dia mila izany hery manampy izany koa ianao isan'andro eo amin'ny fiainanao. Rehefa manakaiky ny Rainao any An-danitra ianao amin'ny alalan'ny fahazotoana sy fanetren-tena ary halemempanahy, dia hampisondrotra anao ara-panahy sy hampahery anao amin'ny alalan'ny fahasoavany Izy" (*True to the Faith: A Gospel Reference* [2004], 77–78).

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no ifandraisan'ny fahasoavan'ny Tompo sy ny ezaka ataontsika mba hiaina ny filazantsara?

**b.** Midika inona aminao ny hoe voavonjy amin'ny alalan'ny fahasoavana?

**d.** Inona araka ny hevitrao no dikan'ilay andian-teny hoe "rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao"?

Diniho ity fahamarinana manaraka ity: **Noho i Jesoa Kristy dia afaka ny ho voavonjy amin'ny alalan'ny fahasoavana isika rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao.** Eritrereto ny fotoana iray izay nanaovanao ny zavatra rehetra azonao natao ka dia nahazo ilay fanampiana sy hery masina ianao.

Ity misy fahamarinana iray hafa izay nampianarin'i Nefia (jereo ny 2 Nefia 25:26): **Afaka mahazo ny famelana ny fahotantsika isika amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.**

Manorata taratasy ho an'ny namana iray na olona iray ao amin'ny fianakaviana mikasika ny finoanao an'i Jesoa Kristy na zarao ny fijoroanao ho vavolombelona mandritra ny fivoriana fijoroana ho vavolombelona na mandritra ny toe-javatra miseho iray hafa.

> ### Mitantara Toe-javatra Niainana
>
> Ny fitantarana toe-javatra niainana izay nanomezan'ny Tompo fanampiana anao dia afaka mampatanjaka anao ao anatin'ny fotoan-tsarotra. Ny fizarana ireo toe-javatra niainana ireo amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona sy fanoratana ao anatin'ny diarinao na fanazavana izany amin'ny olona iray akaiky anao dia tsy hoe manampy anao fotsiny fa afaka mampahery olona hafa izay mety ao anatin'ny toe-javatra sarotra ary mila fanohanana mba hanampiana azy ireo hino fa misy marina Andriamanitra ary manana hery hanampiana antsika Izy.

**3.** Vakio indray ny 2 Nefia 25:26 ary valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Amin'ny fomba ahoana no hitsaohanao na hanehoanao fanajana an'i Jesoa Kristy? Inona avy ireo asa atao izay mampiseho fa mino sy mitsaoka an'i Jesoa Kristy ianao?

**b.** Inona no azonao atao mba hitsaohana amin'ny fomba tsaratsara kokoa ny Mpamonjy amin'ny herinao sy ny sainao ary ny tanjakao rehetra?

## Soratra Masina Fehezina—2 Nefia 25:23, 26

Ampiasao ity lamina iray ity mba hanampy anao hitadidy ny 2 Nefia 25:26:

"Ary miresaka an'i Kristy isika,
mifaly amin'i Kristy,
mitory an'i Kristy,
maminany ny amin'i Kristy,
ary manoratra araka ny faminaniantsika
mba hahafantaran'ny zanatsika
ny loharano azony andrandraina
ho famelana ny fahotany."

Rehefa avy namerimberina kely ilay andinin-tsoratra masina ianao dia takony amin'ny tananao ny andalana voalohany indrindra dia avereno lazaina izany. Dia takony indray ny andalana iray hafa ary tohizo izany mandra-pahatsapanao fa hainao tsianjery ilay andinin-tsoratra masina.

**4.** Avereno tanisaina amin'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana ny 2 Nefia 25:26 ary soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina fa hainao tsianjery izany.

**5.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 25 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 8: ANDRO 1

# 2 Nefia 26–27

## Fampidirana

Hitan'i Nefia mialoha ny fitsidihan'i Jesoa Kristy an'i Amerika sy ny famongorana hianjady amin'ny olona any aoriana. Hitan'i Nefia mialoha koa ireo izay hiaina amin'ny andro farany ary nampitandremany amin'ny fiavonavonana sy ny tsikombakomba miafina ary ny kaomiberaky ny mpisorona. Mba hanehoana ny fomba hanomezan'ny Tompo lalana iray handresena ny vokatry ny faharatsiana sy ny apôstazia dia nampidirin'i Nefia ireo faminanian'i Isaia mikasika ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'ny andro farany.

## 2 Nefia 26

### *Naminany mikasika ny andro farany i Nefia ary nanasa ny rehetra mba hanatona an'i Kristy*

Moa ve ianao efa niaina horohoron-tany na orambaratra mahery vaika na sehon-javatra tena nandravarava na efa nahita sary na horonantsary mampiseho an'ireo zavatra ireo? I Nefia dia nahita fa amin'ny andro farany, ny mponin'izao tontolo izao dia "hovangiana amin'ny varatra sy ny tselatra ary ny horohorontany sy amin'ny fomba fandringanana rehetra" (2 Nefia 26:6). Inona no tonga ao an-tsainao rehefa mamaky mikasika ny "fahatezeran'ny Tompo" (2 Nefia 26:6) na "ny fitsaran'Andriamanitra" (2 Nefia 25:3) ianao? Natao hitahiana ny zanany ny fitsaran'Andriamanitra —mba hitondrana ny olon-dratsy ho any amin'ny fibebahana sy hiarovana ny olo-marina. Ao amin'ny 2 Nefia 26:1–11, i Nefia dia naminany mikasika ny fandravaravana hiseho mialohan'ny fitsidihan'i Jesoa Kristy an'i Amerika ary ny famongorana ny olony amin'ny farany noho ny haratsian-toetran'izy ireo. Vakio ny 2 Nefia 26:8–9, ary tadiavo ireo fitahiana izay nolazain'i Nefia fa ho tonga amin'ireo taranany marin-toetra. Dia vakio avy eo ny 2 Nefia 26:12–13, ary tadiavo ny zavatra nampanantenaina antsika rehefa mampihatra ny finoana an'i Jesoa Kristy isika.

**1.** I Jesoa Kristy dia maneho ny tenany amin'ireo izay mino Azy ary maharitra ao anatin'ny fahamarinana. Raketo an-tsoratra ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no fomba hanehoan'i Jesoa Kristy ny tenany amin'ireo izay mino Azy? (Jereo ny 2 Nefia 26:13.)

**b.** Ahoana no fomba nahitanao na niainanao ny sasantsasany tamin'ireo fanehoan'i Jesoa Kristy ny tenany ireo?

Ao amin'ny 2 Nefia 26:14–19, i Nefia dia naminany fa ny olony sy ny taranak'ireo rahalahiny dia hohalemen'ny tsy finoana amin'ny andro farany ary ho tonga ny Bokin'i Môrmôna. Nambarany ao amin'ny 2 Nefia 26:20–22 fa ho maro ny olona amin'ny andro farany no feno fiavonavonana sy handa ireo fahagagana nataon'Andriamanitra ary hiantehitra amin'ny fahendreny sy fahaizany manokana. Tamin'ny alalan'ny ohatra toy ny ahoana no nahitanao ny fahatanterahan'ny faminanian'i Nefia?

Nampitandrina antsika i Nefia fa ny devoly dia mampiasa ny fiavonavonana, ny fahalianan-karena sy ny tsikombakomba miafina mba hamotehana antsika. Asio marika eo akaikin'ny 2 Nefia 26:22 ao anatin'ny soratra masinao, ny fomba hikatsahan'i Satana hamatorana antsika. Ny tadin-drongony dia tady malefaka izay mora tapaka. Kanefa rehefa kofehy maro no miaraka arandrana dia lasa tady mahazaka izany. Vakio ny 2 Nefia 26:32, ary jereo ireo karazana "asan'ny maizina" izay didian'ny Tompo mba hosorohintsika. Saintsaino hoe ahoana no ahafahan'ny kofehy singany iray ho lasa "tady mahazaka" ao amin'ny 2 Nefia 26:32.

**2.** Alaivo sary an-tsaina hoe mampianatra namana iray mikasika ny fomba hisorohana ny fandriky ny devoly (Satana) ianao. Amin'ny alalan'ny fampiasana ny 2 Nefia 26:20–22, 32, dia manorata andinin-tsoratra iray ao anatin'ny diary fandilananao soratra masina izay manazava ny dingana arahan'ny devoly hikatsahana ny hamatorana antsika. Jereo manokana ao anatin'ny 2 Nefia 26:22 ny fomba fampiasan'ilay fahavalo ny tadin-drongony mandra-pahavoafatotr'ilay olona ianjadiam-boina amin'ny tady mahazaka ary manomeza ohatra iray.



Hitan'i Nefia ny famotehana nataon'ny fahavalo ary nampitandrina ny amin'ny fandrik'i Satana sy ny fitarihany amin'ny andro farany izy. Ny mifanohitra amin'ny asa maizin'i Satana kosa no nampianarin'i Nefia dia ny hoe atolotra ho an'ny rehetra ny fitiavan'Andriamanitra ary ny tanjony dia ny hamonjy ny faran'izay maro amin'ireo izay hanatona Azy. Vakio ny 2 Nefia 26:23–24, ary asio marika ireo teny sy andianteny izay mamaritra ny fomba fiasan'Andriamanitra amin'ny zanany. Araka ny 2 Nefia 26:24, inona no tanjon'Andriamanitra ao anatin'ny zavatra rehetra ataony? Azonao asiana marika ilay andian-teny izay mampianatra io fotopampianarana io: **Ny zavatra rehetra ataon'ny Tompo dia ho tombontsoan'izao tontolo izao.**

**3.** Valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Nahoana no manampy anao hampitombo ny finoanao ny Rainao any An-danitra sy manome fiadanana sy fahatokiana anao eo amin'ny fiainana ny fahatakarana fa ny zavatra rehetra ataon'ny Tompo dia ho tombontsoan'izao tontolo izao?

Vakio vetivety ny 2 Nefia 26:25–28, 33, ary asio marika ny teny hoe *rehetra, misy,* ary *tsy misy* isaky ny miseho. Dia miverena any amin'ny voalohany indray ary avereno vakina ireo andinin-tsoratra masina ireo ka diniho tsara ireo teny ireo sy ny fomba nampianaran'i Nefia hoe **tia ny olona rehetra ny Tompo ary manasa ny rehetra mba hanatona Azy sy hahazo anjara amin'ny famonjeny.** Saintsaino hoe inona no fiantraikan'io fitsipika io eo amin'ny fomba fahitanao ny didy sy ireo fitsipika ary ny olona hafa.

**4.** Vakio ny 2 Nefia 26:29–31. Tanisao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny roa na telo amin'ny endrikendriky ny komiberaky ny mpisorona izay hita ao amin'ny andininy 29, ary valio avy eo ireto fanotaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana araka ny eritreritrao no manimba ny Fiangonana ny komiberaky ny mpisorona?

**b.** Araka ny 2 Nefia 26:30, ahoana no fomba hisorohana ny komiberaky ny mpisorona?

## 2 Nefia 27:1–23

*Naminany ny fahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna i Nefia*



**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no ahafahantaranao (na nahoana ianao no mino) fa tenin'Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna?

Nambaran'ny Tompo tamin'ny mpaminany Isaia ny antsipiriany mikasika ny fahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna izay noraketin'i Nefia tao amin'ny 2 Nefia 27. Taorian'ny naminanian'i Isaia fa olona maro no ho feno faharatsiana amin'ny andro farany ary handa ny mpaminany dia nampianatra izy fa hamoaka boky ahitana ny rakitsoratra fahiny Andriamanitra (jereo ny 2 Nefia 27:1–7). Vakio ny 2 Nefia 27:12–14, ary tadiavo ny zavatra ampianarin'izany fa ho ataon'ny Tompo mba hanehoana ny fahamarinan'ilay boky izay ho avy amin'ny andro farany.

Ny fomba iray nentin'ny Tompo nanehoana ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna dia ny famelana olona hafa hahita ireo takela-bolamena. Voafidy ho Vavolombelona Telo i Oliver Cowdery sy i David Whitmer, ary i Martin Harris ary noresahina tao amin'ny 2 Nefia 27:12 (Jereo "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Telo" any amin'ny pejy voalohandohan'ny Bokin'i Môrmôna.)

Ilay "vitsivitsy" voalaza ao amin'ny 2 Nefia 27:13 dia ahitana ireo Vavolombelona Valo (jereo "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Valo" any amin'ny pejy voalohandohan'ny Bokin'i Môrmôna). Asio marika ny andian-teny hoe "vavolombelona maro araka izay heveriny ho mety" ao amin'ny 2 Nefia 27:14. Rehefa mahazo ny Bokin'i Môrmôna ianao ary mizara ny fijoroanao ho vavolombelona dia lasa vavolombelon'ny fahamarinan'io boky io koa ianao. Azonao atao ny manoratra ny anaranao eo akaikin'ny 2 Nefia 27:14 ho toy ny iray amin'ireo vavolombelona fanampiny mikasika ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna.

Toy izao no nolazain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo raha nijoro ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna izy:



"Mijoro ho vavolombelona aho fa tsy misy na iza na iza amintsika hahazo finoana feno ao anatin'ity asan'ny andro farany ity—ary avy eo hahazo fiadanana tena lehibe amin'izao androntsika izao—raha tsy efa mahafantatra ny maha-avy amin'Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna sy ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy Tompo izay momba Azy no ijoroan'izany ho vavolombelona. . . .

"Mangataka aho mba horaketin'ny olona eto an-tany sy ny anjely any an-danitra ny fijoroako ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna sy ny zavatra rehetra fonosin'izany, izay nolazaina androany miaraka amin'ny fianianako sy araka ny anjara fanompoako ao amin'ny fisoronana. . . . Tiako hazava tanteraka rehefa mijoro eo amin'ny toeram-pitsaran'Andriamanitra aho fa nanambara tamin'izao tontolo izao tamin'ny fiteny tena mivantana faran'izay vitako, fa marina ny Bokin'i Môrmôna ary tonga tamin'ny fomba nolazain'i Joseph fa hahatongavany izany ary nomena mba hitondra fifaliana sy fanantenana ho an'ny mahatoky izay ianjadian'ny olan'ny andro farany" ("Antoka ho an'ny Fanahy," *Liahona,* nôv. 2009, 89–90).

Eritrereto ny zavatra azonao atao mba hanamafisana orina ny finoanao ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna.

**6.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra hataonao amin'ity taona ity mba hanamafisana ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna.

Mba hanatanterahana ity asa atao manaraka ity dia mila mampiasa ny Joseph Smith—Tantara ianao izay ao anatin'ny Voahangy Lafo Vidy. Vakio ny Joseph Smith—Tantara 1:63–65, ary tadiavo ao anatin'ilay tantara ireo anaran'olona ireo. Dia vakio avy eo ireo andinin-tsoratra masina asaina vakina ao amin'ny 2 Nefia 27 izay hita ao anatin'ilay tabilao etsy ambany ary ampifandraiso amin'izay andian-tsoratra masina mifanaraka aminy ny anarana tsirairay.

| | |
|---|---|
| a. Charles Anthon | _____ Ilay olona tsy mahay (jereo ny 2 Nefia 27:9, 15, 19–20) |
| b. Joseph Smith | _____ Ilay lehilahy nitondra ny teny na ny endri-tsoratra tany amin'ilay olo-mahay (jereo ny 2 Nefia 27:15, 17) |
| d. Martin Harris | _____ Ilay olo-mahay (jereo ny 2 Nefia 27:15, 18) |

Ny teny hoe *endri-tsoratra* ao amin'ny Joseph Smith—Tantara 1:63–65 dia ilazana ireo endri-tsoratra Egyptiana nohavaozina izay nalain'i Joseph Smith sy nadikany avy tamin'ireo takela-bolamena nentin'i Martin Harris tany amin'ny Prôfesora Charles Anthon. I Charles Anthon dia mpampianatra iray tany Columbia College izay fanta-daza tamin'ny fahaizana ireo fiteny fahiny. Taorian'ny nilazany sy nanamarinany fa marina ny dikanteny nataon'i Joseph Smith tamin'ireo endri-tsoratra, dia norovitin'ny Prôfesora Anthon ilay fanamarinana ny dikanteny rehefa nolazaina taminy ny fomba mifono fahagagana nahazoana ireo takelaka. Nanolotra ny tenany mba handika ilay rakitsoratra izy. Rehefa nohazavain'i Martin Harris fa misy tombo-kase ny sasany amin'ireo takelaka dia nilaza izy fa tsy afaka ny hamaky boky misy tombo-kase. Araka ny 2 Nefia 27:16, dia inona no tanjon'i Charles Anthon ka nahatonga azy ho te handika ireo takelaka?

Vakio ny 2 Nefia 27:20–23, ary asio marika ilay andian-teny izay averimberina ao amin'ny andininy 20 sy 21.

**7.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba nanamafisan'ny fandalinanao ny 2 Nefia 27:1–23 hatreto fa afaka manao ny asany Andriamanitra. (Raha mila fampahalalana fanampiny momba ny fahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna ianao dia jereo ny F&F 20:8–12.)

Azonao atao ny manoratra ity fahamarinana manaraka ity ao anatin'ny soratra masinao: **Ny fahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna no iray amin'ireo fomba hoentin'Andriamanitra hanatanterahana ny asa amin'ny andro farany.**

**8.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no fomba hanamafisan'ny fahatanterahan'ny faminaniana fahiny momba ny Bokin'i Môrmôna ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny boky

sy ny anjara asany ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny Fiangonan'ny Tompo?

## 2 Nefia 27:24–35

*Naminany ny voka-tsoa avy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny i Nefia*

Nifidy tovolahy iray nantsoina hoe Joseph Smith Andriamanitra mba ho mpaminanin'ny Andro Farany ary hitondra ilay asany mahatalanjona amin'ny andro farany. Ilay hoe "asa mahatalanjona" lazaina ao amin'ny soratra masina dia ilay Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, izay ahitana ny fahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna. Vakio ny 2 Nefia 27:25–26, ary asio marika ny teny hoe "asa mahatalanjona sy mahagaga iray," ary tadiavo ireo toe-javatra sasantsasany hiseho rehefa hanomboka ny asany mahatalanjona ny Tompo. Eritrereto hoe ahoana no fomba nanampian'ny Bokin'i Môrmôna sy ny Famerenana amin'ny laoniny anao hisoroka ireo toe-javatra ireo.

Vakio ny 2 Nefia 27:29–30, 34–35, ary asio marika ireo fitahiana izay azo noho ny fahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna sy ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara. **Ny Bokin'i Môrmôna sy ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara dia hitondra fifaliana sy fahatakarana an-tsaina ho an'ireo izay mandalina sy manaiky izany.**



**9.** Raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no nahatonga ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara izay ahitana ny fahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna ho "asa mahatalanjona" teo amin'ny fiainanao?

**10.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 26–27 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

## FIZARANA 8: ANDRO 2

# 2 Nefia 28

## Fampidirana

Naminany ireo toe-javatra sarotra sasantsasany hiseho amin'ny andro farany i Nefia ka tafiditra tao anatin'izany ireo fampianarana diso sy ny fiavonavonan'ireo fiangonana diso izay hiorina. Nampianariny ny fomba hamantarana ireo fotopampianarana diso sy ireo toetran'izao tontolo izao ary nasehony ireo zavatra hifoforan'i Satana mafy mba handrebirebena ny lehilahy sy ny vehivavy tsy hanana fiainana feno fahamarinana.

## 2 Nefia 28:1–19

*Niresaka mikasika ireo fiangonana diso sy hevitra diso ao anatin'ny androntsika i Nefia*

Ny ankamaroan'ireo toerana rehetra dia ahitana takelaka mpanoro lalana izay mampitandrina ny mpandeha rehefa misy loza manambana eo amin'ilay lalana. Manao ahoana ny halehibe sy ny lokon'ny takelaka mpanoro lalana any amin'ny firenena sy tanàna ipetrahanao, izay mampitandrina ny mpamily fa misy loza manambana ao aloha ao? Mitovy amin'izany koa ny poizina sy zavatra mampidi-doza hafa izay matetika fantatra amin'ny alalan'ny fisian'ny mari-pamantarana sy fampitandremana eo amin'ilay fonosan'entana na fitoeran-javatra. Ahoana no fomba fanasiana marika izany any amin'ny toerana ipetrahanao?

Toy ireo fitaovana ahitana marika fampitandremana ireo, ny Bokin'i Môrmôna koa dia ahitana fampitandremana izay manampy anao hisoroka ireo zavatra misarika izay manimba ny fanahinao. Nampiseho ny fomba ahafahan'ny Bokin'i Môrmôna mampitandrina anao sy manome hery anao hanoherana ny tetika ratsin'i Satana ny Filoha Ezra Taft Benson: "Ny Bokin'i Môrmôna dia mampiseho ireo fahavalon'i Kristy. Manaporofo ny mahadiso ireo fotopampianarana sandoka ary mampitsahatra ny fifandirana izany (Jereo ny 2 Ne. 3:12). Manome hery ireo mpanara-dia be fanetren-tena



an'i Kristy izany mba hanoherana ireo tetika sy lamina ratsy ary ireo fotopampianaran'ny devoly amin'izao androntsika izao. Ny karazan'olona nihemotra hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia mitovy amin'ireo karazany hitantsika amin'izao fotoana izao. Noho izany dia novolavolain'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fahalalany tsy manam-petra momba ny hoavy ny Bokin'i Môrmôna mba hahafahantsika mahita izay diso sy mahafantatra ny fomba hiadiana amin'ny hevi-diso ara-pampianarana, ara-pôlitika, ara-pinoana ary ara-pilôzôfia amin'izao androntsika izao" ("The Book of Mormon Is the Word of God," *Ensign,* jan. 1988, 3).

**Ny Bokin'i Môrmôna dia mampiseho ireo hevi-dison'ny devoly ary manome hery antsika hanoherana ny teti-dratsiny.** Araka ny voarakitra ao amin'ny 2 Nefia 28, dia nantitranterin'i Nefia ny sasany tamin'ireo fampianaran-dison'ny devoly izay hita foana tao anatin'ny taranaka nifandimby rehetra. Halalino ny 2 Nefia 28:3–9, ary asio marika ireo fampianaran-dison'i Satana izay nianaranao tao anatin'izany. (Marihina fa ny 2 Nefia 28:7–9 dia soratra masina fehezina. Azonao asiana marika amin'ny fomba miavaka izany mba hahafahanao mahita azy any aoriana.)

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireo fampianarana diso avy ao amin'ny 2 Nefia 28:3–9 izay eritreretinao fa tena manimba ny zatovo amin'izao fotoana izao ary hazavao ny anton'izany. Ampidiro ao koa ny ohatra iray ahitana ny fomba mahatonga ny tanora ho lasa voasariky ny fampianarana diso.

Vakio ny 2 Nefia 28:12–14, ary tadiavo ny zavatra nampitandreman'i Nefia fa hitranga amin'ireo fiangonana sy ny olona maro na dia ny sasany amin'ireo "mpanaradia an'i Kristy sady manetry tena" (andininy 14) aza. Ireo zavatra ireo dia vokatry ny fiavonavonana sy ny fotopampianarana diso izay hitanao ao amin'ny 2 Nefia

28:3–9. Vakio ny 2 Nefia 28:15–16, 19, ary tadiavo ny sasany amin'ireo voka-dratsy ateraky ny fampianarana diso. Azonao atao ny manisy marika ilay andian-teny ao amin'ny 2 Nefia 28:19 izay manazava ny zavatra hataon'ny devoly amin'ireo izay tsy mibebaka.

## Soratra Masina Fehezina—2 Nefia 28:7–9

**2.** Vakio mafy ny 2 Nefia 28:7–9. Manokana fotoana hianarana tsianjery ny 2 Nefia 28:8. Azonao soratana ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina araka ny fitadidianao azy izany na azonao tanisaina amin'ny olona iray ao amin'ny fianakavianao na ny namanao. Any amin'ny andro farany dia hisy maro no hampianatra araka izay fomban'ny fotopampianarana diso sy tsy ilaina, ary tsy misy heviny. Mitanisa ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina fomba vitsivitsy izay hanindrahindrana ireo fotopampianarana tsy misy heviny ary hazavao fohifohy ny fomba ahafahanao mamantatra ireo fotopampianarana tsy misy heviny eto amin'izao tontolo izao sy ny fomba hisorohana izany.

## 2 Nefia 28:20–32

*Nampitandrina mikasika ny fitaka ataon'i Satana i Nefia*

Ho fiomanana amin'ny fandalinanao ny ambin'ny 2 Nefia 28, dia vakio ity zavatra manaraka niainan'ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity rehefa nandeha nitsidika valan-javaboary iray izy nandritra ny fanatanterahany andraikitra tany Afrika:

"Nijanona teo amin'ny lava-drano iray izahay mba hijery ireo biby tonga misotro rano. Tena maina ny andro tamin'izany ka tsy nisy rano firy fa faritra feno fotaka fotsiny no tena nisy. . . .



"Ny antilope no tena kirikirina indrindra. Atonin'izy ireo ilay lavaka feno fotaka dia mihodina fotsiny izy ireo ary lasa mirifatra amin-tahotra lehibe. Hitako hoe tsy nisy liona teo ka dia nanontaniako an'ilay olona mpanoro lalana ny antony tsy nisotroan'izy ireo rano. Ny valiny nomeny ary anisan'ny zavatra manan-danja ao anatin'ny lesona izany dia hoe 'Voay.'

"Fantatro fa mety hoe nihanihany izy saingy nanontaniako tsara izy hoe: 'Fa inona no olana?' Dia toy ilay teo ihany ny valiny: 'voay.'

"'Tsy mitombina izany,' hoy aho. 'Tsy misy voay izany eto. Tokony ho hitan'ny rehetra eto izany raha misy.' . . .

"Hitany fa tsy nino azy aho ka dia nivonona izy hampianatra lesona ahy. Nandeha nitondra fiara tany amin'ny toerana iray hafa izahay ka teny amin'ny fefiloha teo ambonin'ilay lavaka misy fotaka no nisy anay ary afaka nijery ny teny ambany izahay. 'Ireo,' hoy izy. 'Jereonao.'

"Tsy nahita na inona na inona afa-tsy fotaka aho ary rano kely sy ireo biby kirikirina tery alavitra tery. Dia iny fa hitako tampoka teo ilay izy!—voay lehibe nitoetra tao anaty fotaka niandry biby tsy miahiahy izay mangetaheta mafy ka manatona mba hisotro rano.

"Lasa nino tampoka teo aho! Rehefa hitany fa vonona ny hihaino aho dia notohizany ilay tantara. 'Misy voay manerana ity vala rehetra ity,' hoy izy, 'fa tsy ao anaty renirano fotsiny akory. Tsy misy rano eto aminay ka hoe tsy ahitana voay eo akaiky eo ary mila manaiky izany ianao.' . . .

"Nandritra ny dia iray hafa tany Afrika dia nitantara izany zava-niseho izany tamin'ny mpiambina ala tany amin'ny valan-javaboary iray hafa aho. . . .

"Nampiseho toerana iray tamiko izy avy eo, izay nisehoan'ny loza iray. Nisy tovolahy iray avy any Angletera niasa tao amin'ilay toerana fandraisam-bahiny nandritra ny fe-potoana iray. Na dia efa nampitandremana tsy tapaka aza izy dia nandeha nisitrika teny anelanelan'ny fefy mba hijery zavatra iray teny am-pitan'ny rano niangona iray izay tsy nandifotra ilay kiraro tennis nanaovany.

"'Tsy mbola nahatafiditra ny tongony tao anaty rano akory izy,' hoy ilay mpiandry ala, 'dia lasan'ny voay iray, ary tsy nisy azonay natao mba hamonjena azy'" ("Spiritual Crocodiles," *Ensign,* mey 1976, 30–31).

Inona no loza ateraky ny tsy finoana ny fisian'ny voay rehefa tsy afaka mahita azy ireo ianao? Inona no mampitovy ny zavatra niainan'ny Filoha Packer sy ilay zatovolahy amin'ny zavatra nolazain'i Nefia ao amin'ny 2 Nefia 28:22?

Nanazava ny Filoha Packer hoe:

"Ireo olon-dehibe izay efa niaina toe-javatra maro teo amin'ny fiainana dia mampitandrina anao amin'ireo loza manambana. Tsy hoe ny voay fotsiny ihany no afaka mandrapaka anao fa eo koa *ireo voay ara-panahy,* izay mampidi-doza kokoa foana sy mamitaka bebe kokoa ary zara raha hita raha mitaha amin'ireo biby mandady any Afrika izay tena voafina tsara aza.

"Afaka mamono na mamotika ny fanahinao ireo voay ara-panahy ireo. Afaka manimba ny filaminan-tsainao izy ireo ary ny filaminan-tsain'ireo olona akaikin'ny fonao. Ireo olona ireo no tokony hampitandremana ary saika feno an'ireo voay ara-panahy ireo manerana an'izao tontolo izao ("Spiritual Crocodiles," 31).

Valio eto amin'ity faritra manaraka ity izao fanontaniana manaraka izao: Inona no mampitovy ny voay any Afrika amin'ireo fakam-panahy sy tetik'i Satana? _

________________________________________

________________________________________

Vakio ny 2 Nefia 28:20–21, 24–26, ary tadiavo ny fomba entin'i Satana mamotika antsika. (Mety manampy ny mahafantatra fa ny teny hoe *hampitoniany* ao amin'ny 2 Nefia 28:21 dia midika hoe halefahany, rotsirotsiany na hampatoriany ara-panahy.) Araka ireo andininy ireo dia inona ireo fomba ampiasain'i Satana mba hiezahana hampitoniana antsika sy hitarihana antsika ao anatin'ny heriny? ______________________________

______________________________.

Ny fitsipika lehibe ampianarina ao anatin'ireo andinintsoratra masina ireo dia ny hoe: **Mampiasa tetika maro i Satana mba hamehezana antsika toy ny famporisihana antsika mba ho tezitra, fampitoniana sy fandrotsirotsiana antsika ary fandokafana antsika.**

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana ireto na mihoatra izany:

**a.** Ahoana no fomba ampiasan'i Satana ny fahatezerana mba hamitahana sy hanimbana ny olona tsirairay sy ny fianakaviana ary ny fiaraha-monina?

**b.** Zavatra tsara manao ahoana no nambosian'i Satana ny olona tsirairay mba hahatezitra azy ireo?

**d.** Manomeza ohatra roa farafahakeliny izay mampiseho ny nahatonga olona sasany lasa tony sy jamba teo anatrehan'ireo loza anambanan'i Satana.



Vakio ity fanazavana manaraka ity izay nomen'ny Eveka Richard C. Edgley, mpanolotsaina iray tao amin'ny Episkôpà Mpiahy mikasika ny dingana miandalana ampiasain'i Satana mba hamandrihana antsika: "Tsy afaka miteny isika hoe hanota kely fotsiny ao anatin'ny fahatanorantsika na hanandrana hitsapatsapa kely ny moron'ny fahotana fotsiny. Tsy *misy moron'ny* fahotana izany. Ny zavatra atao rehetra na tsara na ratsy dia misy vokany daholo. Ny zavatra *tsara* rehetra atao dia mampivoatra ny fahafahantsika manao ny tsara sy mijoro mafy kokoa amin'ny fanoherana ny fahotana sy ny fiatrehana ny tsy fahombiazana. Ny fandikana lalàna rehetra na kely izany na lehibe dia mahatonga antsika ho lasa ho mora voatarik'i Satana rehefa maka fanahy antsika indray izy amin'ny manaraka. Mandeha tsimoramora i Satana ao anatin'ilay famitahany antsika amin'ireo vokatry ny fahotana heverin'ny sasany hoe kely mandra-pahazoany antsika ao anatin'ireo fandikan-dalàna tena lehibe. Io fomba io dia nofaritan'i Nefia ho toy ilay hoe mampitony sy mandrotsirotsy ary mandoka 'mandra-pisamboran'i Satana antsika amin'ilay gadrany mahatsiravina izay tsy misy fanafahana' (2 Ne. 28:22; jereo koa ny and. 21)" ("That Thy Confidence Wax Strong," *Ensign,* nôv. 1994, 40).

I Satana dia mampiasa ireo tetika misoko mangina ireo mba handresena lahatra antsika hieritreritra sy hilaza ary hanao zavatra tsy mety. Vakio ny 2 Nefia 28:27–29, ary mitadiava fampitandremana fanampiny ao anatin'izany.

Nanome fampitandremana sy fitahiana iray hafa ny Tompo izay hita any amin'ny faramparan'ity toko ity. Vakio ny 2 Nefia 28:30–32, ary saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto: Nahoana no antsoin'Andriamanitra hoe sambatra ny olona sasany? Ahoana no fomba hanampian'ny fanarahana ny torohevitr'Andriamanitra antsika mba handresy ny tetik'i Satana?

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nianaranao avy amin'ity lesona ity izay hanampy anao handresy ny tetik'i Satana. Aiza avy ireo toerana na inona avy ireo zavatra atao na toetra sasantsasany izay ho halavirinao mba tsy hahatonga anao ho tratran'ny fisarihan'i Satana?

**5.** Eritrereto ilay resaka mikasika ireo takelaka mpanoro lalana tany am-piandohan'ity lesona ity. Manaova sarina takelaka mpanoro lalana iray ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay mampiseho loza ara-panahy iray izay eritreretinao fa tokony hampitandremana ny tanora amin'izao fotoana izao. Miomana mba hizara izany amin'ny mpampianatra anao sy ireo mpianatra ao am-pianarana.

**6.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 28 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

## FIZARANA 8: ANDRO 3

# 2 Nefia 29–30

### Fampidirana

Mitohy ao amin'ny 2 Nefia 29–30 ny hafatr'i Nefia mikasika ilay asa mahatalanjon'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara. Mijoro ho vavolombelona izy fa amin'ny andro farany dia hiara-hiasa ny soratra masina rehetra mba hampiseho amin'ny firenena sy foko ary fiteny rehetra fa mahatsiaro ny zanany ny Tompo. Ireo rakitsoratra ireo dia vavolombelona sy fijoroana ho vavolombelona fa Mpamonjy antsika i Jesoa Kristy. Naminany i Nefia fa maro no handa ny Bokin'i Môrmôna saingy ireo izay mino dia hangonina ao amin'ny Fiangonana. Ankoatra izany dia nampianatra i Nefia fa ny

vahoakan'ny fanekempihavanan'Andriamanitra dia ireo izay mibebaka sy mino ny Zanakalahin'Andriamanitra.

## 2 Nefia 29:1–14

### *Nolazain'ny Tompo tamin'i Nefia fa amin'ny andro farany dia olona maro no handa ny Bokin'i Môrmôna*

Hitan'i Nefia fa olona maro amin'ny andro farany no hino fa ny Baiboly no hany boky soratra masina nambaran'Andriamanitra ary ary handa ny Bokin'i Môrmôna izy ireo. Inona no havalinao raha toa ka misy namana iray manontany hoe: "Nahoana no manana Baiboly iray hafa ny Môrmôna?"

Nanome valiny vitsivitsy mikasika izany fanontaniana izany i Nefia tamin'ny alalan'ny firaketany ny tenin'ny Tompo momba ny anjara asan'ny Bokin'i Môrmôna ao anatin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara amin'ny andro farany, izay nantsoin'ny Tompo hoe "asa mahatalanjona" (2 Nefia 29:1). Vakio ny 2 Nefia 29:1–2, ary fantaro ny zavatra hataon'ny tenin'ny Tompo amin'ny andro farany. ("Hankany" amin'ny taranak'i Nefia izany ary "hisiaka hatrany am-paran'ny tany.") Ny hoe "siaka" dia midika hoe "feo mikiriorioka," izay maneho fiantsoana mba hivondrona.

Ny teny hoe *faneva* ao amin'ny 2 Nefia 29:2 dia ilazana zavatra iray izay manangona sy mampiray ny olona. Ny saina no antsoina matetika hoe faneva. Araka ny 2 Nefia 29:2, dia inona ilay faneva izay handeha "hatrany am-paran'ny tany" mba hanangonana ny vahoakan'ny Tompo? (Azonao atao ny manoratra zavatra toy ny hoe *Ny Bokin'i Môrmôna —tenin'ny taranak'i Nefia* eo akaikin'ny 2 Nefia 29:2.)

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny tanjon'ny Tompo tamin'ny fanomezana soratra masina fanampiny toy ny Bokin'i Môrmôna araka ny 2 Nefia 29:1–2.



Nanome an'izao fanazavana manaraka izao ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roamboinifolo mikasika ny Bokin'i Môrmôna: "Ny Bokin'i Môrmôna dia fanambarana lehibe mikasika ny fanekempihavanana nataon'Andriamanitra tamin'ny zanany tety an-tany sy ny fitiavany azy ireo" (*Christ and the New Covenant: The Messianic Message of the Book of Mormon* [1997], 4).

Ao amin'ny 2 Nefia 29 ny teny hoe *Jentilisa* dia ilazana ny olona izay tsy ao anatin'ny mpianakavin'i Isiraely. Ny teny hoe *Jiosy* dia ilazana ny olona ao anatin'ny mpianakavin'i Isiraely izay ahitana ny fianakavian'i Lehia sy ny taranany. Vakio ny 2 Nefia 29:3–6, ka tadiavo ny ho fihetsik'ireo Jentilisa sasany eo anatrehan'ilay soratra masina fanampiny. Soraty eo amin'ilay faritra nomena ny valiny omenao an'ireto fanontaniana manaraka ireto.

Inona no ho fihetsiky ny olona sasany eo anatrehan'ny soratra masina fanampiny? ______________________________

______________________________

Inona no nolazain'ny Tompo mikasika ny olona maneho fihetsika toy izany? ______________________________

______________________________

Tamin'ny endrika faminaniana no namaritan'i Nefia ny ho fihetsiky ny olona eo anatrehan'ny Bokin'i Môrmôna. Maneho fiahiahiana matetika ny olona amin'izao fotoana izao mikasika ny Bokin'i Môrmôna satria efa manana ny Baiboly izy ireo. Asio marika ireo teny na andian-teny ao anatin'ny 2 Nefia 29:7–11 izay manazava ny tanjon'ny Tompo tamin'ny nanomezany soratra masina fanampiny. Eritrereto ny fomba mety hanazavanao ireo tanjona ireo amin'ny olona iray izay tsy mahatakatra ny filana na ny maha zava-dehibe ny fandraisana fanambarana fanampiny avy amin'Andriamanitra.



**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina amin'ny alalan'ny fampiasana ny zavatra nasianao marika tao amin'ny 2 Nefia 29:7–11, ny valin'ilay fanontaniana naroso tany am-piandohan'ny lesona manao hoe: "Nahoana no manana Baiboly iray hafa ny Môrmôna?"

**Ny Tompo dia manome soratra masina ho toy ny vavolombelona faharoa ary mba hanangonana ny olony ho ao amin'ny fanekempihavanany.** Vakio ny 2 Nefia 29:13–14, ary tadiavo ilay fitahiana azo rehefa tonga teo anivon'ny olona ireo soratra masina —"ny tenin'ny Nefita" (Ny Bokin'i Môrmôna), "ny tenin'ny Jiosy" (ny Baiboly), ary "ny tenin'ny foko very tamin'i Isiraely".

## 2 Nefia 30:1–8

*Naminany ny anjara asan'ny Bokin'i Môrmôna amin'ny andro farany i Nefia*

Rehefa avy nampianatra i Nefia fa hahatsiaro ny mpianakavin'i Isiraely Andriamanitra dia nampitandrina ny olony izy mba tsy hieritreritra hoe marina kokoa noho ny Jentilisa izy ireo. Nampahatsiahiviny koa izy ireo fa ny olona rehetra dia afaka ny ho lasa olon'ny fanekempihavanan'Andriamanitra. Vakio ny 2 Nefia 30:2, ary soraty etsy amin'ilay faritra nomena ireo zavatra roa izay ilain'ny olona hatao alohan'ny hanaovan'ny Tompo fanekempihavanana amin'izy ireo. ___________

___________________________________________

___________________________________________

Makà fotoana kely hisaintsainana ny fiantraikan'ny Bokin'i Môrmôna teo aminao na teo amin'ny olona iray akaiky anao. Dia vakio avy eo ny 2 Nefia 30:3–8, ary soraty ao anatin'ity asa atao manaraka ity ireo andian-teny izay mamaritra ny fiantraikan'ny Bokin'i Môrmôna teo amin'ireo olona izay nandray azy.

| Vondron'olona | Ny Fiantraikan'ny Bokin'i Môrmôna |
|---|---|
| Taranak'i Lehia (2 Nefia 30:3–6) | |
| Jiosy (2 Nefia 30:7) | |
| Jentilisa, na firenena rehetra (2 Nefia 30:8) | |

Vakio ity teny manaraka nambaran'ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany ity ary asio marika miavaka ireo antony mahatonga ny Bokin'i Môrmôna ho fitaovana mahery vaika ho an'ny asa fitoriana:



"Ny Bokin'i Môrmôna no ivon'ny asa fitoriana hatramin'ny namerenana tamin'ny laoniny ny filazantsara tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph. Ampiasaintsika isan'andro ao anatin'ny asa fitoriana izany. Ny zavatra iray mahatonga ny Bokin'i Môrmôna ho toy ny fanalahidin'ny fahazoana hery ho an'ny lafiny tsirairay ao anatin'ny asa fitoriana dia izao: ny Bokin'i Môrmôna dia testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy. Milaza izany amintsika ny pejy misy ny lohateny. Milaza izany fa ny tanjon'ilay boky dia ny hampiseho ireo zavatra lehibe nataon'ny Tompo ho an'ny olony mba hanampiana azy ireo hahafantatra fa mbola manan-kery ny fanekempihavanana nataon'ny Tompo tamin'ny olony ary mba handresena lahatra ny olona rehetra fa i Jesoa no Kristy" ("Why the Book of Mormon?" *New Era,* mey 2008, 6, 8).



Ny fandalinana ny 2 Nefia 30:1–8 dia mampiseho antsika fa **afaka manampy ny olona hahafantatra an'i Jesoa Kristy sy hiaina ny filazantsarany ny Bokin'i Môrmôna.**

**3.** Fidio ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto mba hovalianao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina:

**a.** Ahoana no fomba nanampian'ny Bokin'i Môrmôna anao ho lasa nahafantatra ny Mpamonjy?

**b.** Ahoana no fomba hampiasanao ny Bokin'i Môrmôna mba hanampiana ny hafa ho lasa hahafantatra ny Mpamonjy?

## 2 Nefia 30:9–18

*Naminany mikasika ireo toe-javatra hiseho eto an-tany mandritra ny Arivotaona i Nefia*

Vakio ny 2 Nefia 30:9–10, ary tadiavo ny zavatra hitranga eo anivon'ny olona alohan'ny Arivotaona—ilay 1.000 taona hanjakan'ny fahamarinana sy ny fiadanana aorian'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany, rehefa "i Kristy tenany mihitsy no hanjaka ety an-tany" (Fanekem-pinoana 1:10). Ahoana no fomba nahitana "fizarazarana lehibe" (2 Nefia 30:10) izay manasaraka ny olo-marina amin'ny olon-dratsy? Inona no hitranga amin'ny olo-marina amin'ny farany?

Vakio ny 2 Nefia 30:12–18, ary tadiavo ny ho endriky ny fiainana mandritra ny Arivotaona.

**4.** Manorata lohatenin-dahatsoratra an-gazety iray (fanehoana zavatra iray miavaka na famintinana ao anatin'ny teny vitsivitsy) ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, izay mamaritra ny toe-javatra hiseho mandritra ny arivotaona izay tena andrandrainao tokoa. Rehefa avy nanoratra lohateny iray ianao dia hazavao ny antony mahatonga izany lohateny izany ho toy ny fanehoana ilay fiadanana izay hanjaka ety antany mandritra ny Arivotaona.

Eritrereto hoe inona no hitranga rehefa **tsy hanampahefana amin'ny fon'ny olona i Satana mandritra ny Arivotaona ary hanjaka ny fahamarinana sy ny**

**fiadanana.** Eritrereto hoe inona no hiova eo amin'ny sekolinao na fiaraha-moninao raha toa ka ireo toe-javatra ireo no miseho ankehitriny.

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra azonao atao mba hanampiana ny tenanao sy ny fianakavianao ary ny hafa hiomana amin'izany fotoana hisian'ny fiadanana sy fahamarinana izany.

## Fanazavana sy Fampahalalana avy amin'ny Zava-miseho

### *Ahoana no Fomba Hahatongavan'ireo Rakitsoratra Masina Fanampiny?*



Ny Loholona Bruce R. McConkie tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanambara fa ireo rakitsoratra voalaza ao amin'ny 2 Nefia 29:12–14 dia "ho tonga amin'ny fomba mahatalanjona eo ambany fitarihan'ny foilohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izay mpanambara sy mpandika teny ary mihazona ireo fanalahidin'ny fanjakan'Andriamanitra" (*The Millennial Messiah* [1982], 217). Fantatsika fa nitsidika ny sasany tamin'ireo foko very tamin'i Isiraely ny Mpamonjy. Taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty dia nitsidika ny Nefita Izy, ary izy ireo koa dia hanoratra ny tantara mikasika ny asa fanompoana nataony teo anivon'izy ireo taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty (jereo ny 3 Nefia 16:1–3; 17:4).

### *Rahoviana ny "Jiosy . . . no Hanomboka Hino an'i Kristy"?*

Ny Loholona Bruce R. McConkie koa dia niresaka mikasika ny fiovam-pon'ny Jiosy:

"'Ary ny zavatra hitranga dia *hanomboka* hino an'i Kristy ny Jiosy izay miely patrana; ka hanomboka hitambatambatra izy eto ambonin'ny tany' (2 Ne. 30:7.) Nitsahatra ny tsy fitiavan'ny Jiosy fahiny an'i Kristy tamin'ny ankapobeny ary maro ankehitriny no manaiky Azy ho toy ny 'Raby' lehibe na dia tsy raisiny ho toy ny Zanak'Andriamanitra aza. Nisy vitsivitsy nanaiky Azy tanteraka ka niditra ho mpikamban'ny Fiangonana marina niaraka tamin'ireo tamingan'i Efraima sy ny namany izay voangona.

"Saingy ilay fiovampo lehiben'ny Jiosy sy ny fiverenany amin'ny fahamarinana amin'ny maha-firenena azy dia natao hiseho aorian'ny Fiavian'ny Mesia Fanindroany. Ireo izay afaka ny hahatratra izany andro izany dia hanontany ao anatin'ny fisafoahany sy ny tomaniny hoe: 'Inona ireo ratra eo amin'ny tananao sy eo amin'ny tongotrao ireo? Ho fantany amin'izay fa Izaho no Tompo; fa hiteny Aminy aho: Ireto ratra ireto no ratra izay nandratrana Ahy tao an-tranon'ny sakaizako. Izaho Ilay nasandratra. Izaho no Jesoa izay nohomboana. Izaho no Zanak'Andriamanitra.' (F. & F. 45:51–52; Zak. 12:8–14; 13:6.)" (*Mormon Doctrine,* boky nivoaka faha 2 [1966], 722–23).

**6.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 29–30 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 8: ANDRO 4

# 2 Nefia 31

## Fampidirana

Nampianatra ny fotopampianaran'i Kristy i Nefia: tsy maintsy mampihatra ny finoana an'i Jesoa Kristy isika, mibebaka amin'ny fahotantsika, atao batisa, mandray ny Fanahy Masina ary maharitra hatramin'ny farany. Nijoro ho vavolombelona koa izy fa rehefa mampihatra ireo fampianarana ireo isika dia hanome antsika ny Fanahy Masina ho namana Andriamanitra ary hitarika antsika any amin'ny fiainana mandrakizay.

## 2 Nefia 31:1–21

### *Nampianatra i Nefia fa naneho ohatra tonga lafatra ho antsika ny Mpamonjy*

Nandeha tany amin'i Jaona Mpanao Batisa i Jesoa mba hatao batisa. Noho i Jesoa tsy nanota mihitsy dia nahoana araka ny eritreritrao no natao batisa Izy? Nahoana no natao batisa ianao? Hanampy anao hiomana amin'ity lesona ity ny fisaintsainana ireo fanontaniana ireo.

Vakio ny 2 Nefia 31:2, 21, ary asio marika ilay andianteny hoe "fotopampianaran'i Kristy." Jereo fa ao anatin'ny andininy faha 2, dia nanambara i Nefia fa "tsy maintsy lazainy [ny] momba ny fotopampianaran'i Kristy." Ao amin'ny andininy faha 21 indray dia nilaza izy fa "ny fotopampianaran'i Kristy" no noresahany. Mianatra mikasika ireo fahamarinana nantsoin'i Nefia hoe "fotopampianaran'i Kristy" isika ao amin'ny 2 Nefia 31:3–20. Ireto avy ireo fahamarinana roa ianarantsika: **Nanatanteraka ny Fahamarinana rehetra**

**i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'ny fankatoavana ny didin'ny Ray rehetra,** ary **tsy maintsy manaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy teo amin'ny fanekena ny hatao batisa sy handray ny Fanahy Masina isika.**

**1.** Soraty tsirairay ao anatin'ny tsanganana roa mirazotra ireto lohateny manaraka ireto ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: *Ny Antony Nanaovana Batisa an'i Jesoa* sy *Ny Antony Hanaovana Batisa Antsika.* Dia vakio avy eo ny 2 Nefia 31:4–12, ary tanisao eo ambanin'ireo lohateny ireo ny zavatra nianaranao.

Araka ny 2 Nefia 31:11, inona no zavatra tsy maintsy atao mialohan'ny batisa?

Mba hanazavana ny antony hitakiana ny batisan'ny rano dia vakio ity zavatra manaraka nolazain'ny Mpaminany Joseph Smith ity: "Ny batisa dia famantarana iray ho an'Andriamanitra sy ny anjely ary ho an'ny lanitra fa manao ny sitrapon'Andriamanitra isika ary tsy misy fomba hafa ety ambanin'ny lanitra izay nentin'Andriamanitra nanendrena ny olona mba hanatona Azy mba hovonjena ary hiditra ny fanjakan'Andriamanitra afa-tsy amin'ny alalan'ny batisa ho famelana ny fahotana ka tsy misy dikany izay mety ho fomba hafa ary ampanantenaina fa hahazo ny fanomezana ny Fanahy Masina ianao avy eo" (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 91).

**2.** Alaivo sary an-tsaina hoe misy namana iray izay tsy mpikamban'ny Fiangonana nanontany anao hoe nahoana no zava-dehibe ny batisa. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hamalianao izany.

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fiantraikan'ny fanarahana ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy teo amin'ny fiainanao sy ny fitahiana nentin'izany teo amin'ny fiainanao.

Maro ireo zavatra tokony hataontsika aorian'ny batisa. Vakio ny 2 Nefia 31:13, ary asio marika ireo andianteny izay mamaritra ny toetra tokony hananan'ny olona rehefa manaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy izy ireo.

Araka ny 2 Nefia 31:13, rehefa manatanteraka ny fanekempihavanantsika amin'ny finiavan'ny fo manontolo sy omban'ny fikasana marina isika dia inona no ampanantenain'ny Raintsika any An-danitra ho tambin'izany? (Azonao asiana marika izany ao anatin'ny soratra masinao.) Vakio ny andian-teny farany ao amin'ny 2 Nefia 31:17, ary tadiavo ny antony ilantsika ny fandraisana ny Fanahy Masina. Soraty eo amin'io faritra nomena io ny fotopampianarana iray na fitsipika iray izay mifototra amin'ny soratra masina iray manazava ny zavatra hataon'ny Fanahy Masina ho antsika. _

---



Ny afo dia ampiasaina mba hanadiovana zavatra iray toy ny vy. Mandoro izay maloto izany ary manajanona izay madio. Mitovy amin'izany koa ny zava-miseho amintsika ara-panahy rehefa mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina isika. Fantatra amin'ny hoe "batisan'ny afo" izany (jereo ny 2 Nefia 31:13). **Ny Fanahy Masina dia mijoro ho vavolombelona momba ny Ray sy ny Zanaka ary mitondra ny famelana ny fahotana.** Nampianatra i Marion G. Romney tao amin'ny Fiadidiana Voalohany hoe: "Io batisan'ny afo sy ny Fanahy Masina io dia . . . manadio sy manasitrana ny fanahy" (*Learning for the Eternities,* natambatr'i George J. Romney [1977], 133).

Mba hahitana ampahan-javatra iray hafa ao anatin'ny "fotopampianaran'i Kristy," dia vakio ny 2 Nefia 31:15–16, ary asio marika ny zavatra hitanao. Ampitahao amin'ireo andian-teny hitanao ao amin'ny 2 Nefia 31:13 ny torolalana nomena ao amin'ny 2 Nefia 31:15–16, ary eritrereto ny fomba ahafahanao maharitra hatramin'ny farany "omban'ny fikasana marina" sy "amin'ny finiavan'ny fo manontolo."

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no ifandraisan'ny teny hoe "amin'ny finiavan'ny fo manontolo," "tsy manao fihatsarambelatsihy," ary "omban'ny fikasana marina" amin'ny fanaovana zavatra toy ny famakiana soratra masina isan'andro na fandehanana miangona?

**b.** Inona no fahasamihafana misy eo amin'ny olona iray "mivavaka" sy ny olona iray izay mivavaka "amin'ny finiavan'ny fo manontolo"?

**d.** Inona no fahasamihafana misy eo amin'ny olona iray izay "mandray ny fanasan'ny Tompo" sy ny olona iray izay mandray ny fanasan'ny Tompo "omban'ny fikasana marina"?

Vakio ny 2 Nefia 31:18, ary tadiavo hoe aiza ho aiza isika taorian'ny nidirantsika ny vavahadin'ny fibebahana sy ny batisa. Rehefa mampihatra finoana sy mibebaka, dia atao batisa ary mandray ny Fanahy Masina isika dia miditra eo amin'ilay "lalana ety sy tery." Ny hoe *ety* dia midika hoe tery, kely, ary tsy misy hihodinana. Araka ny 2 Nefia 31:18, dia ahoana no ahafahantsika mahafantatra raha toa isika ka eo amin'ilay lalana ety sy tery? ______________________________

______________________________

Ny fananana ny fanomezana ny Fanahy Masina dia tsy fahatsapana tsara tsotra fotsiny izay azontsika indraindray. Ny fananana ny Fanahy Masina ho namana dia vavolombelona iray avy amin'Andriamanitra fa eo amin'ny lalana mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay isika.

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no fomba nanampian'ny fananana ny Fanahy Masina ho namana anao mba hijanona eo amin'ilay lalana ety sy tery?

**b.** Inona koa ireo fitahiana hafa nentin'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainanao?

Vakio ny 2 Nefia 31:19–21, ary manaova fitanisana iray amin'ny alalan'ny fanasianao tarehimarika ao anatin'ny soratra masina ireo zavatra hafa tsy maintsy ataonao mba hijanonanao eo amin'ilay lalana. (Marihina fa ny 2 Nefia 31:19–20 dia soratra masina fehezina. Azonao asiana marika amin'ny fomba miavaka izany mba hahafahanao mahita azy amin'ny ho avy.)

**6.** Manorata fehezanteny iray ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay mamaritra ny dikan'ny hoe "mibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy" (2 Nefia 31:20).

Fintino eo amin'io faritra nomena io ny 2 Nefia 31:19–20 miaraka amin'ny fanambarana fitsipika iray:

**Raha toa isika ka ______________________________,**
**dia ______________________________**

. (Azonao atao ny manoratra izany ao anatin'ny soratra masinao.)

Nanome ity torohevitra mifono fanantenana ity ho an'izay mahatsapa ho niala teo amin'ilay lalana ety sy tery ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Tratran'ny sakana maro sy manao fahadisoana ianao ao anatin'ilay dianao eo amin'ny fiainana. Ny fitarihana azo avy amin'ny famakiana ny soratra masina dia manampy anao hamantatra ny hadisoanao sy hanao ny fanitsiana izay ilaina. Mitsahatra amin'ny fankanesana any amin'ny lalana diso ianao. Mandalina tsara ny soratra masina ianao. Dia mandalo amin'ny fibebahana sy ny fanarenana takiana ianao avy eo mba hidirana eo amin'ilay 'lalana ety sy tery izay mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay' [2 Nefia 31:18]" ("Living by Scriptural Guidance," *Ensign,* nôv. 2000, 17).

Eritrereto hoe ahoana no fomba hitondran'io fanambarana io sy ny soratra masina nohalalininao "fanantenana mamirapiratra" (2 Nefia 31:20).

## Soratra Masina Fehezina—2 Nefia 31:19–20

**7.** Manokanà dimy minitra mba hitadidiana ny 2 Nefia 31:20. Asaivo misy olona iray ao amin'ny fianakaviana na namana iray mba manadina anao raha mahay ilay soratra masina ianao na azonao atao ny manarona ilay andinin-tsoratra masina amin'ny tananao ary miezaka ny mitanisa tsy an-kijery izany. Ezaho soratana araka ny fitadidianao azy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izany.

**8.** Mifidiana amin'ny alalan'ny fampiasana ny 2 Nefia 31:20, iray amin'ireo zavatra izay tsy maintsy ataontsika nefa vitanao tsara mba hijanonana eo amin'ilay lalana marina. Dia soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba fanaovanao izany. Dia mifidiana lafin-javatra iray tianao hivoarana ary soraty ny fomba hanaovanao izany.

### *Manisy marika ireo fitanisana*

Rehefa mahita fitanisan-javatra ianao ao anatin'ny soratra masina dia azonao atao ny manisy marika azy ireo mba hahatakaranao ny zavatra ampianarin'ny Tompo sy ny mpaminaniny. Ny fanasiana tarehimarika ny zavatra tsirairay tanisaina dia afaka manampy anao hahita mora azy ireo tsirairay ao anatin'ilay lahatsoratra. Ny fisafidiananao anarana tsotra izay ho an'ilay fitanisana ary ny fanasianao tarehimarika ny zavatra tsirairay tanisaina dia afaka manampy anao hahatsiaro ny zavatra nianaranao.

## Fanazavana sy Fampahalalana avy amin'ny Zava-miseho

### *Ahoana no ahafahantsika misoroka ny fihatsarambelatsihy?*

Nampitandrina mikasika ny fihatsarambelatsihy i Nefia ao amin'ny 2 Nefia 31:13. Ny *fihatsarambelatsihy* dia midika hoe mody maneho fihetsika tsara mba ho hitan'ny hafa ety ivelany nefa tsy izay akory ilay tena toetran'ny tena. Niresaka momba ny fanaovan-javatra tsy mifono fihatsarambelatsihy ny Loholona Joseph B. Wirthlin ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Moa ve ianao tena miaina marina ny filazantsara sa ve isika *maneho* ety ivelany fotsiny hoe miaina ny fahamarinana mba *hiheveran'ny* manodidina antsika fa mahatoky isika nefa raha ny marina ny ao anatintsika sy ny zavatra tsy hita maso ataontsika dia *tsy* mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Tompo?

"Moa ve manana ny 'fomban'ny toetra araka an'Andriamanitra' fotsiny isika fa manda kosa ny 'heriny' [jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:19]?

"Moa ve isika tena marin-toetra tokoa sa [mody] maneho hoe mpankato rehefa eritreretintsika fa mijery antsika ny hafa?

"Nataon'ny Tompo mazava tsara fa tsy ho voafitaky ny toetra aseho ety ivelany fotsiny Izy ary nampitandrina antsika izy mba tsy hamitaka Azy na ny hafa. Nampitandrina antsika Izy mba ho mailo amin'ireo izay manafin-toetra, izay mody miseho ho marin-toetra ery ety ivelany nefa ratsy toetra raha ny marina. Fantatsika fa ny Tompo dia 'mijery ny fo' fa tsy mijery ny 'miseho eo ivelany' [jereo ny 1 Samoela 16:7]" ("True to the Truth," *Ensign,* mey 1997, 15–16).

### *Ahoana no ahafahantsika "maharitra hatramin'ny farany"?*

Ny teny hoe "maharitra hatramin'ny farany" (2 Nefia 31:16) dia matetika ampiasaina mba hilazana ny filana ny fizakana amim-paharetana ireo fitsapana mandritra ny fiainantsika. Nanazava ny Loholona Joseph B. Wirthlin fa ny maharitra hatramin'ny farany dia midika koa hoe manohy amim-pahatokiana manaraka an'i Kristy mandra-pahatapitry ny fiainantsika:

"Ny faharetana hatramin'ny farany dia fotopampianarana miompana amin'ny fanohizana ny fandehanana eo amin'ilay lalana mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay rehefa niditra teo amin'izany lalana izany ny olona iray tamin'ny alalan'ny finoana, fibebahana, batisa ary fandraisana ny Fanahy Masina. Mitaky ny fontsika iray manontolo ny faharetana hatramin'ny farany. . . .

"Ny hoe maharitra hatramin'ny farany dia midika fa nataontsika tsara fototra teo amin'ny filazantsara ny fiainantsika ka mitoetra manaraka ny Fiangonana, manompo amim-pahamendrehana ny namantsika, miaina fiainana tahaka ny an'i Kristy ary mitandrina ny fanekempihavanantsika. Ireo izay maharitra dia mahay mandanjalanja, tsy miovaova, manetry tena, mivoatra hatrany ary tsy mamitaka. Tsy mifototra amin'ny zavatra ara-nofo ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona — mifototra amin'ny fahamarinana sy amin'ny fahalalana ary amin'ny traikefa sy ny Fanahy izany" ("Press On," *Ensign,* nôv. 2004, 101).

**9.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 31 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 9: ANDRO 1

# 2 Nefia 32

## Fampidirana

Rehefa avy nampianatra mikasika ny "lalana ety sy tery mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay" (2 Nefia 31:18) i Nefia dia nahita izy fa nanontany tena ny olona hoe inona no tokony hataon'izy ireo rehefa nanomboka ilay lalana izy ireo. Novaliany ny fanontanian'izy ireo tamin'ny alalan'ny famporisihana azy ireo mba "hivoky amin'ny tenin'i Kristy" ary "hivavaka mandrakariva" (2 Nefia 32:3, 9). Nanome toky azy ireo izy fa raha ataon'izy ireo ireo zavatra ireo dia hanampy azy ireo hanao izay tokony hatao ny Fanahy Masina.

## 2 Nefia 32:1–7

### *Nanoro hevitra antsika i Nefia mba hikatsaka torolalana masina avy amin'ny tenin'i Jesoa Kristy*

Eritrereto ny fotoana iray izay nanomezan'ny olona iray torolalana anao mba hahatongavana any amin'ny toerana iray hafa raha miala eo amin'ny toerana iray. Sarotra ve sa tsia ny nanakatra ireo torolalana ireo?

Nahoana no zava-dehibe ny fananana olona iray manome torolalana mazava?

Tao anatin'ny lesona teo aloha dia nianatra mikasika ireo torolalana sasantsasany nomen'i Nefia ny olony ianao. Rehefa avy nizara ireo torolalana ireo izy dia nilaza hoe "Izany no lalana" (2 Nefia 31:21). Vakio haingana ny 2 Nefia 31:17–18, ary avereno jerena ny fomba fanombohan'ny olona ilay lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Dia vakio avy eo ny 2 Nefia 32:1, ary tadiavo ilay fanontaniana iray izay tao am-pon'ny olona mikasika ny zavatra nampianarin'i Nefia azy ireo. Ambarao amin'ny alalan'ny teninao manokana ilay fanontaniana napetraky ny olona: ______________

__________________________________________

Vakio ny 2 Nefia 32:2–3, ary tadiavo ny zavatra nolazain'i Nefia fa ilaintsika atao rehefa tafiditra ilay lalana isika. Mety hanampy ny mahafantatra fa ny hoe miteny amin'ny fitenin'ny anjely araka ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "dia midika tsotra fotsiny hoe afaka miteny amin'ny herin'ny Fanahy Masina ianao" ("The Gift of the Holy Ghost: What Every Member Should Know," *Ensign,* aog. 2006, 50).

Azonao asiana marika ny andian-teny hoe "mivoky amin'ny tenin'i Kristy" ao amin'ny 2 Nefia 32:3 (soratra masina fehezina io andinin-tsoratra masina io). Nampiasa ny andian-teny hoe "tenin'i Kristy" i Nefia mba hamaritana ireo fampianarana avy amin'ny fitaoman'ny Fanahy Masina. Tanisao ireo fomba na toerana sasantsasany izay ahafahanao mamaky na mandre na mandray fampianarana avy amin'ny fitaoman'ny Fanahy Masina. ______________________________

__________________________________________

Ny tenin'i Kristy dia ahitana ireo soratra masina sy tenin'ireo mpaminany amin'izao andro izao. Mba hanampiana anao hahatakatra ny dikan'ny hoe "mivoky amin'ny tenin'i Kristy," dia vakio ireto teny nambaran'olona manaraka ireto:



Nampianatra ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Midika zavatra bebe kokoa ny hoe mivoky noho ny hoe manandrana. Ny mivoky dia midika hoe mankafy. Mankafy ny soratra masina isika amin'ny alalan'ny fandalinana izany ao anatin'ny toe-tsaina mikarokaroka fatratra sy mankato amimpahatokiana. Rehefa mivoky amin'ny tenin'i Kristy isika dia lasa ampahan-javatra raiki-tampisaka ao anatin'ny toetrantsika izy ireo" ("Living by Scriptural Guidance," *Ensign,* nôv. 2000, 17).

Hoy ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Raha toa ka hivoky amin'ny tenin'i Kristy izaho sy ianao dia tsy maintsy mandalina ny soratra masina ary mianatra avy amin'ny teniny amin'ny alalan'ny fisaintsainana azy ireo sy fampidirana azy ireo ao anatin'ny eritreritsika sy ny zavatra ataontsika rehetra" ("Healing Soul and Body," *Ensign,* nôv.1998, 15).

**1.** Soraty amin'ny teninao manokana ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny dikan'ny hoe mivoky amin'ny tenin'i Kristy araka ny eritreritrao.

Saintsaino ny fahasamihafana misy eo amin'ny teny hoe *mivoky, mitsakitsaky,* ary *noana.* Eritrereto vetivety ny mety azo ampitahana ny fomba tsy mahomby loatra eo amin'ny fandalinana ny tenin'i Kristy amin'ny fihinanana tsakitsaky na hanoanana mihitsy aza.

Fenoy ny ambin'ity fitsipika manaraka ity araka ny ao amin'ny 2 Nefia 32:3: **Rehefa mivoky amin'ny tenin'i Kristy isika, ny tenin'ny Kristy dia** ___________

__________________________________________.

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fotoana iray izay nitondran'ny fivokisana tamin'ny tenin'i Kristy fanampiana anao mba hahafantatra izay tokony hatao eo amin'ny fiainanao na tantarao ao ny toe-javatra iray izay atrehanao amin'izao fotoana ka afaka manampy anao amin'izany ny fivokisana amin'ny tenin'i Kristy.

Fenoy ny banga etsy ambany mba hanombantombanana hoe hatraiza ny fivokisanao amin'ny tenin'i Kristy ary ahoana no ahafahanao mivoatra. Soraty eo amin'ny ohatra tsirairay etsy ambany ny teny hoe — *mivoky, mitsakitsaky,* na *noana*—izay tena mamaritra tsara ny hoe manao ahoana ny fikatsahanao ny tenin'i Kristy ao anatin'io toe-javatra io. Ohatra, mety *mivoky* amin'ny soratra masinao ianao ao anatin'ny fandalinanao manokana saingy *mitsakitsaky* amin'ny tenin'i Kristy fotsiny ianao mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana.

Fandalinana manokana ny soratra masina: __________

Fivoriana Fanasan'ny Tompo: ____________________

Fihaonamben'ny Fiangonana: ____________________

Fandalinan'ny mpianakavy ny soratra masina: _______

Seminera: ____________________________________

Takarivan'ny mpianakavy: ______________________

Fivorian'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna na fotoampianaran'ny Zatovovavy: ____________________

Sekoly Alahady: _______________________________

Vavaka Ataon'ny Tena Manokana: _______________

**3.** Manokanà fotoana kely hisafidianana ny iray amin'ireo zavatra atao izay nasianao soratra hoe "mitsakitsaky"

an'izany na "noana" an'izany ianao ankehitriny. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hivokisanao tsaratsara kokoa amin'ny tenin'i Kristy ao anatin'izany toe-javatra izany. Dia tanteraho hatramin'ny farany izany.

Vakio ny 2 Nefia 32:4–7, ary saintsaino ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto (hanoratra ny valinteninao ho an'ny iray amin'ireto fanontaniana ho an'ny asa ampanaovina faha 4 ireto ianao):

- Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe "mangataka" na "mandondona" ao amin'ny andininy faha 4? Ahoana no mety mahatonga ny vavaka ho ohatra tsara amin'ny fangatahana na fandondonana?
- Inona koa araka ny ao amin'ny andininy faha 4 no nolazain'i Nefia fa hianjady amin'ireo izay tsy hangataka na handondona?
- Araka ny ao amin'ny andininy faha 5, dia inona no fitahiana nampanantenain'i Nefia fa ho azontsika rehefa mandray ny Fanahy Masina isika?
- Araka ny ao amin'ny andininy faha 7, dia inona avy ireo toetra nasehon'ny olon'i Nefia ka nitarika azy hitoreo? Nahoana araka ny eritreritrao no manakana ny olona hikaroka sy hanakatra "fahalalana be" ireo toetra ireo?

**4.** Soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fahamarinana iray nianaranao avy amin'ny 2 Nefia 32:4–7, ary hazavao ny antony maha zava-dehibe izany fahamarinana izany eo amin'ny fiainanao.

## Soratra Masina Fehezina—2 Nefia 32:3

**5.** Hafiriana araka ny eritreritrao no ilaina mba hahaizana tsianjery ny 2 Nefia 32:3 raha toa ka mitanisa izany ianao isaky ny misakafo? Soraty eo amin'ny karatra kely na tapataratasy iray izany andinin-tsoratra masina izany ary ento miaraka aminao. Mivokisa amin'ny tenin'i Kristy mandritra ny andro vitsivitsy manaraka amin'ny alalan'ny fianarana tsianjery ny 2 Nefia 32:3 mialohan'ny sakafo sy aorian'ny sakafo. Ataovy tatitra ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe fotoampisakafoanana impiry no nilainao mba hahaizana tsianjery ilay soratra masina.

## 2 Nefia 32:8–9

*Nanoro hevitra antsika i Nefia mba hivavaka lalandava*

Olona maro no milaza fa rehefa avy nanota izy ireo dia tsy te hivavaka amin'ny Ray any An-danitra. Eritrereto vetivety hoe inona no antony mahatonga izany. Iza no tsy maniry ny hivavahanao foana indrindra fa rehefa avy nanota ianao? Nahoana? Jereo ao amin'ny 2 Nefia 32:8 ny zavatra ampianarin'ny Fanahy Masina mba ho hataontsika mikasika ny vavaka. Saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto: Nahoana araka ny eritreritrao no tian'ny Tompo hivavaka ianao? Nahoana araka ny eritreritrao no tsy tian'i Satana hivavaka ianao?

Vakio ny 2 Nefia 32:9, ary tadiavo hoe impiry isika no tokony hivavaka ary inona avy ireo fitahiana nampanantenain'ny Tompo antsika raha mivavaka isika.

Isika dia mianatra izao fitsipika izao avy ao amin'ny 2 Nefia 32:9: **Rehefa mivavaka foana isika dia ho afaka ny hanao izay tian'ny Tompo hampanaovina antsika mba hahasoa ny fanahintsika.** (Marihina fa ny 2 Nefia 32:8–9 dia andinin-tsoratra masina fehezina. Azonao asiana marika miavaka izany mba hahitanao izany any aoriana.)

### *Manombantombana ny Fiainantsika*

Rehefa manokana fotoana isika mba hanombantombanana amin-kitsimpo hoe hatraiza ny fiainantsika fitsipika sasantsasany, dia manome fahafahana ny Fanahy Masina isika mba hanampy antsika hahatsapa ny zavatra ataontsika tsara sy ny fomba ahafahantsika mivoatra. Rehefa manombantombana ny tenanao ianao dia miezaka mikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy Masina ary ianao hahitsy fo tanteraka.

Saintsaino ny dikan'ny hoe mivavaka mandrakariva. Rehefa mamaky ity teny manaraka nolazain'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity ianao dia tsipiho ny fomba iray na maromaro izay ahafahantsika manatanteraka ilay didy hoe "mivavaka mandrakariva":



"Mety misy zavatra mahakasika ny toetrantsika, ny fihetsika ataontsika na mikasika ny fivoarantsika ara-panahy izay ilantsika torohevitra avy amin'ny Ray any An-danitra ao anatin'ny vavaka atao maraina. Rehefa avy manolotra ireo fisaorana sahaza noho ireo fitahiana azo isika dia mangataka fahatakarana, sy fitarihana ary fanampiana mba hanaovana ny zavatra tsy ho vitantsika amin'ny herintsika samirery. . . .

"Mandritra ny tontolon'ny andro dia manohy manao vavaka ao am-pontsika isika mba hahazoana fanampiana sy fitarihana tsy tapaka. . . .


"Mahatsikaritra isika amin'io andro io fa hisy fotoana izay raha toa ka ny ho alaim-panahy hiteny mahery no mahazatra antsika, dia tsy manao izany isika; na koa fotoana izay tokony hahatezitra antsika kanefa tsy tezitra isika. Mahatsapa fanampiana sy hery avy any andanitra isika ary mahafantatra amim-panetren-tena fa izany no valim-bavaka voaraintsika. Ary na mandritra izany fotoana nahafantarana fa naharay valim-bavaka izany aza dia manolotra vavaka mangina ho fankasitrahana koa isika.

“Amin’ny fiafaran’ilay andro nolalovantsika dia mandohalika indray isika manao tatitra amin’ny Raintsika. Manao jery todika ny andro isika ary maneho fisaorana avy ao am-po noho ireo fitahiana sy fanampiana izay voaray. Mibebaka isika ary miaraka amin’ny fanampian’ny Fanahin’ny Tompo dia hahita fomba maro ahafahana hanao sy ho tonga tsaratsara kokoa ho an’ny ampitso. Noho izany ny vavaka ataontsika ny hariva dia mifototra amin’ny vavaka maraina sy ny tohin’ny vavaka maraina. Ary ny vavaka atao ny hariva koa dia fiomanana ho amin’ny fiomanana amin’ny vavaka manan-danja ho ataontsika ny ampitso maraina.

“Ny vavaka maraina sy hariva—ary ireo vavaka rehetra eo anelanelam-potoana—dia tsy zavatra tsy mifampiankina na zavatra misaratsaraka; fa mifandray izy ireo ao anatin’ny andro iray, ary mifampitohy ao anatin’ny andro maromaro, ny herinandro, ny volana maromaro ary taona maromaro mihitsy aza. Izany no isan’ny fomba entintsika hanatanterahana ilay famporisihana ao amin’ny soratra masina mba ‘hivavaka mandrakariva’ (Lioka 21:36; 3 Nefia 18:15, 18; F&F 31:12). Ny vavaka manan-danja toy izany dia fitaovana mandray ireo fitahiana ambony indrindra avy amin’Andriamanitra izay tehiriziny ao amin’ny trano fanobiana ho an’ireo zanany mahatoky” (“Mivavaha Mandrakariva,” *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2008, 41–42).

**6.** Soraty ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba ahafahan’ny fanarahana ny torolalana nomen’ny Loholona Bednar mba “hivavaka mandrakariva” manampy anao eo amin’ny fiainanao.

Mba hamaranana ity lesona ity dia vakio ity fijoroana ho vavolombelona manaraka nataon’ny Loholona Spencer J. Condie ity izay mpikambana iray tao amin’ny Fitopololahy tamin’izany, ka mikasika ny fivokisana amin’ny tenin’i Kristy izany: “Mety eo am-pandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fandehanana hanao asa fitoriana ianao sy ny asa amandraharaha hatao any aoriana ary ny fanambadiana amin’ny farany. Rehefa mamaky ny soratra masina ianao ary mivavaka mba hahazo torolalana dia mety tsy ho hitanao amin’ny endrika teny voasoratra ao amin’ilay pejy raha ny marina ny valiny fa rehefa mamaky ianao dia hahazo fahatsapana miavaka sy bitsika ary araka ny efa nampanantenaina, ny Fanahy Masina dia ‘hampiseho ami[nao] ny zavatra rehetra izay tokony hatao[nao]’ [2 Nephi 32:5]” (“Becoming a Great Benefit to Our Fellow Beings,” *Ensign,* mey 2002, 45).



## Soratra Masina Fehezina—2 Nefia 32:8–9

**7.** Mandritra ny 24 ora manaraka dia ezaho ampidirina ao amin'ny fiainanao ny zavatra nianaranao mikasika ny hoe "mivavaka mandrakariva." Amin'ny fiandohan' ny lesona manaraka dia hasaina ianao mba hanao tatitra ny hevitrao sy ny zavatra tsapanao mikasika izany zavatra niainana izany. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba ahafahan'ny fiezahana "mivavaka mandrakariva" mitondra fiovana eo amin'ny vavaka ataonao.

**8.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 32 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 9: ANDRO 2

# 2 Nefia 33

## Fampidirana

Ny rakitsoratr'i Nefia dia nofaranany tamin'ny alalan'ny fanambarana fa ny teny nosoratany dia mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy ary mandresy lahatra ny olona mba hanao ny tsara sy haharitra hatramin'ny farany. Nilaza izy fa na dia nanoratra "tamin'ny fahalemena" aza izy dia "misy lanjany lehibe" ny hafany ary ny teniny dia "hatanjahina" ho an'ireo izay mamaky izany (jereo ny 2 Nefia 33: 3–4). Nijoro ho vavolombelona izy fa ny asa sorany dia "tenin'i Kristy" ary ny olona dia ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra mikasika ny fomba nandraisan'izy ireo izany (jereo ny 2 Nefia 33:10–15).

**1.** Tao anatin'ny lesona teo aloha dia nasaina ianao mba "hivavaka mandrakariva" mandritra ny 24 ora. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny eritreritrao sy ny zavatra tsapanao mikasika io zavatra niainanao io.


## 2 Nefia 33:1–15

*Nanazava ny antony nanoratany i Nefia*

Eritrereto mandritra ny fotoana fohy ireo antony mety hitiavanao ny mba hitondran'ny Fanahy Masina hafatra ao anatin'ny fonao.



Inona no fahasamihafana misy eo amin'ny hoe, hafatra *mankany* am-pon'ny olona iray sy ny hafatra *mankao* am-pon'ny olona iray?




Vakio ny 2 Nefia 33:1, ary tadiavo hoe inona no teny nampiasain'i Nefia —*any* sa *ao*—mba hamaritana ny toerana hitondran'ny Fanahy Masina ireo hafatra ho antsika. Azonao asiana marika ny zavatra hitanao.

Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ny hitondran'ny Fanahy Masina ny fahamarinana *any* ampontsika fa tsy *ao* am-pontsika? ____________________

____________________

Ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nilaza izao zavatra manaraka izao mikasika ny 2 Nefia 33:1: "Mba jereo tsara ny fomba hitondran'ny Fanahy ilay hafatra *hankany* am-po fa tsy voatery hoe *hankao* am-po. Afaka manazava, maneho an-tsary, mandresy lahatra, ary mijoro ho vavolombelona ny mpampianatra iray, ary manao

izany amin'ny alalan'ny hery ara-panahy lehibe sy ny fahaiza-manao ananany. Kanefa amin'ny farany, dia tsy tafiditra ao anatin'ny fo ny votoatin'ny hafatra iray sy ny fijoroana ho vavolombelona avy amin'ny Fanahy Masina raha tsy hoe avelan'ilay mpandray hiditra izany. Ny fianarana amin'ny alalan'ny finoana dia manokatra ilay lalana *mankao* am-po " ("Seek Learning by Faith," *Ensign,* sept. 2007, 61).



Ny Loholona Gerald N. Lund, izay mpikambana tao amin'ny Fitopololahy tamin'izany dia nanazava ny antony hitondran'ny Fanahy Masina ny teny *hankany* am-pontsika fa tsy *hankao* am-pontsika: "Nahoana no hoe *hankany* amin'ny fo fotsiny? Ny fahafahan'ny tsirairay misafidy dia tena masina tokoa ka tsy hanery ny fon'ny zanak'olombelona na oviana na oviana ny Ray any An-danitra, na dia tsy manam-petra aza ny fahefany. Mety manandrana manao izany ny olombelona, fa Andriamanitra kosa dia tsy manao izany. Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia avelan'Andriamanitra isika ho mpiambina na mpiandry ny varavaran'ny fontsika. Tokony hanokatra ny fontsika ho an'ny Fanahy isika, amin'ny alalan'ny sitrapontsika manokana, fa Izy dia tsy hanery antsika hanaiky Azy" ("Manokatra ny Fontsika," *Ensign* na *Liahona,* mey 2008, 33).

Inona araka ny eritreritrao no tokony hataon'ny olona mba hanokafany ny fon'izy ireo hidiran'ny Fanahy? ____

________________________________________

Vakio ny 2 Nefia 33:2, ary tadiavo ny zavatra mitranga rehefa misafidy ny hanamafy ny fony ny olona. Mety hanampy ny mahafantatra fa ny andian-teny hoe "zava-tsinontsinona" dia midika hoe "zavatra tsy manan-danja."

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo toetra sy fihetsika eritreretinao fa hasehon'ny olona iray manokatra ny fony mandritra ny fandalinan'ny tena manokana ny soratra masina, mandritra ny fandalinana ny seminera any an-trano ary mandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo.

Ampianarina izao fitsipika izao isika ao amin'ny 2 Nefia 33:1–2: **Rehefa manokatra ny fontsika isika dia afaka miditra ao am-pontsika ny hafatra avy amin'ny Fanahy Masina.** Azonao soratana ao amin'ny soratra masinao io fitsipika io.

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Oviana ianao no nahatsapa fa nisy hafatry ny filazantsara tafiditra tao am-ponao? Inona no zavatra nitranga ary inona no vokany?

**b.** Nilaza inona mikasika ny fonao izany tamin'izany fotoana izany?

Vakio ny 2 Nefia 33:3–7, ka tadiavo ireo fanantenan'i Nefia ho an'ireo izay mamaky ny teniny. Dia fenoy avy eo ireto fehezanteny manaraka ireto amin'ny alalan'ny fampiasanao ny teninao manokana na ny tenin'i Nefia. Fantaro fa ny sasany amin'ireo andian-teny ireo dia mety manana valiny mihoatra ny anankiray:

2 Nefia 33:3—Mivavaka lalandava ho ____________________
________________________________________.

2 Nefia 33:4—Fantatro fa ____________________
________________________________________.

2 Nefia 33:6— Mirehareha ny amin'ny ____________________
________________________________________.

2 Nefia 33:7—Antra ny ____________________
________________________________________.

Rehefa vitanao ny fandalinana ny 2 Nefia 33, dia tsarovy fa ireo andininy ireo dia fijoroana ho vavolombelona farany nataon'i Nefia voarakitra ao amin'ny soratra masina. Vakio ny 2 Nefia 33:10–14, ary alaivo sary an-tsaina hoe i Nefia mihitsy no henonao milaza ireo teny ireo. Azonao atao ny manipika ireo andian-teny izay manan-danja aminao.

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny sasany amin'ireo andian-teny avy ao amin'ny 2 Nefia 33:10–14 izay manan-danja aminao ary hazavao ny antony. Valio koa ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Raha toa ka mino an'i Kristy ny olona dia inona no ho tsapan'izy ireo momba ny Bokin'i Môrmôna? (Jereo ny 2 Nefia 33:10.)

Vakio ny 2 Nefia 33:15, ary saintsaino ireto teny farany nataon'i Nefia ireto: "Tsy maintsy mankatò aho." Azonao atao ny manoratra hoe "1 Nefia 3:7" ho toy ny soratra masina mifandray eo akaikin'ny 2 Nefia 33:15. Avereno vakina ny 1 Nefia 3:7, ary jereo hoe inona no ifandraisan'ireo andininy roa ireo.

**5.** Manokanà minitra vitsy hamerenana ny 1 Nefia sy 2 Nefia ka tadiavo ireo ohatra maneho ny fankatoavan'i Nefia. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo ohatra sasany hitanao. Mitadiava koa andinin-tsoratra tianao indrindra na manan-danja aminao izay nandresy lahatra anao hanao ny tsara sy ho tsara kokoa na hino

### *Fampiasana Soratra Masina Mifandray*

Ny soratra masina mifandray dia soratra masina iray izay hitondra fampahalalana fanampiny ho anao ary zavabaovao mikasika ilay lohahevitra izay halalininao. Rehefa mandalina ianao dia hahazo tombontsoa lehibe amin'ny alalan'ny fanoratana soratra masina mifandray ao amin'ny soratra masinao rehefa mahita andinin-tsoratra masina izay manampy anao hahatakatra andinin-tsoratra masina iray na lohahevitra iray ao amin'ny soratra masina.

ny Mpamonjy araka ny nolazain'i Nefia (jereo ny 2 Nefia 33:1). Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina io andinin-tsoratra masina io.

Ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Nefia farany ary ny fampitandremany an'ireo izay mety handa ny teniny dia manampy ny maha-tompon'andraikitra amin'ny fomba fandraisantsika ny Bokin'i Môrmôna. Nampianatra ny Filoha Joseph Fielding Smith fa amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika dia manana andraikitra ny handalina ny Bokin'i Môrmôna isika:

"Ho ahy dia tsy hisy mpikamban'ity Fiangonana ity ho afa-po na oviana na oviana raha tsy efa namerimberina namaky ny Bokin'i Môrmôna, ary nandinika izany lalina mba hahafahany mijoro ho vavolombelona fa tena rakitsoratra omban'ny fitarihan'ny Fanahin'Ilay Tsitoha tokoa izany, ary marina ny tantarany. . . .

". . . Tsy misy mpikambana ato amin'ity Fiangonana ity afaka hijoro ka hahazo fankasitrahana eo anatrehan'Andriamanitra raha toa ka tsy namaky tamim-pahamatorana sy tamim-pifantohana ny Bokin'i Môrmôna izy" (ao amin'ny Conference Report, ôkt. 1961, 18).

Manana fahafahana ny hanapa-kevitra ny amin'ny fomba handraisanao ny tenin'i Nefia sy ny Bokin'i Môrmôna ianao.

**6.** Tombano ny ezaka nataonao teo amin'ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna ary soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba iray ahafahanao mampivoatra ny fandalinanao.





Hamaranana ity lesona ity dia vakio ny fampanantenana nataon'ny Filoha Gordon B. Hinckley ho an'ireo izay mandalina amim-pahavitrihana ny Bokin'i Môrmôna: "Na impiry na impiry no namakinareo ny Bokin'i Môrmôna dia ho hita eo amin'ny fiainanareo sy ny tokantranonareo fa hisy ny fitomboan'ny fatran'ny Fanahin'ny Tompo harotsaka eo aminareo ary koa fanapahan-kevitra matotra handeha ao anatin'ny fankatoavana ny didiny ary fijoroana ho vavolombelona mafy orina momba ny fisian'ilay Zanak'Andrimanitra marina" ("A Testimony Vibrant and True," *Ensign,* aog. 2005, 6).

**7.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny 2 Nefia 33 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FAMPAHAFANTARANA NY

# Jakôba

### Inona no antony handalinana ity boky ity?

Rehefa mandalina ny bokin'i Jakôba ianao dia afaka mianatra lesona manan-danja avy amin'ny lehilahy iray izay nanana finoana tsy voahozongozona an'i Jesoa Kristy. Namerimberina nijoro ho vavolombelona mikasika ny Mpamonjy i Jakôba ary nanasa ny vahoakany sy ireo izay hamaky ny teny nosoratany mba hibebaka. Nampianariny ary nasehony ny maha zava-dehibe ny fanatanterahana amim-pahazotoana ireo antso avy any amin'ny Tompo. Nampitandrina ny vahoakany izy mikasika ny loza mety ateraky ny fiavonavonana sy ny fitiavan-karena ary ny tsy fahadiovam-pitondrantena. I Jakôba koa dia nampiasa sy nanazava ny fanoharan'i Zenôsa ny amin'ny hazo oliva izay mampiseho ireo ezaka mafy nataon'ny Mpamonjy mba hanatanterahana ny famonjena ny zanak'Andriamanitra rehetra. Tamin'ny nihaonan'i Jakôba tamin'i Serema, izay antikristy, dia nasehon'i Jakôba ny fomba hamaliana amim-pahamarinana ireo izay mametra-panontaniana na manakiana ny finoantsika.

### Iza no nanoratra ity boky ity?

I Jakôba, zanakalahy fahadimin'i Sarià sy i Lehia, no nanoratra ity boky ity. Teraka tany an-tany foana izy nandritra ny dian'ny fianakavian'i Lehia ho any amin'ny tany nampanantenaina. Nandritra ny fahatanorany i Jakôba dia "niaritra fahoriana sy alahelo betsaka [. . .] noho ny halozan' ny rahalahi[ny]" (2 Nefia 2:1). Kanefa dia nampanantenain'i Lehia i Jakôba fa Andriamanitra dia "hanokana ny fahoria[ny] ho tombotsoa[ny]" ary handany ny androm-piainany izy amin'ny "fanompoana ny Andriamani[ny]" (2 Nefia 2:2–3). Nandritra ny fahatanorany i Jakôba dia nahita ny voninahitry ny Mpamonjy (jereo ny 2 Nefia 2:3–4). Nohosoran'i Nefia mba ho mpisorona sy mpampianatra an'ireo Nefita i Jakôba (jereo ny 2 Nefia 5:26) ary taty aoriana dia nankininy taminy ireo takelaka kelin'i Nefia (jereo ny Jakôba 1:1–4). Amin'ny maha-mpitarika sy mpampianatra mahatoky an'i Jakôba tao amin'ny fisoronana dia niasa tamim-pahazotoana izy mba handresena lahatra ny vahoakany hino an'i Kristy (jereo ny Jakôba 1:7). Naharay fanambarana maromaro mikasika ny Mpamonjy izy sy niaina ny asa fanompoan'ny anjely ary nahare ny feon'ny Tompo (jereo ny Jakôba 7:5) sy nahita ny Mpanavotra azy (jereo ny 2 Nefia 11:2–3). I Jakôba no rain'i Enôsa, izay nanolorany ireo takelaka talohan'ny nahafatesany.

### Oviana ary taiza no nanoratana izany?

Ny bokin'i Jakôba dia niantomboka tany amin'ny 544 talohan'i J.K. tany ho any, tamin'ny fotoana nanankinan'i Nefia ireo takelaka kely tamin'i Jakôba. Niafara tany amin'ny faramparan'ny androm-piainan'i Jakôba izany tamin'ny fotoana nanolorany ireo takelaka tamin'i Enôsa zanany lahy. Tamin'i Jakôba nonina tany an-tanin'i Nefia no nanoratany ity rakitsoratra ity.

FIZARANA 9: ANDRO 3

# Jakôba 1–2

## Fampidirana

Taorian'ny nahafatesan'i Nefia dia nanomboka "somary nanaram-po ihany tamin' ny fomba ratsy" nandritra ny fitondran'ny mpanjaka iray vaovao ny Nefita (Jakôba 1:15). I Jakôba sy i Josefa zandrilahiny dia nohosoran'i Nefia ho mpisorona sy mpampianatra ho an'ny vahoaka, ary niasa tamim-pahazotoana tokoa izy ireo handresena lahatra ny vahoaka hibebaka sy hanatona an'i Kristy. Nankatoavin'i Jakôba ny didin'i Nefia mikasika ny tokony hiraketana an-tsoratra ireo fampianarana sy fanambarana ary faminaniana masina eo amin'ireo takelaka kely. Noho i Jakôba nanao tamin'ny fo izany andraikitra masina nomena azy izany, dia niantso ny olona izy mba hibebaka ary nampitandrina azy ireo mikasika ireo fahotana toy ny fiavonavonana, ny fitiavan-karena ary ny tsy fahadiovam-pitondrantena. Nampianatra ny loza sy voka-dratsy aterak'ireo fahotana izay mihanaka izaitsizy ireo izy.

### Jakôba 1:1–2:11

#### *Nampitandreman'i Jakôba ny vahoaka mikasika ny faharatsian'izy ireo*

Eritrereto hoe inona no holazainao ao anatin'ity toejavatra manaraka ity: Maneho hevitra ratsy mikasika ireo mpitarika azy ao amin'ny fisoronana ny iray amin'ireo namanao ary milaza hoe "Toa tsy mahatakatra ny tena zava-miseho eto amin'izao tontolo izao ireto olona ireto. Mampitandrina lava mikasika ireo safidy izay tsy mampaninona akory izy ireo. Tokony tsy handany



fotoana be loatra amin'ny filazana amintsika ireo zavatra ratsy tokony hosorohantsika izy ireo. Tokony hiresaka mikasika ireo zavatra tsara fotsiny izy ireo."

Eritrereto ny antony hampitandreman'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana matetika amin'ny fahotana. Noraketin'i Jakôba fa taorian'ny fahafatesan'i Nefia (jereo ny Jakôba 1:9), dia nanomboka nandray anjara tamin'ny fomba fanao ratsy sasantsasany ny vahoaka. Vakio ny Jakôba 1:15–16, ary tadiavo ny zavatra nataon'ny vahoaka izay nanahiran-tsaina an'i Jakôba.

Azonao atao ao anaty faribolana ny teny hoe *nanomboka* ao amin'ny Jakôba 1:15–16. Nahoana no fitahiana ny fananana mpitarika ao amin'ny fisoronana izay mampitandrina antsika mikasika ireo olana rehefa manomboka izy ireo na alohan'ny hisehoan'izy ireo mihitsy aza? ______________________________

______________________________

Vakio ny Jakôba 1:6–8, ary tadiavo ny *antony* nanoroan'i Jakôba sy ireo mpitarika namany ny vahoakan'i Nefia mikasika ny fanoherana ny fahotana. Nahoana araka ny eritreritrao no mampitandrina anao amin'ny fahotana sy mampianatra anao amim-pahavitrihana tokoa ny filazantsara ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana ao anatin'ny fianakavianao ary ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana any amin'ny toerana misy anao sy amin'ny ankapobeny? Azonao asiana marika ireo andian-teny ao amin'ny Jakôba 1:7 izay mampianatra ity fahamarinana manaraka ity: **Miasa amim-pahavitrihana ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana mba hanampiana antsika hanatona an'i Kristy.**

Vakio ny Jakôba 1:17–19, ary tadiavo ireo antony fanampiny nahatonga an'i Jakôba sy i Josefa rahalahiny hiasa amim-pahavitrihana tokoa mba hampianatra ny vahoaka.

Araka ny hevitrao, inona no dikan'ny hoe mahazo "fanendrena [. . .] avy [a]min'ny Tompo"? (Jakôba 1:17)? ______________________________

______________________________

Azonao atao ny manisy marika izay mety ho andianteny manampy anao hampianatra ity fitsipika manaraka ity: **Manana andraikitra masina ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana mba hampianatra ny tenin' Andriamanitra sy hampitandrina momba ny fahotana.**

Eritrereto mandritra ny fotoana fohy ny antony maha zava-dehibe ny fahatakarana fa ireo mpitondra ao amin'ny Fiangonana dia tompon'andraikitra amin'ny ezaka ataony mba hampianarana antsika ny zavatra tian'ny Tompo hianarantsika.

Rehefa mamaky ny Jakôba 2:1–3, 6–7, 10–11 ianao dia tadiavo ireo andian-teny izay mampiseho ny zavatra tsapan'i Jakôba mikasika ilay asa sarotra nataony mba hiantso ny vahoaka hibebaka.

**1.** Eritrereto hoe inona no zavatra ampianarin'ireto andian-teny manaraka ireto anao mikasika ny antony nanosika an'i Jakôba hanatanteraka izany asa sarotra izany: "Androany aho dia mivesatra faniriana sy fanahiana ho fiadanan'ny fanahinareo" (Jakôba 2:3) ary "tsy maintsy manao araka ny didy henjana avy amin'Andriamanitra" (Jakôba 2:10). Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Oviana ianao no nahatsapa ny fitiavan'ny mpitarika iray ao amin'ny fisoronana anao sy ny fiahiany anao?

**b.** Oviana ianao no nahatsapa fa ny tenin'ny mpitarika iray ao amin'ny fisoronana sy ny asa nataony dia mifono fanentanam-panahy avy amin'Andriamanitra mba hanampiana anao?

Eritrereto indray ilay toe-javatra natolotra tany am-piandohan'ny lesona. Eritrereto hoe ahoana no fomba hamalianao ilay namanao raha mifototra amin'ny zavatra nohalalininao androany.

## Jakôba 2:12–21

### *Nokianin'i Jakôba ny vahoakany noho ny fiavonavonany*

Mba hanampiana anao handalina ny zavatra nandidian'ny Tompo an'i Jakôba mba ho ampianariny dia eritrereto ireo fitahiana izay efa nomen'ny Tompo anao ao anatin'ireto sehatra ireto:

***Mampihatra ny Soratra Masina eo amin'ny Fiainantsika Andavanandro***

Rehefa mandalina soratra masina ianao dia zava-dehibe ny miato kely ary misaintsaina ny fomba ahafahana mampihatra fitsipika iray manokana eo amin'ny fiainanao. Eritrereto hoe inona no fihetsika hasehonao raha toa ka nahatakatra sy niaina fitsipika iray nampianarina tao amin'ny soratra masina ianao. Eto amin'ity toe-javatra iray ity dia afaka manampy anao hahatakatra ny antony hampitandreman'ireo mpitarika antsika mikasika ny fahotana ny fisaintsainana ny fomba hamalianao namana iray izay manana hevitra ratsy mikasika ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana.

fianakaviana, namana, mpitarika ao amin'ny Fiangonana sy mpampianatra, fahazai-manao ara-haikanto sy ara-mozika, fahaizana ara-panatanjahan-tena, talenta, fianarana, fahafahana hivoatra, fahalalana ny filazantsara, ary fananana. Mieritrereta fomba hafa nitahian'ny Tompo anao.

Vakio ny Jakôba 2:12–13, ary tadiavo ireo zavatra nokatsahan'ny Nefita. Jereo tsara fa nampianatra i Jakôba hoe "ny fitondran'Andriamanitra" dia nanome harena ny Nefita. Ity andian-teny ity dia entina ilazana ny Raintsika any An-danitra.

**2.** Soraty ao anaty diary fandalinanao soratra masina ny antony maha zava-dehibe ny tokony hahatsiarovanao fa avy amin'ny Tompo ireo fitahiana sy fahaiza-manao ananana ireo.

Raha tsy mitandrina isika dia mety lasa mamela ny tenantsika ho feno avonavona rehefa avy mahazo ireo fitahiana katsahantsika toy ny nataon'ireo Nefita. Soraty ao anatin'ny faritra nomena etsy ambany ny dikan'ny hoe "tafasondrotra ao amin'ny avonavon'ny fonareo." ______________________________

______________________________

Araka ny voarakitra ao amin'ny Jakôba 2:13, dia inona avy ireo antony maro nolazain'i Jakôba fa nahatonga ny avonavon'ny Nefita? ______________________________

______________________________

Mieritrereta olona na vondron'olona amin'izao fotoana izao izay mampahory na tsy miraharaha na mampijaly ny hafa satria izy ireo dia "nahazo betsaka kokoa" noho ireo izay ampahoriany (Jakôba 2:13). Ohatra, noho ny olona sasany manam-bola bebe kokoa, na namana bebe kokoa, na talenta ara-panatanjahan-tena bebe kokoa na fahalalana bebe kokoa ny filazantsara noho ny hafa mihitsy aza, dia mety hanana fieritreretana diso fa tsara kokoa noho ny hafa izy ireo na mety hampijaly azy ireo mihitsy. Eritrereto raha toa ka efa nisy fotoana teo amin'ny fiainanao izay nanehoanao fihetsika feno avonavona.

Vakio ny Jakôba 2:17–21, ary asio marika ireo andian-teny izay afaka manampy anao handresy ny avonavona.

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo andian-teny roa na mihoatra izany izay hitanao tao amin'ny Jakôba 2:17–21, ary hazavao ny fomba ahafahan'ireo fehezanteny ireo manampy anao handresy ny avonavona. Mety hanampy ny fieritreretanao ny sasany amin'ireto fanontaniana manaraka ireto rehefa manatanteraka io asa ampanaovina io ianao: Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe mikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra? Mahazo fanantenana ao amin'i Kristy? Inona no ho fiantraikan'ny fikatsahana ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahazoana fanantenana ao amin'i Kristy eo amin'ny fomba fijerinao ny hafa sy ny fomba fitondranao azy ireo?

Alaivo sary an-tsaina hoe nanontany ny zavatra nianaranao androany ny reninao na ny rainao na ny mpitarika iray. Manorata fitsipika iray avy ao amin'ny Jakôba 2:17–21 izay azonao ampiasaina mba hamaliana azy ireo. ______________________________

______________________________

Ny fitsipika iray ao amin'ny Jakôba 2:17–21 dia ny hoe: **Ny fanjakan'Andriamanitra no tokony hokatsahintsika mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra.**

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba iray ahafahanao mampiasa ireo fitahiana sy tombontsoa nomen'ny Tompo anao mba hitondrana fanampiana eo amin'ny fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra sy hitahiana ny fiainan'ny hafa.

## Jakôba 2:22–30

### *Nokianin'i Jakôba ny vahoakany noho ny tsy fahadiovam-pitondrantenany*

Ity fanambarana manaraka ity dia nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson. Fantaro hoe inona avy ireo teny roa tokony ho eo amin'ireo banga:

"Ny fahotana mandrendrika an'ity taranaka ity dia ny ______________ ______________" ("Cleansing the Inner Vessel," *Ensign,* mey 1986, 4; jereo any amin'ny faran'ny lesona ny valiny marina).

Vakio ny Jakôba 2:22–23, 28, ary asio marika ireo andian-teny nampiasain'i Jakôba mba hamaritana ny maha-tena zava-doza ny tsy fahadiovam-pitondrantena.



Nanazava ireo zavatra sasantsasany atao izay miteraka fandikana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantenan'ny Tompo ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Ny zavatra rehetra atao manodidina ny firaisana ara-nofo any ivelan'ny fanambadiana—Ny tiako holazaina dia izay mety ho fifampikasohana iniana atao amin'ny faritra masina sy an'ny tena manokana eo amin'ny vatan'olona iray hafa na misy akanjo izany na tsy misy—dia fahotana ary voararan'Andriamanitra. Fandikan-dalàna koa ny manao fanahy iniana mamoha ireo fiontanam-po ireo ao anatin'ny vatantsika manokana" ("Making the Right Choices," *Ensign,* nôv. 1994, 38).

Fandikana ny lalan'ny fahadiovam-pitondrantenan'ny Tompo koa ny fiarahan'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy ary ny fijerena pôrnôgrafia.

Jereo tsara ny fomba nitadiavan'ny Nefita hanalana tsiny ny tenany amin'ny fahotany araka ny voarakitra ao amin'ny Jakôba 2:23–24. Makà fotoana kely hieritreretana ny fomba fitadiavan'ny olona fanalana tsiny ny

tenany amin'ny fahalotoam-pitondrantena amin'izao fotoana izao.

Ny iray tamin'ireo fahotan'ny Nefita dia ny fananana vady maro izay tsy nahazoana lalana. Nampianarin'i Jakôba ilay didin'ny Tompo hoe tsy tokony hanana afa-tsy vady iray ny lehilahy iray (jereo ny Jakôba 2:27). Ny fananana vady mihoatra ny iray izay tsy nahazoana lalana avy tamin'ny Tompo tamin'ny alalan'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana notinendriny dia ohatra iray amin'ny tsy fahadiovam-pitondrantena. Fa tena zavadoza eo imason'Andriamanitra ny tsy fahadiovam-pitondrantena (jereo ny Almà 39:5).

Rehefa manome didy ihany ny Tompo vao mahazo lalana hampihatra ny fananana vady maro ny vahoakan'ny Tompo (jereo ny Jakôba 2:30). Nisy fotoana teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao izay nandidian'ny Tompo ny hampiharana ny fananana vady maro. Ohatra, tao anatin'ny vanim-potoan'ny Testamenta Taloha, ny fananana vady maro dia nampiharin'i Abrahama sy i Saray (jereo ny Genesisy 16:1–3; F&F 132:34–35, 37) ary i Jakoba zafikeliny lahy (jereo ny F&F 132:37), ary nampiharina izany nandritra ny fotoana iray tany ampiandohan'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny, nanomboka tamin'ny Mpaminany Joseph Smith (jereo ny F&F 132:32–33, 53). Na dia izany aza dia nandidy an'i Wilford Woodruff mpaminaniny Andriamanitra mba hampitsahatra ny fampiharana ny fanambadiana maro (jereo ny Filazana Ofisialy 1 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana).

Vakio ny Jakôba 2:31–35, ary asio marika ireo andianteny izay maneho ny voka-dratsy ateraky ny tsy fahadiovam-pitondrantena.

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Araka no nolazain'i Jakôba, inona no fiantraikan'ny tsy fahadiovam-pitondrantena eo amin'ny fianakaviana?

**b.** Misy zatovo mety manana fisainana hoe afaka ny ho maloto ara-pitondrantena izy satria tsy manambady ary tsy mivadipitokiana amin'ny vady noho izany ary tsy manan-janaka koa. Inona no mety ho fiantraikan'ny tsy fahadiovam-pitondrantena eo amin'ny zatovo iray sy ny fianakaviany?

**d.** Nahoana araka ny eritreritrao no raisin'ny Tompo ho fahotana mamohehatra ny tsy fahadiovam-pitondrantena?

Avereno vakiana ny fiantombohan'ny Jakôba 2:28, ary asio marika ny zavatra mahafinaritra ny Tompo. (Marihina fa na dia ny vehivavy aza no nolazain'i Jakôba manokana ao anatin'io andinin-tsoratra masina io dia marina mitovy amin'izany koa fa finaritra amin'ny fahadiovam-pitondrantenan'ny lehilahy ny Tompo.) Mampianatra an'ity fitsipika ity io andininy io: **Finaritra amin'ny fahadiovam-pitondrantena ny Tompo.**

Miainga avy amin'ny zavatra nianaranao androany dia eritrereto ny antony mahatonga ny Tompo ho finaritra amin'ny fahadiovam-pitondrantenan'ny zanany. Eritrereto ny fianakavianao ary koa ilay fianakaviana izay irianao mba hananana any aoriana. Ahoana no fomba hitondran'ny fiainana mifanaraka amin'ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantenan'ny Tompo fitahiana ho anao sy ho azy ireo? Saintsaino ny fomba maha finaritra ny Tompo amin'ny safidy ataonao mba ho tsara fitondrantena sy hadio.

Afaka mitoetra ho madio ianao. Raha efa nandika ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena ianao dia afaka mibebaka sy afaka ny ho lasa madio amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Katsaho ny fitarihan'ny Fanahy Masina rehefa mieritreritra fomba iray na mihoatra izany mba hahafahanao miambina tsara ny tenanao tsy handika ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena. Raha toa ianao ka naloto ara-pitondrantena dia ataovy izay tokony hatao ka tafiditra ao anatin'izany ny fihaonana amin'ny evekanao na ny filohan'ny sampanao mba hibaboka ny zavatra nataonao ka nandikana ny lalàn'ny tsy fahadiovampitondrantenan'ny Tompo.

**6.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Jakôba 1–2 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

Valin'ny teny tsy feno tao anatin'ilay teny nambara tany am-piandohan'ity lesona ity: Hoy ny Filoha Benson hoe: "Ny fahotana mandrendrika ity taranaka ity dia ny *tsy ny fahadiovam-pitondrantena.*"

FIZARANA 9: ANDRO 4

# Jakôba 3–4

## Fampidirana

Ny Jakôba 3 dia ahitana ny famaranana ny toriteny nataon'i Jakôba ho an'ny vahoakany. Tao anatin'io famaranana io no nanoloran'i Jakôba teny fohy mifono fampaherezana sy fampanantenana ho an'ireo madio am-po. Nanakiana koa ireo miavonavona sy maloto ara-pitondrantena teo anivon'ny vahoakany izy ary



nampitandrina azy ireo ny amin'ny ho vokany hitranga raha toa ka tsy mibebaka. Ny Jakôba 4 dia ahitana teny izay tsapan'i Jakôba fa tokony hosoratany ho an'ny vahoaka izay hamaky ny rakitsorany indray andro any. Nijoro ho vavolombelona mikasika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izy ary nanainga ny mpamaky mba hampihavana ny tenan'izy ireo (hifanara-tsaina) amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Sorompanavotana. Niaraka tamin'ny feo feno fampitandremana no niresahany mikasika an'ireo Jiosy izay handa an'i Jesoa Kristy sy ny fahatsoran'ny filazantsarany.

## Jakôba 3

### *Nanome famporisihana an'ireo izay madio am-po i Jakôba ary nanosika ny hafa mba hibebaka*

Eritrereto hoe inona no torohevitra azonao omena ny zatovolahy na zatovovavy iray ao anatin'ireto toe-javatra manaraka ireto:

- Mijaly ny zatovovavy iray izay miezaka ny miaina amim-pahamarinana satria miankin-doha amin'ny toaka ny rainy.
- Sahirana ny zatovolahy iray izay manao izay vitany mba hiainana ny filazantsara noho ny fisarahan'ny ray aman-dreniny.
- Misy zatovovavy iray izay miezaka amim-pahavitrihana mitia ny fianakaviany saingy sahirana izy any an-trano noho ny fitiavan-tena sy ny fihetsika tsy voahevitra asehon'ny rahavaviny.

Mieritrereta fotoana iray izay niainanao fitsapana na dia niezaka ny niaina tamim-pahamarinana aza ianao. Nampianatra antsika ny zavatra tokony hatao i Jakôba rehefa ao anatin'ny toe-javatra toy izany. Vakio ny fehezanteny voalohany ao amin'ny Jakôba 3:1, ary tadiavo hoe iza no niresahan'i Jakôba voalohany ao amin'ny toko 3.

Nilaza i Jakôba fa noho ny avonavona sy ny tsy fahadiovam-pitondrantenan'ny hafa (izay efa nampitandremany tany aloha araka ny voarakitra ao amin'ny Jakôba 2) dia nijaly ireo madio am-po. Vakio ny Jakôba 3:1–2, ary fenoy ity tabilao manaraka ity:

| Inona no zavatra namporisihan'i Jakôba an'ireo madio am-po mba hataony? | Inona no ampanantenain'Andriamanitra an'ireo madio am-po? |
|---|---|
| | |

**1.** Avereno vakiana ny valinteny nomenao tao amin'ny tsanganana voalohany. Mba hanampiana anao hisaintsaina bebe kokoa io fitsipika io dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny roa amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana araka ny eritreritrao no ahafahan'ny tanora iray "miandrandra an'Andriamanitra amin'ny fiorenan'ny saina"?

**b.** Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe mivavaka amin'Andriamanitra "amin'ny finoana fatratra" mandritra ny fotoam-pitsapana?

**d.** Inona araka ny eritreritrao no azon'ny tanora iray atao mba "handrai[sana] ny teny mahafinaritra izay an'Andriamanitra"?

**2.** Avereno vakina ny valinteny nomenao tao amin'ilay tsanganana faharoa. Ireo andininy ireo dia mampianatra fa **Andriamanitra dia hampionona ireo madio am-po ao anatin'ny fahoriany.** Mba hanampiana anao hisaintsaina bebe kokoa io fitsipika io dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na mihoatra izany:

**a.** Ahoana no fomba nampionanan' Andriamanitra anao tao anatin'ny fahorianao rehefa niezaka ny nanaraka Azy ianao?

**b.** Ahoana no fomba nanampian'ny fivavahana "amin'ny finoana fatratra" anao nandritra ny fotoam-pitsapana iray?

**d.** Oviana no nanampy anao hahatsapa ny fitiavan'Andriamanitra ny fandraisana ny teniny?

Rehefa avy niresaka tamin'ireo madio am-po i Jakôba dia niresaka tamin'ireo izay tsy madio am-po. Vakio ny Jakôba 3:3–4, 10–12, ary tadiavo ny zavatra nanaingan'i Jakôba an'ireo olona ireo mba hataony.

Vakintsika ao amin'ny Jakôba 3:3–4, 10–12 ihany koa ireo fampitandreman'i Jakôba mikasika ny zavatra hitranga raha toa ka tsy mibebaka ny vahoakany. Rehefa avy mandalina ireo andininy ireo ianao dia ataovy anaty faribolana ireo andian-teny izay mamaritra ireto voka-dratsy manaraka ireto: (a) Hamongotra azy ireo ny Lamanita. (b) Hitondra ny zanany any amin'ny famongorana ny ohatra hasehon'izy ireo. (d) Hiaina ny fahafatesana faharoa izy ireo, izany hoe fisarahana amin'Andriamanitra.

Eritrereto mandritra ny fotoana fohy ny fomba azo andraisana ny fampitandreman'i Jakôba ho toy ny fitahiana lehibe ho an'ny vahoakany.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Jakôba 3:5–7, dia nilaza tamim-pahasahiana i Jakôba fa ny Lamanita dia "marina kokoa" noho ireo Nefita satria "ny lahy tia ny vadiny, ary ny vavy tia ny vadiny; ary samy tia ny zanany na ny lahy na ny vavy." Nila nibebaka tamin'ny fahotany rehetra ny Nefita indrindra ireo fahotana izay nitarika azy ireo hampihena ny fitiavany sy ny fahatokiany ny fianakaviany.

Saintsaino ny Jakôba 3:11–12, ary fintino amin'ny alalan'ny teninao manokana ilay hafatra. ____________________

____________________________________________

Maka fotoana fohy hieritreretana mikasika ireo fakam-panahy atrehanao sy ireo voka-dratsy azonao sorohina rehefa mibebaka amin'ny zavatra tsy mety nataonao ianao.


**_Famintinana ny Soratra Masina amin'ny alalan'ny Teninao Manokana_**

Rehefa mamintina ny soratra masina amin'ny teninao manokana dia katsaho ny hahatakarana ny zavatra ampianarin'ny soratra masina ary avy eo dia eritrereto na lazao na soraty amin'ny fomba hahazoanao azy ilay hafatra. Afaka manampy anao hampihatra eo amin'ny fiainanao ireo fahamarinana ao amin'ny soratra masina ny fanaovana izany. Rehefa avy namintina andininy iray na maromaro ianao dia avereno vakiana ilay andininy na ireo andininy mba hahazoana antoka fa marina mifanaraka amin'ny hevi-dehibe ao anatin'ilay andininy na ireo andininy ilay famintinana.

## Jakôba 4

### *Namporisika ny vahoakany i Jakôba mba hanana fanantenana fa afaka ny hiverina eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo*

Mba hiomanana amin'ny fandalinana ny Jakôba 4, dia ampiakaro eo amin'ny iray metatra miala avy eo ambonin'ny bokinao farafahakeliny ny peninao ary ataovy izay handatsahana izany mba hidona eo amin'ilay zavatra kendrena—"tanjona." Azonao andramana im-betsaka izany. Eritrereto hoe handamoka ny ezaka ataonao raha toa ka mijery zavatra hafa ankoatra ilay zavatra kendrena ianao. Moa ve hahomby araka ny eritreritrao ny olona izay manao tir à l'arc raha toa ka tsy mijery velively ilay zavatra kendrena na ilay tanjona izy ireo rehefa mitifitra na raha toa izy ireo ka mijery zavatra any ivelan 'ilay tanjona? Vakio ny Jakôba 4:14, ary tadiavo ireo toetran'ireo olona izay nambaran'i Jakôba tamin'ny faminaniana fa hijery "any ivelan'ny tanjona."



Azonao atao ny manoratra ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Jakôba 4:14 fa "i Kristy ilay tanjona" (Neal A. Maxwell, "Jesus of Nazareth, Savior and King," *Ensign,* mey 1976, 26). Nampianatra zavatra mitovy amin'izany i Paoly manao hoe "Miezaka hanatratra ny marika aho hahazoako ny lokan'ny fiantsoan'Andriamanitra any ambony ao amin'i Jesoa Kristy" (Filipiana 3:14).

Ny mpaminany Jakôba dia niresaka momba ny Jiosy izay tsy nahatakatra ny lalàn'i Mosesy sy ny tanjon'izany dia tsy inona fa ny hitondrana azy ireo mankany amin'ny Mpamonjy. Maro tamin'ireo Jiosy no nitady karazana famonjena hafa noho ilay famonjena izay natolotr'i Jesoa ilay Mesia azy ireo—nitady famonjena avy amin'ny fitondrana vahiny sy ny tsindry hazo lena izy ireo.

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe mijery any ivelan'ilay tanjona (Jesoa Kristy)?

**b.** Inona avy ireo toetra sy fihetsika voatanisa ao amin'ny Jakôba 4:14 izay nanajamba ny Jiosy sy nanakana azy ireo tsy hanaiky an'i Jesoa Kristy?

**d.** Inona no mety ho ohatra vitsivitsy maneho izany fijerena any ivelan'ny tanjona izany na tsy fahavitana mifantoka amin'ny Mpamonjy izay hita amin'izao fotoana izao?

Tian'i Jakôba ireo izay hamaky ny rakitsorany mba hanana toetra tena samy hafa amin'ny toetran'ny Jiosy izay tsy nahita ilay tanjona. Vakio ny Jakôba 4:4, ary tadiavo ny zavatra tian'i Jakôba ho fantatry ny olona rehetra izay mamaky ny rakitsorany. Vakio koa ny Jakôba 4:12, ary asio marika ny fehezanteny hoe "fa nahoana no tsy iresaka momba ny sorompanavotan'i Kristy." Araka ny voarakitra ao amin'ny Jakôba 4:4–12, dia nanome antony maro ninoany an'i Jesoa Kristy i Jakôba ary ny antony nahatsapany fa zava-dehibe ny fampahalalana ny hafa mikasika ny Sorompanavotana.

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto soratra masina manaraka ireto ary manorata famintinana fohy mikasika ny zavatra nampianarin'i Jakôba

momba an'i Jesoa Kristy na ny Sorompanavotana ao anatin'ny soratra masina tsirairay:

**a.** Jakôba 4:4–6

**b.** Jakôba 4:7–8

**d.** Jakôba 4: 9–10

**e.** Jakôba 4:11

Inona avy ireo teny na andian-teny ao anatin'ny Jakôba 4:4–6 izay maneho fa takatry ny vahoakan'i Jakôba ny mombamomba Ny Andriamanitra?

Mety hanampy ny fahafantarana fa ny hoe hatolotra "ho an'Andriamanitra ho toy ny voaloham-bokatr'i Kristy" (Jakôba 4:11) dia ilazana ny hoe mijoro eo anatrehan'Andriamanitra ka mendrika ny hiditra ao amin'ny fanjakana selestialy. Zava-dehibe koa ny mahatakatra fa raha toa isika ka te hanana "ny fanantenana ny voninahitry ny [Mpamponjy]" (Jakôba 4:4), dia tsy maintsy mino isika fa nanolotra lalana iray ho antsika i Jesoa Kristy hanavotana antsika amin'ny fahotana sy hitsanganantsika amin'ny maty mba hiverenantsika eo anatrehan'ny Ray any An-danitra.

Ny fahamarinana iray azontsika ianarana ao amin'ny Jakôba 4 dia izao: **Afaka ny ho feno fanantenana sy hampihavana ny tenantsika amin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.**

**5.** Manorata valiny fohy ho an'ireto zavatra manaraka ireto ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina:

**a.** Avereno jerena ireo fahamarinana momba an'i Jesoa Kristy izay nohalalininao tao amin'ny Jakôba 4:4–12, ary mifidiana anankiray izay mamporisika anao manokana hanana faniriana hiresaka momba ny Sorompanavotana. Soraty izany fahamarinana izany ary hazavao hoe inona no antony nisafidiananao izany.

**b.** Inona koa ireo antony hafa manokana izay mamporisika anao hanana faniriana hiresaka momba an'i Jesoa Kristy?

Rehefa mamarana ity lesona ity ianao dia eritrereto hoe nahoana ianao no feno fankasitrahana ny Mpamonjy. Zarao amin'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana na namana akaiky iray ireo antony avy aminao ireo.

**6.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Jakôba 3–4 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*



**Ny tanimboly dia ampahan-tany nampiasaina mba hambolena voaloboka sy hazo oliva. Faran'izay sarobidy ny hazo oliva tany Isiraely fahiny. Ny oliva dia natao sakafo ary ny menaka oliva dia nampiasaina mba handrahoana sakafo sy hanaovana fanafody ary menaka handrehetana jiro. Ny hazo oliva anefa dia mitaky fikarakarana sy asa be mba hanampiana azy ireo hamokatra voa tsara.**

FIZARANA 10: ANDRO 1

# Jakôba 5–6

## Fampidirana

Ny Jakôba 5 dia ahitana ny fanoharana momba ny hazo oliva voakolokolo sy ny hazo oliva dia, izay ny mpaminany iray nantsoina hoe Zenosa no niresaka momba izany voalohany. Nampiasain'i Jakôba io fanoharana io mba hampianarana fa ny Tompo dia miasa foana mba hitondra famonjena ho an'ny vahoakan'ny fanekempihavanany na dia amin'ny fotoana hanalaviran'izy ireo Azy aza. Ilay fanoharana dia mampiseho fa naelin'ny Tompo nanerana ny tany ny ampahan'ny mpianakavin'i Isiraely —Ny vahoakan'ny fanekempihavanany —ary hangoniny ny vahoakany amin'ny andro farany. Io fanoharana io dia misy fiantefany amintsika manokana amin'ny maha-olona ao anatin'ny mpianakavin'i Isiraely antsika sy amin'ny mahampanompon'ny Tompo antsika. I Jakôba ao amin'ny Jakôba 6, dia nanamafy ny famindram-po sy ny fahamarinan'ny Tompo rehefa namporisika ny vahoakany—sy namporisika antsika—mba hibebaka Izy.

### Jakôba 5:1–12

*Nindrana ny teny nampiasain'i Zenosa i Jakôba izay nampitaha ny mpianakavin'i Isiraely tamin'ny hazo oliva voakolokolo*

Moa ve ianao mahafantatra namana iray na olona akaikin'ny fo iray izay niahiahy ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra azy, indrindra nandritra ny fotoampitsapana iray rehefa mety lasa nanalavitra Azy ilay olona? Diniho ireto ohatra manaraka ireto:

- Misy tanora iray mihazona ny fisoronana izay lasa manana fahazarana manota. Mihevitra izy fa afaka mahazo famelan-keloka ny hafa saingy manahy kosa izy hoe mety tsy hanaiky ny fibebahany ny Tompo.
- Nandika didy iray ny zatovovavy iray. Nahatsapa ho meloka izy sy tena menatra ny tenany ary nanontany tena raha toa mbola tia azy ny Tompo.

Naminany i Jakôba fa handa an'i Jesoa Kristy ny Jiosy (jereo ny Jakôba 4:15). Naminany koa izy fa hanohy hiasa ho an'ny famonjena ny vahoaka i Jesoa Kristy na dia rehefa avy nolavin'izy ireo aza Izy. Mba hampisehoana izany fahamarinana izany dia nindramin'i Jakôba ny fanoharana iray izay nataon'ny mpaminany iray nantsoina hoe Zenosa (jereo ny Jakôba 5:1). Ny fanoharana dia tantara iray izay mampiasa olona na zavatra atao ohatra sy asa mba hampianarana fahamarinana. Rehefa mandalina ny Jakôba 5 ianao dia diniho ny fomba hanampian'ny Tompo anao na dia efa nanota aza ianao.

Vakio ny Jakôba 5:2, ary asio marika ao anatin'ny soratra masinao ny olona tian'i Zenosa hiantefan'ity fampianarana ity.

Noho ianao nanao fanekempihavanana tamin'ny Tompo tamin'ny alalan'ny batisa dia olona ao anatin'ny mpianakavin'i Isiraely ianao. Tafiditra ao anatin'ilay tantara notantaraina ao amin'ny Jakôba 5 ianao. Vakio ny Jakôba 5:3, ary asio marika ny zavatra nampiasain'i Zenosa tao anatin'ny fanoharany mba hanehoana ny mpianakavin'i Isiraely. Asio marika koa ny zavatra nanomboka nitranga tamin'ilay hazo oliva voakolokolo.


Ity tabilao manaraka ity dia mitanisa ireo sariohatra izay manampy antsika hahatakatra ny dikan'ny fanoharan'i Zenosa. Voatanisa ao koa ireo andinin-tsoratra masina izay isehoan'ireo sariohatra ireo voalohany. Asio marika ireo sariohatra ireo ao anatin'ny soratra masinao. Azonao atao koa ny manoratra ny dikan'ny sasany amin'ireo sariohatra ireo eny amin'ny sisiny tsy misy soratra ao amin'ny soratra masinao.

**Jakôba 5: Fanoharana ny Hazo Oliva Voakolokolo sy ny Hazo Oliva Dia**

| Sariohatra | Dikany |
|---|---|
| Hazo oliva voakolokolo (andininy faha 3) | Ny Mpianakavin'i Isiraely, vahoakan'ny Fanekempihavanan'Andriamanitra |
| Ny tanimboly (andininy faha 3) | Izao tontolo izao |
| Simba (andininy faha 3) | Fahotana sy apôstazia |
| Tompon'ny tanimboly (andininy faha 4) | Jesoa Kristy |
| fandrantsanana, fanevoina, fikolokoloana (andininy faha 4) | Ny ezaka ataon'ny Tompo mba hanampiana antsika ho marina sy hamokatra asa tsara |
| Rantsana (andininy faha 6) | Vondron'olona |
| Hazo oliva dia (andininy faha 7) | Jentilisa—ireo izay tsy nanao fanekempihavanana tamin'ny Tompo. Any aoriana any ao anatin'ilay fanoharana dia nofaritana koa ho toy ny hazo "dia" ilay hazo oliva voajanahary izay maneho ny ampahan'ireo mpianakavin'i Isiraely tao anatin'ny apôstazia. |

| Jakôba 5: Fanoharana ny Hazo Oliva Voakolokolo sy ny Hazo Oliva Dia | |
|---|---|
| **Sariohatra** | **Dikany** |
| Fanapahana sy fanaovana grefy (andininy faha 7–8) | Ny fielezana sy fanangonana ny vahoakan'ny fanekempihavanan' Andriamanitra. Ankoatra izany ny fanaovana grefy rantsana dia eo amin'ilay hazo oliva voakolokolo dia maneho ny fiovam-pon'ireo izay lasa tafiditra ao anatin'ny vahoakan'ny fanekempihavanan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny batisa. |
| Rantsana hodorana (andininy 7) | Fitsaran'Andriamanitra hihatra amin'ny olon-dratsy |
| Voa (andininy faha 8) | Ny fiainan'ny olona na ny asa nataon'ny olona |
| Fakan'ny hazo oliva voakolokolo (andininy faha 11) | Ireo fanekempihavanana izay ataon'ny Tompo amin'ireo izay manaraka Azy. Ny fakany dia mety maneho koa ireo olona izay nanaovan'ny Tompo fanekempihavanana fahiny toa an'i Abrahama, i Isaka ary i Jakôba (jereo ny Jakôba 6:4). |

Vakio ny Jakôba 5:4–6, ary asio marika ny zavatra nataon'ny Tompon'ny tanimboly voalohany mba hiarovana ilay hazo oliva voakolokolo. Jereo ny tabilao etsy ambony ary jereo tsara hoe iza ilay Tompon'ny tanimboly ary maneho inona ilay asa fandrantsanana, fanevoina sy fikolokoloana ataony.



Ao anatin'ny fanaovana grefy dia ahitana ny fanapahana rantsana salama iray avy amin'ny hazo iray ary atsofoka eo amin'ny vatan'ny hazo iray hafa izany mba haniry.

Nohazavain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ny tena votoatin'io



fanoharana io. Rehefa mamaky ny fanazavany ianao dia tsipiho ny zavatra ampianariny fa tena dikany lalin'ity fanoharana ity.

"Io fanoharana io araka ny filazan'i Jakôba dia miompana hatrany ampiandohana amin'i Kristy [ny Tompon'ny tanimboly]. . . .

"Na dia miezaka ny mampatanjaka sy mandrantsana ary manadio, ary amin'ny lafiny iray dia manao izay hampamokatra tsara ny hazony aza ny Tompon'ny tanimboly sy ny mpiasany mba ho lasa toko iray ao anatin'ny famintinana ara-tantara ny fielezana sy ny fanangonana ny mpianakavin'i Isiraely, dia ilay dikan'ny Sorompavotana izay lalina no mandrisika sy mitaona azy ireo ao anatin'ny asany" (*Christ and the New Covenant: The Messianic Message of the Book of Mormon* [1997], 165).

Raha toa ka toy ny mikasika ny hazo oliva ny Jakôba 5, ilay fanoharana kosa dia mikasika ireo olona izay nanalavitra ny Tompo tao anatin'ny fahotana sy ny ezaka nataon'ny Tompo mba hanampiana azy ireo hiverina Aminy indray. Io toko io dia mampianatra fa **tia antsika ny Tompo ary miasa amimpahavitrihana Izy ho an'ny famonjena antsika.** Rehefa manohy mandalina ity fanoharana ity ianao dia tadiavo ny porofo mikasika io fahamarinana io amin'ny alalan'ny fandinihana tsara ny zavatra tsapan'ny Tompo momba an'i Isiraely —ilay hazo oliva voakolokolo—sy ny ezaka mafy ataony mba hamonjena izany. Ohatra, vakio ny Jakôba 5:7, ary saintsaino ilay fehezanteny hoe "Mampahory ahy ny hamoizako ity hazo ity." Inona no fihetseham-po nasehon'ny Tompo teto araka ny hevitrao ary nahoana? ____________________

____________________________________________

Vakio indray ilay fehezanteny ary amin'ity indray mitoraka ity dia soloy amin'ny anaranao ny hoe "ity hazo ity": "Mampahory ahy ny hamoizako an'i [ny anaranao]." Rehefa apetrakao eo amin'izay toerana manandanja sy tokony hisy azy ao anatin'ny Jakôba 5 ny anaranao dia azonao ampiharina amin'ny tenanao ilay fanoharana ary afaka mianatra bebe kokoa momba ny fiahian'ny Tompo anao ianao.

### *Mampiditra ny Anaranao ao anatin'ireo Andinin-tsoratra Masina izay Halalininao*

Azonao ampidirina koa any amin'izay faritra mety amin'izany ao anatin'ny soratra masinao ny *Izaho na aho* na *ahy*. Io fampiharana iray io dia afaka manampy anao hirotsaka amin'ny fanaovana fandalinana matotra sy hahita ny fomba fiantefan'ny andinin-tsoratra masina sasany aminao.

Vakio ny Jakôba 5:7–11, ary tadiavo ny zavatra manaraka nataon'ny Tompon'ny tanimboly mba hamonjena ilay hazo oliva voakolokolo.

**1.** Amin'ny alalan'ny fampiasana ny dikan'ireo sarioha-tra ao anatin'ilay tabilao dia soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fanazavana iray mikasika ny zavatra nataon'ny Tompon'ny tanimboly sy ny mpanompony ao amin'ny Jakôba 5:7–11 mba hiezahana hamonjena ireo zanaky ny Ray any An-danitra.

Alain'ny Tompo ny olona izay tsy avy ao amin'ny mpianakavin'i Isiraely ary ataony grefy amin'i Isiraely mba hampidirana azy ireo ho isan'ny vahoakan'ny fanekempihavanana. Mba hamonjena ny mpianakavin'i Isiraely dia tapahany ireo rantsana faran'izay ratsy (olona) ary potehiny.

Vakio ny Jakôba 5:13–14, ary tadiavo ny zavatra nataon'ny Tompo tamin'ireo rantsana tanora sy malemilemy an'ny hazo oliva voakolokolo izay voalaza ao amin'ny andininy faha 6.

**2.** Hazavao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina amin'ny alalan'ny fampiasanao ny dikan'ireo sariohatra ao amin'ilay tabilao ny fomba ahafahana mampitaha ny fianakavian'i Lehia amin'ilay rantsana tanora sy malemilemy izay nafenina tany amin'ny faritra iva indrindra tamin'ny tanimboly.

Nanazava ny Filoha Joseph Fielding Smith fa ireo mpanompon'ny Tompo dia "naka rantsana vitsivitsy ary nanao grefy izany teo amin'ireo hazo oliva dia rehetra. Iza ireo hazo oliva dia ireo? Ny Jentilisa. Ary noho izany dia nandefa ny mpanompony tany amin'ny faritra rehetra tao anatin'ny tanimboliny ny Tompo, izay izao tontolo izao izany, ary namboly ireo rantsana avy amin'ilay hazo. . . .



"Ilay hazo oliva izany ao anatin'io fanoharana io dia ny Mpianakavin'i Isiraely. . . . Nanomboka nihamaty izany tany antanindrazany. Noho izany dia naka rantsana ny Tompo toa ny Nefita, ireo foko very ary ireo hafa izay tsy fantatsika velively fa notarihan'ny Tompo tany amin'ny faritra samihafa teto an-tany. Namboleny tao amin'ny tanimboliny daholo izy rehetra ireo, izay izao tontolo izao izany. Tsy tokony hahagaga mihitsy ny amin'ny hoe nalefany tany Japon sy Corée ary Chine ny sasany tamin'ireo rantsana ireo. Azo antoka izany satria nalefany tany amin'ny faritra rehetra manerana an'izao tontolo izao izy ireo" (*Answers to Gospel Questions,* natambatr'i Joseph Fielding Smith Jr., boky miisa 5 [1957–66], 4:204–5).

Nampianatra koa ny Filoha Smith fa "ny fandikana ny hevitr'ity fanoharana ity . . . dia tantara iray momba ny fielezan'i Isiraely sy ny fampifangaroana ny ran'i Isiraely tamin'ireo hazo oliva dia na ireo vahoaka Jentilisa tany amin'ny faritra rehetra teto amin'izao tontolo izao. Noho izany hitantsika any Chine, Japon, sy Inde ary any amin'ny firenena hafa rehetra izay honenan'ny Jentilisa fa naely ny ran'i Isiraely na 'natao grefy,' teo anivon'izy ireo" (*Answers to Gospel Questions,* 4:40–41).

## Jakôba 5:15–77

### *Miasa ny Tompon'ny tanimboly sy ny mpanompony mba hanaovana izay hamokaran'ny tanimboly voa tsara*

Maro amin'ireo andininy ao amin'ny Jakôba 5 no mamaritra vanim-potoana sy zava-niseho samihafa momba ny fielezan'ireo ampahany maro tamin'ny mpianakavin'i Isiraely nanerana an'izao tontolo izao ary ny asan'ny Mpamonjy mba hanangonana azy ireo. Ny toko dia mifarana amin'ny Arivotaona sy ny fanadiovana farany ny tany.

Mba hanamafisana ny fiahian'ny Tompo ireo hazo ao amin'ny tanimboliny sy ny ezaka tsy tapaka ataony mba hamonjena azy ireo, dia naverimberin'i Zenosa tao anatin'ity fanoharana ity ireo fehezanteny vitsivitsy manan-danja. Vakio ny Jakôba 5:20, 23–25, 28, 31, ary isaky ny mahita ny fanehoan'ny Tompo ny ezaka ataony mba hikolokoloana ireo hazo ao amin'ny tanimboliny ianao dia asio marika izany.

Na dia teo aza ny ezaka nataon'ny Tompo sy ny mpanompony mba hanaovana izay hamokarana voa tsara dia niharatsy ihany tamin'ny farany ny voa rehetra tao amin'ilay tanimboly (jereo ny Jakôba 5:39). Vakio ny Jakôba 5:41–42, 46–47, ary asio marika ireo fehezanteny ao amin'ny soratra masinao izay mampiseho ny fitiavan'ny Tompo ny tanimboliny na ny fiahiany azy na ny alahelony momba azy.

Noho ny famokaran'ireo hazo voa ratsy na dia teo aza ny zavatra rehetra nataony dia nanapa-kevitra ny hikapa ireo hazo rehetra ny Tompon'ny tanimboly (jereo ny Jakôba 5:49). Vakio ny Jakôba 5:50–51. Ny ambin'ny Jakôba 5 dia maneho ny ezaka nataon'ny Tompo sy ny mpanompony mba hamonjena ireo izay miaina amin'ny andro farany. Nangoniny indray mandeha farany ny olony ary nokolokoloiny (jereo ny Jakôba 5:52–77).

Ny Filoha Fielding Smith dia nampianatra fa ny fanangonana an'i Isiraely izay voafaritra ao amin'ny Jakôba 5 dia miseho amin'izao fotoana izao: "Amin'izao andro fanangonana izao, ny Tompo dia manatanteraka ny tanjony ary miantso ny mba hiverenan'ny zanak'i Abrahama ao amin'ilay valan'ilay Mpiandry Tsara" (*Answers to Gospel Questions,* 4:41).

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nianaranao avy amin'ny Jakôba 5 mikasika ny fitiavan'ny Tompo anao. Manorata ohatra iray izay

maneho ny nahitanao ny fitiavana niseho teo amin'ny fiainanao na teo amin'ny fiainan'ny olona iray izay fantatrao.

## Jakôba 6

### *Mampianatra mikasika ny famindram-pon'Andriamanitra sy ny fahamarinany i Jakôba ary manasa antsika hibebaka*

Ny Jakôba 6 dia ahitana ny famintinan'i Jakôba ireo fahamarinana manan-danja avy amin'ilay fanoharana ny amin'ny hazo oliva. Vakio ny Jakôba 6:4–6, ary tadiavo ny zavatra nantitranterin'i Jakôba momba ny toetran'Andriamanitra. Inona no teny hoampiasainao mba hamintinana ny zavatra tian'i Jakôba ho fantatsika mikasika an'Andriamanitra? ______________________

______________________________________________

Nofaranan'i Jakôba tamin'ny alalan'ilay hafatra nataony tao amin'ny Jakôba 6:7–13 ny hafany ka nijoro ho vavolombelona izy fa **tsara ho antsika ny miomana amin'ny fitsarana amin'izao fotoana izao amin'ny alalan'ny fibebahana sy ny fandraisana ny famindram-pon'ny Tompo.**

**4.** Avereno vakiana ny Jakôba 6:5. Jereo tsara fa i Jakôba dia namporisika antsika mba "[hifikitra] amin'Andriamanitra toy ny ifikirany [amintsika]." Ny dikan'ny hoe mifikitra dia hoe mihazona mafy. Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no zavatra nianaranao tao amin'ny fanoharana ny amin'ny hazo oliva izay maneho ny fomba fifikiran' Andriamanitra aminao?

**b.** Inona no azonao atao mba hifikiranao mafy kokoa Aminy toy ny ifikirany aminao?

**5.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Jakôba 5–6 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

**FIZARANA 10: ANDRO 2**

# Jakôba 7

## Fampidirana

Niantehitra tamin'ny fijoroany ho vavolombelona sy tamin'ny Tompo i Jakôba mba handresena ireo hevi-diso sy ady hevitra nataon'i Serema, izay antikristy. Ny atao hoe antikristy dia olona iray izay manohitra amin-kery sy mafy dia mafy an'i Kristy ary miezaka manimba ny finoan'ny hafa Azy, ny Fiangonany marina, ny Filazantsarany na ny drafitry ny famonjena.

Mba hanakanana ireo ezaka nataon'i Serema dia nanovo tanjaka avy tamin'ireo traikefa taloha izay nampitombo ny finoany an'i Jesoa Kristy i Jakôba. Niantehitra tamin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina sy ny fahalalany ny soratra masina ary ny tenin'ireo mpaminany sy ny fijoroany ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy izy. Rehefa nangataka famantarana i Serema mba hanaporofoana fa marina ny tenin'i Jakôba dia nokapohin'Andriamanitra. Nofaranan'i Jakôba tamin'ny alalan'ny famaritana ny fomba nametrahan'ny Nefita ny fahatokiany tamin'ny Tompo ny rakitsorany rehefa nampatanjaka ny tenany nanohitra ny Lamanita ireo Nefita ireo. Talohan'ny nahafatesan'i Jakôba dia nankininy tamin'i Enôsa zanany ireo takelaka kely.

## Jakoba 7:1–14

### *Niantehitra tamin'ny Tompo i Jakôba teo am-piatrehany an'i Serema, ilay antikristy*

Nampianatra ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Iray amin'ireo fitsapana tena lehibe eo amin'ny fiainana rehefa ahiahiana sy tsikeraina ny finoantsika. Amin'izany fotoana izany, dia mety te hamaly amim-pahasahiana isika. . . . Kanefa izany dia fahafahana lehibe hieritreretana, ary hanarahana ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy. Tadidio tsara fa na i Jesoa Kristy aza dia noesoina sy nolavin'izao tontolo izao. . . . Rehefa mamaly ireo mpiampanga antsika isika tahaka ny nataon'ny Mpamonjy, dia tsy lasa tahaka an'i Kristy fotsiny isika fa manasa ny hafa ihany koa hahatsapa ny fitiavany sy hanaraka Azy"



("Fahasahian'ny Kristiana: Takiana amin'ny Mahampanara-dia," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2008, 72).

Mieritrereta fotoana iray rehefa nahavelompanontaniana na nokianina ireo zavatra inoanao. Eo am-pandalinanao ny Jakôba 7 dia hianatra ny fomba niainan'i Jakôba ny fanakianana ny finoany avy tamin'ny lehilahy iray nantsoina hoe Serema ianao, sy ny fomba fihetsika mahomby nasehony nanoloana ity olana ity.

Vakio ny Jakôba 7:1–5, ary tadiavo ireo teny na andianteny izay milaza (1) ny zavatra nezahin'i Serema hatao sy (2) ny zavatra nokatsahiny hanatanterahana ireo tanjony. Azonao asiana marika ao anatin'ny soratra masinao ireo.

Araka ny Jakôba 7:3, nanao ahoana no fiantefan'ny zavatra nataon'i Serema teo amin'ny vahoaka? _______

_______________________________________________

**1.** Jereo ao amin'ny Jakôba 7:4 fa "olo-mahay" sy nanana "hery be tamin'ny lahateny" i Serema. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony mahasarotra indraindray ny miaro ny finoanao manoloana ny olona toa an'i Serema.

Tadidio fa tsy ny olona rehetra izay velompanontaniana na mitsikera ny finoantsika no manana tanjona mitovy amin'ny an'i Serema. Raha toa ka mikatsaka ny hanimba finoana tsotra izao tahaka an'i Serema ny olona sasany dia mety ho velompanontaniana ny amin'ny finoantsika ny hafa satria liana izy ireo na nomena fampahalalana diso angamba izy ireo mikasika ireo zavatra inoantsika.

Rehefa mamaky ny Jakôba 7:5–14 ianao dia saintsaino ny mety ho fomba fihetsikao amin'ny olona iray toa an'i Serema. Eo am-pandalinanao ny valintenin'i Jakôba dia ho hitanao fa **rehefa miantehitra amin'ny Tompo isika dia afaka mandresy ireo fisedrana ny finoantsika.** Azonao soratana eo amin'ny sisin'ny pejin'ny soratra masinao eo akaikin'ireo andininy ireo ity fitsipika ity. Jereo ireo fomba mampisehoan'i Jakôba ity fitsipika ity tamin'ny adiny tamin'i Serema.

Vakio ao anatin'ny tabilao etsy ambany ilay andininy na ireo andininy avy ao amin'ny Jakôba 7:5–14 ao anatin'ilay ilan'ny tsanganana voalohany ary ampifandraiso amin'ny fanambarana ao anatin'ilay tsanganana faharoa izany andininy izany, izay mamaritra tsara indrindra ny fomba nianteheran'i Jakôba tamin'ny Tompo ao anatin'izany andinin-tsoratra masina izany. Soraty eo amin'ny andalana akaikin'ilay andinin-tsoratra masina ny tarehin-tsoratra amin'ilay fanambarana.

| Ny Zavatra Nataon'i Jakôba mba Hianteherana amin'ny Tompo | |
|---|---|
| 1. _____ Jakôba 7:5<br>2. _____ Jakôba 7:8<br>3. _____ Jakôba 7:10–11<br>4. _____ Jakôba 7:12<br>5. _____ Jakôba 7:13–14.) | a. Nijoro ho vavolombelona ny amin'ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany izy.<br>b. Napetrany teo ampelatanan'Andriamanitra izay ho vokany.<br>d. Niantehitra tamin'ny fitarihana sy ny tanjaka avy amin'ny Fanahy Masina izy.<br>e. Nahatsiaro ireo traikefa taloha izay nahamafy orina ny finoany izy.<br>f. Nizara ny fijoroana ho vavolombelona izay noraisiny tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina izy. |

Azonao atao ny mampitaha ny valinteninao amin'ity asa fampifandraisana ity amin'ny alalan'ny fijerena ireo valinteny marina hita any amin'ny faran'ity lesona ity.

Ahoana no hanamafisanao orina ny fijoroanao ho vavolombelona mba tsy ho voahozongozona izany rehefa nahavelom-panontaniana sy notsikeraina izay inoanao? Jereo fa naneho izao fahamarinana manaraka izao i Jakôba ao amin'ny Jakôba 7:5: **Tsy azo hozongozonina ao amin'ny finoantsika isika raha toa ka mifototra amin'ny fanambarana sy ny traikefa marina ara-panahy ny fijoroantsika ho vavolombelona.** Eritrereto ny tanjaky ny fijoroanao ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy sy izay azonao atao mba hanamafisana orina izany.

Manolotra ohatra iray mba ho arahintsika amin'ny fihetsika tokony hasehontsika amin'ireo olona izay velom-panontaniana sy mitsikera ny finoantsika ny fihetsik'i Jakôba tamin'i Serema.

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny telo amin'ireto fanontaniana eto ambany ireto mba hanampiana anao hieritreritra momba ireo zavatra nataon'i Jakôba mba hianteherana amin'ny Tompo sy ny fomba nanampian'ireo asa ireo anao na hanampian'izany anao rehefa mitsapa ny finoanao ny hafa:

**a.** Jereo ao amin'ny Jakôba 7:5 fa nanjary tsy voahoazongozona ny finoan'i Jakôba noho ireo traikefa ara-panahy niainany teo aloha. Inona avy ireo zavatra niainanao izay nampiorim-paka ny finoanao? Ahoana no ahafahan'ny fahatsiarovana na fanoratana ireny zavatra niainana ireny manampy anao rehefa misy olona mametra-panontaniana na manakiana ny finoanao?

**b.** Nilaza i Jakôba ao amin'ny Jakôba 7:8 fa "nampirotsaka ny Fanahiny tao amin' ny fanahiko ny Tompo Andriamanitra." Inona no tokony hataonao mba hananana ny Fanahy harotsaka ao amin'ny fanahinao? Ahoana no nanampian'ny Fanahy Masina anao rehefa niatrika fanontaniana na fanakianana mikasika ny finoanao ianao?

**d.** Ahoana no ahafahan'ny fahazarana mandalina isan'andro ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminanin'ny andro farany manampy anao ao anatin'ireo toe-javatra mitranga rehefa manontany na manakiana ny finoanao ny hafa? (Jereo ny Jakôba 7:10–11.)

**e.** Oviana ianao no nizara ny fijoroanao ho vavolombelona tamin'ny olona iray izay nanontany na nanakiana ny finoanao? (Jereo ny Jakôba 7:12). Inona ny vokatr'izany?

**f.** Raha tokony hanaporofo ny fahamarinan'ny fijoroany ho vavolombelona i Jakôba rehefa nitady famantarana i Serema dia navelany teo an-tanan'ny Tompo izay mety ho vokatr'izany (jereo ny Jakôba 7:14). Ahoana no ahafahan'izany manampy anao hahafantatra fa tsy mila porofoinao amin'ireo izay mitsapa ny finoanao ny fahamarinan'ny fijoroanao ho vavolombelona?

## Jakôba 7:15–23

### *Lavo sy nibaboka ary maty i Serema, ary izany dia nitarika ny vahoaka Nefita hitodika amin'ny Tompo*

Nampianatra ny Loholona Robert D. Hales hoe:



"Rehefa tsy manao valy bontana isika—rehefa manolotra ny ila-takolantsika isika ary mandresy ny fahatsapana ho tezitra—dia manaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy koa isika. Maneho ny fitiavany isika, izay hany hery afaka mifehy ny fahavalo sy mamaly ireo mpiampanga antsika ary tsy mila miampanga azy isika avy eo. Tsy fahalemena izany. *Izany* no fahasahian'ny Kristiana.

"Nandritra ny taona maro isika dia nianatra fa ny fanamby eo amin'ny finoantsika dia tsy vaovao, ary toa tsy hanjavona atsy ho atsy koa izany. Saingy *ny tena mpanara-dia an'i Kristy dia mahita fahafahana hanao zavatra hatrany eny anivon'ny fifanoherana . . .*

". . . Soa ihany ny Tompo fa mahafantatra ny fon'ireo mpiampanga antsika sy ny fomba tena hamaliany tsara azy ireo. *Rehefa mikatsaka fitarihana avy amin'ny Fanahy ny mpanara-dia marina dia mahazo fitaomam-panahy mifanaraka amin'ny zavatra atrehany tsirairay izy ireny.* Ary isaky ny zavatra atrehana rehetra, *ny mpanara-dia marina dia mamaly amin'ny fomba izay manasa ny fanahin'ny Tompo*" ("Fahasahian'ny Kristiana: Takiana amin'ny Maha-mpanara-dia," 72–73).

Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe "mahita fahafahana hanao zavatra . . . eo anivon'ny fifanoherana"? ____________________

____________________

Vokatra tsara no ho azo rehefa maneho fihetsika amin'ny fomba manasa ny Fanahin'ny Tompo amin'ireo izay mitsapa ny finoantsika isika. Vakio ny Jakôba 7:15–23, ary tadiavo ny vokatra tsara izay nateraky ny fifanandrinan'i Jakôba tamin'i Serema.

Inona no porofo hitanao ao amin'ny Jakôba 7:21–22 fa nirian'i Jakôba mba hanampy ny hafa ny zavatra nitranga teo amin'izy sy i Serema? ____________________

____________________

Araka ny Jakôba 7:23, ahoana no fomba fiantraikan'ny fifanandrinan'i Jakôba tamin'i Serema tamin'ny vahoaka tamin'ny farany? ____________________

____________________

**3.** Fitsipika iray ianarantsika avy amin'ny fifanandrinan'i Jakôba tamin'i Serema ny hoe **rehefa mamaly ireo fanontaniana sy fitsikerana ny finoantsika amin'ny fomba izay manasa ny Fanahy isika dia afaka manampy ny hafa hitodika amin'ny Tompo.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto izay mikasika ity fitsipika ity:

**a.** Ahoana no hamelan'ny fahafantarana ity fitsipika ity anao hanampy ny hafa hitodika amin'ny Tompo?

**b.** Ahoana no mety hikatsahanao hampihatra ity fitsipika?

## Jakôba 7:24–27

### *Nilazalaza momba ny fifandiran'ny Nefita tamin'ny Lamanita i Jakôba ary namarana ny rakitsorany*

Vakio ny Jakôba 7:24–27. Asongadino ny andian-teny iray ao amin'ny Jakôba 7:25 izay manamafy ny hafatr'i Jakôba mikasika ny maha zava-dehibe ny fianteherana amin'ny Tompo rehefa miatrika olana isika.

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona no zavatra iray ho ataonao mba hiomanana amin'ny fotoana iray izay hitsapan'ny olona iray ny finoanao?

Raha toa ka manana olana ianao mikasika ny fomba hiatrehana ireo fanontaniana na fitsikerana manokana ny finoanao dia halalino ny boky torolalana *Miorimpaka ao amin'ny Finoana: Boky Fanovozan-kevitra Mikasika ny Filazantsara,* lahatenin'ny Loholona Robert D. Hales nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana "Fahasahian'ny Kristiana: Takiana amin'ny Mahampanara-dia" (*Ensign* na *Liahona,* nôv. 2008, 72–75), ary ireo loharanom-pahalalana hafa hita ao amin'ny LDS.org sy youth.lds.org.

**5.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Jakôba 7 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

Valin'ilay asa fampifandraisana any amin'ny fiandohan'ity lesona ity: 1) e, 2) d, 3) a, 4) f, 5) b.

FAMPAHAFANTARANA NY

# Enôsa

### Inona no antony handalinana ity boky ity?

Mampiseho ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy mba hanadio ny fahotan'ny olona sy hanasitrana azy ireo ny bokin'i Enôsa. Nitolona teo anoloan'Andriamanitra tamin'ny vavaka mahery i Enôsa talohan'ny namelana ny fahotany. Dia nangataka ny fahatsarana ara-panahin'ny Nefita sy ny Lamanita izy avy eo. Nandany ny androny sisa tamin'ny fiasana ho an'ny famonjena azy ireo izy. Eo am-pandalinanao ny bokin'i Enôsa dia afaka mahita ireo lesona manan-danja momba ny vavaka sy ny fibebahana ary ny fanambarana ianao. Afaka mianatra ihany koa ianao fa rehefa mandray ireo fitahian'ny Sorompanavotana ny olona tsirairay dia hanana faniriana ny hizara ireny fitahiana ireny amin'ny hafa.

### Iza no nanoratra ity boky ity?

I Enôsa, zanak'i Jakôba sy zafikelin'i Lehia sy i Sarià no mpanoratra ity boky ity. Noraketin'i Enôsa fa nampianatra azy "tamin'ny fanabeazana sy ny fananarana araka ny Tompo" (Enôsa 1:1) ny rainy. Nanoratra i Enôsa rehefa akaiky ho faty fa izy dia nanambara "ny teny araka ny fahamarinana izay ao amin'i Kristy" (Enôsa 1:26) nandritra ny androny rehetra. Talohan'ny fahafatesany dia natolotr'i Enôsa an'i Jarôma zanany lahy ireo takelaka kelin'i Nefia (jereo ny Jarôma 1:1). Nofaranan'i Enôsa tamin'ny fifaliana amin'ny andro hijoroany eo anoloan'ny Mpanavotra azy ny rakitsorany. Nanambara izy hoe: "Ary amin'izany aho dia ho finaritra hahita ny tavany, ary Izy hiteny amiko hoe: Avia aty Amiko, ianao notahiana, fa efa misy toerana voavoatra ho anao ao an-tranon-dRaiko" ( Enôsa 1:27).

### Oviana ary taiza no nanoratana izany?

Nofaranan'i Enôsa ny rakitsorany tamin'ny alalan'ny fanambarana fa 179 taona izay no lasana hatramin'ny nandaozan'i Lehia an'i Jerosalema (jereo ny Enôsa 1:25). Izany dia mamaritra ny datin'ny asa sorany ho tokotokony ho teo anelanelan'ny 544 talohan'i Kristy (rehefa namarana ny rakitsorany i Jakôba) sy 420 talohan'i Kristy. Nandritra ny fotoana nonenany tao amin'ny tanin'i Nefia no nanoratan'i Enôsa ity rakitsoratra ity.

FIZARANA 10: ANDRO 3

# Enôsa

## Fampidirana

Rehefa avy nandinika ny tenin'ny rainy i Enôsa dia nivavaka mba hangataka ny famelana ny fahotany, ary dia azony izany. Dia nangataka izay mba hahasoa ara-panahy ny Nefita sy ny Lamanita izy avy eo ary nandany ny fiainana tamin'ny fiasana ho an'ny famonjena azy ireo.

### Enôsa 1:1–8

***Rehefa avy nandinika ny tenin'ny rainy i Enôsa dia nivavaka mba hangataka ny famelana ny fahotany, ary dia azony izany***

Vakio ny Enôsa 1:1, 3, ary jereo ny hery mitaona nananan'i Jakôba tamin'i Enôsa. Na dia zanaka sy zafikelin'ny mpaminany aza i Enôsa dia mbola nila nahatsapa ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ho an'ny tenany izy.

Eritrereto ny fotoana iray izay nahatsapanao ho noana mafy. Ataovy anaty faribolana ny sasany amin'ireo teny eto ambany izay mamaritra ny zavatra tsapanao rehefa noana ianao:


| | |
|---|---|
| foana | fanaintainana |
| osa | mitebiteby |
| tsy afa-po | hetaheta iray |
| matin'ny hanoanana | |

Asongadino ilay andian-teny hoe "mosarena ny fanahiko" ao amin'ny Enôsa 1:4. Inona araka ny eritreritrao no tian'izany andian-teny izany holazaina? __________

______________________________

Mety milaza fahatsapana toy ny hoe fahabangana ara-panahy na fanaintainana na faniriana mba hovokisana ara-panahy ny andian-teny hoe "mosarena ny fanahiko". Nanoratra momba ny fotoana iray izay nahatsapany hanoanana ara-panahy i Enôsa. Nanoratra izy fa "tafalatsaka lalina tao am-po[ny]" ny tenin-drainy (Enôsa 1:3). Rehefa nandinika ireo teny ireo izy dia nahatsapa faniriana izay nitarika azy hanao asa am-pinoana. Nitondra fiovana teo amin'ny fiainany sy fitahiana avy amin'ny Tompo ireo asa mahatoky nataony.

**1.** Manomboha andiana fampiharana maromaro mba hanampiana anao hahatakatra ny zavatra niainan'i Enôsa ary ampifandraiso amin'ny fiainanao izany amin'ny alalan'ny fizarazarana ny pejy iray ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ho fizarana enina ary ny fanomezana lohateny ny fizarana tsirairay araka izao manaraka izao:



| | |
|---|---|
| Ny zavatra nirian'i Enôsa: | Ny zavatra iriako: |
| Ny zavatra nataon'i Enôsa: | Ny zavatra tokony hataoko: |
| Ny zavatra niainan'i Enôsa: | Ny zavatra niainako: |

**2.** Vakio ny Enôsa 1:2–3, ary tadiavo ireo andian-teny ao amin'ny andininy tsirairay izay manambara ny zavatra nirian'i Enôsa mba hananana teo amin'ny fiainany. Soraty ao anatin'ny fizarana mitondra ny lohateny hoe "Ny zavatra nirian'i Enôsa" ao amin'ny tabilao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo andian-teny ireo.

Ny fanirian'i Enôsa mba hamelana ny fahotany dia manampy antsika hahatakatra ny tiany holazaina ao amin'ny Enôsa 1:4 rehefa nanoratra izy hoe "Mosarena ny fanahiko." Ho fanampin'ny faniriany mafy hahazo famelan-keloka dia naniry "fiainana mandrakizay, sy ny fifalian'ny olomasina" (Enôsa 1:3) ihany koa izy. Te hahatsapa ny fifaliana izay azo avy amin'ny fahamendrehana ny hiaraka amin'ny Tompo sy ireo olo-marina hafa izy.

**3.** Saintsaino raha toa ianao ka manana ny sasany amin'ireo fahatsapana hanoanana ara-panahy izay nofaritan'i Enôsa. Soraty ao amin'ilay tabilao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, ao amin'ilay fizarana voasoratra hoe "Ny zavatra iriako" ny sasany amin'ireo faniriana ara-panahy izay irianao eo amin'ny fiainanao.

Nitarika an'i Enôsa hampiasa finoana sy hanao asa ny faniriany. Tadiavo ao amin'ny Enôsa 1:2 ary asio marika ny teny nampiasan'i Enôsa hamaritana ny ezaka nataony. Jereo fa tsy nitolona *tamin'* Andriamanitra i Enôsa, fa nilotona tamim-bavaka *teo anoloan'* Andriamanitra. Ny tolona toy izany dia ahitana tolona ara-tsaina sy ara-panahy mba hanehoana amin'ny Ray any An-danitra ny maha tena avy amin'ny fo ny faniriantsika sy ny fahavononantsika hibebaka ary hitondra ireo fanovana ilaina eo amin'ny fiainantsika. Noraketin'i Enôsa ao amin'ny Enôsa 1:4 ny sasany amin'ireo antsipiriany mamaritra ny tolona nataony.

**4.** Vakio ny Enôsa 1:4, ary asio marika ireo zavatra nataon'i Enôsa mba hampisehoana fa tamin-kitsimpo no nikatsahany ny famelana ny fahotany. Tanisao eo ambanin'ny hoe "Ny zavatra nataon'i Enôsa" ao amin'ny tabilao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay hitanao.

Ny teny hoe *fitalahoana* ao amin'ny Enôsa 1:4 dia midika hoe mangataka am-panetrentena sy miaraka amin'ny faniriana lehibe. Mety tsy ho lava be tahaka ny an'i Enôsa ny vavaka ataontsika fa mila atao amin-kitsimpo izy ireny.

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, eo ambanin'ny hoe "Ny zavatra tokony hataoko" ireo eritreritrao mikasika ny fomba ahafahanao mampiseho amin'ny Tompo ny fahitsim-ponao rehefa mivavaka sy mikatsaka ny fitahiany ara-panahy ianao.

**6.** Nitarika tamin'ny fitahiana lehibe teo amin'ny fiainany ny ezaka mahatoky sy avy amin'ny fo nataon'i Enôsa. Vakio ny Enôsa 1:5–8, ary asio marika ny zavatra niainan'i Enôsa. Tanisao ao amin'ny fizarana hoe "Ny zavatra niainan'i Enôsa" ao amin'ny tabilao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izany. Rehefa mamaky ny andininy 5 sy 6 ianao dia jereo ny fomba nahafantaran'i Enôsa fa ny helony dia voavela. Ilay feo voalaza ao amin'ny andininy 5 dia feo tonga tao an-tsain'i Enôsa (jereo ny Enôsa 1:10).

Ny Enôsa 1:7–8 dia mampianatra fa **rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy isika dia azo avela ny fahotantsika ary azo sitranina isika.** Ny faniriantsika hivoatra, ireo vavaka ataontsika amin-kitsimpo ary ireo ezaka ataontsika mba hibebaka dia fomba azontsika hanehoana ny finoana an'i Jesoa Kristy.

Nanazava ny fomba hamafana ny fahotantsika ny Filoha Dieter F. Uchtdorf rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy sy mibebaka amin'ny fahotantsika isika:



"Rehefa nibebaka marina tokoa isika dia hoesorin'i Kristy ny vesatry ny fahamelohana noho ny fahotantsika. Afaka hahafantatra ho an'ny tenantsika manokana isika fa voavela ary nodiovina. Hanamarina izany amintsika ny Fanahy Masina; Izy ilay

Mpanamasina. Tsy misy fijoroana ho vavolombelona lehibe noho izany mikasika ny famelan-keloka. . . .

“Nanambara ny [Tompo] hoe: ‘Indro, izay efa nibebaka tamin’ny fahotany, dia izy no voavela ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony’ (F&F 58:42).


“Hiezaka i Satana mba hanao izay inoantsika fa tsy voavela ny fahotantsika satria afaka mahatsiaro azy ireny *isika*. Mpandainga i Satana; miezaka ny mampanjavozavo ny saintsika izy ary mitarika antsika hanalavitra ny lalan’ny fibebahana sy famelan-keloka. Tsy nampanantena Andriamanitra fa tsy hahatsiaro ny fahotantsika *isika*. Ny fahatsiarovana dia hanampy antsika hisoroka ny fanaovana indray izany fahadisoana izany. Kanefa raha mijanona ho marina sy mahatoky isika dia halefahana ny fahatsiarovantsika ny fahotantsika rehefa mandeha ny fotoana. Izany dia ho ampahany amin’ilay dingan’ny fanasitranana sy fanamasinana izay ilaina” *Ensign* na *Liahona,* mey 2007, 101).

Mba hanampiana anao hampihatra ny tenin’ny Filoha Uchtdorf dia jereo ireto fanontaniana manaraka ireto: Oviana ianao no nahatsapa fa navelan’ny Tompo ny fahotanao? Ahoana no nahafantaranao fa voavela ianao? Nahatsapa ny famelan’ny Tompo ve ianao tato ho ato?

**7.** Rehefa avy misaintsaina ireo fanontaniana etsy ambony ianao dia raketo ao amin’ny fizarana hoe “Ny zavatra niainako” ao amin’ny tabilao ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina ny traikefanao miaraka amin’ireo fahatsapana famelan-keloka. Na azonao atao ny manoratra momba izay traikefa irianao hiainana rehefa mampihatra finoana an’i Jesoa Kristy ianao.

## Enôsa 1:9–27

*Nivavaka ho an’ny Nefita sy ny Lamanitra i Enôsa ary niasa niaraka tamin’ny hafa ho an’ny famonjena azy ireo*




Mampiseho ny vavak’i Enôsa ity fanehoana an-tsary manaraka ity. Nivavaka ho an’ny tenany izy aloha ary avy eo dia nanitatra ny vavaka nataony mba hampidirana ny hafa. Vakio ny Enôsa 1:9–10, ary asio marika ao amin’ny soratra masinao hoe iza no faharoa izay nentin’i Enôsa am-bavaka. Vakio ny Enôsa 1:11–14, ary asio marika hoe iza no fahatelo izay nentin’i Enôsa am-bavaka.

**8.** Valio ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Araka ny famaritan’i Enôsa ny fikasan’ny Lamanita ao amin’ny Enôsa 1:14 dia inona no manaitra anao amin’ny vavaka nataony ho azy ireo?

Mianatra isika avy amin’ny ohatr’i Enôsa fa **rehefa miaina ireo fitahian’ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy isika dia hikatsaka ny hanampy ny hafa mba hahazo famonjena.** Mba hanampiana anao hahatsiaro ity fahamarinana ity dia azonao atao ny manoratra manontolo na ny ampahany amin’ity teny nataon’ny Filoha Howard W. Hunter ity eo amin’ny sisin’ny pejy ao amin’ny soratra masinao:



“Isaky ny miaina ireo fitahian’ny Sorompanavotana eo amin’ny fiainantsika isika dia tsy afa-manoatra fa dia mieritreritra ny amin’izay mahasoa ny rahalahintsika. . . .

“Famantarana lehibe iray ny amin’ny fiovampo manokan’ny olona iray ny faniriana hizara ny filazantsara amin’ny hafa” (*Enseignements de Howard W. Hunter,* ed. Clyde J. Williams [1997], 248–49).

Vakio ny Enôsa 1:19–20, 26 ary asio marika ireo teny na andian-teny izay mampiseho ny maha avy amin’ny fo ny fanirian’i Enôsa ho an’ny Nefita sy ny Lamanita taorian’ny nivavahany ho azy ireo.

Vakio ny Enôsa 1:27, ary tadiavo ny porofon’ny hafaliana tsapan’i Enôsa tamin’ny ezaka nataony sy ny antoka azony ny amin’ny fiainana mandrakizay.

**9.** Mba hanampiana anao hampihatra ny zavatra niainaranao tao anatin’ity lesona ity dia safidio ombam-bavaka ny fomba iray na maromaro ahafahanao manaraka ny ohatr’i Enôsa. Misafidiana iray amin’ireto teny voalaza eto ambany ireto ary fenoy ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina izany:

**a.** Izaho dia maniry tahaka an’i Enôsa ny handray ny famelana ny fahotako. Hampiseho amin’ny Tompo aho fa mahitsy fo amin’izany faniriana izany amin’ny alalan’ny . . .

**b.** Izaho dia maniry tahaka an’i Enôsa ny hanampy ireo olona ao amin’ny fianakaviako sy ireo namako mba hanatona an’i Kristy. I (anaran’ny olona) no olona iray katsahiko mba ho ampiana. Hikatsaka ny hanampy ity olona ity aho amin’ny alalan’ny . . .

**d.** Nivavaka ho an’ny Lamanita i Enôsa, izay azo lazaina ho fahavalony. Toa an’i Enôsa dia te hampiseho ny fitiavan’ny Tompo amin’ireo izay ratsy fanahy amiko aho. Fomba iray hanaovako izany ny . . .

Katsaho ny hanatontosa ny zavatra nosoratanao ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina. Rehefa mampihatra finoana amin’ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy ianao ka mibebaka dia afaka mahatsapa famelan-keloka sy fifaliana ary faniriana tsy mitsahamitombo mba hanampy ny hafa.

**10.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin’ny asa nampanaovina androany ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Enôsa 1 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin’ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FAMPAHAFANTARANA NY

# Jarôma

## Inona no antony handalinana ity boky ity?

Rehefa mandalina ny bokin'i Jarôma ianao dia ho hitanao fa mitana ny fampanantenany hitahy ireo izay mankato ny didiny Andriamanitra. Ianao ihany koa dia hianatra mikasika ireo ezaka nataon'ireo mpanjaka, mpaminany, mpampianatra ary mpisorona Nefita tamin'ny andron'i Jarôma mba hanampiana ny vahoaka hibebaka sy hisoroka ny faharavana.

## Iza no nanoratra ity boky ity?

I Jarôma zanakalahin'i Enôsa no nanoratra ity boky ity. Tahaka ny rainy—sy tahaka an'i Jakôba raibeny ary i Lehia rain'ny raibeny—dia nanana ny fanahin'ny faminaniana sy fanambarana i Jarôma (jereo ny Jarôma 1:2). Rehefa vitany ny rakitsorany dia nomeny an'i Omnia zanany lahy ireo takelaka kelin'i Nefia.

## Oviana ary taiza no nanoratana izany?

Ny bokin'i Jarôma dia mirakitra fotoana tokotokony ho eo amin'ny 59 taona, nanomboka teo amin'ny 420 talohan'i Kristy ka hatramin'ny 361 talohan'i Kristy (jereo ny Enôsa 1:25; Jarôma1:13). Nosoratana tany amin'ny tanin'i Nefia izany.

FAMPAHAFANTARANA NY

# Ômnia

## Inona no antony handalinana ity boky ity?

Ianao dia hianatra mandritra ny fandalinanao ny bokin'i Ômnia fa niaro ireo Nefita marina ny Tompo ary nitarika azy ireo nankany amin'ny tanin'i Zarahemlà (jereo ny Ômnia 1:7, 12–13). Ny bokin'i Ômnia dia milaza ihany koa ny amin'ireo andian'olona hafa—ny Miolekita (na vahoakan'i Zarahemlà) sy ny Jaredita, izay notarihan'ny Tompo nankany amin'ny tany nampanantenaina.

## Iza no nanoratra ity boky ity?

Nosoratan'ny lehilahy dimy samy hafa ny bokin'i Ômnia: i Ômnia, i Amarôna, i Kemisa, i Abinadôma ary i Amalekià. I Ômnia dia zanakalahin'i Jarôma ary zafindohalik'i Lehia sy i Sarià. Namariparitra ny tenany ho "olon-dratsy" izay "tsy nahatandrina ny . . . didin'ny Tompo" i Ômnia (Ômnia 1:2). Nanampy ampahan-tsoratra fohy avy i Amarôna (zanakalahin'i Ômnia) sy i Kemisa (rahalahin'i Amarôna) ary i Abinadôma (zanakalahin'i Kemisa). I Amalekià zanakalahin'i Abinadôma no nanoratra ny ankamaroan'ny bokin'i Ômnia ary izy no olona farany nanoratra tao amin'ny takelaka kelin'i Nefia. Natolony mba hotanan'i Benjamina Mpanjaka ireo takelaka.

## Oviana ary taiza no nanoratana izany?

Ireo mpanoratra samihafan'ny bokin'i Ômnia dia nanoratra teo anelanelan'ny 361 talohan'i Kristy sy 130 talohan'i Kristy. Nanoratra tany amin'ny tanin'i Nefia ireo mpanoratra efatra voalohany. Nanao ny rakitsorany tany amin'ny tanin'i Zarahemlà i Amalekià.

FIZARANA 10: ANDRO 4

# Jarôma sy Ômnia

## Fampidirana

Mirakitra ny asa soratra farany avy amin'ireo takelaka kelin'i Nefia ny bokin'i Jarôma sy ny bokin'i Ômnia. Nandray ireo takelaka avy tamin'i Enôsa rainy i Jarôma ary nirakitra ireo ady natrehan'ny Nefita sy ny fitahiana azon'izy ireo nandritra ny 60 taona teo ho eo. Nomeny an'i Ômnia zanany lahy izany avy eo. Ny bokin'i Ômnia dia mirakitra ny asa soratry ny mpihazona rakitsoratra Nefita dimy samy hafa ary mirakitra fotoana tokotokony ho 230 taona eo ho eo.

### Jarôma 1:1–15, Ômnia 1:5–7

*Nilazalaza ny fomba niroboroboan'ny Nefita i Jarôma rehefa nitandrina ny didin'ny Tompo izy ireo*

Mba hiomanana handalina fitsipika iray manan-danja nampianarina ao amin'ny Jarôma sy Ômnia dia vakio ity traikefa manaraka ity, izay nozarain'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany:

"Tsaroako teo am-piomanako handray fanofanana ho tonga mpanamory fiaramanidina an'ady. Nandany fotoana maro nanaovana fanazaran-tena ara-batana izahay nandritra ny fanombohan'ny fiofanana ara-miaramila. Hatramin'izao dia mbola tsy azoko antoka tsara ny antony mahatonga ny fihazakazahana heverina ho ampahany manan-danja toy izany teo amin'ny fiomananay ho tonga mpanamory. Na izany na tsy izany dia nihazakazaka izahay, ary nihazakazaka, ary nihazakazaka bebe kokoa hatrany.

"Teo am-pihazakazahana dia nisy zavatra tsikaritro izay, raha ny marina, dia nanahirana ahy. Natetika aho no voasongon'ny lehilahy mpifoka sy mpisotro ary mpanao ireo zavatra rehetra mifanohitra amin'ny fila-zantsara, indrindra indrindra, ny Tenin'ny Fahendrena.

"Tsaroako aho nieritreritra hoe: 'Andraso kely aloha! Fa angaha moa izaho tsy tokony hoe hihazakazaka dia tsy ho reraka?' Kanefa *reraka* aho, ary dia voasongon'ny olona izay tsy manaraka mihitsy ny Tenin'ny Fahendrena. Miaiky aho fa nisy fotoana tena nanahirana ny saiko izany. Nanontany tena aho hoe: Tena marina ve ilay fampanantenana sa tsia?" ("Mitozoa ao amin'ny Faharetana," *Ensign* na *Liahona,* mey 2010, 58).

Efa nanontany tena ve ianao raha toa ka hanatontosa ny fampanantenany hitahy anao amin'ny fitandremana ny didiny ny Tompo na koa mikasika ny fomba hanaovany izany?

Ny mpaminany Jarôma, izay zanakalahin'i Enôsa dia nanazava ny fomba nanamarinana na nanaporofoina ho marina ny fampanantenana miavaka nataon'ny Tompo tamin'ireo rainy. Vakio ny Jarôma 1:9, ary asio marika ilay fampanantenana izay nohamarinin'ny Tompo tamin'ny vahoaka.

**1.** Nasehon' i Jarôma fa **rehefa mankato ny didin'Andriamanitra isika dia hiroborobo.** Mba hahitana ohatra mikasika ity fahamarinana ity dia halalino ny tsirairay amin'ireto andinin-tsoratra masina eto ambany ireto, ary valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo fanontaniana miaraka amin'izany:

**a.** Jarôma 1:4–5, 8. Inona avy ny sasany amin'ireo ohatra amin'ny fomba naha-mpankato ny Nefita sy ny fomba nitahiana azy ireo?

**b.** Jarôma 1:7, 10–12. Inona no anjara asan'ny mpaminany sy ireo mpitarika hafa tamin'ny fanampiana ny Nefita hankato sy hiroborobo?

**d.** Ômnia 1:5–7. Ahoana no nanamarinana tamin'ny fomba hafa taty aoriana ny fampanantenan'Andriamanitra?



Vakio ny zavatra nampianarin'ny Filoha Uchtdorf sy nijoroany ho vavolombelona momba ny zavatra niainany tamin'ny fanontaniana tena raha toa ka hanamarina ny fampanantenana nomeny tao amin'ny Tenin'ny Fahendrena ny Tompo: "Tsy voaraiko teo no eo ny valin'izany. Kanefa nianatra aho fa ny fampanantenan'Andriamanitra dia tsy tonga dia tanteraka avy hatrany na tanteraka amin'ny fomba hanantenantsika azy. Tonga araka ny fombany sy ny fotoany izany. Taona maro taty aoriana dia hitako mazava ny porofo amin'ireo fitahiana ara-nofo izay azon'ireo izay mankato ny Tenin'ny Fahendrena—ho fanampin'ny fitahiana ara-panahy izay tonga eo no eo amin'ny fankatoavana ny lalàn'Andriamanitra. Rehefa manao jery todika izany aho dia tena fantatro fa *ny fampanantenan'ny Tompo, raha tsy tonga haingana, dia azo antoka foana kosa fa tsy maintsy ho tonga ihany"* ("Mitozoa ao amin'ny Faharetana," 58, nampiana fanamafisana).

**2.** Lazalazao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra niainana iray izay nitahian'ny Tompo na nampiroboroboany anao tamin'ny fitandremanao ny didiny. Inona no azonao hijoroana ho vavolombelona avy amin'ny zavatra niainanao mikasika ny Tompo sy ireo fampanantenany?

### Ômnia 1:1–30

*Namerina nitantara ny tantaran'ny Nefita ireo mpihazona rakitsoratra*

Nanoratra ny bokin'i Ômnia, izay mirakitra fotoana tokotokony ho 230 taona eo ho eo ireo taranak'i Jarôma.

Asio marika ny anaran'ireo lehilahy samy hafa izay nihazona ireo takelaka kely taorian'i Jarôma. Afaka ny hahita izany ianao ao amin'ny Ômnia 1:1, 4, 9, 10, 12, sy 25.

Miresaka zava-nitranga manan-danja maro ao amin'ny tantaran'ny Bokin'i Môrmôna ny bokin'i Ômnia. Mety ho tadidinao fa tamin'ny andron'i Nefia dia nandao ny Lamanita ny Nefita ary nanorim-ponenana tany amin'ny toerana iray izay nantsoin'izy ireo hoe tanin'i Nefia. Ity fifindra-monina ity dia aseho eo amin'ilay sarintany amin'ny alalan'ilay tsipika manondro avy eo amin'ny tany lova voalohany mankany amin'ny tanin'i Nefia.

Vakio ny Ômnia 1:12–13, ary fantaro ny fomba nahatongavan'ny Nefita hiaina ao amin'ny tanin'i Zarahemlà. Azonao atao ny manipika ny andian-teny rehetra ao anatin'ireo andininy ireo izay milaza fa nandeha tamin'ny alalan'ny fitarihana sy herin'Andriamanitra ny Nefita. Ilay tsipika manondro avy eo amin'ny tanin'i Nefia mankany amin'ny tanin'i Zarahemlà eo amin'ilay sarintany dia maneho ity fifindra-monina ity.

Vakio ny Ômnia 1:14–19, ary mitadiava fitoviana sy fahasamihafana eo amin'ny Nefita sy ilay vahoaka hitan'izy ireo tany amin'ny tanin'i Zarahemlà.


**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no fiantraikan'ny tsy fananana soratra masina teo amin'ny vahoakan'i Zarahemlà?

**b.** Ahoana no mety hanampian'ny fahafantarana izany anao hahatsapa ho feno fankasitrahana bebe kokoa noho ny soratra masina sy ho mazoto kokoa amin'ny fandalinana azy ireny?

Ny bokin'i Ômnia ihany koa dia mampahafantatra andian'olona roa hafa izay hohalalininao ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna aoriana ao. Mba hamantarana ny iray amin'ireo andian'olona ireo dia vakio ny Ômnia 1:20–22, ary soraty ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ireo andininy ireo ny hoe *Jaredita*. I Kôriantomira dia iray tamin'ireo olona roa hany sisa velona tamin'ny firenena Jaredita; ny mpaminany Etera no ilay iray hafa. Hianatra momba ny Jaredita ianao amin'ny fandalinanao ny bokin'i Etera.

Mba hianarana mikasika ilay andian'olona farany voalaza ao amin'ny Ômnia dia jereo ilay tsipika manondro eo amin'ny sarintany izay miainga avy eo amin'ny tanin'i Zarahemlà mankeo akaikin'ny tanin'i Nefia ary avy eo dia miverina any Zarahemlà, sy ilay tsipika manondro avy eo amin'ny tanin'i Zarahemlà ka hatrany amin'ny tanin'i Nefia. Ireo tsipika manondro ireo dia mampiseho ny fifindra-monin'ny vahoakan'i Zenifa izay voalaza ao amin'ny Ômnia 1:27–30. (Azonao atao ny manoratra hoe "vahoakan'i Zenifa" eo akaikin'ireo andininy ireo.) Hianatra momba ireo andian'olona ireo ianao rehefa mandalina ny bokin'i Môsià.




Ny Bokin'i Môrmôna dia tsy milaza ny tenany ho rakitsoratra momba ny vahoaka rehetra izay nipetraka tany Amerika. Ankoatra ny Jaredita sy ny vahoakan'i Zarahemlà ary ireo taranak'i Lehia dia nisy olona hafa ihany koa tonga tao amin'ny kaontinanta Amerikana. Nanambara ny Filoha Anthony W. Ivins tao amin'ny Fiadidiana Voalohany nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny aprily 1929 hoe: "Ny Bokin'i Môrmôna . . . dia tsy miteny amintsika hoe tsy nisy olona teo taloha [talohan'ireo vahoakan'ny Bokin'i Môrmôna]. Tsy milaza amintsika izany fa tsy nisy olona tonga taorian'izany" (tao amin'ny Conference Report, apr. 1929, 15).

Jereo ao amin'ny Ômnia 1:23–24 fa nosoratan'i Amalekià ny ampahany farany amin'ity boky ity. Niaina nandritra ny fotoan'ny Mpanjaka Benjamina izy, taorian'ny fifindra-monin'ny Nefita nankany amin'ny tanin'i Zarahemlà. Vakio ny Ômnia 1:25–26, ary asio marika ny fanasana iray izay nataon'i Amalekià intelo.

### *Mitadiava Teny sy Andian-teny ary Hevitra Miverimberina ao amin'ny Soratra Masina*

Matetika ireo izay nanoratra ny soratra masina no nanamafy fahamarinana manandanja tamin'ny alalan'ny famerimberenana. Rehefa mahita teny sy andian-teny ary hevitra miverimberina ianao dia katsaho ny hahatakatra ny antony hanantitranterana azy ireny ary inona no tian'ny Tompo mba hianaranao avy amin'izy ireny.

Jereo fa ny tsirairay amin'ireo fanasana telo mba hanatona an'i Kristy ireo, izay hita ao amin'ny Ômnia 1:25–26 dia arahan'ny teny hoe *sy,* ary koa arahan'ny torolalana manokana izay manampy antsika hahafantatra ny fomba hanatonana an'i Kristy. Vakio indray ny Ômnia 1:25–26 ary asio marika ny zavatra nasain'i Amalekià mba ho ataontsika hanatonana an'i Kristy.

Tokony nahita izao torohevitra manaraka mikasika ny fomba hanatonana an'i Kristy izao ianao:

- Mino
- Mandray ny Famonjeny (mandray ireo fitahian'ny Sorompanavotany)
- Manolotra ny fanahinao manontolo ho Azy (manome ny fonao sy ny fanirinao ary ireo ezaka tsara indrindra vitanao—tsy mihazona na inona na inona)



- Mifady hanina sy mivavaka
- Maharitra hatramin'ny Farany

Nanome fampanantenana iray ho an'ireo izay manaraka ity torohevitra ity i Amalekià any amin'ny faran'ny Ômnia 1:26. Tadiavo ilay fampanantenana ary fenoy izao fitsipika manaraka izao: **Raha toa ka manatona an'i Kristy sy maharitra hatramin'ny farany isika dia** ____________________________________________
____________________________________________.

**4.** Misafidiana iray amin'ireo andian-teny ao amin'ilay torohevitra mikasika ny fomba anatonana an'i Kristy izay voatanisa etsy ambony, ary soraty na fintino ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny lahateny iray maharitra iray na roa minitra eo, izay manazava ny fomba ahafahantsika manatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny fampiharana izany fitsipika izany.

Ohatra, afaka manoratra ny lahateninao mikasika ny fomba ahafahan'ny fifadian-kanina sy ny vavaka manampy antsika hanatona an'i Kristy ianao. Mety ho tafiditra ao anatin'ny lahateninao ny (1) famakiana ny Ômnia 1:25–26 sy fanazavana ilay andian-teny nosafidianao amin'ny teninao manokana; (2) soratra masina fanampiny izay manazava na mampisy lanja bebe kokoa ilay andian-teny; (3) traikefa iray avy amin'ny fiainanao na avy amin'ny fiainan'ny olona iray fantatrao izay mampiseho ohatra mahakasika ilay andian-teny, ary (4) ny eritreritrao sy ny fahatsapana ananana ary ny fijoroanao ho vavolombelona.

Mety hangataka anao mba hizara ny lahateninao ihany koa ny mpampianatra anao amin'ny fotoana hihaonanareo manaraka. Azonao atao koa ny mizara ny lahateninao mandritra ny takarivan'ny mpianakavy iray na fotoana hafa.

**5.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Jarôma–Ômnia aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny*(daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FAMPAHAFANTARANA NY

# Tenin'i Môrmôna

## Inona no antony handalinana ity boky ity?

Amin'ny alalan'ny fandalinana ny Tenin'i Môrmôna, ianao dia afaka mampitombo ny finoanao fa "ny Tompo mahalala ny zavatra rehetra" (Tenin'i Môrmôna 1:7) ary mitarika ny mpanompony izy hanatontosana ireo tanjony. Noho ilay boky mitantara zavatra dia toy ny rohy mampifandray ny takelaka kelin'i Nefia (1 Nefia–Ômnia) sy ny famintinan'i Môrmôna ireo takelaka lehiben'i Nefia (Môsià–4 Nefia) izany. Ny Tenin'i Môrmôna dia afaka manampy anao hahatakatra bebe kokoa hoe iza no rakitsoratra nofintin'i Môrmôna rehefa nandrafitra ny Bokin'i Môrmôna izy. Mampahafantatra anao ny finoana sy ireo zava-bitan'ny Mpanjaka Benjamina ihany koa izany.

## Iza no nanoratra ity boky ity?

I Môrmôna no nanoratra ity boky ity. Mpaminany sy mpitana rakitsoratra ary mpamintina sy mpandrafitra ny ampahany betsaka indrindra amin'ny Bokin'i Môrmôna izy. Nampitondraina ny anarany ny Bokin'i Môrmôna. Miaramila manam-boninahitra Nefita ihany koa izy ary raim-pianakaviana marina. Zanany lahy ny mpaminany Môrônia.

## Oviana ary taiza no nanoratana izany?

Tokotokony ho tamin'ny 385 taorian'i J.K.no nanoratan'i Môrmôna ity boky ity rehefa avy "nanatri-maso ny fandringanana saika manontolo ny Nefita olo[ny]"( Tenin'i Môrmôna 1:1) izy. Tsy nosoratan'i Môrmôna ny toerana nisy azy rehefa nanoratra ity boky ity izy.

FAMPAHAFANTARANA NY

# Môsià

## Inona no antony handalinana ity boky ity?

Rehefa mandalina ny bokin'i Môsià ianao dia hamaky fijoroana ho vavolombelona mahery vaika ny amin'ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy. Hianatra momba ny vahoaka izay nafahan'ny Tompo tamin'ny fangejan'ny fahotana na faneriterena ara-batana koa ianao. Ankoatra izany dia hianatra ny fomba nitondran'ny ezaka feno fahamarinana nataon'ireo olona tsirairay tahaka ny Mpanjaka Benjamina sy i Abinadia ary i Almà fitahiana goavana ho an'ny hafa ianao. Mifanohitra amin'izany dia ho hitanao ny fomba nitondran'ny safidy ratsin'ireo olona toa an'i Zenifa sy ny Mpanjaka Nôà zanany lahy vokatra ratsy teo amin'ny tenan'izy ireo sy ny vahoakany.

## Iza no nanoratra ity boky ity?

Nandrafitra sy namintina ireo rakitsoratry ny mpanoratra maro i Môrmôna mba hamoronana ny bokin'i Môsià. Nampitondraina ny anaran'i Môsià izay zanakalahin'ny Mpanjaka Benjamina ilay boky. Mpaminany, mpahita, mpanambara ary mpanjaka izay nanjaka tao Zarahemlà i Môsià nanomboka teo ho eo amin'ny 124 ka hatramin'ny 91 talohan'i J... Nampitondraina ny anaran'i Môsià raibeny izay mpanjakan'i Zarahemlà ihany koa izy (jereo ny Ômnia 1:12–13, 19).

Naka zavatra avy amin'ny rakitsoratra maro i Môrmôna mba hamoronana ny bokin'i Môsià. Namintina sy namerina teny avy tamin'ny rakitsoratra notanan'i Môsià tao amin'ny takelaka lehiben'i Nefia izy, izay ahitana ny antsipirian'ny tantaran'ny Nefita tany amin'ny tanin'i Zarahemlà (jereo ny Môsià 1–7; 25–29). Naka zavatra avy tamin'ny rakitsoratr'i Zenifa ihany koa izy, izay mitantara ny tantaran'ny vahoakan'i Zenifa hatramin'ny fotoana nandaozan'izy ireo an'i Zarahemlà ka hatramin'ny fotoana niverenan'izy ireo (jereo ny Môsià 7–22). Ho fanampin'izany dia namerina teny sy namintina ampahany maromaro tamin'ny asa soratr'i Almà izay nitahiry ny tenin'i Abinadia izy (jereo ny Môsià 17:4) ary nitana rakitsoratra momba ny olony (jereo ny Môsià 18; 23–24).

**Oviana ary taiza no nanoratana izany?**

Ireo rakitsoratra voalohany nampiasaina ho toy ny loharanon'ny bokin'i Môsià dia nosoratana tokotokony ho teo anelanelan'ny 200 talohan'i J.K. sy 91 talohan'i J.K. Namintina ireo rakitsoratra ireo teo anelanelan'ny 345 sy 385 taorian'i J.K. i Môrmôna. Tsy nosoratan'i Môrmôna ny toerana nisy azy tamin'ny nandrafetany ity boky ity.

## FIZARANA 11: ANDRO 1

# Tenin'i Môrmôna –Môsià 2


## Fampidirana

Ny Tenin'i Môrmôna dia toy ny rohy mampifandray ny takelaka kelin'i Nefia amin'ny famintinan'i Môrmôna ireo takelaka lehiben'i Nefia. Ity boky ity, izay nosoratana efa ho 400 taona taorian'ny nahaterahan'i Jesoa Kristy, dia mirakitra fanazavana fohy mikasika ireo takelaka kelin'i Nefia sy ny antony nahatsapan'i Môrmôna fa nilaina ny hampidirana azy ireo miaraka amin'ireo asa soratra masina hafa. Mitondra hevi-baovao sarobidy mikasika ny antony nananan'ny Mpanjaka Benjamina hery mitaona lehibe teo amin'ny vahoakany ihany koa ny Tenin'i Môrmôna.



Amin'ny ankapobeny dia natokana ho an'ireo zavatra ara-panahy sy ny asa fanompoana ary ny fampianaran'ireo mpaminany ireo takelaka kelin'i Nefia. Ny ankamaroan'ny zavatra voarakitra ao amin'ireo takelaka lehiben'i Nefia dia ny tantaram-piainan'ny vahoaka izay nosoratan'ireo mpanjaka nanomboka tamin'i Nefia (Jereo ny 1 Nefia 9:2 4.) Nanomboka tamin'ny andron'i Môsià anefa dia noraketina tao amin'ireo takelaka lehibe ihany koa ireo zava-manan-danja lehibe ara-panahy.

Ireo takelak'i Môrmôna, na ireo takelaka volamena nomena an'i Joseph Smith dia mirakitra ny famintinana nataon'i Môrmôna avy tamin'ireo takelaka lehiben'i Nefia, miaraka amin'ny fanamarihana maro. Mirakitra ny fitohizan'ny tantara nosoratan'i Môrmôna sy ireo fanampiny nosoratan'i Môrônia zanany lahy ihany koa ireo takelaka volamena.




Ny Môsià 1 dia rakitsoratra momba ny fampianaran'ny Mpanjaka Benjamina an'ireo zanany lahy. Nampianariny azy ireo fa manampy antsika hahatsiaro an'Andriamanitra sy hitandrina ny didiny ny soratra masina. Raha efa akaiky ny hahafatesan'ny Mpanjaka Benjamina dia naniry ny hiresaka tamin'ny vahoakany momba ny asa fanompoana tamin'ny naha mpanjaka azy izy ary ny hamporisika azy ireo hankato an'Andriamanitra. Voarakitra ao amin'ny Môsià 2–5 ny lahatenin'ny Mpanjaka Benjamina ary mamariparitra ny fijaliana sy ny Sorompanavotan'i Kristy, ny anjara asan'ny fahamarinana sy ny famindram-po, ary ny ilàna ny hitondrana ny anaran'i Kristy eo amin'ny tenantsika amin'ny alalan'ny fanekempihavanana izany. Tany am-piandohan'ny lahateniny izay voarakitra ao amin'ny Môsià 2, ny Mpanjaka Benjamina dia nanantitrantitra ny tokony hanompoana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanompoana ny hafa sy ny toetry ny fahasambarana izay ananan'ireo izay mitandrina ny didy.

## Tenin'i Môrmôna 1:1–11

*Nampianatra i Môrmôna fa nitahiry rakitsoratra samihafa noho ny fikasana hendry Andriamanitra*

Mieritrereta fotoana iray izay nahatsapanao ny bitsiky ny Fanahy mba hanao zavatra iray. Fantatrao ve ny ho fandehan'ny zavatra rehetra raha toa ianao ka nanaraka io bitsika io? Inona no nanome anao ny fahavononana sy fahatokiana hanaraka ilay bitsika?


Nodidian'Andriamanitra ny mpaminany Môrmôna mba hamintina ireo rakitsoratry ny vahoakany izay notehirizina tao amin'ireo takelak'i Nefia. Teo ho eo amin'ny 385 taorian'i J.K., raha handeha hanome ireo rakitsorany voatambatra ho an'i Môrônia zanany lahy izy dia nanaraka bitsika iray na dia tsy fantany aza izay ho vokatr'izany.

Nahita zavatra iray i Môrmôna raha nisava tao amin'ireo rakitsoratra. Vakio ny Tenin'i Môrmôna 1:3 mba hahitana ny zavatra hitany. (Ny "ireto takelaka ireto" dia entina ilazana ireo takelaka kelin'i Nefia, izay mirakitra ny 1 Nefia hatramin'ny Ômnia.) Vakio ny Tenin'i Môrmôna 1:4–6, ary asio marika ao amin'ny soratra masinao ny zavatra nahafinaritra an'i Môrmôna rehefa nahita ny zavatra tao amin'ireo takelaka kely ireo izy.

Vakio ny Tenin'i Môrmôna 1:7, ary fantaro ny antony nampiarahan'i Môrmôna ireo takelaka kely ireo tamin'ny famintinany ny takelak'i Nefia. Azonao atao ny manisy marika ity fitsipika ity ao anatin'ny soratra masinao raha irianao izany: **"Mahalala ny zavatra rehetra ny Tompo."** Amin'ny alalan'ny fahatakarana sy finoana ity fahamarinana ity dia afaka mampitombo finoana mba hankato ireo bitsika avy amin'ny Fanahy Masina izay azonao ianao.

Nandidy an'i Nefia hanamboatra ireo takelaka kely sy hanoratra ireo zavatra masina momba ny vahoakany tao amin'izany ny Tompo (jereo ny 1 Nefia 9:3). Tamin'izany fotoana izany dia nanambara i Nefia hoe: "Nandidy ahy ny Tompo hanao ireto takelaka ireto noho ny fikasana hendry ao Aminy, dia fikasana izay tsy fantatro" (1 Nefia 9:5).

Nazavaina izany fikasana izany taonjato maro taty aoriana tamin'ny 1828 rehefa nanomboka nandika ireo takelaka volamena ny Mpaminany Joseph Smith. Nandika ireo pejy 116 avy tamin'ny famintinan'i Môrmôna ny takelaka lehiben'i Nefia izy aloha, ary very na nisy nangalatra ireo pejy ireo avy eo rehefa navelan'i Joseph hitondra azy ireo i Martin Harris. Notenenin'ny Tompo i Joseph mba tsy hamerina handika ireo ampahany very ireo satria nanao drafitra ny hanova ireo teny eo amin'ireo pejy very ny olon-dratsy ka hanaporofo fa tsy marina ny Bokin'i Môrmôna. Nasain'ny Tompo handika ny tantara eo amin'ireo takelaka kely izay mirakitra ny fotoana mitovy tamin'izany izy. Niompana bebe kokoa tamin'ny zavatra masina izany tantara izany. (Jereo ny F&F 10:10, 41–43; jereo ihany koa ny 1 Nefia 9:3–4.)



Ity zava-nitranga ity dia porofo lehibe fa mahalala ny zavatra rehetra izay ho avy ny Tompo. Fantany fa ho ilaina ny tantara tao amin'ireo takelaka kely, ary nibitsika tamin'i Môrmôna izy mba hampiditra ireo takelaka niaraka tamin'ny famintinany.

Ahoana no hanampian'ny fahafantarana an'io fahamarinana io anao rehefa mandray bitsika avy amin'ny Fanahy ianao?

**1.** Lazalazao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fotoana iray izay nanarahanao na ny olona iray fantatrao ny bitsika avy amin'ny Fanahy Masina na dia tsy azonao na tsy azony aza ny nolazain'ilay bitsika tamin'ny voalohany. Manorata momba ny fomba iray eritreretinao fa ahafahanao miomana tsaratsara kokoa hamantatra na hamaly ireo bitsiky ny Tompo. Tadidio fa rehefa mahatoky amin'ireo bitsiky ny Fanahin'ny Tompo ianao dia hiasa "ao [aminao] Izy araka ny sitrapony" (Tenin'i Môrmôna 1:7).

## Tenin'i Môrmôna 1:12–18

*Nandresy ny Lamanitra ary nanjaka tamim-pahamarinana ny Mpanjaka Benjamina*

Mpanjaka marina iray izay niatrika olana maro nandritra ny fitondrany ny Mpanjaka Benjamina, anisan'izany ny ady tamin'ny Lamanita sy ny fifandirana arapotopampianatra teo anivon'ny vahoakany. Nitarika ny miaramilan'ny Nefita "tamin'ny herin'ny Tompo" ny Mpanjaka Benjamina mba hiady tamin'ny fahavalony ary nampisy fandriampahalemana teo amin'ny tany taty aoriana (jereo ny Tenin'i Môrmôna 1:13–14). Niaraka tamin'ny fanampian'ny "olona masina maro" dia niasa mafy mba hitenenana ireo mpaminany sandoka sy mpampianatra sandoka izay niteraka fifandirana teo anivon'ny vahoaka izy, ka noho izany dia nampisy fandriampahalemana izay tonga avy amin'ny fahamarinana (jereo ny Tenin'i Môrmôna 1:15–18).

Vakio ny Tenin'i Môrmôna 1:12–18, ary fenoy amin'ny laharan'ireo andininy izay mampianatra tsara indrindra ireto fahamarinana manaraka ireto ny banga eto ambany:

- Miantso mpaminany izay afaka mitarika ny vahoaka ho amin'ny fandriampahalemana ny Tompo na dia eo aza ireo zava-tsarotra. _______________
- Afaka mahita fiadanana amin'ny fanarahana ny fitarihana avy amin'ny fitaomam-panahy an'ireo mpaminany isika. _______________
- Afaka mandresy ireo zava-tsarotra isika ao amin'ny herin'ny Tompo. _______________

## Môsià 1:1–18

*Mampianatra ny zanany ny maha zava-dehibe ny soratra masina ny Mpanjaka Benjamina*

Alaivo sary an-tsaina ny mety ho fiainanao raha toa ka tsy nanana soratra masina hovakiana sy hohalalinina ary hampianarana mihitsy ianao.

Nampianatra ny zanany lahy ny Mpanjaka Benjamina hoe mety ho toy ny ahoana ny fiainan'izy ireo raha toa ka tsy nanana ny soratra masina. Araka ny voarakitra ao amin'ny Môsià 1:3–5 dia intelo no nampiasany andian-teny mitovy amin'ny hoe "raha tsy noho ireto zavatra ireto [ny soratra masina]" mba hanampiana ny zanany lahy hahatakatra ny maha zava-dehibe ny soratra masina.

**2.** Eo am-pamakianao ny Môsià 1:1–8 dia tadiavo ireo fitahiana mety ho tsy azon'ny Nefita raha toa izy ireo ka tsy nanana soratra masina. Ampitahao amin'ny Ômnia 1:17–18 ny zavatra nianaranao. Manorata fehezanteny telo na efatra ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina hamenoana izao andian-teny manaraka izao: Raha toa aho ka tsy manana ny soratra masina dia . . .

Soraty eo akaikin'ny Môsià 1:1–8 ao anatin'ny soratra masinao izao fitsipika manaraka izao: **Ny fandalinana soratra masina dia manampy antsika hahafantatra sy hitandrina ny didy.**

Nampianatra ny vahoakany ny maha zava-dehibe ny fijanonana ho mahatoky amin'ireo didy ny Mpanjaka Benjamina ary nanazava ny zavatra mitranga amin'ireo izay lasa ratsy fanahy rehefa avy "[n]ankasitrahan'ny Tompo fatratra" (Môsià 1:13). Vakio ny Môsià 1:13–17, ary ampitahao amin'ny Môsià 1:13 ny Almà 24:30. Dia mitadiava voka-dratsy dimy farafahakeliny izay tonga amin'ireo izay mandao ny Tompo. Azonao atao ny manisy marika na mitanisa ireo voka-dratsy ireo ao anatin'ny soratra masinao.

## Môsià 2:1–41

*Niara-nivory mba hihaino ny tenin'ny Mpanjaka Benjamina ny Nefita*

Vakio ny Môsià 2:1–9, ary soraty ato ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:


- Iza no niara-nivory? ______________________________
  ______________________________
- Taiza izy ireo no niara-nivory? ______________________________
  ______________________________

- Inona no natao mba hahafahan'ny vahoaka marobe naheno ny tenin'ny Mpanjaka Benjamina? ________
________________________________________

Mba hahatakarana bebe kokoa ny toetran'ny Mpanjaka Benjamina dia vakio ny Môsià 2:11–15 ary tadiavo ireo andian-teny izay mampiseho fa nifantoka tamin'ny fahamarinana sy fanompoana ny Mpanjaka Benjamina fa tsy tamin'ny toerana hazoniny sy ny fankasitrahana.



Dia halalino avy eo ity teny nataon'ny Filoha Howard W. Hunter manaraka ity: "Aza diso miahiahy loatra amin'ny resaka toerana. Tadidinareo ve ny torohevitry ny



Mpamonjy mikasika ireo izay mikatsaka ny 'fitoerana aloha eo amin'ny fanasana' na ny 'fipetrahana aloha eo amin' ny synagoga'? 'Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo' (Mat. 23:6, 11). Zava-dehibe ny hoe ankasitrahan'ny olona. Kanefa tokony ho amin'ny fahamarinana no hifantohantsika fa tsy amin'ny fankasitrahana; amin'ny fanompoana fa tsy amin'ny toerana" ("To the Women of the Church," *Ensign,* nôv. 1992, 96).

Halalino ny Môsià 2:16–17, ary asio marika ny fitsipika izay azontsika hianarana avy amin'ny Mpanjaka Benjamina momba ny fanompoana: **Rehefa manompo ny mpiara-belona amintsika isika dia manompo an'Andriamanitra.** (Soratra masina fehezina ny Môsià 2:17. Azonao atao ny manisy marika izany amin'ny fomba miavaka mba ahafahanao mahita izany amin'ny manaraka.)

Mieritrereta fotoana iray izay nitahian'ny olona iray ny fiainanao tamin'ny alalan'ny fanompoany anao. Ahoana no nahafahanao (na hahafahanao) mampiseho fankasitrahana an'Andriamanitra noho ilay olona izay sady nanompo anao no nanompo an'Andriamanitra tamin'ny fahamarinana? Ahoana no nampisehoanao fankasitrahana tamin'izany olona izany?

Rehefa avy nampianatra ny vahoakany mikasika ny tokony hanompoana ny hafa ny Mpanjaka Benjamina dia nampianatra mikasika ireo fomba maro izay hitahian'Andriamanitra antsika sy ny tokony hanehoantsika fankasitrahana ho Azy izy.

**3.** Eo am-pandalinanao ny Môsià 2:19–24, 34 dia saintsaino ireo fomba maro izay hitahian'Andriamanitra anao. Eritrereto ny fomba ahafahanao maneho ny fankasitrahanao Azy. Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto avy eo:

**a.** Inona no antony hiantsoan'ny Mpanjaka Benjamina ny tenany sy ny vahoakany ary isika hoe "mpanompo tsy mahasoa"?

**b.** Nahoana no zava-dehibe amintsika ny mahatsiaro ny maha tsy afa-trosa antsika amin'Andriamanitra?

Ny tenin'ny Mpanjaka Benjamina dia mampianatra antsika fa **rehefa mahatsiaro ho tsy afa-trosa amin'Andriamanitra isika dia te hanompo ny hafa ary mitombo ny fankasitrahantsika.**

Ao amin'ny Môsià 2:34 dia mampianatra ny Mpanjaka Benjamina fa tokony "hamerina" amin'Andriamanitra izay rehetra ananantsika sy ny maha-isika antsika isika. Ny hoe *mamerina* dia midika hoe "manome na mametraka." Azonao atao ny manoratra ilay famaritana eo akaikin'ity teny ity ao anatin'ny soratra masinao. Eritrereto ny fomba ahazoanao manome an'Andriamanitra izay rehetra anananao sy ny maha-ianao anao. Tadidio fa rehefa mitandrina ny didin'Andriamanitra sy mikatsaka ny hanao asa fanompoana amin-kitsimpo ianao dia mitahy anao noho Izy.

Ireo andininy farany ao amin'ny Môsià 2 dia ahitana fampitandremana manan-danja avy tamin'ny Mpanjaka Benjamina ho an'ny vahoakany. Efa nahita famantarana izay nilaza taminao hoe "tandremo" ve ianao? (Ohatra, mety mampitandrina anao mikasika ny tariby mitondra herinaratra mahery vaika, vato mianjera, biby dia, na renirano mahery ny famantarana iray.) Vakio ny Môsià 2:32–33, 36–38 mba hahitana ny zavatra nolazain'ny Mpanjaka Benjamina tamin'ny vahoakany mba hitandreman'izy ireo. (Ny teny hoe *loza* ao amin'ny andininy 33 dia midika hoe "fahoriana sy fahadiranovana.") Manorata fehezanteny iray mamariparitra ny zavatra hitranga amin'ireo izay "mikomy an-kitsirano amin'Andriamanitra" (andininy 37) na minia mandika ny didin'Andriamanitra. ________________________
________________________________________

Vakio ity teny voalaza manaraka ity: "Minia mandika ny didin'Andriamanitra ny olona sasany ary manao drafitra ny hibebaka any aoriana, toy ny hoe

mialohan'ny handehanany any amin'ny tempoly na hanaovany asa fitoriana. Mananihany ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ny fahotana an-kitsirano toy izany" (*Jeunes, Soyez Forts* [bokikely, 2011], 29).

Ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanao fanamarihana momba ny maha zava-dehibe ny fahafantarana ny fotoana izay mety hanalantsika ny tenantsika amin'ny Fanahy:



"Isika dia tokony . . . hiezaka mafy hahafantatra hoe rahoviana isika no 'manala ny [tenantsika] amin'ny Fanahin'ny Tompo . . .' (Môsià 2:36). . . .

"Mazava ny fitsipika. Raha misy zavatra eritreretintsika, hitantsika, rentsika, na ataontsika ka manalavitra antsika amin'ny Fanahy Masina dia tokony hitsahatra tsy hieritreritra na hijery na hihaino na hanao izany zavatra izany isika. Raha toa ohatra ny zavatra iray izay natao mba hialana voly ka mampisaraka antsika amin'ny Fanahy Masina, dia tsy natao ho antsika velively izany karazana fialam-boly izany. Satria ny Fanahy dia tsy afaka mitoetra amin'izay tsy manan-danja na tsy mendrika ka dia mazava ho azy fa tsy natao ho antsika ny zavatra toy izany. Koa satria manosika lavitra ny Fanahin'ny Tompo isika rehefa manao zavatra izay fantatsika fa tokony andosirantsika dia tsy natao ho antsika velively ny zavatra toy izany" ("That We May Always Have His Spirit to Be with Us," *Ensign* na *Liahona,* mey 2006, 30).}

Saintsaino ny zavatra arian'ny olona—indraindray kanefa tsy fantany akory izany—rehefa manala ny tenany amin'ny Fanahy izy ireo. Vakio ny Môsià 2:40–41, ary fantaro ny zavatra tian'ny Mpanjaka Benjamina hoeritreretintsika sy ny zavatra tiany hotadidiantsika.

**4.** Ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina:

**a.** Soraty ireo zavatra niainana izay nampianatra anao fa rehefa mankato ny Tompo ianao dia sady hotahiana ara-nofo no hotahiana ara-panahy.

**b.** Misafidiana sehatra iray eo amin'ny fiainanao izay tianao hankatoavana bebe kokoa ny didin'Andriamanitra. Manorata tanjona iray mba hivoarana ao anatin'izany sehatra izany.

## Soratra Masina Fehezina—Môsià 2:17

Vakio ny Matio 22:36–40; 25:40; sy ny Môsià 2:17. Manaova lisitr'ireo soratra masina, na rojon-tsoratra masina, na andiana soratra masina amin'ny alalan'ny fampifandraisana ireo soratra masina ireo. Ity fomba fandalinana ny soratra masina ity dia hanampy mba hampazava ny hevitry ny teny sy hampivelatra fahatakarana.

Hazavao ny fifandraisana misy eo amin'ireo andinintsoratra masina vao nampifandraisinao ireo. ______________

______________________________________________

Saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Oviana ianao no nahatsapa fa nanompo an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fanompoana olona iray hafa?
- Inona avy ireo zavatra voafaritra manokana azonao atao ho an'ny olona iray eo amin'ny fiainanao ka ho nataon'ny Mpamonjy raha tetŷ an-tany Izy?

**5.** Rehefa avy niezaka nanao tsianjery ny Môsià 2:17 ianao dia soraty avy amin'ny fitadidianao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izany.

**6.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Tenin'i Môrmôna–Môsià 2 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

**FIZARANA 11: ANDRO 2**

# Môsià 3

## Fampidirana

Rehefa nanohy ny lahateniny tamin'ny vahoakany ny Mpanjaka Benjamina dia nilaza tamin'izy ireo izy fa niresaka taminy momba ny asa fanompoan'i Jesoa Kristy ny anjely iray. Nijoro ho vavolombelona ny Mpanjaka Benjamina fa afaka mandray famonjena amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fibebahana ireo izay nanota. Nampianatra ihany koa izy fa afaka mandresy ny olona araka ny nofo amin'ny alalan'ny

Sorompanavotan’i Jesoa Kristy ny olona iray amin’ny alalan’ny fihainoana ny bitsiky Fanahy Masina.

## Môsià 3:1–10

*Nanambara ny tenin’ny anjely iray mikasika ny Sorompanavotana ny Mpanjaka Benjamina*



Ataovy sary ny habetsahan’ny rano izay harotsakao ao anatin’ilay vera raha toa ka te hanandrana fotsiny ihany ianao.



Ataovy sary ny habetsahan’ny rano izay harotsakao ao anatin’ilay vera raha toa ka te hanala ny hetahetanao ianao.



Ataovy sary ny habetsahan’ny rano izay harotsakao ao anatin’ilay vera raha toa ka fantatrao fa maneho fahasambarana ilay rano.

Rehefa mandalina ny Môsià 3 ianao dia tadiavo ilay loharanon’ny “vaovao mahafaly sady fifaliana lehibe” ( Môsià 3:3).

Vakio ny Môsià 3:1–5 ary tadiavo ny zavatra nolazain’ilay anjely tamin’ny Mpanjaka Benjamina. Nanambara ilay anjely fa nanana antony hifaliana sy mba ho heniky ny fifaliana ny vahoakan’ny Benjamina.

Inona tao anatin’ny hafatr’ilay anjely no afaka nameno fifaliana ny Nefita? ________________________________

________________________________________________

Vakio ny Môsià 3:5–10 ary asio marika ireo teny na andian-teny momba ny Mpamonjy sy ny asa fanompoana nataony izay manampy anao hankasitraka bebe kokoa ny asa fanompoan’ny Mpamonjy teto ambonin’ny tany.

**1.** Misafidiana andian-teny roa izay nasianao marika ary manorata fanazavana ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina mikasika izay ampianarin’izany anao hanampiana anao hahatakatra bebe kokoa sy hankasitraka ny asa fanompoan’ny Mpamonjy.

Betsaka ireo fotopampianarana sy fitsipika ampianarina ao anatin’ny Môsià 3:5–10. Iray amin’ireo manan-danja indrindra ity: **Nijaly i Jesoa Kristy mba hahafahantsika ho voavonjy amin’ny fahotantsika.** Soraty ao anatin’ny soratra masinao eo akaikin’ny Môsià 3:7–9 izany fotopampianarana izany.

Rehefa voavaky ny Môsià 3:7–9 dia vakio ny Lioka 22:44 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–18. Inona no hevi-baovao fanampiny atolotry ny Môsià 3? Ahoana no hanampian’ny Môsià 3 antsika mba hankasitraka izay zavatra nitranga tamin’ny Mpamonjy?

Vakio ity teny manaraka izay nolazain’ny Loholona James E. Talmage tao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo ity momba ny fijalian’ny Mpamonjy tao amin’ny Sahan’i Getsemane:



“Ny fijalian’i Kristy tao amin’ilay saha dia tsy takatry ny fisainana izay voafetra, na ny hamafiny na ny antony. . . . Nitolona sy nitaraindraina noho ny fizakana zioga iray izay tsy noheverin’ny olona na iza na iza fa azo nozakaina Izy. Tsy fanaintainana ara-batana, na fitaintainana ara-tsaina fotsiny ihany no nahatonga Azy hiaritra fampijaliana toy izany, izay niteraka fipatrapatraky ny ra avy amin’ny masonkodiny rehetra; fa fijaliana ara-panahin’ny fanahy izay Andriamanitra irery ihany no afaka nizaka izany. . . . Tao anatin’izany fotoam-pahoriana izany no nandresen’i Kristy ireo zava-dratsy rehetra izay azon’i Satana, ilay ‘andrianan’izao tontolo izao’ [Jaona 14:30].nampahoriana antsika. . . .

“Izany hoe nitondra teo Aminy ny vesatry ny fahotan’ny olombelona nanomboka tamin’i Adama ka hatramin’ny fiafaran’izao tontolo izao tamin’ny fomba tena nisy marina tokoa ny Mpamonjy na dia tsy takatry ny olona aza izany” (*Jesus le Christ*, boky navoaka fanintelony [1916], 613).

**2.** Soraty ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny zavatra niainana iray izay nanampy anao hahafantatra fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy. Ahoana no hanampian’ny fahatsiarovana izany traikefa izany fifaliana eo amin’ny fiainanao?

## Môsià 3:11–27

*Namariparitra ny fomba handresena ny olona araka ny nofo ny Mpanjaka Benjamina*

Rehefa nanohy nampianatra ny vahoakany ny Mpanjaka Benjamina dia nampianariny azy ireo ny fomba hitahian’ny Sorompanavotana an’ireo zanak’Andriamanitra. Nampianariny ihany koa ny fomba ahafahantsika mandresy ny olona araka ny nofo ka ho tonga

### *Fahatsiarovana ireo Zavatra Niainana*

Rehefa mieritreritra ireo zavatra niainanao ara-panahy ianao dia mijoro ho vavolombelona aminao indray ny amin’ireo fahamarinana nianaranao ny Fanahy Masina. Ny firaketanao ireny traikefa ireny ao anatin’ny diarinao dia maneho amin’ny Tompo ny fanirianao hahatsiaro ny tanany eo amin’ny fiainanao sy manampy anao hahatsiaro azy ireny.



Olomasina amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.

Mba hahatakarana tsaratsara kokoa ny fomba hitahian'ny Sorompanavotana ny zanak'Andriamanitra dia vakio ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ary manorata famaritana mikasika ireo andian'olona izay ijoroan'ilay andininy vavolombelona fa hotahiana amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy:

- Môsià 3:11 ______________________________
______________________________
- Môsià 3:16 ______________________________
______________________________

Zava-dehibe ny mahafantatra fa na dia nanao sorona ho an'ny fahotan'ireo izay tsy mahafantatra ny filazantsara aza i Jesoa Kristy—ireo izay maty tao anatin'ny tsy fahalalana—dia mbola mila mibebaka sy mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy izy ireo any amin'ny tontolon'ny fanahy mba ho voavonjy (jereo ny F&F 131:6; 138:31–34). Nanambara ihany koa ny Tompo fa teraka tsy manan-tsiny eo imason'Andriamanitra ny ankizy ary tsy manana fahefana haka fanahy azy ireo i Satana. Mandra-panombohan'izy ireo ho tompon'andraikitra amin'ny fahavalo taonany dia voavonjy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny ankizy madinika ka tsy mila mibebaka na atao batisa (jereo ny Môrônia 8:8–15; F&F 29:46–47; 137:10).

Mila mampihatra ny fahalalana ananantsika momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy isika. Vakio ny Môsià 3:12–13, ary tsipiho ireo teny na andian-teny izay mampianatra fa **afaka ny ho voavonjy amin'ny fahotantsika sy hifaly isika rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy sy mibebaka.**

Tadidio ilay sarina vera nofenoina "fahasambarana." Tadidio ny tenin'ilay anjely nanambara fa tonga avy amin'ny fahatakarana ny asa nanirahana ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotany ny fifaliana (jereo ny Môsià 3:4–5). Mba hahatakarana ny mifanohitra amin'ity sary ity dia vakio ny Môsià 3:24–27. Tsipiho ny zavatra hosotroin'ireo izay misafidy ny tsy hibebaka amin'ny andro fitsarana.

Inona no zavatra hitranga amin'ireo izay misafidy tsy hampihatra finoana an'i Jesoa Kristy sy tsy mibebaka? ______________________________

______________________________

Rehefa avy nampianatra ny vahoakany ny mikasika ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy sy ny tokony hibebahana sy hinoana ny Mpamonjy ny Mpanjaka Benjamina dia nampianariny ny vahoakany ny fomba hanesorana ilay ampahany mpanota tamin'ny toetran'izy ireo sy ny fomba ahatongavana ho Olomasina amin'ny alalan'ny Sorompanavotana.

Vakio ny Môsià 3:19, ary tadiavo ireo teny na andianteny tsy azonao. Mety hanampy ny manoratra famaritana telo eo akaikin'ity andininy ity ao anatin'ny soratra masinao. Ny "olona araka ny nofo" dia olona iray izay misafidy ny hotaomin'ny firehetam-po sy ny faniriana ary ny filan'ny nofo toy izay ny fitaoman'ny Fanahy Masina. Ny "manaiky" dia midika ho manoa olona na zavatra iray. Ny "fitaomana" dia fanasana mandresy lahatra sy mahafinaritra. Soratra masina fehezina ny Môsià 3:19. Azonao asiana marika amin'ny fomba miavaka izany mba hahafahanao mahita izany amin'ny manaraka.

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny lohateny hoe "Manaisotra ny maha olona araka ny nofo." Ataovy lisitra eo ambanin'izany lohateny izany ny zavatra ampianarin'ny Môsià 3:19 fa tokony hataontsika mba handresena ny "olona araka ny nofo." Ataovy anaty faribolana ny asa iray izay tsapanao fa ho manan-danja indrindra aminao ny manao izany amin'izao fotoana izao. Manaova drafitra hampiharana ity asa ity.

Anisan'ny fitsipika ampianarin'ny Môsià 3:19 ny hoe raha toa isika ka manaiky ny fitaoman'ny Fanahy

Masina dia afaka mandresy ny olona araka ny nofo amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy.

Raha lazaina amin'ny teninao manokana dia inona no dikan'ny hoe manaiky ny "fitaoman'ny Fanahy Masina"? ______________________________________

______________________________________________

Vakio ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona Neal A. Maxwell tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mikasika ny fanesorana ny olona araka ny nofo: "Ny fahamarinana, fitsaohana, vavaka ary fandalinana soratra masina *manokana* dia tena ilaina mba hahafahana '[manaisotra] ny olona araka ny nofo'(Môsià 3:19)" ("The Tugs and Pulls of the World," *Ensign,* nôv. 2000, 36).

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Amin'ny fomba ahoana avy no hikatsahanao hanaiky ny fitaoman'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainanao?

**5.** Inona no azonao atao mba hanekena bebe kokoa "ny fitaoman'ny Fanahy Masina" eo amin'ny fiainanao? Manorata tanjona iray ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina mba hanampianao hivoatra amin'ity sehatra ity amin'ity herinandro ity. Azonao atao ny miezaka ny hanana ireo toetra izay manampy antsika ho tonga tahaka ny ankizy izay voatanisa ao amin'ny Môsià 3:19—ohatra, lasa mankato kokoa, malemy paika, manetry tena, miaritra, feno fitiavana na vonona ny hanoa amin'ny zava-drehetra izay hitan'ny Tompo "fa mety hampitondraina" anao.

**6.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny sasany amin'ireo sakana eo amin'ny fiainanao izay mihazona anao tsy hanaiky ny fitaoman'ny Fanahy.

## 📖 Soratra Masina Fehezina—Môsià 3:19

**7.** Mba hanampiana anao hitadidy na hanao tsianjery ny Môsià 3:19, dia azonao atao ny mamaky izany intelo. Ny famerimberenana izany dia hanampy anao hahafantatra tsara ny ao anatin'izany andininy izany. Aorian'izay dia ezaho soratanao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina araka izay vitanao, tsy an-kijery ny soratra masinao, ilay andininy na ireo hevitra ao anatin'izany. Ezaho averina amin'ny feo mafy amin'ny fotoana samihafa ilay andininy, ohatra hoe eny am-pandehanana na eo am-panaovana fanatanjahantena na eo am-piomanana ny hatory. Afaka manampy anao hanao tsianjery sy hitadidy ireo fitsipika manan-danja ao anatin'ity andininy ity ny fanaovana izany mandritra ny andro maromaro mifanesy.

**8.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 3 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 11: ANDRO 3

# Môsià 4

## Fampidirana

Nisy fiantraikany lalina teo amin'ny vahoaka izay nandre azy ny fampianaran'ny Mpanjaka Benjamina. Nampihatra finoana tamin'ny Sorompanavotana sy nibebaka ary nandray ny famelana ny fahotany ireo vahoaka ireo. Dia nampianatra azy ireo ny zavatra tokony hataon'izy ireo ny Mpanjaka Benjamina mba hihazonany ny famelana ny fahotany. Nambarany fa mitovy amin'ny mpangataka isika satria miankina tanteraka amin'Andriamanitra ho an'ny famonjena antsika. Nampitandrina ny Mpanjaka Benjamina fa mila mitandrina mandrakariva ny eritreritsika sy ny asantsika ary ny fihetsika ataontsika isika.

### Môsià 4:1–8

*Heniky ny Fanahy ny valalabemandry ary nandray famelana ny fahotany*

Alaivo sary an-tsaina ny namana iray izay manontany hoe ahoana no ahafantarako raha toa ka voavela tamin'ny fahotana iray manokana aho? Ahoana no hamalianao izany?

Halalino ny Môsià 4:1–3 ary mitadiava hevitra hanampiana anao hamaly ny fanontanian'ny namanao. Soraty ny fomba mety hamalianao: ______________________

______________________________________________

Iray amin'ireo fitsipika nampianarina ao anatin'ireo andininy ireo ny hoe: **Rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy sy mibebaka marina isika dia mandray ny famelana ny fahotantsika.** Ampahany manan-danja amin'ny fahazoana fifaliana sy fiadanantsaina ny fibebahana toy izany.

Mahazatra ny hoe rehefa mametraka fanontaniana iray ny olona iray dia te hanome valiny isika. Amin'ity indray mitoraka ity, rehefa mieritreritra mikasika ny fomba hamaliana ny fanontanian'ny namanao ianao dia saintsaino ny fomba ahafahanao mamaly ilay fanontaniana amin'ny alalan'ny fanontaniana iray. Diniho ny Môsià 4:1–3 sy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona F. Burton Howard, mpikambana

tao amin'ny Fitopololahy izay nisaorana tamimboninahitra: "Mahatsapa fiadanana ao anaty ianao rehefa nibebaka tanteraka. Tsy maintsy fantatrao hoe voavela ianao satria tsy eo intsony tampoka teo ilay enta-mavesatra izay nentinao nandritra ny fotoana maharitra. *Lasa* ary *fantatrao* fa lasa izany" ("Repentance," *Ensign,* mey 1983, 59).

Mieritrereta fanontaniana iray izay azonao apetraka amin'ilay namanao mba hanampiana azy hahita ny fomba ahafahantsika mahafantatra raha toa ka voavela isika.

Mety hanampy ny mahatakatra teny roa ao amin'ny Môsià 4:1–3 rehefa mieritreritra fanontaniana iray hapetraka ianao. Ny mahita ny tenantsika ao anatin'ny "toetra araka ny nofo" dia midika hoe manaiky ny toetra maha-lavo sy maha-eto ambonin'ny tany antsika. Ny mahita ny tenantsika ho "ambany kokoa noho ny vovon-tany" dia midika fa mankato ny didin'Andriamanitra ny vovon-tany (jereo ny Helamàna 12:7–8), kanefa ny zanak'Andriamanitra dia tsy mankato mandrakariva ny didiny.

Ohatra iray azo entina hamaliana ny fanontanian'ny namanao ny fametrahana fanontaniana manao hoe: Mahatsapa fiadanan-tsaina ve ianao rehefa mieritreritra momba ny hoe efa nibebaka tamin'ny fahotanao? Heniky ny fifaliana ve ianao?

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Voavela ny vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina noho ilay "finoana fatratra izay nananany tao amin'i Jesoa Kristy" (Môsià 4:3). Inona avy ireo asa voarakitra ao amin'ny Môsià 4:1–2 izay nampiseho ny finoan'izy ireo? Inona no fihetsika sy fahatsapana tokony hananana izay hitovy amin'ny an'ny vahoakan'i Môsià?

**b.** Ahoana no ahafahanao mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy rehefa mikatsaka ny famelana ny fahotanao ianao?

Rehefa avy nahita ny fihetsika naneho fibebahana nasehon'ny vahoakany ny Mpanjaka Benjamina dia nampianariny azy ireo ny sasany amin'ireo zavatra tsy maintsy ataony mba hahazoana famonjena. Eo ampamakianao ny Môsià 4:4–8 dia tadiavo ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hahazoana famonjena.

Hazavao ny fomba hiezahanao hanao ireo zavatra nolazain'ny Mpanjaka Benjamina na manomeza ohatra amin'izany:

"Apetraho amin'ny Tompo ny fitokiana[reo]": ________

________________________________________

"Mazotoa hitandrina ny didiny": ________________

________________________________________

"Mitozoa amin'ny finoana mandra-pahatapitry ny ai[nareo]": ________________________________

________________________________________

## Môsià 4: 9–30

### *Nampianatra ny fomba hitanana ny famelana ny fahotana ny Mpanjaka Benjamina*

Taorian'ny nandraisan'ny Nefita ny famelana ny fahotany dia nampianarin'ny Mpanjaka Benjamina azy ireo ny fomba hitanana (na hihazonana) izany toetra madio sy tsy misy pentina. Vakio ny Môsià 4:9–11, 26, 28, 30 ary tadiavo izay tsy maintsy *hinoantsika* sy *hataontsika* mba hitanana ny famelana ny fahotantsika. Raketo ato anatin'ity tabilao manaraka ity ny zavatra hitanao:

| Fitanana ny Famelana ny Fahotana | |
|---|---|
| Mino | Manao |
| | |

Nampianatra zavatra maro tamin'ny vahoakany ny Mpanjaka Benjamina araka ny voarakitra ao amin'ny Môsià 4:9–30, fa ny iray amin'ireo fitsipika manan-danja indrindra nampianariny dia ny hoe **Raha toa ka manetry ny tenantsika eo anatrehan'Andriamanitra isika ary miezaka ny hikolokolo toetra tahaka ny an'i Kristy dia afaka mitana ny famelana ny fahotantsika.**

**2.** Nampianatra ny Mpanjaka Benjamina fa tsy maintsy "mino an'Andriamanitra" isika (Môsià 4:9) ary mahatsiaro mandrakariva ny "halehibeazan'Andriamanitra"( Môsià 4:11). Lazalazao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra niainanao na niainan'ny olona iray fantatrao ka nanampy anao hahafantatra fa tena misy Andriamanitra, mahery Izy ary tiany ianao. Nahoana araka ny eritreritrao no manandanja ny mahatakatra sy mitadidy ny hery sy ny fahatsaran'Andriamanitra ary ny fitiavany? Rehefa mahatsiaro ireo zavatra ireo ianao dia ahoana no fiantefan'izany eo amin'ny fiainanao?

Namaritra ny asa ataon'ny vahoaka izay miezaka mitana ny famelana ny fahotany ny Mpanjaka Benjamina. Halalino ny Môsià 4:12–16 mba hianarana ny sasany amin'ireo asa nampahafantarin'ny Mpanjaka Benjamina. (Ny teny hoe *manampy* ao amin'ny Môsià 4:16 dia midika hoe manolo-tanana na manampy amin'ny fotoam-pahasahiranana.)

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba anehoan'ireo asa nolazain'ny Mpanjaka Benjamina fa miezaka ny hitana ny famelana ny fahotany ny olona iray. Azonao tanisaina ve ny vitsivitsy amin'ireo asa hafa izay hampiseho fa miezaka ny hitana ny famelana ny fahotany ny olona iray? Milazà fomba iray na maromaro izay nanampianao ireo sahirana.

Nampitaha antsika tsirairay avy tamin'ny mpangataka ny Mpanjaka Benjamina satria miankina tanteraka amin'Andriamanitra avokoa ny tsirairay amintsika amin'ny zava-drehetra izay ananantsika. Ity fanahafana ity dia afaka manampy antsika hankasitra ireo fitahiana noraisintsika avy tamin'ny Tompo. Vakio ny Môsià 4:19–21 ka tadiavo ny fomba itovizantsika tsirairay avy amin'ny mpangataka eo imason'Andriamanitra.

Eritrerito ny fiankinanao amin'Andriamanitra. Inona no fitahiana iray izay azonao hisaorana ny Ray any Andanitra izao ankehitriny izao?

Rehefa avy nampianatra ny Mpanjaka Benjamina fa mila ny fanampian'Andriamanitra tsy tapaka isika dia nangataka antsika izy mba hieritreritra mikasika ny fomba tokony hitondrantsika ireo izay mangataka fanampiana amintsika. Halalino ny Môsià 4:26–27 ary tadiavo ny fomba tokony hitondrantsika ireo izay sahirana.

**4.** Raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'izao fanontaniana manaraka izao: Ahoana no ahafahan'ny fahatsiarovana ny fampianaran'ny Mpanjaka Benjamina ao amin'ny Môsià 4 manampy anao hangoraka bebe kokoa ireo izay sahirana ara-panahy na ara-nofo?


> ***Manorata ireo fahatsapana azonao***
>
> Ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstoly Roambinifolo dia namporisika antsika hanoratra ireo fahatsapana azontsika: "Soraty ao amin'ny toerana azo antoka ireo zavatra manan-danja ianaranao avy amin'ny Fanahy. Ho hitanao fa rehefa manoratra ireo fahatsapana sarobidy ianao dia ho avy matetika kokoa izany. Ho azonao ampiasaina mandritra ny fiainanao ihany koa ny fahalalana azonao. Katsaho hatrany, na andro na alina, na aiza na aiza misy anao, na inona na inona ataonao ny hahafantatra sy hanaiky ny fitarihan'ny Fanahy" ("To Acquire Knowledge and the Strength to Use It Wisely," *Ensign,* Jona 2002, 32).

**5.** Makà fotoana hisaintsainana ireo soratra masina izay nohalalininao androany. Nahazo fahatsapana avy amin'ny Fanahy Masina ve ianao mikasika ny zavatra tokony hataonao avy amin'ny zavatra nianaranao tamin'ny fampianaran'ny Mpanjaka Benjamina? Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izany fahatsapana izany.

Tadidio fa manana fitiavana lalina ho anao ny Tompo. Rehefa mibebaka amin'izay fahadisoana natao sy manao araka izay tsara indrindra vitanao hanarahana ny ohatry ny Mpamonjy ianao dia afaka mitana ny famelana ny fahotanao.

## Soratra Masina Fehezina—Môsià 4:30

Vakio mafy ny Môsià 4:30. Inona no mampifandray ny eritreritrao amin'ny teninao sy ny asa ataonao?




Namaritra ity fifandraisana ity ny Filoha Ezra Taft Benson manao hoe: "Manàna eritreritra madio. Tsy manao asa maloto ireo izay manana eritreritra madio. Tsy tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ireo asanao fotsiny ihany ianao fa amin'ny fifehezana ny eritreritrao ihany koa. . . . Mbola marina hatrany ilay fomba fiteny taloha hoe mamafy eritreritra ianao dia mijinja asa, mamafy asa dia mijinja fahazarana, mamafy fahazarana dia mijinja toetra iray, ary ny toetranao dia mamaritra ny hoavinao mandrakizay. 'Fa tahaka ny hevi[try ny olona iray] ao am-pony ihany ny toetrany.' (Jereo ny Ohab. 23:7.) (ao amin'ny Conference Report, ôkt. 1964, 60).

**6.** Rehefa mianatra mifehy ny eritreritrao ianao dia hijinja ireo fitahiana amin'ny fiezahana hitovy bebe kokoa amin'i Kristy amin'ny teninao sy ny asanao. Manorata fomba iray na maromaro ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay ahafahanao mifehy ny eritreritrao sy mihazona izany hitovy bebe kokoa amin'ny an'i Kristy.

**7.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 4 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

## FIZARANA 11: ANDRO 4

# Môsià 5–6

## Fampidirana

Ny Môsià 5 no mamarana ny lahatenin'ny Mpanjaka Benjamina ho an'ny vahoakany izay nanomboka tao amin'nyMôsià 2. Nahatsapa fiovampo mahery vaika ny vahoaka vokatry ny finoan'izy ireo ny tenin'ny Mpanjaka Benjamina. Nanao fanekempihavanana tamin'Andriamanitra izy ireo ary nitondra teo aminy ny anaran'i Jesoa Kristy. Araka ny voarakitra ao amin'ny Môsià 6 dia namindra ny fahefany tamin'ny naha mpitondra fanjakana azy tamin'i Môsià zanany ny Mpanjaka Benjamina, ary nitondra tamim-pahamarinana, nanaraka ny ohatry ny rainy i Môsià.

### Môsià 5:1–4

*Nahatsapa fiovampo mahery vaika ny vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina*

Eritrereto ireto fanontaniana manaraka ireto: Efa naniry hanana fahafahana hanova zavatra iray momba ny tenanao ve ianao? Inona no nataonao momba izany?

Nilazalaza momba ny ilan'ny tsirairay amintsika mahatsapa fiovana mahery vaika eo amin'ny fiainantsika ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manao hoe: "Ny tena filazantsaran'i Jesoa Kristy dia miteraka fiovana mahery vaika sy maharitra amin'ny toetra fototra ananantsika avy amin'ny fianteherantsika amin'ny 'fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan' ny Mesia Masina' (2 Nefia 2:8). Rehefa misafidy ny hanaraka ny Tompo isika dia misafidy ny hovaina—ho teraka ara-panahy" ("Ye Must Be Born Again," *Ensign* na *Liahona,* mey 2007, 20).

Azonao atao ny manoratra izao andian-teny manaraka izao ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Môsià 5:2: "Rehefa misafidy ny hanaraka ny Mpampianatra isika dia misafidy ny hovaina."

Amin'ny fomba ahoana araka ny eritreritrao no hisafidianantsika ny hovaina rehefa misafidy hanaraka an'i Jesoa Kristy isika? ______________________________

________________________________________________

Avereo jerena ny famintinana ny toko ho an'ny Môsià 3 sy ny Môsià 4 mba hitadidiana ny zavatra fototra niompanan'ny lahatenin'ny Mpanjaka Benjamina. Nanontany ny vahoaka ny Mpanjaka Benjamina tamin'ny fiafaran'ny lahateniny raha toa izy ireo ka nino ny teny izay nampianariny azy ireo momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy (jereo ny Môsià 5:1).

Vakio ny Môsià 5:2–4, ary tadiavo ny zavatra niova tao am-pon'ny vahoaka taorian'ny nihainoan'izy ireo ny tenin'ny mpanjakany. Rehefa mamaky izany ianao dia hanampy ny mahafantatra fa ny hoe "fironana" (Môsià 5:2) dia entina ilazana ny fihetsika, ny faniriana na ny toetra voa-janaharin'ny olona iray.



Vakio ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona David A. Bednar: "Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manatanteraka zavatra mihoatra lavitra ny fialana, fandresena ary fandraisana ny fahadiovana tamin'ireo ota sy fisarihana tamin'ny ratsy eo amin'ny fiainantsika. Mitondra amin'ny fanaovana ny tsara, amin'ny fahatongavana ho olona sy ho tsaratsara kokoa hatrany koa izany. . . . Manova ny fontsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ka mba tsy '[h]anana fironana hanao ratsy intsony [izany] fa ny hanao soa lalandava kosa' (Môsià 5:2), tahaka ny nataon'ireo vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina, izay fanekempihavanana nekentsika ho atao. Izany fiovampo mahery vaika izany dia tsy vokatry ny fiezahana mafy fotsiny, na avy amin'ny fanarahana fifehezantena henjana kokoa. Izany dia tokony ho vokatry ny fiovana fototra eo amin'ny fanirantsika, ny antony iezahantsika ary ny toetratsika izay tanteraka avy tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy Tompo. Ny tanjontsika ara-panahy dia sady hanohitra ny ota no hanohitra ny faniriana hanota" ("Clean Hands and a Pure Heart," *Ensign,* nôv. 2007, 81–82).

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe mahatsapa "fiovampo mahery vaika" ao am-ponao? (Môsià 5:2)

**b.** Rehefa misafidy ny hanaraka an'i Jesoa Kristy isika dia nahoana no mila manova ny fironantsika fa tsy ny fitondrantenantsika fotsiny ihany?

**d.** Nahoana araka ny eritreritrao no ilaina amin'ny fitrangan'ny fiovana ao anatintsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?

Halalino ny Môsià 5:2, 4 ary tadiavo ny zavatra nataon'ny vahoaka izay namela ny fiovampo mahery vaika hitranga tao anatin'izy ireo. Azonao asiana marika ao anatin'ny soratra masinao ireo zavatra ireo. Tadidio fa momba ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny tenin'ny Mpanjaka Benjamina ary nanana finoana lehibe tamin'ireo teniny ny vahoaka.

Iray amin'ireo fitsipika ianarantsika avy amin'ireo andininy ireo ny hoe: **Rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy sy mandray ny Fanahy Masina isika dia afaka mahatsapa fiovampo mahery vaika.**

**2.** Avy amin'ny fandalinanao ny Môsià 5:1–4 sy ny fitsipika etsy ambony dia soraty ao anatin'ny diary

fandalinanao soratra masina izay azonao atao mba hampiharana finoana bebe kokoa amin'ny Mpamonjy. Inona ireo zavatra miavaka azonao atao manomboka androany mba hampiharana finoana bebe kokoa ka hahafahanao mampisy fiovampo mahery vaika ao am-ponao eo amin'ny fiainanao ary mihazona izany?

## Môsià 5:5–15

### *Nanao fanekempihavanana tamin'Andriamanitra ny vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina ary nomena anarana vaovao izy ireo*

Rehefa avy nahatsapa fiovampo mahery vaika ny vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina dia naniry ny hanao fanekempihavanana tamin'ny Tompo izy ireo. Tadiavo ireo teny na andian-teny ao amin'ny Môsià 5:5 izay mampiseho ny halehiben'ny fanoloran-tena tsapan'ny vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina tamin'ny fanaovana sy fitandremana ity fanekempihavanana ity.

Rehefa manao fanekempihavanana amin'Andriamanitra isika dia Izy no manapaka ny amin'ireo fepetra amin'ilay fanekempihavanana ary isika dia manaiky ireo fepetra ireo. Dia mampanantena fitahiana maromaro voafaritra tsara amintsika noho ny fankatoavantsika Andriamanitra ao aorian'izay ( jereo ny F&F 82:10). Fomba iray hanehoantsika amin'ny Tompo fa matotra amin'ny faniriantsika hanompo Azy isika ny fanaovana fanekempihavanana.

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona ireo andian-teny ao amin'ny Môsià 5:5 izay mampahatsiahy anao ireo fampanantenana havaozintsika isaky ny mandray ny fanasan'ny Tompo isika?

**b.** Ahoana araka ny eritreritrao no hanampian'ny fanaovana sy fitandremana fanekempihavanana antsika hihazona "fiovampo" mahery vaika?

Avereno jerena indray ny Môsià 1:11–12. Iray tamin'ireo tanjon'ny Mpanjaka Benjamina tamin'ny famoriany ny vahoakany ny hanomezana anarana azy ireo. Vakio ny Môsià 5:6–7 ary asio marika ny anarana nomen'ny Mpanjaka Benjamina ny vahoakany taorian'ny nanaovan'izy ireo ny fanekempihavanany tamin'ny Tompo.

Mampianatra ity fitsipika ity ireo andininy ireo: **Mitondra eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fanekempihavanana masina isika.** Vakio ny Môsià 5:8–14 ary tadiavo ny antony itondrantsika eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy.

Inona avy ireo fitahiana azo noho ny fananana ny anaran'i Jesoa Kristy voasoratra ao am-pontsika? ________

________________________________________

Inona no mety mahatonga ilay anarana ho "voavono" ao am-pontsika na ao am-pon'ny olona iray? ________

________________________________________

Vakio ny Môsià 5:15 ary tadiavo ireo fampanantenana ataon'ny Tompo amin'ireo izay mitandrina ny fanekempihavanany.

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra tsapanao rehefa mieritreritra momba ny fananana ny anaran'i Jesoa Kristy voasoratra ao am-ponao ianao. Manoratra antony iray na maromaro hitiavanao hihazona izany anarana izany ka tsy hanary izany na rahoviana na rahoviana.

## Môsià 6:1–7

### *Nanomboka nitondra tamin'ny naha mpanjaka azy i Môsià*

Vakio ny Môsià 6:3 ary fantaro ny zavatra nataon'ny Mpanjaka Benjamina talohan'ny nandefasany ny valalabemandry hody.

Inona no nataon'ny Mpanjaka Benjamina hanampiana ny vahoakany hahatsiaro ireo fanekempihavanana nataon'izy ireo? ________________________________________

________________________________________

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hanampian'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana sy ireo mpampianatra anao mba hitandrina ireo fanekempihavananao.

Maty telo taona taorian'ny nanaovany ny lahateniny ny Mpanjaka Benjamina. Vakio ny Môsià 6:6–7 ary tadiavo ny fomba nanarahan'ny Mpanjaka Môsià ny ohatry ny rainy tamin'ny naha mpitarika marina azy.

**6.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 5–6 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).


*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 12: ANDRO 1

# Môsià 7–8

## Fampidirana

Ny Mpanjaka Môsià dia zanakalahin'ny Mpanjaka Benjamina, izay zanakalahin'ilay Môsià voatonona voalohany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Tokony ho 80 taona talohan'ny nahalasa ho mpanjaka an'i Môsià dia nisy lehilahy iray nantsoina hoe Zenifa nitarika andiana Nefita iray avy any Zarahemlà mba hiverina hitoetra any amin'ny tanin'i Nefia (jereo ny Ômnia 1:27–30). Ny Môsià 7 dia manazava fa nanome lalana lehilahy iray "matanjaka sy mahery" nantsoina hoe Amôna ( Môsià 7:3) niaraka tamina andian'olona vitsy ny Mpanjaka Môsià mba handeha any amin'ny tanin'i Nefia (izay nantsoina hoe tanin'i Lehia-Nefia indraindray) ka nahafantatra ny niafaran'ny andiany notarihin'i Zenifa. Nahita ny taranaky ny vahoakan'i Zenifa i Amôna, izay i Limia zafikelin'i Zenifa no mpitarika azy ireo teto. Nitondra fanantenana ho an'i Limia sy ny vahoakany ny fahatongavan'i Amôna satria ny fahotan'izy ireo dia namela azy ireo ho eo ambanin'ny fanandevozan'ny Lamanita. Talohan'izany raha niezaka nitady an'i Zarahemlà sy nangataka fanampiana ny andiany iray avy amin'ny vahoakan'i Limia dia nahita takelaka volamena 24 voasokitra teo amboniny izy ireo. Rehefa nanontany an'i Amôna i Limia raha toa ka afaka nandika ireo soratra voasokitra izy dia nanazava i Amôna fa afaka mandika rakitsoratra tranainy ny mpahita toy ny Mpanjaka Môsià.



## Topimaso ny Môsià 7–24


Efa naniry ny ho afaka tamin'ny fahatsapana ratsy, toe-javatra mampijaly, toe-javatra feno olana na misy tsindry, na fahamelohana avy amin'ny fahotana ve ianao? Ny zavatra niainan'ireo vahoaka izay hohalalininao ao amin'ny Môsià 7–24 dia afaka mampianatra anao momba ny fanafahana—ny toerana hikatsahana izany, ny fomba hanasana izany, eny fa na dia ny fomba hiandrasana izany aza. Tadiavo ireo fomba ahafahanao mampihatra eo amin'ny fiainanao manokana ny tantaran'ny vahoakan'i Zenifa sy ny taranany, anisan'izany ny faniriana fanafahana amin'izay zavatra manindry anao.

Alohan'ny handalinana ny Môsià 7 dia hanampy anao ny hahafantatra bebe kokoa ireo karazana dia voarakitra ao amin'ny Môsià 7–24. Ity asa atao manaraka ity dia hanome famintinana ho anao mikasika ireo dia ireo, izay nitranga nandritra ny fotoana teo ho eo amin'ny 80 taona (200 talohan'i J.K. ka hatramin'ny 120 talohan'i J.K.). Ny fampahalalana ao anatin'ireo efitrefitra matromatroka eo amin'ilay tabilao dia manazava ny zava-nitranga teo anelanelan'ireo dia ireo.

| Dia | Iza no nandeha Taiza |
|---|---|
| 1 | Nandeha avy any Zarahemlà nankany amin'ny tanin'i Nefia, izay nanjary nonenan'ny Lamanita i Zenifa sy ny Nefita hafa. Niady an-trano ireo Nefita ireo ary niverina tany Zarahemlà ireo sisa tsy maty (jereo ny Ômnia 1:27–28; Môsià 9:1–2). |
| 2 | Nandao an'i Zarahemlà i Zenifa sy ny hafa ary nitoetra tao amin'ny tanin'i Nefia (jereo ny Ômnia 1:29–30; Môsià 9:3–7). |
| Taorian'ny nahafatesan'i Zenifa dia nanjaka tao anatin'ny faharatsiana i Noà zanany lahy. Nandefa ny mpaminany Abinadia ny Tompo mba hampitandrina ny vahoaka hibebaka. Nankatò ny hafatr'i Abinadia ary nampianatra izany tamin'ny hafa i Almà, izay iray tamin'ireo mpisoron'ny Mpanjaka Noà (jereo ny Môsià 11–18). | |
| 3-4 | Nitsoaka tany amin'ny Ranon'i Môrmôna i Almà ary nitarika andiana mpino iray nankany amin'ny tanin'i Helàma taty aoriana (jereo ny Môsià 18:4–5, 32–35; 23:1–5, 19–20). |
| Nanafika ny vahoakan'i Nôà tany amin'ny tanin'i Nefia ny Lamanita. Voavono i Noà taty aoriana ary nanjaka i Limia zanany lahy. Teo ambany fanandevozan'ny Lamanita ny vahoakan'i Limia (jereo ny Môsià 19–20). | |

| Dia | Iza no nandeha Taiza |
|---|---|
| 4-5 | Naniraka andiana Nefita iray hitady an'i Zarahemlà i Limia. Taorian'ny naha very azy ireo tany an-tany foana dia nahita ny sisa tavela tamin'ny firenena rava iray sy rakitsoratra nosoratana teo ambonin'ny takelaka volamena 24 ilay andiany (jereo ny Môsià 8:7–9; 21:25–27). |
| 6 | Nandeha avy any Zarahemlà hitady ireo izay niverina tany amin'ny tanin'i Nefia i Amôna sy ny olona 15 hafa (jereo ny Môsià 7:1–6; 21:22–24). |
| 7 | Nandositra niala ny Lamanita i Limia sy ny vahoakany ary notarihin'i Amôna sy ny rahalahiny nankany Zarahemlà (jereo ny Môsià 22:10–13). |
| Taorian'ny nitsoahan'ny vahoakan'i Limia dia nandefa tafika nanenjika azy ireo ny Lamanita. Very tany an-tany foana ilay tafika tamin'ny fotoana nahitan'izy ireo an'i Almà sy ny vahoakany tany amin'ny tanin'i Helàma. Nentin'ny Lamanita ho babo izy ireo. Nivavaka nangataka fanampiana mba hitsoaka ny vahoakan'i Almà (jereo ny Môsià 22–24). | |
| 9 | Nanafaka an'i Almà sy ny vahoakany ny Tompo ary nitarika azy ireo nankany Zarahemlà (jereo ny Môsià 24:20–25). |

Apetraho ao anatin'ny faribolana mifanaraka amin'izany eo amin'ny sarintany ny laharan'ny dia tsirairay:



## Môsià 7:1–8:4

***Nahita ny tanin'i Nefia (Lehia–Nefia) i Amôna, ary nilazalaza ny fomba nahatonga ny vahoakany ho babo ny Mpanjaka Limia***

I Amôna sy ny lehilahy matanjaka 15 hafa ao amin'ny Môsià 7 dia niainga avy ao Zarahemlà mba hamantatra izay zavatra nitranga tamin'ilay vahoaka izay notarihin'i Zenifa nankany amin'ny tanin'i Nefia 80 taona talohan'izany (jereo ny Môsià 7:2; jereo koa ny dia 5 eo amin'ny sarintany). Voasambotra sy nalefa tany am-ponja i Amôna sy ireo rahalahiny telo raha vao tonga tany amin'ny tanin'i Nefia ( jereo ny Môsià 7:6–11). Navoaka ny fonja izy ireo roa andro taty aoriana ary nametrahan'ny Mpanjaka Limia, izay zafikelin'i Zenifa, fanontaniana. Vakio ny Môsià 7:12–15 mba hahitana ny fomba nanazavan'i Amôna ny fahatongavany tao amin'ny tanin'i Nefia sy ny fihetsika nasehon'i Limia taminy.

Vakio ny Môsià 21: 2525–26 mba hahatakarana bebe kokoa ny antony naha "faly fatratra" an'i Limia raha nahafantatra ny toerana niavian'i Amôna izy.

> ***Fampiasana ireo Fanovozan-kevitra eny Ambanin'ny Pejy***
>
> Ahitana andinin-tsoratra masina manampy izay mifandray amin'ny soratra masina hafa sy ireo lohahevitra mifandraika amin'izany ao amin'ny fanoroam-pejy sy ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ireo fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy. Ny fampiasana ireo fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy dia afaka manampy anao hahatakatra bebe kokoa ireo fotopampianarana sy fitsipika, ny fizotry ny tantara, ary ireo teny sy foto-kevitra sarotra. Ezaho halalinina ireo fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy ho an'ny andininy maromaro na toko iray eo am-pamakianao ny zavatra ampanaovina anao. Asio marika ireo fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy izay manampy anao indrindra.

Hazavao fohifohy amin'ny alalan'ny fampiasana ny zavatra nianaranao tao amin'ny Môsià 21:25–26 ny antony naha heniky ny fifaliana lehibe an'i Limia rehefa nahafantatra izy fa avy any Zarahemlà i Amôna: ______________

______________

Nahita ny sisa tavela tamin'ny firenena Jaredtia ilay andiany izay nirahin'i Limia hitady fanampiana. Noheverin'izy ireo fa Zarahemlà izany ary ringana ireo Nefita tao (jereo ny dia 4 eo amin'ny sarintany). Hianatra momba ny firenena Jaredita ianao ao amin'ny bokin'i Etera.

Namory ny vahoakany mba hampahafantatra an'i Amôna tamin'izy ireo i Limia. Niresaka momba ny fanandevozan'ny Lamanita azy ireo tamin'ny vahoakany i Limia ary naneho fanantenana fa hanafaka azy ireo tsy ho ela Andriamanitra (jereo ny Môsià 7:17–19). Vakio ny Môsià 7:20, 24–26 ary asio marika ireo antony nahatonga ny vahoakan'i Limia ho lasa teo ambany fanandevozana. (I Abinadia, izay nodoran'ny vahoaka mba ho faty nandritra ny fitondran'ny Mpanjaka Noà ratsy fanahy, talohan'ny nahatongavan'i Amôna tao amin'ny tany no ilay mpaminany voalaza ao amin'ny Môsià 7:26.)



Azonao atao ny manisy marika ilay andian-teny hoe "lehibe ny antony mampitomany antsika" ao amin'ny Môsià 7:24 mba hanampiana anao hahatsiaro fa ny faharatsiana na ny fahotana dia misy vokany. Teto dia maro ireo maty rehefa nanafika ny Lamanita ka nentina teo ambany fanandevozana ny vahoaka. Ny hoe mitomany dia midika ho mahatsapa alahelo na fanenenana. Saintsaino vetivety raha toa ka efa nitomany "noho ny fahotana" ianao.

Na dia tsara kokoa aza ny tsy manota dia mitondra anao akaik'Andriamanitra kokoa ny fianarana avy amin'ny fahadisoanao, ny fitodihana any amin'Andriamanitra mba hahazo fanampiana, ary ny fibebahana. Vakio ny Môsià 7:29–32 ary mitadiava porofo bebe kokoa izay maneho fa takatr'i Limia ny fifandraisana misy eo amin'ny faharatsian'ny vahoakany sy ny fahoriana niainan'izy ireo. (Ny hoe "hijinja ny akofa" ao amin'ny andininy 30 dia midika hoe mandray zavatra tsy misy ilàna azy; ny hoe "hijinja ny rivotra avy any atsinanana" ao amin'ny andininy 31 dia midika hoe hofongorana.)

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Amin'ny fomba ahoana avy no ahafahan'ireo vokatry ny fahotana manampy antsika eo amin'ny fiainantsika? Ahoana no hampiharantsika ny zavatra nianarantsika ka tsy hamerina intsony ilay fahotana?

**b.** Nahoana no zava-dehibe ny mahafantatra sy miaiky ny halehiben'ny fahotantsika? Nahoana no zava-dehibe ny mahatsapa alahelo araka an'Andriamanitra amin'ireo fahotana ireo? (jereo ny 2 Korintiana 7:10; ny alahelo araka an'Andriamanitra dia fahafantarana lalina fa nanafintohina ny Raintsika any An-danitra ny zavatra nataontsika). Nahoana no zava-dehibe ny tsy manemotra ny fanekena sy ny fahatsapana alahelo noho ny fahotantsika?

Rehefa avy nanazava tamin'ny vahoakany ny mahalehibe ny fahotan'izy ireo i Limia dia namporisihany hanao zavatra maromaro izy ireo. Asio marika ny zavatra nasain'i Limia nataon'ny vahoakany ao amin'ny Môsià 7:33.

Ianarantsika avy amin'ny zavatra niainan'ny vahoakan'i Limia fa ny **fanekena ny fahotantsika sy fahatsapana alahelo araka an'Andriamanitra noho izany dia afaka mitarika antsika hitodika amin'ny Tompo hahazo fanafahana.**

Alaivo sary an-tsaina hoe mahatsapa fanenenana noho ny fahotany ny namanao iray na olona iray ao amin'ny fianakavianao ary maniry marina ny hibebaka sy hitodika amin'ny Tompo izy, saingy tsy fantany tsara ny fomba hanaovana izany. Vakio ny Môsià 7:33 ary avereno jerena ireo andian-teny izay mampianatra ny fomba "[hitodihana marina] amin'ny Tompo."

**2.** Manorata taratasy ao anatin'ny diary fandalinana ny soratra masina ho an'ity namanao na olona ao amin'ny fianakavianao ity izay mampianatra azy ny fomba hitodihana amin'ny Tompo. Zarao ireo andian-teny telo avy ao amin'ny Môsià 7:33 izay hitanao, ary hazavao ny hevitry ny andian-teny tsirairay amin'ny alalan'ny (1) fanoratana izany amin'ny teninao manokana na (2) fanomezana ohatra iray amin'izay asa na fihetsika mety ho hitantsika eo amin'ny fiainan'ny olona iray izay miezaka mampihatra izany andian-teny izany.

Saintsaino raha toa ka misy fahotanao izay tsy mbola nibebahanao ka mety mahatonga alahelo sy fanenenana ho anao sy ireo olon-tianao. Nanome izao torohevitra manaraka izao momba ny fanombohana ny dingan'ny fibebahana ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Halalino sy saintsaino ny hamaritra ny halehiben'ny hamaritan'ny Tompo ny fandikan-dalàna nataonao. Hitondra alahelo sy fanenenana manasitrana izany. Hitondra faniriana amin-kitsimpo ny mba hiova ihany koa izany ary fahavononana hanoa amin'izay rehetra takiana ho famelankeloka" ("Finding Forgiveness," *Ensign,* mey 1995, 76).

## Môsià 8:5–21

### *Nahafantatra ny amin'ireo takelaka 24 an'ny Jaredita i Amôna ary niresaka momba ny mpahita iray izay afaka mandika izany tamin'i Limia*

Ampahatsiahivo avy amin'ny dia faha 4 eo amin'ny sarintany tany am-piandohan'ity lesona ity fa ireo vahoaka izay niezaka nitady ny lalana mankany Zarahemlà dia nahita ny sisa tavela tamin'ny firenena iray manontolo izay fongana. Nahita takelaka volamena 24 izay nentin'izy ireo niverina tany amin'i Limia ihany koa izy ireo (jereo ny Môsià 8:5–9). Nanontany an'i Amôna i Limia raha toa ka nahafantatra olona nanana fahafahana handika ireo takelaka ireo izy (jereo ny Môsià 8:12). Nanazava i Amôna fa misy olona vitsivitsy izay afaka omena fahefana avy amin'Andriamanitra mba handika teny. Vakio ny Môsià 8:13 ary asio marika ny anarana niantsoan'i Amôna ireo izay manana ity fahaiza-manao ity.

Nanazava i Amôna fa i Môsià, izay mpanjaka Nefita any Zarahemlà dia mpahita iray. Vakio ny Môsià 8:16–18 ary asio marika ireo fahaiza-manao omena ny mpahita ankoatra ny fahefana handika teny.

Mampianatra ireo andininy ireo fa **manome mpaminany, mpahita ary mpanambara ho tombontsoan'ny olombelona ny Tompo.** Amin'izao fotoana izao dia mpaminany, mpahita ary mpanambara ny mpikambana tsirairay ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.

Nampianatra ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa: "Ireo lehilahy 15 izay tohanantsika ho mpaminany, mpahita ary mpanambara ireo dia nomena hery avy amin'Andriamanitra mba hahita izay tsy hitan'ny [hafa] indraindray" ("Beware of the Evil behind the Smiling Eyes," *Ensign* na *Liahona,* mey 2005, 47).

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana araka ny hevitrao no fahendrena ny mihaino ireo izay afaka mahita zavatra tsy hitanao?

**b.** Ahoana no nahazoana tombontsoa avy tamin'ny fihainoana mpaminany, mpahita ary mpanambara maoderina?



**d.** Inona avy ireo fomba ahafahanao mianatra avy amin'ireo mpaminany, mpahita ary mpanambara maoderina?

**4.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 7–8 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

**FIZARANA 12: DAY 2**

# Môsià 9–10

## Fampidirana

Nandritra ny fitondran'ny Mpanjaka Benjamina dia nitarika andiana Nefita iray avy tany Zarahemlà mba hanorim-ponenana teo anivon'ny Lamanita tany amin'ny tanin'i Nefia i Zenifa. Koa satria nanao drafitra ny hitondra ny vahoakan'i Zenifa ho amin'ny fanandevozana ny mpanjakan'ny Lamanita dia navelany hijanona izy ireo. Nitarika tamin'ny ady taty aoriana ny fomban-drazana diso sy ny fankahalan'ny Lamanita ny Nefita. Rehefa nikatsaka ny hitondra azy ireo ho amin'ny fanandevozana ny Lamanita dia nitodika tamin'ny Tompo, izay nampahery sy nanampy azy ireo handroaka ny Lamanita tamin'ny tanin'izy ireo, ny vahoakan'i Zenifa.

### Môsià 9:1–13

*Nitarika andiana Nefita hiverina tany amin'ny tanin'i Nefia i Zenifa*

Efa naniry zavatra iray mafy dia mafy ve ianao? Androany ianao dia hianatra momba ny lehilahy iray izay naniry zavatra iray mafy dia mafy sy ny vokatry ny fanatanterahany ny faniriany.

Jereo ilay sarintanin'ny dia avy amin'ny lesona farany. Tadidinao ve ny dian'i Amôna rehefa nahita an'i Limia sy ny vahoakany izy? Sokafy ao amin'ny Môsià 7–8 ny soratra masinao ary jereo ny daty nitrangan'ireo zava-niseho ao amin'ireo toko ireo (izany dia hita eo ambanin'ny pejy na eo amin'ny sasintenin'ny toko). Ampitahao amin'ny daty miaraka amin'ny Môsià 9:1 izany. Firy taona no hiverenantsika eo anelanelan'ny Môsià 8 sy ny Môsià 9?

Vakio ny fampidirana nataon'i Môrmôna ho an'ny rakitsoratr'i Zenifa mialoha ny Môsià 9 Nitarika andiana Nefita iray hiverina tany amin'ny tanin'i Nefia i Zenifa, raiben'i Limia. Tena naniry mafy zavatra iray izy hany ka mety tsy nolanjalanjainy hoe hitondra azy ho aiza ny faniriany. Vakio ao amin'ny Môsià 9:1–4 ny momba ny zavatra nataon'i Zenifa hahazoana izay niriany. (Ny hoe "maniry mafy" dia midika hoe tsindrindaona mafy na tena liana mafy amin'ny zavatra iray.)

> **Daty ao amin'ny Soratra Masina**
>
> Makà fotoana hijerena ireo daty ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Ny fahafantarana tsara ireo daty ireo (izay hita eo ambanin'ny pejy na ny sasintenin'ny toko) dia hanampy anao hahatakatra tsara kokoa ny fifanesen'ireo zavatra nitranga izay halalininao.

Ny faniriana mafy nananan'i Zenifa dia nitarika azy ho voafitaky ny mpanjaka Lamanita. Vakio ny Môsià 9:5–7, 10 mba hahitana ny vokatry ny faniriana mafy nananan'i Zenifa.

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no tsy tsikaritr'i Zenifa noho ny faniriany mafy hahazo ny tanin'i Nefia?

**b.** Inona avy ireo ohatra amin'ny andro maoderina amin'ny zavatra mety irian'ny zatovo mafy mba hotratrarina?

**d.** Inona araka ny eritreritrao ireo loza avy amin'ny fitaredrehana amin'ny fahatsiarovana ny Tompo rehefa manao safidy eo amin'ny fiainanao ianao?

Nanjary niroborobo fatratra ny vahoakan'i Zenifa 12 taona taty aoriana. Nanjary nihasosotra ny mpanjaka Lamanita fa tsy ho afaka ny hitondra azy ireo ho amin'ny fanandevozana araka ny drafitra nataony tany am-boalohany izy, ka noho izany dia nanomana ny vahoakany handeha hiady tamin'izy ireo ny mpanjaka (jereo ny Môsià 9:11–13).

### Môsià 9:14–10:22

*Nanandrana nitondra ny vahoakan'i Zenifa ho amin'ny fanandevozana ny Lamanita*

Asio faribolana ireo lafin-javatra eo amin'ny fiainanao izay tianao hahazoana fanampiana bebe kokoa na tanjaka bebe kokoa: fianarana any an-tsekoly, fanoherana fakam-panahy, fifandraisana amin'ny namana, fitantanana, asa, fifandraisana amin'ny olona ao amin'ny fianakaviana, fampitomboana talenta sy fahaiza-manao.

Rehefa mandalina ny Môsià 9–10 ianao dia mitadiava fitsipika iray izay hanampy anao hahatakatra ny zavatra tokony hatao mba hahazoana tanjaka bebe kokoa amin'ireo lafin-javatra eo amin'ny fiainanao ireo. Mirakitra rakitsoratra mahakasika fotoana roa samy hafa ny

Môsià 9–10, izay fotoana nahatongavan'ny Lamanita mba hiady tamin'i Zenifa sy ny vahoakany.

**2.** Adikao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity tabilao manaraka ity ka mamelà toerana malalaka tsara eo ambanin'ny andinin-tsoratra masina tsirairay mba hanoratana valinteny iray. Halalino ireo andininy voalaza ary tadiavo ny zavatra nataon'ny vahoakan'i Zenifa sy ny Lamanita mba hahazoana tanjaka. Fenoy amin'ny fampahalalana hitanao ilay tabilao.

| | Inona no nataon'ny vahoaka mba hiomanana? | Inona no nataon'izy ireo mba hametrahany ny fitokisany tamin'ny Tompo? | Inona no vokatr'izany? |
|---|---|---|---|
| Zenifa sy ny vahoakany | Môsià 9:14–16 | Môsià 9:17 | Môsià 9:18 |
| Ny Lamanita | Môsià 10:6–8 | Môsià 10:11 | Môsià 10:19–20 |

- Inona ireo fitoviana hitanao eo amin'ny fomba nanomoran'ny vahoakan'i Zenifa sy ny Lamanita ilay ady? ______________________________

- Inona ireo fahasamihafana hitanao eo amin'ny fomba nanomoran'ny vahoakan'i Zenifa sy ny Lamanita ilay ady? ______________________________

Lesona iray ianarantsika avy amin'ny Môsià 9:17–18 ny hoe: **Hampatanjaka antsika ny Tompo rehefa manao ny zavatra rehetra azontsika atao isika ary mametraka ny fitokisantsika Aminy.**

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Amin'ny lafin-javatra inona eo amin'ny fiainako no ahafahako mahatoky ny Tompo bebe kokoa sy mangataka Azy hampatanjaka ahy?

**4.** Asio marika ireo andalana telo voalohany ao amin'ny Môsià 9:18. Dia asaivo mizara traikefa iray aminao momba ny fotoana nangatahany fanampiana tamin'ny Tompo sy nahatsapany ho nampatanjahany ny olon-dehibe azo itokisana iray (ray na reny na mpitarika ao amin'ny Fiangonana na mpampianatra iray). Henoy ny zavatra nataon'izany olona izany hahazoana ny herin'ny Tompo. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nianaranao.

Efa tezitra tamin'ny olona iray ve ianao ka nitana lolom-po—nahatsapa fa tsy afaka hamela na hanadino ny zavatra nataon'izany olona izany? Efa nahalala olona izay toa nankahala anao ve ianao? Talohan'ny nandehanan'i Zenifa sy ny vahoakany hiady fanindroany dia nampianarin'i Zenifa ny vahoakany ny antony nahafeno fankahalana ny Lamanita tamin'ny Nefita. Rehefa mandalina ny tenin'i Zenifa ao amin'ny Môsià 10:11–18 ianao dia mety hanampy ny mahafantatra fa ny dikan'ny hoe nampiaretana ny tsy rariny dia mahatsapa ny tohina na nentina tamin'ny tsy rariny ary ny dikan'ny hoe misafoaka dia hoe tezitra mafy. Halalino ny Môsià 10:11–18 ary tadiavo ny antony nanohizan'ny taranak'i Lamàna sy i Lemoela nankahala ny taranak'i Nefia. Asio marika ireo teny hoe *nampiaretana . . . ny tsy rariny* sy ny hoe *nisafoaka* rehefa mamaky ianao.

Saintsaino ireo fanontaniana manaraka ireto:

- Nahoana no nankahala fatratra ny Nefita ny Lamanita?
- Iza no ratrainao rehefa tezitra na mandà ny hamela heloka ianao?
- Ahoana no hisian'ny fahatezerana sy ny fitanana lolom-po fiantraikany eo amin'ny fianakavianao na amin'ny zanakao izay ho avy?

Vakio ireto traikefa manaraka avy amin'ny Loholona Donald L. Hallstrom ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy ireto, ary tadiavo ny zavatra asainy ataontsika rehefa mahatsapa ho tohina na tezitra amin'ny olona iray isika:



"Taona maro lasa izay dia nahita zavatra nahavaky fo aho—izay lasa nivadika zava-doza. Efa ho tonga ny fotoana hahaterahan'ny zanaka voalohan'ny mpivady mbola tanora iray izay. Feno fanantenana sy fientanentanana ny amin'izany zavatra lehibe hitranga izany ny fiainan'izy ireo. Nisy ny fahasarotana teo am-piterahana ka maty ilay zaza. Nivadika alahelo ilay zavatra nahavaky fo, nivadika hatezerana ilay alahelo, nivadika fanomezantsiny ilay hatezerana ary ilay fanomezan-tsiny dia nivadika famaliana ho faty an'ilay dokotera izay nampangaina ho tompon'andraikitra tanteraka. Lasa tafiditra lalina tao anatin'izany ny ray aman-dreny sy ireo olona hafa tao amin'ny fianakaviana ary niaraka nikatsaka ny hanimba ny lazan'izany dokotera izany sy ny asany izy ireo. Rehefa feno lolompo nandritra ny herinandro maro ary avy eo nandritra ny volana maromaro ilay fianakaviana dia niitatra tany amin'ny Tompo izany lolompo izany. 'Nahoana no navelany hiseho izao zavatra mahatsiravina izao?' Nolavin'izy ireo ny ezaka niverimberina nataon'ireo mpitarika sy mpikambana tao amin'ny Fiangonana mba hankahery azy ireo arapanahy sy ara-pihetsehampo ary avy eo dia nandao ny Fiangonana izy ireo. Taranak'ilay fianakaviana efatra nifandimby ankehitriny no nitaty ny vokatr'izany zavatra izany. Raha toa ka finoana sy fanoloran-tena ho an'ny Tompo no nisy taloha dia tsy misy asa ara-panahy

ataon'ireo olona ao amin'ny fianakaviana intsony tao anatin'ny folo taona mahery izay. . . .

"Nanan-janaka roa ny ray aman-drenibeko avy amin'ny raiko, lahy iray (ny raiko) ary vavy iray. . . . [Ny zanak'izy ireo vavy dia] nanambady tamin'ny 1946 . . . ary bevohoka efa-taona taorian'izany. . . . Tsy nisy nahafantatra hoe kambana no tao an-kibony. Indrisy fa samy maty izy sy ireo zaza kambana tamin'ny niterahany.

"Tena vaky ny fon'ireo ray aman-drenibeko. Ny alahelon'izy ireo anefa dia tonga dia nampitodika azy tany amin'ny Tompo sy ny sorompanavotany. Izy ireo dia tsy nijanona tao anatin'ny fametraham-panontaniana hoe, nahoana no nitranga izao, na iza no omena tsiny, fa nifantoka kosa tamin'ny fananana fiainana marina izy ireo. . . .

"Ny fahatokian'[ireo ray aman-drenibe ireo], indrindra rehefa niatrika fahasarotana dia nisy fiantraikany teo amin'ny taranaka efatra nifandimby taty aoriana izao. Nisy fiantraikany nivantana sy lalina tamin'ny zanany lahy (ny raiko) sy ny reniko ny fahafatesan'ilay zanany vavy izay zanany farany, vokatry ny fahasarotana niseho teo am-piterahana. . . . Noho ilay ohatra efa hitany tany amin'ireo taranaka teo aloha dia —tsy nihambahamba —ny ray aman-dreniko nitodika tany amin'ny Tompo mba hahazo fankaherezana. . . .

Raha toa ka mahatsapa ianao fa nanaovan'ny olona ratsy—nataon'ny olona iray (olona iray ao amin'ny fianakaviana, na namana, na mpikambana iray ao amin'ny Fiangonana na mpiara-miasa), na avy tamin'ny alalan'ny zavatra iray (fahafatesan'ny olon-tiana iray na olana ara-pahasalamana, na olana ara-bola na fampijaliana na fiankinan-doha amin'ny fandraisan-javatra iray)—dia tonga dia atreho izany miaraka amin'ny hery rehetra anananao. . . . Ary mitodiha any amin'ny Tompo tsy misy hatak'andro. Ampiharo ny finoanao Azy rehetra. Hifampizarao Aminy ny filanjana ny enta-mavesatrao. Avelao ny fahasoavany hanamaivana ny enta-mavesatrao. . . . Aza avela hampandringa anao ara-panahy velively ny zava-miseho ara-nofo" ("Mitodiha any amin'ny Tompo," *Ensign* na *Liahona,* mey 2010, 78–80).

Jereo fa nisy fiantraikany tamin'ny taranaka maro ny fahatezerana sy ny fahatafintohinana ao amin'ireo ohatra momba ny Lamanita sy ny fianakavian'ireo mpivady vao izay namoy ny zanak'izy ireo voalohany.

**5.** Mieritrereta fotoana iray izay nanananao fahatsapana fa nampiaretana ny tsy rariny na hatezerana tamin'ny olona iray? Manana ireo fahatsapana ireo ve ianao amin'izao fotoana izao? Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no ahafahako mahazo fanampiana amin'ireo ezaka ataoko mba hamela heloka?

**b.** Ahoana no hanarahako ny ohatra nasehon'ny raibe sy reniben'ny Loholona Hallstrom ary mampihatra ilay toroheviny izay hita ao amin'ilay andalan-tsoratra farany ao amin'ny teny nataony eo amin'ny fiainako androany?

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 9–10 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 12: ANDRO 3

# Môsià 11–14

## Fampidirana

Nankafy fatratra ny fiainana tsy tan-dalàna ny Mpanjaka Noà ary nitarika olona maro tamin'ny vahoakany ho amin'ny faharatsiana. Nandefa ny mpaminany Abinadia ny Tompo mba hiantso ny olon'i Noà ho amin'ny fibebahana sy hampitandrina azy ireo ny amin'ny fanandevozana izay efa akaiky hitranga. Nisafidy tsy hihaino ireo fampitandremana ny vahoaka ary naiditra am-ponja noho ny faminaniany i Abinadia. Rehefa nametra-panontaniana tamin'i Abinadia ireo mpisoron'ny Mpanjaka Noà dia nibedy azy ireo ilay mpaminany noho ny tsy fiainany na fampianarany ny didy. Niaro an'i Abinadia Andriamanitra ary nanome hery azy hamitany ny hafany ho an'ny Mpanjaka Noà sy ireo mpisorony. Nilaza ny tenin'i Isaià i Abinadia sady nijoro ho vavolombelona ny amin'ny ilan'ny olon-drehetra miantehitra amin'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany.

### Môsià11:1–19

*Nitarika ny vahoakany ho amin'ny faharatsiana ny Mpanjaka Noà*

Saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no ho ataonao raha toa ka milaza aminao ny ray aman-dreninao na ny mpiantoka anao na ny mpitarika iray fa mitaona anao ho amin'ny ratsy ny sasany amin'ireo namanao?
- Inona no ho ataonao raha toa ka mangataka aminao mba hanao fitafy mendrika kokoa ho an'ny fivoriampiangonana na ireo zavatra hafa ato am-piangonana ny ray aman-dreninao na ny mpitarika iray ato ampiangonana?

- Inona no ho ataonao raha toa ka nilaza ny mpaminany fa mila manova ny fitsipiky ny fialambolinao ianao?

Mety ho samy hafa ny fihetsiky ny olona amin'ireo fanontaniana etsy ambony ireo. Eo am-pandalinanao ity lesona ity dia jereo ny fihetsika tian'ny Tompo hasehonao amin'ireo olona irahiny mba hanampy anao hiaina amim-pahamarinana.

Rehefa miomana handalina ny Môsià 11 ianao dia mety hanampy ny mahafantatra fa taorian'ny nahafatesan'i Zenifa dia nitondra ny Nefita izay tany amin'ny tanin'i Nefia i Noà zanany lahy. Vakio ny Môsià 11:1–2, 5–7, 14–19 ary asio marika ireo teny na andian-teny izay mamaritra ny zavatra nataon'i Noà sy ny zavatra nokatsahiny taorian'ny nahatongavany ho mpanjaka. Dia vakio avy eo ny Môsià 11:2, 6–7, 15, 19 ary asio marika amin'ny loko hafa (raha azonao atao) ny fiantraikan'ny zavatra nataon'i Noà teo amin'ny vahoaka tao amin'ny fanjakana.

Ireo andininy ireo dia maneho ny fomba hitaoman'ny namantsika antsika eo amin'ny zavatra ataontsika. Saintsaino ny fitaoman'ireo namanao anao amin'ny safidy izay ataonao. Saintsaino vetivety ny zavatra ataon'ny olona amin'izao tontolo ankehitriny izao ka azo ampitahaina amin'ny hoe miasa "fatratra tokoa mba hanohana helo[ka]" (Môsià 11:6).

## Môsià 11:20–12:17

### *Namporisika ny vahoaka mba hibebaka sy nampitandrina azy ireo amin'ny fanandevozana i Abinadia*

Na dia nisafidy ny faharatsiana aza ny Mpanjaka Noà sy ny vahoakany dia mbola tia azy ireo ihany ny Tompo ary te hanampy azy ireo. Vakio ireo andalana efatra voalohany ao amin'ny Môsià 11:20 ary tadiavo ny zavatra nataon'ny Tompo mba hanampiana ny vahoak'i Noà.

Soraty ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Môsià 11:20 ity fahamarinana manaraka ity: **Nandefa mpaminany hanampy antsika hibebaka sy hiala amin'ny fahoriana Andriamanitra.**

Nandidy an'i Abinadia indroa miantoana ny Tompo mba hampitandrina ny vahoaka.

**1.** Adikao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity tabilao manaraka ity ary mamelà faritra malalaka eo ambanin'ny andinin-tsoratra masina tsirairay mba hanoratana famintinana. Halalino ireo andininy voalaza ary manorata famintinana momba ny fampitandreman'i Abinadia sy ny fihetsiky ny vahoaka.

| | Ny hafatr'i Abinadia | Ny Fihetsiky ny Vahoaka |
|---|---|---|
| Fampitandremana Voalohany | Môsià 11:20–25 | Môsià 11:26–29 |
| Fampitandremana Faharoa | Môsià 12:1–8 | Môsià 12:9–10, 13–17 |

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka momba ny fihetsiky ny vahoaka tamin'ny fampitandreman'i Abinadia ireto:

**a.** Nahoana ireo vahoaka no naneho hatezerana tamin'i Abinadia, izay niezaka ny hanampy azy ireo araka ny eritreritrao? Araka ny hevitrao, nahoana izy ireo no niaro ny Mpanjaka Noà, izay nitarika azy ireo tamin'ny fahoriana?

**b.** Jereo ilay andian-teny hoe "nohajambaina ny mason'ny olona" ao amin'ny Môsià 11:29. Inona ireo ohatra amin'ny fitondrantena sy ny fitaomana izay inoanao fa hiasan'i Satana ampiniavana tokoa mba hahatonga ny olona tsara ho lasa jamba eto amin'izao tontolo ankehitriny izao?

**d.** Inona no azonao atao hampisehoana fanetrentena rehefa mamporisika anao hanaraka ny tenin'Andriamanitra ny olona ao amin'ny fianakavianao sy ireo mpitarika ato am-piangonana ary ireo mpaminany?

## Môsià 12:18–13:26

### *Niaro an'i Abinadia Andriamanitra rehefa nibedy ny Mpanjaka Noà sy ny mpisorony noho ny tsy fankatoavany sy ny tsy fampianarany ny didy izy*

Alohan'ny hanohizanao ny fandalinana ny Môsià 12 dia refeso amin'ny mari-drefy 1 ka hatramin'ny 10 (10 no hoe manaiky tanteraka) ny tenanao mikasika ny fomba hamaritan'ireto teny ambara manaraka ireto anao izao ankehitriny izao:

_____ Fantatro izay tokony hataoko mba hiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

_____ Miaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy aho.

Rehefa mianatra momba ny Mpanjaka Noà sy ny mpisorony ianao dia saintsaino hoe hatraiza ny *fahafantaran'* izy ireo sy ny *fiainan'* izy ireo ny didy. Taorian'ny namoahan'i Noà an'i Abinadia avy ao am-ponja dia nanomboka nametra-panontaniana tamin'i Abinadia momba ny soratra masina ny mpisorona. Vakio ny Môsià 12:26–30 ary asio marika ny zavatra nolazain'i Abinadia mba hibedesana an'i Noà sy ny mpisorony.

Araka ny eritreritrao dia mety ho aiza eo amin'ny mari-drefy 1 ka hatramin'ny 10 no misy an'i Noà sy ny mpisorony raha refesina ny fahaizany sy ny fiainany



ny didy? Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe mampilofo ny fontsika amin'ny fahalalana? (Jereo ny Môsià 12:27.) Jereo ao amin'ny Môsià 12:33 ary tsipiho ny fitsipika iray izay milaza ny antony maha zavadehibe ny *miaina* ireo didy.

Nanambara ity fahamarinana ity i Abinadia: **Hovonjena isika raha toa ka mitandrina ny didin'Andriamanitra.** Nahoana ny *fahalalana* ny fomba hiainana no tsy ampy mba hahatonga antsika ho mendrika ny famonjena? ________________________________

________________________________________

Nilaza tamin'ny Mpanjaka Noà sy ny mpisorony i Abinadia fa tsy niaina na nampianatra ny didy izy ireo, ary nanomboka nitanisa ireo Didy Folo izy. Nampahatezitra ny mpanjaka izany ka dia nanome didy izy ny hamonoana an'i Abinadia. Niaro an'i Abinadia Andriamanitra ary nanome azy hery hanohy hampianatra momba ny Didy Folo. Azonao atao ny manisy marika sy laharana azy ireo ao amin'ny Môsià 12:35–36 sy ny Môsià 13:12–24. Ity tabilao manaraka ity dia hanampy anao hahafantatra ny tsirairay amin'ireo Didy Folo:

| Nampianatra ny Didy Folo i Abinadia |
|---|
| 1. Môsià 12:35 |
| 2. Môsià 12:36; 13:12–13 |
| 3. Môsià 13:15 |
| 4. Môsià 13:16–19 |
| 5. Môsià 13:20 |
| 6. Môsià 13:21 |
| 7. Môsià 13:22 |
| 8. Môsià 13:22 |
| 9. Môsià 13:23 |
| 10. Môsià 13:24 |

Nanakiana mafy an'i Noà sy ny mpisorony i Abinadia noho ny tsy fitandremana ny Didy Folo ka nilaza hoe:

“tsapako fa tsy voasoratra ao am-ponareo izany” (Môsià 13:11). Mba hanampiana anao hieritreritra momba ny hoe hatraiza no fiainanao ny Didy Folo dia fenoy ity tombantombana manaraka momba ny tenanao ity:

| **Ireto teny manaraka eto ambany ireto dia afaka milaza hoe hatraiza no maha-voasoratra ao am-ponao ny Didy Folo. Asio marika hoe im-piry ireo teny ireo no marina aminao.** | Tsia amin’ny ankapobeny | Indraindray | Amin’ny ankamaroan’ny fotoana | Eny amin’ny ankapobeny |
|---|---|---|---|---|
| Tiako ny Raiko any An-danitra. | | | | |
| Apetrako ho lohalaharana eo amin’ny fiainako Andriamanitra (alohan’ny namako, ny fialamboliko, ny fananako, ny faniriako manokana, ary ireo zavatra hafa). | | | | |
| Manonona ny anaran’ny Tompo amin’ny fanajana lalina aho. | | | | |
| Mitandrina ny Sabata ho masina aho amin’ny alalan’ny fandraisana anjara amin’ny zavatra atao izay mampanakaiky ahy bebe kokoa amin’ny Tompo; manaiky aho fa androny izany fa tsy ahy. | | | | |
| Manaja ny ray aman-dreniko aho amin’ny alalan’ny fankatoavana sy fanajana. | | | | |
| Mifehy ny hatezerako aho ary tsy manao herisetra amin’ny hafa. | | | | |
| Madio ara-pitondrantena aho. Manalavitra ireo sary sy fiteny ary fihetsika mamoha ny filan-dratsy aho. | | | | |
| Hatsahatro ny fangalarana sy ny famitahana. | | | | |
| Milaza ny marina aho. | | | | |
| Ialako ny fitsiriritana (izay midika hoe maniry zavatra iray izay fananan’ny olona hafa amin’ny fomba tsy mendrika). | | | | |

**3.** Avereno jerena ireo valinteninao ary mametraha tanjona mba hiaina amin’ny fomba tsara kokoa ny iray amin’ireo Didy Folo. Soraty ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina ny tanjonao.

## Môsià 13:27–14:12

### *Nampianatra momba ny fahatongavan’i Jesoa Kristy i Abinadia*

Vakio ny Môsià 13:28, 32–35 ary asio marika ireo teny na andian-teny izay afaka mameno izao teny manaraka nolazain’ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo izao: “Aorian’ny fankatoavantsika sy ny asantsika rehetra dia tsy afaka ho voavonjy amin’ny fahafatesana na ny vokatry ny fahotan’ny tenantsika manokana isika raha tsy misy

______________________________________________

______________________________________________.”

Mivaky toy izao ilay teny nolazain’ny Loholona Oaks raha amin’ny endriny feno: “Aorian’ny fankatoavantsika sy ny asantsika rehetra dia tsy afaka ho voavonjy amin’ny fahafatesana na ny vokatry ny fahotan’ny tenantsika manokana isika raha tsy misy ny famindram-po izay atolotry ny sorompanavotan’i Jesoa Kristy” (“Another Testament of Jesus Christ,” *Ensign,* mar. 1994, 67).

Azonao soratana eo akaikin’ny Môsià 13:28 ity fahamarinana ity: **Tsy misy afaka ny ho voavonjy raha tsy amin’ny alalan’ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy.**

Mandania minitra vitsivitsy handalinana ny Môsià 14:1–12 ary asio marika ireo teny sy andian-teny izay mamaritra ny zavatra nataon’i Jesoa Kristy teto ambonin’ny tany mba hanampiana anao hiverina hody any amin’ny Rainao any An-danitra. Eritrereto ny fahoriana sy ny alahelo ary ny fahotana izay niaretan’i Jesoa Kristy ho anao. Ireto andininy ireto dia mitovy amin’ny Isaià 53:1–12. Nilaza ny zavatra nosoratan’i Isaià i Abinadia ( jereo ny Môsià 14:1).

**4.** Soraty ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hanazavanao amin’ny namana iray ny zavatra ampianarin’ny Môsià 14:4–5 momba an’i Jesoa Kristy.

**5.** Soraty eo ambanin’ny asa nampanaovina androany ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 11–14 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin’ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

## FIZARANA 12: ANDRO 4

# Môsià 15–17

## Fampidirana


Mitohy ao amin'ny Môsià 15–17 ny rakitsoratra momba ny fitorian'ny mpaminany Abinadia tamin'ny Mpanjaka Noà sy ny mpisorony. Nijoro ho vavolombelona ny amin'ny anjara asan'i Jesoa Kristy amin'ny maha-Mpanavotra antsika izy. Nino an'i Abinadia i Almà izay iray tamin'ireo mpisoron'i Noà. Noroahin'ny Mpanjaka Noà hiala ny lapan'ny fitsarany i Almà ary nasainy nodorana mandra-pahafatiny i Abinadia. Nahatoky tamin'Andriamanitra tamin'ny toe-javatra rehetra i Abinadia.

### Môsià 15–16

*Nampianatra momba ny anjara asan'i Jesoa Kristy amin'ny maha-Mpanavotra antsika i Abinadia*

Makà minitra vitsy hitadiavana sy hametrahana ao anaty faribolana ireo teny hoe *manavotra, voavotra,* ary ny hoe *fanavotana* ao amin'ny Môsià 15–16. Ny famerimberenana teny iray ao anatin'ny andian-tsoratra masina iray dia matetika no mampiseho zava-manandanja ao anatin'ny hafatry ny mpanoratra. Rehefa mandalina ianao anio dia jereo ny zavatra nampianarin'i Abinadia momba ny hoe voavotra.

Mba hanampiana anao hahatakatra ny anjara asan'i Jesoa Kristy amin'ny maha-Mpanavotra antsika Azy dia saintsaino ity fanehoana an-tsary manaraka ity:




Alaivo sary an-tsaina hoe nandika lalàna iray ianao ary nomena ny sazy mafy indrindra azon'ny lalàna omena. Mety ho tafiditra ao amin'ny famaizana ny onitra midangana, fotoana any am-ponja, na ny fahafatesana aza. Inona no mety ho tsapanao eo anatrehan'ny sazy toy izany? Afaka mieritreritra fomba ara-dalàna sy marina hialana amin'ireo famaizana ireo ve ianao?

Manorata hoe *Izaho* eo ambanin'ny teny hoe *Mpanao ratsy* ary *Fahamarinana* eo ambanin'ny teny hoe *Famaizana* ao anatin'ilay fanehoana an-tsary. Efa samy nandika ny lalàn'Andriamanitra isika rehetra tamin'ny fotoana iray ary tsy maintsy manefa ny fitakian'ny fahamarinana. Ny fitakian'ny fahamarinana dia mitaky ny mpanota tsirairay handray ny famaizana mifandraika amin'ilay fahotana.



Vakio ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary tsipiho ireo vokatra roan'ny fandikana ny lalàn'Andriamanitra: "Ny fahamarinana . . . dia mitaky ny hanefana ny sazy noho ny lalàna rehetra nodikaina. Rehefa mankato ny lalàn' Andriamanitra ianao dia tahiana, saingy tsy misy tombony raisina azo tehirizina ka afaka hanefa ireo sazy noho ny lalàna nodikainao. Mety hahatonga ny fiainanao ho feno fahoriana sy hanakana anao tsy hiverina any amin'Andriamanitra ny lalàna nodikaina raha toa ka tsy nibebahana izany" ("The Atonement Can Secure Your Peace and Happiness," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2006, 42).

Anisan'ny vokatry ny fandikana ny lalàn'Andriamanitra ny fahoriana sy tsy fahafahana miara-miaina amin'Andriamanitra. Vakio ny Môsià 15:1, 7–9 ary asio marika ireo andian-teny izay mampiseho ny fomba nanefan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny fitakian'ny fahamarinana.

Mampiasà rakibolana ahitana ireo famaritana ho an'ireto teny manaraka ireto:

Manavotra ( Môsià 15:1) ____________________

____________________

Fanalalanana ( Môsià 15:8) ____________________

____________________

Manelanelana ( Môsià 15:9) ____________________

Azonao atao ny manoratra ny ampahany amin'ireo famaritana ireo eo akaikin'ireo andininy.

Indraindray ny olona dia mikorontan-tsaina amin'ny famaritan'i Abinadia an'i Jesoa Kristy ao amin'ny Môsià 15:2–5 amin'ny maha (1) ilay Zanak'Andriamanitra Ray sy amin'ny maha (2) ilay Ray Azy. Ity teny manaraka izay nolazain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity dia manazava ny toetra maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy toy izao: "Rehefa nampianatra i Abinadia dia 'notorontoronina tamin'ny herin'Andriamanitra'i Kristy (Môsià 15:3) ka noho izany dia manana ny herin'ny Ray ao anatiny. Ankoatr'izay fitohizan'ny fifandraisana masina arapianakaviana izay dia miasa amin'ny maha ilay Ray i Kristy amin'ny maha ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany Azy [jereo ny Môsià15:4], amin'ny maha ilay rain'ny fahaterahantsika indray ara-panahy Azy sy ny famonjena antsika, ary amin'ny maha mahatoky Azy amin'ny fanajana—ka noho izany dia mitaky ny herin'ny—sitrapon'ny Rainy mihoatra noho ny sitrapon'ny tenany" (*Christ and the New Covenant* [1997], 183–84).

Halalino ny Môsià 15:5–7, ary mieritrereta momba ny sarany izay naloan'i Jesoa Kristy mba hanavotana anao na hijoroany ho mpanelanelana anao amin'ny fitakian'ny fahamarinana. Soraty eo amin'ilay fanehoana an-tsary etsy ambony ny hoe *i Jesoa Kristy* eo anelanelan'ny *Mpanao ratsy* sy ny *Famaizana.*

Zava-dehibe ny mahatakatra fa ny Mpamonjy dia tsy manaisotra ireo fitakian'ny fahamarinana fa mijoro kosa eo anelanelantsika sy ny fahamarinana. Raha mibebaka isika dia manefa ireo fitakian'ny fahamarinana Izy amin'ny alalan'ny fakàna ny famaizana eo amin'ny toerantsika.

**1.** Fenoy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto asa atao manaraka ireto:

**a.** Soraty ny hoe *Ireo izay Misafidy ny ho Voavotra (Môsià 15:11–12; 16:13).* Dia vakio avy eo ny Môsià 15:11–1216:13 ary tadiavo ireo izay havotana. Fariparito ny zavatra hitanao.

**b.** Soraty ny hoe *Ireo izay Mandà ny hoavotana (Môsià 15:26–27; 16:2–5, 12).* Dia vakio avy eo ny Môsià 15:26–27; 16:2–5, 12 ary tadiavo ny antony tsy hahavoavotra ny olona sasany. Fariparito ny zavatra hitanao.

**2.** Valio amin'ny alalan'ny fampiasanao ny zavatra nianaranao tao amin'ny asa nampanaovina teo aloha ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no fepetra hahatonga ny fanapahan-kevitra ny amin'izay ho voavotra amin'ny fahotany?

**b.** Inona no zavatra ianaranao avy amin'ny fahasamihafana eo amin'ny "sitrapon' "i Jesoa Kristy ao amin'ny Môsià 15:7 sy ny "sitrapon' "ireo izay manao ratsy ao amin'ny Môsià 16:12?

**Manefa ireo fitakian'ny fahamarinana ho an'ireo rehetra izay hibebaka i Jesoa Kristy.** Ny sarany izay naloan'ny Mpamonjy ho antsika dia fanomezana ho an'ny tena manokana ho an'izay rehetra misafidy ny hibebaka sy hanao ny sitrapon'ny Ray. Vakio ny Môsià 15:10 ary tsipiho ilay andian-teny hoe "hahita ny taranany Izy."



Vakio ny Môsià 15:10–12 sy ity teny manaraka nolazain'ny Loholona Merrill J. Bateman ity, izay mpikambana tao amin'ny Fitopololahy nisaorana tamimboninahitra:

"Ny mpaminany Abinadia . . . dia milaza fa 'rehefa avy natolotra ho fanatitra noho ny fahotany ny fanahiny, dia hahita ny taranany Izy'(Môsià 15:10). Dia nolazain'i Abinadia avy eo fa taranaky ny Mpamonjy ireo mpaminany sy ireo izay manaraka azy ireo. Nandritra ny fotoana maro aho dia nieritreritra ny zavatra niainan'ny Mpamonjy tao amin'ny saha sy teo ambony hazofijaliana izay toerana nametrahana fahotana maro dia maro teo Aminy. Niova anefa ny fijeriko tamin'ny alalan'ny tenin'i Almà, i Abinadia, i Isaià ary ireo mpaminany hafa. Raha toa ka fahotana marobe tsy nahakasika olona iray voafaritra no fahitako izany dia niova ho laharan'olona maro izany, rehefa nahatsapa ny 'fahalementsika' (Hebreo 4:15), 'nitondra ny aretintsika, . . . nivesatra ny fahoriantsika . . . [ary] voalefona noho ny fahadisoantsika' i Jesoa (Isaià 53:4–5).

"Ny sorompavotana dia traikefa manokana sy samirery izay nahatonga an'i Jesoa nahafantatra ny fomba hanampiana ny tsirairay amintsika" ("A Pattern for All," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2005, 75–76).

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe lasa taranak'i Jesoa Kristy? (jereo ny Môsià 15:12.)

**b.** Inona no ataonao mba hahazoana antoka fa isaina ho isan'ny taranak'i Jesoa Kristy ianao?

Azonao atao ny mampihatra ny Môsià 15:10 amin'ny tenanao manokana amin'ny alalan'ny fanoratana ny anaranao eo amin'ny toeran'ny hoe "ny taranany" ao amin'ny ampahan'ilay andininy izay notsipihinao. Saintsaino vetivety ny dikan'ny hoe manana Mpanavotra iray izay nahita sy mahafantatra anao manokana.

Inona avy ireo voka-dratsy avy amin'ny olona iray izay mandà ny ho voavotra? Jereo indray ny Môsià 16:5. Inona no zava-mitranga ao amin'ilay fanehoana an-tsary naseho teo aloha tato anatin'ity lesona ity raha toa ka manohy misisika amin'ny fahotana sy mandà ny hibebaka ilay mpanao ratsy? Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–17 ahitana ny zavatra hitranga amin'ireo izay mandà ny hanaiky ny asa fanavotan'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fibebahana.

Nampianatra i Abinadia fa ny fanavotan'i Jesoa Kristy dia tsy ahitana fotsiny ihany ny fanavotana amin'ny fahotana fa fanavotana amin'ny fahafatesana koa. Hitsangana amin'ny maty daholo ny rehetra; fa hitsangana amin'ny maty alohan'ny hafa ny sasany. Nampiasa ny teny hoe "fitsanganana amin'ny maty voalohany" i Abinadia mba hanazavana fa hitsangana amin'ny maty alohan'ireo mpikomy ny olo-marina sy tsy manan-tsiny (jereo ny Môsià 15:21–22). Ho voavotra amin'ny fahafatesana amin'ny fitsanganana amin'ny maty voalohany ny olo-marina **ary tsy maintsy miandry ny ho hatsangana amin'ny maty mandra-pahatongan'ny Arivotaona ny olon-dratsy** (jereo ny F&F 76:85, 106).

**4.** Saintsaino ireo andininy izay nohalalininao tao amin'ny Môsià 15. Alaivo sary an-tsaina hoe nanana fahafahana hanana iraka hitondra hafatra ho an'ny Mpamonjy ianao. Soraty ny zavatra hosoratanao ao anatin'izany hafatra izany araka izay nataony ho anao.

Te hitondra antsika hiverina eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra ny Mpamonjy. Manelanelana, manalalana ary mitalaho ho antsika Izy. Nanefa ireo fitakian'ny fahamarinana ho antsika ny Mpamonjy raha toa isika ka hibebaka.

## Môsià 17

### *Nino an'i Abinadia i Almà ka dia voaroaka; novonoina i Abinadia*

Efa nahita olona iray niaro ny fahamarinana ve ianao kanefa sarotra ho an'izany olona izany ny nanao izany? Inona no vokatr'izany?

Rehefa namarana ny hafany i Abinadia dia niezaka nandresy lahatra ny mpanjaka ny mpisorona iray nantsoina hoe Almà fa nilaza ny marina i Abinadia ka tokony havotsotra izy. Noroahin'ny mpanjaka i Almà ary nandefa mpanompo hamono azy izy. Niafina i Almà dia nanoratra ny tenin'i Abinadia.

Lehibe ny fiovam-pon'i Almà. Taranaka sy vahoaka maro no voatahy satria noraketiny an-tsoratra ny tenin'i Abinadia. Ho hitanao bebe kokoa ny vokatry ny fiovam-pon'i Almà rehefa mandalina ireo toko manaraka ianao. Nikaondoha nandritra ny telo andro ny mpanjaka sy ireo mpisorony mialohan'ny namoahana ny didy famonoana an'i Abinadia (jereo ny Môsià 17:1–6, 13).

**5.** Mampitaha ny safidy nataon'i Abinadia sy ny Mpanjaka Noà ny Môsià 17:7–10 sy ny Môsià 17:11–12. Aorian'ny fandalinanao ireo andininy ireo dia manomeza valinteny fohy ho an'ireto fanontaniana manaraka ireto ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina:

**a.** Inona tamin'ny teny farany nataon'i Abinadia no nanaitra anao indrindra?

**b.** Nahoana araka ny eritreritrao no nisy fiantraikany toy izany teo amin'ny Mpanjaka Noà ny tenin'i Abinadia?

**d.** Karazana fitaomana toy ny ahoana no nananan'ireo mpisorona tamin'ny Mpanjaka Noà?

**e.** Ahoana no fomba hitaoman'ny ohatr'i Abinadia anao ho **marina amin'Andriamanitra amin'ny toe-java-mitranga rehetra?**

Nanambara ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: " *Aoka ianao ho matanjaka—amin'ny fiarovana ny fahamarinana.* Miaina ao anatin'ny fotoan'ny loza manambana sy ny fironana amin'ny ratsy isika. Ao anatin'ireo toe-javatra mitranga izay atrehantsika isan'andro dia fantatsika izay marina, kanefa dia milavo lefona isika noho ny tsindry avy amin'ny manodidina antsika sy ny feo mamitak'ireo izay te handresy lahatra antsika. Manao fifanarahana misy fandeferana isika. Milavo lefona isika. Manaiky isika ary menatra ny amin'ny tenantsika. . . . Tsy maintsy mikolokolo ilay tanjaka hanarahana ny finoantsika isika" ("Building Your Tabernacle," *Ensign,* nôv. 1992, 52).



Soraty ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Môsià 17:9–12 ny hoe *Afaka ny ho marina amin'Andriamanitra aho amin'ny toe-java-mitranga rehetra.*

**6.** Mba hampiharana ny risim-po ara-tsaina sy ny finoana manokana nananan'i Abinadia amin'ny tenanao dia vakio ny Môsià 17:20 ary fenoy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao fehezan-teny manaraka izao: *Mila marina amin'Andriamanitra aho rehefa . . .*

Eo am-pamaranananao ny lesona androany dia mieritrereta momba ny olona iray ao amin'ny fianakavianao na namana iray izay mety hahazo tombontsoa avy amin'ny fihainoana izay zavatra nianaranao sy tsapanao androany. Zarao aminy raha azo atao izay zavatra nianaranao sy ny fanirianao ho marina amin'ny Tompo mandritra ny fotoan-tsarotra.

**7.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:



*Nandalina ny Môsià 15–17 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 13: ANDRO 1

# Môsià 18

## Fampidirana

Nino ny tenin'ny mpaminany Abinadia sy nibebaka tamin'ny fahotany i Almà izay mpisorona irain'ny Mpanjaka Noà ratsy fanahy. Taorian'ny fahafatesan'i Abinadia dia nampianatra tao amin'ny mangingina momba an'i Jesoa Kristy tamin'ny hafa i Almà. Naniry ny hiditra ny valan'Andriamanitra ireo izay nino an'i Almà. Nanao ny fanekempihavanan'ny batisa tao amin'ny toerana iray nantsoina hoe Ranon'i Môrmôna izy ireo. Eo am-pandalinanao ny Môsià 18 dia tadiavo ny zavatra nampianarin'i Almà mikasika ireo fampanantenana ataonao rehefa atao batisa ianao sy ny zavatra ho ataon'ny Tompo ho anao rehefa mihazona ireo fampanantenana ireo ianao.

## Môsià 18:1–16

*Nampianatra sy nanao batisa olona i Almà*

Eritrereto ny batisanao. Inona no tadidinao momba izany traikefa izany? Ahoana no nanomanana anao ho amin'ny batisanao? Inona avy ireo fahatsapana tadidinao momba ny batisanao? Diniho izay mety hankasitrahanao bebe kokoa amin'izao fotoana izao momba ny batisanao raha ampitahaina amin'izay nankasitrahanao tamin'ny fotoana nanaovana batisa anao.

Manampy antsika hahatakatra ny fanekempihavanana ataontsika amin'Andriamanitra amin'ny batisa ny Môsià 18. Ny fanekempihavanana dia "fifanekena amin'Andriamanitra sy ny olona saingy tsy mitovy ny anjara raisiny ao amin'ny fifanekena. Andriamanitra no manome ny fepetran'ny fanekempihavanana ka manaiky ny hanao izay angatahiny ny olona. Ampanantenain'Andriamanitra ho an'ny olona amin'izany ireo fitahiana sasantsasany noho ny fankatoavany"

(Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fanekempihavanana," scriptures.lds.org).

Mba hahitana ny fomba hanampian'ny Môsià 18 antsika hahatakatra ny fanekempihavanan'ny batisa dia asio marika ity famintinana an'ity toko ity: Môsià 18:1–7 Fiomanana ho amin'ilay Fanekempihavanana; Môsià 18:8–16 Fanaovana ilay Fanekempihavanana; Môsià 18:17–30 Fiainana ilay Fanekempihavanana. Azonao atao ny manoratra ny lohahevitra tsirairay (ohatra hoe *Fiomanana ho amin'ilay Fanekempihavanana* ) eo akaikin'ireo andininy mifanaraka amin'izany ao amin'ny soratra masinao.

Vakio ny Môsià 18:1–2, 6–7 ary tadiavo ireo fotopampianarana sy fitsipika nampianarin'i Almà ny vahoaka mba hanampiana azy ireo hiomana amin'ny batisa. Soraty eto amin'ny toerana malalaka eto ambany ny fomba hanampian'ny fahatakarana ny zavatra nampianarin'i Almà ny vahoakany olona iray mba hiomana amin'ny batisa amin'izao fotoana izao: ______________

________________________________________

________________________________________

Mirakitra ny fomba nanampian'i Almà ny vahoakany hahatakatra ireo fampanantenana ho ataon'izy ireo sy horaisin'izy ireo amin'ny alalan'ny fanekempihavanan'ny batisa ny Môsià 18:8–11.

**1.** Ataovy sary ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity tabilao eto ambany ity. Hadihadio ny Môsià 18:8–11 mba hitadiavana ny zavatra nampianarin'i Almà momba ireo fampanantenana ataontsika amin'Andriamanitra (izay zavatra tiantsika hatao) sy ireo fampanantenana ataon'Andriamanitra amintsika rehefa atao batisa isika. Soraty ao amin'ny tsanganana mifanaraka amin'izany ao ao amin'ny tabilaonao ny zavatra hitanao.

| Mampanantena aho | Mampanatena Andriamanitra |
|---|---|
| | |

Iray amin'ireo fitsipiky ny filazantsara mazava ao amin'ny Môsià 18:8–11 ny hoe: **Mandray ny Fanahin'ny Tompo sy ny fampanantenan'ny fiainana mandrakizay isika amin'ny alalan'ny fanaovana sy fitandremana ny fanekempihavanan'ny batisa.**

**2.** Soraty eo ambanin'ilay tabilao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny famintinana ny zavatra nianaranao mikasika ny maha zava-dehibe ny fanaovana sy fitandremana ny fanekempihavanan'ny batisa.

Vakio izao teny manaraka nolazain'ny Loholona Joseph B. Wirthlin tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo izao ary tsipiho ireo fitahiana izay mety ho tonga amintsika rehefa mahatakatra ireo fampanantenana ataontsika sy raisintsika amin'ny batisa isika: "Tsikaritro nandritra ny fiainako fa rehefa lasa mahatakatra tanteraka ireo fitahiana sy ny herin'ny fanekempihavanan'ny batisany ny olona, na mpikambana vaovao izy ireo na efa mpikambana nandritra ny fiainany manontolo, dia misy fifaliana lehibe tonga eo amin'ny fiainan'izy ireo ary manao ny adidiny ao amin'ny fanjakana miaraka amin'ny zotom-po mahataona ny hafa hazoto izy ireo" ("Alma the Elder: A Role Model for Today," in *Heroes from the Book of Mormon* [1995], 84).

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fiantraikan'ny fanekempihavanan'ny batisanao amin'ny fomba fiainanao isan'andro. (Ohatra, saintsaino ny fampanantenana nataonao mba "hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra" rehefa mifandray amin'ny fomba fifandraisanao amin'ny hafa izany, anisan'izany ny fomba fitondranao ireo olona ao amin'ny fianakavianao, ireo zavatra hifampiresahanao amin'ny namanao sy ny olom-pantatrao, ny karazan-teny ampiasainao, ny karazana sarimihetsika na fandaharana amin'ny fahitalavitra izay jerenao, ny mozika henoinao, ireo fifandraisanao ara-piarahamonina sy amin'ny fampiarahana, ary ny fihetsika asehonao amin'ireo izay mitsikera ny finoanao.)

Fakafakao tsara ny Môsià 18:12–16 ary fantaro ireo ohatra ny amin'ny fomba nanatontosan'ny Tompo ny anjarany amin'ilay fanekempihavanana tamin'i Almà sy ny vahoakany taorian'ny batisan'izy ireo. Azonao asiana marika ny zavatra hitanao.

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fotoana iray nahatsapanao fa nitahy anao tamin'ny Fanahiny ny Tompo rehefa nihazona ny fampanantenana nomenao tamin'ny batisa ianao dia ny hanompo Azy.

## Môsià 18:17–30

### *Nanangana ny Fiangonan'i Jesoa Kristy teo anivon'ny vahoaka i Almà*

Impiry ianao no mieritreritra momba ireo fanekempihavanana nataonao tamin'ny batisa sy manavao izany rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo? Impiry ianao no tokony hieritreritra momba izany? Isaky ny inona mazàna no hakanao fotoana hieritreretana ireo fanekempihavanana ireo?



Nampianatra ny maha zava-dehibe ny fitandremana ireo fanekempihavanana nataontsika tamin'ny Tompo ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany: "Vahoakan'ny fanekempihavanana ny Olomasin'ny Andro Farany.

Hatramin'ny andron'ny batisantsika ka hatramin'ireo fotoan-dehibe ara-panahy eo amin'ny fiainantsika dia manome fampanantenana amin'Andriamanitra isika ary manome fampanantenana amintsika Izy. Mitana mandrakariva ireo fampanantenana natolony tamin'ny alalan'ireo mpanompony nomeny lalana Izy, saingy fisedrana goavana eo amin'ny fiainantsika ny mijery raha toa isika ka hanao sy hitandrina ny fanekempihavanantsika Aminy" ("Witnesses for God," *Ensign,* nôv. 1996, 30).

Vakio ny Môsià 18:17–18, 20–23, 27–29 ary tadiavo ny fomba nitandreman'ny mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny andron'i Almà ny fanekempihavanan'ny batisan'izy ireo. Azonao atao ny manisy marika ireo teny na andian-teny miavaka ao amin'ny Môsià 18:22, 26, 30 izay milaza fa **fitahiana lehibe no tonga amin'ireo izay mitandrina ny fanekempihavanan'ny batisany.**

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona no zavatra iray ho ataonao mba hitandremana tsara kokoa ireo fanekempihavanana nataonao tamin'ny batisanao? Ahoana ho fomba hitandremanao izany fanoloran-tena izany?

## Môsià 18:31–35

### *Nitsoaka ny fanenjehan'ny Mpanjaka Noà ireo mpikamban'ny Fiangonana*

Halalino ny Môsià 18:31–33 mba hianarana izay zavatra nataon'ny Mpanjaka Noà tao amin'ny tanànan'i Lehia-Nefia rehefa nahazo ireo fitahiana lehibe teo akaikin'ny Ranon'i Môrmôna i Almà sy ny vahoakany. Vakio ny Môsià 18:34 ary avy eo ny Môsià 23:1–2 mba hahafantarana ny fomba "nampahalalana" an'i Almà ny loza niainan'ny vahoakany.

Soraty eo akaikin'ny Môsià 18:34 ity fahamarinana ity: **Afaka mampitandrina ireo olo-marina ny Tompo rehefa tandindonin-doza izy ireo.**

Vakio izao traikefa manaraka nozarain'ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo izao izay maneho ity fahamarinana ity:



"Rehefa niasa tao amin'ny FBI (biraompanjakana mpanao asa fikarohana) ny namako iray, dia nanao fikarohana mikasika ny fikambanana andian'olona mpanao heloka mitatitra zava-mahadomelina voararan'ny lalàna mankao Etazonia.

"Indray mandeha dia nanatona trano fonenana iray izy sy ny mpiasa iray hafa, trano izay ninoan'izy ireo fa nivarotan'ny lehilahy iray, izay fantatra fa mpivarotra zava-mahadomelina, cocaïne. Nitantara ny zavaniseho ny namako nanao hoe:

" 'Nandondona ny varavaran'ilay mpivarotra zava-mahadomelina izahay. Namoha ny varavarana ilay noahiahiana ho olo-meloka, ary rehefa nahita anay izy dia niezaka nibahana nanafina ny tao an-trano mba tsy ho hitanay. Saingy tara loatra izany fa efa hitanay ilay cocaïne teo ambonin'ny latabany.

" 'Nanomboka nanala avy hatrany ilay cocaïne ny lehilahy iray sy vehivavy iray teo amin'ilay latabatra. Tsy maintsy nanakana azy ireo tsy hanimba ny porofo izahay ka noho izany dia natosiko haingana ho eo amin'ny sisiny ilay mpivarotra zava-mahadomelina noahiahiana, izay nibahana ny varavarana. Rehefa natosiko izy dia nifanena ny masonay. Nahagaga fa toa tsy tezitra na natahotra izy. Nitsiky tamiko izy.

" 'Ny masony sy ny tsikiny izay toa nanaisotra ny maha meloka azy dia nahatonga ahy nihevitra fa tsy hanao na inona na inona aminay izy, noho izany dia navelako izy ary nanomboka nandroso nihazo ilay latabatra aho. Ao aoriako izao ilay olona noahiahiana. Nanana fahatsapana niavaka sy nahery vaika tonga tao an-tsaiko aho tamin'izay fotoana izay hoe: "Mitandrema amin'ny fikasan-dratsy miafina ao ambadik'ireo maso mitsiky."

" 'Nitodika avy hatrany tany amin'ilay noahiahiana aho. Tao anatin'ny paosiny lehibe teo anoloana ny tanany. Nalaiko sy nosintoniko avy ao am-paosiny tsy ampim-pieritreretana ny tanany. Tamin'izay vao hitako, nofeheziny mafy tamin'ny tanany, ilay poleta semi-automatique izay efa voafahana. Zavatra maro be tao anatin'ny fotoana fohy no nitranga taorian'izay, ary noesoriko teny an-tanan'ilay lehilahy ilay fitaovampiadiana.' . . .

". . . Nampitandrina ny namako tamin'ny loza ara-batana ny Fanahy Masina, ary hampitandrina anao amin'ny loza ara-panahy koa ny Fanahy Masina" ("Beware of the Evil behind the Smiling Eyes," *Ensign* na *Liahona,* mey 2005, 46–47).

**6.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo fahatsapana nananana avy tamin'ny Fanahy Masina na ireo zavatra niainana tsaroanao tany amin'ny toerana nampitandremana na niarovana anao tamin'ny loza ara-batana sy ara-panahy, na manorata momba ireo traikefan'ny olona iray fantatrao na zavatra novakinao na henonao.

**7.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 18 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*



FIZARANA 13: ANDRO 2

# Môsià 19–20

## Fampidirana

Taorian'ny nandosiran'i Almà sy ny vahoakany ny miaramilan'ny Mpanjaka Noà dia nanomboka niaritra ireo voka-dratsy nambaran'i Abinadia tamin'ny alalan'ny faminaniana ny vahoaka izay nijanona niaraka tamin'i Noà. Ny tantaran'ny Nefita tany amin'ny tanin'i Lehia-Nefia dia mampahatsiahy antsika fa rehefa mandà ny torohevitry ny mpanompon'ny Tompo isika dia mizaka voka-dratsy lehibe. Mifanohitra amin'izany, miaina fiadanana sy fiarovana isika na dia ao anatin'ny fisedrana aza rehefa mankato ny mpaminany. Rehefa mandalina ity lesona ity ianao dia eritrereto ny fomba ahafahanao mahazo fiadanana sy fiarovana izay tonga avy amin'ny fihainoana ny torohevitr'ireo mpaminany maoderin'ny Tompo.

### Môsià 19–20

*Nahita ny fahatanterahan'ireo faminanian'i Abinadia ny Nefita tany amin'ny tanin'i Lehia-Nefia*

Vakio ity zavatra niainana manaraka notantarain'ny Loholona David R. Stone ity, izay mpikambana tao amin'ny Fitopololahy teo aloha, ary eritrereto ny maha zava-dehibe ireo fampitandremana ara-panahy azontsika amin'ny alalan'ireo mpaminany:

"Indray Alahady maraina . . . dia nifoha tamin'ny andro mahafinaritra izahay tao Santo Domingo tany amin'ny République Dominicain. Nibaliaka ny masoandron'i Caraïbes ary nazava ny lanitra. Nisy rivotra malefaka nitsoka, izay zara raha nampihetsika ireo ravina teny amin'ny hazo; nafana sy nilamina ary tony tamin'izay. Kanefa tany an-dranomasina lavitra tany, lavitra noho izay tazanay tamin'io andro io, dia tonga nanatona anay ny rivo-doza mahery, tsy hay nampanginina sy tsy voatohitra. Nanome ny vaovao farany tsy tapaka tamin'ny Internet ny Foibe misahana ny Rivo-doza, izay nanana andraikitra tamin'ny fanaraha-maso sy nilaza mialoha izay ho lalan'ny Rivo-doza Georges. Tamin'izay maraina tony sy nangina izany, tamin'ny alalan'ny zanabolana mpanaraka ny lalan'ilay rivo-doza no nahitako ny ho lalan'ilay tafiotra voalaza, izay nizotra tahaka ny zanatsipìka nikendry ny ivon'i Santo Domingo.

"Namely ilay nosy . . . tamim-pahatezerana goavana ilay tafiotra tao anatin'ny 48 ora ka namela faharavana, faharinganana, ary fahafatesana teny amin'ny lalany. . . .

"Mety ho tena lehibe ny fahasimbana sy ny faharavana ary ny fahafatesana avy amin'ireo rivo-doza ireo kanefa mbola lehibe kokoa ny faharinganana ateraky ny rivo-doza ara-panahy eo amin'ny fiainan'ny olona. Ireny hery masiaka ireny matetika dia miteraka fahasimbana mandringana lavitra noho ny rivo-doza satria manimba

ny fanahintsika sy manaisotra ny fomba fijerintsika mikasika ny mandrakizay sy ny fampanantenana ho antsika mandrakizay. . . .

"Mametraka ny tenantsika eo amin'ny lalan'ireny rivo-doza ara-panahy ireny isika rehefa manome toerana ny hatezerana, ny alikaola ary ny fanararaotana; ny filandratsy sy ny fijangajangana ary ny sary mamoafady; ny zava-mahadomelina, ny avonavona, ny tsy fahononana, ny herisetra, ny fitsiriritana sy ny lainga—lava ilay lisitra. . . .

"Kanefa manana ireo mpiandry ny rivo-doza ara-panahy ihany koa isika, ireo izay manana antso ny hiambina sy hampitandrina antsika, manampy antsika hiala amin'ny fahasimbana, faharavana ary ny fahafatesana ara-panahy mihitsy aza. Fantatsika amin'ny hoe apôstôly sy mpaminany ireo mpitily mitsangana eo an-tampon'ny tilikambontsika. Izy ireo no masontsika ara-panahy eny amin'ny lanitra, ary fantatr'izy ireo, amin'ny alalan'ny fitaomam-panahy sy ny hevibaovao ary ny faharanitan-tsaina madio ny lalana mety halehan'ireo tafiotra ireo. Manohy manandratra ny feony izy ireo hampitandremana antsika ny amin'ireo voka-dratsin'ny fanaovana fanahy iniana mandika ny didin' Tompo. Fanasana ny fahoriana sy alahelo ary faharinganana ny tsy firaharahiana tsotra izao ny fampitandreman'izy ireo. Ny fanarahana ny fampitandreman'izy ireo dia fanarahana ireo mpanompo nofinidin'ny Tompo ho any amin'ny lohasaha ara-panahin'ny fiadanana sy ny fahafenoana" ("Spiritual Hurricanes," *Ensign,* nôv. 1999, 31–32).

Makà fotoana ary saintsaino hoe inona ireo loza henonao nampitandreman'ireo mpaminany sy apôstôly antsika. Ahoana no ahafahan'ny tenin'izy ireo miaro antsika amin'ny "rivo-doza ara-panahy"?

Naniraka an'i Abinadia Andriamanitra mba hampitandrina ny vahoakan'i Lehia-Nefia ny amin'ny faharavana izay ho tonga raha tsy mibebaka izy ireo.

**1.** Adikao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity tabilao manaraka ity ary mametraha toerana malalaka hanoratana eo ambanin'ny andinin-tsoratra masina tsirairay:

| | |
|---|---|
| Faminaniana momba ny vahoakan'ny Mpanjaka Noà (Môsià 12:1–2) | Fahatanterahana (Môsià 19:10, 14–15; 20:20–21; 21:3–4, 8, 10–13) |
| Faminaniana momba ny Mpanjaka Noà (Môsià 12:3) | Fahatanterahana ( Môsià 19:18–20) |
| A. | B. |

Avereno jerena ireo faminanian'i Abinadia ho an'ny Nefita tany amin'ny tanin'i Lehia-Nefia amin'ny alalan'ny famakiana ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny tsanganana havia ao amin'ilay tabilao. Soraty eo ambanin'ny andinin-tsoratra masina mifandraika amin'izany ireo voka-dratsy nolazain'i Abinadia fa hozakain'ny Mpanjaka Noà sy ny vahoakany raha toa izy ireo ka tsy mibebaka. Soraty eo ambanin'ilay tsanganana havia (A) izay heverinao fa mety ho tsapanao sy ny zavatra mety ho nataonao raha toa ianao ka nahare ireo fampitandreman'i Abinadia.

Alohan'ny hanombohanao miasa ao amin'ilay tsanganana havanana ao amin'ilay tabilao dia fenoy ity asa atao eto ambany ato amin'ny boky torolalana ity. Ity asa atao ity dia hanampy anao hahalala misimisy kokoa ny amin'ireo zava-nitranga ao amin'ny Môsià 19–20 sy hahafantatra ny fahatanterahan'ireo faminanian'i Abinadia voarakitra ao amin'ireo toko ireo.

Eo am-pandalinanao ny Môsià 19–20 dia asio laharana araka ny fisehony ao amin'ny soratra masina ireto zava-nitranga 11 manaraka ireto. Ny famintinana ny toko eny amin'ny fiandohan'ny toko tsirairay dia hanome anao hevitra manampy mba hitarika anao.

_____ Nikatsaka ny hamono ny Mpanjaka Noà i Gideôna.

_____ Nitalaho tamin'ny Lamanita ny zaza amam-behivavy Nefita mba tsy hamonoan'izy ireo azy ireo.

_____ Niaritra fahafatesana tamin'ny afo ny Mpanjaka Noà.

_____ Tonga teo amoron'i Semlôna ny miaramila Lamanita.

_____ Naka an-keriny zanakavavin'ny Lamanita 24 ny mpisoron'ny Mpanjaka Noà.

_____ Nitalaho tamin'ny miaramilany ny mpanjaka Lamanita mba tsy hamono ny vahoakan'i Limia.

_____ Nandositra ny Lamanita ny vahoakan'i Noà sasany ka nandao ny zaza amam-behivavy.

_____ Nandidy ny vahoakany tsy hamono ny Mpanjaka Lamanita i Limia.

_____ Nisy fandriampahalemana teo amin'ny Nefita sy ny Lamanita nandritra ny roa taona.

_____ Nampanantena i Limia fa handoa ny antsasaky ny fananany amin'ny Lamanita ny vahoakany.

_____ Nanosika ny fanafihan'ny Lamanita ny Nefita ary nisambotra ny mpanjaka Lamanita.

(Hita any amin'ny faran'ity lesona ity ny valin'ity asa atao ity.)

**2.** Rehefa vitanao araka ny tokony ho izy ny fanasiana laharana ireo fehezanteny 11 ireo dia miverena amin'ilay tabilao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Vakio ireo soratra masina ao amin'ny tsanganana havanana hahitana ny antsipiriany mikasika ny fomba nahatanterahan'ireo faminanian'i Abinadia. Soraty ao anatin'ny tabilaonao ao amin'ny tsanganana havanana ireo antsipiriany ireo. Hazavao eo ambanin'ilay

tsanganana (B) ny zavatra nianaranao momba ireo voka-dratsin'ny fandavana ny teny fampitandreman'ny mpaminany iray.

Vakio ny Môsià 20:21, ary asio marika ny teny nambaran'i Gideôna izay mampiseho ny fahatakarany fa **mitondra fahoriana sy alahelo ny fandavana ny tenin'ny mpanompon'ny Tompo.**

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:63, 70–72 hahitana ny fomba iharan'ity fitsipika ity eo amin'ireo izay tsy hihaino ny Tompo na ny mpanompony amin'ny andro farany. Azonao atao ny manoratra ity andinin-tsoratra masina ity ao anatin'ny soratra masinao mba ho soratra masina mifandray amin'ny Môsià 20:21. Jereo ireo lahateny nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana farany indrindra ao amin'ny *Ensign* na *Liahona* (laharana volana mey na nôvambra) na ao amin'ny LDS.org mba hahitana ireo tenin'ny mpaminany mikasika ireo zavatra ireo.

Saintsaino ity fanontaniana ity: Inona no zavatra henonao nampianarin'ny mpaminany vao haingana izay hanampy ny tsirairay sy ny fianakaviana ary ny firenena hiala amin'ny fahoriana sy ny alahelo?

Mba hahitana ohatra iray amin'ny alahelo sy fahoriana izay tonga avy amin'ny fandavana ny mpaminanin'ny Tompo dia tadiavo ireo voka-dratsy nolazain'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa ho tonga amin'ireo izay mandray anjara amin'ny pôrnôgrafia:



"Ny pôrnôgrafia dia manimba ny fahafahan'ny olona iray mankafy ny fifandraisana tsotra ara-pihetseham-po, feno fitiavana sy ara-panahy miaraka amin'ny olona iray (lehilahy raha toa ka vehivavy izy na vehivavy raha toa lehilahy izy). Manimba tsikelikely ireo sakana ara-pitondrantena izay manohitra ny fitondrantena tsy mendrika, tsy araka ny tokony ho izy ary voararan'ny lalàna izany. Rehefa tsy manenjika ny olona iray intsony ny feon'ny fieritreretany dia voatarika hanao izay hitan'ny masony ireo mpijery pôrnôgrafia na inona na inona mety ho vokatr'izany eo amin'ny fiainan'izy ireo sy eo amin'ny fiainan'ny hafa.

"Mampiankin-doha ihany koa ny pôrnôgrafia. Manimba ny fahafahana manapa-kevitra izany ary manjary miankin-doha ireo mpampiasa azy, ka maka fanahy azy ireo hijery izany bebe kokoa amin'ny fomba tsy hay fehezina" ("Pornography," *Ensign* na *Liahona,* mey 2005, 89).

Eritrereto ny sasany amin'ireo ohatra amin'ny alahelo sy fahoriana izay tonga avy amin'ny tsy firaharahiana ny torohevitry ny mpaminany amin'ireo lohahevitra toy ny filokana, ny pôrnôgrafia, ny Tenin'ny Fahendrena, ny famitahana, ny tombokavatsa, ny fanevehana ny vatana, ny fanaovana akanjo tsy maotina na ny fampiarahana mialoha ny faha 16 taona.

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no hanampian'ny fanarahana ny torohevitry ny mpanompon'ny Tompo momba ireo lohahevitra toy ny fanamafisana orina ny fianakaviana, fiainana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena, na ny fankatoavana ny Tenin'ny Fahendrena, an'ireo olona tsirairay sy ny fianakaviana hiala amin'ny sasany amin'ireo fahoriana sy alahelo iainan'izy ireo?

Nijoro ho vavolombelona ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa afaka manana fiadanana sy hiverina eo anatrehan'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny fanarahana ny mpaminany:

"Mizara ny fijoroako ho vavolombelona aho fa manana ny toetra nananan'ireo mpaminany fahiny sy ireo mpaminany hafa tamin'ity fotoam-pitantanana ity ireo mpaminany amin'izao andro izao. . . .

". . . Tonga avy amin'ny fitodihana amin'ilay feo mazavan'ny mpaminany velona ny fiarovana antsika ara-panahy. Raha toa isika ka mihaino ny feony ka mankatò ny toroheviny dia ho afaka hiaina araka izay tian'ny Tompo hiainantsika isika ary haharitra hatramin'ny farany mba hahafahantsika hiverina eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika indray andro any miaraka amin'ny fianakaviantsika" ("Hear the Prophet's Voice and Obey," *Ensign,* mey 1995, 17).

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba tianao hiantraikan'ny fandalinanao ny Môsià 19–20 amin'ny fomba fihainoanao ny torohevitry ny mpaminanin'ny Tompo. Mieritrereta zavatra niainana iray mikasika ny fomba nahazoanao fiadanana sy fiarovana ara-panahy tamin'ny alalan'ny fanarahana ny torohevitry ny mpaminanin'ny Tompo ary raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izany.

**5.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 19–20 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

Valin'ny fandaharana ilay asa natao: 1, 4, 5, 2, 8, 11, 3, 10, 7, 6, 9.

FIZARANA 13: ANDRO 3

# Môsià 21–24

## Fampidirana

Nanjary nandevozin'ny Lamanita ny vahoakan'i Limia vokatry ny faharatsian'izy ireo (jereo ny Môsià 20:21); nanetry tena izy ireo ary nitodika tamin'Andriamanitra vokatry ny fanandevozana azy ireo. Nentina teo ambany fanandevozana ho fizahana ny finoan'izy ireo ny vahoakan'i Almà (jereo ny Môsià 23:21). Samy nivavaka mafy mba hoesorina amin'ny fanandevozana ireo andiany roa ireo. Raha samy nohafahana sy tonga tany Zarahemlà ireo vondrona roa ireo dia nanampy ny vondrona tsirairay tamin'ny fomba samy hafa ny Tompo. Ianao dia afaka ny hahita avy amin'ny fandalinana ny fisedrana sy ny fanafahana ny vondrona notarihin'i Limia fa mamaly ny vavaka ataontsika amin'ny fombany manokana sy amin'ny fotoany ny Tompo rehefa manetry ny tenantsika isika. Ianao dia afaka mianatra avy amin'ny fandalinana ny fizahan-toetra sy ny fanafahana ny vahoakan'i Almà ny fomba fianteherana amin'ny Tompo mba hahazo hery mandritra ireo ady sy fizahan-toetra anao manokana.



## Môsià 21–24

*Nahita ny fahatanterahan'ny faminanian'i Abinadia ny Nefita tao amin'ny tanin'i Lehia-Nefia*

Alaivo sary an-tsaina hoe nipetraka tany amin'ny tanin'i Lehia-Nefia ianao nandritra ny fitondran'ny Mpanjaka Noà ary nandà ireo fampianaran'i Abinadia. Ankehitriny dia eo ambany fanandevozana ianao sy ny vahoakanao, araka ny nambaran'i Abinadia tamin'ny faminaniana. Inona no ho ataonao araka ny eritreritrao?

Izao dia mieritrereta fizahan-toetra na fahoriana izay iainanao amin'izao fotoana izao. Vakio ireto andininy manaraka ao amin'ny soratra masinao ireto ary asio marika ny zavatra ampianarin'izy ireo momba ny fikatsahana sy fahazoana fanafahana: Môsià 21:5, 14; 22:1–2; 23:23; ary ny 24:21. Ny hoe nohafahana mazàna dia midika hoe navotsotra, nampiana, na nesorina avy tao amin'ny zavatra iray.



Rehefa mamaky ity teny manaraka nolazain'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity ianao dia tsipiho ireo loharano roa nolazainy fa hiavian'ny fisedrana sy ny fahoriana izay iainantsika eo amin'ny fiainantsika: "Tsy misy olona mitady fahoriana. Tonga amintsika amin'ny alalan'ny loharano fototra roa samy hafa ny fisedrana, ny fahadisoam-panantenana, ny alahelo ary ny ratram-po. Hanana ireo olana ireo hatrany ireo izay mandika ny lalàn'Andriamanitra. Ny antony iray hafa mahatonga ny fahoriana dia ny mba hanatanterahana ny tanjona manokan'ny Tompo eo amin'ny fiainantsika mba handraisantsika ny fanatsarana izay tonga avy amin'ny fisedrana. Tena manandanja amin'ny tsirairay amintsika ny mahafantatra hoe avy amin'iza amin'ireo loharano roa ireo ny fisedrana sy ny olantsika, satria tena samy hafa ny asa fanitsiana amin'izany" ("Trust in the Lord," *Ensign,* nôv. 1995, 16).

Nentina teo ambany fanandevozana ny vahoakan'i Limia noho ny tsy fankatoavana raha toa kosa ka niaina fahoriana mba hanatsarana azy ireo ny vahoaka marin'i Almà. Nanetry tena sy nampanatonina an'Andriamanitra ny vahoakan'i Limia vokatry ny fanandevozana azy ireo. Afaka manampy anao hampitombo ny finoanao hiantso ny Tompo ho fanafahana amin'izay mety ho fahoriana iainanao ny fandalinana ireo tantaran'ny fanafahana roa avy amin'Andriamanitra ireo.

**1.** Novaliana ho anao ny fanontaniana voalohany hoe—Ahoana no nahatonga azy ireo ho eo ambany fanandevozana? —ao amin'ity tabilao eto ambany ity. Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fanontaniana faharoa hoe: Ahoana no nanafahana azy ireo?

| | Ny vahoakan'i Limia | Ny vahoakan'i Almà |
|---|---|---|
| Ahoana no nahatonga azy ireo ho eo ambany fanandevozana? | (Môsià 20:21–22; 21:1–4) Nomen'ny Tompo hery hitondrana ny vahoaka ho eo ambany fanandevozana ny Lamanita satria tsy nibebaka ny vahoaka. | (Môsià 23:1–4, 19–20, 25–38; 24:8–9) Nitandrina ny fanekempihavanany ny vahoaka, saingy nofitahina sy nosamborina ary nenjehin'ny olon-dratsy izy ireo. |
| Ahoana no nanafahana azy ireo? | ( Môsià 22:1–9, 13–14) | ( Môsià 24:17–25) |

Saintsaino ny valin'ireto fanontaniana manaraka momba ny vahoakan'i Limia ireto:

- Araka ny Môsià 21:6 dia inona ireo porofo izay maneho fa tsy mbola nanetry ny tenan'izy ireo sy nitodika tamin'ny Tompo ny vondrona notarihin'i Limia? Inona no mahasamihafa an'izany amin'ny fihetsika nasehon'ny vahoakan'i Almà tamin'ny fanandevozana azy ireo? Rehefa misaintsaina ny zavatra niainan'ny vondrona notarihin'i Limia ianao dia inona no ianaranao ka mety hanampy anao haneho fihetsika mendrika amin'ny fizahan-toetra ny tenanao manokana?
- Na dia tsy nohafahana teo no eo tamin'ny fahoriany aza ny vahoakan'i Limia dia ahoana no fomba nitahian'ny Tompo azy ireo? (Azonao atao ny manisy marika ilay andian-teny hoe "miroboro miandalana" ao amin'ny Môsià 21:16.) Efa nahatsapa ve ianao fa nanampy anao tsikelikely nandritra ny fizahan-toetra ny Tompo?
- Ahoana araka ny eritreritrao no nandraisan'ny fihetsiky ny vahoaka izay voafaritra ao amin'ny Môsià 21:30–33 anjara tamin'ny fanafahana azy ireo taty aoriana?

**2.** Misafidiana iray amin'ireto fahamarinana manaraka ireto izay nosintonina avy tamin'izay nianaranao momba ny fisedrana sy ny fanafahana ny vahoakan'i Limia. Manorata andiam-pehezanteny iray ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay manazava ny fomba ahafahanao mampihatra izany fahamarinana izany eo amin'ny fiainanao manokana.

**a. Rehefa manetry ny tenantsika sy miantso ny Tompo ary mibebaka amin'ny fahotantsika isika dia haheno ny vavaka ataontsika Izy ary hanamaivana ny enta-mavesatry ny fahotantsika amin'ny fotoany manokana.**

**b. Rehefa manao fanekempihavanana hanompo an'Andriamanitra sy hitandrina ny didiny isika dia hanome fomba hanafahana antsika ny Tompo.**

Eritrereto ny fahoriana sy ny fanafahana ny vondrona notarihin'i Almà eo am-pamakianao ity teny manaraka nolazain'ny Loholona Richard G. Scott ity: "Rehefa iny toa mandeha tsara iny avokoa ny zava-drehetra dia matetika no miara-mitranga amin'ny fotoana iray ireo olana maro. Rehefa tsy vokatry ny tsy fankatoavantsika ireo fisedrana ireo dia porofo izy ireny fa mahatsapa ny Tompo fa vonona ny hivoatra bebe kokoa ianao (jereo ny Ohabolana 3:11–12). Noho izany dia manome traikefa ho anao Izy, izay mahatonga ny fivoarana, fahatakarana ary fangorahana izay manomana anao ho amin'ny tombontsoanao mandrakizay. Mitaky fivoarana betsaka ny fitondrana anao avy eo amin'ny toerana misy anao mankany amin'izay tiany hahatongavanao, ary amin'ny ankapobeny dia mitaky ny fanaintainanao izany" ("Trust in the Lord," 16–17).

Asio marika ireo teny sy andian-teny ao amin'ny Môsià 23:21–22 izay mampiseho fa **hizaha toetra ny faharetantsika sy ny finoantsika ny Tompo mba hanampiana antsika hampitombo ny fahatokisantsika Azy** (jereo koa ny F&F 122:5–7).

Manorata valinteny fohy ho an'ireto fanontaniana manaraka ireto ao anatin'ny boky torolalanao:

- Inona araka ny eritreritrao no mety ho fisedrana mafy indrindra ny miaritra azy raha toa ka teo anivon'ny vahoakan'i Almà ianao nandritra ireo zava- nitranga voarakitra ao amin'ny Môsià 23–24? Nahoana? ______________________________
______________________________
- Inona no azonao ianarana avy amin'ny fihetsika nasehon'i Almà sy ny vahoakany tamin'ny fizahan-toetra azy ireo? (Jereo ny Môsià 24:1–12, 15–16.) ______________________________
______________________________
- Na dia tsy nanafaka teo no eo ny vahoakan'i Almà aza ny Tompo dia inona no nataony ho Azy ireo tany am-boalohany? (Jereo ny Môsià 4:14–15.) __________
______________________________

Fitsipika iray azontsika ianarana avy amin'ny zavatra niainan'ny vondrona notarihin'i Almà ny hoe **rehefa manoa amim-paharetana ny sitrapon'ny Tompo isika dia hampahatanjaka antsika sy hanafaka**

**antsika amin'ny fisedrana antsika amin'ny fotoany Izy.**

**3.** Hazavao araka ny eritreritrao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny hevitry ny hoe manoa amimpaharetana ny sitrapon'ny Tompo mandritra ny fotoam-pisedrana sy ny fomba hanomanan'ny fanaovana izany anao mba hahazo tanjaka sy fitahiana izay omeny mba hanampiany anao mandritra izany fotoan-tsarotra izany.

Tamin'ny fiandohan'ity lesona ity dia nasaina hieritreritra momba ireo fisedrana sy fahoriana atrehanao amin'izao fotoana izao ianao. Eo am-pitadidianao azy ireo dia soraty ao anatin'ny diarinao manokana na amin'ny taratasy iray hafa ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona ireo fisedrana lalovako eo amin'ny fiainako amin'izao fotoana izao?
- Inona no tokony hataoko hanomanako ny tenako handray ny herim-panafahan'ny Tompo eo amin'ny fiainako?

**4.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 21–24 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 13: ANDRO 4

# Môsià 25

## Fampidirana

Araka ny voarakitra ao amin'ny Môsià 25 dia nandeha nankany Zarahemlà mba hikambana amin'ny toerana azo antoka teo ambanin'ny fitondran'ny Mpanjaka Môsià ny vahoakan'i Limia sy ireo mpanaradia an'i Almà. Noho ireo andiana Nefita ireo niara-nandeha tany dia niaiky ny fahatsaran'Andriamanitra sy ny heriny hanafaka azy izy ireo. Nanangana Fiangonana nikambanana ihany koa izy ireo. Eo am-pandalinanao ity lesona ity dia mety hahazo tombony ianao avy amin'ny fieritreretana ny fomba nahitanao ny fahatsaran'Andriamanitra teo amin'ny fiainanao sy ireo fitahiana avy amin'ny maha-mpikambana anao ato amin'ny Fiangonana marin'i Jesoa Kristy.

### Môsià 25:1–13


*Nivondrona ireo izay niara-tafavory tao Zarahemlà ka nanjary fantatra tamin'ny hoe Nefita*

Vakio ity tantara manaraka momba ny zatovovavy iray ity izay narovana tamin'ny alalan'ny fihainoany ny Fanahy rehefa nihanika tendrombohitra niaraka tamin'ny vondron'ny Zatovovavy nisy azy:

"Tao anatin'ny vondrona iray nandeha niadana kokoa aho tamin'ny lalanay nody, izay nahitana ankizivavy dimy sy ny mpitarika anay. Variana naka sary izy ireo ka noho izany dia nanapa-kevitra ny handeha mialoha aho. Raha nidina ilay havoana aho dia naheno ombivavy iray [izay toa ohatra an'ny ho faty]. Hoy ny feo fampitandremana, izay hentitra nefa nalefaka hoe 'Miverena.' Tsy noraharahiako firy izany, saingy mbola reko indray. Nihaino aho tamin'ity indray mitoraka ity ary niverina namonjy ilay andiany nisy ahy. Rehefa nanomboka nidina izahay, dia nahita ombilahy mainty goavana roa izay nananika haingana sy tamimpahatezerana ilay tendrombohitra. Nanomboka nitoto tany ilay lehibe kokoa rehefa nijery anay. . . . Tena natahotra tokoa izahay kanefa nanao izay hahavariana ilay omby ny mpitarika ao amin'ny fisoronana niaraka taminay, ary afaka nihanika fefy iray mba ho ao amin'ny toerana azo antoka izahay.

"Rehefa tafiditra teo amin'ny filasianay izahay, dia tonga saina aho fa raha tsy nihaino ny fampitandreman'ny Fanahy dia mety ho naratra mafy na maty mihitsy aza. Fantatro fa nijery ahy manokana ny Ray any An-danitra ary niaro ahy. Nampatanjaka ny fijoroako ho vavolombelona io zavatra niainako io ary nampitombo bebe kokoa ny fitiavako ny Tompo" (Marissa W., "Turn Back," *New Era,* nôv. 2010, 47).

Ahoana no hampatanjahan'ny fahenoana na famakiana ny zavatra niainan'ny olona hafa anao izay ahitana ny fahatsarana sy ny herin'Andriamanitra?



Novakian'ny Mpanjaka Môsià tamin'ny vahoaka rehefa nitra ny rakitsoratr'izy ireo rehefa nikambana tamin'ny vahoakan'i Zarahemlà ny vahoakan'i Limia sy ny vahoakan'i Almà (jereo ny Môsià 25:1–6). Vakio ny Môsià 25:7 hahitana ny fihetsiky ny vahoakan'ny Mpanjaka Môsià rehefa nihaino ny tantaran'ny fifandraisan'Andriamanitra tamin'ireo vahoaka izy ireo.

**1.** Ho an'ny tsirairay amin'ireo andininy efatra ao amin'ny Môsià 25:8–11 dia raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fihetsika nasehon'ny vahoaka rehefa naheno ny tantaran'ny rahalahiny izy ireo. Ohatra, ao amin'ny Môsià 25:8 dia "feno fifaliana fatratra tokoa" ny vahoaka rehefa nahita ireo izay nahafahana tamin'ny fanandevozan'ny Lamanita.

**a.** Môsià 25:8

**b.** Môsià 25:9

**d.** Môsià 25:10

**e.** Môsià 25:11

Soraty ao anatin'ny soratra masinao eo amin'ny sisin'ny pejy eo akaikin'ny Môsià 25:8–11 izao fitsipika manaraka izao: **Afaka mahatsapa fifaliana sy fankasitrahana amin'ny fahatsaran'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny fandalinana ireo rakitsoratra momba ny fifandraisan'Andriamanitra tamin'ny hafa.**

Eritrereto ireo mety ho loharano izay ahafahanao mianatra mikasika ny hafa izay nahatsapa ny fahatsaran' Andriamantira. Mety ho tafiditra ao amin'izany ny soratra masina, ny tantaran'ny Fiangonana, ireo gazetibokimpiangonana, ireo lahateny nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana, ireo rakitsoratra momba ny tantaran'ny fianakavianao manokana, ireo fivoriana fijoroana ho vavolombelona sy ny kilasin'ny Sekoly Alahady ary ny Fisoronana na Zatovovavy. Mieritrereta fotoana iray izay nianaranao mikasika ny fahatsaran'Andriamanitra avy amin'ireo loharano ireo. Dia saintsaino avy eo ny valinteninao amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Efa nanana traikefa nahatsapana fifaliana sy fankasitrahana ve aho rehefa nianatra momba ny fahatsaran'Andriamanitra?
- Inona avy no mety ho vokatra maharitra raha toa ka mandalina tsy tapaka ireo zavatra niainana momba ny fahatsaran'Andriamanitra amin'ny fifandraisany amin'ny hafa aho—na ao anatin'ny soratra masina izany na amin'ny loharano hafa?

Mandritra ny herinandro ho avy dia fakafakao ny iray amin'ireo loharano izay neritreretinao ahitana tantaran'ny fahatsaran'Andriamanitra izay mahagaga, mahatalanjona, mahafaly na mahatonga anao hankasitraka. Azonao atao ny manoratra ao anatin'ny diarinao manokana momba izay zavatra nianaranao sy ny fomba niantefan'izany taminao. Azonao atao ihany koa ny mpampiasa ity tantara ity mandritra ny takarivan'ny mpianakavy iray hampianarana ny fianakavianao momba ny fahatsaran'Andriamanitra, na afaka mizara ilay tantara amin'ny mpiara-mianatra seminera aminao na amin'ny namanao iray ianao.

## Môsià 25:14–24

### *Nanangana ny fiangonan'Andriamanitra tao amin'ny tanin'ny Nefita i Almà*

Niresaka tamin'ny vahoaka i Almà rehefa avy niresaka sy namaky ireo rakitsoratra tamin'ny vahoaka i Môsià. Vakio ny Môsià 25:14–16 ary fantaro ny zavatra nampianarin'i Almà. Manorata valinteny ho an'ireto fanontaniana manaraka ireto ao anatin'ny boky torolalana:

- Ahoana no naha famintinana mifanaraka amin'ny traikefan'ny vahoakan'i Limia sy ny an'ny mpanaradia an'i Almà ny zavatra nampianarin'i Almà? ______

______________________________________________

- Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ho an'ny vahoaka ny nihaino ny tenin'i Almà taorian'ny nahenoany ny tantaran'ny vahoakan'i Zenifa? ______

______________________________________________

Alohan'ny hamakiana bebe kokoa ao amin'ny Môsià 25 dia mieritrereta fotoana iray izay nanatrehanao paroasy na sampana Olomasin'ny Andro Farany iray hafa noho ny paroasinao na ny sampana misy anao. Mieritrereta momba ireo fitoviana tsikaritrao eo amin'ny paroasinao na ny sampana misy anao amin'ilay iray izay novangianao.

Vakio ny Môsià 25:17–22 ary tadiavo ny fomba nitantanana ny Fiangonana teo anivon'ny Nefita tamin'ny andron'i Almà. Ny teny hoe "fiangonana" ao amin'ny Môsià 25:21 dia mitovy amin'ny fomba hiantsoantsika ny paroasy sy ny sampana ao amin'ny Fiangonana ankehitriny. Tahaka ny tamin'ny andron'i Almà dia **miantso mpitarika mba hitarika ny Fiangonany Andriamanitra ankehitriny.**

Ianao dia nianatra tao amin'ny Môsià 23:16 fa i Almà no "mpisorona avo teo aminy" sy "mpanorina ny fiangonany" ( Môsià 23:16). Nanazava ny Filoha Joseph Fielding Smith hoe: "Mbola tsy nisy nipìka ny andiany voalohany tamin'ny Nefita tao amin'ny tanin'i Zarahemlà, teo ambany fitondran'ny Mpanjaka Môsià faharoa. Ny anarana fiantsoana izay milaza fa i Almà no mpanorina ny fiangonan'izy ireo dia entina milaza ireo mpitsoa-ponenana izay nitsoaka avy tany amin'ny tany lova voalohan'ny Nefita ihany. Rehefa nandeha ny fotoana dia hitan'izy ireo ny lalana niverina tany amin'ny andiany fototry ny Fiangonana ary nohamasinina ho mpisorona avo teo amin'ny Fiangonana tamin'ireo tany rehetra nonenan'ny Nefita i Almà" (*Answers to Gospel Questions,* comp. Joseph Fielding Smith Jr., 5 vols. [1957–66], 3:39-40).



**2.** Manorata valinteny fohy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ho an'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Tamin'ny fomba ahoana no nitovian'ny Fiangonan'ny Nefita amin'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao?

**b.** Nahoana araka ny eritreritrao no manan-danja ny hoe nantsoin'i Almà, izay nanana fahefana avy tamin'Andriamanitra ireo mpitarika?

**d.** Nahoana no zava-dehibe ho an'ny mpitarika ny mampianatra ireny fahamarinana ireny amin'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao?

Rehefa mamaky ny Môsià 25:23–24 ianao dia tadiavo ireo andian-teny izay mamaritra ireo izay niditra ho mpikambana tao amin'ny Fiangonan'i Kristy ka mamaritra ihany koa ireo mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo ankehitriny. Fitsipika iray ianarantsika avy amin'ireo andininy ireo ny hoe: **Handrotsaka ny Fanahiny amintsika ny Tompo rehefa mitondra ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika sy miaina araka izany isika.**

**3.** Manorata valiny ho an'ireto fanontaniana manaraka ireto ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina:

**a.** Ahoana no hiantefan'ireo andian-teny ao amin'ny Môsià 25:23–24 izay mamaritra ireo mpikamban'ny Fiangonana Nefita amin'ny mpikamban'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao?

**b.** Rehefa mahatsiaro ianao fa nitondra teo aminao ny anaran'i Jesoa Kristy teo aminao dia ahoana no hitondran'izany fiovana eo amin'ny eritreritrao sy ireo safidy ataonao isan'andro?

Jereo ao amin'ny Môsià 25:24 fa "nampidina ny Fanahiny tamin'[ny vahoakany] ny Tompo." Nanantitrantitra ny lanjan'ny fanomezana ny Fanahy Masina ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana ny Loholona Joseph B. Wirthlin tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe:



"Azo amin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy, ny fibebahana, ny batisa asitrika ary ny fametrahan-tanana amin'ny alalan'ireo mpanompo manana fahefana sy nomena ny Fisoronana Melkizedeka ny fanomezana ny Fanahy Masina izay zo hahazo ny Fanahy Masina ho namana mandrakariva. Izany no fanomezana sarobidy indrindra natao ho an'ireo mpikambana mendriky ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo.

". . . Loharanon'ny fijoroana ho vavolombelona sy ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy izany. Manazava ny saina, mameno fifaliana ny fanahintsika, mampianatra antsika ny zava-drehetra, ary mampahatsiahy antsika ireo fahalalana adinontsika izany. Ny Fanahy Masina ihany koa dia 'hampiseho [amintsika] ny zavatra rehetra izay tokony hataon[tsika]' [2 Nefia 32:5]" ("The Unspeakable Gift," *Ensign* na *Liahona,* mey 2003, 26).

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fandraisanao anjara ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy anao hahatsapa ny Fanahy?

**b.** Inona no azonao atao hampitomboana ny fahatokianao sy ireo asan'ny fahamarinana mba hahafahanao mahatsapa ho akaiky kokoa ny Fanahy Masina?

Mikatsaha fahafahana iray hizarana amin'ny olona iray ny fomba nitahian'ny fanomezana ny Fanahy Masina ny fiainanao. Afaka mitombo ireo fitahiana azonao tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina rehefa miezaka ny ho mendrika ny hanana Azy mandrakariva ianao.

**5.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 25 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 14: ANDRO 1

# Môsià 26

## Fampidirana

Araka ny voarakitra ao amin'ny Môsià 26 dia nitaona ireo mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny teny mandokadoka sy nitarika azy ireo tamin'ny fahotana ny sasany tamin'ireo taranaka Nefita vao nisondrotra. Nivavaka i Almà mba hahafantarana ny fomba hitsarana ireo mpikambana ireo araka ny sitrapon'Andriamanitra. Nambaran'ny Tompo tamin'i Almà ny fomba hihazonana ny mpikamban'ny Fiangonana ho tompon'andraikitra amin'ny fahotan'izy ireo. Nametraka fepetran'ny fibebahana ihany koa ny Tompo. Nianatra momba ny fahavononan'Andriamanitra hamela ireo izay mibebaka marina i Almà.

## Môsià 26:1–6

### *Maro tamin'ireo taranaka vao nisondrotra no tsy nino ary nanao fahotana izy ireo*

Makà fotoana hieritreretana ity fanontaniana manaraka ity: Nahoana araka ny eritreritrao no tsy manana fijoroana ho vavolombelona na tsy manana fijoroana ho vavolombelona matanjaka ny tanora sasany na dia efa naheno ny mpaminany sy nampianarin'ny ray aman-dreniny aza izy ireo?

Manome hevi-baovao amin'ity fanontaniana ity ny Môsià 26. Halalino ireo andininy ary valio ireo fanontaniana ao anatin'ity tabilao manaraka ity (soraty ao anatin'ny boky torolalana ny valinteninao):

| | |
|---|---|
| Môsià 26:1–2 | Inona avy ireo zavatra telo tsy ninoan'ny taranaka vao nisondrotra? ____________ ____________ |
| Môsià 26:3 | Ahoana no fiantefan'ny famakiana ny soratra masina na ny fihainoana ny mpaminany amin'ny fihetsika tsy arahim-pinoana eo amintsika? ____________ ____________ |
| Môsià 26:4 | Inona ilay antony iray amin'ireo antony fototra tsy ninoan'ireo olona ireo ny Mpamonjy sy tsy nidirany ho mpikambana ao amin'ny Fiangonana? ____________ ____________ |
| Manorata fitsipika iray nianaranao avy tamin'ny fandalinana ireo andininy ireo: ____________ ____________ | |

Ilay andian-teny hoe "fomban-drazany" ao amin'ny Môsià 26:1 dia ilazana ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara izay nampitampitaina avy tamin'ireo taranaka teo aloha. Mety ilazana ireo hevi-diso ihany koa ilay andian-teny indraindray (ohatra, jereo ny Almà 9:16). Iray amin'ireo fitsipika nampianarina ao amin'ny Môsià 26:1–4 ny hoe: **Ilaina ny faniriana hino sy ny ezaky ny tena manokana mba hampitomboana ny fijoroana ho vavolombelona.**

Vakio izao teny manaraka nolazain'ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany izao, ary tsipiho ireo asa takiana mba hahazoana sy hihazonana fijoroana ho vavolombelona iray:



"Ny fijoroana ho vavolombelona dia mitaky fanolokoloana avy amin'ny alalan'ny vavaky ny finoana, sy fahalinana higoka ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny soratra masina, ary fankatoavana ny fahamarinana izay voaraintsika. Mampidi-doza ny tsy firaharahiana ny vavaka. Mety hiteraka loza eo amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika ny fandalinana sy ny famakiana ny soratra masina indraindray fotsiny. Misy tsiron-tsakafo ilaina ho famahanana ny fijoroantsika ho vavolombelona. . . .

"Tsy maintsy ampiharina tsy tapaka sy mitohy ny fivokisana amin'ny Tenin'Andriamanitra, ny vavaka vokatry ny fo ary ny fankatoavana ny didin'ny Tompo mba hahafahan'ny fijoroanareo ho vavolombelona hitombo sy hiroborobo" ("Fijoroana ho vavolombelona mitombo," *Ensign* na *Liahona,* mey 2011, 127).

Jereo fa tamin'ny andron'i Almà dia tsy nanao ireo zavatra voalazan'ny Filoha Eyring ireo taranaka vao nisondrotra.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Araka ny traikefanao, nahoana no manan-danja ny manana fihetsika arahim-pinoana rehefa mivavaka sy mamaky ny soratra masina ary miezaka mankato ny didy ianao?

**b.** Miresaha zavatra niainana iray izay nampiorim-paka ny fijoroanao ho vavolombelona ny vavaka tamim-pahatokiana, ny famakiana ny soratra masina, na ny fankatoavana ireo didy.

Mieritrereta vetivety raha toa ka efa nahita olona tsy manana fijoroana ho vavolombelona amin'ny filazantsara ianao, izay nisy fiantraikany teo amin'ny mpikamban'ny fiangonana. Vakio ny Mosià 26:5–6 ary tadiavo ny fomba hitaoman'ireo tsy mpino an'ireo izay ato am-piangonana.

Rehefa manohy ny fandalinanao ianao dia mety hanampy ny mahafantatra ny dikan'ity teny avy tao amin'ny Môsià 26:6 ity: "Nilaina ny hananaran'ny fiangonana [hampitandremana sy hanitsiana] ireo izay nahavita fahotana, izay tao anatin'ny fiangonana." Izany dia midika fa nilaina ho an'ireo mpikambana mpikomy tao amin'ny Fiangonana ny hotsaraina araka ny fahotany sy omena fahafahana hibebaka.

## Môsià 26:7–39

*Nangataka ny fomba hitsarana ireo izay nahavita fahotana i Almà*



Mba hiomanana handalina ny sisa amin'ny Môsià 26 dia alaivo sary an-tsaina hoe evekan'ny paroasy iray izay ahitana mpikambana sasany nahavita fahotana goavana ianao. Amin'ny maha-eveka anao dia asain'ny Tompo hihazona ireo mpikambana ho tompon'andraikitra sy hanampy azy ireo hibebaka ianao. Saintsaino ny fomba itondranao ireo mpikambana ireo sy ny fomba ahafahanao manampy azy ireo amin'ny fomba tsara kokoa.

Sarotra tamin'i Almà ny toe-javatra toy izany. Toy ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana nahazo fahefana amin'izao fotoana izao dia nanana andraikitra hanampy ny mpikamban'ny Fiangonana izay nahavita fahotana goavana mba hibebaka sy hahazo famelan-keloka ary hiverina ho lasa mpikambana mazoto sy mendrika ao am-piangonana izy. Vakio ny Môsià 26:7–14 ary tadiavo ny fihetsik'i Almà tamin'ity toe-javatra ity sy ny zavatra nataony hahazoana valim-bavaka avy amin'ny Tompo.

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony maha zava-dehibe ho antsika ny mahafantatra fa mikatsaka sy mandray ny fitarihan'ny Tompo ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana rehefa manampy ireo izay nanota.

Tadidio fa mpisoron'ny Mpanjaka Noà ratsy fanahy i Almà talohan'ny fiovam-pony. Vakio ny Môsià 26:15–18 ary fantaro ny zavatra nataon'i Almà sy ny vahoakany mba hiverenana amin'ny Tompo sy ireo fitahiana natolotry ny Tompo azy ireo.

**3.** Vakio ny Môsià 26:29–30. Valio avy eo ny iray amin'ireto manaraka ireto na izy roa:

**a.** Hazavao ny antony ieritreretanao fa ilain'ny tsirairay ny mahatakatra ity fitsipika manaraka ity, tafiditra ao anatin'izany ireo izay nahavita fahotana goavana: **Hamela ireo izay mibebaka amin'ny fahitsin'ny fony ny Tompo.**

**b.** Soraty ny fijoroanao ho vavolombelona momba ity fitsipika manaraka ity: **Hamela ireo izay mibebaka amin'ny fahitsin'ny fony ny Tompo.**

Taorian'ny nangatahan'i Almà fitarihana mikasika ny fomba hanampiana ireo mpikamban'ny Fiangonana izay nahavita fahotana goavana dia nanome torolalana ho azy ny Tompo. Hanome fahafahana ho an'ny mpikambana mba hibebaka izy, saingy raha tsy nibebaka kosa izy ireo dia tsy noraisina ho isan'ny vahoakan'ny Tompo. Manome hevi-baovao manan-danja amin'ny fitsipiky ny fibebahana ireo torolalana ireo. Vakio ny Môsià 26:21–31 ary tadiavo ireo hevi-baovao mitondra amin'ny fibebahana.

**4.** Mba hanampiana anao hamakafaka ny zavatra novakinao tao amin'ireo andininy ireo dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny roa na maromaro amin'ireto asa ampanaovina manaraka ireto:

**a.** Ahoana no fomba hamintinanao ny tenin'ny Mpamonjy ao amin'ny Môsià 26:23? Nahoana araka ny eritreritrao no zava-

dehibe ho antsika ny mahafantatra fa ny Mpamonjy tenany mihitsy no nanefa ny fahotantsika?

**b.** Inona ireo andian-teny ao amin'ny Môsià 26:21–31 izay mampiseho ny fahatokian'ny Mpamonjy an'i Almà amin'ny maha-mpitarika ao amin'ny fisoronana azy? Ahoana no ahafahan'ny fahazoana ny fanampian'ny mpitarika iray ao amin'ny fisoronana manampy ireo izay miady amin'ny fahotana na fakam-panahy sarotra?

**d.** Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe mibebaka "amin'ny fahitsin'ny fon'[ny olona iray]"? (Môsià 26:29.)

**e.** Nahoana araka ny eritreritrao no tsy maintsy mamela ny hafa isika mba hahazoana ny famelan'ny Tompo? (Jereo ny Môsià 26:31.)

Soraty amin'ny teninao manokana ny fitsipika iray izay hitanao tao amin'ny Môsià 26:21–31: ______________

______________________________________________

Na dia mety ho nahita fitsipika hafa aza ianao, na mety nampiasa teny hafa dia ohatra sasany amin'ireo fitsipika nampianarina ao amin'ny Môsià 26:21–31 ireto manaraka ireto:

- **Solotenan'ny Tompo amin'ny fanampiana antsika hibebaka sy hahazo famelan-keloka ny eveka sy ny filohan'ny sampana.**
- **Mitarika ho amin'ny famelan-keloka ny fibabohana ny fahotantsika.** (Tsy maintsy hibabohana amin'Andriamanitra ny fahotana rehetra ary tokony hibabohana amin'ny mpitarika iray ao amin'ny fisoronana izay afaka manampy amin'ny dingan'ny fibebahana ireo fahotana goavana.)
- **Tsy maintsy mamela ny hafa isika mba hahazoana ny famelan'ny Tompo.**

**5.** Mba hanampiana anao hamakafaka ireo fitsipika ireo dia vakio ireto famakafakana trangan-javatra manaraka ireto. Misafidiana famakafakana trangan-javatra iray ary soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba mety hanampian'ireo andininy sy fitsipika nianaranao androany ireo ny olona voalaza ao anatin'ilay zava-nitranga:

**a.** Nahavita fahotana goavana ny zavotovavy iray saingy matahotra ny hiresaka amin'ny evekany izy.

**b.** Manana faniriana hibebaka ny zatovolahy iray saingy tsy fantany ny fomba hanaovana izany.

**d.** Mamerina fahotana iray izay efa nataony teo aloha ny zatovovavy iray ary matahotra izy hoe tsy hamela azy intsony ny Tompo.

**e.** Manapa-kevitra ny hibebaka ny zatovolahy iray saingy mandà ny hamela olona iray izay nanao ratsy taminy izy.

**6.** Makà iray amin'ireo fitsipika hita tato amin'ity lesona ity ary saintsaino ny fomba ahafahanao mampihatra izany eo amin'ny ezakao manokana mba hibebaka. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hampiharanao izany fitsipika izany.

Vakio ny Môsià 26:37–39 mba hahitana izay zavanitranga rehefa nampihatra ilay torohevitry ny Tompo i Almà. Ny zavatra niainan'i Almà sy ny vahoakany dia mampianatra fa rehefa mibebaka sy miaina ampahamarinana isika dia afaka hanana fiadanana sy hiroborobo ihany koa.

**7.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 26 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 14: ANDRO 2

# Môsià 27

## Fampidirana

Mitantara ny fiovam-pon'i Almà (zanakalahin'i Almà) sy ireo zanaky ny Mpanjaka Môsià ny Môsià 27. Mitantara ny fikasan'izy ireo hanimba ny Fiangonan'Andriamanitra izany, ny fitsidihan'ny anjely iray, ny fiovana mahagagan'i Almà, ary ireo ezaka nataon'ireo zatovolahy ireo hanonerana ny ratsy nataon'izy ireo. Manamafy ny filàn'ny tsirairay ny ho ateraka indray sy hiaina amim-pahamarinana ny tantaran'ny fiovam-pon'i Almà. Mampiseho ireo fitahiana noho ny fivavahana ho an'ireo izay misafidy tsy hanaraka ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ihany koa ity toko ity.

### Môsià 27:1–23

*Niantso an'i Almà Zanany sy ireo zanakalahin'i Môsià hibebaka ny anjely iray*

Eritrereto ireo olona fantatrao fa tsy manana fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny filazantsara na niala tamin'ny Fiangonana. Inona no ho ataonao raha toa ka mandà ny ezaka rehetra ataonao mba hanampiana azy ny iray amin'izy ireny? Mitadiava hevi-baovao ao amin'ity fanontaniana ity rehefa mandalina ianao anio.

Vakio ny Môsià 27:8–10 ary tadiavo ny fomba hamaritan'ireto andininy ireto an'i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià. Inona no nezahin'i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià natao tamin'ny Fiangonana sy ny mpikambana tao aminy?

Ampahany inona ao amin'ny famaritana an'i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià no manaitra anao indrindra? Nahoana? ________________________________

________________________________________

________________________________________

Indraindray isika dia mety mahatsapa ho azon'ny Indraindray isika dia mety mahatsapa ho azon'ny fakam-panahy hino fa tsy hiova na hanatona ny Tompo na rahoviana na rahoviana ny olona sasany. Eritrereto io fihetsika io eo am-panohizanao ny fandalinana ny Môsià 27.



Vakio ny Môsià 27:11–14 ary tsipiho ny antony nahatongavan'ilay anjely tamin'i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià.

Mampianatra izao fitsipika izao ny Môsià 27:14: Mamaly ny vavaka ataontsika am-pahatokiana ho an'ny hafa ny Tompo. **Azonao soratana ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny** Môsià 27:14 ity fitsipika ity. Tsy ny olona rehetra no mila mibebaka ary tsy ny olona rehetra izay hoentintsika am-bavaka no hahazo ny fitsidihan'ny anjely iray. Mamaly ireo vavaka ataontsika am-pahatokiana ho an'ny hafa araka ny fahendreny manokana ny Tompo.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Oviana no nahatsapanao fa nitondra fiovana teo amin'ny fiainan'ny olona iray ny vavakao?

**b.** Rehefa mino ianao fa mamaly ireo vavaka ataontsika am-pahatokiana ho an'ny hafa ny Tompo dia ahoana no hisian'izany fiantraikany amin'ny fomba fivavakao?

Saintsaino ny fomba mety hampiharanao ny tantaran'i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià eo amin'ny fiainanao. Azonao atao ny manohy mivavaka ho an'ireo izay fantatrao sy tianao kanefa misafidy ny hanao asa mifanohitra amin'ny fampianaran'ny Tompo. Azonao atao ny mitadidy fa mihaino ny vavakao sy mamaly izany amin'ny fombany manokana sy ny fotoany ny Tompo kanefa mbola mamela ny tsirairay hampiasa ny fahafahany misafidy Izy. Eritrereto tsara ihany koa ireto fanontaniana manaraka ireto: Iza no mety mivavaka ho an'ny tombontsoanao? Amin'ny fomba ahoana no tian'ny Tompo hiovanao? Inona no ilainao atao mba hitrangan'izany fiovana izany?

Vakio ny sisa amin'ny tenin'ilay anjely tamin'i Almà araka ny voarakitra ao amin'ny Môsià 27:15–16. Tadidio fa niteny tamin'ny feo "miova tsy feon'ny kotrobaratra, izay nahatonga ny tany hihorohoro" ilay anjely (Môsià 27:11). Alaivo sary an-tsaina ny fiantefan'ity zavatra niainana ity taminao raha toa ka niaraka tamin'i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià ianao.

Ahoana no hamintinanao ny hafatr'ilay anjely?

________________________________________

________________________________________

Tsy afaka niteny i Almà taorian'ny hafatr'ilay anjely. Nanjary osa izy ary "tsy naharay tena" (Môsià 27:19) ambara-pametrahana azy teo anoloan-drainy. Rehefa nahare ny zava-nitranga ny rain'i Almà dia "faly, satria nahalala izy fa herin'Andriamanitra izany" (Môsià 27:20). Namory ny vahoaka izy "mba hahazoany manatri-maso ny zavatra izay efa nataon'ny Tompo tamin-janany" (Môsià 27:21). Nangataka ireo mpisorona mba hifady hanina sy hivavaka ny rain'i Almà mba hahafahan'ny zanany mandray ny tanjany sy ny fahafahana miteny (jereo ny Môsià 27:22). Namaly ny vavak'izy ireo ny Tompo.

## Môsià 27:24–31

### *Nibebaka ary nateraka indray i Almà Zanany sy ireo zanakalahin'i Môsià*

Vakio ny Môsià 27:23–24, 28–30 mba hahitana ny fomba niovan'i Almà Zanany vokatry ny zavatra niainany niaraka tamin'ilay anjely. Soraty ao anatin'ity tabilao manaraka ity ny teny na andian-teny avy amin'ireo andininy ireo izay mamaritra ny toetoetra ara-panahin'i Almà taloha sy taorian'ny fiovam-pony.



| Taloha | Taoriana |
|---|---|
| | |

2. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny andian-teny iray izay nosoratanao tao amin'ilay tsanganana ahitana hoe *Taoriana* izay antenainao fa hamaritra anao mandritra ny fiainanao. Hazavao ny antony.

Avereno jerena ny Môsià 27:24, 28 ary asio marika ny zavatra nataon'i Almà sy ny zavatra nataon'ny Tompo ka niteraka ny fiovam-pon'i Almà.

3. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony maha-manan-danja ny fahatakarana ny zavatra tsy maintsy ataontsika rehefa mikatsaka ny hanova ny fiainantsika isika ary koa ny zavatra ho ataon'ny Tompo ho antsika.

4. Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Ahoana no mety hanampian'ny Môsià 27 ireo olona kivy ka mieritreritra fa tsy afaka mibebaka sy manatona ny Tompo izy ireo?

**b.** Ahoana no mety hanampian'ny Môsià 27 ireo olona izay mino fa tsy hibebaka sy hanatona ny Tompo na rahoviana na rahoviana ny olona iray?

Vakio ny Môsià 27:25–26 ary fantaro hoe iza no tsy maintsy hovaina amin'ny alalan'ny Sorompanavotana—na raha lazaina amin'ny fomba hafa, iza no tsy maintsy aterak'Andriamanitra.

Ireo andininy ireo dia mampianatra ny fitsipika hoe: **Tsy maintsy ateraka indray amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny tsirairay amintsika.** Ny hoe aterak'Andriamanitra indray

### *Fampiasana fomba fanasiana marika samy hafa*

Mety hanampy ny fampiasana fomba fanasiana marika samy hafa mba hanavahana ireo lohahevitra na fahamarinana ao amin'ny soratra masina. Ohatra, azonao tsipihina ny zavatra nataon'ny Almà mba hahatonga ny fiovana teo aminy ary atao anaty faribolana ny zavatra nataon'ny Tompo ao amin'ny Môsià 27:24, 28. Dia ho afaka hanavaka ireo zavatra roa ireo ianao raha vao mijery kely fotsiny. Azonao atao ny mamantatra ny dikan'ny marika nataonao amin'ny alalan'ny fanazavana voasoratra ao amin'ny toerana iray ao amin'ny soratra masinao mba hitadidianao ny dikan'izany.

dia midika fa mahatonga fiovampo mahery vaika ao am-pon'ny olona iray ny Fanahin'ny Tompo mba tsy hananany faniriana hanao ratsy intsony, fa haniry kosa ny hikatsaka ireo zavatr'Andriamanitra (jereo ny Môsià 5:2). Nandalo fiovampo mahery vaika haingana i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià, fa ny ankamaroantsika dia hovaina miandalana amin'ny alalan'ny Sorompanavotana. Ny hoe aterak'Andriamanitra dia azo lazaina kokoa hoe dingana fa tsy zava-mitranga amin'ny fotoana iray.

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no nanovana anao tamin'ny alalan'ny Sorompanavotana rehefa nibebaka sy niezaka nanaraka ny Mpamonjy isan'andro ianao?

**b.** Inona no zavatra iray azonao atao mba hanatonana bebe kokoa ny Tompo sy hamela ny Sorompanavotana hitondra fiovana eo amin'ny fiainanao?

## Môsià 27: 32–37

***Nandeha nanerana ny tany i Almà Zanany sy ireo zanakalahin'i Môsià, nibaboka ny fahotany ary nampatanjaka ny Fiangonana.***



Ireo andininy manaraka izay hohalalininao ao amin'ny Môsià 27 dia maneho ny fitsipika hoe: **Mba tena hibebahana marina dia tsy maintsy manao ny zavatra rehetra azony atao ny olona iray mba hanonerana ny zavatra tsy nety nataony.** Ny fanonerana dia midika hoe manao ny zavatra azontsika atao hanitsiana ny vokatr'ireo safidy ratsy nataontsika ary mamerina amin'ny laoniny izay simba noho ny zavatra nataontsika. Ohatra, raha misy olona iray nangalatra zavatra iray tamin'ny mpifanolobodirindrina taminy dia ho anisan'ny fanonerana ny mamerina ilay zavatra nangalariny. Vakio ny Môsià 27:32–37 ary fantaro ny zavatra nataon'i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià mba hanonerana ny fahotan'izy ireo.

Soraty ny fomba azon'ny olona iray hanonerana ireto fahotana manaraka ireto:

- Mandainga amin'ny ray na reny: ____________________
____________________________________________
- Manaparitaka fosafosa momba ny olona iray hafa: __
____________________________________________
- Maka tahaka amin'ny asa nampanaovina tany an-tsekoly: ____________________________
____________________________________________

Rehefa mieritreritra ny fomba ahafahanao miova amin'ny alalan'ny Sorompanavotana ianao dia saintsaino ny fomba ahafahanao mibebaka sy manonitra ny fahotanao.

**6.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 27 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FIZARANA 14: ANDRO 3

# Môsià 28–29

## Fampidirana

Taorian'ny fiovam-pon'izy ireo dia nahatsapa faniriana matanjaka ny hitory ny filazantsara tamin'ny Lamanita ireo zanakalahin'i Môsià. Nanohana ny fanapahankevitr'izy ireo ny Mpanjaka Môsià kanefa tavela tsy



nisy mpandimby teo amin'ny fitondrany izy ary tsy nisy olona hikarakara ireo rakitsoratra masina. Nomeny an'i Almà (zanakalahin'i Almà) ny andraikitra hitana ireo rakitsoratra. Raha toa ka tokony hanendry mpanjaka iray hafa izy dia nanangana ny rafitry ny mpitsara kosa mba ho rafi-pitondrana vaovao.

## Môsià 28:1–9

### *Naniry ny hitory tamin'ny Lamanita ireo zanakalahin'i Môsià*

Refeso eo akaikin'ny teny voalaza tsirairay etsy ambany ny fanirianao ao anatin'ireto lafin-javatra manaraka ireto. Mampiasà mari-drefy 1 ka hatramin'ny 10 (ny 1 dia milaza hoe "tsy manam-paniriana", ary ny 10 dia milaza hoe "faniriana matanjaka tokoa").

_____ Manana faniriana marina ny hanampy ny hafa hahita fahasambarana mandrakizay aho.

_____ Vonona ny hanolo-tena aho mba hanampiana ny hafa.

_____ Manana faniriana hizara ny filazantsara amin'ny hafa aho.

_____ Raha zatovolahy ianao dia tombantombano ny fanirianao hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno. (Raha zatovovavy ianao dia afaka misafidy ny hanombantombana ny fanirianao koa ianao.)

Avereno jerena ny Môsià 27:8–10, ary fantaro hoe aiza ho aiza amin'ny mari-drefy no misy an'i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià amin'ireo teny voalaza etsy ambony ireo talohan'ny fiovam-pony.

Izao dia vakio ny Môsià 28:1–3, ary fantaro hoe ahoana no niovan'ireo zanakalahin'i Môsià tamin'ireo lafin-javatra voalaza etsy ambony ireo. Rehefa mamaky ianao dia tadidio fa ny teny hoe *very* dia midika hoe very ara-panahy.

Soraty ny valinteninao amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

Iza no tian'ireo zanakalahin'i Môsià hizarana ny filazantsara? ______________________________________________

______________________________________________

Inona avy amin'ny zavatra nianarana tao amin'ny Bokin'i Môrmôna hatreto no maneho ireo fahasarotana na loza izay mety natrehan'ireo zanakalahin'i Môsià tany amin'ny asa fitoriana nataony tamin'ny Lamanita?

______________________________________________

Vakio ny Môsià 28:4, ary saintsaino ny fomba hamerenanao hilazana izany amin'ny teninao manokana. Jereo ny fiantefan'ny fiovam-pon'ireo zanakalahin'i Môsià tamin'ny fanirian'izy ireo hizara ny filazantsara. Mianatra izao fitsipika izao isika ao amin'ny Môsià 28:1–4: **Mitombo ny faniriantsika hizara ny filazantsara rehefa mihalalim-paka ny fiovam-pontsika.**



Vakio ity teny manaraka nolazain'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity (azonao atao ny manoratra izany eny amin'ny sisin'ny pejy ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Môsià 28:1–4): "Ny firedaredan'ny faniriantsika hizara ny filazantsara dia mari-pandrefesana goavana amin'ny halehiben'ny fiovam-pontsika manokana" ("Sharing the Gospel," *Ensign,* nôv. 2001, 7).

Asio marika ao amin'ny fehezan-teny voalohany ao amin'ny Môsià 28:4 ny fomba nitaomana ireo zanakalahin'i Môsià tamin'ny fanirian'izy ireo hizara ny filazantsara. Jereo fa manana anjara asa lehibe amin'ny fampitomboana ny faniriantsika hizara ny filazantsara ny Fanahin'ny Tompo.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no nitomboan'ny fanirianao hizara ny filazantsara rehefa nampatanjaka ny fijoroanao ho vavolombelona ianao?

**b.** Inona ireo zavatra niainana teo amin'ny fiainanao izay nitarika anao hanana faniriana hizara ny filazantsara tamin'ny hafa?

**d.** Raha toa ka tsy mahatsapa ho manana faniriana matanjaka ny hizara ny filazantsara ianao amin'izao fotoana izao dia inona no azonao atao mba hampatanjahana izany faniriana izany? (Vakio ny Almà 17:2–3.)

**2.** Alaivo sary antsaina ny zatovolahy iray izay mpikamban'ny Fiangonana kanefa zara raha manana faniriana na tsy manam-paniriana mihitsy hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno. Manorata taratasy ho azy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, izay manoro azy ny zavatra azony atao mba hampitomboana ny faniriany hizara ny filazantsara. Azonao atao ny miresaka momba ny zavatra naha-latsa-paka ny fiovam-ponao tamin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy manoro hevitra ity zatovolahy ity hanao zavatra na hiaina zavatra mitovy amin'izany. Tadidio eo ampanoratanao fa hitarika amin'ny fitomboan'ny faniriana hizara ny ny filazantsara amin'ny hafa ny fiovampo lehibe kokoa.

### *Fampiharana ny Fitsipiky ny Filazantsara amin'ny Famakafakana Toe-java-miseho*

Rehefa mampihatra fitsipiky ny filazantsara iray amin'ny toe-javatra mitranga iraisan'ny be sy ny maro eo amin'ny fiainana ianao dia afaka mamakafaka bebe kokoa ilay fitsipika ary mahafantatra mora foana ny lanjan'izany eo amin'ny fiainanao. Arakaraky ny ezaka ataonao amin'ny fihetsika asehonao amin'ny famakafakana toe-java-miseho iray no hahombiazana amin'izany eo amin'ny dingan'ny fianaranao.

Rehefa manohy ny fandalinanao ny Môsià 28 ianao dia alaivo sary an-tsaina ny mety ho tsapanao raha toa ka te handeha hiaina eo anivon'ny olona mahery setra izay mankahala ireo izay tsy mitovy amin'izy ireo ny olon-tianao iray. Vakio ny Môsià 28:5–9, ary fantaro ny antony namelan'i Môsià ireo zanany lahy handeha hanao asa fitoriana mampidi-doza toy izany. Ianao dia hianatra momba ireo "maro [izay] hino ny teniny" (Môsià 28:7)—ireo Lamanita an'arivony izay niova fo vokatry ny ezak'ireo zanakalahin'i Môsià ao amin'ny bokin'i Almà.

## Môsià 28:10–20

*Nandika ireo takelaky ny Jaredita i Môsià ary nanome ireo rakitsoratra rehetra notanany an'i Almà*

Ny ambin'ny Môsià 28 dia ahitana fa nihaantitra sy nahatsapa fa nila nisafidy izay ho mpirakakara manaraka ireo rakitsoratra masina ny Mpanjaka Môsià talohan'ny nahafatesany. Ho an'ireo taranaka roa nifandimby teo aloha dia nomen'ny mpanjaka an'ny mpanjaka manaraka ireo takelaka. Kanefa noho ireo zanaky ny Mpanjaka Môsià nandeha nanao asa fitoriana dia tsy nanana zanaka handova ny fitondrana izy ka tsy nanana mpirakakara ireo takelaka noho izany. Anisan'ireto rakitsoratra ireto ireo takelaky ny Jaredita izay nadikan'i Môsià tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra (jereo ny Môsià 28:11–19).



Raha tsy maintsy maka olona iray hiandraikitra ireo takelaka ianao dia inona ireo toetoetra tianao hananan'izany olona izany? ______________________________

______________________________

Lazalazao izay mety ho tsapanao raha toa ka mifidy anao hiandraikitra ireo takelaka ny olona iray. ________

______________________________

Vakio ny Môsià 28:20, ary tadiavo ny anaran'ilay olona nosafidian'i Môsià hiandraikitra ireo takelaka.

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra ampianarin'ny fanapahan-kevitry ny Mpanjaka Môsià anao momba ny fiovam-pon'i Almà. (Mba hamaliana ity fanontaniana ity dia azonao atao ny mamerina mijery ireo zavatra nataon'i Almà teo aloha izay voarakitra ao amin'ny Môsià 27.) Hazavao ihany koa ny fomba mety hanomezan'ny fitokisan'i Môsià an'i Almà fanantenana ho an'ireo izay mibebaka.

## Môsià 29

*Nisafidy ny rafitry ny mpitsara ho rafi-pitantanana vaovao ny vahoakan'i Môsià*

Araka ny voarakitra ao amin'ny Môsià 29 dia namosakevitra ny Mpanjaka Môsià fa tsy hotantanan'ny mpanjaka iray intsony ny fitondrana Nefita fa hotantanan'ny rafitry ny mpitsara. Vakio sy ampitahao ny Môsià 23:7–8 sy ny Môsià 29:13, 16–18. Araka ireo soratra masina ireo dia rehefa ao anatin'ny toe-javatra na fepetra toy ny ahoana no maha rafi-pitantanana tsara ny fitondran'ny mpanjaka iray? Nahoana no nanoro hevitra ny Nefita hampitsahatra ny fitondran'ny mpanjakany i Môsià?

Vakio ny Môsià 29:11, 25, ary ataovy ao anaty faribolana ireto valim-panontaniana manaraka ireto izay maneho ny zavatra nolazain'i Môsià mikasika ny fomba hitsaran'ireo mpitsara ny vahoaka: (a) amin'ny famindram-po lehibe, (b) araka ireo lalàna, (d) araka ireo didin'Andriamanitra, (e) amin'ny fomba hentitra.

Vakio ny Môsià 29:26, 30, 33–34, 37–38, ary jereo ny anjara asan'ny vahoaka tao anatin'ilay endripitondrana vaovao naroson'ny Mpanjaka Môsià.



**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony hinoanao fa manan-danja ho an'ny olompirenena ao amin'ny firenena iray ny "mitondra ny anjarany" amin'ny fanompoana ny fireneny (Môsià 29:34).

Notendrena ho lohan'ny mpitsara voalohany i Almà, ary nanatontosa ny anjara asany tamim-pahamarinana izy (jereo ny Môsià 29:41–43).

Soraty amin'ny teninao manokana ny fitsipika iray izay nianaranao avy tamin'ny Môsià 29: ________________

________________________________________________

Fitsipika iray ampianarin'ity toko ity ny hoe: **Ny olona tsirairay dia manana adidy hanohana ireo lalàna marina sy ireo mpitondra.**

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba iray ahafahanao manohana ireo lalàna marina sy ireo mpitondra eo amin'ny firenenao.

**6.** Soraty izao manaraka izao eny amin'ny farany ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: TO Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Môsià 28–29 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra sy hevi-baovao fanampiny izay tiako hozaraina amin' ny mpampianatro:*

FAMPAHAFANTARANA NY

# Almà

## Inona no antony handalinana ity boky ity?

Amin'ny alalan'ny fianarana ity bokin'i Almà ity, dia hianatra momba an'i Jesoa Kristy sy ny ilàna ny Sorompanavotany sy ny Fitsangananany tamin'ny maty ao anatin'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any Andanitra ianao. Ianao koa dia hianatra momba ny herin'ny tenin'Andriamanitra mba handresena ny komiberaky ny mpisorona, ny fotopampianarana diso, ny fahotana, ny fankahalana, ary ny apôstazia eo am-pitarihana ny hafa hahazo fiovampo mahery vaika ary ateraka indray. Hahazo hery ianao rehefa mamaky momba ny asa fitorian'ny zanakalahin'i Mosià sy ny fiovampo ary ny fahatokian'ny vahoakan'i Amôna, na ireo Antia-Nefia-Lehia. Ankoatra izany, rehefa mamaky toko mitantara amin'ny antsipiriany ny ady teo anivon'ny Nefita sy ny Lamanita ianao, dia afaka hianatra fitsipika izay hitarika anao anatin'ny fotoan-tsarotra izay hiainanao, ary hanampy anao handresy amin'ireo adinao manokana amin'ny fahavalo.

## Iza no nanoratra ity boky ity?

Nanangona sy namintina rakitsoratra avy tamin'ireo takelaka lehiben'i Nefia i Môrmôna handrafetana ny bokin'i Almà. Ilay boky dia mitondra ny anaran'i Almà; izay zanakalahin'i Almà, ary antsoina matetika hoe Almà Zanany. Tamin'ny fotoana nametrahan'ny Mpanjaka Mosià ny fitondran'ny mpitsara teo anivon'ny Nefita, dia lasa lohan'ny mpitsara voalohany i Almà, sady nandimby ny rainy ihany koa tamin'ny naha mpisorona avo azy teo anatrehan'ny Fiangonana (jereo ny Mosià 29:42). Niala tamin'ny naha lohan'ny mpitsara azy izy taty aoriana mba hanokanany ny tenany "manontolo ho an'ny fisoronana avo" sy "hitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny vahoaka" manerana ny tanin'ny Nefita manontolo (Almà 4:20; 5:1). Nampiasa ny rakitsoratry ny asa fanompoan'i Almà i Môrmôna (Almà 1–44) sy ireo soratry ny zanany Helamàna (Almà 45–62) sy i Siblôna (Almà 63) mba handrafetana ny bokin'i Almà.

## Oviana ary taiza no nanoratana izany?

Ny rakitsoratra voalohany nampiasaina ho loharanon'ny bokin'i Almà dia mety ho nosoratana teo anelanelan'ny 91 talohan'i J.K. sy 52 talohan'i J.K. Namintina ireo rakitsoratra ireo i Môrmôna tokony ho teo anelanelan'ny 45 taorian'i J.K. sy 385 taorian'i J.K. Tsy nosoratan'i Môrmôna ny toerana nisy azy tamin'ny fotoana nanaovany ny famintinany.

FIZARANA 14: ANDRO 4

# Almà 1–4

## Fampidirana

Fotoana fohy taorian'ny nahatongavan'i Almà ho lohan'ny mpitsara, dia nanomboka nampianatra fotopampianarana diso sy nampiditra ny komiberaky ny mpisorona teo anivon'ny Nefita ny lehilahy iray nantsoina hoe Nehôra. Namono lehilahy marina iray izy ary novonoina ho faty noho ny helony. Taona vitsy taty aoriana dia nikatsaka ny ho tonga mpanjakan'ny Nefita i Amlisia fa tsy nahomby. Rehefa nifidy ny handà azy tsy ho mpanjaka ny vahoaka, dia namory ny mpanohana azy —nantsoina hoe Amlisita—izy handeha hiady tamin'ireo Nefita. Nandresy ny Nefita, saingy olona an'aliny no maty. Rehefa nahatsiaro ny Nefita fa nampanetry tena azy ireo ny ady, dia maro tamin'izy ireo no nahatsiaro ny adidiny, ary an'arivony no nikambana tamin'ny Fiangonana. Na izany aza,



tao anatin'ny iray taona, dia maro ireo mpikamban'ny Fiangonana no lasa niavonavona sy nanenjika ny hafa. Nanapa-kevitra ny hitsahatra tamin'ny adidiny amin'ny maha lohan'ny mpitsara azy i Almà ary nifantoka tamin'ny fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

### Almà 1

*Miroborobo ireo mpikamban'ny Fiangonana na dia eo aza ny fiparitahan'ny komiberaky ny mpisorona sy ny fanenjehana*

Matetika ny olona no mikatsaka ny ho fanta-daza. Makà fotoana fohy hieritreretana momba ny loza mety haterak'ity faniriana ity. Inona ny zava-mitranga raha toa ka miraharaha bebe kokoa ny eritreritry ny

namanao momba anao ianao toy izay ny eritreritr'Andriamanitra momba anao?

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 1, dia nisy lehilahy iray nantsoina hoe Nehôra izay nanjary fanta-daza tokoa teo anivon'ny ampahany tamin'ireo vahoaka. Vakio ny Almà 1:2–6, ary fantaro hoe inona no nampianarin'i Nehôra, ary ahoana no nandraisan'ny vahoaka izany.

Tadiavo ao amin'ireo andalana voalohany ao amin'ny Almà 1:12 ny teny nampiasain'i Almà hamaritana ny zavatra nampahafantarin'i Nehôra an'ny Nefita. Avy eo dia jereo ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy 12*a*. Vakio ny 2 Nefia 26:29, ny soratra masina mifandray voalahatra voalohany ao amin'ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy, ary fantaro ny zavatra ataon'ireo izay manao ny komiberaky ny mpisorona sy ny zavatra tsy ataon'izy ireo.

> ### Mampiasa Soratra Masina Mifandray
>
> Ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy tsirairain'ny soratra masina dia ahitana soratra masina mifandray amin'ny soratra masina hafa izay afaka manome hevibaovao bebe kokoa rehefa mianatra ianao. Ataovy fanao matetika ny mamaky ireo soratra masina mifandray amin'ny soratra masina izay halalininao. Azonao marihina ireo soratra masina mifandray eo amin'ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy ao amin'ny bokinao, izay manampy anao hahatakatra tsaratsara kokoa ny soratra masina.

Ny komiberaky ny mpisorona dia miseho rehefa misy olona mitory "fotopampianarana sandoka . . . noho ny harena sy voninahitra" sy "[h]ametra[hany] ny tenany ho fahazavan'izao tontolo izao" (Almà 1:16; 2 Nefia 26:29). Tsy te hanorina ny fanjakan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fitoriany izy ireo. Izy ireo kosa dia te hahazo tombontsoa (toy ny harembe, tombontsoa ara-tsosialy, na fahefana eo amin'ny hafa) sy dera avy amin'ny olonkafa. Te hampifantoka ny eritreritry ny hafa amin'ny tenany izy ireo, fa tsy amin'Andriamanitra sy ny filazantsarany. Ny komiberaky ny mpisorona dia fahotana lehibe eo imason' Andriamanitra, araka ny nilazan'i Almà mazava tsara tamin'i Nehôra hoe "Raha ny komiberaky ny mpisorona no ampiharina eo anivon'ity vahoaka ity dia hiafara amin'ny faharavany tanteraka izany" (Almà 1:12).

Raha niezaka ny "[h]itarika ny olon'ny fiangonana haniasia," i Nehôra dia nisy lehilahy marina iray nantsoina hoe Gideôna izay "nanohitra azy, nananatra azy tamin'ny tenin'Andriamanitra" (Almà 1:7). Ho setrin'izany dia nanatsoaka ny sabany i Nehôra ary namono an'i Gideôna. Notsaraina araka ny helony i Nehôra ary novonoina ho faty. Vakio ny Almà 1:16 mba hahitana raha nampitsahatra ny komiberaky ny mpisorona teo anivon'ny Nefita ny fahafatesan'i Nehôra.

Vakio ny Almà 1:26–27, ary fantaro ireo fomba fihetsika hafa nasehon'ireo mpisorona Nefita an'Andriamanitra, izay tsy nitovy tamin'ny nataon'i Nehôra sy ireo hafa izay nanao komiberaky ny mpisorona.

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fihetsiky ny mpisorona Nefita. Inona no naha samy hafa ny fihetsiky ny mpisorona Nefita tamin'ny fihetsik'ireo izay nanao ny komiberaky ny mpisorona?

Rehefa niparitaka nanerana ny tany manontolo ny komiberaky ny mpisorona, dia betsaka ireo olona nanomboka nanenjika ny mpikambana mahatokin'ny Fiangonana. Ho fiomanana amin'ny fandalinana ny ambin'ny Almà 1, dia eritrereto ny nahitanao olon-kafa nanadala, naneso, na nanenjika an'ireo izay mitandrina ny didin'Andriamanitra.

Vakio ny Almà 1:19–20, ary jereo hoe nahoana ny olona sasany no nanenjika ny mpikamban'ny Fiangonana. Ny Almà 1:21–31 dia mirakitra ny fihetsik'ireo mpikamban'ny Fiangonana tamin'izany fanenjehana izany. Vakio ireto soratra masina eto ambany ireto ary fenoy ny tabilao:

| Almà 1:21–24 | Almà 1:25, 27–31 |
|---|---|
| Ahoana ny fihetsik'ireo mpikambana sasany tamin'ny fanenjehana? ______ | Nanao ahoana ny fiainan'ny mpikambana hafa na dia teo aza ny fanenjehana? ______ |
| Inona avy ireo vokatry ny nataony? ______ | Inona ireo fitahiana noraisiny? ______ |

Manorata fitsipika iray izay nianaranao avy amin'ny fandalinana ity tabilao ity: ______________________

______________________

Anisan'ny fitsipika mety ho voadinikao ny hoe: **Afaka manana fiadanana eo amin'ny fiainantsika isika rehefa miaina ny filazantsara, na dia enjehina aza.**

**2.** Hazavao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hanampian'ny fahatakarana ny fitsipiky ny filazantsara etsy ambony anao, rehefa miatrika fanenjehana na fanerena tsy hankatò ny didy ianao. Valio ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto avy eo:

**a.** Oviana ianao no nanaja ny didy na dia teo aza ny fanenjehana sy ny fanerena tsy hanao izany, ary inona avy ireo fitahiana azonao tamin'izany?

**b.** Inona no havalinao ireo mpanenjika anao?

## Almà 2

*Nivondrona hiady tamin'ny Nefita ny Amlisita sy Lamanita*

Ny Almà 2 dia miresaka momba ireo fisedrana fanampiny ho an'ny Nefita. Vakio ny sasin-tenin'ny toko mba hahalalana hoe ahoana no nanoheran'ilay lehilahy nantsoina hoe Amlisia sy ny mpanara-dia azy ny Nefita. Te ho mpanjaka teo amin'ny Nefita i Amlisia, kanefa nanao fifidianana ny Nefita ary nisafidy ny handà azy sy hanohy ny rafi-pitondran'ny mpitsara. Nivory niaraka ny mpanara-dia an'i Amlisia ary nanao azy ho mpanjakan'izy ireo. Nandidy ny mpanara-dia azy i Amlisia handeha hiady amin'ny Nefita, ary nivondrona niaraka tamin'ny Amlisita ny Lamanita mba hiadiana tamin'ny Nefita fotoana fohy taorian'izany.



Satria nametraka ny fitokiany tamin'ny Tompo ny Nefita, dia nampian'ny Tompo izy ireo tamin'ny adiny tamin'ny Amlisita sy ny Lamanita. Vakio ny Almà 2:18, 28–31, 36, ary mariho ny teny hoe *nampahahery* sy *nampaherezina* isaky ny miseho izany. Tadiavo ny fomba nankaherezan'ny Tompo ny Nefita.

**3.** Soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fotoana iray izay nahatsapanao fa nankahery anao ny Tompo raha niezaka nanao ny marina ianao.

## Almà 3

*Nanasaraka ny tenany tamin'Andriamanitra ny Amlisita*

Eritrereto ireo hafatra mety ezahin'ireo olona sasany hampitaina momba ny tenan'izy ireo amin'ny alalan'ny safidiny eo amin'ny fitafy, ny haingom-bolo, ny kavina sy ny firavaka hafa, ny tombon-kavatsa, ary ny tevika amin'ny vatana.

Vakio ny Almà 3:4, ary fantaro ny fomba nanovan'ny Amlisita ny endriny ivelany.

"Niavaka tamin'iza" ireo Amlisita? ________________

________________________________

Iza no tian'izy ireo hitoviana bebe kokoa? __________

________________________________

Fampisehoana ny fikomian'ny Amlisita ny fiovan'endrika ivelany teo amin'izy ireo. Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 3, dia mampahatsiahy antsika i Môrmôna momba ny ozona sy ny marika izay tonga teo amin'ny Lamanita an-jato taonany maro talohan'izany noho ny fikomiany tamin' Andriamanitra (jereo ny Almà 3:6–10; jereo ihany koa ny 2 Nefia 5:20–24). Nametaka marika an-tsitrapo teo amin'ny handriny ny Amlisita, kanefa ireny marika ireny dia nitovy tanjona tamin'ny marika napetaky ny Tompo tamin'ny Lamanita.

Mariho ny andianteny ao amin'ny Almà 3:18 izay mamaritra ny fihetsiky ny Amlisita tamin'Andriamanitra. Mariho ihany koa ao amin'ny Almà 3:19 ny zavatra nentin'ny Amlisita teo amin'ny tenan'izy ireo noho ny fikomiany.

Inona no nianaranao avy tamin'ny Almà 3:18–19 mahakasika ireo izay voaozon'ny Tompo? (Mitondra ozona eo amin'ny tenany ireo izay mikomy an-kitsirano amin'Andriamanitra.) Zava-dehibe ny mahatakatra fa ny ozona dia toetra amin'ny maha "[n]oesorina tsy ho eo anatrehan'ny Tompo" (2 Nefia 5:20). Nanasaraka ny tenany tamin'Andriamanitra ny Amlisita noho ny nataon'izy ireo.

Ianarantsika avy amin'ny ohatry ny Amlisita fa safidintsika ny hanasaraka ny tenantsika amin'Andriamanitra. Manasaraka ny tenany amin'Andriamanitra ireo izay "mikomy an-kitsirano amin'Andriamanitra" (Almà 3:18), na koa hoe, mitondra ozona eo amin'ny tenan'izy ireo.

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona no afaka ataonao amin'ny fiainanao ankehitriny mba hahazoanao antoka fa tsy manasaraka ny tenanao amin'Andriamanitra ianao, raha oharina amin'izay nataon'ny Amlisita?

Mitantara ny fomba nandresen'ny Nefita ny Lamanita tamin'ny ady iray hafa ny Almà 3:20–25, kanefa betsaka ireo olona maty teo amin'ny andaniny roa. Vakio ny Almà 3:26–27, hitadiavana ny lesona lehibe izay tian'i Môrmôna hianarantsika avy amin'ny tantaran'ny Amlisita sy ireo ady teo amin'ny Nefita sy ny Lamanita.

Fenoy ity fitsipika manaraka ity araka ny novakinao tao amin'ny Almà 3:26–27 manao hoe: **Mahazo fifaliana na fahoriana isika miankina amin'ny** ____________

________________________________

Makà fotoana kely hieritreretana hoe iza no safidinao harahina eo amin'ny fiainanao. Eritrereto ireto

fanontaniana manaraka ireto: Valisoa na tambiny toy ny inona no atolotr'i Satana an'ireo izay manaraka azy? (Mazàna izy ireny no mahasarika tokoa amin'ny voalohany, kanefa tsy maintsy miteraka fahoriana sy fahazaran-dratsy amin'ny farany.) Raha oharina amin'izany, inona no valisoa azonao avy tamin'ny Tompo noho ny fisafidianana hanaraka Azy?

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fotoana iray izay nanarahanao ny Tompo ka nitondra hafaliana ho anao.

## Almà 4

### *Nanjary niavonavona ny mpikamban'ny Fiangonana taorian'ny vanim-potoana nitomboan'ny Fiangonana, ary niala tsy ho lohan'ny mpitsara i Alma mba hiantso azy ireo hibebaka*

"Nofohazina ho amin'ny fahatsiarovana ny adidiny" ny Nefita taorian'ny ady tamin'ny Lamanita sy ny Amlisita, ary "nanomboka nampiorina ny fiangonana ho amin'ny fahafenoany kokoa" izy ireo (Almà 4:3–4). Vokatr'izany, olona 3.500 teo ho eo no lasa mpikamban'ny Fiangonana (jereo ny Almà 4:5). Indrisy anefa fa tao anatin'ny iray taona monja, dia betsaka tamin'ireo olona tao amin'ny Fiangonana no nanjary niavonavona. Vakio ny Almà 4:8–12, ary fantaro ireo asa ratsy izay nitranga noho ny avonavon'ireo mpikamban'ny Fiangonana. Fitsipika iray izay afaka hianarantsika avy amin'ity andinin-tsoratra masina ity ny hoe: **Raha maneho ohatra tsy marina isika dia mety hanohintohina ny hafa amin'ny fanekeny ny filazantsara.** (Jereo ny Almà 4:10.)

**6.** Manorata ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina momba ny ohatra iray mikasika ny asa na fihetsika ratsy nasehon'ny Nefita ao amin'ny Almà 4:8–12. Hazavao ny antony maha zava-dehibe ny fialàna amin'izany asa na fihetsika izany amin'ny maha mpikamban'ny Fiangonana ankehitriny.

Vokatry ny faharatsiana tao amin'ny Fiangonana dia nanendry lehilahy iray i Almà hanolo azy amin'ny maha lohan'ny mpitsara azy, mba hahafahany manokana ny fotoany rehetra amin'ny antsony amin'ny maha mpisorona avo mpiahy azy ao amin'ny Fiangonana ary hanampy ny mpikambana handresy ny avonavony sy ny fahotany amin'ny alalan'ny "fanambarana tsisy tsiny hanoherana" (Almà 4:19). Vakio ny Almà 4:19, ary tsipiho izay nirian'i Almà atao mba hanampiany ny olony.

Manazava ireto fitsipika ireto ny Almà 4:19: **Mety mitaky fahafoizan-tena ny fanatanterahantsika ny adidy ara-panahy. Mijoro ho vavolombelona ny mpanompon'ny Tompo ary miantso ireo mpanota hibebaka. Manampy ny hafa hanakaiky bebe kokoa an'Andriamanitra ny fijoroana ho vavolombelona tsisy tsiny.**

Afaka mieritreritra olona iray mamoy toerana pôlitika manan-danja iray ve ianao, toy ny maha filohan'ny firenena iray, mba hanao asa fitoriana? Nataon'i Almà izany!

**7.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra heverinao fa tian'ilay fehezanteny hoe "milofo amin' ny fanambarana tsisy tsiny" (Almà 4:19) hambara mikasika ny fomba mety ho nampianaran'i Almà. Raketo an-tsoratra ihany koa ny fomba nandresena lahatra anao hiova na hihatsara tamin'ny alalan'ny fihainoana olon-kafa nizara fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara.

**8.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nianatra ny Almà 1–4 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra, sy hevi-baovao tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

**FIZARANA 15: ANDRO 1**

# Almà 5:1–36

## Fampidirana

Rehefa notandindomin-doza noho ny faharatsiana sy ny fifandirana ny Fiangonana (jereo ny Almà 4:9–11), dia fantatr'i Almà fa ny fanavaozana marina dia tsy tonga raha tsy amin'ny fiovampo mahery vaika an'ireo mpikamban'ny Fiangonana. Nanomboka ny iraka nampanaovina azy tamin'ny fitoriana tamin'ny vahoakan'i Zarahemlà i Almà, amin'ny maha mpisorona avo azy, tamin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy sy ny fiantsoana ny olona hibebaka. Namporisika azy ireo izy ny hiomana amin'ny fitsaran'ny Tompo amin'ny alalan'ny fananana finoana ny tenin'Andriamanitra sy ny famakafakana ny toetra ara-panahin'ny fon'izy ireo. Eo am-pandalinanao ny tapany voalohany amin'ny Almà 5, dia eritrereto ny fomba hampiharanao ny zavatra nianaranao mba hiainanao na hanohizanao miaina ilay fiovampo mahery vaika izay resahina ao amin'ilay toko.

**_Fampiharana ny Zavatra Nianaranao_**

Nampianatra ny Filoha Marion G. Romney tao amin'ny Fiadidiana Voalohany fa: "Ny fianarana ny filazantsara avy amin'ny soratra masina na boky . . . dia tsy ampy. Mila hiainana ihany koa izany. . . . Tsy afaka mianatra feno ny filazantsara ny olona iray raha tsy miaina izany" ("Records of Great Worth," *Ensign,* Sept. 1980, 4). Amporisihana ianao hampihatra ny zavatra nianaranao amin'ny fotoana maro ato anatin'ity lesona ity. Tokony ho ampahany manandanja eo amin'ny fandalinanao ny filazantsara ny fampiharanao ny zavatra ianaranao.

## Almà 5:1–13

### *Mitantara ny fiovam-pon'ny rainy sy ny an'ireo nanara-dia azy i Almà*

Hatraiza ny fiovana nisy teo aminao hatramin'ny faha 8 taonanao? Hatraiza ny fiovana nisy teo aminao hatramin'ny faha 12 taonanao? Eritrereto ireo fomba samihafa mety hampiova ny olona, toy ny eo amin'ny endriny ivelany, ny fitondrantenany na ny fihetsiny. Diniho ny zavatra mety hitarika na hitondra ireo fiovana ireo eo amin'ny olona. Avy eo dia vakio ny Almà 5:12, ary tadiavo ny zavatra niova teo amin'i Almà Rainy. Rehefa mandalina ny Almà 5:1–13 ianao, dia eritrereto ny fomba mety hampiova ny fon'ny olona iray.

Ny Loholona Gerald N. Lund, izay nanompo tamin'ny naha mpikambana azy tao amin'ny Fitopololahy taty aoriana, dia nampianatra fa rehefa ampiasaina ao anatin'ny soratra masina ny teny hoe *fo,* dia matetika izany no manambara ny "ilay olona tena izy ao anatintsika" ("Understanding Scriptural Symbols," *Ensign,* ôkt. 1986, 25). Eritrereto mandritra ny fotoana fohy ny maha samihafa ny " fiovampo mahery vaika" amin'ny fomba hafa mety hampiova ny olona—tafiditra ao anatin' izany ny eritreritrao raha nanomboka ity lesona ity.

Tsarovy fa ny vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina dia niaina "fiovampo mahery vaika" tao am-pon'izy ireo, izay nahatonga azy ireo "tsy [h]anana fironana hanao ratsy intsony, fa hanao soa lalandava kosa" (Môsià 5:2). Azonao soratana ilay fanazavana avy amin'ny Loholona Lund sy ny andinin-tsoratra masina ho an'ny Môsià 5:2 eo amin'ny faritra malalaka amin'ny sisin'ny pejin'ny soratra masinao, eo akaikin'ny Almà 5:11–13.



Nanazava ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Mety hanontany ianao hoe, fa nahoana ity fiovampo mahery vaika ity no tsy mitranga haingana amiko? Tokony hotsaroanao fa ny ohatra niavaka an'ny vahoakan'ny Mpanjaka Benjamina, an'i Almà, sy ny hafa ao amin'ny soratra masina dia izay fotsiny— miavaka fa tsy zava-misy mahazatra. Mandeha tsikelikely kokoa sy miandalana ny fiovana ho an'ny ankamaroantsika. Ny ateraka indray, izay tsy mitovy amin'ny fahaterahantsika ara-batana, dia dingana tsikelikely fa tsy zava-mitranga amin'ny fotoana iray. Ary ivon'ny tanjon'ny fiainana an-tany ny firotsahana ao amin'izany dingana izany" ("Ateraka Indray," *Ensign* na *Liahona,* mey 2008, 78).

Vakio ny Almà 5:3–7, ary tadiavo ny zavatra nambaran'i Almà tamin'ny vahoakan'i Zarahemlà mba hanampiana tamin'ny fanomanana ny fon'izy ireo hiova.

Valio ity fanontaniana manaraka ato anatin'ny boky torolalana ity: Nanambara tamin'ny vahoakan'i Zarahemlà momba ny fiovam-pon'ny rainy sy ny hafa i Almà, ary koa ny fanafahana azy ireo tamin'ny fanandevozana. Araka ny eritreritrao, ahoana ny nanampian'izany traikefa izany ny vahoaka mba hiomanany hiaina fiovampo? ____________________

________________________________________

________________________________________

Vakio ny Almà 5:10, ary ataovy anaty faribolana ireo baraingo any amin'ny faran'ireo fanontaniana telo izay napetrak'i Almà tamin'ny vahoaka. Aorian'izay dia halalino ny Almà 5:11–13, izay ahitana ny nanombohan'i Almà namaly ireo fanontaniana ireo, mba hanohanana ity fehezanteny ity: **Afaka miaina fiovampo isika rehefa mino ny tenin'Andriamanitra sy mino an'i Jesoa Kristy.**

Mitarika any amin'ny fiovampo mahery vaika ny finoana ny tenin'Andriamanitra satria ny tenin'Andriamanitra dia mampianatra antsika momba ny Mpamonjy. Nino ny tenin'Andriamanitra izay nomena azy ireo tamin'ny alalan'ny mpaminany masina ny vahoakan'i Almà. Nianatra momba ny hery manavotra an'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izy ireo, ary niova ny fony rehefa nampitombo ny finoana ny Mpamonjy izy ireo.

**1.** Hazavao amin'ny teninao manokana ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hitarihan'ny finoana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ho amin'ny fiovampo mahery vaika.

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fomba niovan'ny fonao. Afaka faritanao ny zavatra niainanao ho ampahany amin'ny valinteninao raha nahatsikaritra fiovampo ianao rehefa nandalina ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny seminera tamin'ity taona ity.

## Almà 5:14–36

### *Nampianatra i Almà fa takiana ny fiovampo mahery vaika hahafahana miditra ny fanjakan'ny lanitra.*

Nanasa ny olona hamakafaka fanontaniana marobe i Almà rehefa avy nampianatra fa manampy antsika hanomboka ny dingan'ny fahazoana fiovampo mahery

vaika ny finoana ny tenin'Andriamanitra. Afaka manampy antsika hanombantombana ny toetoetry ny fo ara-panahintsika—ny faniriana ary ny fahatsapana ananan'ilay olona ao anatintsika ireny fanontaniana ireny.

Vakio ny Almà 5:14, ary mariho ireo fanontaniana telo napetrak'i Almà tamin'ny vahoaka mba handinihany ny momban'ny tenan'izy ireo. Mamaritra ny fiovana hiainantsika rehefa mampihatra finoana amin'ny fanavotana natolotra tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy ireo fanontaniana telo ireo. Tadidio avy amin'ny lesona teo aloha (jereo ny Môsià 5 sy Môsià 27) fa ny "ateraka indray" dia manambara ny fiovana hiainan'ny olona iray rehefa manaiky an'i Jesoa Kristy izy ary manomboka fiainam-baovao, tsy amin'ny maha mpianany fotsiny ihany, fa amin'ny maha zanany lahy na zanany vavy ara-panahy koa (jereo ny Môsià 27:25).

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny momba ny mety ahitana taratra ny fiovam-pon'ny olona iray eny amin'ny endriny. Ato anatin'ity votoatin-kevitra ity, ny teny hoe *endrika* dia midika hoe ny endriky ny tarehin'ny olona iray, izay maneho ny fihetsik'izany olona izany, ny toetsaina, na ny toe-panahiny. Fariparito ny olona iray izay fantatrao izay nandray ny endriky ny Mpamonjy teo amin'ny endriny.

Eo amin'ny asa momba ny fitsaboana, ny cardiogramme dia tabilao ampiasain'ny mpitsabo hanombatombanana ny fahasalaman'ny fo. Manampy hahafantarana ireo toe-javatra ilana fitsaboana izany. Halalino ireo andininy ao amin'ny Almà 5 izay voatanisa eo amin'ny farany ambanin'ny cardiogramme ara-panahy hita eto ambany. Rehefa mandalina ny andininy tsirairay ianao, dia mariho ny efa-joro ao amin'ny tabilao izay mamaritra tsara indrindra ny fomba mety hamalinao ilay fanontaniana na ireo fanontaniana ao amin'ny andininy tsirairay. (Afaka adikanao amin'ny taratasy hafa na ao anatin'ny diarinao manokana ity tabilao ity ary fenoy izany avy eo, raha tianao hotazonina ho tsiambaratelo kokoa ny valinteninao.)

| Almà 5 Cardiogramme (fitaovana fandrenesana ny fitempon'ny fo) ara-panahy | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Mandrakariva | | | | | | | | |
| Saika ho mandrakariva | | | | | | | | |
| Matetika | | | | | | | | |
| Indraindray | | | | | | | | |
| Mahalana, raha misy | | | | | | | | |
| Andininy avy ao amin'ny Almà 5 | 15 | 16 | 19 | 26 | 27 | 28 | 29 | 30–31 |

Rehefa fenonao ny cardiogramme ara-panahinao dia vakio ny Almà 5:21–25. Karohy ny zavatra nampianarin'i Almà mikasika ity fahamarinana ity: **Manomana ny tenantsika hahazo toerana iray any amin'ny fanjakan'ny lanitra isika (ny fanjakana selestialy) rehefa miaina fiovampo.**

**4.** Ataovy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

**a.** Manaova lisitra iray misy ireo teny sy fehezanteny izay nampiasain'i Almà ao amin'ny Almà 5:21–25 hamaritana ny toetoetra tianao hisy anao ankehitriny.

**b.** Hazavao araka ny eritreritrao ny fomba hanomanan'ny fiovampo antsika hahazo toerana iray ao amin'ny fanjakan'ny lanitra.

Vakio ny Almà 5:33–36, ary diniho ny fahatsapanao momba ny hafatr'i Almà. Mitadiava teny na fehezanteny izay manampy anao hamaly ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no hanasan'ny Tompo ahy hataoko?
- Inona avy ireo valisoa azo avy amin'ny fanekena izany fanasana izany?
- Inona no ampianarin'ireto andininy ireto ahy momba ny Mpamonjy?

Vakio ity fanambarana manaraka nataon'i Filoha Ezra Taft Benson ity, izay maneho ny fiainana tian'ireo izay niova fo hananana:



" Misafidy ny hovaina ianao rehefa misafidy ny hanaraka an'i Kristy. . . .

" Miasa avy ao anaty mankaty ivelany ny Tompo. Miasa avy aty ivelany mankao anaty izao tontolo izao. Manaisotra ny olona avy ao amin'ny toerana mahantra izao tontolo izao. Manaisotra ny toerana mahantra avy ao anatin'ny olona i Kristy ary avy eo dia manaisotra ny tenan'izy ireo avy ao amin'ny toerana mahantra izy ireo. Mamolavola ny olona amin'ny alalan'ny fanovana ny tontolo hiainany izao tontolo izao. Manova ny olona i Kristy, ary ireo olona ireo dia manova ny tontolo hiainany avy eo. Mamolavola ny fitondrantenan'ny

olombelona izao tontolo izao, fa afaka manova ny fitondrantenan'ny olombelona kosa i Kristy. . . .

"Tarihin'i Kristy ny lehilahy [sy ny vehivavy] niova ho Azy. Hanontany tahaka an'i Paoly izy ireo hoe: 'Tompo ô, inona no tianao hataoko?' (Asan' ny Apôstôly 9:6.) . . .

"Tsy hitady ny sitrapony izy ireo fa ny sitrapon'izay naniraka azy. (Jereo ny Jaona 5:30.)

"Ataon'izy ireo hatrany ireo zavatra mahafaly ny Tompo. (Jereo ny Jaona 8:29.)

"Tsy te ho faty ho an'ny Tompo fotsiny izy ireo, fa manan-danja kokoa noho izay, dia te ho velona ho Azy izy ireo.

"Midira ao an-tokantranon'izy ireo dia hanambara ny maha Kristiana azy ny sary eny amin'ny rindriny, ny boky eny amin'ny fitoeram-bokiny, ny hira mandeha, ny tenin'izy ireo ary ny asa ataony.

"Mijoro ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra, amin'ny zava-drehetra, ary amin'ny toerana rehetra izy ireo. (Jereo ny Môsià 18:9.)

"Manana an'i Kristy ao an-tsainy izy ireo rehefa mibanjina Azy amin'ny eritreritra rehetra. (Jereo ny F&F 6:36.)

"Manana an'i Kristy ao am-pony izy ireo rehefa apetrany amin'ny Tompo mandrakizay ny fitiavany rehetra. (Jereo ny Almà 37:36.)

"Saika ho isan-kerinandro izy ireo no mandray ny fanasan'ny Tompo ary mijoro ho vavolombelona indray amin'ny Rainy Mandrakizay fa vonona ny hitondra ny anaran'ny Zanany, hahatsiaro Azy mandrakariva, ary hitandrina ny didiny. (Jereo ny Môrô. 4:3.)" ("Born of God," *Ensign,* nôv. 1985, 5–7).

Ho famaranana ity lesona ity dia singano ny hevitra iray avy amin'ny fanambaran'ny Filoha Benson, izay manampy anao hieritreritra momba ny fiainana tianao hananana araka ny maha olona miaina fiovampo anao. Mametraha tanjona izay hanampy anao hampihatra ny zavatra tsapanao rehefa nandalina ny fampianaran'i Almà mikasika ny fiainana fiovampo ianao (azonao atao ny manoratra izany ao anatin'ny diarinao manokana na amin'ny taratasy iray hafa). Ho vonona ny hiditra ny fanjakan'Andriamanitra ianao raha mikatsaka hatrany ny ho aterak'Andriamanitra sy hiaina fiovampo.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa atao anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Nandalina ny Almà 5:1–36 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

## FIZARANA 15:ANDRO 2

# Almà 5:37–62

## Fampidirana

Nampitandrina ny vahoaka i Almà, raha nanohy nitory tao Zarahemlà, fa ny fanapahan-kevitr'izy ireo hiaino na handà ny teniny dia mihazona fitahiana na vokatra sasantsasany. Namporisika azy ireo izy hamaly ny feon'ny Mpiandry Ondry Tsara, ny Tompo Jesoa Kristy, izay niantso azy ireo ary naniry ny hitondra azy ireo hiverina ao am-balany. Eo am-pandalinanao ity lesona ity, dia diniho ny hanampian'ny fanarahanao ny feon'ny Mpiandry Ondry Tsara anao tsy hanatona ireo zavatra maloton'izao tontolo izao sy hiverina hiaraka amin'Andriamanitra.

### Almà 5:37–42, 53–62

*I Almà dia manasa ny rehetra hanaraka ny Mpiandry Ondry Tsara, dia ny Mpamonjy izany*

Voalaza matetika ho ilay "Mpiandry Ondry Tsara" i Jesoa Kristy ao amin'ny soratra masina (jereo ny Jaona 10:11–15). Nahoana araka ny eritreritrao no sariohatra tsara iray hilazana ny Mpamonjy ny hoe Mpiandry ondry? Nanome izao famaritana manaraka izao momba ny mpiandry ondry taloha ny Filoha Ezra Taft Benson:

"Fantatry ny olona noho ny fiarovany ny ondriny ny mpiandry ondry Palestiniana tamin'ny andron'i Jesoa. Mandeha eo alohan'ny ondriny hatrany ny mpiandry ondry fa tsy tahaka ny mpiandry ondry maoderina. Nitarika azy ireo izy. Fantatry ny mpiandry ondry ny ondriny tsirairay ary matetika izy no nanana anarana niantsoana ny tsirairay taminy. Fantatry ny ondry ny feony ary nahatoky azy izy ireo, ary tsy ho nanaraka olon-kafa mihitsy. Hany ka nanatona azy ireo ondry rehefa nantsoina. (Jereo ny Jaona 10:14 16.)

"Entin'ireo mpiandry ondry any amin'ny vala antsoina hoe valan'ondry ireo ondry amin'ny alina. Voahodidina rindrina avo dia avo ireo valan'ondry, ary nasiana tsilo eny an-tampon'ireny rindrina ireny mba hanakanana ireo bibidia sy mpangalatra tsy hihanika eo.

"Indraindray anefa dia mety hisy bibidia iray entin'ny hanoanana ka mitsambikina ny rindrina ho eo anivon'ny ondry ka mampatahotra azy ireo. Ny trangan-javatra tahaka ity dia mampiavaka ny tena mpiandry ondry—izay tia ny ondriny—amin'ny mpitady vola—izay miasa mba hahazoana karama sy noho ny adidy fotsiny ihany.

"Vonona ny hanome ny ainy ho an'ny ondry ilay tena mpiandry ondry. Mandeha eo anivon'ny ondry izy ary



miady ho soa ho azy ireo. Etsy andaniny, ilay mpitady vola, dia manome lanja ny fiarovana ny tenany manokana mihoatra ny an'ny ondry, ary matetika izy no mitsoaka ny loza.

"Nampiasain'i Jesoa ity fanazavana fahita tamin'ny androny ity hanambarana fa Izy no Mpiandry Ondry Tsara, ilay Tena Mpiandry Ondry. Vonona ny hanolotra ny ainy an-tsitrapo ho an'ny rahalahiny sy anabaviny Izy noho ny fitiavany ireo rahalahiny sy anabaviny. (Jereo ny Jaona 10:17–18.)" ("A Call to the Priesthood: 'Feed My Sheep,'" *Ensign,* mey 1983, 43).

Manorata valinteny fohy amin'ireto fanontaniana manaraka ato anatin'ity boky torolalana ity ireto:

- Inona no mety hahazo ireo ondry raha tsy mihaino ny mpiandry ondry izy ireo? ______________________
- Inona no itoviantsika amin'ny ondry, ary inona no itovian'ny Mpamonjy amin'ny mpiandry antsika ondriny? ______________________
- Inona no dikan'ny hoe hoentina mankao am-balany? (jereo ny Almà 5:60). ______________________

Ao amin'ny Almà 5:37, dia namariparitra ny vahoakan'i Zarahemlà ho toy ny ondry "naniasia" i Almà. Vakio ny Almà 5:37–42, ary tadiavo ny zavatra nampianarin'i Almà mikasika ny fihainoana ny feon'ny Mpamonjy.

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Halalino ny Almà 5:37–38, ary hazavao amin'ny teninao manokana ny zavatra nampianarin'i Almà momba ny ezaka ataon'ny Tompo hiantso antsika hanaraka Azy.

**b.** Ao amin'ny Almà 5:41, inona no nampianarin'i Almà mikasika ny fomba hahafantarantsika fa raha mihaino ny feon'ny Mpiandry Ondry Tsara isika? Inona ireo azo lazaina fa "asa tsara" mety hampiseho fa manaraka ilay Mpiandry Ondry Tsara ny zatovo Olomasin'ny Andro Farany iray?

Tsy voatery ho mora foana ny mahafantatra sy manaraka ny feon'ny Mpamonjy. Saintsaino ity teny notsongaina naverin'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity: "Amin'ireo fampiaraham-peo henontsika eto ambonin'ny tany dia tokony ho fantatsika ny feon'ny Mpiandry Ondry Tsara, izay miantso antsika hanaraka Azy ho any amin'ny fonenantsika any an-danitra" ("Feo miovaova," *Ensign,* mey 1989, 27).

Vakio ny Almà 5:53–56, ary mariho ireo toetra sy fihetsika izay mety hanasarotra ny fihainoan'ny olona iray ny feon'ny Mpamonjy.

Eritrereto ireo toetra hafa sy fihetsika eto amin'izao tontolo izao ankehitriny izay manasarotra ny fihainoan'ny olona ny feon'ny Mpamonjy. Hazavao tsotsotra araka ny eritreritrao ny antony mahatonga ireo toetra sy ny fihetsika ireo hanasarotra ny fihainoan'ny olona ny feon'ny Mpamonjy: ______________________

Ao amin'ny Almà 5:57, mariho ny fehezanteny hoe "[ireo] rehetra izay maniry ny hanaraka ny mpiandry tsara." Dia mariho avy eo ireo fehezanteny telo hafa ao amin'ny andininy 57 izay manambara ny zavatra azonao atao mba hanarahana ny feon'ny Mpamonjy.

**2.** Ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina, manorata ohatra iray ho an'ny tsirairay avy amin'ireto andianteny manaraka ireto, izay maneho ny zavatra azon'ny zatovo Olomasin'ny Andro Farany iray atao ao amin'ny sekoly na ao amin'ny fiaraha-monina misy anao mba: (a) hiala eo anivon'ny ratsy, (b) ho tafasaraka, sy (d) tsy hikasika zava- maloto. Avy eo dia mieritrereta zavatra atao na fahazarana roa izay hanampy ny zatovo hihaino bebe kokoa ny feon'ny Mpiandry Ondry Tsara. Raha toa ka nanampy anao hihaino ny feon'ny Mpamonjy ny iray amin'ireo zavatra atao na fahazarana ireo dia manorata mikasika izany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina mba hizarana izany amin'ny mpampianatra na ny mpiara-mianatra rehetra ao aoriana kely ao.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 5:58–60, dia nampianatra ity fahamarinana ity i Almà: **Raha**

**manaraka ny feon'ny Tompo (ilay Mpiandry Ondry Tsara) isika dia hoentiny hankany amin'ny fanjakany.** Mariho ireo fampanantenana na fitahiana ao amin'ny Almà 5:58–60 izay horaisin'ireo mpandova eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra.

**3.** Eritrereto ny dikàn'ny tsirairay amin'ireo fampanantenana na fitahiana ireo aminao. Aorian'izay dia soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe nahoana no mendrika ireo fitahiana ireo ny fialànao amin'ny zavatra ratsy.

Hahazo ireo fitahiana ireo ary ny fitahian'ny fisandratana any am-parany any ianao rehefa manaraka ny feon'ny Mpamonjy.

## Almà 5:43–52

### *Mitantara ny fomba nahazoany fijoroana ho vavolombelona i Almà ary mampianatra momba ny fibebahana*

Eritrereto ireo zavatra nianaranao tamin'ny alalan'ny tsirairay amin'ireo taovam-pandrenesana ara-batana dimy anananao: fahitana, fandrenesana, fitsapana, sy fanamboloana, ary fanandramana. Misy fomba hafa ve ahafahanao mahafantatra zavatra iray raha tsy mampiasa ny iray amin'ireo taovam-pandrenesana ara-batanao ireo ianao? Vakio ny Almà 5:45–48, ary tadiavo ny zavatra nolazain'i Almà fa fantany, sy ny fomba nahafantarany izany.

Mariho ao amin'ny Almà 5:48 ny zavatra nampianarin'i Almà momba an'i Jesoa Kristy. Ny hafatra ao amin'ny Almà 5:45–48 dia afaka fintinina toy izao: **Afaka mahafantatra amin'ny tenantsika manokana isika, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, fa i Jesoa Kristy no Mpanavotra ny olombelona.**

Miatrika fisedrana ny finoany sy ny fijoroany ho vavolombelona avokoa ny olon-drehetra. Afaka mampatanjaka anao mandritra ireny fotoan-tsarotra ireny ny fanananao fijoroana ho vavolombelona manokana ny amin'ny fahamarinan'ny filazantsara amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Afaka manampy anao eo anivon'ny zava-tsarotra ny fahatsiarovana ny fijoroana ho vavolombelonao manokana ny amin'ny Fanahy Masina, tahaka ny nataon'i Almà. Afaka mianatra ihany koa isika, avy amin'ny ohatr'i Almà, fa ny fifadiankanina sy ny vavaka dia afaka manampy antsika hahatsapa ny Fanahy manamafy indray ny fahamarinana sy manohana ny fijoroana ho vavombelona ananantsika rehefa mila hampatanjahana izy ireny.



Saintsaino ny fijoroanao ho vavolombelona manokana rehefa mamaky ity teny notsongaina naverina avy amin'ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity ianao, izay mandrisika antsika hikatsaka fijoroana ho vavolombelona antsika manokana momba an'i Jesoa Kristy manao hoe: "Ny fijoroana ho vavolombelona manokana, an'ny tsirairay momba ny fahamarinan'ny filazantsara, indrindra fa ny fiainana sy ny iraka masina an'ny Tompo Jesoa Kristy dia manan-danja ho an'ny fiainana mandrakizaintsika. 'Ary izao no fiainana mandrakizay,' hoy ny Mpamonjy, 'dia ny mahafantatra Anao, izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesoa Kristy, izay efa nirahinao' [Jaona 17:3]. Izany hoe, vokatry ny fahafantarantsika tsirairay, manokana an'ny Ray any An-danitra sy ny Zanany Masina ny fiainana mandrakizay. Tsy ampy ny fahafantarana fotsiny ny momba azy ireo. Mila manana traikefa manokana ara-panahy isika mba tsy hampihozongozona ny fijoroantsika ho vavolombelona" ("Feasting at the Lord's Table," *Ensign,* mey 1996, 80).

**4.** Fenoy ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray na maromaro amin'ireto asa atao manaraka ireto:

**a.** Manorata mikasika ny fotoana iray izay nahenoanao olona iray nizara fijoroana ho vavolombelona matanjaka, tamin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina, fa i Jesoa Kristy no Mpanavotra ny olombelona. Soraty ny fahatsapanao raha nihaino izany fijoroana ho vavolombelona izany.

**b.** Vakio ny Almà 5:46, ary soraty amin'ny teninao manokana avy eo ny fomba nahazoan'i Almà ny fijoroany ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy. Eritrereto ny fomba hanarahanao ny ohatr'i Almà mba hampatanjahana ny fijoroanao ho vavolombelona ny amin'ny Mpamonjy, ary soraty ny eritreritrao.

**d.** Manorata mikasika ny fotoana iray izay nahatsapanao ny Fanahy Masina nijoro ho vavolombelona taminao fa i Jesoa Kristy no Mpanavotra izao tontolo izao. Manorata tanjona iray miavaka izay hanampy anao hahazo na hampatanjaka ny fijoroanao ho vavolombelona ny amin'ny Mpamonjy, toy ny fifadian-kanina na fivavahana mafimafy kokoa na fandalinana soratra masina amin'ny fo kokoa. Miasà mba hanatanteraka ity tanjona ity, na dia handany "andro maro" aza izany (Almà 5:46). (Ny fanatanterahana ity asa atao ity dia mety hanampy anao hanatontosa izay takian'ny Mon Progrès Personnel na ny Devoir envers Dieu.)

Vakio ny Almà 5:49–52, ary tadiavo izay nampianarin'i Almà ny vahoaka mikasika ny fibebahana. Hazavao eo amin'ireo faritra malalaka navela hanaovana izany araka ny eritreritrao ny antony tokony hibebahan'ny olona mba hahafahany hiaina mandrakizay miaraka amin'ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy.

Nanasa antsika ny Loholona Dallin H. Oaks handinika fanontaniana maromaro izay afaka hanampy antsika hampihatra ny nampianarin'i Almà momba ny fibebahana sy ny fiomanana hiditra ny fanjakan'Andriamanitra:



"Ahoana raha rahampitso ny andro hahatongavany? Raha fantatsika fa hihaona amin'ny Tompo isika rahampitso—amin'ny alalan'ny fahafatesantsika aloha loatra na amin'ny alalan'ny fahatongavany tsy nampoizina—inona no ho ataontsika anio? Inona ireo fibabohana ho ataontsika? Inona ireo fomba fanao hajanontsika? Inona ireo fifandirana na olana hovahantsika? Famelan-keloka toy ny ahoana no ataontsika? Fijoroana ho vavolombelona inona no hozaraintsika?

"Raha ho ataontsika izany amin'izany fotoana izany, nahoana no tsy izao ankehitriny izao dia atao? Nahoana no tsy hikatsaka fiadanana rehefa afaka mahazo fiadanana?" ("Preparation for the Second Coming," *Ensign* na *Liahona,* mey 2004, 9).

**5.** Eritrereto ny iray amin'ireo fanontanian'ny Loholona Oaks. Ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, manorata mikasika ny antony hiheveranao fa zava-dehibe ny miaina isan'andro ho toy ny hoe miomana hihaona amin'ny Tompo ianao.

Diniho tsara amim-bavaka ny fomba hampiharanao ny zavatra nianaranao androany mba hahatonga anao ho vonona ny hihaona amin'ny Mpamonjy sy hiditra ao amin'ny fanjakany.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 5:37–62 aho ary manatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 15: ANDRO 3

# Almà 6–7

## Fampidirana

Taorian'ny nampianarany ny vahoaka tao Zarahemlà sy ny nandaminany ny Fiangonana, dia nandeha tany amin'ny tanànan'i Gideôna i Almà. Hitany ho mahatoky kokoa noho ireo tao Zarahemlà ny mponina tao. Noho izany dia namporisika ny vahoakan'i Gideôna i Almà hanohy hiantehitra amin'ny Tompo sy hikatsaka ny hampihatra ny Sorompanavotany eo amin'ny fiainan'izy ireo. Afaka hanampy anao hahatakatra bebe kokoa ny halehibeazan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny fijoroana ho vavolombelon'i Almà, ary hampianatra anao ny fomba handraisana isan'andro ireo fitahian'ny Sorompanavotana rehefa manohy amin'ny lalana mankany amin'ny fanjakan'Andriamanitra ianao.

## Almà 6

### *Nanamafy ny Fiangonana tao Zarahemlà i Almà ary nandeha nitory tany Gideôna*

Fenoy ity fehezanteny manaraka ity: Mandeha any ampiangonana aho satria ______________________________
______________________________.

Eo am-pandalinanao ny Almà 6, dia eritrereto ny fomba hahatongavan'ireo fivoriam-piangonana hanan-danja bebe kokoa aminao amin'ny alalan'ny fahatakarana ny tanjon'ireo fivoriana ireo.

Nanamafy ny Fiangonana tao Zarahemlà i Almà talohan'ny nialany tao. Vakio ny Almà 6:1–4, ary fantaro ireo andianteny roa na telo izay mamaritra ny andraikitr'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana ato amin'ny Fiangonana.

Inty no fitsipika lehibe hianarantsika avy amin'ny traikefan'i Almà: Amin'izao androntsika izao, tahaka ny tamin'ny andron'ny Bokin'i Môrmôna dia, **naorina ho fiadanan'ny olon-drehetra ny Fiangonana.** Vakio ny Almà 6:5–6, ary mariho ireto fehezanteny roa manaraka ireto: "hihaino ny tenin'Andriamanitra" sy "hiombona amin'ny fifadian-kanina sy faherezana mivavaka ho fiadanan'ny fanahin'ireo tsy nahalala an'Andriamanitra." Manambara ireo fomba hanoloran'ny Fiangonana fahafahana hitombo sy hanampy ny hafa ho an'ny olona rehetra ireto fehezanteny ireto. Eritrereto ny fomba mety namenoan'ny mpikamban'ny Fiangonana tao Zarahemlà ilay fehezanteny nofenoinao tetsy ambony.

**1.** Manorata hevitra vitsivitsy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina mikasika ny fomba mety hanovan'ny fandehananao any am-piangonana ny traikefanao any am-piangonana noho ireo antony hita ao amin'ny Almà 6:5–6.

Natao ho an'ny zanak'Andriamanitra rehetra ireo fitahian'ny maha mpikamban'ny Fiangonana. Nampianatra ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe:



"Mivavaka ho an'ny misiônera*ny rehetra*. Enga anie ho toy izany hatrany izany. Amin'izany toe-tsaina izany ihany, dia tokony hivavaka ho an'ireo izay (na ireo mila) mihaona ny misiônera ihany koa isika. Nodidiana ny mpikambana tao Zarahemlà mba 'hiombona amin'ny fifadian-kanina sy faherezana mivavaka' [Almà 6:6] ho an'ireo tsy mbola

niditra ho mpikamban'ny Fiangonan'Andriamanitra. Afaka manao toy izany koa isika.

"Afaka mivavaka isan'andro ho an'ny traikefa misiônera manokana antsika ihany koa isika. Mivavaha, eo ambany fitarihana masina toy izany, mba ho efa voaomana ao am-pon'ny olona izay maniry sy mitady ny zavatra anananao ilay fahafahana hanao asa fitoriana tadiavinao. 'Fa mbola misy maro eto an-tany . . . tsy [m]ahita ny fahamarinana noho ny tsy fahafantarana izay ahitana izany fotsiny' [F&F 123:12]. Mivavaha mba hahitan'izy ireo anao! Ary avy eo dia mahatsiarova tena, satria misy valalavemandry ao amin'ny tontolonareo izay mahatsapa hanoanana eo amin'ny fiainan'izy ireo, tsy fanirian-kanina anefa, na hetahetan-drano, fa faniriana handre ny tenin'i Jehovah [jereo ny Amôsa 8:11]" ("Witnesses unto Me," *Ensign,* mey 2001, 15).

Mba hanarahana ny torohevitry ny Loholona Holland, dia mivavaha amin'ny Ray any An-danitra hanampiana anao hahafantatra sy hanao ireo asa fitoriana izay nomanina ho anao. Mikatsaha fahafahana hanasa ny hafa mba hizarana ireo fitahiana hankamamianao amin'ny maha mpikamban'ny Fiangonana anao.

## Almà 7:1–13

### *Mampianatra ny vahoakan'i Gideôna momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy i Almà*

Alaivo sary an-tsaina hoe miresaka momba ny fibebahana miaraka amin'ny namana izay mpikambana mazoton'ny Fiangonana ianao. Mieritreritra ireo namanao fa tsy nahavita ota lehibe ary manontany tena hoe ahoana no hahafahan'izy ireo tena hiaina ny herin'ny Sorompanavotana. Eritrereto ny zavatra azonao zaraina amin'ireo namana ireo. Tadidio ireo hevitra ireo rehefa mandalina ny Almà 7:1–13 ianao.

Niresaka tamin'ny vahoaka tao amin'ny tanànan'i Gideôna i Almà taorian'ny nialàny tany Zarahemlà. Vakio ny Almà 7:3–6 mba hijerena ny toetoetra ara-panahy nantenain'i Almà ho hita teo anivon'ny vahoakan'i Gideôna. Vakio avy eo ny Almà 7:17–19 mba hahitana raha toa ka voamarina ireo fanantenan'i Almà. Farito eo amin'ireo tsipika manaraka ny toetoetra ara-panahin'ny vahoakan'i Gideôna: ____________________

____________________________________________

Vakio ny Almà 7:7–10, ary tadiavo ny trangan-javatra tsapan'i Almà fa lehibe indrindra tokony ho fantatry ny vahoaka sy ny zavatra tokony ataon'ny vahoaka hiomanana amin'izany.

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Nahoana araka ny eritreritrao no niteny tamin'ireo olona izay efa manana finoana matanjaka i Almà (jereo ny Almà 7:17) fa mila nibebaka izy ireo mba hiomanana amin'ny fahatongavan'ny Mpamonjy? (Jereo ny Romana 3:23.)

Nampianatra ity fitsipika manan-danja ity an'ny vahoakan'i Gideôna i Almà: **Nijaly mba hamonjena antsika amin'ny fahotana sy ny fahafatesana i Jesoa Kristy ary hanampy antsika handalo ireo zavatsarotra eo amin'ny fiainana an-tany.** Vakio ny Almà 7:11–13, ary mariho ao amin'ny soratra masinao ireo fepetra nahavonona ny Mpamonjy mba "[hoentiny] eo Aminy" ho tombontsoantsika.

Mety hanampy ny fahafantarana fa ny *rofy* dia fahalemena, tsy fahafahana, na aretina—mahafaoka karazan'olana maro ilay teny. Midika hoe manampy amin'ny fotoana ilàna izany sy amin'ny fotoan-tsarotra ny teny hoe *[m]anampy*. Ny fototra Latina an'izany teny izany dia midika hoe mihazakazaka hanampy olona iray, izay milaza ny faniriana lehiben'Andriamanitra hanampy antsika.

Eo akaikin'ny Almà 7:11–13 ao amin'ny soratra masinao na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, dia afaka manoratra izao teny manaraka izao ianao, izay nataon'ny Loholona Bruce C. Hafen, izay nanompo tao amin'ny Fitopololahy manao hoe: "Tsy natao ho an'ny mpanota irery ihany ny Sorompanavotana" ("Beauty for Ashes: The Atonement of Jesus Christ," *Ensign,* apr. 1990, 7). (Soratra masina fehezina ny Almà 7:11–13. Azonao atao ny manisy marika izany amin'ny fomba miavaka mba hahafahanao mahita ny misy izany amin'ny manaraka.)

**3.** Mirakitra ireo teny avy ao amin'ny Almà 7:11–13 , izay mamaritra ny fepetra nalain'ny Mpamonjy teo Aminy ity tabilao manaraka ity. Ataovy sary ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ilay tabilao, ary avy eo dia misafidiana maromaro amin'ireto teny ireto, ary manorata ohatra nahafantaranao na ny olona fantatrao fa efa niaina izany fepetra izany. Eritrereto ny dikan'ny hoe manana an'i Jesoa Kristy maka ireto zavatra ireto eo amin'ny tenany.

| | |
|---|---|
| Fanaintainana | |
| Fahoriana | |
| Fakam-panahy | |
| Aretina | |

| | |
|---|---|
| Fahafatesana | |
| Rofy | |
| Fahotana | |

Nizara izao fijoroana ho vavolombelona manaraka izao ny Loholona Jeffrey R. Holland fa afaka manaisotra ny enta-mavesatra amintsika ny Sorompanavotana:

"Miady amin'ny demonin'ny fiankinan-doha iray ve ianao—paraky na zava-mahadomelina na filokana, na ny areti-mifindra maoderin'ny pôrnôgrafia izay manimba? Mikorontana ve ny fanambadinao sa misy loza manambana ny zanakao? Mikorontan-tsaina ve ianao mikasika ny maha lahy na maha vavy anao sa mitady hasin'ny tena? Miatrika aretina ve ianao—na ny olon-tianao—na koa fahakiviana na fahafatesana? Mankanesa *aloha* any amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy na inona dingana mety horaisinao hamahana ireny olana ireny. Matokia ireo fampanantenan'ny lanitra. Mahakasika izay, dia ny ny fijoroan'i Almà ho vavolombelona no fijoroako ho vavolombelona: 'Fantatro,' ho izy, 'fa na zovy na zovy no hametraka ny fitokiany amin'Andriamanitra dia hotohanana izy amin'ny fizahan-toetra azy sy ny fahasahiranany ary ny fahoriany' [Almà 36:3].

"Ity fianteherana amin'ny toetra be famindrampon'Andriamanitra ity no tena ivon'ny filazantsara nampianarin'i Kristy. Mijoro ho vavolombelona aho fa tsy manaisotra fotsiny ihany ny enta-mavesatry ny fahotantsika ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy, fa ny enta-mavesatry ny fahadisoam-panantenantsika sy ny alahelontsika, ary ny aretim-pontsika na ny fahakiviantsika koa [jereo ny Almà 7:11–12]. Hatrany am-piandohana, ny fahatokiana ny fanampiana toy izany dia natao hanome antsika antony iray sy hanome antsika lalana iray hivoarana, zavatra mamporisika antsika hanaisotra ny enta-mavesatsika ka hiasa ho amin'ny fanavotana antsika" ("Broken Things to Mend," *Ensign* na *Liahona*, mey 2006, 70–71).

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fahatsapanao ho an'i Jesoa Kristy sy ny zavatra nataony ho anao tamin'ny alalan'ny Sorompanavotana. Avy eo dia valio ny iray amin'ireo andiam-panontaniana ireto, na izy roa:

**a.** Oviana no nanampian'ny Sorompanavotana anao tamin'ny iray amin'ireo fomba nofaritan'i Almà ao amin'ny Almà 7:11–13? Ahoana no nanampian'ny Sorompanavotana anao nandritra izany fotoana izany?

**b.** Ahoana no hahafahan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy manampy anao amin'ny fisedrana atrehanao ankehitriny? Inona no ho ataonao hianteheranao amin'ny Sorompanavotana raha miatrika izany zava-tsarotra izany ianao?

## Soratra masina Fehezina—Almà 7:11–13

Na dia Soratra Masina Fehezina lava aza ny Almà 7:11–13, dia mirakitra teny miavaka izay afaka manampy anao hahatsiaro ny halehibe sy ny herin'ny Sorompanavotana mandritra ny fiainanao manontolo izany. Mba hanampiana anao hitadidy ireo teny manan-danja ireo, dia avereno soratana amin'ny taratasy iray hafa ny Almà 7:11–13, aza soratana ireo teny hita ao anatin'ilay tabilao teo aloha ato amin'ity lesona ity. Vakio hatrany ny soratra masina voasoratrao, tsy an-kijery ny soratra masinao, mandra-pamenonao ireo teny tsy ampy ao. Afaka mamerimberina ireo andininy ireo ianao mandritra ny andro vitsivitsy manaraka mba hanampiana anao hitadidy ny zavatra azon'ny Mpamonjy atao ho anao sy ny hafa mandritra ny fiainanao manontolo. Tsapao ny fahaizanao ny soratra masina fehezina Almà 7:11–13 amin'ny fanaovana tsianjery izany mafy amin'ny tenanao na amin'ny olona ao amin'ny fianakavianao na namana na amin'ny fanoratana izany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina.


## Almà 7:14–27

### *Mamporisika ny vahoaka hanohy amin'ny lalana mankany amin'ny fanjakan'Andriamanitra i Almà*

Vakio ny Almà 7:19 hahatsiarovana ny fomba namaritan'i Almà ny toetoetra ara-panahin'ny vahoakan'i Gideôna. Nampianatra ity fitsipika manan-danja ity i Almà: **Manaraka ny lalana mankany amin'ny fanjakan'Andriamanitra isika rehefa miaina ireo fitsipiky ny filazantsara.** (Ny fanjakan'Andriamanitra dia ny fanjakana selestialy.) Fakafakao ny Almà 7:14–16, ary tsipiho ireo teny na andian-teny izay maneho ny tokony *hataontsika* hanarahana ny lalana izay mitarika antsika ho any amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Fakafakao avy eo ny Almà 7:22–25, ary tsipiho ireo teny na andian-teny maneho ny tokony *hahatongavantsika* mba hanarahana ity lalana ity.

**5.** Manaova sarina lalana avy amin'ny sisiny ambany havian'ny pejy iray mankany amin'ny sisiny ambony havanana ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Manorata hoe *Fiainana an-tany* ery amin'ny farany ambany amin' ilay lalana, ary soraty ny *Fanjakan'Andriamanitra* ery amin'ny farany ambony amin'ilay lalana. Soraty manerana ilay lalana ny tokony *hatao[nao]* sy ny tokony *hahatongava[nao]* izay hitondra anao any amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

**6.** Misafidiana asa iray avy amin'ilay lalana, ary manorata mikasika ny fomba nahitanao olona iray *nanao* izany. Avy



eo dia misafidiana toetra iray avy amin'ilay lalana, ary manorata mikasika ny fahitanao olona iray *tahaka* izany. Mametraha tanjona izay hanampy anao hivoatra amin'ireo sehatra roa ireo mba hahafahanao hiditra ny fanjakan'Andriamanitra indray andro any.

Vakio ny Almà 7:27, ary tadiavo ireo fitahiana fantatr'i Almà fa horaisin'ireo vahoaka raha toa ka manohy ampinoana sy amin'ny asa tsara izy ireo. Tsarovy fa afaka mandray izany fitahiana izany koa ianao raha manaraka amim-pahatokiana ilay lalana izay mitondra any amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

**7.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 6–7 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 15: ANDRO 4

# Almà 8–10

## Fampidirana

Rehefa avy nampianatra tao Zarahemla, Gideôna, ary Meleka i Almà, ary olona marobe no nanaiky ny hafany, dia nandà ny hafany ny vahoakan'i Amônihà ary nandroaka azy ivelan'ny tanànany. Niverina tany Amônihà anefa i Almà noho ny fankatoavany ny didin'ny Tompo. Nanomana an'i Amioleka handray an'i Almà tao Amônihà ny Tompo ary niombona taminy tamin'ny fijoroana ho vavolombelona tamin'ny vahoaka. Nampitandrina ny vahoakan'i Amônihà i Almà sy i Amioleka fa raha tsy mibebaka izy ireo dia hofongorana. Nankatò tamim-pahatokiana an'Andriamanitra i Amioleka ary nampiasa ny lazany, sy ny anarany ary ny hery fitaomana nananany hanohanana ny mpaminana Almà sy hijoroana ho vavolombelona ny amin'i Kristy.

## Almà–8

### *Niverina tamim-pankatoavana tany Amônihà, izay toerana nanomanany an'i Amioleka hitory teny, i Almà*

Nandeha tany Meleka i Almà taorian'ny nampianarany ny filazantsara tao Zarahemlà sy tao Gideôna (jereo ny Almà 5–7). Vakio ny Almà 8:4–5, ary fantaro ny fomba nandraisan'ny vahoakan'i Meleka ny fampianaran'i Almà. (Ny andian-teny hoe "lamina masin'Andriamanitra" ao amin'ny Almà 8:4 dia milaza ny fisoronana, araka izay ho hitanao ao amin'ny Almà 13.)

Nandeha tany Amônihà hitory teny i Almà rehefa avy nampianatra tany Meleka. Nanana traikefa miavaka izy tamin'ny vahoaka niara-nonina taminy tao. Halalino ireto sary sy andinin-tsoratra masina manaraka ireto, ary manorata maribolana manazava ho an'ny tsirairay amin'izy ireo avy eo, izay mamintina ny zava-nitranga tamin'i Almà fony izy tao Amônihà:



Almà 8:8–13. ________________________________

________________________________



Almà 8:14–16. ________________________________

________________________________________



Almà 8:18–26. ________________________________

________________________________________

Diniho ireto fanontaniana manaraka ireto (tsy mila manoratra ny valinteninao ianao):

- Ilay anjely niseho tamin'i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià tany aloha ihany no niseho taminy. Mety ha-traiza no nampiononan'ny tenin'ilay anjely an'i Almà (jereo ny Almà 8:15)?
- Nahoana no mety ho sarotra tamin'i Almà ny hiverina ho any Amônihà (jereo ny Almà 8:16)?

"Niverina faingana tokoa tany an-tanin'i Amônihà" i Almà na dia teo aza ny fahasarotan'ilay didy (Almà 8:18). Nampianatra ny Filoha Howard W. Hunter fa tian'ny Tompo ny fankatoavana toy izany: "Tena tian'ny Tompo, mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra, ny faha-vonona tsy voahozongozona mba hankatò ny torohe-viny" ("Commitment to God," *Ensign,* nôv. 1982, 58).

**1.** Misafidiana iray na maromaro amin'ireto toe-javatra manaraka ireto. Avy eo dia soraty ao anatin'ny diary fan-dalinanao soratra masina ny fomba hahafahan'ny tsirairay ho voatahy raha nankatò izy:

**a.** Raha ho any am-pianarana ny zatovovavy iray, dia nasain'ny reniny hanao ambonin'akanjo maotina kokoa izy.

**b.** Nanao fanamby tamin'ny mpisorona vaovao ny evekany na ny filohan'ny sampany mba ho mendrika ny lokany amin'ny De-voir envers Dieu izy.

**d.** Nahatsapa fitaomam-panahy ny misiônera roa hamangy fia-nakaviana mangatsiaka iray, ary tsy mbola mpikamban'ny Fian-gonana ilay reny ao amin'izany fianakaviana izany.

Azonao atao ny manoratra ity fitsipika manaraka ity ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Almà 8:18–20: **Hanampy antsika hanatanteraka ny didiny ny Tompo raha mamaly faingana ny teniny isika.**

**2.** Manorata ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina mikasika ny fotoana iray izay nahatsapanao fa nanampy anao ho marina sy mpankatò ny Tompo, na dia teo aza ny trangan-javatra sarotra.

Vakio ny Almà 8:27–32, mba hitadiavana fomba maro kokoa izay nanampian'ny Tompo an'i Almà hanao izay nandidiana azy.

## Almà 9

### *Nampitandrina ny vahoakan'i Amônihà hibebaka sy hiomana amin'ny fiavian'i Jesoa Kristy i Almà*

Mirakitra ny ezaka nataon'i Almà hampianatra ny vahoakan'i Amônihà momba ny tokony hibebahany sy ny hanavotana azy ireo amin'ny alalan'ny Mpamonjy, Jesoa Kristy ny Alma 9. Niantso ireto vahoaka ratsy fanahy ireto hahatsiaro ny nataon' Andriamantira ho azy ireo sy ny rainy i Almà mba hiezahana hanampiana azy ireo hahafantatra ny tokony hibebahany.

Tadiavo ao amin'ny Almà 9:8–10, 13 ny fiverimberenan'ireo teny hoe *tsarovy* sy *nanadino.* Tamin'ny fomba ahoana araka ny eritreritrao no mety naha hafa ny vahoakan'i Amônihà raha toa ka nahatsiaro ny zavatra nolazain'i Almà izy ireo?

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ny fahatsiarovana ireo traikefa ara-panahy nanananao taloha? Manorata momba ny traikefa ara-panahy iray izay tsy tianao hohadinoina avy eo.

Nampianatra ny vahoakan'i Amônihà i Almà, taorian'ny nitaomany azy ireo hibebaka, fa mila miomana amin'ny fotoana hahatongavan'ny Mpamonjy eto an-tany izy ireo. Vakio ny Almà 9:26–27, ary mariho ireo teny sy fehezanteny izay manampy anao hahatakatra bebe kokoa ireo toetry ny Mpamonjy. (Ny teny hoe *hitsiny* dia midika hoe rariny sy marina.) Inona no ampianarin'ireo teny na fehezanteny ireo anao momba ny Mpamonjy? Makà fotoana hieritreretana azy ireny mandritra ity herinandro ity.

## Almà 10

*Mamariparitra ny traikefany niaraka tamin'ny anjely iray i Almà ary mamporisika ny vahoaka hibebaka.*

Ataovy anaty faribolana ny fehezanteny izay mamaritra tsara indrindra ny fomba nifohazanao tamin'ny maraina:

- Izaho ihany no nampifoha ny tenako, tsy nampiasa famoha-mandry na nantsoin'olona.
- Nifoha aho tamin'ny fotoana voalohany nitsahatan'ny famoha-mandriko naneno na ny fotoana voalohany niantsoana ahy.
- Nitsahatra naneno im-betsaka ny famoha-mandriko, na nila nantsoina im-betsaka aho talohan'ny nifohazako.


Vakio ny Almà 10:6, ary tadiavo ny isan'ny "antso famohazana" voarain'i Amioleka rehefa nanohy nikomy tamin'Andriamanitra izy. Soraty eo amin'ireo tsipika navela hanaovana izany ny valinteninao amin'ity fanontaniana ity: Inona araka ny eritreritrao no tian'ny fehezanteny hoe "tsy te hihaino" sy "tsy te hahalala" holazaina momba ny toetoetra ara-panahin'i Amioleka talohan'ny nahatongavan'ilay anjely teo taminy? _____

_____

Mamaritra ny fiainany talohan'ny namangian'ny anjely iray azy sy ny fiovam-pony tamin'ny filazantsara i Amioleka araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 10:2–11. Halalino ny Almà 10:1–6 mba hitadiavana ireo antsipiriany izay manampy anao hahafantatra bebe kokoa ny momba an'i Amioleka.

Nitantara ny fananaran'ny anjely iray azy hampiantrano Almà sy hikarakara azy i Amioleka. Vakio ny Almà 10:7–11, ary tadiavo ny fomba nitahiana an'i Amioleka sy ny hafa satria nankatò ilay anjely i Amioleka.

Soraty eo akaikin'ny Almà 10:11–12 ity fitsipika ity: **Tonga amintsika sy amin'ny hafa ny fitahiana rehefa mihaino sy mankatò ny antson'ny Tompo isika.** Betsaka ireo fomba afaka "hiantsoan['ny]" Tompo antsika—amin'ny alalan'ny bitsiky ny Fanahy; amin'ny alalan'ny fahatsapana; amin'ny alalan'ny nofy iray; amin'ny alalan'ireo tenin'ny mpitarika ny Fiangonana, mpampianatra, na ray aman-dreny, amin'ny alalan'ny fiantsoana amin'ny antso na andraikitra ato am-piangonana; amin'ny alalan'ny zava-tsarotra, na amin'ny alalan'ny fomba hafa.



**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Oviana ianao no nahatsapa fa voatahy satria nankatò "antso" iray avy amin'ny Tompo?

Betsaka tamin'ireo vahoaka tao Amônihà no tsy nety nihaino ny tenin'i Amioleka araka ny voalaza ao amin'ny Almà 10. Nampitandrina azy ireo i Amioleka fa raha tsy mibebaka izy ireo dia ho avy ny andro izay hamongorana azy ireo. Vakio ny Almà 10:22–23, ary fantaro ny antony namonjena ny vahoaka tamin'ny famongorana. Inona no ampianarin'ireo andininy ireo anao mikasika ny maha zava-dehibe ny hoe marina na dia tsy marina aza ireo manodidina anao?

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 8–10 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

## FIZARANA 16: ANDRO 1

# Almà 11

## Fampidirana

Nifanditra tamin' i Zezrôma mpahay lalàna i Amioleka, i Zezrôma izay niezaka nampandà azy an'ilay Andriamanitra marina sady velona. Nijoro ho vavolombelona izy raha niaro ny finoany tamin'ny ezaka nataon'i Zezrôma hamandrika azy, fa tonga amin'ny alalan'i Jesoa Kristy irery ihany ny fanavotana amin'ny fahotana. Nanao fijoroana ho vavolombelona matanjaka i Amioleka fa hitsangana amin'ny maty sy hotsarain'Andriamanitra ny olombelona rehetra. Noho ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy dia hitsangana amin'ny maty ianao ary hijoro eo anatrehan'Andriamanitra indray andro any, ka hanao tatitra momba ny fiainanao teto an-tany.

## Almà 11:1–25

*Tsy nanaiky ny fakan'i Zezrôma fanahy azy handà ny fisian'Andriamanitra i Amioleka*

Mieritrereta zavatra iray anananao izay tena sarobidy aminao ka tsy ho amidinao na oviana na oviana. Eritrereto ny antony maha tena sarobidy izany aminao. Raha mbola nanohy nampianatra ny vahoaka tao Amônihà i Almà sy i Amioleka ao amin'ny Almà 11, dia nifanandrina tamin'i Amioleka ny mpahay lalàna ratsy fanahy iray izay nantsoina hoe Zezrôma ka nanolotra azy vola ho takalon'ny zavatra iray tena sarobidy tamin'i Amioleka. Ny soratra masina dia mamaritra an'i Zezrôma ho toy ny "lehilahy iray za-draharaha tamin'ny tetiky ny devoly" (Almà 11:21), izay midika fa nianatra ny fomba hampiasana ireo paikady, drafitra, famitahana, ary ny fandrika ampiasain'i Satana hitaomana ny hafa hanalavitra ny fahitsiana sy ny fahamarinana izy.

Fakafakao ny Almà 11:21–22, ary fantaro hoe vola ohatrinona no natolotr'i Zezrôma an'i Amioleka sy ny tiany hanaovan'i Amioleka an'izany. Ny "*aonty*" iray no vola manana ny sandany ambony indrindra tamin'ireo volan'ny Nefita vita tamin'ny volafotsy (jereo ny Almà 11:6, 11–13). Mitovy amin'ny karaman'ny mpitsara iray tokotokony ho mandritra ny herinandro ny aonty iray (jereo ny Almà 11:3).

Valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Oviana ianao no nahita olona iray nandà ny fakam-panahin'izao tontolo izao tahaka ny natolotra an'i Amioleka? ____________________

____________________

____________________

- Tamin'ny fomba ahoana no nitaoman'ny fahitana izany anao mba ho mahatoky? ____________________

____________________

____________________

Vakio ny Almà 11:23–25 ahitana ny navalin'i Amioleka ny tolotra nataon'i Zezrôma. Aorian'izay dia valio ao anatin'ny boky torolalanao ireto fanontaniana ireto:

- Nahoana araka ny eritreritrao no tsy liana tamin'ny tolotra nataon'i Zezrôma i Amioleka? ____________________

____________________

____________________

- Araka ny voalaza ao amin'ny Almà 11:25, inona no drafitr'i Zezrôma tamin'ny nanolorany ireo aonty enina an'i Amioleka? ____________________

____________________

____________________

- Inona no mampitovy izany amin'ny ataon'i Satana rehefa manaiky ny fakam-panahiny ny olona? ____________________

____________________

____________________

**1.** Fenoy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fampiasana manaraka ireto:

**a.** Vakio ny Almà 11:22, hahafantarana bebe kokoa ny fomba nahafahan'i Amioleka nandà ny tolotra nataon'i Zezrôma, ary fenoy ity fehezanteny manaraka ity: *"Tsy hanao ____________ na inona mifanohitra amin'ny Fanahin'ny Tompo aho."* Avy eo dia manorata teny telo na efatra hafa azonao hamenoana ny banga, izay handrafitra fehezanteny marina ihany koa (raiso ohatra ny *hanao, hamaky, hitafy, hijery,* ary *hanoratra*).

**b.** Manorata fehezanteny iray mifototra amin'ny Almà 11:22 izay afaka hanampy anao hahatsiaro ny fomba handresenao fakam-panahy miaraka amin'ny fanampian'ny Fanahy Masina. Ny zavatra soratanao dia tokony hanambara amin'ny teninao manokana ny fahamarinana fa **afaka mandresy ny fakam-panahy isika rehefa miatehitra amin'ny Fanahy Masina.**

Mijanonà kely mandritra ny fandalinanao, ary saintsaino ity fanontaniana manaraka ity: Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fiainana mba hahafahako ho mora mahatsapa ny Fanahy Masina sy hanaraka ny bitsika ataony amiko handresy ny fakam-panahy?

Vakio ity torohevitra manaraka avy amin'ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, mba hahitana ny fomba hanampian'ny fianteherana amin'ny Fanahy Masina anao handresy ny fakam-panahy:



"Raha toa ianao ka tafalatsaka ao anatin'ny fitondrantena tsy tokony hidiranao, na raha toa ianao ka mifampiraharaha amin'ny olona izay manosika anao any amin'ny lalan-diso, dia izao no fotoana hampiasanao ny fahaleovan-tenanao sy ny fahafahanao misafidy. Henoy ny feon'ny Fanahy, dia tsy haniasia ianao. . . .

". . . Mampanantena aho,amin'ny maha mpanompon'ny Tompo ahy, fa ho voaro sy hampirongoana ampinga amin'ny fanafihan'ny fahavalo ianareo *raha toa ka* mihaino ny bitsika avy amin'ny Fanahy Masina" ("Counsel to Youth," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2011, 18).

**2.** Mba hijerena ireo fampiharana azo atao momba ny zavatra nianaranao dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona ireo toe-java-misy izay mahasarika ny tanora hampihen-danja na tsy hiraharaha ny fijoroana ho vavolombelon'izy ireo noho ny zavatr'izao tontolo izao?

**b.** Inona avy ireo torohevitra azonao atolotra ny mpianatra namanao iray izay hanampy azy hiantehitra amin'ny Fanahy Masina rehefa miatrika fakam-panahy tahaka ity?

Ampiharo ny zavatra nianaranao amin'ny alalan'ny fahatsiarovana ny ohatr'i Amioleka amin'ny fotoana manaraka hakana fanahy anao hampihen-danja ny zavatra inoanao na ny lanjanao. Tsarovy fa afaka miaina

fahatokiana sy fiarovana lehibe kokoa ianao rehefa miaina amim-pahamendrehana sy manaraka ny bitsiky ny Fanahy Masina.

> ***Fampiharana***
>
> Raha nianarana fa tsy tanterahina na ampiharina ny fahalalana fitsipiky ny filazantsara iray dia tsy feno ny fianarana ary mety hitsahatra tsy hiasa amin'ilay olona intsony ny Fanahy. Mandeha ny fampiharana rehefa manaiky ao am-ponao sy ao an-tsainao ny zavatra nianaranao ianao ary manatanteraka avy eo ary miaina mifanaraka amin'izany fahamarinana izany.

## Almà 11:26–40

### *Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny Zanak'Andriamanitra i Amioleka ary nandresy ny fikasan'i Zezrôma mba handiso ny zavatra noteneniny*

Nanafika ny finoan'i Amioleka an'i Jesoa Kristy i Zezrôma. Mba hampifandraisana amin'ny tenanao manokana ny zava-nitranga taorian'ny tsy nahombiazan'i Zezrôma tamin'ny fakany fanahy an'i Amioleka handà ny fisian'Andriamanitra, dia mieritrereta fotoana iray izay mety nanoheran'ny olona ny zavatra inoanao. Vakio ny resaka nifanaovan'i Amioleka sy i Zezrôma ao amin'ny Almà 11:26–34, ary jereo avy eo ny fomba nanodikondinan'i Zezrôma ny tenin'i Amioleka ao amin'ny Almà 11:35.

Vakio ny fomba nanitsian'i Amioleka ity lainga ity ao amin'ny Almà 11:36–37. Azonao marihina ny fanovozan-kevitra eny amin'ny farany ambanin'ny pejy 34*a* ao amin'ny soratra masinao, ary vakio ny Helamàna 5:10–11. Hazavao amin'ny teninao manokana avy eo ny fahasamihafana eo amin'ny hoe voavonjy "*ao amin'ny* fahotantsika" sy ny hoe voavonjy "*amin'ny* fahotantsika" (nampiana soramandry): ______________

________________________________________

________________________________________

Vakio ny Almà 11:40, ary fantaro ny dingana voalohany nolazain'i Amioleka fa tsy maintsy ataon'ny vahoaka mba hamonjena azy ireo amin'ny fahotany. Misy olona sasany manambara fa mino an'i Jesoa Kristy kanefa tsy te hanova ny fitondrantenan'izy ireo. Midika ho fananana finoana an'i Jesoa Kristy ny finoana ny anarany.



Vakio ity fanambarana nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany manaraka ity mba hahatakarana bebe kokoa ny fomba hitarihan'ny "finoana ny anarany" (fananana finoana an'i Jesoa Kristy) amin'ny fibebahana: "Mila finoana matanjaka an'i Kristy isika hahafahantsika mibebaka. Tsy maintsy ahitana ny 'fahafantarana marina ny toetran'Andriamanitra, fahatanterahany, ary



ny toetra mampiavaka Azy' ny finoantsika (*Lectures on Faith* [1985], 38). Raha mino isika fa mahafantatra ny zava-drehetra Andriamanitra, be fitiavana sy be famindrampo, dia afaka mametraka ny fitokiantsika Aminy tsy voahozongozona isika. Hanova ny eritreritsika, ny zavatra inoantsika, ary ny fitondrantenantsika izay tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny

finoana an'i Kristy" ("Point of Safe Return," *Ensign* na *Liahona,* mey 2007, 100).

Tamin'ny fomba ahoana no nandrisihan'ny finoanao an'i Jesoa Kristy anao hanova ireo eritreritrao, sy ireo zavatra inoanao, ary ireo fitondrantenanao?

**3.** Nahoana ny olona iray no mila finoana an'i Jesoa Kristy mba hibebahana? Amin'ny alalan'ny fampiasana ny zavatra nianaranao avy amin'i Amioleka sy ny Filoha Uchtdorf, dia soraty ao anaty diary fandalinanao soratra masina ny fomba hanazavanao ity fitsipika manaraka ity: **Fanombohan'ny dingan'ny fanavotana antsika amin'ny fahotantsika ny finoana marina an'i Jesoa Kristy.**

## Almà 11:41–46

### *Nampianatra momba ny fitsanganana amin'ny maty sy ny fitsarana ny olombelona rehetra i Amioleka*

Saintsaino ity fanontaniana manaraka ity alohan'ny hamakianao ny famaranan'i Amioleka ny fijoroany ho vavolombelona tamin'i Zezrôma: Ahoana no hisian'ny tsy finoana ny fiainana aorian'ny fahafatesana fiantraikany eo amin'ny zavatra ataon'ny olona iray?

**4.** Soraty ho lohatenin'ny fizarana roa miavaka ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto teny ireto: *Fitsanganana amin'ny maty* sy *Fitsarana*. Avy eo dia halalino ny Almà 11:41–45, mba hitadiavana fampahalalana betsaka indrindra araka izay vitanao momba ny fitsanganana amin'ny maty sy ny fitsarana, ary soraty eo ambanin'ireo lohateny tsirairay ny zavatra nianaranao. Azonao soratana eo amin'ny faratampon'ny pejy ao amin'ny soratra masinao na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny hoe: **Hitsangana amin'ny maty sy hotsaraina araka ny asany avokoa ny rehetra amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.** Mampianatra ihany koa ireto andininy ireto fa midika ho fanakambanana indray amin'ny "endriny tomombana" sy amin'ny "tena endriny" ny vatantsika amin'ny fanahintsika, izay tsy hisaraka intsony ny *fitsanganana amin'ny maty* (jereo ny Almà 11:43, 45).

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Inona ny eritreritra sy fahatsapana anananao rehefa mieritreritra momba ny hoe hitsangana amin'ny maty sy hotsaraina ianao?

**b.** Amin'ny fomba ahoana no hisian'ny finoanao fa ianao dia hitsangana amin'ny maty sy hotsaraina ho fiantraikan'ny safidy eo amin'ny fomba hiainanao isan'andro?

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 11 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 16: ANDRO 2

# Almà 12


## Fampidirana

Nahatonga saina an'i Zezrôma ny amin'ny fahamelohany noho ny fandaingana sy ny famitahana ny vahoaka ireo tenin'i Amioleka ao amin'ny Almà 11. Nijoro teo anoloan'ny vahoakan'i Amônihà i Alma taorian'ny niresahan'i Amioleka tamin'izy ireo. Nifantoka tamin'ireo fahamarinana izay hanampy ireo vahoaka tao Amônihà hibebaka amin'ny hamafin'ny fony sy ireo fahotany hafa i Almà satria nanjary ratsy fanahy izy ireo. Nanantitrantitra momba ny fandrik'i Satana, ny fitsarana izay hihatra amin'ireo ratsy fanahy, ary ny drafitry ny fanavotana nomena tamin'ny alalan'ny Zanak'Andriamanitra izay hahafahan'ireo izay mibebaka hiverina eo anatrehan'Andriamanitra izy.

## Almà 12:1–7

### *Nampiharihary ireo fikasana ratsin'i Zezrôma i Almà*

Eritrereto ny fomba fiasan'ny fandrika hisamborana biby iray: Apetraka manodidina ny sakafo iray ny tady natao faribolana. Rehefa tonga eo amin'ilay faribolana haka ilay sakafo ilay biby, dia sintonina hangeja ilay tady, ary voafandrika ilay biby.



Jereo ny fomba niezahan'i Zezrôma hisambotra an'i Amioleka tao anatin'ny vela-pandrika ao amin'ny Almà 11:21–25. Taorian'ny nahitan'i Amioleka ny fikasan'i Zezrôma sy ny namaliany azy, dia nijoro hiresaka tamin'i Zezrôma sy ny vavalabemandry izay nanatrika teo i Almà (jereo ny Almà 12:1–2). Jereo ao amin'ny Almà 12:3–6 ireo teny na fehezanteny nampiasain'i Almà hamaritana ny tetik'i Zezrôma, izay nolazain'i Almà fa avy amin'ny devoly (jereo ny Almà 12:5).

Araka ny voalazan'ny Almà 12:3, tamin'ny fomba ahoana no nahafahan'i Almà nahafantatra ny drafitr'i Zezrôma? ______________________________

______________________________

Inona ny nolazain'i Almà fa fikasan'ny devoly ao amin'ny Almà 12:6? ______________________________

______________________________

Nampianatra i Almà fa **ny Fanahy Masina dia afaka manampy antsika hahafantatra ireo fakam-panahin'ny fahavalo.** Ao anatin'ny lesona momba ny Almà 11, dia nianatra ianao fa afaka mandresy ny fakam-panahy isika rehefa miantehitra amin'ny Fanahy Masina. Ny lafiny manan-danja amin'ny fandresena ny fakam-panahy dia ny fananana ny Fanahy hanampy antsika hahafantatra ilay fakam-panahy sy ny fahavoazana mety aterak'izany amintsika. Afaka misafidy ny hitoetra madio sy mahatoky isika noho izany, amin'ny alalan'ny fanalavirana ny fakam-panahy. Efa nanana traikefa ve ianao, izay nanampian'ny Fanahy Masina anao hahafantatra sy hanalavitra ny iray amin'ireo fakam-panahin'ny devoly?

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra afaka ataonao sy hataonao hampitomboana ny fahafahanao mahafantatra sy manaraka ireo bitsiky ny Fanahy Masina mba hahafahanao mahafantatra sy miala amin'ireo "fandriky" ny fahavalo.

## Almà 12:7–18

*Mampianatra momba ny fitsarana farany ny olombelona rehetra i Almà*

Mieritrereta momba ny asa iray izay mahaliana anao ny hanao azy. Tombantombano ny vola mety ho alohanao amin'ny saram-pianarana any amin'ny sekoly na fandaharam-panofanana ahazoana ny fahalalana takiana mba hahatonga anao ho lasa mahomby amin'io asa io.



Vakio ity teny notsongaina naverina ity mba hitadiavana ny "saram-pianarana" nolazain'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa tsy maintsy aloha ahazoana fahalalana ara-panahy: "Tsy afaka omena tsotra izao ny [hafa] ny fahatakarana ara-panahy izay nomena ahy sy ianao, sy nohamafisina fa marina tao am-pontsika. Tsy maintsy aloha ny saram-pianaran'ny fahazotoana sy fianarana amin'ny alalan'ny fandalinana ary koa amin'ny alalan'ny finoana ahazoana sy 'hananana' manokana ny fahalalana toy izany. Amin'izany fomba izany ihany no hahatsapana koa ao am-po izay fantatra ao an-tsaina" ("Watching with All Perseverance," *Ensign* na *Liahona,* mey 2010, 43).

Mikaroha porofo ao amin'ny Almà 12:7–8 fa nanomboka nanana fahavononana hividy ny "saram-pianarana" ara-panahy nilaina ahazoana fahalalana ara-panahy i Zezrôma. Inona ny zavatra hitanao izay maneho fa nanomboka nanova ny fony i Zezrôma mba hahafahany mianatra ireo fahamarinana ara-panahy?

Tadiavo ny zavatra nampianarin'i Almà an'i Zezrôma mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy rehefa mamaky ny Almà 12:9–11 ianao. Mety hanampy ny mahafantatra fa "ireo misterin'Andriamanitra dia ireo fahamarinana ara-panahy tsy fantatra raha tsy amin'ny alalan'ny fanambarana ihany. Manambara ny misteriny amin'ireo izay mankatò ny filazantsara Andriamanitra" (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Misterin' Andriamanitra," scriptures.lds.org). Azonao atao ny manoratra eo akaikin'ny soratra masinao ao amin'ny Almà 12:9 ity famaritana ity. Ao amin'ny Almà 12:9, dia manazava i Almà hoe arakaraka ny inona no hanomezan' Andriamanitra ampahany amin'ny teniny ho an'ny olona? ______________________________

______________________________

Araka ny voalaza ao amin'ny Almà 12:10–11, inona no fifandraisana misy eo amin'ny toetry ny fontsika sy ny fahazoana ireo fahamarinana ara-panahy? __________

______________________________

Inona no dikan'ny hoe "manamafy" ny fonao (jereo ny Almà 12:10–11), ary ahoana araka ny eritreritrao ny hanehoana ny toetra toy izany eo amin'ny fiainan'ny olona iray? ______________________________

______________________________

Mampianatra ity fitsipika manaraka ity ny hafatr'i Almà ho an'i Zezrôma: **Manambara fahamarinana ara-panahy amintsika ny Tompo arakaraka ny fihainoana sy fahazotoana asehontsika manoloana ny teniny.**

**2.** Manorata ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina momba ny didy iray na torohevitra iray avy amin'ny Tompo izay nezahanao narahina tamin'ny alalan'ny fanehoana "fihainoana sy fahazotoana" tamin'izany. Tamin'ny fomba ahoana no nitahian'ny Tompo anao tamin'ny fitarihana fanampiny, fahatakarana, na ireo bitsiky ny Fanahiny noho ny fanatanterahanao ny zavatra nampianariny anao?

Niroso tamin'ny famaliana ny fanontanian'i Zezrôma izay napetrany tao amin'ny Almà 12:8 momba ny fomba hitsarana antsika i Almà taorian'ny nanazavany ny fomba hahafantarana ny fahamarinana ara-panahy. Tadiavo ny zavatra nampianarin'i Almà an'i Zezrôma ao amin'ny Almà 12:12–15 momba ny fitsanganana amin'ny maty sy ny fitsarana. Fenoy ireto banga manaraka ireto: **Hotanana ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra isika noho ny ______________, ______________, sy______________.**

Saintsaino ity fanontaniana manaraka ity: Inona no zavatra hiova eo amin'ny safidinao isan'andro raha

tadidinao fa hotanana ho tompon'andraikitra ianao amin'ny teninao, ny asanao, ary ny eritreritrao?

Mariho ny soratra masina mifandray ao amin'ny fanovozan-kevitra eo amin'ny farany ambanin'ny pejy 14*a* amin'ny soratra masina fehezina Môsià 4:30, ary vakio na ataovy tsianjery avy eo ny Môsià 4:30.

**3.** Jereo ny zavatra nosoratanao tao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ho amin'ny asa nampanaovina 1 ao amin'ny lesona androany—mikasika ny fomba hahafahanao ho mora mahatsapa misimisy kokoa ny Fanahy Masina. Ampio zavatra mikasika ny fomba mety hampitomboan'ny fahatakaranao ny maha-tompon'andraikitra anao manokana eo anatrehan'Andriamanitra ny fanirianao hahafantatra sy hanalavitra ny fakam-panahy ireo eritreritrao.

## Almà 12:19–37

### *Manazava ny fomba handresen'ny olombelona ireo vokatry ny Fahalavoana amin'ny alalan'ny drafitry ny fanavotana i Almà*

Tsy nino fa afaka ny ho tonga tsy mety maty ny olona iray ny lohan'ny mpifehy anankiray nantsoina hoe Antiônà, izay nanambara fa nahatonga izany ho tsy azo tanterahina ny Fahalavoana (jereo ny Almà 12:20–21). Vakio ireo andininy ao amin'ny Almà 12 izay voatanisa ato amin'ity tabilao manaraka ity, ary soraty ao anatin'ny tabilao eo ambanin'ny lohateny ny zavatra nampianarin'i Almà:

| Ireo vokatry ny Fahalavoana (Almà 12:22, 24) | Ny zavatra nataon'Andriamanitra mba hanatanterahana ny fanavotana antsika (Almà 12:24–25, 28–33) | Ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba ho avotra (Almà 12:24, 30, 34, 37) |
|---|---|---|
| | | |

**4.** Rehefa vitanao ny mameno ny tabilao, dia valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy antsika handresy ireo vokatry ny Fahalavoana?

**b.** Araka ny voalaza ao amin'ny Almà 12:24, inona no zavatra nampianarin'i Almà fa tanjon'ny fiainana ankehitriny, izay notanterahin'ny Mpamonjy mba handresentsika ireo vokatry ny Fahalavoana?



Ny andianteny hoe "fotoana fizahan-toetra" ao amin'ny Almà 12:24 dia andianteny nampiasain'i Almà irery ihany ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna (jereo ihany koa ny Almà 42:4, 10, 13). Namaritra ity fotoana fizahan-toetra ity ny Loholona L. Tom Perry avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Rombinifolo manao hoe: "Ny tena tanjon'ny fiainana an-tany dia ny hamela ny fanahintsika, izay nisy talohan'ny nisian'izao tontolo izao, mba hikambana amin'ny vatantsika ka hiaina mandritra ny fotoan'ny fahafahana lehibe eto an-tany. Ny



fikambanan'ireo roa ireo miaraka dia nanome antsika tombontsoa hitombo, handroso, ary hihamatotra, izay tsy afaka nataontsika afa-tsy tamin'ny alalan'ny fanahy sy vatana miaraka irery ihany. Mandalo amin'ny fisedrana maromaro amin'ny vatantsika isika mandritra ny fotoana antsoina hoe fotoana fizahan-toetra eo amin'ny fiainantsika. Fotoana fianarana sy fisedrana ity fotoana ity hanaporofoana fa mendrika ireo fahafahana mandrakizay ny tenantsika. Anisan'ny drafitra masin'ilay Ray ho an'ny zanany avokoa izany. ("Proclaim My Gospel from Land to Land," *Ensign,* mey 1989, 14).

Nijoro ho vavolombelona i Almà fa **ny fiainana an-tany dia fotoana hiomanantsika hihaonana amin' Andriamanitra.** Azonao marihina ireo andianteny izay mampianatra ity fotopampianarana ity ao amin'ny Almà 12:24. Vakio ny Almà 34:32, ary ampifandraiso amin'ny Almà 12:24 izany.

**5.** Ho fampiharana ny zavatra nianaranao dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fahafantarana ny tanjon'ny fiainana an-tany hitarika anao amin'ny fiainana?

**b.** Ahoana no hanampian'ny finoanao ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy anao mandritra ny fizahan-toetra anao eto an-tany?

Vakio ny Almà 12:33–35, ary jereo ny fahasamihafana misy eo amin'ny zavatra hitranga amin'ireo izay mibebaka sy ireo izay tsy mibebaka. Mety hanampy anao hahatakatra bebe kokoa ireto andininy ireto ny fahafantarana fa mitaky fahazoana famelana amin'ny fahotana ny fidirana ao amin'ny fitsaharan'ny Tompo ary indrindra fa ny fidirana amin'ny voninahitry ny fitsaharan'ny Tompo (jereo ny F&F 84:24).

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 12 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 16: ANDRO 3

# Almà 13

## Fampidirana

Nampianatra ny vahoaka mpikomin'i Amônihà mikasika ireo mpisorona avo ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka izay notendrena mba hanampy ny olona hibebaka sy hiditra amin'ny fitsaharan'ny Tompo i Almà. Nanome ny ohatr'i Melkizedeka izy, izay nanampy ny vahoakany hibebaka sy hiaina amim-piadanana. Niezaka nampianatra ny vahoakan'i Amônihà mba hanana finoana sy fanantenana i Almà, ary namporisika azy ireo hiova mba hahafahan'izy ireo miomana hiditra ao amin'ny fitsaharan'ny Tompo.

### Almà 13:1–12

*Mampianatra ny vahoakan'i Amônihà momba ny antson'ireo mpisorona avo i Almà*

**1.** Vakio ity teny notsongaina naverina ity, ary valio avy eo ireto fanontaniana ireto:

"Tany amin'ny tontolon'ny fanahy talohan'ny nahaterahana, dia nanendry fanahy sasantsasany Andriamanira mba hanatontosa iraka manokana ampanaovina azy ireo mandritra ny fiainan'izy ireo ety an-tany. Antsoina hoe fanendrena mialoha izany.

"Ny fanendrena mialoha dia tsy manome antoka fa handray antso na andraikitra manokana ny olona iray. Tonga eto amin'izao fainana izao ny fahafahana toy izany noho ny fampiasana amim-pahamarinana ny fahafahana misafidy, toy ny maha-vokatry ny fahamarinana tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana ny fanendrena mialoha" (*Miorim-paka ao amin'ny Finoana: Boky Fanovozan-kevitra mikasika ny Filazantsara* [2004], 69).

**a.** Inona no mampifandray ny safidy natao nandritra ny fiainana talohan'ny nahaterahana sy ny fanendrena mialoha?

**b.** Ahoana no hampisy fiantraikany eo amin'ny fanendrena mialoha ireo safidy atao mandritra ny fiainana an-tany?



Na dia ny mpihazona ny fisoronana aza no resahina ao amin'ny Almà 13, dia nampahatsiahy antsika ny Filoha Spencer W. Kimball fa ny rahavavy dia nomena antso lehibe ihany koa tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana: "Tadidio fa tany amin'ny tontolo talohan'ny nahatongavantsika tety, dia nomena karazana asa ireo vehivavy nahatoky raha toa kosa ka notendrena mialoha tamin'ny karazana asan'ny fisoronana ireo lehilahy mahatoky" ("The Role of Righteous Women," *Ensign,* nôv. 1979, 102).

Nampianatra ny Loholona Neal A. Maxwell tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: " Tsy fotopampianarana fakana aina ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Misy ireo safidy tsy maintsy atao ho an'ny tsirairay amintsika, raharaha tsy an-kijanona sy sarotra hovitaina, fanarabiana sy fizahan-toetra holalovana, fotoana holaniana amin'ny fomba tsara, ary talenta sy fanomezana ampiasaina tsara. Tsy midika akory hoe afaka ny tsy hiraharaha isika 'ety sy ankehitriny' satria nofinidy 'tany sy tamin'izany.' Na ny fanendrena mialoha ho an'ny lehilahy, na ny fiantsoana mialoha ho an'ny vehivavy, ireo izay nantsoina sy nomanina dia tsy maintsy manaporofo fa 'voafidy sy mahatoky.' (Jereo ny Fan. 17:14; F&F 121:34–36.)" ("Premortality, a Glorious Reality," *Ensign,* nôv. 1985, 17).

Nampianatra ireo rahalahy tao Amônihà i Almà fa lehilahy maro no notendrena mialoha tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana mba handray ny fisoronana. Vakio ny Almà 13:1, 8–9, ary fantaro hoe fisoronana inona no noresahin'i Almà. Mety hanampy ny fahafantarana fa ny andianteny hoe "lamina masina" ato amin'ity toko ity dia midika hoe ny Fisoronana Melkizedeka, na "ilay Fisoronana Masina, avy amin'ny Lamin'ny Zanak'Andriamanitra" (F&F 107:3). Mariho ny andianteny hoe "lamina masina" eo am-pandalinanao ny ambiny amin'ity toko ity (jereo ny Almà 13:2, 6–7, 10–11, 16, 18). Ny Loholona Bruce R. McConkie tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanambara hoe: "Ireo Nefita, izay nahatoky sy marina tamin'ny fitandremana ny lalàn'i Mosesy dia nanana ny Fisoronana Melkizedeka, izay midika fa nanana ny fahafenoan'ny filazantsara izy ireo" (*The Promised Messiah: The First Coming of Christ* [1978], 421). Midika izany fa nanana ny Fisoronana Melkizedeka ireo mpaminanin'ny Bokin'i Môrmôna ary nahafantatra ny fomba fiasan'izany.

Tadiavo ao amin'ny Almà 13:2–6, 10 ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto, ary soraty ao amin'ny boky torolalanao ireo valinteny:

- Inona ireo toetra nananan'ireo izay notendrena ho ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka? (Jereo ny Almà 13:3–5, 10.) ______________________________

  ______________________________
- Notendrena hanao inona ireto mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka ireto? (Jereo ny Almà 13:6.) _____

  ______________________________
- Tamin'ny fomba ahoana no nahitanao ny nanatontosain'izany tamin'ny alalan'ireo mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka fantatrao ao amin'ny paroasy na sampana misy anao, ary tamin'ny fomba ahoana no nitahian'izany ny fiainanao sy ny fiainan'ny hafa? ______________________________

  ______________________________

  ______________________________

Mirakitra firesahana lalina momba ny Fisoronana Melkizedeka ny Almà 13. Mampianatra izany fa ireo lehilahy izay nandray ny fisoronana dia notendrena mialoha handray izany (jereo ny andininy 3). Natao hampianatra ireo didin'Andriamanitra amin'ny hafa ireo izay mihazona ity fisoronana ity mba "hahazoany koa miditra ao amin'ny fitsaharany" (andininy 6). Mandrakizay ny fisoronana (jereo ny andininy 9), ary nomena ny lehilahy izany "noho ny finoany fatratra sy ny fibebahany ary ny fahamarinany teo anoloan'Andriamanitra" (andininy 10). Manjary voadion'ny Fanahy Masina ireo mpihazona ny fisoronana rehefa mianatra ny mankahala ny fahotana, ary amin'izany dia "nodiovina ary niditra ny fitsaharan' ny Tompo Andriamaniny" (andininy 12).

Vakio ny Almà 13:11–12, ary fantaro ny vokatra manamasin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izay noraisin'ireny mpihazona ny fisoronana ireny noho ny finoany, ny fibebahany, ary ny fahamarinany.

**2.** Valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona ny zavatra nianaranao avy tamin'ny ohatr'ireto mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka ireto mikasika ny zavatra azonao atao mba ahazoana izany vokatra manamasin'ny Sorompanavotana izany eo amin'ny fiainanao?

**3.** Soraty ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Almà 13:1–12 na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao fahamarinana ao amin'ny manaraka izao: **Ireo lehilahy mpikambana ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izay mampihatra finoana lehibe tokoa ary misafidy ny fahamarinana dia antsoina ho amin'ny Fisoronana Melkizedeka mba hitondra ny hafa ho ao amin'Andriamanitra.** Avy eo dia manorata ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina mikasika ny fomba hampisy fiantraikany amin'ny fahafantaranao ity fitsipiky ny filazantsara ity eo amin'ny fomba fihetsikao amin'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana mandritra ny fiainanao manontolo.

## Almà 13:13–20

### *Mampianatra momba an'i Melkizedeka, izay mpisorona avo iray lehibe nampisy fandriam-pahalemana teo anivon'ny vahoakany, i Almà*

Vakio ny Almà 13:13–18, ary tadiavo ireo teny nampiasain'i Almà hamaritana an'i Melkizedeka sy ny zavatra nataon'i Melkizedeka ho an'ny vahoakany. Eritrereto ny fomba hamaritan'ireo teny ireo ny fiainana tahaka an'i Kristy nananan'i Melkizedeka. Nampianatra i Almà fa ny mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka dia "araka ny lamin' ny Zanaka, ny Lahitokan' ny Ray(Almà 13:9; jereo koa ny F&F 107:2–4), izay i Jesoa Kristy, ary mitarika antsika ho any Aminy izy ireo amin'ny alalan'ny ohatra asehon'izy ireo sy ny fampianaran'izy ireo. Hoy ny Loholona Bruce R. McConkie hoe: "Tsy hisalasalana fa nisy ireo trangan-javatra marobe teo amin'ny fiainan'ny mpaminany maro izay nanokanana ireny olo-marina ireny ho toy ny ohatra maneho sy tandindon'ny Mesian'izy ireo. Mahasoa ary azo atao ny mitady tandindon'i Kristy na aiza na aiza sy ny mampiasa azy ireny hatrany amin'ny fahatsiarovana tanteraka Azy sy ireo lalàny ao an-tsaintsika" (*The Promised Messiah,* 453).



Vakio ny Almà 13:19, ary tadiavo ny zavatra lazain'ity andininy ity amintsika momba an'i Melkizedeka. Jereo indray ny Almà 13:17 mba hijerena ny fomba namaritan'i Almà ny vahoakan'i Salema tamin'ny fotoana naha mpanjakan'izy ireo an'i Melkizedeka. Jereo ny fomba azon'ireo teny ireo koa hamaritana ny vahoakan'i Amônihà (jereo ny Almà 8:9; 9:28). Inona no nataon'ny vahoaka tao Salema noho ezaka nataon'i Melkizedeka? (Jereo ny Almà 13:18.) ________________

________________________________

Jereo ny zavatra nampiharin'i Melkizedeka sy noraisiny ary notoriany ao amin'ny Almà 13:18. Eritrereto ny zavatra nianaranao mikasika ny tokony ho toetran'ny mpihazona ny fisoronana iray avy amin'ny ohatr'i Melkizedeka.

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Oviana ianao na ny olona fantatrao no nahatsapa fiadanana taorian'ny fanarahana ny torohevitra avy amin'ny mpitarika marina iray ao amin'ny fisoronana?

## Almà 13:21–31

### *Manasa ny vahoaka hihaino ny feon'ny Tompo sy hiditra amin'ny fitsaharany i Almà*

Tadiavo ary mariho ny andianteny miverimberina (na andianteny mitovitovy) hoe: "fitsaharan'ny Tompo" ao amin'ny Almà 13:12, 13, 16 ary 29. Nampianatra ny vahoaka tao Amônihà i Almà fa niantso ny lehilahy ho ao amin'ny fisoronana ny Tompo mba hanampy ny olona hiditra ao amin'ny fitsaharan'ny Tompo. Nampiasa ny ohatr'i Melkizedeka izy hampisehoana azy ireo fa ireo olona izay feno fahotana sy faharatsiana dia afaka

mibebaka sy miditra amin'ny fitsaharan'ny Tompo (jereo ny Almà 13:17–18; jereo koa ny F&F 84:24).

Nilaza ny Filoha Joseph F. Smith fa ny fidirana ao amin'ny fitsaharan'Andriamanitra dia "midika hoe fidirana ao amin'ny fahalalana sy fitiavan'Andriamanitra, fananana finoana ny tanjony sy ny drafiny, izay mahatonga antsika hahafantatra fa marina isika, ary tsy mikatsaka zavatra hafa isika, tsy voarebirebin'ny rivotry ny fotopampianarana samy hafa rehetra isika, na amin'ny saim-petsy ataon'ny olona sy ny fikendreny hahatanteraka ny hevitry ny famitahana. Fantatsika ny amin'ny fotopampianarana izay avy amin'Andriamanitra" (*Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph F. Smith* [1998], 56).

Inona no andrasanao amin'ny fitondrantenan'ny olona iray raha toa ka niditra tao amin'ny fitsaharan'ny Tompo teto amin'ity fiainany ity izy araka izay nofaritan'ny Filoha Joseph F. Smith? ____________________

____________________________________________

Nampianatra ny Loholona Bruce R. McConkie hoe: "Ny tena olomasina dia miditra ao amin'ny *fitsaharan'ny Tompo* raha mbola eto amin'ity fiainana ity, ary amin'ny fijanonana ao amin'ny fahamarinana dia manohy mijanona ao amin'izany toetra voatahy izany izy ireo mandra-pitsaharan'izy ireo miaraka amin'ny Tompo any an-danitra. . . . Ny fitsaharan'ny Tompo, any amin'ny mandrakizay, dia ny handovana ny fiainana mandrakizay, ny ahazoana ny fahafenoan'ny voninahitry ny Tompo" (*Mormon Doctrine,* edisiona faharoa [1966], 633).

Nanolotra torolalana fanampiny mikasika ny fomba hidirana ao amin'ny fitsaharan'ny Tompo i Almà taorian'ny nampitandremany ny vahoakan'i Amônihà mba hiomana amin'ny fahatongavan'i Kristy (jereo ny Almà 13:21–26). Vakio ny Almà 13:27–29 ahitana hoe inona ireo torolalana ireo.

Azo fintinina amin'ny alalan'ity fitsipika manaraka ity ny fampianaran'i Almà: **Rehefa mamaly amimpanetrentena ny fanasana hibebaka isika dia tsy maintsy hitarika antsika any amin'ny fitsaharan'ny Tompo ny Fanahy amin'ny farany.**

**5.** Fantaro ny iray amin'ireo fitahiana voalaza ao amin'ny Almà 13:27–29 izay tianao ho azo. Rehefa hitanao izany fitahiana izany, dia mitadiava torohevitra nomen'i Almà izay hanampy anao handray izany fitahiana izany. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina avy eo ny tanjona mikasika ny fomba hampiharanao ny torohevitr'i Almà mba hahafahanao miditra ao amin'ny fitsaharan'ny Tompo eto amin'ity fiainana ity sy amin'ny fiainana manaraka.



**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 13 aho ary nahatontosa ity lesona ity ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

## FIZARANA 16: ANDRO 4

# Almà 14–16

## Fampidirana

Taorian'ny nihainoan'izy ireo an'i Almà sy i Amioleka nitory teny dia nino sy nibebaka ny sasany tamin'ireo vahoakan'i Amônihà, anisan'izany i Zezrôma. Tezitra ny hafa ary nanao izay nampiditra am-ponja an'i Almà sy i Amioleka. Nandroaka ireo lehilahy izay nino ireo vahoaka ratsy fanahy tao Amônihà ary nandoro ny vady aman-janak'izy ireo. Nanafaka an'i Almà sy i Amioleka avy tao am-ponja ny Tompo andro maromaro taty aoriana, ary nandrava ireo mpitarika ratsy fanahy tao Amônihà. Nijaly ara-batana sy ara-panahy i Zezrôma tao Sidôma. Nanambara ny finoany an'i Jesoa Kristy tamin'i Almà sy i Amioleka izy ary dia sitrana. Nandringana ny tanànan'i Amônihà ny andian-tafika Lamanita iray ho fahantanterahan'ny faminaniana. Namela ireo tafika Nefita hanajanona ny herisetran'ireo Lamanita ny fitarihana ara-paminanian'i Almà. Mampatanjaka ny Fiangonana nanerana ny tanin'ny Nefita i Almà sy i Amioleka, ary ireo maro hafa.

## Almà 14

### *Naiditra am-ponja i Almà sy i Amioleka ary noroahina na nodorana ireo mpino*

Mieritrereta fotoana iray izay mety nahitanao na nandrenesanao mikasika ny olona iray tsy manan-tsiny izay nampijalian'ny olona iray hafa—ohatra hoe tranga iray nanenjehana olona iray noho ny finoany. Saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona ireo fahatsapana nanananao ho an'ilay olona nijaly?
- Inona no tsapanao ho an'ilay olona nampijaly?
- Nahoana araka ny eritreritrao no mitranga indraindray amin'ny olona tsy manan-tsiny sy marina ireo zavatra ratsy?

Eo am-pamakianao ny Almà 14, dia ampifandraiso amin'ireo zavatra niainan'i Almà sy i Amioleka ireto fanontaniana ireto.

Vakio ny Almà 14:1–10, hitadiavana ireo izay nijaly sy ny fomba nijalin'izy ireo. Aorian'izay dia fenoy ity tabilao manaraka ity:

| Iza no nijaly? | Tamin'ny fomba ahoana no nijalian'izy ireo? |
|---|---|
| | |

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 14:10, inona no tian'i Amioleka natao? Vakio ny Almà 14:11, ary mitadiava fahamarinana iray izay mety hanampy olona izay sahirana amin'ny fahatakarana ny antony hamelana indraindray ireo ratsy fanahy hampijaly ireo tsy manan-tsiny na marina.

Fomba iray hilazana fahamarinana iray ao amin'ny Almà 14:11 ny hoe: **Avelan'ny Tompo hampijalin'ireo ratsy fanahy ny marina mba ho rariny ny fitsarany.** Mariho fa nampahafantarina an'i Almà fa ireo izay maty dia noraisin'ny Tompo "[t]amim-boninahitra" (Almà 14:11). Hoy ny Filoha Henry B. Eyring avy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany raha nampianatra momba izany tranga izany tamin'ny fijery mandrakizay hoe: "Nomena fahasoavana hahita ny hatsarana sy ny tsy fiangaran'Andriamanitra i Amioleka na dia tao anatin'ny tranga mampalahelo mahatahotra aza" ("Amulek: The Blessings of Obedience," ao amin'ny *Heroes from the Book of Mormon* [1995], 110).

Vakio ny Almà 60:12–13, ary ampifandraiso amin'ny Almà 14:10–11 izany. Isika dia mianatra fa anisan'ireo antony hamelana ny marina hijaly ny hamehezana ny asan'izy ireo amin'ny ràny (jereo ny F&F 135:3) sy hijoro ho vavolombelona manohitra ny ratsy fanahy.

Mety ho fitsipika saro-takarina ho antsika ny fahatakarana ny antony hamelan'Andriamanitra ny marina hijaly. Saintsaino ity fanambarana avy amin'ny Filoha Spencer W. Kimball manaraka ity mba hampitomboana ny fahatakaranao ny antony hamelan'Andriamanitra ny olona hampiasa ny fahafahan'izy ireo misafidy, na dia manao safidy ratsy aza izy ireo:



"Raha toa ka jerentsika ho toy ny fetran'ny fisiana ny fiainana an-tany, dia ho antambo ny fanaintainana, ny alahelo, ary ny fiainana fohy. Raha jerentsika kosa ho toy ny zavatra mandrakizay izay mihitatra hatrany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana tany aloha ary mitohy mankany amin'ny hoavy mandrakizay aorian'ny fahafatesana izany, dia ho hita amin'ny fijery tsara kokoa ny zava-mitranga rehetra. . . .

". . . Ho foana ny fandaharan'Andriamanitra iray manontolo, ary ho tapitra ny fitsipika fototry ny filazantsara sy ny fahafahana misafidy raha toa ka voaro avokoa ireo marina ary ringana avokoa ireo ratsy fanahy. Tsy hisy olona voatery hiaina amim-pinoana intsony" (*Enseignements des Présidents de l'Eglise: Spencer W. Kimball* [2006], 15).

**1.** Raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hanampian'ireo fahamarinana nianaranao tao amin'ny Almà 14:11 sy ny fanambarana nataon'ny Filoha Kimball anao hahatakatra ny antony hamelan'Andriamanitra ireo marina hampijalian'ireo ratsy fanahy.

Vakio ny Almà 14:12–13, ary tadiavo ny zavatra nampianarin'i Almà an'i Amioleka hanampiana azy haharitra tamin'ireo fisedrana niainan'izy ireo. Nahoana araka ny eritreritrao no nahafahan'i Almà namaly tamim-pahatokiantena toy izany? ____________________

____________________________________________________

Vakio ity fanambarana nataon'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity hanampiana anao hahatakatra ny zavatra nampianarin'i Almà an'i Amioleka momba ny fahatokiana ny Tompo: "Traikefa ho fahatokiana lalina—fahatokiana an'i Jesoa Kristy ity fiainana ity, fahatokiana ny fampianarany, fahatokiana ny fahafahantsika mankatò ireny fampianarana ireny, rehefa tarihan'ny Fanahy Masina, ho fifaliana ankehitriny sy ho fisiana mandrakizay feno

tanjona sy heniky ny fifaliana. Midika hoe fankatoavana an-tsitrapo kanefa tsy mahafantatra ny fiafarana hatrany am-piandohana ny fahatokiana (jereo ny Ohab. 3:5–7). Tokony ho mahery kokoa sy maharitra noho ny fahatokianao ny fahatsapanao sy traikefanao manokana ny fahatokianao ny Tompo mba hahitana vokany" ("Trust in the Lord," *Ensign,* nôv. 1995, 17).

Mety hanampy ny fanantitranterana ity fahamarinana ity amin'ny fanoratana izany eo akaikin'ny Almà 14:12–13 ao amin'ny soratra masinao: **Mampatanjaka antsika mandritra ireo fisedrana antsika ny Tompo rehefa mahatoky Azy isika.**

**2.** Misafidiana iray na maromaro amin'ireto toe-javamitranga manaraka ireto ary hazavao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hanampian'izany fitsipika vao nosoratanao tao amin'ny soratra masinao izany ireto olona voafaritra manaraka ireto:

**a.** Mpilalao maromaro ao amin'ny ekipa ara-panatanjahantena misy an'ity tovolahy iray ity no naneso, nanaraby na nanakora azy momba ny fifikirany amin'ny fitsipiky ny filazantsara. Toa manao fanahy iniana manao drafitra hanao zavatra hiarahan'izy ireo ivelan'ny fanazaran-tena izay fantatr'izy ireo fa tsy ho atrehany mihitsy izy ireo noho ny finoany.

**b.** Nametraka fangatahan'asa tao amin'ny toeram-piasan'ny namany akaiky ny zatovovavy iray. Tsy azony ilay asa, ary niteny ilay namany taty aoriana fa nilaza tsy hampiasa Môrmôna na oviana na oviana ilay tompon'orinasa.

**d.** Rehefa mangataka amin'ny andian-jatovo hafa any ampianarana mba tsy hampiasa fiteny kivalavala eo akaikiny ny tovolahy iray dia nanositosika azy izy ireo ary nandrahona ny handratra azy bebe kokoa raha toa ka mbola miteny amin'izy ireo indray mikasika ny fomba hiresahana izy.

Vakio ny Almà 14:14–17, ary eritrereto ny fomba nanampian'ny finoan'i Almà sy i Amioleka azy ireo rehefa nitohy ny fijalian'izy ireo teo an-tanan'ireo mpitondra ratsy fanahy tao Amônihà. Nahoana araka ny eritreritrao no valiny tsara indrindra ny tsy namaly mihitsy tamin'izany tranga izany? (Jereo koa ny Matio 27:11–14.)

Ny Almà 14:18–28 dia mitantara ny fomba niaretan'i Almà sy i Amioleka zavatra maro talohan'ny nanafahan'Andriamanitra azy ireo sy ny nandringanany ny maro tamin'ireo mpitondra ratsy fanahy tao Amônihà. Ny andianteny hoe: "nanidiany vazana" (andininy 21) dia midika hoe mampikatroka ny nifin'izy ireo amim-pahatezerana na amim-pisafoahana.

**3.** Raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe iza amin'ireo zavatra nijalian'i Almà sy i Amioleka ao amin'ny Almà 14:18–25 no mety ho sarotra indrindra aminao, ary hazavao ny antony. Dia manorata momba ny traikefa



manokana na traikefan'olon-kafa fantatrao izay niezaka niaina tamim-pahamarinana kanefa mbola niatrika fisedrana ihany.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 14:25, inona no namela an'i Almà sy i Amioleka hijoro tamin'ny tongony? Vakio ny Almà 14:26–29, ary mariho ireo fehezanteny na teny tsapanao fa manamafy indrindra ity fahamarinana ity: **Hampatanjaka antsika mandritra ny fahoriantsika sy hanafaka antsika amin'ny fombany sy amin'ny fotoany manokana ny Tompo raha toa ka miantso Azy amim-pinoana isika.**

Afaka manolotra ny heriny sy manafaka anao amin'ny fisedrana sy ny fahoriana amin'ny fombany sy ny fotoany manokana ny Tompo. Hahita tanjaka sy hery lehibe kokoa hiharitra ireo fahasarotana mandritra ny fiainana isika rehefa mianatra ny mahatoky ny sitrapon'ny Tompo.

## Almà 15–16

### *Sitrana i Zezrôma, nandringana an'i Amônihà ny Lamanita iray, ary nanohy nitory amin'ny Nefita i Almà sy i Amioleka*

Taorian'ny nandaozan'i Almà sy i Amioleka an'i Amônihà dia nandeha tany amin'ny tanàna akaikin'i Sidôma izy ireo, izay nahitany ireo mpino avy any Amônihà, anisan'izany i Zezrôma. Vakio ny Almà 15:3–5 mba hahalalana ny toe-pahasalaman'i Zezrôma.

Diniho izao manaraka izao: Inona no nahatonga ny aretin'i Zezrôma? Inona no nataon'i Zezrôma mba ahazoana fahasitranana sy fiadanana?

Vakio amim-pitandremana ny Almà 15:6–10, ary singano ny andianteny roa na telo izay maneho fa nanampy an'i Zezrôma hifantoka amin'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany i Almà. Vakio ity zavatra niainana manaraka nambaran'ny Lohona Jay E. Jensen ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy ity mba hahatakarana fomba iray hanampian'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana ny olona hahazo famindrampo amin'ny alalan'ny Sorompanavotana:

"Vavolombelon'ireo fitahian'ny Sorompanavotana teo amin'ny fiainan'ireo mpikamban'ny Fiangonana izay nahavita fandikan-dalana goavana aho rehefa nanompo tamin'ny naha eveka ahy. . . .

"Niaraka tamin'ny zatovovavy iray ny tanora tokantena iray tao amin'ny paroasiko. Navelan'izy ireo hihoa-pefy ny fifankatiavan'izy ireo. Nanatona ahy izy nitady torohevitra sy fanampiana. Tsy navela handray ny fanasan'ny Tompo nandritra ny fotoana voafetra izy araka ny zavatra nibabohany sy ny fitarihan'ny Fanahy ahy indrindra indrindra. Nihaona tsy tapaka izahay hahazoana antoka fa nisy ny fibebahana, ary taorian'ny fotoana nilaina tamin'izany dia nomeko lalana handray ny fanasan'ny Tompo indray izy.

"Rehefa nipetraka tery amin'ny lampihazo nandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo aho dia voasintona teny aminy ny masoko raha nandray ny fanasan'ny Tompo tamim-pahamendrehana izy. Vavolombelon'ny sandrin'ny famindrampo, ny fitiavana, ary ny fiarovana nanodidina azy aho rehefa nanafana ny fanahiny sy nanaisotra ny enta-mavesany ny fanasitranan'ny Sorompanavotana, izay nitondra tamin'ny fampanantenan'ny famelan-keloka, ny fiadanana, ary ny fahasambarana" ("Arms of Safety," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2008, 49).

Afaka manampy antsika hahazo ny famindrampo sy ny hery ilaintsika amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ireo eveka sy mpitarika hafa ao amin'ny fisoronana. Inona no porofo hitanao ao amin'ny Almà 15:11–12 fa nibebaka sy nahazo ny famindrampon'ny Tompo i Zezrôma? ______________________

______________________

Fitsipika iray azonao soratana ao amin'ny soratra masinao na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ho an'ny Almà 15:6–12 ny hoe: **Azo sitranina sy hampahatanjahana isika amin'ny alalan'ny finoantsika an'i Jesoa Kristy.** Araka ny voalaza ao amin'ny Alma 15:16, 18, amin'ny fomba ahoana no ahitana taratra io fitsipika io eo amin'ny fiainan'i Amioleka?

Nanangana ny Fiangonana teo anivon'ny vahoakan'i Sidôma i Almà sy i Amioleka ary avy eo dia niverina tany Zarahemlà.

Mamaky isika ao amin'ny Almà 16 fa nisy tafika Lamanita iray niditra ny tanin'ny Nefita ary nandrava ny tanànan'i Amônihà, mba hanatanteraka ny faminanian'i Almà sy i Amioleka fa hofongorana ny vahoaka raha tsy mibebaka (jereo ny Almà 9:12). Eo am-pamakianao ny Almà 16 dia tadiavo hoe iza no nitodihan'ireo Nefita hangataka fanampiana mba hahafahan'izy ireo nandresy ny miaramila Lamanita. Ampitovio amin'ireo adinao manokana sy ireo fahavalo hiadianao ity traikefa ity.

**4.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Alma 14–16 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 17: ANDRO 1

# Almà 17–18

## Fampidirana

Mirakitra ny zavatra nosoratan'i Môrmôna momba ny iraka nampanaovina ireo zanakalahin'i Môsià tany amin'ny Lamanita ny Almà 17–18. Manome ohatra amin'ny fomba tokony hiomanana sy hanompoan'ny misiônera amin'izao fotoana izao ireny tantara ireny. Nikatsaka ny fitarihan'ny Tompo ireo zanakalahin'i Môsià rehefa niomana ny hitory ny filazantsara tamin'ny Lamanita. Rehefa samy nandeha tamin'ny lalany avy izy ireo dia nankahery azy ireo ny Tompo ary nampanantena fa hitondra fanahy ao Aminy izy ireo. Nandeha tany amin'ny tanin'i Ismaela i Amôna ary nanomboka nampianatra tamin'ny alalan'ny fanompoana ny mpanjaka Lamanita nantsoina hoe Lamônia. Talanjona tamin'ny herin'i Amôna ny Mpanjaka Lamônia rehefa niaro ny biby fiompin'ny mpanjaka izy. Nanalefaka ny fon'ny mpanjaka sy ny vahoakany hihaino ny fampianaran'i Amôna momba an'Andriamanitra sy ny drafitry ny famonjena ity asa fanompoana ity. Nino ny zavatra nampianarin'i Amôna ny Mpanjaka Lamônia, niaiky ny filàny Mpamonjy, nitalaho famindrampo tamin'ny Tompo, ary heniky ny Fanahy.

### Almà 17:1–18

*Miomana amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'ireo Lamanita ireo zanakalahin'i Môsià*

Mieritrereta mikasika ny halavan'ny fotoana hanompoan'ireo rahalahy sy rahavavy any amin'ny misionan'izy ireo ankehitriny. Vakio ny Almà 17:4, ary tsipiho ny isan'ny taona nampianaran'ireo zanakalahin'i Môsià ny filazantsara teo anivon'ny Lamanita.

Raha nandeha tany amin'ny tanin'i Mantia i Almà dia nihaona tamin'ireo zanakalahin'i Môsià raha nody avy tamin'ireo asa fanompoana lavabe izy ireo, ary nifaly avokoa izy rehetra. Vakio ny Almà 17:2–4, ary hasongadino ireo teny sy fehezanteny izay mamaritra hoe misiônera toy ny ahoana ireo zanakalahin'i Môsià.

**1.** Avereno jerena ny Almà 17:2–4. Ataovy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

**a.** Ataovy lisitra ireo zavatra nataon'ireo zanakalahin'i Môsià mba hiomanana ho misiônera mahomby, ary farito ireo vokatry ny fiomanan'izy ireo.

**b.** Misafidiana zavatra nataon'ireto misiônera ireto izay tianao hatsaraina kokoa eo amin'ny fiainanao, na toetoetra izay tianao ampitomboina ho feno kokoa. Manoratra andinin-tsoratra iray momba ny fomba hanaovanao izany.

Saintsaino hoe impiry ianao no mivavaka sy mandalina soratra masina manokana sy ao amin'ny fianakavianao, ary mieritrereta momba ireo fahafahana ananana hifadiana hanina. Tamin'ny fomba ahoana no nanampian'ireny fomba amam-panao ireny anao ho "nihanahery tamin'ny fahalalana ny marina" (Almà 17:2)?

Mianatra ity fitsipika ity isika avy amin'ny ohatra nomen'ireo zanakalahin'i Môsià: **Afaka mandray ny Fanahy Masina sy mampianatra amin-kery isika amin'ny alalan'ny fandalinana ny soratra masina, ny fivavahana, ary ny fifadian-kanina.** Afaka miomana tsaratsara kokoa hizara ny filazantsara amin'ny hafa isika amin'ny alalan'ny fandraisana ny Fanahy Masina.

Vakio ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, izay nampianarany ny tanora ireo fomba hahafahan'izy ireo miomana ho misiônera. Mitadiava fomba miavaka izay hahafahanao manomana ny tenanao hizara ny filazantsara tahaka ny nataon'ireo zanakalahin'i Môsià.



"Afaka mampitombo ny fanirianao hanompo an'Andriamanitra ianao (jereo ny F&F 4:3, ary afaka manomboka mieritreritra tahaka ny fomba fieritreretan'ireo misiônera, hamaky izay vakian'ireo misiônera, hivavaka tahaka ny fivavaky ny misiônera, ary hahatsapa ny zavatra tsapan'ireo misiônera. Afaka mandositra ireo fitaoman'izao tontolo izao izay mahatonga ny Fanahy Masina hisintaka ianao, ary afaka mahazo fahatokian-tena amin'ny fahafantarana sy fanatanterahana ireo bitsika arapanahy. Fitsipika anampy fitsipika, andalana anampy andalana, kelikely eto ary kelikely eroa, afaka ny ho tonga miandalana ho ilay misiônera antenainao ahatongavana sy ilay misiônera andrandrain'ny Mpamonjy ianao. . . .

"Ny fitoriana ny filazantsara . . . dia tsy zavatra atao izay hirotsahantsika mandritra ny fotoana voafetra fotsiny ihany na asa tsy maintsy tanterahintsika amin'ny



maha mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika. Ny asa fitoriana kosa dia fanehoana ny maha olona ara-panahy sy ny lova ara-panahintsika" ("Becoming a Missionary," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2005, 46–47).

Vakio ny Almà 17:9, ary tsipiho ny zavatra nangatahan'ireo zanakalahin'i Môsià tamin'ny alalan'ny vavaka raha niomana ny hanompo izy ireo. Vakio ny Almà 17:11, ary eritrereto ny zavatra notenenin'ny Tompo tamin'izy ireo mikasika ny fomba ahatongavana ho fitaovana eo an-tanany. Ireto andininy ireto dia mampianatra ny fitsipika hoe: **Afaka manao antsika ho fitaovana eo an-tanany ny Tompo amin'ny alalan'ny ohatra tsara asehontsika, indrindra fa rehefa ory isika.**

**2.** Manorata ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina mikasika ny toe-java-misy iray izay nahatsapanao fa afaka ny ho ohatra tsara ianao. Mieritrereta momba ny fiarahamonina any an-tsekoly, toe-java-misy ao an-tokantrano miaraka amin'ny fianakavianao na fianakaviana lavitra, sy ny fiarahamonina manodidina izay hitanao maso na amin'ny internet. Resaho ny fomba hanehoanao ohatra tsara amin'izany toe-javatra izany.

Sarotra kokoa ny maneho ohatra tsara amin'ny toe-javatra sasany noho ny amin'ny hafa. Tadiavo ny fomba namaritana ireo Lamanita ao amin'ny Almà 17:12–16, ary eritrereto ny antony nandiavan'ireo zanakalahin'i Môsià fotoan-tsarotra tamin'ny fampianarana tanatin'izany toe-javatra izany.

Nahoana araka ny eritreritrao no vonona ny hiharitra fahoriana ireo zanakalahin'i Môsià mba hahafahan'izy ireo manampy vahoaka iray izay nankahala ny Nefita ? Fenoy amin'ny teny avy ao amin'ny Almà 17:16 ny banga mba hanampiana anao hahatakatra ny zavatra nantenain'ireo zanakalahin'i Môsià hotanterahina: Tian'ireo zanakalahin'i Môsià hotarihina . . . ireo Lamanita ______________, satria tiany hahalala ny drafitry ny fanavotana ireo Lamanita.

Vitao ity asa ampanaovina ity mandritra ny andro vitsivitsy manaraka mba hanampiana anao hahatakatra ny fomba ahatongavana ho ohatra tsara ho an'ny hafa: Mangataha olona ao amin'ny fianakavianao iray na namana iray hilaza aminao ny fomba nitondran'ny ohatra tahaka ny an'i Kristy nananan'ny olona iray fiovana teo amin'ny fiainany.

## Almà 17:19–39

### *Lasa mpanompon'ny Mpanjaka Lamônia i Amôna ary miaro ny andian'ondrin'ny mpanjaka izy*


Eo am-pamakianao ny Almà 17:19–39, dia tadiavo ny fomba nanompoan'i Amôna ny Mpanjaka Lamônia sy ireo mpanompon'ny mpanjaka. Eritrereto ny fomba nanampian'ny fanompoan'i Amôna hanomanana ny Lamanita handray ny filazantsara. Manaova drafitra hizara ny tantaran'i Amôna niaro ny andian'ondrin'ny mpanjaka amin'ny olona iray ao amin'ny fianakavianao na namanao iray. Antitrantero ity fahamarinana manaraka ity rehefa mizara ilay tantara ianao: **Afaka manampy amin'ny fanomanana ny hafa hanaiky ny filazantsara isika amin'ny alalan'ny asa fanompoana.** Mifampiresaha momba izany amin'izay olona tianao ho lasa matanjaka bebe kokoa ara-panahy. Eritrereto ny fomba hahafahanao manompo ity olona ity, ary manapaha hevitra mikasika ny fomba hahafahanao manao izany asa fanompoana izany.

## Almà 18

### *Mahatalanjona ny Mpanjaka Lamônia ny fahatokian'i Amôna, ary mampianatra ny mpanjaka ny filazantsara i Amôna*

Nolazain'ny mpanompon'ny Mpanjaka Lamônia taminy ny zavatra nataon'i Amôna hiarovana ny andian'ondrin'ny mpanjaka. Vakio ny Almà 18:4–6, ary tadiavo ny fihetsiky ny mpanjaka tamin'ny zavatra nataon'i Amôna.

Rehefa nanontany ny mpanompony ny mpanjaka hoe aiza i Amôna dia nolazain'izy ireo taminy fa nanatanteraka ny fangatahana nataon'ny mpanjaka efa talohaloha kely hanomana ny soavaly ho amin'ny dia mankany amin'ny tanin'ny Nefia izy, toerana izay nipetrahan'ny rain'ny mpanjaka. Vakio ny Almà 18:12–15,



ary tadiavo ny fiantraikan'ny asa fanompoan'i Amôna tamin'ny Mpanjaka Lamônia.

Vakio ny Almà 18:16–21, ary mitadiava porofo fa notarihin'ny Tompo i Amôna rehefa nampianatra ny Mpanjaka Lamônia. Soraty eo amin'ny toerana natokana hanaovana izany ny fomba nanampian'ny Fanahin'Andriamanitra an'i Amôna tamin'izany toe-javatra izany.

Eo am-pamakianao ny Almà 18:22–32, dia mitadiava fahamarinana ara-pilazantsara miavaka izay nampianarin'i Amôna ny Mpanjaka Lamônia. Afaka marihinao ao amin'ny soratra masinao na soratanao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izany. Nanorina finoana izay nifampizaran'izy sy i Lamônia i Amôna rehefa nampianatra. Nino andriamanitra iray—izay nantsoina hoe ilay Fanahy Lehibe—i Lamônia, kanefa tsy nahatakatra ny tena toetran'Andriamanitra marina izy.

Vakio ny Almà 18:33–35, ary tadiavo ny fomba namalian'i Amôna rehefa nanontanian'ny mpanjaka izy raha toa ka nirahin'Andriamanitra.

**3.** Avy amin'ny fandalinanao ny Almà 17–18, manorata andinin-tsoratra fohifohy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay mamintina ny zavatra afaka nataon'i Amôna niaraka tamin'ny fanampian'Andriamanitra teo anivon'ny Lamanita.

Azonao atao ny manoratra ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Almà 18:35 izao fitsipika manaraka izao: **Rehefa manompo ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy isika dia hampitombo ny fahafahantsika manao ny asany Izy ireo.**

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Ahoana no hanampian'ilay fitsipika tetsy aloha anao amin'ireo andraikitrao ato amin'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao sy amin'ny hoavy?

**b.** Ahoana no fomba hanompoanao amim-pahatokiana bebe kokoa ny Tompo mba hahafahany mampitombo ny fahafahanao manao ny asany?

Afaka nampianatra an'i Lamônia momba ny drafitry ny fanavotan'ny Ray any An-danitra i Amôna noho ny ohatra mahatoky nasehony sy ny fanompoany. Tadidio fa nahatsapa fahamelohana i Lamônia noho ny vonoan'olona nataony (jereo ny Alma 18:4–6). Vakio ny Almà 18:36–43, ary tadiavo ny fomba nampianaran'i Amôna an'i Lamônia ny drafitry ny fanavotana sy ny fomba nandraisan'i Lamônia ireny fampianarana ireny.

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao fanontaniana manaraka izao: Nahoana araka ny eritreritrao no nanan-danja manokana tamin'ny Mpanjaka Lamônia ny fahatakarana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?

Diniho ny fomba mety nanampian'ny fianarana ireo fotopampianaran'ny Fahariana, ny Fahalavoana, ary ny Sorompanavotana an'i Lamônia hiaiky ny filàny Mpamonjy iray. Nampianatra momba ny maha zava-dehibe ny Fahariana, ny Fahalavoana, ary ny Sorompanavotana ny Loholona Bruce R. McConkie tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manao hoe:



" Ireto trangan-javatra masina telo ireto—izay andry telon'ny mandrakizay—dia voarary miaraka ao anatin'ny sary temitra lehibe iray izay fantatra amin'ny antsoina hoe drafitra mandrakizain'ny famonjena. Raisintsika ho ivo sy fototra ary votoatin'ny fivavahana nambara ny sorompanavotan'ny Tompo Jesoa Kristy. Manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona izany. Ao amin'i Kristy ny famonjena.

"Fa raha tsy nisy ny fahalavoana, dia tsy nisy ny sorompanavotana. Nitondra fahafatesana ara-batana sy ara-panahy ho an'izao tontolo izao ny fahalavoan'i Adama, ary amin'ireny fahafatesana ireny no nanavotana ny olona sy ny karazana aina rehetra tamin'ny alalan'ny sorompanavotana notanterahin'ny Tompo Jesoa Kristy. Nitondra fiainana mety maty i Adama. Nitondra tsy fahafatesana kosa i Kristy. Tonga ny fanavotana noho ny fahalavoana sy ny sorompanavotana.

"Kanefa raha toa ka tsy nohariana amin'ny toetra aranofo sy tonga lafatra, amin'ny toetra tsy mandalo fahafatesana ny tany sy ny olona ary ny zava-mananaina rehetra dia tsy nisy ny fahalavoana. . . . Noho izany dia nanjary nisy tao anatiny sy tamin'ny alalany ary noho ny fahariana ny lanitra sy ny tany sy izay rehetra ao sy eo aminy ny famonjena. Tanteraka noho ny fahariana, ny fahalavoana, ary ny sorompanavotana ny famonjena ary ampahany amin'ny drafitra masina iray ny tsirairay amin'ireo telo ireo" (*A New Witness for the Articles of Faith* [1985], 81–82).

Afaka mianatra izao fahamarinana izao avy amin'ny zavatra niainan'i Lamônia isika: **Te hibebaka isika rehefa mahatakatra ny filàntsika Mpamonjy iray.**

Farano amin'ny fandinihana ny zavatra azonao atao izay hanampy anao hitadidy ny filànao ny Mpamonjy ny lesona androany.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 17–18 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 17: ANDRO 2

# Almà 19–20

## Fampidirana

Niaina fiovampo mahery vaika ny Mpanjaka Lamônia, izay nitarika ny fiovam-pon'ny maro tamin'ny olony, araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 19–20. Nandeha tany amin'ny tanin'i Midônia i Amôna sy ny Mpanjaka Lamônia mba hanafaka ireo rahalahin'i Amôna izay naiditra am-ponja. Nifanehatra tamin'ny rain'i Lamônia, izay mpanjakan'ny Lamanita rehetra izy ireo teny an-dalana. Nitarika ny rain'i Lamônia hanalefaka ny fony sy hanaiky ny hamotsotra ireo rahalahin'i Amôna ny fijoroana ho vavolombelona matanjak'i Amôna sy ny fiarovana am-pitiavana nataon'i Lamônia. Olona betsaka no nahatsapa ny fitaoman'ny Fanahy Masina sy nampianarina ny filazantsara ary niova fo noho ny fijoroana ho vavolombelona sy ny ohatr'i Amôna.

## Almà 19

### *Ny Mpanjaka Lamônia sy ny maro tamin'ny olony dia nibebaka sy natao batisa*

Mieritrereta momba ny onja malefaka ety ivelany ateraky ny fandatsahana vato ao anaty dobon-drano.

Amin'ny fomba ahoana no itovian'ny asan'ny olona iray amin'ilay vato nalatsaka tao anaty rano?

Manorata hoe *Amôna* eo amin'ny ivon' (ilay faribolana) ity fanehoana an-tsary manaraka ity.

Vakio ny Almà 19:1, 6 mba hahafantarana hoe iza no voataona voalohany tamin'ny fijoroan'i Amôna ho vavolombelona, ary soraty ao anatin'ny faribolana voalohany ao amin'ny fanehoana an-tsary izany. Misafidiana fehezanteny iray avy amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo izay tsapanao fa mamaritra tsara indrindra ny zava-nitranga tamin'i Lamônia. Soraty izany fehezanteny izany sy izay heverinao fa dikan'izany:

Halalino ny Almà 19:7–10 mba hitadiavana ilay olona manaraka izay voataonan'ny fijoroan'i Amôna ho vavolombelona, ary soraty ao anatin'ny faribolana faharoa ao amin'ny fanehoana an-tsary izany. Araka ny Almà 19:10, inona no nahavariana momba ny finoana nananan'ny vadin'i Lamônia?

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 19:11–13, tamin'ny fomba ahoana no nitondran'ny fijoroan'i Lamônia ho vavolombelona fiantraikany tamin'ny vadiny?


**1.** Vakio ny Almà 19:13–14, ary valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto: Araka ny hevitrao, inona no dikan'ny hoe "nentanin'ny fanahy," na "nentanim-pifaliana"? Oviana no nahatsapanao tamin'ny fomba mahery vaika ny fitaoman'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainanao?

Vakio ny Almà 19:15, mba hitadiavana ilay olona manaraka izay voakasiky ny fijoroan'i Amôna ho vavolombelona, ary soraty eo amin'ny faribolana fahefatra eo amin'ny fanehoana an-tsary izany.

Vakio ny Almà 19:16–17ahitana hoe iza no voataona manaraka, ary soraty eo amin'ny faribolana fahefatra izany.

Eritrereto ny fomba nahavoakasika ireo mpanompon'ny mpanjaka rehetra tamin'ireo tranga niseho tamin'i Amôna, Lamônia, ary ny vadin'i Lamônia. Ao amin'ny Almà 19:15–17, asongadino izay teny na fehezanteny maneho fa nitodika tamin'Andriamanitra ireo mpanompon'i Lamônia.

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no nitarihan'ireo traikefa ara-panahin'i Lamônia sy ny ankohonany an'i Abisa handray fanapahan-kevitra hizara ny fijoroany ho vavolombelona



tamin'ny hafa taorian'ny taona maro izay "tsy nampahalala[ny] na oviana na oviana izany" (Almà 19:17)?

Vakio ny Alma 19:18–22 mba hahitana ny fomba nandikan'ireo olona izay nivory teo amin'ny tranon'ny mpanjaka ny zavatra hitany. Alaivo sary an-tsaina hoe Abisa ianao. Inona no zavatra hataonao manaraka aorian'ny fahitana ny fifandirana eo anivon'ny vahoaka? Mba hianarana ny zavatra nataon'i Abisa dia vakio ny Almà 19:23–29.

Vakio ny Almà 19:30–36, ary saintsaino ny fiantraikan'ny fijoroan'i Amôna ho vavolombelona tamin'ny hafa. Soraty eo amin'ny faribolana fahadimy eo amin'ny fanehoana an-tsary ny hoe "Lamanita maro hafa."

**3.** Eritrereto ireo olona rehetra voatariky ny fijoroan'i Amôna ho vavolombelona, ary aorian'izay fenoy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fehezanteny ity: **Afaka . . . aho amin'ny alalan'ny fizarako ny fijoroako ho vavolombelona sy fanehoako ohatra tsara.**

Nanampy an'i Lamônia sy ny hafa hitodika any amin'Andriamanitra i Amôna tamin'ny alalan'ny fijoroany ho vavolombelona sy ny ohatra nasehony. Eritrereto ireo izay nandray anjara ara-panahy lehibe teo amin'ny fiainanao. Mieritrereta olona iray izay nisy fiantraikany teo aminao ny ohatra tsara nasehony sy ny fijoroany ho vavolombelona. Afaka mieritreritra fomba izay nitaoman'io olona io ny olona hafa tamin'ny tsara ihany koa ve ianao?

**4.** Hevero ny fomba mety hampiharanao ny zavatra nianaranao avy tamin'ny ohatr'i Amôna amin'ny alalan'ny famaliana ireto fanontaniana manaraka ireto ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina:

**a.** Amin'ny fomba ahoana no hitahiana ireo olona ao amin'ny fianakavianao sy ireo namanao raha toa ka manaraka ny ohatr'i Amôna amin'ny fiainana amim-pahamarinana, fanompoana ny hafa, ary fizarana ny fijoroana ho vavolombelona ianao?

**b.** Ahoana no hiterahan'ny ohatra sy fijoroana ho vavolombelona "onja malefaka" mihoatra izay tsy hitanao maso, izay mitranga amin'izao ankehitriny izao eo amin'ny fianakavianao, ny namanao, ary ny olom-pantatrao?

## Almà 20

### *Nanana fiovampo ny rain'ny Mpanjaka Lamônia ary naniry ny hianatra momba ny filazantsara izy*

Vakio ireto teo-javatra telo manaraka ireto, ary saintsaino ny fomba hamalianao izany:

- Nandray fanapahan-kevitra diso ny mpitsara iray nandritra ny fifaninanana ara-panatanjahan-tena iray, ary nitondra anao tamin'ny tsy rariny izy.
- Niampanga anao ho nangala-tahaka teo imason'ny iray kilasy ny mpampianatra iray raha toa ka tsy nanao izany akory ianao.
- Niampanga anao ho nanao zavatra izay nataon'ny iray tampo aminao raha ny marina ny ray aman-dreninao.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 20 dia sendra ny toe-javatra izay mety nanehoan'izy ireo hatezerena i Amôna sy i Lamônia. Alaivo sary an-tsaina hoe teo amin'ny toeran'i Amôna na i Lamônia ianao eo ampandalinana ity toko ity.

Vakio ny Almà 20:1–7 ahitana ny zava-nitranga rehefa te hampahafantatra an'i Amôna tamin'ny rainy, izay mpanjakan'ny Lamanita manontolo, i Lamônia. Dia vakio tsirairay avy eo ireto andian-tsoratra masina manaraka ireto ary saintsaino ny valinteninao amin'ireo fanontaniana miaraka amin'izany.

| | |
|---|---|
| Almà 20:8–13 | Raha teo amin'ny toeran'i Amôna ianao ary nisy olona niampanga anao tsy ara-drariny ho nandainga sy nandroba, ahoana no mety ho fahatsapanao? |
| Almà 20:14–16 | Inona no mahavariana anao momba ny navalin'i Lamônia tamin'ny rainy? |
| Almà 20:17–25 | Inona no fihetsika nasehon'i Amôna tamin'ny fahatezeran'ny rain'i Lamônia? Ahoana no nanehoan'i Amôna fitiavana ho an'i Lamônia? |

Vakio ny Almà 20:26–27 ahitana ny fiantraikan'ny fihetsika nasehon'i Amôna. Inona no nirian'ny rain'i Lamônia hianarana taorian'ny nahitany ny fitiavana nasehon'i Amôna? ______________________________

______________________________

Inona no afaka ianarantsika avy amin'ny fihetsika nasehon'i Amôna tamin'ny fahatezeran'ny rain'i Lamônia? ______________________________

______________________________

Soraty ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Almà 20:26–27 na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao fahamarinana manaraka izao: **Afaka mitarika ny hafa hanalefaka ny fony sy hikatsaka ny ahafantatra ny marina isika rehefa miasa amim-pitiavana.** Eritrereto ny fotoana mety nanananao fahafahana tao an-tokantranonao, niaraka tamin'ny namanao, na tany an-tsekoly izay namalianao ny fahatezeran'olon-kafa tamim-pitiavana.

**5.** Manorata tanjona iray ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay mamaritra ny fomba ahafahanao

mamaly tsaratsara kokoa ny fahatezerana amin'ny fitiavana, ta-haka ny nataon'i Amôna tamin'ilay mpanjakan'ny Lamanita.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 19–20 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny*(daty).


*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 17: ANDRO 3

# Almà 21–22

## Fampidirana

Nikatsaka ny hampianatra ny Amalekita sy ny Amiolonita momba an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotana i Aharôna, izay iray amin'ireo rahalahin'i Amôna, kanefa nolavin'ny vahoaka izy. Naiditra am-ponja tany amin'ny tanin'i Midônia izy sy ny mpiara-mitory aminy. Nijanona ho mahatoky izy ireo nandritra ny fotoam-pahoriany. Nampianatra ny rain'i Lamônia ny fomba ahafahana ho "aterak'Andriamanitra indray" (Almà 22:15) i Aharôna taorian'ny nahatontosan'i Amôna sy ny Mpanjaka Lamônia ny famotsorana azy ireo. Nianatra ny mpanjaka fa amin'ny alalan'ny fibebahany amin'ny fahotany dia afaka hahafantatra an'Andriamanitra izy ary hahazo fiainana mandrakizay any aoriana any. Nanampy Lamanita marobe ahafantatra an'Andriamanitra sy ny lalan'ny famonjeny ny fahatokian'i Aharôna.



## Almà 21:1–23

### *Mitory ny filazantsara i Aharôna sy ireo rahalahiny na dia teo aza ny fisedrana sy ny fanagadrana*

Mieritrereta fotoana iray izay niezahanao mafy ny hitandrina ny didy kanefa mbola niatrika zava-tsarotra ihany. Dia saintsaino avy eo ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona no zavatra nataonao mba ho mahatoky na dia teo aza ny fisedrana natrehanao? Raha manao jery todika izany zavatra niainana izany ianao, toy ny ahoana no nahatsapanao ny fomba nitahian'ny Tompo anao nandritra izany fotoana izany?

Raha mbola nampianatra ny Mpanjaka Lamônia sy ny vahoakany i Amôna (jereo ny Almà 17–19), dia niaina fahoriana goavana i Aharôna sy ireo mpiara-mitory aminy rehefa nikasa ny hampianatra tao amin'ny faritra samy hafa teo amin'ny tany izy ireo. Vakio ny Almà 20:28–30 mba hanaovana topimaso fohy ireo fisedrana nahazo an'i Aharôna sy ireo mpiara-mitory aminy. Avy eo dia vakio ireo andinin-tsoratra masina avy ao amin'ny Almà 21:1–17 hita ao anatin'ny asa atao eo ambany. Tadiavo ny fomba niatrehan'i Aharôna sy ireo mpiara-mitory aminy ny fitsapana nahazo azy.

**1.** Adikao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity tabilao manaraka ity, mamelà toerana aorian'ny soratra masina tsirairay ho an'ireo toromarikao:

| Olana na Zava-tsarotra | Ny Fihetsika Nasehon'i Aharôna sy ireo Mpiara-mitory Aminy |
|---|---|
| Almà 21:3 | Almà 21:4 |
| Almà 21:5–6, 8 | Almà 21:7, 9 |
| Almà 21:10–11 | Almà 21:11–12 |
| Almà 21:13–14 | Almà 21:15 |

Soraty ao amin'ny tsanganana havia amin'ilay tabilao ireo olana na fahasarotana natrehan'i Aharôna sy ireo mpiara-mitory aminy aorian'ny famakiana ny andinin-tsoratra masina tsirairay. Soraty ao amin'ny tsanganana havanana ny fihetsika nasehon'i Aharôna sy ireo mpiara-mitory aminy. Aorian'izay dia valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana araka ny eritreritrao no mety nahatonga azy ireo ho kivy mora foana, tsy manan-panantenana intsony, ary miverina any an-trano any amin'ny toerana mandray azy ireo kokoa eo anivon'ny Nefita?

**b.** Ahoana no fomba ahafahantsika, amin'ny maha-misiônera mpikamban'ny Fiangonana antsika, hahazo tombontsoa amin'ity tantara ity?

Vakio ny Almà 21:16–17, ary tadiavo ny fomba nanampian'ny Tompo an'i Aharôna sy ny rahalahiny hanao ny asany rehefa tsy nilavo lefona tamim-pinoana izy ireo. Mianatra ity fitsipika ity isika amin'ny alalan'i Aharôna sy ny rahalahiny: **Hanampy antsika hanao ny asany ny Tompo raha toa ka tsy milavo lefona amim-pahatokiana mandritra ny fisedrana antsika isika.** Azonao atao ny manoratra ao amin'ny soratra masinao na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fitsipika ity.

Eritrereto ireo karazana asa asain'Andriamanitra ataonao ankehitriny sy amin'ny hoavy, sy ireo zava-tsarotra mety atrehinao amin'ny fiezahana manatanteraka ity asa ity. Vakio ity fanambarana manaraka nataon'ny Filoha Thomas S. Monson ity, izay nampianatra fa mety hiaina fizahan-toetra isika rehefa miezaka manao ny asan'ny Tompo:



"Asa goavana izany hoe manolo-tanana, sy mampianatra, ary mikasika ireo fanahy sarobidy izay nomanin'ny Raintsika handray ny hafany. Mahalana ny hoe tsotra ny fahitana fahombiazana. Matetika izany dia ialohavan'ny ranomaso, fitsapana, fitokisana ary fijoroana ho vavolombelona. . . .

". . . Mahazo fampaherezana avy amin'ilay fanomezantoky nataon'ny Mpampianatra ireo Mpanompon'Andriamanitra manao hoe: "Izaho momba anareo mandrakariva" (Matio 28:20). Manohana anao ity fampanantenana mahafinaritra ity. . . . Mampionona anao mandritra ny fotoan'ny fahakiviana, izay tonga amin'ny rehetra izany" ("Tears, Trials, Trust, Testimony," *Ensign,* mey 1987, 43).

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny momba ny zavatra niainanao rehefa naharitra tamim-pahatokiana nandritra ny fisedrana ianao. Na azonao atao ny manoratra momba ny drafitra mba ho mahatoky mandritra ny zava-tsarotra misy amin'izao fotoana izao, amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fitsipika ao anatin'ity lesona ity. Manorata ihany koa momba ny toe-javatra hoavy izay mety ilànao faharetana mandritra ny fisedrana rehefa manao ny asan'Andriamanitra ianao.

Vakio ny Almà 21:18–23 ahitana ny zavatra nataon'i Amôna taorian'ny nanampiany an'i Aharôna sy ny rahalahiny tamin'ny famotsorana azy ireo avy tao am-ponja. Tadiavo ireo fomba niovan'ny fiainan'ireo Lamanita satria nampianatra azy ireo ny filazantsara i Amôna.

Mieritrereta mikasika ny fomba nanovan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny fiainan'ny olona iray izay fantatrao. Saintsaino ny fomba hizaranao ny filazantsara amin'ny olona fantatrao, na mieritrereta olona iray izay mety ho voatariky ny ohatr'i Aharôna sy ny rahalahiny. Zarao amin'izany olona izany ny zavatra nianaranao tamin'ny ohatra nasehon'i Aharôna sy ny rahalahiny rehefa naharitra tamim-pahatokiana tamin'ny asan'Andriamanitra izy ireo.

## Almà 22

### *Mino ny filazantsara araka ny nampianarin'i Aharôna ny rain'i Lamônia, izay mpanjaka manerana ny tany rehetra*

Tadidio ny fomba nihaonan'i Amôna tamin'ny rain'i Lamônia, izay naverina nojerena tao amin'ny lesona teo aloha. Avereno vakiana ny fangatahana manokana nataon'ny mpanjaka tamin'i Amôna izay voarakitra ao amin'ny Almà 22:1-3. Eo am-pamakianao ny Almà 22:1-3, dia tadiavo ny fihetsika nasehon'ny mpanjaka tamin'ny fitsidihan'i Aharôna.

Vakio ny Almà 22:44–6, ary tadiavo ny zavatra nanahirana ny rain'i Lamônia Mpanjaka. Halalino ny Almà 22:7–14 ahitana ireo fahamarinana nampianarin'i Aharôna ny rain'i Lamônia.

Saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto (mety hanampy ny fitadidiana ilay resadresaka mitovitovy amin'izany momba ny Mpanjaka Lamônia ao amin'ny Almà 17–18):

- Nahoana no nilain'ny mpanjaka ny nino an'Andriamanitra mba hahafahany mahatakatra ny fibebahana?
- Tamin'ny fomba ahoana no nanampian'ny fahafantarana momba ny Fahalavoana ny mpanjaka hahatakatra ny fibebahana?

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Nahoana no zava-dehibe ny mahatakatra ny Fahalavoan'i Adama sy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy mba hahatakarana ny fibebahana?

Halalino ny Almà 22 :15, mba hitadiavana ny zavatra izay nananan'ny rain'i Lamônia fahavononana mba hajanona ahazoany fifaliana sy fiainana mandrakizay, ary mariho ao amin'ny soratra masinao izany.

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Nahoana araka ny eritreritrao no manan-danja ka tokony hananan'ireo rehetra izay manana faniriana ahafantatra an'Andriamanitra ny fihetsiky ny rain'ny Mpanjaka Lamônia?

Vakio ny Almà 22:16 ahitana ny fomba namalian'i Aharôna ny fanontanian'ny mpanjaka mikasika ny fomba ahazoana ny fiainana mandrakizay. (Asio marika ireo fahamarinana manan-danja hitanao fa nampianarina ao amin'ity andininy ity.) Ahoana no fomba hitarihan'ny fanekena sy fiainana ireo fahamarinana

nampianarin'i Aharôna ny olona iray mba hahazo ny fiainana mandrakizay? ______________________________

______________________________

Vakio ny Almà 22:17-18, ary tadiavo ny fomba namalian'ny mpanjaka ny torolalan'i Aharôna. Saintsaino ity fanontaniana manaraka ity: Inona no zavatra azontsika ianarana avy amin'ny rain'ny Mpanjaka Lamônia mikasika ny hoe aterak'Andriamanitra indray?

Azonao atao ny manisy marika ity fehezanteny ao amin'ny Almà 22:18 ity: "Hafoiko ny fahotako rehetra hahafantarako Anao." Saintsaino ity fahamarinana manaraka ity, ary soraty ao anatin'ny soratra masinao na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izany: **Tsy maintsy vonona ny handao ny fahotantsika rehetra isika mba hiova ara-panahy sy aterak'Andriamanitra.**



Vakio ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity: "Manome fanamby antsika hiova ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ny hafany matetika indrindra dia ny hoe 'Mibebaha,' ary ny fibebahana dia midika ho fahafoizana ireo fitondrantenantsika rehetra—manokana, ao amin'ny fianakaviana, ny foko, ary ny firenena— izay mifanohitra amin'ny didin'Andriamanitra. Ny hanova ny olon-tsotra ho lasa olon'ny lanitra no tanjon'ny filazantsara, ary mitaky fiovana izany" ("Repentance and Change," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2003, 37).

Saintsaino izay tokony hataonao eo amin'ny fiainanao ankehitriny mba hiova ara-panahy.

Vakio ny Almà 22:19–22 ahitana ireo tranga niseho taorian'ny vavaky ny mpanjaka. Vakio ny Almà 22:23–27, mba itadiavana izay nataon'ny rain'i Lamônia noho ny fahazoany fiovampo sy ny fandraisany ny Fanahin'ny Tompo ho an'ny tenany.

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nianaranao tamin'ny fandalinana mikasika ny rain'ny Mpanjaka Lamônia momba ny hoe ateraka indray. Hazavao ny fomba heverinao fa hanampian'ny ohatra nasehony an'ireo tanora ankehitriny mba hampisy fiovana eo amin'ny fiainan'izy ireo, hanampiana azy ireo ho aterak'Andriamanitra.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 21–22 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 17: ANDRO 4

# Almà 23–24

## Fampidirana

Nitory ny fahafahana ara-pivavahana teo anivon'ny vahoakany ny mpanjakan'ny Lamanita taorian'ny fiovam-pony. Namela an'i Aharôna sy ireo rahalahiny hitory ny filazantsara sy hanangana fiangonana tao amin'ny tanàna Lamanita maro izany fanambarana izany. Lamanita an'arivony no niova fo ary tsy nania intsony. Nanao fanekempihavanana hanary ny fitaovam-piadiany ireo Lamanita izay niova fo ho an'ny Tompo ireo. Nampitondra ny anarana hoe Antia-Nefia-Lehia tamin'ny tenany izy ireo. Betsaka tamin'ireo Antia-Nefia-Lehia no nanao sorona ny ain'izay ireo toy izay hoe handika fanekempihavanany rehefa nanafika ireo Lamanita tsy niova fo.

### (Almà 23

*Lamanita an'arivony no niova fo ho an'ny Tompo sy nanova ny anarany ho Antia-Nefia-Lehia*

**1.** Manaova sarina endrika faly sy endrika malahelo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Omeo anarana hoe *Mahatoky* ilay endrika faly ary *Miovaova ilay endrika malahelo.* Eo am-pamakianao ity fanambarana manaraka izay nataon'ny Loholona Richard G. Scott ity dia mitadiava teny na fehezanteny izay mamaritra ireo karazan'olona roa samy hafa ireo. Soraty eo ambanin'ny sary mifanaraka amin'izany ireo teny na fehezanteny ireo.



"Ny tsirairay amintsika dia nahita ny fomba anaovan'ireo olona sasany tsy an-kitsahatra ny zavatra tsara eo amin'ny fiainana. Toa sambatra izy ireo, eny heniky ny hafaliana momba ny fiainana. Rehefa ilaina ny manao safidy sarotra dia toa manao ireo tsara hatrany izy ireo, eny fa na dia teo aza ireo fakam-panahy hafa nisy teo anoloan'izy ireo. Fantatsika fa hiharan'ny fakam-panahy izy ireo, saingy toa tsy mahatsikaritra izany izy ireo. Toy izany koa dia hitantsika ny fomba tsy tena nampahery fo ny hafa tamin'ny fanapahan-kevitra noraisin'izy ireo. Ao anatin'ny tontolo hisian'ny fitaomam-panahy mahery vaika, dia manapa-kevitra ny ho tsaratsara kokoa izy ireo, hanova ny lalam-piainan'izy ireo, ary hanary ireo fahazarana mampalemy azy ireo. Tena mahitsy fo izy ireo amin'ny fanapahan-keviny hiova, kanefa tsy ela akory izy ireo dia manao indray ireo zavatra nanapahany hevitra fa havelany.

"Inona no maha samy hafa ny fiainan'ireto andian'olona roa ireto? Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao manao safidy tsara hatrany?" ("Full Conversion Brings Happiness," *Ensign,* mey 2002, 24).

Saintsaino ny fomba hamalianao ireo fanontaniana roa izay napetraky ny Loholona Scott ireo. Eo ampandalinanao ny Almà 23–24, dia mieritrereta mikasika ny antony mahatonga ny maro amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana hijanona ho mahatoky amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy mandritra ny fiainan'izy ireo.

Nandefa fanambarana teo anivon'ny vahoakany ny mpanjakan'ny Lamanita taorian'ny niovany fo ho an'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, ary nisy fahagagana nitranga. Lamanita an'arivony ihany koa no niova fo. Vakio ny Almà 23:1–5 ahitana hoe inona ilay fanambarana ary tamin'ny fomba ahoana no nitrangan'ilay fahagagana.

Vakio ny Almà 23:6–7. Firy tamin'ireo an'arivony izay "niova fo ho an'ny Tompo" no nijanona ho niova fo nandritra ny fiainan'izy ireo manontolo? ____________

________________________________________________

Taorian'ny niovan'ireto Lamanita ireto fo dia te ho antsoina amin'ny anarana vaovao izy ireo mba tsy ho fantatra amin'ny hoe Lamanita intsony. Vakio ny Almà 23:16–18, ary fantaro ny anarana nosafidian'izy ireo sy ireo fahasoavana izay tonga taminy noho ny fahatokian'izy ireo.

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, eo ambanin'ilay endrika nomena anarana hoe "Mahatoky" ny zavatra nianaranao avy tamin'ny Antia-Nefia-Lehia mikasika ny hoe mahatoky ho an'ny Tompo mandritra ny fiainanao manontolo.

Soraty ao amin'ny soratra masinao na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao fahamarinana manaraka izao: **Midika hoe fiovana ara-panahy sy fahatongavana ho olom-baovao amin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra ny fiovampo.** Afaka ny ho tonga olom-baovao amin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra sy mijanona ho miova fo mandritra ny fiainanao manontolo, tahaka ny niovan'ireo Antia-Nefia-Lehia ianao raha toa ka vonona ny handray ny herin'ny Sorompanavotana amin'ny alalan'ny finoanao sy ny fibebahana.

Avereno jerena ireo fanontaniana roa napetraky ny Loholona Scott, ary vakio ny valinteniny avy eo: "Vokatry ny *finoana, ny fibebahana,* ary *ny fankatoavana tsy tapaka ny fiovampo marina. . . .* Hampatanjaka ny fahafahanao hanao izay fantatrao fa tokony hataonao, amin'ny fotoana tokony hanaovanao izany, na inona na inona toe-java-mitranga ny fiovampo marina" ("Full Conversion Brings Happiness," 25).


**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Araka ny voalaza ao amin'ny Almà 23:18, dia nanomboka ho lasa olona tena niasa sy nisakaiza tamin'ny Nefita ireo Lamanita niova fo. Rehefa miezaka ny mibebaka sy manova ny fiainany ny olona, nahoana no zava-dehibe ho an'izy ireo ny miaraka amin'ny olona hafa izay miezaka miaina amim-pahamarinana koa?

**4.** Fakafakao ireo teny izay nataonao lisitra teo ambanin'ilay endrika "Mahatoky" ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Eritrereto ny fomba hamaritan'ireo teny ireo hoe hatraiza ny fiovam-ponao. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra ho ataonao hahatonga anao hiova fo tanteraka ho an'ny Tompo.

## Almà 24

### *Manao fanekempihavanana ny tsy handray fitaovam-piadiana intsony ny Antia-Nefia-Lehia*


Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 24:3 dia natolotry ny mpanjakan'ny Lamanita ny zanany lahy ny fanjakana talohan'ny nahafatesany, ary nomeny anarana hoe Antia-Nefia-Lehia ny zanany lahy. Vakio ny Almà 24:1–5 ahitana ilay olana nihanitombo afaka fotoana fohy izay nitarika an'i Amôna sy ireo rahalahiny nanao filankevitra niaraka tamin'ny mpanjaka. Rehefa fantatra fa hiady tamin'ny Antia-Nefia-Lehia ireo Lamanita tsy niova fo dia nanapa-kevitra ny tsy hanao fiomanana amin'ny ady hiarovan-tena ireto vahoaka marina ireto (jereo ny Almà 24:6). Vakio ny Almà



24:7–14, ary fantaro ny antony nandraisan'ny Antia-Nefia-Lehia izany fanapahan-kevitra izany.

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nianaranao avy tamin'ny Antia-Nefia-Lehia mikasika ny dikan'ny hoe mahafoy ny fahotantsika isika rehefa mibebaka.

Vakio ny Almà 24:15–18, ary tadiavo ny zavatra nataon'ny Antia-Nefia-Lehia nanehoany tamin'ny Tompo fa tena nibebaka marina izy ireo. Nahoana ny vahoaka no nandevina lalina tany ambanin'ny tany ny sabany sy ireo fitaovam-piadiany hafa? (Jereo ny Almà 24:17–18.)



Tokony hiezaka ny tsy hanao ireny fahotana ireny intsony eo amin'ny fiainantsika isika rehefa mibebaka amin'ny fahotantsika. Vakio ny nampianarin'ny Filoha Spencer W. Kimball momba ny fahafoizana ny fahotana ho ampahany mandan-danja amin'ny fibebahana manao hoe: "Tsy afaka ny hanantena toe-javatra tsaratsara kokoa fotsiny ny olona iray rehefa mamoy ny fahotana. Mila manamboatra izany toe-javatra izany izy. . . . Mila azony antoka fa tsy namoy ilay fahotana fotsiny izy fa nanova ihany koa ireo toe-javatra manodidina ilay fahotana. Mila misintaka amin'ireo toerana sy ireo toe-javatra izay nitrangan'ilay fahotana izy, satria mety hiteraka mora foana ilay fahotana indray izany. Mila mamoy ireo olona izay niara-nanaovana ilay fahotana izy. Tsy voatery hankahala ireo olona niara-nanao izany izy kanefa mila misintaka amin'izy ireo sy ny zavadrehetra izay mifandray amin'ilay fahotana. Mila . . . manorina fiainana vaovao izy. Tsy maintsy manaisotra izay rehetra mety hamoha ireo fahatsiarovana taloha izy" (*Le Miracle du Pardon*[1969], 171–72).

Asio marika ireo teny na fehezanteny izay maneho ny fibebahan'ireo Antia-Nefia-Lehia sy ny famelan'Andriamanitra ny fahotan'izy ireo ao amin'ny Almà 24:10–12. Soraty eo amin'ny sisiny eo akaikin'ireo andininy ireo ity fitsipika manaraka ity: **Hanaisotra ny fahamelohantsika sy hanampy antsika hijanona ho madio Andriamanitra rehefa manao izay rehetra vitantsika hibebahana isika.** Jereo ny tantaran'ny Antia-Nefia-Lehia izay nandevina ny fitaovam-piadiana tany ambanin'ny tany. Mbola ilaintsika ny "mandevina" ny fahotantsika amin'izao androntsika izao hanehoana amin'ny Tompo fa manao izay rehetra vitantsika isika hibebahana ary tsy hamerenana intsony ireny fahotana ireny.

**6.** Eritrereto ny fomba hakan'ireto olona amin'ireto toe-java-mitranga manaraka ireto antoka fa tsy hamerina ireo fahotana ireo intsony izy ireo. Soraty eo ambanin'ny toe-java-mitranga tsirairay ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny sosokevitrao:

**a.** Nijery pôrnôgrafia tao anatin'ny horonan-tsary iray ny olona iray satria namporisihan'ny namany hijery ilay horonan-tsary niaraka tamin'izy ireo izy.

**b.** Nandika an-kiafinafina ny lalàn'ny Tenin'ny Fahendrena niaraka tamin'ny namany ny olona iray rehefa niara-nivoaka alina izy ireo.

**d.** Nizara ny valim-panontanianana tamin'ny fanadinana vitany tamin'ny namany izay niomana ny hanao izany fanadinana izany ny ampitso ny olona iray.

Saintsaino ity fanontaniana manaraka ity: Inona no ilainao "halevina" eo amin'ny fiainanao mba hahatonga anao tsy ho azon'ny fakam-panahy hanao ny fahotana izay efa nibebahanao?

Vakio ny Almà 24:19–22 ahitana ny zavatra nataon'ireo Antia-Nefia-Lehia rehefa tonga niady tamin'izy ireo ny Lamanita. Nampiseho ny fandavantenany tamin'ny Tompo tamin'ny alalan'ny fahavononana ny ho faty toy izay ny handrava ny fampanantenana nataon'izy ireo tamin'ny Tompo ireto vahoaka ireto. Nomeny tanteraka ny Tompo ny fiainan'izy ireo, ary nijanona ho mahatoky tanteraka taminy nandritra ny fiainany manontolo izy ireo.

Vakio ny zavatra nampianarin'ny Filoha Ezra Taft Benson momba ny fanomezana ny fiainantsika ho an'ny Tompo:



"Tarihin'i Kristy ny lehilahy [sy ny vehivavy] niova ho Azy. Hanontany tahaka an'i Paoly izy ireo hoe: 'Tompo ô, inona no tianao hataoko?' (Asan' ny Apôstôly 9:6.) . . .

"Tsy hitady ny sitrapony izy ireo fa ny sitrapon'izay naniraka azy. (Jereo ny Jaona 5:30.)

"Ataon'izy ireo hatrany ireo zavatra mahafaly ny Tompo. (Jereo ny Jaona 8:29.)

" Tsy te ho faty ho an'ny Tompo fotsiny izy ireo, fa manan-danja kokoa noho izay, dia te ho velona ho Azy izy ireo.

"Midira ao an-tokantranon'izy ireo dia hanambara ny maha Kristiana azy ny sary eny amin'ny rindriny, ny boky eny amin'ny fitoeram-bokiny, ny hira mandeha, ny tenin'izy ireo ary ny asa ataony.

"Mijoro ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra, amin'ny zava-drehetra, ary amin'ny toerana rehetra izy ireo. (Jereo ny Môsià 18:9.)

"Manana an'i Kristy ao an-tsainy izy ireo rehefa mibanjina Azy amin'ny eritreritra rehetra. (Jereo ny F&F 6:36.)

"Manana an'i Kristy ao am-pony izy ireo rehefa apetrany amin'ny Tompo mandrakizay ny fitiavany rehetra. (Jereo ny Almà 37:36.)" ("Born of God," *Ensign,*nôv. 1985, 5–7).

**7.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Mandritra ity herinandro ity, inona avy ireo fomba ahafahanao maneho fa nomenao tanteraka ny Tompo ny fiainanao?

Vakio ny Almà 24:23–27, izay mamaritra ny fihetsik'ireo Lamanita rehefa hitan'izy ireo fa tsy hiady ireo Antia-Nefia-Lehia. Eo am-pamakianao dia tadiavo ireo teny na fehezanteny izay mampianatra ity fitsipika ity: **Afaka manampy ny hafa hiova fo isika amin'ny alalan'ny fijanonana ho mahatoky ho an'ny Tompo.** Mieritrereta fomba mety hahasarika ireo olona voafaritra manokana ao amin'ny fianakavianao na ny namanao amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitra raisinao mba ho mahatoky ho an'ny Tompo.

**8.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 23–24 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 18: ANDRO 1

# Almà 25–29

## Fampidirana

Nidera ny Tompo i Amôna taorian'ny taona maro nitoriana ny filazantsara, ary naneho ny fankasitrahany noho ny fitahiana tamin'ny naha-fitaovana teo an-tanan'ny Tompo nitondrana ny filazantsara tamin'ny Lamanita azy. Lamanita maro no nanomboka nino ny Tompo, nibebaka, ary niantso ny tenany hoe Antia-Nefia-Lehia. Nanomboka nanao fanomanana



hiady tamin'ny Antia-Nefia-Lehia ireo Amalekita sy Lamanita taorian'ny nanaovan'ny Antia-Nefia-Lehia fanekempihavanana ny tsy handray fitaovam-piadiana intsony. Nanaiky ny fanoloran'ny Nefita fiarovana ho azy ireo ny Antia-Nefia-Lehia mba hanajan'izy ireo ny fenekempihavanana nataon'izy ireo tamin'ny Tompo. Naneho ny fifaliana tsapany avy tamin'ny fitoriana ny filazantsara ilay mpaminany Nefita nantsoina hoe Almà ary nanasa ny hafa hanatona an'i Jesoa Kristy izy.

### Almà 25

*Tanteraka ny faminanian'i Abinadia, ary Lamanita maro no niova fo*

Mieritrereta momba ny fiovana rehetra nataonao rehefa nanjary niova fo bebe kokoa ho an'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ianao. Milaza ny fahatanterahan'ny faminanian'i Abinadia ny Almà 25 fa hohazaina sy hovonoina ny taranaky ny mpisoron'i Nôà ary maneho izany fa manamarina ireo mpaminaniny sy manatanteraka ny faminanian'izy ireo ny Tompo (jereo ny Almà 25:9). Mitantara ny isan'ny Lamanita nibebaka sy nikambana tamin'ny Antia-Nefia-Lehia koa izany. Vakio ny Almà 25:14, ary fantaro ny zavatra nataon'ireto Lamanita ireto rehefa nanjary niova fo ho an'ny filazantsara izy ireo. Mianatra antony roa nanajan'izy ireo ny lalàn'i Mosesy isika ao amin'ny Almà 25:15.

### Almà 26

*Mifaly tamin'ny famindrampon'ny Tompo tamin'ny Lamanita sy tamin'ireo zanakalahin'i Môsià i Amôna*

Inona no zavatra ilaina raha hanorina trano na fiangonana iray? Fiangonana toy ny ahoana no azon'ny mpanao trano iray manana fahaiza-manao atsangana miaraka amin'ny fitaovana sy ireo zavatra tena ilaina? Mamaritra ny tenany sy ireo rahalahiny ho toy ny fitaovana eo an-tanan'Andriamanitra hanao asa goavana i Amôna ao amin'ny Almà 26. Vakio ny Almà 26:1–5, 12–13, ary fantaro ny zavatra notontosain'ny Tompo tamin'ny fampiasana amin'i Amôna sy ireo rahalahiny ho toy ny fitaovana teo an-tanany. (Azonao atao ny manisy marika ireo valinteny hitanao ao amin'ny soratra masinao.) Ao amin'ny andininy 5 dia midika hoe miasa mafy ny fehezanteny hoe “mandroso ny antsimeloka,” maneho ireo niova fo ny “amboara,” maneho ny Fiangonana ny “sompitra,” ary ilay fehezanteny milaza fa ireo izay hangonina dia “tsy ho very foana” dia maneho an'Andriamanitra izay miaro ireo niova fo sy manome fiainana mandrakizay ho azy ireo.

Fantaro na asio marika ny fehezanteny iray na maromaro ao amin'ny Almà 26:12 izay maneho fa i Amôna dia nahatakatra hoe izy irery ihany no hany fitaovana teo an-tanan'ny Tompo ary ny Tompo no nanatanteraka ireo fahagagana nandritra ny asa fitoriany.

Mianatra ity fitsipika ity isika avy amin'ireo andininy ireo: **Mampatanjaka sy mampiasa antsika ho toy ny fitaovana eo an-tanany ny Tompo rehefa miomana sy manetry ny tenantsika isika.** Fitsipika naman'izany ihany koa izay ianarantsika ao amin'ny Almà 26 ny hoe: **Miaina fifaliana isika rehefa manompo amim-pahatokiana ny Tompo sy ireo zanany.** Vakio ny Almà 26:11, 13, 16, ary asio marika isak'izay mahita ny teny hoe *fifaliana* na *mifaly* ianao.

Vakio ny Almà 26:13–16, ary fantaro ireo antony nifalian'i Amôna.

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony hieritreretanao fa miaina fifaliana isika rehefa manompo ny Tompo. Azonao atao ihany koa ny manoratra momba ny fotoana iray izay nahatsapanao fifaliana avy amin'ny fanompoanao tato amin'ny Fiangonana.

Vakio ireto andininy manaraka ireto, ary eritrereto ny valiny mifandraika amin'ireo fanontaniana miaraka amin'izany:

**Almà 26:22–23, 26–29.** Raiso an-tsoratra ireto zavatra takiana voatanisa ireto ahafantarana ireo misterin'Andriamanitra. Inona no fampanantenana omena ireo misiônera izay mahafeno ireo fepetra ireo? Inona avy ireo sakana natrehan'i Amôna sy ireo rahalahiny tamin'ny fanompoana ny Tompo sy ny Lamanita? Iza amin'ireo sakana ireo no mitovy amin'ireo sakana atrehan'ireo izay manompo ny Tompo ankehitriny? Inona no azon'ireo misiônera maoderina ianarana avy amin'ny Almà 26:29 mikasika ny toerana tokony hitorian'izy ireo ny filazantsara?

**Almà 26:30.** Inona no namporisika ireo zanakalahin'i Môsià hanohy hanompo na dia nandritra ny fotoantsarotra aza izany?

**2.** Vakio ny Almà 26:35–37, ary valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona ireo fahamarinana ampianarina ao anatin'ireo andininy ireo izay hanome anao antony hifaliana amin'ny fahatsaran'Andriamanitra? (Afaka marihinao ireo fehezanteny izay manambara ireo fahamarinana ireo.)

**b.** Inona no mampiavaka ny fahafantarana fa mieritreritra anao Andriamanitra?

## Almà 27

*Mitarika ny vahoaka Antia-Nefia-Lehia any amin'ny fiarovana teo anivon'ny Nefita i Amôna*

Eo am-panomananao ny fandalinana ny Almà 27, dia eritrereto ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Efa nisy olona nampanantena anao ve dia avy eo tsy nanaja indray izany fampanantenana izany?
- Mahafantatra olona izay mihazona hatrany ny fampanantenana nataony taminao ve ianao?
- Inona no tsapanao amin'ireo olona izay mihazona ireo fampanantenany? Nahoana?

Taorian'ny ezaka tsy nahomby nataon'ireo Lamanita handringanana ny Nefita dia nikatsaka ny handringana ireo Lamanita (Antia-Nefia-Lehia) izay niova fo tamin'ny alalan'i Amôna sy ireo rahalahiny izy ireo. Tadidio fa nandevina ny fitaovam-piadiany ireo Antia-Nefia-Lehia hanehoana fa hanaja ny fanekempihavanany tsy hamono olona intsony izy ireo. Vakio ny Almà 27:2–3 ahitana hoe hatraiza ny fanolorantenan'ireo Antia-Nefia-Lehia hanajana izany fanekempihavanana izany.



Alaivo sary an-tsaina ny tanjak'ilay fanolorantenan'ireo Antia-Nefia-Lehia hanaja ny fanekempihavanan'izy ireo tsy handray fitaovam-piadiana rehefa misy manafika. Diniho ny fomba hanatanjahanao ny fanolorantenanao hanaja ireo fanekempihavanana nataonao niaraka tamin'ny Ray any An-danitra rehefa toy ny sarotra ny manao izany.

Noho ny fanenjehana sy ny fanafihana nataon'ireo Lamanita ratsy fanahy dia nitarika ny Antia-Nefia-Lehia i Amôna ho any Zarahemlà—tanàna Nefita iray—izay toerana nampanantenain'ny Nefita hiarovana azy ireo amin'ny fahavalony. Diniho izay azonao atao mba hanampiana ireo olona manodidina anao hanaja ireo fanekempihavanana nataon'izy ireo tamin'ny Tompo.

Nantsoin'ireo Nefita hoe vahoakan'i Amôna ireo Antia-Nefia-Lehia nony tonga tany Zarahemlà. Vakio ny Almà 27:27–30 itadiavana ny zavatra nahafantarana ny vahoakan'i Amôna. Mariho izay teny na andianteny mampianatra ity fitsipika manaraka ity: **Manaja ireo fanekempihavanana nataontsika tamin'ny Tompo isika rehefa miova fo tanteraka ho Azy.**

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Inona ireo traikefa nanananao rehefa sarotra taminao ny nanaja ireo fanekempihavanana nataonao tamin'ny Tompo, kanefa najainao hatrany izany?

**b.** Iza no olona mahatoky sy marina tamin'ny fanekempihavanana nataony tamin'ny Tompo izay ohatra ho anao? Ahoana no nanehoan'izany olona izany fahatokiana tamin'ireny fanekempihavanana ireny?

## Almà 28

*Mandresy ny Lamanita amin'ny ady lehibe ny Nefita*

**4.** Alaivo sary an-tsaina hoe mpanao gazety nomena andraikitra hiresaka ny zava-nitranga hita ao amin'ny Almà 28 ianao. Vakio ny Almà 28:1–6, 11–14, ary manorata andinin-tsoratra fohifohy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay mamintina ny zava-nitranga. Ataovy izay ahazoana antoka fa voavaly ao anatin'ny anatin'ny andiam-pehezanteninao ireto fanontaniana manaraka ireto.

**a.** Inona no setrin'ny nanampian'ny Nefita ny vahoakan'i Amôna hanaja ireo fanekempihavanany? (Jereo Almà 28:1–3.)

**b.** Toy ny ahoana no haben'ny fiantraikan'ireo fahafatesana ireo tamin'ny Nefita? (Jereo ny Almà 28–6.)

**d.** Nahoana no natahotra ny sasany tamin'ireo vahoaka rehefa maty ny olon-tiany kanefa nifaly sy feno fanantenana kosa ireo hafa? (Jereo ny Almà 38:11–12.)

Manorata fitsipika ao anaty fehezanteny iray hamintinana ny zavatra nianaranao tao amin'ny Almà 28:11–12: ____________________________________________

____________________________________________

Fitsipika iray ampianarina ao amin'ny Almà 28 ny hoe: **Afaka manana fanantenana sy fifaliana isika na dia eo aza ny fahafatesana rehefa manana finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fampanantenany.**

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Oviana no nahitanao olona iray izay niatrika ny fahafatesan'ny olon-tiany tamim-panantenana noho ny finoany an'i Jesoa Kristy?

**b.** Ahoana no hanazavanao amin'ny olona iray ny fahafatesana mba hanampiana izany olona izany hanana fanantenana aorian'ny fahafatesan'ny olon-tiany iray?

Fantaro ireo "ary toy izany no ahitantsika" miisa telo izay nolazain'i Môrmôna ao amin'ny Almà 28:13–14. Azonao atao ny manisy marika azy ireo ao amin'ny soratra masinao. Inona ireo hevitra izay asongadinin'i Môrmôna rehefa mamarana ny fitantarana ny asa fanompoan'ireo zanakalahin'i Môsià tamin'ny Lamanita izy? Saintsaino ny antony maha zava-dehibe ny ahafantaranao ireny fahamarinana ireny.

## Almà 29

*Mirehareha amin'ny fitondrana fanahy ho ao amin'Andriamanitra i Almà*

Efa naniry ny hanana fahefana ny hitondra zavatra tsara goavana na hanakana loza lehibe eto amin'izao tontolo izao amin'ny tanana tokana ve ianao? Mirakitra ny filazan'i Almà ny faniriany ho fitaovana eo an-tanan'ny Tompo ny Almà 29. Halalino ny Almà 29:1–3, ary tadiavo ny fanirian'ny fon'i Almà.

Eo am-pitadidiana ny zava-nitranga tamin'i Almà fony izy zatovolahy dia eritrereto ny antony mety nananany ny faniriana izay nolazainy. Jereo ao amin'ny Almà 29:3 ny antony nahatsapany fa nanota izy tamin'ny faniriany. Vakio ny Almà 29:4–5, ary fantaro ny zavatra omen'ny Tompo ireo izay manana faniriana tsara.



Halalino ny Almà 29:10, 14–16, ary asio marika ny valisoa azon'i Almà tamin'ny fitondrana fanahy tao amin'i Kristy. Azonao atao ny manisy marika isak'izay ampiasan'i Almà ny teny hoe *fifaliana* ao anatin'ireo andininy ireo.

Fitsipika iray ampianarina ao amin'ny Almà 29 ny hoe: **Hiaina fifaliana isika rehefa manampy ny hafa hibebaka sy hanatona an'i Kristy.** Inona ireo zavatra

niainanao ka nanampy anao hahatsapa fifaliana tamin'ny fanampiana ny hafa hanatona an'i Kristy?

Saintsaino vetivety ireo fomba izay mety anampianao ny tsirairay amin'ireto andian'olona manaraka ireto mba hampisy ny fiovana ilaina eo amin'ny fiainan'izy ireo sy hanatona an'i Jesoa Kristy: (a) ireo namanao, (b) ireo olona ao amin'ny fianakavianao, ary (d) ireo izay tsy tena mbola fantatrao tsara. Katsaho ny fitarihan'ny Fanahy eo am-pitadiavanao fahafahana hitondra ny hafa ho any amin'i Jesoa Kristy.

**4.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 25–29 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 18: ANDRO 2

# Almà 30

## Fampidirana

Nahazo toerana nanerana ny tanin'i Zarahemlà ny fandriampahalemana taorian'ny ady lehibe iray natao tamin'ny Lamanita. Teo anivon'ity fotoan'ny fandriampahalemana ity dia nisy lehilahy iray nantsoina hoe Kôrihôra izay nanomboka nitory fa tsy hisy izany Kristy izany. Nitarika ireo izay nino azy hanota ireo fampianaran-disony. Niteny nanohitra ny mpitarika ny fiangonana izy, ary nilaza fa nampianatra ny "fomba adaladalan'ny razana" izy ireo (Almà 30:27). Nentina teo anatrehan'i Almà i Kôrihôra, i Almà izay nampianatra azy fa mijoro ho vavolombelon'i Kristy avokoa ny zava-drehetra. Nibaboka i Kôrihôra tamin'ny farany fa ny devoly no nitarika azy hanao ireo zavatra ireo.

### Almà 30:1–29

*Namingavinga ny fotopampianaran'i Kristy i Kôrihôra, ilay antiKristy.*

Alaivo sary an-tsaina hoe manomana sakafo ho anao ny olona iray. Toa tsara jerena sady manitra ilay izy, kanefa narary mafy ianao rehefa nihinana izany. Eritrereto vetivety ny mety hampitovy ny fampianaran-diso amin'ny hoe tolorana sakafo izay toa matsiro kanefa misy poizina miafina.

Nandalina momba an'ireo antiKristy, i Serema (jereo ny Jakôba 7) sy i Nehôra (jereo ny Almà 1) ianao teo aloha. Tadidio fa anisan'ny famaritana ny *antiKristy* ny hoe "olona na zavatra iray izay manova ny drafitry ny famonjena marin'ny filazantsara sy manohitra mivantana na ankolaka an'i Kristy" (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "AntiKristy," scriptures.lds.org). Hianatra momba ny lehilahy iray hafa ianao anio, izay fahavalon'i Kristy ary namitaka ny hafa ny fampianaran-disony ka nitarika azy ireo hanota. Betsaka eto amin'izao tontolo izao no mampiasa hevitra mitovy amin'ny an'i Kôrihôra manohitra ireo izay naneho finoana an'Andriamanitra.

Nanomboka nitory teo anivon'ny Nefita i Kôrihôra. Vakio ny Almà 30:6, 12, ary mitadiava andianteny izay milaza fa antiKristy i Kôrihôra.

Vakio ny Almà 30:12–18, ary ampifandraiso amin'ny hevitra fonosiny ireo fampianaran-dison'i Kôrihôra.

| Fampianaran-dison'i Kôrihôra, izay Anti-Kristy Iray | Ny Mety ho Fanazavana sy Hevitra Fonosin'ireo Fampianaran-diso. |
|---|---|
| ___ 1. Almà 30:13–14 | A. Tsy tokony hino an'i Jesoa Kristy na ny filazantsarany ianao raha tsy manana porofo azo tsapain-tanana ny amin'ireo fahamarinana ara-pivavahana. Tsy misy izany fanambarana ho an'ny tena manokana avy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izany. |
| ___ 2. Almà 30:15 | B. Tsy misy izany fahotana izany. Tsy misy fitsipika ho an'izao tontolo izao mikasika ny tsara sy ny ratsy. |
| ___ 3. Almà 30:16 | D. Miroborobo amin'ny alalan'ny herin'ny tenany manokana ny olona. Tsy misy ilàna an'Andriamanitra amin'ny raharahan'ny olombelona. |
| ___ 4. Almà 30:17 ("ny olona tsirairay dia nandia . . .") | E. Tsy marina ny tenin'ny mpaminany sy ny soratra masina, ka noho izany dia tsy tokony hino ny faminaniany ianao. |
| ___ 5. Almà 30:17 ("na inona na inona nataon'ny olona . . .") | F. Tsy misy izany famelan-keloka izany. Tsy misy ilàna ny fikatsahana fanampiana amin'ny alalan'ny Sorompanavotana satria tsy misy izany Sorompanavotana izany. |

| Fampianaran-dison'i Kôrihôra, izay Anti-Kristy Iray | Ny Mety ho Fanazavana sy Hevitra Fonosin'ireo Fampianaran-diso. |
|---|---|
| ___ 6. Almà 30:18 | G. Tsy misy fiainana aorian'ny fahafatesana, noho izany dia tsy ilaina ny miahiahy momba ny fitsarana aorian'ity fiainana ity. |

(Hita any amin'ny faran'ity lesona ity ny valiny amin'ity asa fampifandraisana ity.)

Mampianatra ny fitsipika toy izao ny Almà 30:18: **Mampiasa fotopampianarana diso i Satana hamporisihana antsika hanota.**

Nampianatra ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manao hoe:



"Tsy voafehin'ny fihetsehampo ara-boajanahary tanteraka ny fitondrantenantsika. Miantomboka amin'ny finoana ihany koa ny fitondrantena.

"Teraka avy amin'ny filôzôfia, na fotopampianarana ny finoana. Mety ho ara-panahy na laika ny fotopampianarana, mahasoa na manimba, marina na diso. . . .

"Manova ny fihetsika sy ny fitondrantena ny fotopampianarana marina, sy takatra tsara" ("Little Children," *Ensign,* nôv. 1986, 17).

**1.** Misafidiana iray na roa amin'ireo fampianaran-dison'i Kôrihôra izay voatanisa ao amin'ilay tabilao misy ny asa fampifandraisana. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe inona avy ireo fotopampianarana marina ary lazao ny fomba hitondran'ny fahalalana ny fahamarinana fiantraikany eo amin'ny fihetsikao sy ny fitondrantenanao.

Nandeha tany amin'ny tanin'i Jersôna hitory tamin'ny vahoakan'i Amôna i Kôrihôra taorian'ny fahombiazany tany amin'ny tanin'i Zarahemlà. Vakio ny Almà 30:19–20, ary fantaro raha nanaiky ny fampianaran-disony izy ireo.

"Hendry kokoa noho ny maro tamin'ny Nefita" ny vahoakan'i Amôna ary "nataon['izy ireo] izay nitondrany azy hivoaka ny tany" (Almà 30:20–21). Avy amin'ny zavatra nianaranao momba ny vahoakan'i Amôna, nahoana araka ny eritreritrao no tsy nino ny fampianaran-dison'i Kôrihôra izy ireo?

Mitantara ny fomba nandehanan'i Kôrihôra tany amin'ny tanin'i Gideôna taorian'izay ny Almà 30:21–29, ary "tao dia tsy nahazo fahombiazana firy izy" (Almà 30:21). Hita ao amin'ny Almà 30:24, 27 ny sasany amin'ireo lohahevitra naroson'i Kôrihôra manohitra ny Fiangonana sy ny fampianarany, roa amin'izany ny hoe: (1) babo ireo izay mino an'Andriamanitra ary (2) manaisotra ny fahafahana ny fivavahana. Mbola ampiasain'ireo mpanohitra fivavahana amin'izao fotoana izao ireny lohahevitra ireny.

Nampianatra ny Filoha Henry B. Eyring avy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany fa manome fahafahana antsika ny finoana an'Andriamanitra: "Nandroso lohahevitra nandresen-dahatra i Kôrihôra, tahaka ny nandrosoan'ireo lehilahy sy vehivavy lohahevitra diso nandresen-dahatra hatrany am-piandohan'ny fotoana, fa ny fihainoana ny torohevitra avy amin'ireo mpanompon'Andriamanitra dia fanariana ny zo nomen'Andriamanitra hahaleo tena. Saingy diso ilay lohahevitra fandresen-dahatra satria tsy maneho ny zava-misy marina izany. Tsy misafidy ny hahaleo tena amin'ny fitaomana avy any ivelany isika rehefa mandà ny torohevitra avy amin'Andriamanitra. Misafidy fitaomana hafa isika. Mandà ny fiarovan'ny Ray any An-danitra izay tia tanteraka sy manana ny hery rehetra ary manana ny fahalalana rehetra isika, ary ny tanjony dia ny hanome antsika fiainana mandrakizay, tahaka ny an'ny Zanaka Malalany, sy hanome antsika izay ananany rehetra ary ny hitondra antsika hody ao anatin'ny fianakaviana ho any amin'ny sandrim-pitiavany. Rehefa mandà ny toroheviny isika dia misafidy fitaoman'ny hery hafa, izay ny haha-fadiranovana antsika no tanjony ary fankahalana no hery mamporisika azy. Manana fahafahana misafidy ny tsara sy ny ratsy isika ho toy ny fanomezana avy amin'Andriamanitra. "Tsy ny zo hisafidy ny hanana fahafahana amin'ny fitaomana izany fa ny zo nomen'Andriamanitra ampanaiky ny tenantsika ho eo ambanin'izay fidiantsika amin'ireny hery ireny ("Finding Safety in Counsel," *Ensign,* mey 1997, 25).

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay asainao ataon'ny olona hiarovany ny tenany amin'ny finoana fotopampianarana diso toa ireo nampianarin'i Kôrihôra.

## Almà 30:30–60

*Nangataka famantarana tamin'i Almà i Kôrihôra ka nanjary moana tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra.*

Nentina teo anatrehan'i Almà i Kôrihôra tamin'ny farany. Vakio ny Almà 30:30–31, ary tadiavo ireo fiampangana nataon'i Kôrihôra nanohitra an'i Almà sy ireo mpitarika hafa tao amin'ny Fiangonana. Ny "famosibosehana ny asan'ny vahoaka" dia midika hoe nitombo harena noho ny fanompoany tao ampiangonana i Almà sy ireo hafa. Eritrereto ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Avy amin'ny zavatra niainanao niaraka tamin'ireo mpitarika anao ao amin'ny Fiangonana, nahoana no diso ireo fiampangana ireo?

- Araka ny eritreritrao, toy ny ahoana no mety ho fihetsikao ho setrin'ireo fiampangan'i Kôrihôra raha toa ka i Almà ianao?

Vakio ny Almà 30:32–35, ary fantaro ny fihetsika nasehon'i Almà an'i Kôrihôra. Mieritrereta momba ny fahitanao ny fahamarinan'ny fihetsik'i Almà eo amin'ny fiainan'ireo izay mitarika ny paroasy na ny sampana misy anao na mpikambana hafa izay ankamamianao ao amin'ny Fiangonana.

Raha azo atao dia asao ny namana na mpikambana iray ao amin'ny fianakavianao hamaky ny Almà 30:37–45 miaraka aminao. Mamaky ny tenin'i Almà ny iray aminareo, ary mamaky ny tenin'i Kôrihôra ny iray hafa. Rehefa mamaky miaraka ianareo dia tadiavo izay zavatra lazain'i Almà fa porofon'ny fisian'Andriamanitra. (Raha toa ka tsy misy olona afaka miara-mamaky aminao dia alaivo sary an-tsaina ny fifampiresahana eo amin'ireo lehilahy roa eo am-pamakianao.)

**3.** Fenoy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity asa ampanaovina manaraka ity:

**a.** Soraty hoe iza amin'ireo porofo notanisain'i Almà ireo no vavolombelona manan-danja indrindra ho anao mikasika ny fisian'Andriamanitra ary nahoana izany no vavolombelona matanjaka ny amin'ny fisiany.

**b.** Manorata porofo hafa telo farafahakeliny hitanao teo amin'ny fiainanao izay "maneho fa misy Andriamanitra" (Almà 30:44), ary hazavao fohifohy ny fomba nanatanjahan'ny tsirairay amin'izany ny finoanao an'Andriamanitra.

Fotopampianarana iray hita ao amin'ireo andininy nianaranao ny hoe: **Mijoro ho vavolombelon'Andriamanitra ny amin'ny maha-Mpahary Lehibe indrindra ny zavatra rehetra.** Saintsaino ny zavamitranga amin'ny finoanao rehefa misafidy ny hitady sy hahatsiaro ireo vavolombelona sy fijoroana ho vavolombelona ireo ianao.

Jereo ny zavatra nataon'i Almà rehefa nifampiresaka tamin'i Kôrihôra izy: nanitsy ireo fampianaran-diso izy (jereo ny Almà 30:32–35), nijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinana izy (jereo ny Almà 30:37–39), navadiny hanohitra an'i Kôrihôra indray ireo porofo maro be (jereo ny Almà 30:40–42), ary nanome porofo ny amin'ny fisian'Andriamanitra izy (jereo ny Almà 30:44). Inona no azonao ianarana avy amin'ny ohatr'i Almà mikasika ny fomba ifampiresahana amin'ireo izay miady hevitra manohitra ny fahamarinana?



Indraindray dia ny fizarana ny fijoroantsika ho vavolombelon'ny fahamarinana no hany fiarovana ananantsika hanoherana ireo izay manafika antsika. Tsy misy mahamenatra ny amin'ny fampiasana ity fomba ity—nampiasa ity fomba ity tamin'i Kôrihôra i Almà, izay mpaminanin'Andriamanitra. Araka ny nazavain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manao hoe: "Malaza amin'ny mpamaky maoderina ny hevitra naroson'i Kôrihôra handresen-dahatra, kanefa nampiasa fitaovam-piadiana tsy mifidy fotoana sy tsy azo lavina i Almà ho setrin'izany—ny herin'ny fijoroan'ny tena manokana ho vavolombelona" (*Christ and the New Covenant* [1997], 121).

Na dia teo aza ireo porofo maro, na famantarana, izay nozarain'i Almà tamin'i Kôrihôra mba hanaporofoana ny fisian'Andriamanitra, dia nangataka famantarana iray hafa i Kôrihôra ary nozoin'ny hamoanana izy (izay midika fa tsy afaka niteny izy, jereo ny Almà 30:45–50). Vakio ny Almà 30:51–53, mba hitadiavana ny antony nilazan'i Kôrihôra fa nampianarany izay nataony.

Rehefa tsy afaka nampianatra fotopampianarana diso intsony i Kôrihôra dia nibaboka izy fa nampianatra ny hevi-disony "satria ireny dia nahafinaritra ny sain'ny nofo" (Almà 30:53). Midika hoe fifantohana amin'ny fahafinaretan'izao tontolo izao na fanomezana fahafahampo ny fitsiriritan'ny vatana ny hoe manana "sain'ny nofo." Nihevitra ireo izay nino ny fampianaran'i Kôrihôra fa afaka milona ao anatin'ireo fahafinaretan'ny nofo sy ny zavatra ara-materialy izy ireo ary tsy hisy vokany izany. Nitondra tamin'ny fiainana feno fahotana ireo hevitra ireo (jereo ny Almà 30:18).

Milaza ny Almà 30:54–59 fa noroahina i Kôrihôra, nandeha isan-tokantrano nangataka sakafo izy ary voahosihosy ambara-pahafatiny mihitsy. Vakio ny Almà 30:60, ary mitadiava fahamarinana manan-danja iray momba izay nitranga tamin'ireo izay nisafidy ny hanaraka tamin'i Satana taty aoriana. Asio marika ao amin'ny soratra masinao ity fehezanteny manaraka ity: **"Tsy hanohana ny zanany [ireo mpanara-dia azy] i Satana amin'ny andro farany."**(Ao anatin'ity andininy ity dia midika hoe mpanara-dia ny hoe *zanaka*.)



**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no nisehoan'ilay fahamarinana nasianao marika tao amin'ny Almà 30:60 teo amin'ny fiainan'i Kôrihôra?

**b.** Ampitahao amin'ny Almà 30:60 ny Almà 36:3. Inona no porofo hitanao teo amin'ny fiainanao na teo amin'ny fiainan'ny hafa izay maneho fa hanohy hanampy ireo izay miezaka manaraka ny didiny Andriamanitra?

Avereno jerena ireo fitsipika sy fotopampianarana nianaranao androany. Mieritrereta fomba afaka hisorohanao ny ho voafitaky ny fampianaran-diso, toa ireo an'i Kôrihôra.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 30 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

Valin'ilay asa fampifandraisana: (1) E, (2) A, (3) F, (4) D, (5) B, (6) G.

## FIZARANA 18: ANDRO 3

# Almà 31

## Fampidirana

Naheno i Almà fa niala tamin'ny fahamarinan'ny filazantsara ny andiana mpiendaka tamin'ny Nefita iray izay nantsoina hoe Zôramita. Rehefa nalahelo noho ireo tatitra momba ny faharatsiana ireo i Almà dia naka olona hiaraka aminy hampianatra ny tenin'Andriamanitra tamin'ny Zôramita izy. Nahita ny fotoam-pivavahana tao anatin'ny fihemorana sy ny eboebon'ny Zôramita izy ireo. Nivavaka mafy i Almà mba hahatsapa fiononana sy fahombiazana izy sy ireo namany amin'ny fitondrana ireo Zôramita hiverina amin'ny Tompo.

### Almà 31:1–7

*Nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ireo Zôramita nihemotra i Almà sy ireo namany.*

Alaivo sary an-tsaina hoe manana namana na olona ao amin'ny fianakavianao ianao, izay manomboka miala amin'ny filazantsara na tsy miaina ny filazantsara araka ny tokony ho izy. Eritrereto ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no mety ho ataonao hanampiana ity olona ity hiverina any am-piangonana sy haniry ny hitandrina ny didy?
- Any amin'iza no hitadiavanao fanampiana amin'ny famahana ny olana na tsy fahatakaran-javatra ananan'ity olona ity?

Mampisongadina ny fomba niezahan'i Almà sy ireo hafa hanampy andian'olona iray izay niala tamin'ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara ity lesona ity. Vakio ny Almà 31:1–2. Toy ny ahoana ny fahatsapana nananan'i Almà rehefa nahare mikasika ny zavatra nataon'ny Zôramita izy? ______________________________

______________________________

Vakio ny Almà 31:3–4, ary fantaro ny antony nanombohan'ny Nefita natahotra noho ny fihetsiky ny Zôramita.

Eo am-pieritreretana ny zavatra nianaranao nandritra ny fandalinanao ny Bokin'i Môrmôna, inona araka ny eritreritrao no hanampy ny Zôramita hamporisika azy hibebaka sy hiverina amin'ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara? Vakio ny Almà 31:5, ary fantaro ny zavatra fantatr'i Almà fa ho fomba mahomby indrindra hiantsoana indray ireo Zôramita.

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony hieritreretanao fa mahery kokoa amin'ny fanampiana ny olona mba hiova ny tenin'Andriamanitra raha mitaha amin'ny fampiasana herin-tsandry na zavatra hafa.

Saintsaino ity fanambarana avy amin'ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, momba ny herin'ny tenin'Andriamanitra:

"Ny fotopampianarana marina rehefa takatra dia manova ny toetra sy ny fitondrantena.



"Hanatsara haingana kokoa ny fitondrantena, mihoatra noho ny fandalinana ny fitondrantena entina hanatsara ny fitondrantena, ny fandalinana ny fotopampianaran'ny filazantsara." Afaka mitondra amin'ny fitondrantena tsy mendrika ny fisaintsainana fitondrantena tsy mendrika. Izay no antony anantitranterantsika mafy ny fandalinana ireo fotopampianaran'ny filazantsara" ("Little Children," *Ensign,* nôv. 1986, 17).

Farano ity fitsipika manaraka ity, araka izay voalaza ao amin'ny Almà 31:5 sy ny fanambaran'ny Filoha Packer: **Rehefa mandalina ny tenin'Andriamanitra aho dia hitarika ahy** ______________________________

______________________________.

Ao anatin'ireo fomba maro hafa azo anaovana izany dia azonao faranana amin'izao fomba izao io fitsipika etsy ambony io: Rehefa mandalina ny

tenin'Andriamanitra aho dia hitarika ahy hanao ny tsara izany.

**2.** Saintsaino ireo zavatra niainanao avy amin'ny soratra masina sy avy amin'ny fihainoana ny tenin'Andriamanitra. Manorata momba ny fotoana iray izay nitarihan'ny tenin'Andriamanitra anao, ny fianakavianao, na ny namanao hanao ny tsara.

## Almà 31:8–23

*Mivavaka sy mitsaoka amin'ny fomba diso ny Zôramita*

Nandeha nitory ny tenin' Andriamanitra tany amin'ny Zôramita i Almà sy ny olona fito hafa. Rehefa tonga tao izy ireo dia nahita ny fitsaohan'ny Zôramita an'Andriamanitra tamin'ny fomba nahagaga tokoa. Inona no tonga ao an-tsainao rehefa mieritreritra ny teny hoe *mitsaoka* ianao?

Milaza ny fomba hanehoana fitiavana, fanajana ary ny fahafoizantenantsika ho an'Andriamanitra ny fitsaohana. Ahitana ny asa toy vavaka, fifadian-kanina, sy fanatrehana fivoriam-piangonana matetika ny fitsaohana. Kanefa tafiditra ao anatin'ny fitsaohana marina foana ny fo. Vakio ny Almà 31:8–11, ary fantaro sy asio marika ireo teny na fehezanteny izay mamaritra ny fitsaohan'ny Zôramita.

Mety hanampy ny mahalala fa ireo "fombafomban'ny fiangonana" (Alma 31:10) dia mifandray amin'ny "ôrdônansy," toy ireo sorona notakiana tamin'izany fotoana izany tao anatin'ny lalàn'i Mosesy na ny fanasan'ny Tompo amin'izao androntsika izao. Azonao atao ny manisy marika ao amin'ny Almà 31:10 ny iray amin'ireto antony tokony hitsaohantsika sy hivavahantsika isan'andro ireto.



Soraty eo amin'ny sisin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Almà 31:9–11 ity fitsipika ity: **Manamafy antsika hanohitra ny fakam-panahy ny ezaka ataontsika isan'andro amin'ny fivavahana sy fitandremana ny didy.**

Nanamafy ny maha zava-dehibe ny fitsaohana ataon'ny tena manokana isan'andro ho fiarovana amin'ny fakam-panahy sy ny fahadisoana ny Loholona Rulon G. Craven, fony izy nanompo tamin'ny naha mpikambana azy tao amin'ny Fitopololahy manao hoe: "Nandritra ireo taona lasa dia nangatahan'ireo Apôstôly aho indraindray hihaona amin'ireo mpikamban'ny fiangonana efa nibebaka sy hanao dinidinika amin'izy ireo momba ny famerenana amin'ny laoniny ireo fitahian'ny tempoly ho azy ireo. Traikefa nampihetsi-po hatrany ny mamerina amin'ny laoniny ireny fitahiana ireny amin'ireo olona mahafinaritra izay nibebaka ireo. Nanontany ny sasany tamin'izy ireo aho hoe: 'Inona ny zava-nitranga teo amin'ny fiainanao ka nahatonga anao ho tsy mpikamban'ny Fiangonana nandritra ny fotoana voafetra?' Namaly tamin'ny maso vontondranomaso izy ireo hoe: 'Tsy nankatò ny fitsipika fototry ny filazantsara aho: vavaka, fanatrehana tsy tapaka ny fiangonana, fanompoana ao am-piangonana ary fandalinana ny filazantsara. Noho izany dia nanaiky ho azon'ny fakam-panahy aho ary tsy nahatsapa intsony ny fitarihan'ny Fanahy Masina' " ("Temptation," *Ensign,* mey 1996, 76).

Amin'ny fomba ahoana no hanamafisan'ny teny nambaran'ny Loholona Craven ny fahamarinana hita ao amin'ny Almà 31:9–11?

Vakio ny Almà 31:12–23, ary alaivo sary an-tsaina hoe toy ny ahoana izany mandre ny Zôramita mivavaka avy eny amin'ny tilikambony izany. Eritrereto ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no olana mety nananananao raha maheno olona mivavaka toa izany ianao?
- Inona avy ireo fotopampianarana diso notanisain'ny Zôramita tao amin'ny vavak'izy ireo?
- Inona ny fihetsik'izy ireo tamin'ny olon-kafa? (Jereo hoe impiry no miseho ao amin'ny vavaky ny Zôramita ny teny hoe *izahay*.)

"Niverina tany amin'ny fonenany ka tsy niresaka na oviana na oviana indray ny momba an'Andriamaniny ambara-piarahany mivory indray eo amin'ny fijoroana masina" izy ireo taorian'ny namerenan'ny tsirairay izany vavaka izany ihany (Almà 31:23).

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona avy ireo loza ateraky ny fitsaohana, fivavahana, sy firesahana an'Andriamanitra indray mandeha isan-kerinandro ihany?

**b.** Inona avy ireo fomba azontsika hitsaohana an'Andriamanitra mandritra ny herinandro?

Manan-danja ihany koa ny fihetsitsika rehefa mitsaoka. Vakio ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity momba ny fiantraikan'ny fihetsitsika amin'ny fitsaohantsika:

"Matetika dia tafiditra ao anatin'ny fitsaohana ny asa, kanefa mitaky fomba fisainana miavaka hatrany ny fitsaohana marina.



"Mitaona ireo fahatsapana fankatoavana lalina, fiderana sy fitalanjonana ny fihetsika amin'ny fitsaohana. Manambatra ny fitiavana sy ny fanajana amin'ny toetry ny fahafoizantena izay mitondra ny fanahintsika akaikin'Andriamanitra bebe kokoa ny fitsaohana" (*Pure in Heart* [1988], 125).

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay heverinao fa hatsaran'ny fomba fitsaohanao, anisan'izany ny fihetsikao, amin'ireto sokajy manaraka ireto: (a) vavaka manokana isan'andro, (b) fandalinana soratra masina manokana isan'andro, (d) fankatoavana ny didy, ary (e) fanatrehana ireo fivoriam-piangonana sy fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro. Mametraha tanjona hanatsarana ny fitsaohanao manokana isan'andro. Azonao atao koa ny milaza amin'ny ray aman-dreny, mpitarika, na namana momba ny tanjonao ianao mba hahafahany mankahery anao mandritra ireo herinandro vitsivitsy ho avy.

## Almà 31:24–38

### *Mivavaka mangataka tanjaka sy fahombiazana ho an'ireo misiônera amin'ny fitondrana ny Zôramita hiverina amin'ny Tompo i Almà*

Nivavaka tamin'ny Tompo i Almà taorian'ny nahitany ny fitsaohana tao anatin'ny fihemorana nataon'ireo Zôramita. Vakio ny Almà 31:30–35, ary tadiavo ny naha samy hafa ny vavak'i Almà tamin'ny vavaky ny Zôramita.

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nianaranao momba ny fomba fivavahana avy amin'ny fampitahana ny vavak'i Almà amin'ny an'ny Zôramita. Raketo ihany koa ny fomba ahafahan'ny ohatra nasehon'i Almà tamin'ny vavaka marina manana fiantraikany amin'ny vavakao manokana.

Vakio ny Almà 31:36–38, ary tadiavo ireo fitahiana izay tonga tamin'i Almà sy ny mpiara-mitory aminy rehefa nandray ny fitahian'ny fisoronana sy nitory ny filazantsara izy ireo. Mariho fa ny andianteny hoe "nametrahany tanana ireo rehetra izay niaraka taminy" (Almà 31:36) dia entina ilazana ny fametrahan-tanana.

Mampianatra ity fitsipika ity ny traikefan'i Almà sy ireo mpiara-mitory aminy: **Handray fanampiana avy any an-danitra ao anatin'ny fizahan-toetra antsika isika rehefa mivavaka sy miasa amim-pinoana.**



Taorian'ny vavaka nataon'i Almà dia nampiseho ny finoany i Almà sy ny mpiara-mitory aminy tamin'ny fandehanana niasa sy ny fahatokiana ny Tompo hanome azy ireo eo am-panompoana Azy sy ny zanany. Tadiavo ireo fomba azonao anarahana ny ohatr'i Almà tamin'ny fivavahana amim-pinoana.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 31 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 18: ANDRO 4

# Almà 32

## Fampidirana

Taorian'ny nahitany ny fitsaohan'ny Zôramita tao anatin'ny toetran'ny fihemorana dia nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'izy ireo i Almà sy ireo mpiara-mitory aminy. Nanomboka niaina fahombiazana teo anivon'ny vahoaka izay nahantra sy noroahina hiala ny sinagogan'ny Zôramita izy ireo. Rehefa nampiasa fifanahafana tamin'ny fambolena sy fikolokoloana voa iray i Almà dia nampianatra azy ireo izay tokony hataon'izy ireo ahazoana sy hikolokoloana ny finoana ny tenin'Andriamanitra. Nanasa azy ireo (sy antsika) mba hanao fanandramana amin'ny teny sy hikolokolo ny finoana sy fijoroana ho vavolombelon'izy ireo isan'andro i Almà.

## Almà 32:1–16

*Mampianatra ireo Zôramita izay nanetry ny tenan'izy ireo noho ny fahantrany i Almà*

**1.** Alaivo sary an-tsaina fa misy namanao iray manontany hoe ahoana no fomba ahafantaran'ny olona iray raha marina ny Fiangonana. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valinteninao mikasika ny fomba ahazoana fijoroana ho vavolombelona. Aorian'izay dia soraty eo amin'ny tsipika manaraka ao amin'ny diarinao ny *Fomba ahazoana sy ampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona*. Rehefa mandalina ny Almà 32 ianao dia manaova lisitra eo ambanin'ity lohateny ho an'ireo hevi-baovao hitanao momba ny fahazoana sy fampatanjahana fijoroana ho vavolombelona. Hanohy hanampy an'io lisitra io mandritra ny lesona ianao; noho izany dia tsara raha mamela toerana eo anelanelan'ity asa fandalinana soratra masina voalohany ity sy ny asa ampanaovina 2.

Namaky momba ny fomba nahitan'i Almà sy ireo mpiara-dia taminy ny fitsaohana dison'ny Zôramita, izay andiana Nefita niala tamin'ny fahamarinana, ianao tao amin'ny lesona teo aloha (Almà 31). Taorian'ny vavaka tamim-pinoana nataon'i Almà dia nanomboka nitory ny filazantsara teo anivon'izany vahoaka izany izy sy ireo mpiara-mitory taminy. Vakio ny Almà 32:1–3, ary tadiavo hoe iza amin'ireo andiana Zôramita no naneho fahalianana tamin'ny hafatr'ireo misiônera.

Vakio ny Almà 32:4–6, ary fantaro ny naha-fitahiana ny vokatry ny fahantran'izy ireo.

Fitsipika iray aseho ato amin'ity andininy ity ny hoe: **Manomana antsika hahazo ny tenin'Andriamanitra ny fanetrentena.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina eo ambanin'ny lohateny hoe "Fomba ahazoana sy ampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona" ny hoe *manetry tena*.

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony hieritreretanao fa zava-dehibe ny fandraisana sy fampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona.

Vakio ny Almà 32:13–16, mba itadiavana ireo fomba samy hafa hahatonga ny olona hanetry tena. Avy amin'ny zavatra nampianarin'i Almà, tianao kokoa ve ny misafidy ny hanetry tena sa ny ho voatery hanetry tena? Nahoana?

Eritrereto izay heverinao fa dikan'ny hoe manetry ny tenanao "noho ny teny" (Almà 32:14). Ahoana no mety ampiharana izany amin'ny fihetsikao amin'ireo zavatra ataο ao am-piangonana, amin'ny seminera, na takarivan'ny mpianakavy?

Misafidiana ny hanetry tena amin'ny alalan'ny fampiharana izay bitsika rehetra azonao mikasika ny fanetrentenanao.

## Almà 32:17–43

*Mampianatra ny Zôramita ny fomba hampitomboana ny finoan'izy ireo i Almà*

Teo am-pampianarana ny Zôramita i Almà dia nahita fiheveran-diso izay nananan'ny olona maro momba ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona. Vakio ny Almà 32:17–18, ary fantaro izany fiheveran-diso izany.

Saintsaino vetivety ny mety hahatonga ny fitadiavana famantarana ho sakana amin'ny fanorenana finoana sy fijoroana ho vavolombelona. (Azonao atao ny manoratra hoe *F&F 63:9–11* eo amin'ny sisin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Almà 32:17–18 ary vakio izany hahazoana hevi-baovao bebe kokoa.)

Vakio ny Almà 32:21, izay soratra masina fehezina iray, ary tadiavo ny famaritan'i Almà ny atao hoe finoana sy ny tsy finoana. (Azonao asiana marika amin'ny fomba miavaka izany mba hahitanao ny toerana misy izany amin'ny manaraka.)

Vakio ny Almà 32:22. Saintsaino izay azonao atao hampitomboana finoana sy fijoroana ho vavolombelona lehibe kokoa.

Ampio hoe *tsarovy ny famindrampon'Andriamanitra* sy hoe *misafidiana ny hino* ao amin'ny lisitr'ireo "Fomba ahazoana sy ampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona" ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina.

Nampianatra ny Zôramita ny fomba ahafahan'izy ireo manomboka mino ny tenin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanaovana fanandramana i Almà. Mieritreretа andrana notahirihinao nandritra ny kilasy fianarana siansa na kilasy hafa sy ireo dingana narahinao. Fantaro fa mitaky asa avy amin'ny mpikaroka izany andrana izany. Toy izany koa, ny dingana ahazoana na ampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona dia mitaky asa avy aminao. Vakio ny Almà 32:27, ary tadiavo ny fanandramana nanasan'i Almà ny Zôramita mba ho ataon'izy ireo.

Mety hanampy ny fahafantarana fa ny teny hoe *faharanitan'ny saina* dia midika hoe hery na fahafahana nomena antsika ahafantarana sy ahatakarana ny tontolo manodidina antsika. Hita ao anatin'izany ny zavatra toy ny fahafahantsika mandre, mahita, ary mikasika; eritreritra voalanjalanja; ary ny fahatsiarovana.

Ampio hoe *manao fanandramana (na miasa) amin'ny teny* ao amin'ny lisitr'ireo "Fomba ahazoana sy ampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona" ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina.

Rehefa mamaky ny Almà 32:28 ianao dia azonao atao ny manisy marika ao amin'ny soratra masinao ireo fehezanteny toy ny "hanomboka handrombona," "mampivelatra ny fanahiko," "manazava ny

fahazavan-tsaiko," ary "fy amiko." Nampianatra ny fomba hitomboan'ny finoantsika ny Loholona Bruce R. McConkie ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manao hoe:



"Mitombo finoana isika; mandeha tsikelikely isika avy amin'ny ambaratonga ambany kokoa mankany amin'ny ambaratonga ambony kokoa. Ampiantsika fahasoavana miampy fahasoavana izany ambara-pahatongantsika amin'ny toetra izay nanatanterahantsika ny finoantsika, araka izay lavitra indrindra azon'ny ankabeazan'ny olo-marina mety maty atao farafahakeliny, ary amin'izany isika dia eo amin'ny toerana hanohizana any amin'ny mandrakizay ny fitomboana mandrakizay. . . .

"Manaova asa hanatanterahana ireo fikasana natao ary rehefa nanao dingana iray ianao amin'ny fahazoana finoana dia hanome anao antoka ao amin'ny fanahinao izany fa afaka mandroso sy manao ny dingana manaraka ianao, ary hitombo tsikelikely ny herinao na ny hery mitaona ao aminao" (*Lord, Increase Our Faith,* Brigham Young University Speeches of the Year [31 ôkt. 1967], 9, 11).

**3.** Aorian'ny famakianao ny Almà 32:28 dia vitao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny roa na maromaro amin'ireto asa ampanaovina manaraka ireto:

**a.** Inona avy ireo asa tsy maintsy ataontsika na tsy voatery ataontsika rehetra mitarika ity fanandramana amin'ny teny ity isika? (Hita any amin'ny fiafaran'ny lesona ny lisitr'ireo valinteny mety ho azo.)

**b.** Inona araka ny hevitrao no dikan'ny hoe "manisy toerana . . . mba hahazoana mamboly [ny tenin'Andriamanitra] ao amponareo"?

**d.** Oviana no nahatsapanao fa nampivelatra ny fanahinao sy nanazava ny fahazavan-tsainao ny tenin'Andriamanitra? Farito amin'ny teninao manokana hoe toy ny ahoana ny fahatsapana izany.

Vakio ny Almà 32:29–34, ary asio marika ireo teny na fehezanteny izay mamaritra ny zavatra hianaran'ny olona iray momba ny tenin'Andriamanitra eo ampanaovany ilay fanandramana. Midika hoe mamahana, mihazona, na miraharaha ny teny hoe *mikolokolo*.



Almà 32:28




Almà 32:30



Almà 32:30–34

Eritrereto vetivety ny mampitovy ny dingana fanampiana ny hazo iray hitombo amin'ny fanampiana ny fijoroana ho vavolombelona hitombo. Diniho ihany koa ny antony tsy maha-tanteraka ny finoana sy fijoroan'ny olona iray ho vavolombelona aorian'ny fanaovany fanandramana amin'ny tenin'Andriamanitra. Inona ihany koa araka ny eritreritrao no ilaina atao mba hananana fijoroana ho vavolombelona maharitra ny amin'ny filazantsara?

Vakio ny Almà 32:35–40, mba hitadiavana amimpitandremana ny zavatra nolazain'i Almà fa tokony hataontsika hanatontosana ilay fanandramana. Saintsaino izay tokony hataonao amin'ilay hazo, na ny fijoroanao ho vavolombelona, mba hitombo. Inona no zavatra hitranga raha toa ka tsy vitanao ireo zavatra ireo?



Almà 32:37

Akombony ny soratra masinao, ary jereo hoe firy amin'ireto fanontaniana ireto no voavalinao:

- Inona no tokony hataontsika mba hitomboan'ny finoantsika ny tenin'Andriamanitra ho lasa hazo mamoa iray?
- Inona araka ny eritreritrao no asehon'ilay voa?
- Inona no mitranga rehefa tsy raharahiantsika ilay hazo na tsy vitantsika ny mikolokolo azy?
- Amin'ny fomba ahoana araka ny eritreritrao no itovizan'izany amin'ny zavatra mitranga rehefa tsy miraharaha na tsy mikolokolo fijoroana ho vavolombelona iray isika?


Raha ilaina dia sokafy ny soratra masinao ary avereno jerena ny Almà 32:35–40 hanampiana anao hamaly ireo fanontaniana ireo. Ampio hoe *mikolokolo amimpahazotoana* ao amin'ny lisitr'ireo "Fomba ahazoana sy ampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona" ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina.

Fintino ao anatin'ny fehezanteny iray ny zavatra nianaranao tao amin'ny Almà 32 mikasika ny zavatra takiana ahazoana sy ampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona iray, ary soraty ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Almà 32:37–43 ity fitsipika ity.

Mety nanoratra zavatra toy izao ianao:**Hitombo ny finoantsika sy ny fijoroantsika ho vavolombelona**

**momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany rehefa mikolokolo ny finoantsika ny tenin'Andriamanitra ao am-pontsika isika.**

Vakio ny Almà 32:41–43, mba hitadiavana ny fomba namaritan'i Almà ny voa izay tonga amin'ireo izay mikolokolo amim-pahatokiana ny fijoroany ho vavolombelona. Miresaka ny fahazotoana sy ny faharetana ny Almà 32:42. Nahoana araka ny eritreritrao no mila fahazotoana sy faharetana ilay hazo—na ny fijoroanao ho vavolombelona—mba hitomboan'izany?



Almà 32:41–42

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana ireto na izy roa:

**a.** Inona avy ireo vokatra hitanao teo amin'ny fiainanao rehefa nanaraka ilay fanandramana noresahan'i Almà ao amin'ny Almà 32 ianao?

**b.** Ahoana no fomba ampiharanao eo amin'ny fiainanao ilay fanandramana noresahan'i Almà ao amin'ny Almà 32?

## Soratra Masina Fehezina—Almà 32:21

**5.** Vakio indray ny Almà 32:21. Ezaho tadidiana ity andininy ity, ary ataovy tsianjery avy ao an-tsaina manoloana ny namana na olona ao amin'ny fianakavianao iray izany avy eo. Manorata fehezanteny vitsivitsy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay manazava ny zavatra ampianarin'ity andininy ity momba ny finoana.

Valinteny mety ho azo ho an'ny asa ampanaovina 3a: (a) manome toerana ho an'ny teny (na ny voa) voavoly ao am-ponao, (b) aza manary ilay voa amin'ny tsy finoanao, ary (d) fantaro ny fitombon'ilay voa.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 32 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 19: ANDRO 1

# Almà 33–35

## Fampidirana

Rehefa nampiasa ireo fampianarana hita ao amin'ny soratra masina i Almà dia nanampy Zôramita maro izy hahatakatra fa afaka mitsaoka an'Andriamanitra izy ireo na toy ny ahoana na toy ny ahoana toe-javamisy iainan'izy ireo. Namporisika azy ireo hitodika any amin'i Jesoa Kristy sy hino ny Sorompanavotany izy. Nanamafy ny fampianaran'i Almà i Amioleka ary nanambara ny fijoroany ho vavolombelona manokana ny amin'i Jesoa Kristy. Nanamafy i Amioleka fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy irery ihany no ahafahan'ny olombelona ho voavonjy. Nampanantena izy fa afaka mahazo ireo fitahian'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy rehetra ny tsirairay rehefa maneho finoana ho amin'ny fibebahana izy ireo. Nihaino ny fampitandreman'i Amioleka ny maro tamin'ny Zôramita, nibebaka, ary nikambana tamin'ny Nefita.

## Almà 33:1–10

*Mampianatra andiana Zôramita iray i Almà fa afaka mitsaoka an'Andriamanitra ivelan'ny sinagogany izy ireo*

Tsarovy fa, araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 32, dia nampianatra ny Zôramita i Almà momba ny filàna mamboly ny tenin'Andriamanitra ao am-pon'izy ireo sy maneho finoana ny tenin'Andriamanitra. Vakio ny Almà 33:1, ary fantaro ireo fanontaniana nananan'ny Zôramita momba ny zavatra nampianarin'i Almà azy ireo.

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba amaliana ny fanontanian'ny Zôramita mikasika ny fomba tokony hanombohan'izy ireo mampihatra ny finoan'izy ireo. Ary rehefa mandalina Almà 33–34 ianao avy eo dia ampitahao amin'ny valinteninao ny zavatra nampianarin'i Almà sy i Amioleka ny Zôramita.

Nanitsy fiheveran-diso iray momba ny fitsaohana, izay nisakana ny Zôramita tsy hampihatra tanteraka ny finoan'izy ireo i Almà rehefa nanomboka namaly ny fanontanian'ny Zôramita. Vakio ny Almà 33:2, ary fantaro io fiheveran-diso io. Tsarovy fa tsy namela ireo olona mahantra kokoa hiditra ny sinagogan'izy ireo mba hitsaoka ny Zôramita (jereo ny Almà 32:1–3). Araka ny voalaza ao amin'ny Almà 33:2, inona no nolazain'i Almà tamin'ny vahoaka fa tokony hataon'izy ireo ahitana valiny hanitsiana ity fiheveran-diso ity?

Namerina nilaza soratra masina nosoratan'ny mpaminany iray nantsoina hoe Zenôsa i Almà mba hanitsiana ny fiheveran-dison'ireo Zôramita momba ny fitsaohana

an'Andriamanitra. Nampianatra ny vahoakan'i Isiraely tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha i Zenôsa, kanefa voarakitra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ihany ny faminaniany. Vakio ny Almà 33:3, ary tadiavo ilay teny nampiasain'i Almà hamaritana ny fitsaohana.

Soraty ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Almà 33:3 na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fitsipika manaraka ity: **Afaka manohy mitsaoka an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka isika.**

Vakio ny Almà 33:4–11, ary asio marika tsirairay ireo toe-javatra niainana izay nivavahan'i Zenôsa. Inona no nataon'ny Tompo isaky ny fotoana nivavahan'i Zenôsa? Hanampiana anao hampihatra ireo andininy ireo amin'ny fiainanao dia manisia tsipika mampifandray ireo toe-javatra niainana izay nivavahan'i Zenôsa amin'ny toe-javatra niainana mitovy amin'izany amin'ny fiainanao. (Fidio ireo toe-java-misy izay mifandray indrindra amin'ny fiainanao. Tsy misy valinteny marina na diso amin'ity asa atao ity.)

| Toe-javatra niainan'i Zenôsa | Toe-javatra iainanao |
|---|---|
| Tany an-tany foana | Any am-piasana |
| Mahakasika ny fahavalony | Any am-piangonana |
| Any an-tsahany | Fiaraha-mivavaky ny mpianakavy |
| Any an-tranony | Rehefa tsy fantatrao izay tokony hatao na matahotra ianao |
| Ao amin'ny toera-miafiny | Rehefa mahatsiaro ho irery ianao |
| Ao amin'ny mpiara-mivavaka an'ny Tompo | Vavaka ataon'ny tena manokana |
| Rehefa voaroaka sy voatebaka izy | Amin'ny toe-javatra iainana sarotra rehetra |
| Tao amin'ny fahoriany rehetra | Rehefa manana olana amin'ny namana ianao |

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Amin'ny fomba ahoana no hitahian'ny fivavahana ny fiainanao mandritra ireo toe-javatra iainana rehetra ireo? Manorata tanjon'ny tena manokana iray mikasika ny fomba ahafahanao mivavaka matetika kokoa.

Asio marika ireo fehezanteny ao amin'ny Almà 33:4–5, 8–9 izay miresaka ny famindrampon'Andriamanitra, ary saintsaino ny fomba ahafahan'ny fivavahana matetika kokoa manampy anao hahatsapa ny famindrampo sy ny fitiavan'Andriamanitra. Aoka ianao hitady ny antony mampisy izany famindrampo izany rehefa manohy ny fandalinana ny Almà 33.

## Almà 33:11–23

*Mampianatra ny Zôramita hino an'i Jesoa Kristy i Almà*


Antony iray nahasahirana ny Zôramita tamin'ny famantarana ny fomba fitsaohana an'Andriamanitra ny hoe satria tsy fantany fa tokony ho amin'i Jesoa Kristy ny finoan'izy ireo. Tsy takatr'izy ireo na ninoany ny anjara asany ao amin'ny drafitry ny famonjena (jereo ny Almà 33:14). Vakio ny Almà 33:12–16, izay ahitana ny firesahan'i Almà ny fampianaran'i Zenôsa ary avy eo dia nampahafantatra ny tenin'i Zenôka, izay mpaminany iray hafa ao amin'ny Testamenta Taloha). Tadiavo ireo fitahiana nolazain'i Almà fa tonga amintsika noho i Jesoa Kristy. Azonao atao ny manisy marika ilay fehezanteny hoe "noho ny Zanakao" isaky ny miseho izany. Mianatra ity fahamarinana ity isika avy amin'ireto andininy ireto: **Mandray ny famindramponn'Andriamanitra isika, anisan'izany ny famelana ny fahotantsika, noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.** Saintsaino ireo famindrampo izay natolotry ny Ray any An-danitra ho anao, anisan'izany ny fahafahanao mibebaka sy ho voavela amin'ny fahotanao, noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

Ankoatra ny fampahatsiahivana ireo fampianaran'i Zenôsa sy Zenôka tamin'ny Zôramita dia nampahatsiahy azy ireo ny fotoana nampianaran'i Mosesy momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ihany koa i Almà. Fony tany an-tany foana i Mosesy sy ny zanak'i Isiraely dia nanaikitra ny vahoaka ny bibilava nisy poizina. Niteny tamin'i Mosesy mba hanamboatra bibilava varahina ny Tompo, hametaka izany eo ambony tehina, ary handidy ny Isiraelita izay voakaikitra mba hijery izany. "Fanehoana an-tsary" na tandindon'i Jesoa Kristy teo amin'ny hazo fijaliana ilay bibilava varahina (jereo ny Almà 33:19).



Vakio ny Almà 33:19–20, ary fantaro ny zava-nitranga tamin'ny Isiraelita izay nisafidy ny hijery ilay bibilava varahina rehefa voakaikitra izy ireo, sy ny zava-nitranga tamin'ireo izay nisafidy ny tsy hijery izany.

Saintsaino ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona no ampianarin'ny tantaran'ny Isiraelita sy ilay



bibilava varahina antsika momba ny zavatra tokony hataontsika mba ho sitrana ara-panahy? Inona no azonao atao hijerena ny Mpamonjy mba hahafahany manampy anao ara-panahy?

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona avy ireo fomba miavaka ahafahana mijery an'i Jesoa Kristy eo amin'ny fiainanao isan'andro?

Vakio ny Almà 33:22–23, ary asio marika ny zavatra tokony inoantsika mikasika an'i Jesoa Kristy mba hahafahantsika mampihatra ny finoana Azy.

## Almà 34:1–14

### *Mampianatra ny Zôramita momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy i Amioleka*

Nanolotra vavolombelona faharoa amin'ny fijoroan'i Almà ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy ny fijoroan'i Amioleka ho vavolombelona tamin'ny Zôramita, araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 34. Vakio ny ampahany amin'ny fijoroana ho vavolombelon'i Amioleka, izay hita ao amin'ny Almà 34:8–9, ary asio marika ny zavatra nampianarin'i Amioleka mikasika ny filàna ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Saintsaino ity fanontaniana ity: Ho toy ny ahoana ny fiainako raha toa ka tsy tonga sy nanatanteraka ny anjara asany manokana i Jesoa Kristy?

Vakio ny Almà 34:10–14, ary tadiavo ireo fehezanteny izay ahitana ny teny hoe *tsisy fetra* sy *mandrakizay.* Soraty ao amin'ny soratra masinao na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao fahamarinana manaraka izao: **Manolotra famonjena ho an'ny olombelona rehetra ny Sorompanavotana tsisy fetra sady mandrakizain'i Jesoa Kristy.**

Hanampiana antsika hahatakatra ny maha tsisy fetra sy mandrakizay ny Sorompanavotana dia nampianatra ny Eveka Richard C. Edgley tao amin'ny Fiadidian'ny Eveka Mpiahy hoe: "Amin'ny firesahana momba ny Sorompanavotan'i Kristy dia tiako ny famaritan'ny rakibolana (teny anglisy) ny hoe *tsisy fetra* sy *mandrakizay* satria mino aho fa manazava tanteraka ny tian'Andriamanitra lazaina izany. *Tsy misy fetra:* 'Tsy manam-piafarana.' Ary ny famaritana ny *mandrakizay:* dia 'Tsy misy fiandohana na fiafarana' (*The American Heritage Dictionary of the English Language,* edisiona faha-4. [2.000], "infinite," "eternal," 898, 611)" ("For Thy Good," *Ensign,* mey 2002, 66).

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Amin'ny fomba ahoana no maha-tsisy fetra sy mandrakizay ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?

**b.** Ahoana no hampitomboan'ny fahalalana fa tsisy fetra sy mandrakizay ny Sorompanavatona ny fankasitrahanao ny Mpamonjy? Ahoana no ampitomboan'izany ny finoanao Azy?

## Almà 34:15–41

### *Mampianatra ny fomba ahazoana ireo fitahian'ny Sorompanavotana i Amioleka*

Vakio ny Almà 34:15–17 mba hahitana ny zavatra nampianarin'i Amioleka ny Zôramita fa ilain'izy ireo atao mba hahazoana ireo fitahiana irian'ny Mpamonjy omena antsika amin'ny alalan'ny Sorompanavotany. Soraty ao amin'ny soratra masinao na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao fahamarinana manaraka izao: **Mila mampihatra finoana ho amin'ny fibebahana isika mba ahazoana ireo fitahiana fenon'ny Sorompanavotana.**

Vakio ity fanambarana avy amin'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany ity:



"Mila finoana matanjaka an'i Kristy isika mba hahafahana mibebaka. . . . Afaka hametraka ny fitokiantsika tsy ho voahozongozona amin'Andriamanitra ho an'ny fanavotana antsika isika rehefa mino fa mahafantatra ny zava-drehetra, tia, ary be famindrampo Izy. Hanova ny eritreritra, ny finoana, ary ny fitondrantenantsika izay tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny finoana an'i Kristy.

"Mitondra antsika miverina amin'ny fanaovana ny tsara ny fibebahana marina. . . . Ny fibebahana dia midika hoe fiovan'ny saina sy ny fo—mitsahatra amin'ny fanaovana ireo zavatra tsy mety isika ary manomboka manao ireo zavatra mety. Mitondra ho antsika fihetsika vaovao amin'Andriamanitra sy amin'ny tenantsika ary ny fiainana amin'ny ankapobeny izany" ("Point of Safe Return," *Ensign* na *Liahona,* mey 2007, 100).

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Amin'ny fomba ahoana no ampiharantsika finoana an'i Jesoa Kristy rehefa mibebaka isika?

Vakio ny Almà 34:17–27, ary tadiavo ny zavatra nampianarin'i Amioleka momba ny fotoana tokony hibebahantsika sy ny zavatra tokony angatahantsika amin'ny alalan'ny vavaka. Ahoana araka ny eritreritrao no nanampian'ity torohevitra ity ny Zôramita, izay nihevitra fa tsy afaka nitsaoka afa-tsy indray isan-kerinandro ihany? Misafidiana andininy iray izay heverinao fa hanampy anao indrindra. Eritrereto ny fomba ahafahanao manaraka ny torohevitra mikasika ny vavaka ao amin'ity andininy ity mandritra ny herinandro ho avy.

Nampianatra i Amioleka fa tokony ho vonona ny hanaiky ireo fitahian'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fibebahana amin'ny fahotantsika amin'izao fotoana izao isika, toy izay miandry hibebaka any aoriana any. Vakio ny Almà 34:30–35, ary tsipiho ireo teny na fehezanteny izay milaza ny antony tsy tokony hanemorantsika ny fibebahantsika. Tadiavo ao amin'ny andininy 31 ny fitahiana izay nolazain'i Amioleka fa ho tonga amin'ireo izay misafidy ny hibebaka amin'izao fotoana izao. Avereno jerena amimpitandremana ny andininy 32, ary diniho avy eo ny hoe: Amin'ny fomba ahoana no hisian'ity andininy ity fiantraikany eo amin'ny fomba fiainako isan'andro?

Avereno jerena ny Almà 34:33, ary diniho ny nolazain'ny Filoha Joseph Fielding Smith manao hoe: "Ny fanemorana, raha ampifandraisina amin'ny fitsipiky ny filazantsara, no mpangalatra ny fiainana mandrakizay, izay fiainana eo anatrehan'ny Ray sy ny Zanaka. Betsaka amintsika, na mpikamban'ny Fiangonana aza, no mahatsapa fa tsy ilaina ny fihazakazahana amin'ny fitandrovana ireo fitsipiky ny filazantsara sy ny fitandremana ny didy" (ao amin'ny Conference Report, apr. 1969, 121).

## Almà 35

*Mitoetra teo anivon'ireo marina ireo Zôramita nibebaka*

Nihaino ny fampitandreman'i Amioleka tsy hanemotra ny fibebahan'izy ireo ny maro tamin'ireo Zôramita, ary nibebaka sy nanova ny fiainan'izy ireo. Noroahin'ireo mpanapaka ny Zôramita hiala ny taniny izy ireo, ary tonga tao amin'ny tanin'i Jersôna ireo vahoaka ireo, izay toerana nandraisain'ireo vahoakan'i Amôna azy ireo —nantsoina ihany koa hoe Antia-Nefia-Lehia (jereo ny Almà 35:6–7). Nanjary tezitra ireo Zôramita sy Lamanita ratsy fanahy fa neken'ny vahoakan'i Amôna ireo Zôramita nibebaka, ary nanomboka nanao fiomanana tamin'ny ady tamin'ny vahoakan'i Amôna izy ireo— (jereo ny Almà 35:8–11).

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 33–35 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 19: ANDRO 2

# Almà 36

## Fampidirana

Namory niaraka ireo zanany lahy telo sy nanome torohevitra ho azy ireo tsirairay i Almà taorian'ny niverenany tamin'ny asa fitoriany tany amin'ny Zôramita (jereo ny Almà 35:16). Voarakitra ao amin'ny Almà 36–37 ny toroheviny ho an'i Helamàna, voarakitra ao amin'ny Almà 38 ny toroheviny ho an'i Siblôna, ary voarakitra ao amin'ny Almà 39–42 ny toroheviny ho an'i Kôriantôna. Nijoro ho vavolombelona tamin'i Helamàna i Almà fa hanafaka ireo izay mametraka ny fahatokiana aminy Andriamanitra. Mba hanazavana io fahamarinana io dia namariparitra ny fomba nanafahana azy tamin'ny fanaintainan'ny fahotany taona maro talohan'izany i Almà. Naterak'Andriamanitra sy heniky ny hafaliana izy taorian'ny niantsoany ny anaran'i Jesoa Kristy. Niasa mba hitondra ny hafa ho ao amin'i Jesoa Kristy izy avy eo.

## Almà 36:1–5

*Mampianatra an'i Helamàna zanany lahy momba ny herin'Andriamanitra hanampiana antsika ao anatin'ny fizahan-toetra antsika i Almà*

Saintsaino ny fomba nitahian'ny fijoroana ho vavolombelona na fampianarana manokana nataon'ny olona iray ao amin'ny fianakavianao, ny namanao, na ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana ny fiainanao.

Vakio ny Almà 36:1–5, ary alaivo sary an-tsaina hoe eo amin'ny toeran'i Helamàna ianao rehefa nihaino ny

fijoroan'ny rainy ho vavolombelona izy. Inona no tian'i Almà hotadidian'i Helamàna? (Jereo ny andininy 2.) Inona no tian'i Almà ianaran'i Helamàna avy aminy? (Jereo ny andininy 3.)


Soraty ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Almà 36:3 izao fitsipika manaraka izao: **Manampy antsika amin'ireo fisedrana sy fahoriantsika rehetra Andriamanitra rehefa mametraka ny fitokiantsika Aminy isika.** Mieritrereta fotoana iray izay niainanao fisedrana teo amin'ny fiainanao. Manorata, eo amin'ny toerana natokana anaovana izany, fomba vitsy izay nanampian'Andriamanitra sy nanohanany anao nandritra izany fotoana izany. ______________________
__________________________________________
__________________________________________

## Almà 36:6–22

*Miresaka ny fikomiany sy nanazava ny fomba nahazoana famelan-keloka i Almà*

Namariparitra tamin'i Helamàna zanany ny fomba nanafahan'Andriamanitra azy tamin'ny fanaintainan'ny fahotana i Almà. Vakio ny Almà 36:6–10, ary avereno jerena ny zava-nitranga fony fahatanoran'i Almà rehefa niaraka nandeha nikatsaka ny handringana ny Fiangonana izy sy ireo zanakalahin'i Môsià.

Misy tantara telo momba ny fitsidihan'ny anjely an'i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià ao amin'ny Bokin'i Mômôna. Mirakitra ny tantara voalaza amin'ny antsipiriany indrindra momba ny zavatra niainan'i Almà nandritra ny telo andro sy telo alina ny Almà 36 rehefa tsy afa-niteny sy nihetsika izy. (Jereo ny Môsià 27 sy ny



Almà 38 hamakianao ireo tantara hafa.) Vakio ny Almà 36:11–16, ary asio marika ireo teny na fehezanteny izay nampiasain'i Almà hamariparitana ny tahotra sy ny fanaintainana niainany taorian'ny nisehoan'ilay anjely.

Nanampy antsika hahatakatra ny dikan'ny hoe *nampijaliana* sy *norotidrotehana* ny Filoha Boyd K. Packer ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Midika hoe 'nampahoriana' ny hoe *nampijaliana*. Fitaovana fampijaliana iray ny chevalet tamin'ny andro fahiny, izay nampatoriana ilay voaheloka ka nafatotra tamin'ny kofehy mifandray amin'ny hazo boribory ny kihon-tanana sy kihon-tongony, izay azo nahodina avy eo mba hiteraka fanaintainana tsy hay zakaina.

"Fitaovana misy vy maranitra ny fihogon-tany. Rehefa atosika amin'ny tany izany dia mandrovitra sy mamaky ny tany. Matetika ny soratra masina no miresaka momba ny fanahy sy ny saina 'nampijaliana' tamin'ny fahamelohana" ("The Touch of the Master's Hand," *Ensign,* mey 2001, 23).

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony nampiasain'i Almà teny henjana hamariparitana izay tsapany. Soraty ihany koa ny namaritan'ireo teny ireo ny fahamelohana sy fanaintainan'ny olona iray izay nanota ka tsy nibebaka.

Azonao atao ny manoratra ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Almà 36:11–16 ny hoe: **Afaka mitondra amin'ny fanaintainana sy fanenenana ny fahotana.**


Vakio ny Almà 36:17–18, ary tadiavo ny zavatra tadidin'i Almà fa hitan'ny rainy tamin'ny faminaniana. Jereo ny nataon'i Almà rehefa nahatsiaro ny zavatra nampianarin'ny rainy azy izy.

Nilaza izao hevi-baovao manaraka izao mikasika ny zavatra niainan'i Almà ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Nentanim-po tamin'ny fampianaran'ny rainy i Almà, kanefa tena manan-danja tokoa fa mikasika ny 'fahatongavan'i Jesoa Kristy, Zanakalahin'Andriamanitra, mba hanefa ny fahotan'izao tontolo izao' ny faminaniana tadidiny. (Almà 36:17.) Izany no anarana ary izany no hafatra tokony ho henon'ny olona rehetra. Naheno izany i Almà, ary nikikiaka avy tao amin'ny fangirifirian'ny helo izay tsy nitsaha-nandoro sy ny fieritreretana tsy nety sitrana izy. 'Ry Jesoa ô, Ianao Ilay Zanak'Andriamanitra, mamindra fo amiko.' (Almà 36:18.) . . . Na inona na inona vavaka hafa ataontsika, na inona na inona filàna hafa ananantsika, dia toa miankina amin'izany talaho izany avokoa izy rehetra : 'Ry Jesoa ô, Ianao Ilay Zanak'Andriamanitra, mamindra fo amiko.' Voaomana hanolotra izany famindrampo izany Izy. Ny fiainany mihitsy no nataony onitra mba hanomezana izany famindrampo izany" (*However Long and Hard the Road* [1985], 85).

**2.** Ataovy jery todika ny fotoana iray izay nivavahanao mba hahazoana ireo fitahian'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, anisan'izany ny fitahian'ny famelan-keloka. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony maha zavadehibe ny mangataka ireo fitahian'ny Sorompanavotana amin'ny Tompo eo amin'ny fiainanao.

**3.** Vakio ny Almà 36:19–22, ary asio marika ireto teny sy fehezanteny izay mamaritra ny fiovan'i Almà taorian'ny nangatahany famindrampo. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny sasany amin'ireto teny sy fehezanteny ireto, ary hazavao ny zavatra ampianarin'izany anao momba ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.

Mianatra ity fitsipika ity isika avy amin'ireto soratra masina ireto: **Hanafaka antsika amin'ny fanaintainan'ny fahotantsika sy hanenika antsika amin'ny hafaliana i Jesoa Kristy rehefa mino ny Sorompanavotany isika.** Saintsaino izay azonao atao hanehoana finoana bebe kokoa an'i Jesoa Kristy mba hahafahanao, toa an'i Almà, miala amin'ny fahatsapana fanaintainana sy fanenenana tamin'ny fahotanao.



Vakio izao toe-java-mitranga manaraka izao, ary diniho izay mety ho fihetsikao: Nangataka fampiana avy aminao hahatakarany ny tenin'i Almà ao amin'ny Almà 36:19 ny namanao iray izay namaky ny Bokin'i Môrmôna. Manontany anao ny namanao hoe: "Raha toa ka tsaroako ny fahotako ary mbola mahatsiaro nenina amin'izy ireny aho, midika ve izany fa tsy voavela ny heloko?"

Vakio izao fanazavana manaraka avy amin'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf avy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany izao, ary tsipiho izay fehezanteny inoanao fa hanampy ny namanao:

" Miezaka mampino antsika i Satana fa tsy voavela ny helotsika satria afaka mahatsiaro azy ireny *isika*. Mpandainga i Satana; miezaka ny mampanjavozavo ny fahitantsika sy mitondra antsika lavitra ny lalan'ny fibebahana sy ny famelan-keloka izy. Tsy nampanantena Andriamanitra fa tsy hahatsiaro ny fahotantsika intsony *isika*. Hanampy antsika hiala amin'ny famerenana indray ilay fahadisoana ny fahatsiarovana. Kanefa halefahana eny an-dalana eny ny fahatsiarovana ny fahotantsika raha toa ka mijanona ho marina sy mahatoky isika. Ho ampahan'ny fanasitranana ilaina sy ny dingan'ny fanadiovana izany. Nijoro ho vavolombelona i Almà fa taorian'ny nihikàny tamin'i Jesoa mba hahazoany famindrampo, dia mbola afaka nahatsiaro ny fahotany izy, kanefa ny fahatsiarovana ny fahotany dia tsy nankarary na nampijaly azy intsony, satria fantany fa voavela ny helony (jereo ny Almà 36:17–19).

"Andraikitsika ny misoroka ny zavatra rehetra izay mety hamerina ireo fahatsiarovana feno fahotana taloha. Rehefa manana 'fo torotoro sy fanahy manenina' hatrany isika (3 Nefia 12:19), dia afaka mahatoky fa 'tsy hahatsiaro [ny fahotantsika] intsony Andriamanitra [F&F 58:42]" ("Point of Safe Return," *Ensign* na *Liahona,* mey 2007, 101).

Zava-dehibe ihany koa ny manamarika fa tsy nilaza i Almà hoe tsy tsaroany intsony ny fahotany, fa hoe tsy tsaroany intsony ny fanaintainana avy amin'ny fahotana, ary tsy "norotidrotehan'ny" fahatsiarovana intsony izy (Almà 36:19). Hahatonga ny famafana tanteraka ny fanaintainana sy ny fahatsapana fahamelohana avy amin'ny fahotana ny fibebahana marina (jereo ny Enôsa 1:6–8).

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valinteninao amin'ilay namana voalaza etsy ambony, ary ampiasao ireo hevi-baovao azonao avy tamin'ny fanazavan'ny Filoha Uchtdorf. Ampidiro ao amin'ny valinteninao ny antony hieritreretanao fa fitahiana ny mbola ahatsiarovantsika ireo fahotantsika, na dia tsy "rotidrotehan'ny fahatsiarovana ny fahotan[tsika]" aza isika (Almà 36:19) aorian'ny fibebahantsika.

## Almà 36:23–30

### *Manazava ny antony niasany tsy ankiato tamin'ny fitondrana ny hafa ho amin'ny fibebahana i Almà*

Inona no tsapanao rehefa mizara sakafo matsiro amin'ny namana ianao? Rehefa mahazo vaovao manaitra ianao, inona no zavatra tianao hatao voalohany? Nahoana araka ny eritreritrao no manana faniriana



hizara avy hatrany ny zavatra henony amin'ny olonkafa ny ankamaroan'ny olona? Vakio ny Almà 36:23–24, ary tadiavo ireo fahatsapana voalaza ao amin'ireto fanontaniana ireto izay mifandray amin'ny zavatra niainan'i Almà taorian'ny fiovam-pony. Inona no tian'i Almà iainan'ny olona hafa?

Vakio ny Almà 36:25–26, ary fantaro ny fiantraikan'ireo ezak'i Almà hampianatra ny filazantsara tamin'ny tenany sy tamin'ny hafa. Fenoy ity fitsipika manaraka ity, miainga amin'ny zavatra nianaranao momba ny fizarana ny filazantsara avy amin'ireto andininy ireto: **Rehefa mizara ny filazantsara amin'ny hafa isika dia mandray**________________________________________
__________________________________________________________.

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ilay fitsipika efa feno, ary hazavao ny antony inoanao fa marina ity fitsipika ity. Azonao ampidirina ho anisan'ny fanazavanao ireo traikefa nanananao tamin'ny fahatsapana hafaliana avy tamin'ny fizarana ny filazantsara amin'ny hafa.

Mieritrereta olona iray fantatrao—namana iray, na olona ao amin'ny fianakavianao, na mpikambana ao amin'ny paroasy na sampana izay mety hahazo tombontsoa avy amin'ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny Mpamonjy sy ny filazantsarany naverina tamin'ny laoniny. Saintsaino ny fomba hizaranao amin'izany olona izany ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny fomba ahafahan'i Jesoa Kristy manafaka antsika amin'ny fanaintainana sy manenika antsika amin'ny fifaliana. Azonao atao ny manoratra taratasy na mailaka amin'izany olona izany, na azonao atao ny manoratra fanamarihana vitsivitsy hiomanana amin'ny fotoana manokana izay hiresahanao amin'ilay olona.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 36 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra, sy hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

## FIZARANA 19: ANDRO 3

# Almà 37


## Fampidirana

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 37, dia nanohy ny fananarany ny zanany lahy Helamàna i Almà ary nanome azy ny andraikitra amin'ireo rakitsoratra masina. Nampahatsiahy an'i Helamàna izy fa efa fitaovana nitondrana Lamanita an'arivony ho amin'ny Tompo ny soratra masina, ary naminany izy fa nanana tanjona lehibe hafa ho an'ireo rakitsoratra ny Tompo amin'ny hoavy. Nanoro lalana ny zanany i Almà ny amin'izay tokony ampianariny ny vahoaka, ary nampianatra an'i Helamàna ny maha zava-dehibe ny mijery ny tenin'i Jesoa Kristy ho fitarihana amin'ny alalan'ny fampitahana ny tenin'ny Mpamonjy amin'ny Liahôna.

### Almà 37

*Natolotr'i Almà an'i Helamàna ireo rakitsoratra, nanoro hevitra azy ny hitandrina ny didy izy, ary nampahatsiahy azy ny fomba fiasan'ny Liahôna arakaraka ny finoana*

Diniho ity fanehoana an-tsary manaraka ity:




Mieritrereta zavatra kely sy tsotra roa na telo izay nanova tanteraka izao tontolo izao, toy ny takamoa. Mieritrereta zavatra kely izay nampisy fiovana lehibe teo amin'ny fiainanao. Soraty eo amin'ny ilany havia amin'ilay fanehoana an-tsary etsy ambony ny anankiroa amin'ireo zavatra kely ireo. Eo amin'ny ilany havanana, manorata teny vitsivitsy mamaritra ny fiantraikany lehibe nananan'ireo zavatra kely ireo teo amin'ny fiainanao.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 37, dia nanomana ny zanany lahy Helamàna i Almà mba ho tonga ilay mpihazona manaraka ireo rakitsoratra masina. Nampianatra an'i Helamàna fitsipika iray momba ny anjara asan'ny zavatra kely sy tsotra ao amin'ny drafitry ny Tompo i Almà. Vakio ny Almà 37:6–7, ary aorian'izay dia fenoy ity fitsipika manaraka ity: **Mba hanatanterahana ireo tanjony mandrakizay, ny Tompo dia miasa amin'ny alalan'ny** ______________________________ ______________________________.

Vakio ny Almà 37:1–7, ary tadiavo izay nofaritan'i Almà ho zavatra kely sy tsotra. Halalino ihany koa ny Almà 37:8–10, itadiavana ireo fomba nitarihan'ireo takelabarahina (izay nisy ny soratra masina) tamin'ny zavatra lehibe ho an'ireo vahoaka ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Eo am-pamakianao izany dia mariho ao amin'ny soratra masinao hoe iza amin'ireo fitahiana ireo no azonao koa tamin'ny alalan'ny soratra masinao manokana.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona avy ireo fomba roa na telo nanaovan'ny soratra masina zavatra lehibe teo amin'ny fiainanao?

Mirakitra ny fananarana nomen'i Almà an'i Helamàna ny Almà 37:13–16 raha nanome ny zanany lahy ny andraikitra hitana ireo rakitsoratra izy. Halalino ireto andininy ireto, ary tadiavo ireo fitsipika izay nampianarin'i Almà. Iray amin'ireo fitsipika ireo ny hoe: **Hiroborobo isika raha mankatò ny didin'ny Tompo.** Saintsaino ny hifandraisan'ity fitsipika ity amin'ilay fanehoana an-tsary tany am-piandohan'ity lesona ity.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 37:35–47 dia nanoro lalana an'i Helamàna hampianatra ny vahoaka mba haharesy ny faharatsiana sy ny fakam-panahy amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo i Almà. Ireto ambany ireto misy topimaso ankapobeny mikasika ny lesona roa izay mahafaoka ireto fampianarana ireto. Halalino ny lesona tsirairay sy ny soratra masina miaraka amin'izany. Avy eo dia miomanà hampianatra ny iray amin'ireo lesona ireo amin'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana, ny fianakavianao iray manontolo (angamba ho ampahany amin'ny takarivan'ny mpianakavy), na amin'ny namana iray. Azonao atao ny manamboatra kely ny lesona arakaraka nv olona sy ny toerana ampianaranao. Mandaminà fotoana, ary ampianaro amin'ilay andro voatondro ny lesona. Ento ihany koa ny mitondra ny topimaso ankapobeny momba ny lesonao ao amin'ny kilasin'ny fandaharam-pianaran'ny mpianatra any an-trano manaraka ary miomanà ny hampianatra ny lesonao amin'ny iray kilasy raha toa ka voatonona ianao.



*Lesona 1—Almà 37:35–37*



Hazavao amin'ireo izay ampianarinao fa fanaon'ireo izay mamboly hazo no mamatotra na manohana hazo tanora iray amin'ny rotsan-kazo iray ary manala ilay tohana any aoriana any rehefa lehibe ilay hazo. Anontanio hoe: Nahoana araka ny eritreritrao no mila



manana rotsan-kazo ho tohana ilay hazo raha mbola tanora sy vao mitombo?

Vakio ity zavatra niainana manaraka avy amin'ny fiainan'ny Filoha Gordon B. Hinckley ity:



Namboly zana-kazo teo akaikin'ny tranony ny Filoha Gordon B. Hinckley fotoana fohy taorian'ny nanambadiany. Tsy dia niraharaha firy ilay hazo izy raha nandeha ny fotoana. Indray andro dia tsikariny fa nivilana sy nitongilana nankany andrefana ilay hazo satria natongilan'ny rivotra avy any atsinanana izany fony mbola tanora sy malemilemy. Nivoaka tany ivelany izy ary niezaka nanosika ilay hazo mba hahitsy, kanefa efa natevina loatra ny vatan'izany. Niezaka nampiasa tady sy bolaky (poulie) izy hanitsiana izany, kanefa tsy nety niolaka izany. Farany dia naka ny tsofany izy ary nanapaka ireo sampana mavesatra tany amin'ny ilany andrefana, izay namela holatra ratsy tarehy iray. Hoy izy taty aoriana momba ilay hazo hoe:

"Mihoatra ny dimampolo taona izay no lasa hatramin'ny namboleko izany hazo izany. Mipetraka ao izao ny zanako vavy sy ny fianakaviany. Nijery ilay hazo indray aho indray andro izay. Lehibe ilay izy. Tsara kokoa ny endriny. Tombony lehibe tokoa ho an'ilay trano izany. Kanefa tena lehibe tokoa ny ratra nahazo azy tamin'ny fahatanorany ary henjana ny fikarakarana nampiasaiko nanitsiana izany.

"Fony vao novolena ilay izy dia tokony ho nihazona izany tamin'ny toerany tsy voahozongozon'ny herin'ny rivotra ny kofehy kely iray. Afaka nanisy aho, ary tokony nanisy izany kofehy izany, tsy nila ezaka firy akory. Kanefa tsy nataoko izany, ary dia nitongilana nanaraka ny hery izay nanohitra azy ilay hazo" ("Bring up a Child in the Way He Should Go," *Ensign,* nôv. 1993, 59).

Asao ny olona iray hamaky ny torohevitr'i Almà ao amin'ny Almà 37:35, ary hifanakalozy hevitra ny fomba hifandraisan'ity andininy ity amin'ny zavatra niainan'ny Filoha Hinckley momba ilay hazo. (Soratra masina fehezina ny Almà 37:35. Azonao atao ny manisy marika izany amin'ny fomba miavaka mba hahafahanao mahita ny misy izany amin'ny manaraka.)

Asao ireo izay ampianarinao hilaza fitsipika iray izay mamintina ny Almà 37:35. (Mety ho toy izao manaraka izao izany: **Tokony hianatra hitandrina ny didin'Andriamanitra amin'ny fahatanorantsika isika.** Azonao atao ny manontany ny iray amin'ireto fanontaniana ireto na mihoatra izany:

- Inona araka ny eritreritrao no mety ho fiovana nentin'izany teo amin'ny fiainan'ny olona raha nianatra nitandrina ny didin'Andriamanitra izy ireo raha mbola tanora?
- Tamin'ny fomba ahoana no nitondran'ny fitandremana ny didy tamin'ny fahatanoranao fiovana teo aminao?
- Afaka mieritreritra olona iray izay voatahy nandritra ny androm-piainany sisa noho ny fitandremany ny didy fony izy mbola tanora ve ianao? Tamin'ny fomba ahoana no nitahiana izany olona izany?

Asao ny olona iray hamaky mafy ny Almà 37:36–37 ary hitady torohevitra manokana izay afaka manampy olona iray hitandrina ny didy. Mametraha fanontaniana toy izao manaraka izao:

- Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fanarahana izany torohevitra izany isan'andro anao mba hitandrina ny didy?
- Amin'ny fomba ahoana no hiezahanao mametraka ny Tompo ho lohalaharana ao amin'ny eritreritrao sy ny fihetsikao? Amin'ny fomba ahoana no mety hivoaranao?



- Inona avy ireo fampanantenana omena ireo izay tia mivavaka?

Zarao ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny fomba nanampian'ny firesahanao tamin'ny Tompo anao mba hitandrina ny didy. Asao ireo izay ampianarinao mba hanaraka ny tenin'i Almà amin'ny filàna hevitra amin'ny Tompo.

### *Lesona 2—Almà 37:38–45*

Anontanio ireo izay ampianarinao raha toa ka fantatr'izy ireo ny anaran'ilay kompà nomen'Andriamanitra ny fianakavian'i Lehia, izay nanampy azy ireo nandeha tany amin'ny tany nampanantenaina. Dia asao hamaky ny Almà 37:38 ny olona iray avy eo. Hazavao fa niresaka ny Liahona i Almà mba hampianarana fitsipika lehibe iray tamin'i Helamàna mikasika ny fomba hitarihan'ny Tompo ny zanany.

Asao ireo izay ampianarinao hamaly ireto fanontaniana manaraka ireto amin'ny alalan'ny famakiana ireo andininy voalaza sy amin'ny fitadiavana ny valiny:

- Araka ny voalaza ao amin'ny Almà 37:38–40, ahoana no fomba fiasan'ny Liahona?
- Araka ny voalaza ao amin'ny Almà 37:41–42, nahoana no nijanona tsy niasa tamin'ny fotoana iray ilay Liahona?
- Araka ny voalaza ao amin'ny Almà 37:43–45, inona no mampitovy ny Liahona amin'ny tenin'i Kristy?

Hazavao fa ny teny hoe *tandindona* sy *ohatra miavaka* (Almà 37:43, 45) dia midika hoe ampiasaina ho tandindon'ny hevitra lehibe kokoa ny zavatra iray. Tandindon'ny safidintsika hankatò na tsy hankatò ny tenin'i Kristy ohatra ny fankatoavana sy tsy fankatoavan'ny fianakavian'i Lehia ny torolalan'ny Liahona. Tahaka ny nahatongavan'ny fianakavian'i Lehia tany amin'ny tany nampanantenaina tamin'ny alalan'ny fanarahana ny Liahona, dia hahazo fiainana mandrakizay ihany koa isika rehefa manaraka ny tenin'i Kristy.

Angataho ny olona iray hanazava ny toerana afaka ahitantsika ny tenin'i Kristy eo amin'ny fiainantsika. (Valinteny mety ho azo ny hoe ny soratra masina, tenin'ireo mpaminany maoderina, tsodranon'ny patriarika, ary ireo bitsiky ny Fanahy.)

Manontania hoe: Inona avy ireo fitsipika nampianarin'i Almà an'i Helamàna tamin'ny alalan'ny fampiasana ny ohatry ny Liahona? (Mety ho toy izao fitsipika manaraka izao ireo valinteny: **Hitarika antsika amin'ny fiainana mandrakizay ny tenin'i Jesoa Kristy rehefa mihaino izany isika.** Azonao atao ny mizara ny fijoroanao ho vavolombelona fa ny fihainoana sy fankatoavana ny tenin'ny Tompo dia hitondra fitahiana amin'ny fiainantsika.

**2.** Manorata, ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, fehezanteny vitsivitsy izay mamaritra ny zavatra nianaranao avy amin'ny fandalinana ilay lesona nosafidianao hampianarina.

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao: *Nanapa-kevitra ny hampianatra ny lesona nofidiako mikasika ny Almà 37 aho:* ______________ (soraty izay andininy hampianarinao). *Hampianatra ny* ______________ (soraty izay nosafidianao hampianarina) *amin'ny*______________ (soraty ny daty nomaninao hampianarana ity lesona ity).

## Soratra Masina Fehezina—Almà 37:35

Asio marika ny Almà 37:35. Ezaho atao tsianjery ity andininy ity. Avy eo dia ataovy tsianjery na vakio amin'ny ray aman-dreny na olon-dehibe atokisana hafa izany. Apetraho amin'izany olona izany ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Tamin'ny fomba ahoana no nanampian'ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra anao teo amin'ny fiainanao?
- Inona no torohevitra omenao ahy izay afaka hanampy ahy ho hendry kokoa mandritra ny fahatanorako?

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay nianaranao avy amin'ilay olona niresahanao mikasika ny Almà 37:35.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 37 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny*(daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

**FIZARANA 19: ANDRO 4**

# Almà 38

## Fampidirana

Niara-nanompo tamin'i Almà tamin'ny nahamisiônera ho an'ny Zôramita i Siblôna zanany lahy. Taorian'ny asa fitoriany dia naneho ny hafaliany tamin'ny tsy fiovaovana sy fahatokiana nasehon'i Siblôna i Almà rehefa niaritra fanenjehana teo anivon'ny Zôramita. Nijoro ho vavolombelona tamin'i Siblôna ny amin'ny herim-panafahan'i Jesoa Kristy i Almà ary nanoro hevitra azy ny hanohy hitory ny filazantsara.

## Almà 38:1–3

*Maneho ny hafaliany amin'ny fahatokian'i Siblôna i Almà*

Makà iray minitra hieritreretana fotoana iray izay nahatsapan'ny ray aman-dreninao hafaliana noho ny fanapahan-kevitra tsara noraisinao na noraisin'ny olona hafa iray ao amin'ny fianakavianao, na noho ny fomba iainanao ny fiainanao.



Vakio ny Almà 38:1–3, ary mitadiava fehezanteny izay mamaritra ny fahatsapan'i Almà momba an'i Siblôna sy ny anton'izany. Soraty ny sasany amin'ireo fehezanteny hitanao: ______________________________

______________________________

Mianatra ity fitsipika ity isika avy amin'ireo andininy ireo: **Afaka mitondra fifaliana lehibe ho an'ny ray aman-drenintsika isika rehefa manomboka mazoto sy mahatoky amin'ny fitandremana ny didy mandritry ny fahatanorantsika.**

**1.** Makà fotoana fohy anontanianao ny iray amin'ireo ray aman-dreninao, mpiahy, na mpitarika ao amin'ny Fiangonana ny fiantraikan'ireo fanapahan-kevitra tsara raisinao eo aminy. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valintenin'izy ireo.

## Almà 38:4–9

*Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny herim-panafahan'ny Mpamonjy i Almà*

Nampahatsiahy an'i Siblôna i Almà fa samy nahatsapa ny herim-panafahan'ny Mpamonjy izy roa lahy, na dia tamin'ny fomba samy hafa aza izany. Vakio ny Almà 38:4–8, ary fenoy ilay tabilao etsy ambany. Ampiasao ihany koa izay fantatrao momba an'i Siblôna avy ao amin'ny Almà 38:2–3 sy izay nianaranao momba an'i Almà avy ao amin'ireo toko hafa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna hanampiana anao hameno ity tabilao ity.

| | Siblôna (Almà 38:2–5) | Almà (Almà 38:6–8) |
|---|---|---|
| Nohafahana tamin'ny inona izy? | | |
| Ahoana no nahazoany ireo fitahian'ny fanafahana? | | |

Afaka mianatra avy amin'ny zavatra niainan'i Siblôna isika fa: **Hanafaka antsika amin'ny fisedrana, ny olana, ary ny fahoriana Andriamanitra ary hanandratra antsika amin'ny andro farany raha toa ka miharitra ny zava-drehetra amim-paharetana sy mahatoky an'Andriamanitra isika.** Mianatra ihany koa isika avy amin'ny zavatra niainan'i Almà fa: **Mila maneho finoana an'i Jesoa Kristy sy mikatsaka ny famindrampony isika mba hahazoana ny famelana ny fahotantsika sy hahitana fiadanana ho an'ny fanahintsika.**

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no nianaranao avy tamin'ny tantaran'i Siblôna sy i Almà momba ny herin'ny Mpamonjy hanafaka anao?

**b.** Misafidiana fitsipika iray amin'ireo fitsipika aseho amin'ny soratra miavaka kokoa ao amin'ny andinin-tsoratra teo aloha, ary manorata fehezanteny vitsivitsy mikasika ny fomba ahafahanao mampihatra izany fitsipika izany amin'ny fiainanao.

Vakio ny Almà 38:9, ary tadiavo ny zavatra tian'i Almà ianaran'i Siblôna. Azonao atao ny manisy marika ny fehezanteny iray ao amin'ity andininy ity izay tsapanao fa mamintina ny tian'i Almà ho takatry ny zanany lahy.

Mieritrereta fotoana iray izay nanafahan'ny Mpamonjy anao tamin'ny fisedrana, olana na tsy fahamendrehana. Inona no nataonao hikatsahana izany fanafahana izany? Manana fisedrana na fahotana ve ianao eo amin'ny fiainanao amin'izao fotoana izao? Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao mitodika any amin'ny Mpamonjy mba hahazo fanafahana?

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ho anao ny mahafantatra fa ny hany "lalana na fomba" tokana azo hamonjena anao dia amin'ny alalan'ny Mpamonjy? (jereo ny Almà 38:9).

## Almà 38:10–15

*Manoro hevitra an'i Siblôna hanohy hampitombo toetra tsara i Almà*

Mieritrereta mpampianatra na mpitarika ao ampiangonana iray izay manana fitaomana tsara eo amin'ny fiainanao. Eritrereto ny toetra tsara ao amin'izany olona ankamamianao izany.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 38:10–15 dia mamporisika an'i Siblôna hanohy hampitombo toetra izay hanampy azy i Almà rehefa manohy mampianatra ny filazantsara sy manompo ny hafa izy. Afaka ampiharina amin'ny olona iray izay te hitaona ny hafa amin'ny tsara amin'ny alalan'ny fanompoana, fampianarana, ary amin'ny fomba hafa ny torohevitra nomen'i Almà an'i Siblôna. Halalino ny Almà 38:10–15, ary fantaro izay mety ho torohevitra tsapanao fa hanampy anao indrindra. Azonao atao ny manisy marika ny zavatra hitanao.

**4.** Io ambany io misy torolalana ho an'ny fandalinana hanampiana anao hahatakatra bebe kokoa sy hampihatra ny torohevitr'i Almà ho an'i Siblôna zanany lahy (jereo ny Almà 38:10–15). Misafidiana ampahany roa na telo amin'ny torohevitr'i Almà izay tsapanao fa tena manan-danja indrindra aminao avy ao amin'ny tsanganana eo ankavia. Fenoy ireo asa atao hianaran-javatra mifanaraka amin'izany ao amin'ny tsanganana havanana. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valinteninao.

| **Almà 38:10–12 Torolalana ho an'ny Fandalinana** | |
|---|---|
| **Torohevitr'i Almà** | **Asa atao Hianaran-javatra** |
| "Ho mazoto sy mahonon-tena amin'ny zavatra rehetra" (Almà 38:10). | Manao ezaka mitohy sy feno fahavitrihana amin'ny asa atao amin'ny fiainana ny olona iray izay *mazoto*. Mampiasa fahononana amin'ny zavatra rehetra sy mampihatra fifehezan-tena ny olona iray izay *mahonon-tena*. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony ilàna ireo toetra roa ireo rehefa manompo ny hafa. Soraty ny fomba ahafahanao ho mazoto sy mahonon-tena bebe kokoa amin'ny sehatra iray na maromaro eo amin'ny fiainanao sy ny fomba hanampian'ny fanaovana izany anao mba hanompo ny hafa amin'ny fomba mahomby kokoa. |
| "Ezaho izay tsy hanandratanao tena amin'ny avonavona; eny, ataovy izay tsy hireharehanao" (Almà 38:11). | Ny *avonavona*, ao amin'ny soratra masina dia rehefa mametraka fahatokiana bebe kokoa amin'ny tenany mihoatra noho ny amin'Andriamanitra ny olona iray. Midika ihany koa izany fa mihevitra ny tenany ho ambony kokoa noho ny hafa ny olona iray. *Fanetrentena no mifanohitra amin'ity fieboeboana tsy mendrika ity.* Miezaka mihevitra ny hafa amin'ny fomba hiheverany ny tenany ireo izay manetry tena ary tia an'Andriamanitra sy mametraka Azy ho lohalaharana eo amin'ny fiainany izy ireo. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay mety hitranga raha miavonavona sy mirehareha amin'ny antsony ny mpikamban'ny Fiangonana iray. Eritrereto ny antsonao ato am-piangonana na ny fahafahana hafa anananao mba hanompoana. Manorata fomba iray na roa hikatsahanao ny hanetry tena sy hisoroka ny avonavona sy fireharehana rehefa manompo ianao. |

| Almà 38:10–12 Torolalana ho an'ny Fandalinana | |
|---|---|
| **Torohevitr'i Almà** | **Asa atao Hianaran-javatra** |
| "Mampiasà fahasahiana fa tsy fianjonanjonana" (Almà 38:12). | Midika fahatokiana fa miaraka amintsika Andriamanitra ary afaka manampy antsika hiasa tsy misy tahotra amin'ny fanompoana Azy ny hoe *sahy*. Mety midika hoe manery ny hafa hanaiky ny zavatra inoantsika na ny fitondrantenantsika kanefa tsy miraharaha ny zavatra ilain'izy ireo sy ny fihetsem-pon'izy ireo ny hoe *fianjonanjonana*. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony iheveranao fa ilan'ny Tompo antsika ho sahy. Raketo ihany koa ny fomba miavaka iray izay ahafahanao mampihatra ny torohevitra hampiasa fahasahiana fa tsy fianjonanjonana rehefa mikatsaka ny hanompo ny hafa ianao. |
| "Ataovy izay hifehezanao ny filànao rehetra" (Almà 38:12). | Midika hoe mitarika na manara-maso ny hoe *mifehy*. Fiontanam-po mahery no atao hoe *filàna*. Saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto ary Raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valinteninao: Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ho antsika ny mifehy ny filàntsika rehetra—izany hoe mitarika na manara-maso ireo fiontanam-po mahery ao amintsika? Ahoana araka ny eritreritrao no ahafahan'ny fifehezana ny filànao manampy anao ho heniky ny fitiavana? Inona no hataonao hanarahana ny torohevitr'i Almà mba hifehezana ny filànao rehetra? |
| "Ataovy izay hifadianao ny fidonanaham-poana" (Almà 38:12). | Jereo ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina (scriptures.lds.org) ny hoe "Midonanaham-poana, Fidonanaham-poana" mba ianarana bebe kokoa mikasika ny hevitry ny hoe midonanaham-poana. Misafidiana roa amin'ireo andininy voatanisa eo ambanin'izany lohahevitra izany, ary halalino izany. Raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nianaranao avy amin'ireo andininy ireo. Soraty ny fomba hanampian'ny torohevitra mba hifadiana ny fidonanaham-poana anao hanompo ny hafa amin'ny fomba mahomby kokoa. Farany dia manorata fomba miavaka izay hikatsahanao ny fifadiana ny fidonanaham-poana. |

Mampianatra ity fitsipika ity ny torohevitr'i Almà ho an'i Siblôna ao amin'ny Almà 38:10–15: **Manomana antsika hampianatra sy hanompo ny hafa ny fampitomboana toetra marina.** Saintsaino ny fomba hitahian'ny fampitomboana ireo toetra marina, izay hitanao ao amin'ny Almà 38 anao eo amin'ny fiainanao sy eo amin'ny fiainan'ireo manodidina anao.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 38 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).


*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 20: ANDRO 1

# Almà 39

## Fampidirana

Nanitsy ilay zanany tsy mpankatò i Almà, dia i Kôriantôna, izay niala tamin'ny asa fanompoana sy nanao fahotana ara-pahadiovam-pitondrantena goavana. Nampianatra an'i Kôriantôna ny maha goavana ny zavatra nataony i Almà ary nanambara ny



fahadisoam-panantenany fa meloka tamin'ny fanaovana zava-dratsy lehibe toy izany i Kôriantôna. Nandidy an'i Kôriantôna ny tsy handehanany intsony araka ny "fitsiriritan'ny masony" i Almà ary hibebaka (Almà 39:9). Hita ao amin'ny Almà 39–42 ny hafatr'i Almà ho an'i Kôriantôna.

## Almà 39:1–6

### *Manazava ny maha tena ratsy ny fahotana avy amin'ny firaisana ara-nofo amin'i Kôriantôna zanany lahy i Almà*

Saintsaino ity fehezanteny manaraka ity: Lehibe kokoa noho ny fahotana hafa ny fahotana sasany.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Manaiky ve ianao fa lehibe kokoa noho ny fahotana hafa ny fahotana sasany? Nahoana raha eny na nahoana raha tsia?

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 39 dia nanome torohevitra an'i Kôriantôna zanany lahy i Almà, izay afaka manampy anao hahatakatra ny maha tena ratsy ny toetran'ny fahotana sasany i Almà. Niaraka tamin'i Almà sy ny rahalahiny Siblôna namita iraka hitory ny filazantsara tamin'ny Zôramita i Kôriantôna. Raha mbola tany i Kôriantôna dia nanao fahotana avy amin'ny firaisana ara-nofo goavana.

Vakio ny Almà 39:1–4, ary tadiavo ny zavatra ratsy nataon'i Kôriantôna. Mba hanampiana anao hahatakatra ireo andininy ireo dia mety hanampy ny mahafantatra fa ny vehivavy janga dia vehivavy iray izay ratsy fitondrantena na mpivaro-tena. Zava-dehibe ny mahatakatra fa "ny Tompo dia tsy afaka hijery ny fahotana amin'ny hamoram-po faran'izay bitika indrindra" (F&F 1:31); tena ratsy tokoa ny fandikana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena. Marihana koa fa nanao fanahy iniana nandao ny asa fitoriany i Kôriantôna mba hanaraka an'i Isabela vehivavy janga, izay nahatonga ny fahotany ho lehibe tokoa.

Vakio ny Almà 39:5, ary tadiavo ny fomba nanazavan'i Almà ny maha ratsy be ny fandikana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena raha mitaha amin'ny fahotana hafa. Ny fahavetavetana dia fahotana, ratsy, na maharikoriko. Mianatra isika avy amin'ireo andininy ireo fa **fahavetavetana eo imason'ny Tompo ny fahotana ara-pitondrantena.** Saintsaino hoe nahoana no milahatra manarakaraka ny famonoan'olona ny halehiben'ny fahotana ara-pitondrantena.

Nanome ity fanazavana ity momba ny antony mahatonga ny hoe fahavetavetana amin'ny Tompo ny fahotana avy amin'ny firaisana ara-nofo ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Inona no tian'Andriamanitra lazaina amintsika momba ny toeran'izany ao amin'ny Drafiny ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra amin'ny fametrahany lalàna henjana toy izany amin'ny filàna ara-nofo izay natolotra izao tontolo izao? Manambara aminareo aho fa tena manao izany Izy—manao fanamarihana momba ilay tena drafitry ny fiainana. Mazava fa anisan'ny zavatra lehibe ametrahany ahiahy indrindra raha mahakasika ny fiainana an-tany ny fomba hahatongavan'ny olona iray eto amin'ity izao tontolo izao ity sy ny fomba hialany eto. Nametraka fetra hentitra amin'ireny zavatra ireny Izy" ("Personal Purity," *Ensign,* nôv. 1998, 76).

Vakio ireto andinin-tsoratra manaraka ireto, ary tadiavo sy asio marika ireo valin'ity fanontaniana manaraka ity: Inona avy ireo fitahiana avy amin'ny fijanonana ho madio ara-pitondrantena?

"Ny firaisana ara-nofo eo amin'ny mpivady dia zavatra tena kanto sy masina. Tendrin'Andriamanitra izany mba hahariana ny zanaka sy ho fanehoam-pitiavana eo amin'ny mpivady. Nandidy Andriamanitra fa ny firaisana ara-nofo dia natokana ho an'ny fanambadiana.

"Manomana ny tenanao hanao sy hitandrina fanekempihavanana any amin'ny tempoly ianao rehefa madio ara-pitondrantena. Miomana hanorina fanambadiana matanjaka ianao sy hitondra zanaka ho eto amin'izao tontolo izao ho isan'ny fianakaviana iray mandrakizay sy feno fitiavana. Miaro ny tenanao tsy ho azon'ny fahasimbana ara-panahy sy ara-piontanam-po izay

ateraky ny fanaovana firaisana ara-nofo ivelan'ny fanambadiana ianao. Miaro ny tenanao tsy ho azon'ny aretina manimba ihany koa ianao. Manampy anao hahatoky tena sy ho tena sambatra ary manatsara ny fahafahanao mandray fanapahan-kevitra tsara ankehitriny sy amin'ny hoavy ny fijanonanao ho madio ara-pitondrantena. (*Jeunes Soyez Fort* [Kiboky, 2011], 35).

Vakio ireto andinin-tsoratra manaraka ireto ary tadiavo ao anatin'izany ny valin'ity fanontaniana manaraka ity: Inona avy ireo fenitry ny Tompo amin'ny fijanonana no madio ara-pitondrantena?

"Mazava sy tsy miova ny fenitry ny Tompo mikasika ny fahadiovana ara-pitondrantena. Aza manao firaisana ara-nofo alohan'ny fanambadiana, ary aoka mba ho mahatoky tanteraka amin'ny vadinao aorian'ny fanambadiana. Aza mamela ny fampahalalam-baovao sy ny sary sy feo, na ireo mitovy taona aminao, na ny hafa handresy lahatra anao fa ekena alohan'ny fanambadiana ny firaisana ara-nofo. Diso izany. Tena ratsy be ny fahotana avy amin'ny firaisana ara-nofo eo imason'Andriamanitra. Mandoto ny fahefana masina nomen'Andriamanitra antsika hamoronana aina izy ireny. Nampianatra ny mpaminany Almà fa ny fahotana avy amin'ny firaisana ara-nofo dia lehibe kokoa mihoatra noho ireo fahotana hafa afa-tsy ny fandatsahan-drà sy ny fandavana ny Fanahy Masina (jereo ny Almà 39:5).

"Aza manao na inona na inona izay mety hitarika amin'ny fandikana ny lalàna ara-pitondrantena. Hajao ny hafa fa aza raisina ho toy ny zavatra ampiasaina mba hanomezana fahafaham-po ireo faniriana feno fitsiriritana sy fitiavan-tena. Aza mifanoroka amimpirehetampo fatratra, na mandry eo ambonin'ny olona iray hafa, na mikasika ny faritra manokana sy masina eo amin'ny vatan'ny olona iray hafa na miakanjo izy na tsia. Aza manao na inona na inona izay mamoha ny fahatsapana te hanao firaisana ara-nofo. Aza fohazina ao amin'ny tenanao manokana ireo fiontanam-po ireo. Henoy ny bitsiky ny Fanahy mba ho madio sy manan-kasina ianao. Hiala amin'ny olona iray izay ao anatin'ny fandikana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena ny Fanahin'ny Tompo.

"Sorohy ireo toe-javatra izay manasa fakam-panahy betsaka kokoa toy ny fiaraha-mientana lavitra ny trano fonenana izay atao alina be na mandritra ny alina na fiaraha-mientana izay tsy misy fanarahamason'ny olon-dehibe. Aza mandray anjara amin'ny resaka na sary sy feo izay mamoha ireo fahatsapana te hanao firaisana ara-nofo. Aza mandray anjara amin'ny karazana pôrnôgrafia na inona izany na inona. Afaka manampy anao hahafantatra ny Fanahy rehefa tandindomin-doza ianao ary manome tanjaka anao hanala ny tenanao amin'ireny toe-javatra ireny Izy.

Matokia ary mankatoava ireo torohevitra tsara avy amin'ireo ray aman-dreninao sy mpitarika anao.

"Ny fitondrantena maneho fiarahan'ny lahy sy ny lahy ary ny vavy sy ny vavy dia fahotana lehibe. Mikatsaha torohevitra avy amin'ny ray aman-dreninao na ny eveka raha toa ka hitanao fa manana olana amin'ny fifanintonan'ny samy lahy na samy vavy ianao na resy lahatra ny handray anjara amin'ny fitondrantena tsy mendrika. Hanampy anao izy ireo.

"Tsy meloka sy tsy mila mibebaka ireo niharan'ny herisetra tamin'ny firaisana ara-nofo. Raha toa ka niharan'ny herisetra ara-nofo ianao dia fantaro fa tsy manan-tsiny ianao ary tia anao Andriamanitra. Miresaha amin'ny ray aman-dreninao na olon-dehibe atokisana hafa, ary mitadiava avy hatrany ny hahazo ny torohevitry ny evekanao. Afaka manohana anao arapanahy izy ireo ary manampy anao amin'ny fahazoana ny fiarovana sy ny fanampiana ilainao. Mety haharitra ny dingan'ny fahasitranana. Matokia ny Mpamonjy. Hanasitrana sy hanome fiadanana ho anao Izy.

"Mikatsaha fanampiana avy amin'ny ray amandreninao na ny eveka raha toa ka mitady ho azon'ny fakam-panahy handika ny lalàn'ny fahadiovampitondrantena ianao na amin'ny endriny manao ahoana na manao ahoana ianao. Mivavaha amin'ny Rainao any an-danitra, izay hanampy anao hanohitra ny fakam-panahy sy handresy ireo eritreritra sy fahatsapana tsy mendrika. Miresaha amin'ny eveka amin'izao fotoana izao ary atombohy ny dingan'ny fibebahana raha toa ka nandika ny lalàn'ny fahadiovampitondrantena ianao mba hahazoana fiadanana sy hananananao tanteraka ny Fanahy ho namanao.

"Manolora tena ny ho madio ara-pitondrantena. Amporisiho ny hafa hanao toa izany koa amin'ny alalan'ny teny sy ny asanao" (*Jeunes Soyez Forts,* 35–37).

Saintsaino ny hafatra tsapanao fa tian'ny Tompo hifantohanao avy amin'ny zavatra vao novakianao.

## Almà 39:7–19

### *Mamporisika an'i Kôriantôna hibebaka i Almà*

Alaivo sary an-tsaina hoe mifanakalo hevitra amin'ny ray aman-dreninao, ireo mpitarika ao amin'ny Zatovolahy na Zatovovavy, na amin'ny evekanao na filohan'ny sampana misy anao momba ny maha zava-dehibe ny fahadiovana ara-pitondrantena ianao. Eritrereto izay mety havalinao ny ray aman-dreninao na ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana rehefa manoro hevitra anao momba ny maha zava-dehibe ny fijanonana ho madio ara-pitondrantena izy ireo. Vakio ny Almà 39:7–8 ahitana ny tanjon'i Almà tamin'ny fampianarana an'i Kôriantôna momba ny maha tena lehibe ny fahotany.

Saintsaino no mety ho fiantraikan'ny fahalalana fa hoe fanasana feno fitiavana hijanonana ho madio na hibebaka sy hialana amin'ny fitsaran'Andriamanitra, eo amin'ny fomba fihetsikao ny torohevitry ny ray amandreninao na ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana.



Namaritra ny antony hanasan'ny ray aman-dreny, toa an'i Almà, ny zanany mba hibebaka ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manao hoe: "Fanehoam-pitiavana ny fanasana olona iray hibebaka. . . . Raha toa ka tsy manasa ireo hafa hiova isika na tsy mitaky ny tenantsika hibebaka dia tsy mahatanteraka ny adidy fototra izay tokony hifanaovantsika sy tokony ho ataontsika amin'ny tenantsika isika. Ireo ray aman-dreny mamela ny zanany hanota, sy ireo namana izay tsy mba manakana ny fanaovana ota ary ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana izay saro-tahotra dia miahiahy kokoa ny momba ny tenany noho izay mahasoa sy izay mahasambatra ireo izay azon'izy ireo ampiana. Marina fa indraindray ilay fanasana hibebaka dia raisina ho toy ny tsy fandeferana na toy ny fanafintohinana ary mety ankahalaina aza, kanefa rehefa tarihin'ny Fanahy izany fanasana izany, dia fihetsika maneho firaharahiana aminkitsimpo tokoa" ("Ilay Fanomezana Masin'ny Fibebahana," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2011, 39).

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao: *Ao anatin'ny fibebahana ny . . .* Ary rehefa mandalina ny Almà 39:9–14 ianao avy eo dia ataovy lisitra ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nampianarin'i Almà an'i Kôriantôna momba ny fibebahana izay afaka manampy anao hameno ity fehezanteny ity.

Ampiasao ireto fanontaniana sy fanazavana manaraka ireto hanampiana anao hahatakatra sy hampihatra ny torohevitr'i Almà. Ezaho fantarina sy soratana ny fahamarinana iray farafahakeliny ho an'ny andininy tsirairay izay voatanisa etsy ambany izay afaka manampy anao mameno ilay fehezanteny ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Tsy voatery mamaly ireo fanontaniana ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ianao.

Vakio ny Almà 39:9. (Soratra masina fehezina ny Almà 39:9. Azonao atao ny manisy marika izany amin'ny fomba miavaka mba hahafahanao mahita ny misy izany amin'ny manaraka.) Inona no ifandraisan'ny famoizana ny fahotana amin'ireo fehezanteny hoe "tsy fandehananao intsony araka ny fitsiriritan'ny masonao" sy hoe "lavo amin'ny tenanao ireny zavatra ireny"?

Amin'izao androntsika izao dia misy ifandraisany lehibe amin'ny tsy fahadiovana ara-pitondrantena sy ireo sary na fialam-boly izay ahitana pôrnôgrafia amin'ny endriny rehetra ny fehezanteny hoe "fitsiriritan'ny masonao." Ny fehezanteny hoe "lavo amin'ny tenanao," araka izay ampiasaina ao amin'ny Almà 39:9, dia midika hoe fandavana zavatra iray ho an'ny tenanao. Tsy mahazatra antsika ity fehezanteny ity amin'izao fotoana izao. Kanefa tamin'ny andron'i Joseph Smith dia vitsivitsy tamin'ny dikan'ny matoanteny hoe *mandà* ny hoe "mamafa; manafoana. . . . Manakana . . . ; mampijanona" (*Noah Webster's First Edition of an American Dictionary of the English Language,* facsimile ed. [1967]). Raha toa ka ampiharintsika amin'ny zavatra nampianarin'i Almà ny zanany lahy ireo famaritana ireo dia azontsika takarina ny maha zava-dehibe ny fanaisorana ny endriky ny tsy fahadiovana rehetra (anisan'izany ireo loharanon'ny fakampanahy mikasika ny tsy fahadiovana izay azontsika fehezina) eo amin'ny fiainantsika, mba "handovantsika ny fanjakan'Andriamanitra." Inona avy ireo fomba azon'ny tanora Olomasin'ny Andro Farany ametrahana fetra ho an'ny tenan'izy ireo mikasika ny fahadiovana ara-pitondrantena sy ny fisorohana ny fandehanana araka ny fitsiriritan'ny masony?

Vakio ny Almà 39:10. Ahoana no fomba anampian'ny fikatsahana ny fikolokoloana ara-panahy—avy amin'ny ray aman-dreny, mpitarika ny Fiangonana, ireo iray tampo, na namana azo itokisana—ny olona iray mba hibebaka?

Vakio ny Almà 39:11–12, ary saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no tsy maintsy ao amin'ny fon'ny olona iray mandritra ny dingan'ny fibebahana mba tsy hahatonga azy ho tarihin'ny devoly hania indray mba hanao fahotana?
- Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fialàna amin'ny fanaovana zavatra tsy misy dikany sy adaladala ny olona iray mba hibebaka?

Vakio ny Almà 39:13. Tadidio fa niteny tamin'i Kôriantôna i Almà fa tsy nety nino ny teniny ny Zôramita rehefa nahita ny fitondrantenan'i Kôriantôna (jereo ny Almà 39:11). Mety hanampy ny mahatakatra fa midika hoe fibebahana ny fehezanteny hoe "mitodika amin'ny Tompo" ao amin'ny soratra masina. Ny fibebahana dia "fampitodihana ny fo sy ny sitrapo amin'Andriamanitra" (Bible Dictionary, "Repentance").

- Inona araka ny eritreritrao no atao hoe mibebaka amin'ny "saina, sy ny hery ary ny tanjakao" rehetra?
- Rehefa nisy fiantraikany amin'ny hafa ny fahotantsika dia inona no tsy maintsy ataontsika ho isan'ny fibebahantsika?

- Rehefa nisy fahotana lehibe vita, nahoana no ilaina ny mikatsaka ny fanampian'ny eveka na ny filohan'ny sampana?

Mianatra isika avy amin'ny Almà 39:9–13 fa: **Tafiditra ao anatin'ny fibebahana ny fanekena sy ny fahafoizana ny fahotantsika ary ny fitodihana amin'ny Tompo amin'ny saina sy ny hery ary ny tanjatsika rehetra.**

Saintsaino ny zavatra tsapanao fa tian'ny Tompo hataonao mba hitodihan'ny fonao sy ny sitraponao any Aminy bebe kokoa. Inona no azonao atao amin'izao fotoana izao hanombohanao hanaraka ireny bitsika ireny?

Raha tsy misy an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany dia tsy ho azo natao ny namela anao tamin'ny fahotanao. Vakio ny Almà 39:15–16, 19, ary tadiavo ny fomba namaritan'i Almà ny fahalalana fa ho avy hanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao i Jesoa Kristy.

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony maha vaovao tsara ho an'i Kôriantôna sy ho anao ny fahatongavan'i Jesoa Kristy.

## Soratra Masina Fehezina—Almà 39:9

Nilaza izao manaraka izao ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo momba ny fanaovana tsianjery ny soratra masina:

"Sahala amin'ny mameno fitoerana antontan-taratasy amin'ny alalan'ny namana, ny soatoavina ary ny fahamarinana, izay azo antsoina amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra manerana izao tontolo izao ny fianarana, ny fisaintsainana, ny fandalinana ary ny fanaovana tsianjery ny soratra masina.

"Misy hery lehibe mety ho azo avy amin'ny fanaovana tsianjery ny soratra masina. Toy ny manomboka finamanana vaovao ny fanaovana tsianjery soratra masina. Toy ny famantarana olona iray vaovao izany, izay afaka manampy amin'ny fotoana ilana fanampiana, afaka mitaona fanahy sy mampionona, ary ho loharano ahazoana risim-po hanaovana ny fanovana izay ilaina" ("Ny Herin'ny Soratra Masina," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2011, 6).

**4.** Ezaho atao tsianjery ny Almà 39:9. Manorata ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina fehezanteny iray na roa mikasika ny fomba ahatongavan'ny fanaovana tsianjery ity andininy ity ho fiarovana ho anao amin'ny fotoan'ny fakam-panahy.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 39 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, eritreritra, sy hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 20: ANDRO 2

# Almà 40–41

## Fampidirana

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 40–41 dia nampianatra an'i Kôriantôna zanany ireo fotopampianarana manan-danja mifandray amin'ny fiainana aorian'ny fahafatesana i Almà. Nanazava i Almà fa hitsangana amin'ny maty avokoa ny olombelona rehetra amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Nampianatra an'i Kôriantôna momba ny tontolon'ny fanahy ihany koa i Almà, izay toerana hiandrasan'ireo nodimandry, araka ireo safidiny nataon'izy ireo teto ambonin'ny tany, ao amin'ny paradisa na ao an-tranomaizina mandra-pahatonga ny fitsanganana amin'ny maty. Nianatra avy tamin'i Almà i Kôriantôna fa tsy ny fitsanganan'ny vatana amin'ny maty ihany no hita ao anatin'ny drafitry ny famerenana amin'ny laoniny fa ny famerenana amin'ny laoniny ara-panahy ihany koa, izay ahazoantsika ireo vokatry ny asa sy faniriantsika. Farany dia nasongadin'i Almà fa ivon'ity drafitry ny famerenana amin'ny laoniny ity ny fahamarinana hoe tsy afaka mitondra amin'ny fahasambarana marina na oviana na oviana ny faharatsiana.

## Almà 40

### *Mampianatra an'i Kôriantôna momba ny tontolon'ny fanahy sy ny fitsanganana amin'ny maty i Almà*

Alaivo sary an-tsaina hoe manana namana izay vao niaina fahafatesan'ny olon-tiany iray ianao. Ny namanao, izay nahafantatra fa mpivavaka ianao, dia nanatona anao ary nametraka ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no mahatonga antsika ho velona indray? Iza no hitsangana amin'ny maty?
- Aiza no alehantsika aorian'ny fahafatesantsika, ary toy ny ahoana izany?
- Inona no atao hoe fitsanganana amin'ny maty? Inona no maha samihafa ny vatantsika mety maty sy ny vatantsika nitsangana tamin'ny maty? Inona no zava-mitranga aorian'ny fitsanganantsika amin'ny maty?

Afaka manampy antsika hamaly ireo fanontaniana ireo ny fampahalalana ao amin'ny Almà 40. Tohin'ny fampianaran'i Almà an'i Kôriantôna zanany lahy ity toko ity. Nanjary niasa saina tamin'ny fitsanganana amin'ny matin'ireo efa nodimandry i Kôriantôna.

**1.** Vakio daholo ireto andian-tsoratra masina telo ireto. Misafidiana andinin-tsoratra masina iray na maromaro,



ary hazavao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hamalian'ny zavatra nampianaran'i Almà ilay fanontaniana miaraka amin'izany. (Azonao atao ny miverina ao sy mamerina mijery ny zavatra nampianarin'i Almà tao amin'ireo andininy hafa raha toa ka manana fotoana ianao any amin'ny fiafaran'ny lesona.)

**a.** Halalino ny Almà 40:1–5. Inona no mahatonga antsika ho velona indray? Iza no hitsangana amin'ny maty?

**b.** Halalino ny Almà 40:6–7, 11–14. Aiza no alehantsika aorian'ny fahafatesantsika, ary toy ny ahoana izany? (Rehefa nampianatra i Almà fa ny fanahin'ny olon-drehetra dia "entina mody any amin'ilay Andriamanitra izay nanome aina azy" (Almà 40:11), dia nampianatra izy fa aorian'ny fahafatesantsika, kanefa mialoha ny fitsanganantsika amin'ny maty, dia hiverina any amin'ny tontolon'ny fanahy ny fanahintsika, fa tsy any amin'ny toerana hiafarana aorian'ny fitsaran'Andriamanitra. Mety ilaina ny mizaha ireo fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy ao amin'ny andininy 13 hahatakarana ny tian'i Almà holazaina rehefa nilaza ny hoe "haizina ivelany" izy. Manampy antsika ihany koa ny Almà 40:14 hahatakatra fa ity firesahana ny haizina ivelany ity dia milaza ny toetra alohan'ny fitsanganana amin'ny maty izay antsointsika matetika hoe tranomaizina fa tsy ilay toerana farany sy maharitra ho an'ireo voaozona.)

**d.** Halalino ny Almà 40:21–26. Inona no atao hoe fitsanganana amin'ny maty? Inona no maha samihafa ny vatantsika mety maty sy ny vatantsika nitsangana tamin'ny maty? Inona no zava-mitranga aorian'ny fitsanganantsika amin'ny maty?

Rehefa niresaka momba ny Almà 40:11–12 ny Filoha George Q. Cannon tao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia nanazava fa i Almà dia "tsy nikasa ny hampita ilay fiheverana fa ho ampandrosoana avy hatrany ho eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo. Hita mazava fa mampiasa izany andianteny izany amin'ny heviny voafaritra izy " (*Gospel Truth: Discourses and Writings of President George Q. Cannon,* sel. Jerreld L. Newquist, 2 vols. [1957–74], 1:73).

Mamaritra ny sasany amin'ireo zavatra hiainantsika aorian'ny fitsanganana amin'ny maty ny Loholona Neal A. Maxwell ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manao hoe:

"Amin'ny Andro Fitsarana dia . . . ho hita avokoa ny zavatra rehetra nisy teo amin'ny fiainana. Tsy hanana ilay antsoin'ny Bokin'i Môrmôna hoe 'fitadidiana mazava' sy 'fahatsiarovana tanteraka' ny hadisoantsika fotsiny ihany isika, fa ho resahina sy haverina amin'ny laoniny ihany koa ireo zavatra mahafaly. Hahafantatra 'tahaka ny ahafantarantsika ankehitriny' isika. (Almà 5:18; 11:43; jereo koa ny F&F 93:33.) Hahita 'mifanatrimaso' isika (Môsià 12:22; 15:29) noho ireo fampahalalana hifampizarana.

"Anisan'ireo 'zava-drehetra [izay] haverina amin'ny laoniny' (Almà 40:23) ny fahatsiarovana, anisan'izany ireo fahatsiarovantsika talohan'ny nahaterahana. Eritrereto ny fifaliana amin'ny maha-tafaray ao an-tsaina sy ao am-po amin'ny alalan'ireo fahatsiarovana ny toetra voalohany sy ny toetra faharoa.

"Ho tafahoatra tokoa ny fihetseham-po ho tonga amintsika, rehefa fantatr'ilay Andriamanitra tia fa tsara raha averina feno amin'ny laoniny ireo fahatsiarovana! Hampitombo bebe kokoa ny fankasitrahantsika noho ny halehiben'ny faharipon'Andriamanitra sy ny halemempanahy miaro fitiavana ao amin'ny sorompanavotana an-tsitrapo nataon'i Jesoa ireo fahamarinana maro be mahafaly ireo!" (*Lord Increase Our Faith* [1994], 103).

**Fanakambanana ny fanahy sy ny vatana indray, miaraka amin'ny zava-drehetra naverina amin'ny laoniny amin'ny endriny tomombana no atao hoe fitsanganana amin'ny maty.** Hijoro tsirairay eo anatrehan'Andriamanitra isika mba hotsaraina aorian'ny fitsanganana amin'ny maty. Vakio ny Almà 40:25–26, ary tadiavo ny famaritan'i Almà ny toetra farany an'ireo izay misafidy ny fahamarinana eto amin'ity fiainana ity rehefa ampitahaina amin'ny toetra farany an'ireo izany misafidy faharatsiana. Eritrereto ny fomba hiantraikan'ity andinin-tsoratra masina ity amin'ny fanirianao ho madio eo anatrehan'Andriamanitra.

Mifandray amin'ny fotoana eto an-tany ny fitsanganana amin'ny maty izay nolazain'i Almà araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 40:16–22. I Jesoa Kristy no nitsangana tamin'ny maty voalohany, ary fotoana vitsy taorian'izany dia narahin'ireo olo-marina niaina sy maty hatramin'ny andron'i Adama ka hatramin'ny fotoana nitsanganan'i Kristy tamin'ny maty (jereo ny Almà 40:16, 20; F&F 133:54–55). Ity fitsanganana


amin'ny maty ity no nantsoin'i Almà hoe "fitsanganana amin'ny maty voalohany."

## Almà 41

### *Mampianatra an'i Kôrintôna momba ny drafitry famerenana amin'ny laoniny i Almà*

Eo am-pieritreretana ireo fahamarinana nampianarin'i Almà momba ny fitsanganana amin'ny maty, ny tontolon'ny fanahy ary ny fitsarana, dia eritrereto ny fomba mety hitondran'izany fiantraikany amin'ny asa ataon'ny olona iray raha toa ka mino izao manaraka izao izy:

- Tsy misy fiainana aorian'ny fahafatesana.
- Hatao tonga lafatra isika aorian'ny fahafatesantsika na tsara na ratsy ny asantsika teto ambonin'ny tany.
- Homena valisoa tamin'ny asa tsara nataontsika sy hosaziana amin'ny asa ratsy nataontsika isika amin'ny fitsarana.



Mianatra isika ao amin'ny Almà 41 fa niroanahana tamin'ny zavatra nampianarin'ny olona sasany momba ny fitsanganana amin'ny maty i Kôriantôna. Asio marika ny teny hoe "naniasia" ao amin'ny Almà 41:1 ary vakio avy eo ity andininy ity hitadiavana izay nahatonga ireo olona sasany haniasia. Mba hanampiana anao ahatakatra ity andininy ity dia mety hanampy anao ny mahafantatra fa ny hoe: *manolana* ny soratra masina dia midika hoe mamadika, manova endrika, na manova ny dikan'ny soratra masina.

Inona ny lesona nolazain'i Almà fa andeha hazavainy amin'i Kôriantôna? ______________________________

______________________________________________

Midika hoe famerenana indray ny hoe: *Famerenana amin'ny laoniny*. Tian'i Almà ho takatr'i Kôriantôna fa manana lafiny ara-batana sy ara-panahy ny antsoina hoe "drafitry ny famerenana amin'ny laoniny" (Almà 41:2). Halalino ny Almà 41:2–5, ary asio marika ny zavatra haverina amin'ny laoniny ara-batana amintsika aorian'ny fahafatesana sy izay haverina amin'ny laoniny ara-panahy. (Midika hoe takiana ny teny hoe: *Ilaina* ao amin'ireo andininy ireo.)

Inona no lafiny ara-batan'ny drafitry ny famerenana amin'ny laoniny ao amin'ny Almà 41:2? ____________

______________________________________________

Ny lafiny ara-panahin'ny drafitry ny famerenana amin'ny laoniny voafaritra ao amin'ny Alma 40:3–5 dia ny hoe: **Haverina amin'ny laoniny amin'ny fahasambarana na amin'ny maha fahadiranovana isika arakaraka ny asa sy faniriantsika teto ambonin'ny tany.**

**2.** Erietrereto hoe asaina mampianatra ny Almà 40:3–5 ao amin'ny kilasin'ny Kilonga ianao. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hanazavanao amin'ny fomba tsotra ny fotopampianaran'ny famerenana amin'ny laoniny ara-panahy mba ho takatry ny ankizy ny zavatra nampianarin'i Almà.

Saintsaino ny fomba ahafahan'ny fahatakarana ny fotopampianaran'ny famerenana amin'ny laoniny hanana fiantraikany amin'ny asa ataonao sy ny fanirianao.

Manomboka miahiahy ho azy momba ireo vokatra izay ho avy noho ny fahotantsika sy ny safidy diso isika rehefa takatsika ny fotopampianaran'ny famerenana amin'ny laoniny. Misy fomba hanovana ireo vokadratsin'ny fanirian-dratsy sy ny asa ratsy ataontsika ve? Nanome antony tokony hanantenana ho an'i Kôriantôna i Almà. Vakio ny Almà 41:6–9, ary tadiavo izay azontsika atao mba hiverenan'ny fahatsarana sy fahasambarana amin'ny laoniny eo amintsika na dia efa nanao fahotana goavana aza isika. Azonao atao ny manisy marika ireo teny na fehezanteny ao amin'ny Almà 41:6–7 izay milaza fa tompon'andraikitra amin'ny zavatra azontsika amin'ny fitsanganana amin'ny maty isika. Eritrereto ity fanontaniana manaraka ity: Miainga avy amin'ireo andininy ireo, amin'ny lafiny manao ahoana no maha mpitsara ny tenantsika antsika?

Misy ireo izay mihevitra fa afaka miverina any amin'Andriamanitra kanefa tsy tompon'andraikitra amin'ny asan'izy ireo. Milaza izy ireo matetika fa ireo safidy feno fahotana ataony dia mahafinaritra. Matetika aza ireo izay manao fahotana dia toa manana endrika faly. Vakio anefa ny Almà 41:10, ary tadiavo ny zavatra nampianarin'i Almà momba ny faharatsiana. (Soratra masina fehezina ny Almà 41:10. Azonao atao

ny manisy marika izany amin'ny fomba miavaka mba hahafahanao mahita ny misy izany amin'ny manaraka.)

**3.** Mijoro ho vavolombelona amin'ny zanany i Almà ao amin'ny Almà 41:10 **fa "ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana."** Fenoy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto asa ampanaovina manaraka ireto:

**a.** Manorata momba ny antony hinoanao fa marina ny tenin'i Almà.

**b.** Manorata ohatra iray amin'ny fomba mety hiezahan'i Satana handresena lahatra antsika hino fa afaka mandika ny didin'Andriamanitra isika ary mbola ho faly ihany.

Soraty ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Almà 41:10 ity fanambarana nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson ity: "Tsy afaka manao zavatra ratsy ianao dia hahatsapa zavatra tsara. Tsy azo heverina izany!" ("A Message to the Rising Generation," *Ensign,* nôv. 1977, 30).

Manazava ny antony tsy mahamety ny hisian'ny fifaliana marina rehefa misafidy ny ratsy ny Almà 41:11. Mba hanampiana anao hahatakatra ity andininy ity dia fenoy ity tabilao eto ambany ity amin'ny fampifandraisana ireo andianteny tsirairay ao amin'ny soratra masina amin'ny heviny. (Rahefa vitanao izany dia hamarino amin'ny valiny any amin'ny faran'ny lesona ireo valintenin ao.)

| Teny na andianteny avy amin'ny Almà 41:11 izay mamaritra ny hoe ao amin'ny "toetra voajanahary" | Heviny |
|---|---|
| ___ 1. "Ao amin'ny toetry ny nofo" | A. Feran'ny fahotantsika sy vesaran'ny fahotantsika |
| ___ 2. "Ao amin'ny ngidin'ny afero sy ao amin'ny famatoran'ny heloka" | B. Tsy manana ny Fanahy Masina ho namana |
| ___ 3. "Tsy manana an'Andriamanitra eo amin'izao tontolo izao" | D. Tarihin'ny sitrapon'ny nofo |

Rehefa avy namaritra ireo teny ary ianao izao dia vakio indray ny Almà 41:11 mba hahafantarana ny antony tsy mahamety ny hisian'ny fifaliana rehefa misafidy ny ratsy. Mety hihevitra ireo izay misafidy ny faharatsiana fa faly izy ireo amin'izao fotoana izao, kanefa tsy maintsy hitarika azy ireo amin'ny alahelo sy ny tsy fahasambarana ireo safidin'izy ireo amin'ny farany.

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana araka ny eritreritrao no mifanohitra amin'ny toetry ny fahasambarana ny maha ao anatin'ny "toetra voajanahary," na "toetra araka ny nofo" na feno fahotana?

**b.** Inona avy ireo ohatra sasantsasany amin'ny antony ahitan'ireo tanora fa tsy manana ny Fanahy Masina ho namana ny tenany, voafetra na vesaran'ny fahotany, na tarihin'ny nofo?

Vakio ny Almà 41:12, ary tadiavo ilay fanontaniana izay napetrak'i Almà tamin'i Kôriantôna momba ny famerenana amin'ny laoniny. Vakio ary izao ny Almà 41:13, ary asio marika ny fomba namalian'i Almà ity fanontaniana ity.

**5.** Alaivo sary an-tsaina hoe miresaka amin'ny namana iray izay te ho faly ianao kanefa misafidy ny hanao zavatra mifanohitra amin'ny didin'Andriamanitra izy. Hazavao amin'ny fampiasana ny fotopampianaran'ny famerenana amin'ny laoniny izay nianaranao androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony tsy ahatsapany fifaliana sy ny zavatra tsy maintsy hatao mba ho tena faly izy.



Ny boomerang dia fitaovana iray izay nampiasaina tamin'ny fihazana tany ampiandohana. Noho ny endriny dia miverina any amin'ilay olona izay nanipy azy izany rehefa atsipy araka ny tokony ho izy. Vakio ny Almà 41:14–15, mba itadiavana ny fomba mety maha-tandindon'ny fahamarinana ampianarina ato amin'ireto andininy ireto ny boomerang. Azonao atao ny manisy marika ilay andianteny hoe "alefa any ivelany" ao amin'ny andininy 15. Mieritrereta fotoana iray nandefasanao hatsarana na famindrampo na hatsaran-toetra tany ivelany ka niverenan'izany taminao.

Inona no asa tsara tianao alefa any amin'ny hafa na fihetsika tsara tianao ho hitan'ny hafa eny aminao izay tianao hiverina aminao avy amin'ny hafa? Inona no tanjona azonao apetraka "handefasana any ivelany" ny iray amin'ireo fihetsika na asa ireo? ________________

________________________________________

## Soratra masina fehezina—Almà 41:10

**6.** Vakio ny Almà 41:10, ary soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao: *Raha toa ka tsy fahasambarana na oviana na oviana ny faharatsiana, dia ______________ hitondra antsika mandrakariva ho amin'ny fahasambarana.* Manorata teny eo amin'ny banga izay mameno tsara ilay fehezanteny. Tanisao amin'izay ireo asa tsara voafaritra

izay tsapanao fa mety ho azo hamenoana ihany koa ilay banga (ohatra, *manompo ny hafa*). Soraty ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny fomba nahitanao ny nitarihan'ireny asa tsara ireny ho amin'ny fahasambarana.

Zava-dehibe ny mahatakatra fa tsy tonga eo no eo, na tsy miova, na mitohy hatrany eto amin'ity tany ity ny fahasambarana azo avy amin'ny fahatsarana. Kanefa ho tonga amin'ny fomban'ny Tompo sy amin'ny fotoany mandrakariva amin'ny olona izay miaina mifanaraka amin'ny fampianarany sy ny didiny ny fiadanana sy ny fahasambarana.

**7.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 40–41 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

Valin'ny asa fampifandraisana: (1) d, (2) a, (3) b.

## FIZARANA 20: ANDRO 3

# Almà 42

## Fampidirana


Namarana ny toroheviny tamin'i Kôriantôna zanany izay sahiran-tsaina i Almà tamin'ny alalan'ny fanazavana fa nanome lalana iray ho an'ireo izay nanota mba hahazo famindrampo ny Ray any An-danitra. Nampianatra ny zanany lahy momba ireo sazy izay takian'ny lalàn'ny fahamarinana amin'ny fahotana izy. Nijoro ho vavolombelona izy avy eo fa "hanefa ny fitakian'ny fahamarinana" i Jesoa Kristy (Almà 42:15) amin'ny alalan'ny fijaliana ho an'ireo rehetra izay nanota ka vonona ny hibebaka. Manome famindrampo ho an'izay mibebaka ny Tompo.

### Almà 42:1–14

*Mampianatra an'i Kôriantôna momba ny lalàn'ny fahamarinana i Almà*

Akimpio mandritra ny fotoana fohy ny masonao ary saintsaino ny zavatra mety hitranga rehefa tonga ny Fotoam-pitsarana Farany ho anao. Rehefa manao jery todika ny fiainanao ianao, tianao ho ara-drariny ve ny Fitsarana Farany? Nahoana no mety ho tianao ho ara-drariny ny fitsarana anao?

Saintsaino ary izao ny dikan'ny teny hoe: *ara-drariny*. Ny famaritana iray ny teny hoe: *ara-drariny* dia ahitana ny hoe fahazoana izay mendrika ho anao; ny hevitry ny hoe fanaovana ny rariny dia mifandray amin'ny teny ao amin'ny soratra masina hoe *fahamarinana.*



**1.** Manaova sarin'ny fandanjana tsotra iray mitovy amin'ity aseho eto ity ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Dia soraty eo ambanin'ny sary nataonao avy eo ny teny hoe *Fahamarinana.* Mamelà toerana ao amin'ny diarinao hametrahana anarana hafa eo amin'ny sary nataonao rehefa manohy ny lesona ianao.

Mba hanampiana anao hahatakatra bebe kokoa ny hevitry ny hoe fahamarinana dia vakio izao fanazavana avy amin'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifo manaraka izao:



"Manana heviny maro ny hoe *Fahamarinana*. Fandanjana ny iray. Tandindon'ny fahamarinana fanta-daza ny fandanjana. . . .

". . . Ny hevitry ny fahamarinana amin'ny hoe ny zavatra mendrika ny olona iray no hevitra fototry ny soratra masina rehetra izay milaza fa tsaraina arakaraka ny asany ny olona" ("Sins, Crimes, and Atonement" [Lahateny natao tamin'ny mpampianatra ny filazantsara ao amin'ny DFF, 7 Feb 1992], 1).

Niahiahy momba ny fahamarinan'ny Fitsarana Farany i Kôriantôna zanakalahin'i Almà. Vakio ny Almà 42:1, ary asio marika ny zavatra noeritreretin'i Kôriantôna fa tsy ho rariny na tsy marina momba ny Fitsarana Farany.

Tadidio fa nahavita heloka isan-karazany i Kôriantôna ary goavana ny sasany tamin'izany (jereo ny Almà 39:2–3); noho izany dia mety naniry na nanantena i Kôriantôna fa tsy rariny ho an'ireo izay nanota ny ho voasazy.

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony heverinao fa hiahian'ireo izay tsy nibebaka tamin'ny fahotany momba ny fahazoana "izay mendrika ny olona iray" amin'ny fitsarana.

Miresaka momba ny ahiahin'i Kôriantôna i Almà ao amin'ny Almà 42:2–11 tamin'ny alalan'ny fanazavana

fa nitondra ny fahafatesana ara-batana (fisarahan'ny vatana sy ny fanahy amin'ny andro hahafatesan'ny vatana) sy ny fahafatesana ara-panahy (fisarahana amin'Andriamanitra noho ny fahotana) ny Fahalavoan'i Adama. Nilaina noho izany ny nanorina drafitra hanavotana ny olombelona eo amin'ny toetry ny fahalavoany. Raha tsy izany dia nijanona tamin'ny toetra feno fahotana sy fadiranovana mandrakizay ny olombelona rehetra araka ny fitakian'ny fahamarinana.

Vakio ny Almà 42:12, ary fantaro izay nahatonga ny olombelona hiditra tamin'izany toetry ny fahalavoany izany. Vakio izao ny Almà 42:14, ary asongadino ny vokatry ny tsy fankatoavana izay takian'ny fahamarinana. Soraty eo amin'ilay sarin'ny fandanjana nataonao tao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny hoe: *Fandikana—tsy fankatoavana na fahotana* eo ambanin'ny fandanjana havia ary *Sazy—alàna eo anatrehan'Andriamanitra* eo ambanin'ny fandanjana havanana.

**3.** Vakio ny Almà 42:18. Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Araka ny eritreritrao, inona no dikan'ny hoe "fanenenan'ny fieritreretana" (Almà 42:18)?

**b.** Inona no mety hitarihan'ny fanenenan'ny fieritreretana antsika mba hataontsika?

Avy amin'ny zavatra nampianarin'i Almà, inona no takian'ny lalàn'ny fahamarinana rehefa tsy mankatò ny olona iray? (Mitaky ny fahatsapantsika fanenenana sy ny fialàna eo anatrehan'Andriamanitra ny lalàn'ny fahamarinana noho ny tsy fankatoavantsika.) Saintsaino vetivety ny fotoana iray izay nahatsapanao fanenenana na alahelo na fialàn'ny Fanahy Masina noho ny zavatra ratsy vitanao. Alaivo sary an-tsaina izany fahatsapana izany hoe nitombo tamin'ny alalan'ny zavatra ratsy rehetra nataonao, dia alaivo sary an-tsaina avy eo izany fahatsapana izany hoe miaraka aminao mandrakizay.

Raha araka ny zavatra nampianarin'i Almà, moa tianao hifototra amin'ny fahamarinana fotsiny ihany ve ny Fitsarana Farany? Tianao hahazo izay "mendrika" ho anao amin'ireo zavatra ratsy nataonao ve ianao?

## Almà 42:15–31

### *Mampianatra an'i Kôriantôna mikasika ny drafitry ny famindrampo i Almà*

Anisan'ny toetra masin'Andriamanitra ny hoe marina Izy. Manameloka ny tsirairay amin'ny zanaky ny Ray any An-danitra ireo fitakian'ny fahamarinana ary tsy hamela antsika hitoetra miaraka Aminy ao amin'ny toetrantsika feno fahotana. Saintsaino izao fanontaniana manaraka izao: Misy fomba hamafana na hanadinoana ireny fitakian'ny fahamarinana ireny ve?

Betsaka ireo olona mety hamaly izany fahotana izany amin'ny filazana fa raha mibebaka isika dia tsy voatery hijaly amin'ireo vokatry ny fahotantsika. Na dia marina tanteraka aza ity valinteny ity dia zava-dehibe ny mahatakatra fa tsy rariny ny mamafa na mamela ireny vokatra ireny satria tsy voaefa ny fitakian'ny fahamarinana. Nampianatra i Almà fa tsy mety velively ny fanaisorana ny sazy kanefa tsy manefa ireo fitakian'ny fahamarinana. Vakio ny Almà 42:25, ary tadiavo izay mety hiseho raha toa ka manaisotra tsotra izao ireo vokatry ny fahotana ary mamela ny fahamarinana ho tsy voaefa Andriamanitra.

Saintsaino izao fanontaniana manaraka izao alohan'ny hamakianao ny Almà 42:15 mba hahitana ny valiny: Raha toa ka tsy azo esorina ny fanasaziana noho ny fahotantsika, ahoana no hananantsika fiadanan'ny fieritreretana sy haverina amin'ny laoniny eo anatrehan'Andriamanitra?

Mety hanampy ny mahatakatra fa midika hoe manefa na manonitra ireo fanasaziana takian'ny fahamarinana ny fehezanteny hoe "manefa ny fitakian'ny fahamarinana."

Mianatra isika ao amin'ny Almà 42:15 fa: **Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia nanefa ny fitakian'ny fahamarinana mba hahafahana manolotra famindrampo amin'izay mibebaka.** Fenoy ilay sarin'ny fandanjana nataonao tao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina amin'ny alalan'ny fanoratana hoe *Voaefa tamin'ny alalan'ny famindrampo—ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy* eo ambanin'ilay andianteny hoe "Sazy . . ."

***Fisaintsainana Fanontaniana***

Mitaky anao hieritreritra ny fisaintsainana ireo fanontaniana, izay mitarika ny fanirianao handalina ny soratra masina hitady ireo valiny avy eo. Manorata fanontaniana vitsivitsy hosaintsainina eo am-pandalinanao ny soratra masina. Hampitombo ny fahafahanao mahatakatra ireo fitsipika sy fahamarinana ary mampihatra azy ireny eo amin'ny fiainanao manokana ny fandalinana ny soratra masina.

**4.** Alaivo sary an-tsaina hoe manana namana ianao, izay miady mafy eo ambanin'ny zioga vokatry ny fahotany. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hanazavanao amin'ny namanao ny fomba anomezan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy famindrampo ho an'ny tsirairay amintsika.

Saintsaino hoe midika inona aminao ny fahalalana fa niaritra an-tsitrapo ireo sazy takian'ny fahamarinana teo amin'ny toeranao ny Mpamonjy mba hahafahanao mahazo famindrampo?

Vakio ny Almà 42:22–24, ary asio marika izay takian'i Jesoa Kristy mba hanomezana antsika famindrampo. Midika hoe tena mibebaka ilay andianteny hoe "mivalo marina" ao amin'ny andininy 24. Fenoy avy amin'ny zavatra novakianao ity fitsipika manaraka ity: **Raha mibebaka isika dia handray ______________amin'ny alalan'ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy.**

Niantso an'i Jesoa Kristy hoe mpanalalana ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Olona iray izay mijoro eo anelanelan'ny andaniny roa hanampiana azy ireo hamaha disadisa ny mpanalalana. Eo am-pamakianao ny teniny dia tadiavo ny halehiben'ny ilana ny Mpamonjy ahazoana famindrampo atolotra ny mpanota:



"Noho ny lalàna mandrakizay dia tsy azo omena ny famindrampo raha tsy hoe misy olona iray izay sady vonona no afaka ny hanonitra ny trosantsika sy handoa ny sarany ary handamina ireo fepetra takiana ho an'ny fanavotana antsika.

"Raha tsy misy ny mpanalalana, raha tsy misy ny namana iray, dia hihatra tanteraka amintsika tsy misy fanamaivanana ny fepetra takian'ny fahamarinana. Ny fanonerana feno ireo fandikan-dalantsika rehetra, na kely izany na be, dia ho tò amintsika tanteraka.

"Kanefa fantaro izao: Ny fahamarinana, ny fahamarinana be voninahitra dia manambara fa misy ny Mpanalalana. . . .

"Amin'ny alalany dia azo omena antsika tsirairay tanteraka ny famindrampony kanefa tsy mandika ny lalàna mandrakizain'ny fahamarinana izany. . . .

"Tsy mandeha ho azy anefa ny fanomezana ny famindrampo. Amin'ny alalan'ny fanekempihavanana atao Aminy no hahatanteraka izany. Hatao amin'ny alalan'ny fepetra takiany izany, ireo fepetra takiany feno falalahantanana" ("The Mediator," *Ensign,* mey 1977, 55–56).

Rehefa namarana ny firesahany niaraka tamin'i Kôriantôna i Alma dia namintina ny zavatra rehetra noezahiny nampianarina ny zanany lahy. Vakio ny Almà 42:26–31, ary asio marika ny zavatra nirian'i Almà ho an'i Kôriantôna rehefa nahatakatra ireo fotopampianarana sy fitsipika nampianariny azy tao anatin'ity toko izy. Jereo ny fanirian'i Almà ho an'ny Kôriantôna tsy hanadio tena amin'ny fahotany, fa hamela kosa ireo fotopampianarana sy fitsipika mifandray amin'ny fahamarinana, ny famindrampo, ary ny Sorompanavotana "hahazo vahana ao am-po[ny] (Almà 42:30). Ahoana



no ahafahanao mamela ireo fotopampianarana sy fitsipika ireo hahazo vahana ao am-ponao?

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny eritreritrao mikasika ity fanontaniana manaraka ity: Raha toa ka azonao atao ny maneho fankasitrahana mivantana amin'ny Mpamonjy noho ny fahafoizan-tenany ho anao, inona no holazainao Aminy?

Zava-dehibe ny mahafantatra fa nibebaka ary nanana fiantraikany lehibe teo amin'ny fitomboan'ny Fiangonana i Kôriantôna (jereo ny Almà 49:30).

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 42 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 20: ANDRO 4

# Almà 43–44

## Fampidirana

Nanomboka nanoratra momba ireo ady teo amin'ny Lamanita sy ny Nefita i Môrmôna ao amin'ny Almà 43–44. Nikambana tamin'ny miaramila Lamanita hanafika ny Nefita ny Zôramita raha mbola nanohy nitory tamin'ny vahoaka i Almà sy ireo zanany lahy. Nampiseho finoana sy fahendrena tamin'ny fiarovana ny Nefita tamin'ny miaramila Lamanita ny Kapiteny Môrônia. Nanome tombony ny Nefita tamin'ny ady ny fiomanan'ny miaramila sy ny finoana an'i Jesoa Kristy na dia tsy tambo ho isaina aza ny miaramila Lamanita. Nanao fanekempihavanan'ny fandriampahalemana sy



niala ivelan'ny tany nandritra ny vanim-potoana iray ny Lamanita rehefa fantany fa ho resy izy ireo.

## Almà 43

*Nanampy tamin'ny fanimbana ireo drafitry ny miaramila Lamanita ireo fiomanana sy paikadin'i Môrônia*

**1.** Tanisao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny sasantsasany amin'ireo drafitra, tanjona, ary fanirianao amin'ny hoavy. Eo am-panoratanao izany dia asio tanjona sy faniriana ara-panahy ao anatin'izany, toy ny asa fitoriana, fanambadiana any amin'ny tempoly, ary fianakaviana.

Rehefa vita ny fanoratanao lisitra dia fantaro ireo faniriana sy tanjona tsapanao fa tsy tian'i Satana hotanterahinao. Eo am-pandalinanao ny Almà 43–44 dia mitadiava fitsipika izay hanampy anao hanatanteraka ireo tanjona marina anananao na dia eo aza ireo ezaky ny fahavalo hanakana ny fahombiazanao.

Ao amin'ny Almà 43:1–4, dia maro tamin'ireo Lamanita no nikambana tamin'ny Zôramita tamin'ny fiomanan'izy ireo hanafika ny Nefita na dia teo aza ireo ezaka nataon'i Almà hitondra indray an'ireo Zôramita ho ao amin'ny Fiangonana. Vakio ny Almà 43:5–8, ary fantaro ireo "drafitra" an'ilay mpitarika Lamanita antsoina hoe Zerahemnà. Azonao atao ny manasongadina ireo tanjon'i Zerahemnà rehefa hitanao izy ireo. Saintsaino ny fomba mety hampitovy ireo drafitra na fanirian'i Zerahemnà ho an'ny Nefita amin'ireo drafitra mety hananan'i Satana ho anao.

Vakio avy eo ny Almà 43:9–11, ary fantaro ireo drafitra na fanirian'ny Nefita. Saintsaino ankehitriny ny fomba mety hampitovy ireo faniriana ireo amin'ireo faniriana tsara ananananao.

Nanomana ny vahoakany hiaro ny taniny sy ny fianakaviany tamin'ireo tanjona ratsin'i Zerahemnà ny Kapiteny Môrônia, ilay kapiteny lehiben'ireo miaramila Nefita. Vakio ny Almà 43:16–19 mba hitadiavana ireo fiomanana nataon'ny Kapiteny Môrônia sy ny Nefita.

**2.** Ataovy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny sarin'ny roa amin'ireo zavatra nomen'i Môrônia ny lehilahiny hanomanana azy ireo amin'ny ady.

Vakio ary izao ny Almà 43:20–22 ahitana ny fihetsiky ny Lamanita tamin'ny fiomanan'ny Nefita. Saintsaino ny antony nihemoran'ny Lamanita tamin'ny fanafihan'izy ireo na dia tsy tambo ho isaina aza izy ireo raha mitaha amin'ny Nefita.

Eo am-pandalinantsika ireo tantaran'ny ady ara-batana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia azontsika ampitoviana amin'ny ady ara-panahy atrehantsika izy ireny.

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona no zavatra azonao ianarana avy amin'ireo fiomanan'i Môrônia tamin'ny ady mikasika ny fiarovana ny tenanao amin'ireo fanafihana sy fakampanahin'i Satana?

Taorian'ny nihemoran'ny Lamanita dia tsy fantatr'i Môrônia ny toerana manaraka hotafihan'ny fahavalony. Raha toa ka i Môrônia ianao, inona no mety hataonao hiomanana amin'ny fanafihana hafa? ______

______________________________

Vakio ny Almà 43:23–24 ahitana ny zavatra nataon'i Môrônia.

Afaka mianatra izao manaraka izao avy amin'ny ohatra nasehon'i Môrônia isika: **Afaka manana fahafahana hiaro ny tenantsika bebe kokoa amin'ny fahavalo isika rehefa mikatsaka sy manaraka ny torohevitra avy amin'ny mpaminany.** Tahaka ny nahafahan'ny mpaminany Almà niteny tamin'i Môrônia ny fomba hiarovana ny Nefita tamin'ny fahavalony dia mampianatra antsika mba hiaro ny tenantsika amin'ireo fanafihana ara-panahy ataon'ny fahavalo ireo mpaminan'ny Tompo ankehitriny.



**4.** Manorata fehezanteny vitsy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina momba ny torohevitra avy amin'ny mpaminany izay nomena tamin'izao andro farany izao, izay afaka manampy anao hiaro ny tenanao amin'ireo drafitr'i Satana sy ny fakam-panahiny raha toa ka henoinao izany.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 43:25–43 dia niasa araka ny fahalalana noraisina avy tamin'ny mpaminany i Môrônia tamin'ny alalan'ny fizarany ny tafiny sy ny fanafenany azy ireo teny amin'ny lalan'ireo Lamanita izay nanatona. Rehefa nanatona ny Lamanita dia nanafika ny antsasak'ireo miaramila Nefita ary nitondra ny Lamanita tany amin'ny reniranon'i Sidôna izy ireo. Nanafika ny antsasany tamin'ny miaramila Nefita taorian'ny niampitan'ny Lamanita ilay renirano. Rehefa hitan'ireo Lamanita fa voahodidina izy ireo dia niady tamin'ny habibiana tokoa ka dia nanomboka tsy nahatoky teny ny Nefita.

Afaka mianatra fitsipika mikasika ny fomba hanatanterahana ireo tanjona tsara sy ireo fanirianao avy amin'ny fandalinana ny ambiny amin'ny Almà 43 ianao. Vakio ny Almà 43:43–54, ary ampitahao ny loharanon'ny tanjaky ny Lamanita sy ny Nefita. Saintsaino izay naha-tsara kokoa ny antony niadian'ny Nefita raha ampitahaina amin'ny an'ny Lamanita. Rehefa mampitaha an'i Môrônia sy ny miaramila mahatokiny amin'ny adintsika amin'ny fahavalo isika dia mianatra fa **hanampy antsika hanatanteraka ireo drafitra sy faniriana tsara ananantsika Andriamanitra rehefa mangataka fanampiana Aminy amin'ny fanatontosana izany isika.**

**5.** Manorata momba ny fotoana iray izay niainanao ny fanampian'ny Tompo tamin'ny fanatontosanao ireo tanjona tsara nananananao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina.

## Almà 44

*Nandidy ny Lamanita hanao ny fanekempihavanan'ny fandriampahalemana ny Kapiteny Môrônia taorian'ny fandresen'ny Nefita.*

Tadidio fa ao amin'ny Almà 43 dia nandidy ny lehilahiny hampitsahatra ny ady ny Kapiteny Môrônia rehefa nahita fa voahodidina sy natahotra ny Lamanita. Vakio ny tenin'i Môrônia ao amin'ny Almà 44:1–6, ary tadiavo hoe ho an'iza no nanoloran'i Môrônia ny fandresen'ny Nefita.

**6.** Miainga avy amin'ny fijoroan'i Môrônia ho vavolombelona ao amin'ny Almà 44:4–6 dia soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fahamarinana iray izay mety hanampy anao hiatrika ireo adinao ara-panahy.

Nampanantena ny zatovo ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa hiaro azy ireo ny Tompo rehefa mijanona ho mahatoky izy ireo. Eo am-pamakianao ny teniny dia asongadino ireo ampahany izay mankahery anao sy izay tsapanao fa azo ampiharina aminao.



"Mihalehibe ao amin'ny tanin'ny fahavalo ny zatovo ankehitriny miaraka amin'ireo fitsipika ara-pitondrantena izay mivaralila fatratra. Kanefa amin'ny mahampanompon'ny Tompo ahy dia mampanantena anareo aho fa ho voaro sy hanana fitaovam-piarovana amin'ireo fanafihana ataon'ny fahavalo ianareo *raha* toa ka mihaino ny bitsika izay avy amin'ny Fanahy Masina.

"Manaova fitafy maotina; miresaha amim-panajana, mihainoa hira manandratra ny fanahy. Halaviro ny fahavetavetana sy ireo fomba fanao manimba ny tena manokana. Raiso an-tanana ny fiainanareo ary miezaha ho mahatoky. Hotahiana tokoa ianareo satria miantehitra mafy aminareo izahay. Mitsinjo anareo hatrany ny Ray any An-danitra be fitiavana" ("Torohevitra ho an'ny tanora," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2011, 18).

Nanambara i Zerahemnà ao amin'ny Almà 44:7–10 fa tsy nino izy fa Andriamanitra no loharanon'ny tanjaky ny Nefita. Nanaiky ny hanarian'ny Lamanita ny fitaovam-piadiany izy, kanefa nandà ny hanao ny fanekempihavanan'ny fandriampahalemana. Vakio ny navalin'i Môrônia ao amin'ny Almà 44:11. Eritrereto ny antony maha zava-dehibe tamin'i Môrônia ny nampanaovana ny Lamanita izany fanekempihavanan'ny fandriampahalemana.

Raha toa ka betsaka ny Lamanita nanao ny fanekempihavanan'ny fandriampahalemana dia nanangona ny ambin'ny olony hifanditra tamin'ny miaramilan'i Môrônia kosa i Zerahemnà. Rehefa nanafika ny Lamanita ka nanomboka namono azy ireo ny Nefita dia nahita i Zerahemnà fa mananontanona ny faharinganan'ny miaramilany ka nampanantena ny hanao ny fanekempihavanan'ny fandriampahalemana (jereo ny Almà 44:12–20).

**7.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba ampiharanao ny sasany amin'ireo fitsipika sy fahamarinana izay nianarana tato amin'ity lesona ity hiarovanao ny tenanao amin'ny fakam-panahy sy ny fanafihan'ny fahavalo sy hanatontosanao ireo tanjona sy faniriana tsara ananana.

**8.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 43–44 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 21: ANDRO 1

# Almà 45–49

## Fampidirana

Taorian'ny nanomezan'i Almà ireo torolalany farany ho an'ny Helamàna zanany dia nandao ny vahoakan'i Nefia izy ary tsy heno intsony ny momba azy. Lasa mpitarika ara-panahy sy mpitarika ny tafika an'ny Nefita i Helamàna sy ny Kapiteny Môrônia nandritra ireo fotoan-tsarotra taorian'izay. Nanohy tamim-pitiavantena ny fanirian-dratsiny i Amalakia, ilay mpitarika Lamanita, izay nampiasa tetik'ady nitovy tamin'ny an'ny devoly. Nanomana ny vahoakany ho mahatoky tamin'Andriamanitra nandritra ireny fotoana tena nampidi-doza ireny ny Kapiteny Môrônia.



### Almà 45

*Mino ny tenin' i Almà rainy i Helamàna ary manomboka ny asa fanompoany*

Tadidio ny dinidinika nataonao niaraka tamin'ny ray aman-dreny na mpitarika iray ao amin'ny fisoronana. Eritrereto ireo karazana fanontaniana napetraka taminao. Nametraka fanontaniana telo lehibe tamin'i Helamàna i Almà talohan'ny nandaozany ilay tanàna. Vakio ny Almà 45:2–7, ary fantaro sy asio marika ireo fanontaniana ireo. (Ireo "teny" nolazain'i Almà ao amin'ny andininy 2 dia azo jerena ao amin'ny Almà 37:1.) Eritrereto ny fomba mety hamalianao ireo fanontanian'i Almà manao hoe: Mino ny soratra masina ve ianao? Mino an'i Jesoa Kristy ve ianao? Hitandrina ny didy ve ianao?

Niresaka taminy momba ny hoavin'ny Nefita i Almà taorian'ny nanambarany ny fijoroany ho vavolombelona. Naminany momba ny faharavany sy ny faharavan'ny olona hafa izay ho masaka ao amin'ny fahotana eto amin'ity tany nofinidy ity izy. Vakio ny Almà 45:16, ary saintsaino ity fahamarinana manaraka ato amin'ity andininy ity: **Tsy afaka hijery ny fahotana amin'ny hamoram-po faran'izay bitika indrindra ny Tompo.**

Mba hanampiana anao hahatakatra ity fitsipika ity dia tadidio fa tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy no nanefany ny fahotantsika rehetra raha toa isika ka mibebaka sy mikatsaka ny famelan-kelony. Tsy afaka manaiky ny fahotana Andriamanitra na dia ny faran'izay bitika aza. Tsy voatery hijaly noho ny fahotantsika anefa isika raha toa ka mibebaka satria nanana fahavononana ny hijaly ho antsika ny Mpamonjy.

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:31–33. Azonao atao ny manoratra ireo andininy ireo ho toy ny soratra masina mifandray eo akaikin'ny Almà 45:16.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona avy ireo

fahatsapana anananao mikasika ny Mpamonjy rehefa mieritreritra momba ny fahavononany hanefa ny fahotantsika ianao?

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 45:20–24 dia nanomboka ny asa fanompoany tamin'ny nahampaminany sy mpitarika ny Fiangonana azy i Helamàna. Nanendry mpisorona sy mpampianatra nanerana ireo fiangonana izy sy ireo mpitarika ny Fiangonana hafa, kanefa nandà ny hihaino ireo mpitarika azy ireo ny vahoaka noho ny fifandirana sy ny fiavonavonana tsy nitsaha-mitombo teo amin'izy ireo.

## Almà 46

### *Manangona ireo olo-marina mba hiaro ny zon'izy ireo sy ny fivavahany ny Kapiteny Môrônia*

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 46:1–7 dia nisafidy ny handao ny Fiangonana sy hanaraka lehilahy ratsy fanahy iray izay nantsoina hoe Amalikià, izay te ho mpanjaka ny olona sasany izay tezitra tamin'i Helamàna sy ireo rahalahiny. Vakio ny Almà 46:8–10, ary tadiavo ireo lesona tian'i Môrmôna ianarantsika avy amin'ity toe-java-nisy nampidi-doza ity.



Mba hanampiana ny fiarovana ny fahafahan'ny vahoaka dia nandrovitra ny kapaotiny i Môrônia, ilay kapiteny lehiben'ny miaramila Nefita ary naka vorotra tamin'izany izy hanamboarana ny "fanevan'ny fahafahana" hanangonana ny vahoaka hiarovana ny fahafahana.

Vakio ny Almà 46:12–13, ary asio marika ny zavatra nosoratan'i Môrônia teo amin'ilay fanevan'ny fahafahana. Fantaro ny fomba niomanany hanolorana ny fanevan'ny fahafahana tamin'ny vahoaka. Saintsaino ny zavatra ampianarin'ireto andininy ireto momba ny toetran'i Môrônia. Vakio ihany koa ny Almà 48:11–13, 17–18 hahazoana hevi-baovao bebe kokoa momba ny toetran'ny Kapiteny Môrônia. Azonao atao ny manisy marika ireo toetran'i Môrônia izay tianao ampitomboina bebe kokoa eo amin'ny fiainanao manokana.

**2.** Manorata toetran'i Môrônia iray na maromaro avy ao amin'ny Almà 46:12–13 sy Almà 48:11–13, 17–18 ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Hazavao ny antony tianao hananana ireo toetra ireo sy ny fomba hiezahanao mafy ampitomboana izany.

Vakio ny Almà 46:18–22, ary tadiavo ny fomba namalian'ny vahoaka ny fanasan'i Môrônia hiady ho an'ny fahafahana. Fampanantenana manokana nataon'ity andiana Nefita ity tamin'Andriamanitra ilay fanekempihavanana voafaritra ao amin'ny andininy 20.

Araka ny voalaza ao amin'ny Almà 46:20, nahoana no tian'i Môrônia hanao fanekempihavanana tamin'Andriamanitra ny Nefita mba hiarovan'izy ireo ny zony sy ny fivavahany? ____________________

____________________

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 46:28–37 dia azon'ireo Nefita izay nikambana tamin'ny Kapiteny Môrônia ho babo ny miaramilan'i Amalikià. Nandositra anefa i Amalikià sy ireo olona vitsy hafa ka nikambana tamin'ny Lamanita. Maro tamin'ireo mpanara-dia an'i Amalikià izay babo no nanao fanekempihavanana mba hanohana ny fahafahana. Novonoina ho faty ireo izay tsy nety nanao izany. Afaka mianatra ity fitsipika ity isika avy amin'ny zavatra niainan'ny Nefita: **Hampatanjaka sy hitahy antsika Andriamanitra rehefa mahery fo amin'ny fitandremana ny didy isika tahaka izay nataon'ny Kapiteny Môrônia.**

Taorian'ny ady dia nasain'ny Kapiteny Môrônia hatsangana teny amin'ny tilikambon'ny Nefita tsirairay ilay fanevan'ny fahafahana mba ho "faneva" na fampahatsiahivana ny zavatra nanaovan'izy ireo fanekempihavanana fa hiadiana sy harovana (jereo ny Almà 46:36).

Niteny izao ny Fiadidiana Voalohany ao amin'ny kiboky *Jeunes, Soyez Forts* hoe: "Ry zatovolahy sy zatovovavy malala, manana fahatokiana lehibe aminareo izahay.

Zanakalahy sy zanakavavy malalan'Andriamanitra ianareo ary mieritreritra anareo Izy. Tonga teto amin'ity tany ity tamin'ny fotoanan'ireo fahafahana sy fanamby goavana ianareo. Hanampy anareo amin'ireo safidy lehibe ataonareo ankehitriny sy mbola hataonareo amin'ny hoavy ireo fenitra ato anatin'ity kiboky ity. Mampanantena izahay fa hotahiana amin'ny fananana ny Fanahy Masina ho namana ianareo raha mitandrina ireo fanekempihavanana izay nataonareo sy ireto fenitra ireto, hatanjaka bebe kokoa ny finoana sy ny fijoroanareo ho vavolombelona ary hankafy ny fahasambarana izay mitombo hatrany ianareo" ([2011], ii).

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny hafatry ny Fiadidiana Voalohany ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona avy ireo fampanantenana natao taminao raha toa ka mitandrina ireo fanekempihavanan'ny filazantsara izay nataonao sy ireo fenitra ao amin'ny kiboky *Jeunes Soyez Forts*?

**b.** Jereo ny takelaka fanoroam-pejy ao amin'ny kiboky *Jeunes Soyez Forts*, ary misafidiana iray amin'ireo fenitra ao amin'ny kiboky. Tamin'ny fomba ahoana no nitahiana ny fiainanao tamin'ny fitandremana io fenitra io, na amin'ny fomba ahoana no mety hitahian'izany ny fiainanao amin'ny hoavy?

## Almà 47

### *Lasa mpanjakan'ny Lamanita tamin'ny alalan'ny famadihana sy famitahana i Amalikià*

Inona no hataonao raha toa ka any amin'ny ady ianao ary misy olona iray manolotra boky anao, izay manambara ny drafitry ny fahavalo handringanana anao sy ny fianakavianao? Afaka manome hevi-baovao mikasika ireo drafitry ny fahavalo, ilay devoly ny Almà 47.

Mirakitra ireo famitahana maro izay nampiasain'i Amalikià ahatongavana ho mpanjakan'ny Lamanita ny Almà 47 mba hahafahany mitarika ny Lamanita hiady tamin'ny Nefita. Ny hitondra ny Nefita rehetra ho babo ary izy ho mpanjakan'izy ireo no tanjony farany ambony.

Nandeha tany amin'ny tanin'i Nefia, izay nitoeran'ny Lamanita aloha i Amalikià sy ny mpanara-dia azy. Naniry ny handeha hiady tamin'ny Nefita ilay mpanjakan'ny Lamanita, kanefa maro tamin'ny vahoakany no natahotra. Noho izany dia nangataka an'i Amalikià hanery ireo Lamanita saro-tahotra handeha hiady ny mpanjaka. Nandeha tany amin'ilay havoana hialofana izay nitsoahan'ireto vahoaka ireto i Amalikià, kanefa tsy te hanampy ny mpanjaka izy. Te ho lasa mpitarika ireo Lamanita saro-tahotra tamin'ny alalan'ny famitahana an'i Lehôntia, ilay mpitarika azy ireo izy, mba hidina ilay tendrombohitra niafenany. Hikatsaka ny hamono an'i Lehôntia tamin'ny poizina i Amalikià rehefa tafidiny izy.

Halalino ny Almà 47:10–12. Impiry i Amalikià no naka fanahy an'i Lehôntia mba handao ny toerana niaro azy tamin'ny loza? Vakio ihany koa ny Almà 47:17–19. Tamin'ny fomba ahoana no namonoan'i Amalikià an'i Lehôntia taorian'ny nidinany ilay havoana?



Nampianatra ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa mety hanandrana hanimba ny finoantsika sy ny fijoroantsika ho vavolombelona amin'ny alalan'ny fakana fanahy antsika handao ireo toeram-piarovana ara-panahy antsika sy hankany amin'ny faritry ny devoly ny olona amin'izao fotoana izao manao hoe: "Mamaky momba an'i Lehôntia sy ny lehilahiny izay nilasy teo ambony havoana isika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Namporisika mafy an'i Lehôntia 'hidina' sy hihaona taminy tao amin'ny lohasaha ilay Amalikià mpamadika. Rehefa nandao ny toerana avo anefa i Lehôntia dia voapoizina "tsikelikely" izy mandra-pahafatiny, ary nianjera teo am-pelatanan'i Amalikià ny miaramilany (jereo ny Almà 47). Manentana antsika hiala amin'ny toerana avo amin'ny alalan'ny hevitra fandresen-dahatra sy fanamelohana ny olona sasany. Any amin'izay misy ny hazavana ny toerana avo. . . . Izany no toerana azo antoka. Tena misy izany ary ao no misy ny fahalalana" ("Christian Courage: The Price of Discipleship," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2008, 74).

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona avy ireo fomba vitsivitsy izay hikatsahan'i Satana "hampidinana antsika" avy amin'ireo toerana avo ara-panahy?

**b.** Mieritreritra ve ianao fa miezaka ny mitaona ny tanora hampihen-danja ny fenitra arahin'izy ireo "tsikelikely" i Satana? Inona no ohatra iray izay maneho ny fomba iezahany hanaovana izany?

**d.** Inona no zavatra manokana azonao atao hijanonana amin'ny toerana avo ara-panahy? Inona ny fenitry ny filazantsara izay ilainao hifantohana mba tsy hampihenanao "tsikelikely" ny lanjan'izany fenitra izany?

Tahaka ny nataony tamin'i Amalikià dia **Mikatsaka ny handringana antsika sy hitaona antsika tsikelikely mba hampihen-danja ny fenitra arahintsika i Satana.**

## Almà 48–49

### *Mitaona ny Nefita hampatanjaka ny tenan'izy ireo ara-batana sy ara-panahy ny Kapiteny Môrônia*

Raha mbola niezaka ny hahazo fahefana tamin'ny alalan'ny "famitahana sy fanambakana" tamin'ny Lamanita sy ny Nefita i Amalikià (Almà 48:7) dia niasa

tamin'ny fomba hafa i Môrônia. Vakio ny Almà 48:7–10, ary tadiavo ny zavatra nataon'i Môrônia rehefa fantany fa hitarika ny miaramila Lamanita tsy ho ela hiady amin'ny Nefita i Amalikià. Azonao atao ny manisy marika ireto hevitra ireto: (1) Nanomana ny vahoaka ho mahatoky tamin'Andriamanitra nandritra ny fotoan-tsarotra izy (jereo ny andininy 7). (2) Nanampy ny vahoaka hampatanjaka ireo sehatra naha osa azy ireo izy (jereo ny andininy 8–9). (3) Nanomana ny vahoaka hanohana sy hiaro ireo "foto-kevitry ny Kristiana," na ny Fiangonana izy (jereo ny andininy 10).

Manome torohevitra antsika ahafahana manampy antsika hiomana amin'ny fotoan-tsarotra, tahaka ny nanampian'i Môrônia ny vahoakany tamin'ny fotoan-tsarotra sy hiaritra izany ireo mpitarika ny Fiangonana amin'izao androntsika izao. Soraty ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Almà 48:7–10 ity fahamarinana manaraka ity: **Ho voaomana amin'ireo zava-tsarotra eo amin'ny fiainana isika rehefa manaraka ny torohevitry ny mpanompon'ny Tompo.**

Nanao drafitra ny hanafika ny tanànan'i Amônihà ny Lamanita tamin'ny voalohany ary avy eo dia ny tanànan'i Nôà, izay tanana tsy dia nanana fiarovana natanjaka. Vakio ny Almà 49:4–5 ahitana ny fihetsiky ny Lamanita rehefa nahita ny fiomanan'ny Nefita tao amin'ny tanànan'i Amônihà izy ireo. Nanapa-kevitra ny tsy hanafika ny tanàna ny Lamanita satria voaomana tsara tamin'ny fanafihana izany. Vakio ny Almà 49:12–14 ahitana ny fihetsiky ny Lamanita rehefa niezaka nanafika ny tanànan'i Nôà.

**5.** Makà fotoana vitsy hijerena indray ny lahateny maromaro avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana vao haingana indrindra (ao amin'ny *Ensign* na *Liahona*). Fintino ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny torohevitra nomen'ny tsirairay amin'ireo mpandaha-teny. Amin'ny fomba ahoana no hanampian'izany torohevitra izany anao hiomana amin'ny fotoan-tsarotra eo amin'ny fiainanao? Ahoana no ahafahanao mampiasa izany torohevitra izany amin'ny fiainanao?

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 45–49 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

**FIZARANA 21: ANDRO 2**

# Almà 50–52; 54–55

## Fampidirana

Nanohy nanampy ny vahoakany hiaro ny tenan'izy ireo tamin'ny alalan'ny fampatanjahana ireo tanànany ny Kapiteny Môrônia. Nahomby hatrany ny Nefita teo anatrehan'ny Lamanita mandra-panombohan'ny fikomiana sy ny faharatsiana mampalemy azy ireo. Na dia teo aza ny ezaka nataon'i Môrônia hampiraisana sy hiarovana ny vahoaka dia very ny maro tamin'ny tanàna Nefita noho ny fifandirana teo amin'izy samy izy. Naka indray ny tanànan'i Mioleka i Môrônia sy i Teankoma ary i Lehia taty aoriana ary naharesy ny iray tamin'ireo tafika Lamanita lehibe indrindra izy ireo. Niezaka ny hifampiraharaha tamin'ny fifanakalozana sambobelona i Amôrôna, izay mpitarika ratsy fanahin'ny Lamanita, kanefa nanafaka ireo sambobelona Nefita tsy nisy fandatsahan-drà i Môrônia. Nijoro tsy nihozongozona i Môrônia ary tsy nifanaraka tamin'i Amôrôna sy ny mpanara-dia azy.

## Almà 50–51

### *Natanjahana sy nampiroboroboana ny Nefita rehefa nankatò ny Tompo sy niray hina teo anivon'izy samy izy*

Mieritrereta fotoana iray teo amin'ny fiainanao izay niadianao mafy handresy zava-tsarotra iray, toy ny fakam-panahy, olana ara-pahasalamana, olona tany an-tsekoly, na olona teo amin'ny fifandraisana tamin'ny namana na olona ao amin'ny fianakaviana. Naniry ny hanana tanjaka ara-panahy bebe kokoa ve ianao tamin'izany fotoana izany?



Hoy ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany hoe: "Rehefa mihamatanjaka ireo hery ratsin'ny [fahotana] manodidina antsika dia na toy ny ahoana na toy ny ahoana ny tanjaka ara-panahy ampy teo aloha dia tsy ho ampy izany. Ary na toy ny ahoana na toy ny ahoana ny fitomboana ara-panahy noeritreretintsika fa azontsika nananana teo aloha dia hisy fitomboana lehibe kokoa natao ho antsika. Samy hitombo amin'ny hafainganam-pandeha izay tsy homentsika lanja ka hizakantsika ny vokany ny filàna tanjaka ara-panahy sy ny fahafahana mahazo izany" ("Always," *Ensign,* ôkt. 1999, 9).

Afaka manampy antsika hianatra ity fahamarinana ity ireo fanomanana nataon'ny Nefita ho an'ny adin'izy ireo: **Afaka mandresy ireo olana eo amin'ny fiainana isika rehefa manomana ara-panahy ny tenantsika.**

Avereno jerena ny Almà 50:1–6. Inona no nataon'ireo Nefita hananganana fiarovana matanjaka manodidina ny tanànan'izy ireo? Vakio ny Almà 50:7. Inona ihany koa no nataon'ny Nefita hiomanana ho amin'ny ady?

Nanangana fiarovana matanjaka izay nanome tanjaka azy ireo tamin'ny fotoan'ny fahasarotana lehibe ny Nefita. Afaka manaraka ny ohatr'izy ireo isika amin'ny fanorenana tanjaka ara-panahy amin'izao fotoana izao mba hananantsika ny hery ilaintsika amin'ny fotoan-tsarotra. Voaorina amim-pahombiazana tokoa amin'ny alalan'ny ezaka mitohy isan'andro ny hery ara-panahy. Manjary matanjaka ara-panahy isika amin'ny alalan'ireo zavatra toy ny fandalinana ny soratra masina sy ny vavaka isan'andro, fanatrehana ireo fivorian'ny Fiangonana, fanatontosana ny antsontsika, fanehoana ny fankasitrahantsika an'Andriamanitra, fanompoana ny hafa, ary fihainoana sy fanatanterahana ny torohevitr'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana.

**1.** Fenoy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanambarana manaraka ity:

**a.** *Afaka manorina tanjaka ara-panahy lehibe kokoa aho amin'ny alalan'ny* (ataovy lisitra ireo zavatra azonao atao).



**b.** *Hataoko mitohy kokoa isan'andro ny* (misafidiana iray amin'ireo zavatra ao anatin'ny lisitra vao nataonao teo) _______________ *ny hanorina tanjaka ara-panahy.*

Vakio ny Almà 50:19–23, ary tadiavo ny fomba nitahian'ny Tompo ireo Nefita izay nahatoky taminy na dia teo aza ireo toe-java-nisy sarotra tamin'ny andron'izy ireo. Azonao atao ny manoratra eo akaikin'ireto andininy ireto ity fitsipika ity: **Mitondra fitahiana na dia eo anivon'ny hotakotaka aza ny fahatokiana amin'Andriamanitra.** Jereo ny Almà 50:21 ahitana ny zavatra nolazain'i Môrmôna fa nahatonga ny fahaverezan'izany fitahiana izany teo amin'ny Nefita.

Lasa lehiben'ny mpitsaran'ny Nefita i Pahôrana nandritra ny fotoana nitarihan'ny Kapiteny Môrônia ny Nefita tamin'ireo adiny tamin'ny Lamanita. Lehilahy marina izy, ary niasa mba hampitoetra ny fandriampahalemana teo amin'ny tany izy. Naniry ny hanova ireo lalàn'ny Nefita anefa ny andiana Nefita iray mba hotantanan'ny mpanjaka izy ireo fa tsy hampiasa rafitry ny mpitsara. Nanaovana fifidianana ilay olana, ary nifidy ny hitazona ny rafitry ny mpitsara ny vahoaka. Tsy nety nanohana ny feon'ny vahoaka anefa ireo "mpomba ny mpanjaka" ary nandà ny hiady niaraka tamin'ny Nefita hafa rehefa nanafika ny Lamanita. Tsy maintsy nitarika ny miaramilany nanohitra ireo mpomba ny mpanjaka i Môrônia hanerena azy ireo hikambana tamin'ny Nefita. Nampihena be tokoa ny herin'ny Nefita tamin'ireo adiny tamin'ny Lamanita izany (jereo ny Almà 51:1–21).

Vakio ny Almà 51:22–27, ary tadiavo ny porofo fa afaka nahazo fahefana teo amin'ny Nefita ny Lamanita noho ny fifandirana tamin'ireo mpomba ny mpanjaka. Eritrereto ity fitsipika ity: **Manimba ny fandriampahalemana ny fisarahana sy ny fifandirana.**

**2.** Vakio ny Almà 50:39–40 sy ny Almà 51:22, ary jereo hoe hatraiza ny fahazotoan'i Pahôrana sy ny Kapiteny Môrônia tamin'ny fikatsahana tamin-kitsimpo ny hampisy fandriampahalemana teo anivon'ny vahoaka. Mieritrereta fotoana iray teo amin'ny fiainanao izay nahitanao fifandirana, na teo anivon'ny namana izany, fianakaviana, mpiara-mianatra, na hafa. Mieritrereta ihany koa momba ireo toetran'ny olona iray izay miezaka mafy mampisy fandriampahalemana. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo toetra mety hananan'ny mpampihavana iray.

## Almà 52

### *Miara-miasa i Môrônia sy i Teankoma mba handresena ny Lamanita*

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 51:33–34 dia novonoin'i Teankoma, izay iray amin'ireo mpitarika miaramila lehibe indrindra, i Amalikià. Taorian'ny nahafatesan'i Amalikià dia nandray ny fitondrana ny

miaramila Lamanita i Amôrôna, rahalahiny. Nanome torolalana an'i Teankoma i Môrônia mba hanohy hampatanjaka sy hiaro ny ampahany avaratra amin'ny tanin'i Soafeno sy haka indray, raha azo atao, ireo tanàna Nefita izay nitoeran'ny Lamanita tamin'izany (Almà 52:1–10). Vakio ny Almà 52:15–17, ary tadiavo ny antony nanapahan'i Teankoma hevitra ny tsy hanafika ny tanànan'i Mioleka.

Fantatr'i Teankoma fa rehefa ao anatin'ny toeram-pamaharany ny fahavalo dia ho sarotra ny handresy azy ireo. Afaka mianatra izao fitsipika izao isika avy amin'io traikefa io: **Rehefa misintaka ny toeram-pamaharan'ny fahavalo isika dia manana fahafahana ny hiala sy hanohitra ny fakam-panahy bebe kokoa.**

**3.** Inona avy ireo toerana azo lazaina fa toeram-pamaharan'ny fahavalo? (Mety ho toerana na toe-javatra izay mitaona anao hanota raha mandeha ao izany—ohatra hoe, fety iray izay hisotroan'ny olona zava-pisotro misy alikaola na hijerena horonan-tsary tsy mendrika.) Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny vitsivitsy amin'ny toerana toy izany. Soraty ihany koa ny antony tsy tokony handehananao amin'ireny toerana ireny.

Fotoan-tsarotra ho an'ny Nefita izany satria lasan'ny Lamanita ny maro tamin'ny tanàna Nefita raha mbola niady tamin'ireo mpomba ny mpanjaka ny Nefita. Nampiasan'ny Lamanita ho toeram-pamaharana ireny tanàna ireny ka noho izany dia sarotra ho an'ny Nefita ny haka azy ireny indray. Namolavola drafitra hanalana ny Lamanita tao amin'ny tanànan'i Mioleka i Môrônia mba hahazoan'ny Nefita indray ny tanàna. Vakio ny Almà 52:21–26 ahitana ny zavatra nataon'i Môrônia sy i Teankoma.

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nataon'i Môrônia sy i Teankoma hakana ny tanànan'i Mioleka indray (jereo ny Almà 52:21–26). Soraty ihany koa ny eritreritrao momba an'i Môrônia amin'ny maha jeneraly azy. Tamin'ny fomba ahoana no naha jeneraly tsara azy ho an'ny Nefita?

## Almà 54–55

### *Mandà ny hifanakalo sambobelona amin'i Amôrôna i Môrônia ary naka indray ny tanànan'i Gida izy*

Samy nahazo sambobelona maro ny tamin'ny andaniny sy ny ankilany nandritra ireo ady teo amin'ny Lamanita sy ny Nefita. Nandefa taratasy tany amin'i Môrônia, izay nanome sosokevitra ny hifanakalozan'ny andaniny roa sambobelona, i Amôrôna, ilay mpitarika Lamanita. Faly ny hikanakalo sambobelona i Môrônia mba hahafahan'ireo Nefita voasambotra miverina sy mba tsy haha-voatery ny miaramilany hamahana sy hikarakara ireo sambobelona Lamanita intsony. (Jereo ny Almà 54:1–2.)

Kanefa raha mbola nifanoratra izy sy i Amôrôna dia nanoratra taratasy i Amôrôna mba hangatahana ny Nefita hitolo-batana ka hanaiky ny Lamanita hitondra azy ireo. Nilaza izy fa mpamono olona ny Nefita ary nanana ny rariny ny Lamanita raha niady tamin'izy ireo. Nanambara ihany koa izy fa tsy misy Andriamanitra. (Jereo ny Almà 56:16–24.)

Fantatr'i Môrônia fa nandainga i Amôrôna rehefa naharay ity taratasy ity izy. Fantatr'i Amôrôna fa tsy nanana antony marina tamin'ny ady nataony tamin'ny Nefita ny Lamanita. Nilaza i Môrônia fa tsy hifanakalo sambobelona izy ka hanome tanjaka bebe kokoa ny Lamanita. Hitady fomba iray ahafahana manavotra ireo sambobelona Nefita tsy hifampiraharaha momba an'izy ireo izy. (Jereo ny Almà 55:1–2.)

Vakio ny Almà 55:3–24 ahafantarana ny zavatra nataon'i Môrônia mba hanavotana ireo sambobelona Nefita.

Rehefa nandà ny hanaiky ny fangatahan'i Amôrôna i Môrônia ary nahita fomba iray hanavotana ireo sambobelona Nefita dia nataony izay tsy hahazoan'ny Lamanita tombony lehibe amin'ny Nefita ary nanao izay ahazoan'ny Nefita tombony bebe kokoa. Fahamarinana iray azontsika ianarana avy amin'ny ohatra nasehon'i Môrônia ny hoe: **Hanohana antsika amin'ireo adintsika ny Tompo rehefa mahatoky sy mankatò tanteraka azy isika.**

Tantara tena mahavelombolo tokoa mikasika ny fanavotana ny tantara hita ao amin'ny Almà 55:3–24. Mieritrereta olona iray ao amin'ny fianakavianao na namana iray izay mety hankafy ny hihaino ity tantara ity, ary mitadiava fotoana hitantarana ilay tantara amin'izany olona izany. Azonao atao koa ny mizara amin'izany olona izany ilay fitsipika miavaka nantitranterina ao amin'ny andinin-tsoratra etsy ambony ary manazava ny maha-ohatra an'i Môrônia amin'ity fitsipika ity.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 50–52; 54–55 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

## FIZARANA 21: ANDRO 3

# Almà 53; 56–58

## Fampidirana

Niady tamin'ny Lamanita tamin'ny toerana samy hafa teo amin'ny tany i Helamàna sy ny Kapiteny Môrônia. Nandefa taratasy tamin'i Môrônia i Helamàna, izay namariparitra ireo adin'ny miaramilany tamin'ny Lamanita sy nanambara ny fahatokisany sy ny fahafaham-pony tamin'ny finoana lehiben'ireo zatovolahy mpiady 2.060. Nanampy ireo mpiady Nefita ireo handresy tamin'ny ady sy nitahy azy ireo tamin'ny fahatokian-tena sy ny fanantenana nandritra ireo fotoam-pahoriany ny Tompo noho ny finoany sy ny herim-pony.

### Almà 53; 56

*Mandresy ny tafika matanjaka indrindran'ny Lamanita ireo miaramilan'i Antipo sy Helamàna*

Nitondra ny miaramilany tany amin'ny faritra iray hafa tao amin'ny tany i Helamàna raha toa ka niady tamin'ny Lamanita tamin'ny faritra iray hafa ny Kapiteny Môrônia. Anisan'ireo miaramilany ireo zanakalahy tanoran'ny vahoakan'i Amôna miisa 2.000. Nanao fanekempihavanana tsy handray fitaovam-piadiana hanohitra ireo fahavalony intsony ny ray aman-drenin'ireto zatovolahy ireto, saingy tsy nanao izany fanekempihavanana izany ny zanak'izy ireo, ka afaka nanampy ny miaramila Nefita izy ireo (jereo ny Almà 53:10–18).


**1.** Ataovy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanehoana an-tsary manaraka ity. Vakio ny Almà 53:18–21, ary tadiavo ireo andianteny izay mamaritra ny toetra nokolokoloin'ireto zatololahy 2.000 ireto talohan'ny fanompoana ara-miaramila nataon'izy ireo. Ataovy lisitra eo ambanin'ny lohateny hoe "Toetra nokolokoloina talohan'ny ady" ireo andianteny hitanao. Azonao asiana marika ao amin'ny soratra masinao ireo andianteny ireo.




Maro an'isa ny fahavalo Lamanita teo anatrehan'i Antipo, izay mpitarika miaramila Nefita iray, rehefa niaro ny ampahany tamin'ny tany izy sy ny miaramilany. Nifaly i Antipo rehefa nitondra ireo zatovolahy 2.000 mba hanampy azy i Helamàna (jereo ny Almà 56:9–10).

Nitarika lavitra ny tafika Lamanita matanjaka indrindra ireo zatovolahy 2.000 nandritra ny adin'izy ireo voalohany tamin'ny fahavalo, ary nandidy ny miaramilany hanenjika ny tafika Lamanita avy aty aoriana i Antipo, ilay mpanapaka Nefita. Tratran'ny miaramilan'i Antipo ny miaramila Lamanita, izay nijanona mba hiady tamin'izy ireo. Nahatsikaritra ireo zatovolahy roa arivo izay nanohy nandroso fa nijanona tsy nanenjika azy ireo intsony ny Lamanita. Tsy fantatr'izy ireo raha toa ka nijanona mba hamandrika azy ireo raha toa ka miverina ny Lamanita mba hamongorana azy ireo na nijanona ireo Lamanita satria tratran'ny miaramilan'i Antipo avy tao aoriana. Tsy fantatr'i Helamàna noho izany raha toa ka tokony hiverin-dalana sy hanafika ny Lamanita izy ireo. (Jereo ny Almà 56:29–43.)

Vakio ny Almà 56:43–48, ary mitadiava andianteny izay mamaritra ny toetra nasehon'ireto zatovolahy ireto tamin'ny fotoan-tsarotra indrindra nandritra ny ady. Ataovy lisitra eo ambanin'ny lohateny hoe "Toetra naseho nandritra ny ady" ao anatin'ny diary fandalinanao



soratra masina ny zavatra hitanao. Azonao atao koa ny misafidy ny hanisy marika ireo andianteny ireo ao amin'ny soratra masinao.

Halalino ny Almà 56:49, 54–56 ahitana ny zava-nitranga rehefa niverina niady tamin'ny Lamanita ireo zavotolahy 2.000. Mitadiava andianteny izay maneho ity fahamarinana ity: **Afaka mahazo tanjaka avy amin'Andriamanitra isika rehefa miasa amim-pinoana.**

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fikolokoloana ny toetran'ireo zatovolahy mpiady manampy anao hiasa amim-pinoana rehefa miatrika toe-javatra sarotra?

**b.** Miresaha fotoana iray izay niasanao (na olona iray fantatrao) tamim-pinoana sy nandraisanao tanjaka avy amin'Andriamanitra tamin'ny fifehezana tamim-pahombiazana ny toe-javatra sarotra iray.

## Almà 57

### *Naka ny tanànan'i Antiparà sy Komenia indray ny tafik'i Helamàna*


Afaka naka ny tanànan'i Antiparà sy Komenia avy tamin'ny Lamanita i Helamàna sy ny miaramilany. Nahazo miaramila fanampiny i Helamàna nandritra izany fotoana izany. Mpiady an'arivony avy tany amin'ny tanin'i Zarahemlà no nirotsaka ho miaramila, tahaka ny nataon'ireo zanakalahin'ny vahoakan'i Amôna miisa 60 hafa (jereo ny Almà 57:1–12).

Tsy ela akory taorian'ny nahazoan'ny miaramilan'i Helamàna ny tanànan'i Komenia dia nanafika azy ireo indray ny Lamanita. Niatrika ady lehibe ny miaramilan'i Helamàna ary tanjaka lehibe ho an'ny tafika iray manontolo ireo zatovo 2.060 nandritra izany. Vakio ny Almà 57:19–21 ahitana ny sasany amin'ireo toetran'ireo zatovo mpiady izay naroso tamin'ity ady ity. Azonao atao ny manampy ireo toetra ireo ao amin'ny lisitr'ireo "Toetra naseho nandritra ny ady" ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina sy manisy marika azy ireo ao amin'ny soratra masinao.

**3.** Iray amin'ireo toetra nahafantarana ireo zatovo mpiady ny hoe nankatò "tamin'ny antsipiriany" izy ireo (Almà 57:21). Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Araka ny eritreritrao, inona no dikan'ny hoe fankatoavana "amin'ny antsipiriany" ny didy iray?

**b.** Amin'ny fomba ahoana araka ny eritreritrao no nanampian'ny fankatoavan' ireo zatovo mpiady ny tenin'ny mpanapaka azy ireo handresy tamin'ny adin'izy ireo?



**d.** Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fankatoavanao amin'ny antsipiriany ireo didin'ny Tompo amin'ireo ady arapanahy atrehinao eo amin'ny fiainanao?

Soraty ao amin'ny soratra masinao na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fitsipika manaraka ity: **Hampatanjaka antsika amin'ireo ady ananantsika eo amin'ny fiainana ny Tompo rehefa mankatò Azy amin'ny antsipiriany isika.** Vakio ity fanambarana nataon'ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, izay nanazava ny antony maha zava-dehibe ny fankatoavana "amin'ny antsipiriany" ireo didin'Andriamanitra:

"Hifanena amin'ny olona izay mifidy ireo didy hotandremany ary tsy hiraharaha ireo hafa izay safidiany hodikaina [ianao]. Antsoiko hoe fandraisana ny fankatoavana ho toy ny sakafo isan-karazany izany. Tsy handaitra ity fomba fanao mifidifidy ity. Hitondra amin'ny fahoriana izany. Mitandrina ny didin'Andriamanitra *rehetra* ny olona iray hiomanany hihaona amin'Andriamanitra. Mitaky finoana ny fankatoavana azy ireny, ary hampatanjaka izany finoana izany ny fankatoavana ny didiny.

"Ny fankatoavana dia mamela ny fitahian'Andriamanitra hirotsaka tsy misy sakantsakana. Hitahy ireo zanany mpankatò mba ho afaka amin'ny fangejana sy ny

fahoriana Izy. Ary hitahy azy ireo Izy amin'ny hazavana misimisy kokoa.

". . . Ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra dia hanome fiarovana ara-nofo sy ara-panahy" ("Hatreo Am-pinoana ny Ho Avy," *Ensign* na *Liahona,* mey 2011, 34–35).

Vakio ny Almà 57:25–27, itadiavana ny antony vitsy nanoloran'ny Tompo ny heriny hiarovana ireo zatovo mpiady. Inona no tena manaitra anao indrindra momba ireo zatovo mpiady ao amin'ireo andininy ireo?

Tsy hiaro antsika hatrany amin'ny zava-tsarotra Andriamanitra na dia marina aza isika. Na dia notsimbinina tamin'ny fahafatesana aza ireo zatovo mpiady dia naratra avokoa izy rehetra (jereo ny Almà 57:25), ary Nefita marina maro hafa no maty (jereo ny Almà 57:26). Hampatanjaka antsika hatrany mandritra ireo fotoan-tsarotra anefa Andriamanitra ary hanome antsika amin'ireo zavatra ilaintsika. Hanome fitahiana mandrakizay ho an'ireo rehetra izay mankatò ny didiny izy any aoriana any.

## Almà 58

### *Miandry tahirin-tsakafo ireo miaramila Nefita ary naka indray ny tanànan'i Mantia avy eo*

Niatrika karazana fisedrana hafa ny tafik'i Helamàna ankoatra ireo ady niadian'izy ireo tamin'ny Lamanita. Lavidavitra kely an'i Zarahemlà, izay foiben'ny fitondrana Nefita, no nanaovan'izy ireo ny adiny. Nandresy tamin'ny ady tena sarotra sasany ny tafik'i Helamàna, kanefa tsy naharay ny sakafo, ny vatsy, ary ny miaramila fanampiny izay nilaina avy tamin'ny governemanta izy ireo. Tsy fantatr'izy ireo ny antony tsy nanohanan'ny governemanta azy ireo. (Jereo ny Almà 58:7–9.)

**4.** Vakio ny Almà 58:10–12, ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no nataon'ny Nefita rehefa niatrika ity toe-javatra sarotra ity izy ireo?

**b.** Ahoana no namalian'ny Tompo ireo fitalahoana sy vavaka tamin-kitsimpo nataon'izy ireo?

**d.** Araka ny voalaza ao amin'ny Almà 58:12, tamin'ny fomba ahoana no nanampian'ny fanomezan-tokin'ny Tompo an'i Helamàna sy ny miaramilany?

Soraty ao amin'ny soratra masinao na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fitsipika manaraka ity: **Afaka mahazo antoka avy any an-danitra izay mampatanjaka ny finoantsika sy manome fanantenana antsika isika rehefa mitodika any amin'Andriamanitra ao anatin'ireo fotoan-tsarotra.**

Afaka nahazo ny tanànan'i Mantia i Helamàna sy ireo vatan-dehilahiny na dia teo aza ny fahalemen'ny miaramilany (jereo ny Almà 58:13–41). Nambaran'i Helamàna fa avy amin'ny fanampian'ny Tompo avokoa ireo fahombiazan'ny tafiny rehetra (jereo ny Almà 58:37).

Nanohy nitolagaga tamin'ny fahombiazan'ireo zatovo mpiady i Helamàna. Halalino ny Almà 58:39–40, ary mitadiava teny na andianteny izay maneho ireo fomba naha mahery fo an'ireo zatovo mpiady nandritra ireo toe-java-tsarotra nisy. Mariho ao amin'ny soratra masinao ireny teny na andianteny ireny.

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny momba ny fotoana iray izay nangatahanao fanampiana tamin'Andriamanitra nandritra ny fotoan-tsarotra iray ka nahatsapanao ny fanampiany.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 53; 56–58 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny*(daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

FIZARANA 21: ANDRO 4

# Almà 59–63

## Fampidirana

Nanoratra taratasy ho an'ny Kapiteny Môrônia i Helamàna, izay nilaza taminy momba ireo ezaka ataon'ny tafika ary nangataka fanampiana tamin'ny governemanta Nefita. Nifaly tamin'ny fahalalana momba ireo fahombiazan'i Helamàna ny Kapiteny Môrônia, kanefa tezitra tamin'ny governemanta izy noho ny tsy niraharahiany handefa miaramila fanampiny. Nanoratra taratasy naneho fahatezerana tamin'ny lohan'ny mpitsara, dia i Pahôrana ny Kapiteny Môrônia. Nilaza mikasika ny fikomiana natao tamin'ny governemanta i Pahôrana tao anatin'ny valinteniny. Nandeha nanampy azy sy nandresy ireo mpikomy i Môrônia. Ary afaka nandresy ny Lamanitra tamin'ny firaisan-kina ireo miaramila Nefita avy eo. Nisy fandriampahalemana indray teo amin'ny tanin'ny Nefita, izay namela an'i Helamàna sy ireo rahalahiny hifantoka amin'ny fananganana Fiangonana taorian'ny ady nandritra ny 14 taona.



## Almà 59

*Namoy toeram-pamaharana iray ny Nefita, ary nalahelo mafy noho ny faharatsian'ny vahoaka ny kapiteny Môrônia*

Rehefa naharay taratasy avy amin'i Helamàna izay namariparitra ireo fahombiazan'ny miaramilany ny Kapiteny Môrônia dia nifaly izy sy ny vahoakany. Nandefa taratasy tany amin'i Pahôrana, izay mpitarika Nefita tao Zarahemlà, i Môrônia avy eo, nangataka azy handefa miaramila fanampiny sy vatsy ho an'i Helamàna. Tsy nisy miaramila fanampiny nalefa anefa. Noho izany dia voatery nitsoaka ny vahoakan'i Nefihà rehefa nanafika ny tanànan'i Nefihà ny Lamanita ary naka ny tanàna ny Lamanita.

Vakio ny Almà 59:9–12 ahafantarana ny fihetsik'i Môrônia tamin'ny fandresen'ny Lamanita. Asio marika ao amin'ny soratra masinao ity fehezanteny ao amin'ny Almà 59:9 ity: "Mora kokoa ny mitàna ny tanàna tsy hianjera an-tanan'ny Lamanita toy izay ny maka izany indray aminy." Afaka mianatra ity fitsipika ity isika avy amin'izany fehezanteny izany: **Mora kokoa ny mijanona ho mahatoky noho ny miverina amin'ny finoana rehefa avy nania.**

**1.** Halalino ilay fehezanteny nasianao marika tao amin'ny Almà 59:9 sy ilay fitsipika miavaka nantitranterina ao amin'ny andiam-pehezanteny teo aloha. Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana no mora kokoa ny misoroka ny fiankinan-doha amin'ny zavatra manimba noho ny miala amin'ny fiankinan-doha?

**b.** Nahoana no mora kokoa ny mihazona fijoroana ho vavolombelona iray noho ny mahazo izany indray aorian'ny nahaverezany?

**d.** Nahoana no mety ho mora kokoa ho an'ny olona iray ny mijanona ho mazoto ato amin'ny Fiangonana noho ny miverina ato am-piangonana rehefa avy nangatsiaka?

## Almà 60–62

*Nanontany an'i Pahôrana mikasika ny anton'ny tsy firaharahian'ny governemanta i Môrônia*

Nanapa-kevitra ny hanoratra fangatahana tamin'i Pahôrana, ilay lohan'ny mpisorona tao Zarahemlà ny kapiteny Môrônia taorian'ny nambaboan'ny Lamanita ny tanànan'i Nefihà. Vakio ny Almà 60:17–24, ary tadiavo ireo fiampangana izay nataon'i Môrônia momba an'i Pahôrana sy ny vahoakan'i Zarahemlà.

Vakio indray ny Almà 60:23, ary raiso an-tsoratra ny firesahan'ny Kapiteny Môrônia ny hoe fanadiovana ny "atin'ny vazy" aloha. Ny filàna ny fanesorana ny kolikoky tao amin'ny governemanta Nefita sy ny vahoakany no tiany hambara. Mihatra amin'ny fiainantsika ihany koa anefa ity andininy ity. Alaivo sary an-tsaina ny fametrahana loto sy fotaka ao anaty kaopy iray. Na dia nosasanao aza ny ivelan'ny kaopy, hahazo aina ve ianao hisotro zavatra amin'ilay kaopy?

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Raha toa ka eritreretintsika hoe "vazy" ny tenantsika, inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe manadio ny atin'ny vazy?

**b.** Nahoana no ho fanompoana lehibe kokoa ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ny fanadiovana atin'ny vazy?

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 60:33–36, nilaza haingana tamin'i Pahôrana mba handefa vatan-dehilahy sy vatsy ho an'ny miaramilany sy ho an'ny miaramilan'i Helamàna ny kapiteny Môrônia. Nilaza i Môrônia fa raha tsy hanao izany i Pahôrana dia hitondra ny herin'ny tafika ho any Zarahemlà izy ary hanery azy hanao ireo zavatra ireo. Voarain'i Pahôrana ny taratasin'i Môrônia ary namaly azy haingana izy. Vakio ny Almà 61:1–5 ahitana ny zava-nitranga tao Zarahemlà.

Vakio ny Almà 61:9–14, ary mieritrereta mikasika ny fomba namalian'i Pahôrana ireo fiampangan'i Môrônia. Asio marika ireo fanambarana ireo, izay maneho ny hatsaran-toetran'i Pahôrana. Raha tokony ho tezitra i Pahôrana dia nanasa an'i Môrônia kosa izy mba hikambana aminy amin'ny herin'ny Tompo mba hiady amin'ireo fahavalo. Vakio ny Almà 62:1 ahitana ny zavatra tsapan'i Môrônia rehefa naharay ny valintenin'i Pahôrana izy.

Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fahamarinana manaraka ireto: **Azontsika atao ny misafidy ny tsy ho tezitra amin'ny teny na ny zavatra ataon'ny hafa.** Matanjaka kokoa isika amin'ireo ady ataontsika amin'ny ratsy rehefa miombona amin'ny fahamarinana amin'ny hafa.

Nampianatra ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe:



"Afaka ny hotahiana amin'ny fisorohana sy fandresena ny fahatezerana izaho sy ianao amin'ny alalan'ny hery mampatanjaky ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. 'Be fiadanana izay tia ny lalànao, ary tsy misy mahatafintohina azy' (Salamo 119:165). . . .

". . . nanoratra tamin'i Pahôrana 'tamin'ny fomban'ny fanamelohana' (Almà 60:2) i Môrônia ary niampanga mafy azy ho maneho tsy firaharahiana, fahalainana, ary tsirambina. Mety ho sosotra mora foana tamin'i Môrônia sy ny hafany i Pahôrana, kanefa nisafidy ny tsy ho tezitra izy. . . .

"Miseho amin'ny fomba hamaliantsika ny fahalemen'ny hafa, ny tsy fananany traikefa, sy ireo fihetsika mety hahatohina ataony ny iray amin'ireo zavatra lehibe indrindra maneho ny fahamatorana arapanahintsika. Mety hanohina ny zavatra iray, na ny fiteny iray, kanefa afaka misafidy ny tsy ho tohina izaho sy ianao—ary hiteny toa an'i Pahôrana manao hoe: 'tsy maninona izany' [Almà 61:9]" ("And Nothing Shall Offend Them," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2006, 90–91).

**3.** Mieritrereta fotoana iray izay nisafidiananao ny tsy ho tohina tamin'ny teny na zavatra nataon'ny hafa. Manoratra andinin-tsoratra fohy momba ny maha zava-dehibe ny tsy ho tohina.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 62 dia nitondra ny miaramilany tany Zarahemlà mba hanampy an'i Pahôrana hanongana ireo mpomba ny mpanjaka—mpiendaka Nefita izay nitady hanangana mpanjaka sy hanao fanekempihavanana tamin'ny Lamanita. Nanakana an'i Pahôrana tsy handefa vatan-dehilahy sy vatsy mba hanampiana an'i Môrônia sy Helamàna ireo mpomba ny mpanjaka ireo. Nanambatra ny heriny i Môrônia sy i Pahôrana avy eo ary nahazo fanampiana avy tamin'ny tafika Nefita hafa handroahana ireo Lamanita hiala ny tany. Betsaka tamin'ireo Lamanita no nibebaka sy nikambana tamin'ny vahoakan'i Amôna nandritra ity fotoana ity.

Alaivo sary an-tsaina ny sasany amin'ireo zava-tsarotra izay efa mety ho nisy teo amin'ny fianakaviana sy ny tsirairay tamin'ny fiafaran'ny ady toy izany. Vakio ny Almà 62:39–41 ahitana ny fiantraikan'ireo fitsapana avy amin'ny ady tamin'ireo Nefita. Tadiavo ireo fahamarinana izay azonao fantarina ao amin'ireto andininy ireto eo am-pamakianao izany.

Soraty eo akaikin'ny Almà 62: 39–41 ao amin'ny soratra masinao na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fitsipika na fahamarinana manaraka ity: **Afaka manakaiky hatrany ny Tompo isika mandritra ireo fizahan-toetra antsika.**

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana araka ny eritreritrao no manakaiky bebe kokoa ny Tompo ny olona sasany rehefa miatrika fisedrana raha toa kosa ka miala Aminy ny hafa?

**b.** Inona no nampianarin'ireo toko miresaka ady ireo anao mikasika ny maha-mpanara-dia an'i Jesoa Kristy ao anatin'ny fotoan-tsarotra na fisedrana?

## Almà 63

*Mandeha any amin'ny tany avaratra ny Nefita maro*

Taorian'ny nahafatesan'i Helamàna (jereo ny Almà 62:52) dia naka ireo rakitsoratra masina i Siblôna rahalahiny. Vakio ny Almà 63:1–2 ahitana hoe karazan'olona toy ny ahoana i Siblôna. Araka ny voarakitra ao amin'ny Almà 63 dia maty i Môrônia sy i Siblôna, ary nandray ny fitondrana ny tafika Nefita i Môrônihà, zanakalahin'i Môrônia.

Vakio ny Almà 63:10–13. Nomen'i Siblôna an'i Helamàna, izay zanakalahin'i Helamàna ny fiandraiketana ireo rakitsoratra masina taorian'ny nahafatesany. Nitahiry ireo rakitsoratra izay efa voasoratra i Helamàna ary nanomboka nanoratra ilay rakitsoratra izay lasa bokin'i Helamàna.

Ny Almà 63:5–8 dia mirakitra ny hoe betsaka tamin'ireo Nefita no nandeha tamin'ny sambo nankany amin'ireo tany avaratra ary tsy heno intsony ny momba azy ireo. Ny fiafaran'ny Almà 63 ihany koa dia manambara fa nanomboka nisy fifandirana indray teo amin'ny Lamanita sy ny Nefita, ary izany no namarana ny boky lava sy feno fitaomam-panahin'i Almà.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina anio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity:

*Nandalina ny Almà 59–63 aho ary nahatontosa ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana, sy eritreritra, ary hevi-baovao fanampiny izay tiako phozaraina amin'ny mpampianatro:*

## FAMPAHAFANTARANA NY

# Helamàna

### Inona no antony handalinana ity boky ity?

Mandritra ny fandalinanao ny bokin'i Helamàna dia hianatra avy amin'ny ohatra sy fampianarana avy amin'ny lehilahy manana ny maha izy azy ianao, toa an'i Helamàna, Nefia ary i Samoela ilay Lamanita, izay nankatò ny Tompo tamin-kerim-po sy nijoro ho vavolombelon'i Jesoa Kristy. Ny asa fanompoana nataon'ireo olona ireo dia maneho fa Andriamanitra dia manome hery mba hanampiana ireo mpanompony hanatanteraka ny Sitrapony, ary koa fa ny ezaka ataon'ny olo-marina dia afaka mitondra fitahiana ho an'ny olona an'arivony. Hianatra ihany koa ianao mikasika ny voka-dratsy ateraky ny avonavona sy ny faharatsiana ary ny tsikombakomba miafina.

### Iza no nanoratra ity boky ity?

Nanambatra sy namintina rakitsoratra avy amin'ireo takelaka lehiben'i Nefia i Môrmôna mba hamoronana ny bokin'i Helamàna. Nampitondraina ny anaran'i Helamàna, izay zanakalahin'i Helamàna ary zafikelin'i Almà Zanany, ilay boky. Noraisin'i Helamàna avy tamin'i Siblôna dadatoany ireo rakitsoratra ary lohan'ny mpitsara marina teo amin'ny Nefita izy. Nampianatra an'i Nefia sy i Lehia zanany lahy izy ny hahatsiaro an'i Jesoa Kristy Mpanavotra azy ireo (jereo ny Helamàna 5:9–14). Ireo fampianarana ireo taty aoriana dia nahazoan'i Nefia fitaomam-panahy hamela ny andraikiny amin'ny maha lohan'ny mpitsara azy mba hitoriany fibebahana tamin'ny Nefita sy ny Lamanita. Taorian'ny fiovam-pon'ny Lamanita an'arivony dia notaomim-panahy ny mpaminany Lamanita iray nantsoina hoe Samoela hitory fibebahana sy haminany teo anivon'ny Nefita tamin'ny fotoana izay nanaovan'i Nefia ny toy izany koa. Ny bokin'i Helamàna dia nosintonina avy amin'ireo rakitsoratra nosoratana nandritra ny fitondrana sy ny asa fanompoana nataon'i Helamàna (Helamàna 1–3) sy Nefia (Helamàna 4–16). Ny rakitsoratr'i Nefia dia ahitana ny faminaniana sy ny fampianaran'i Samoela ilay Lamanita.

### Oviana ary Taiza no Nanoratana Izany?

Ireo rakitsoratra voalohany nampiasaina ho loharanon'ny bokin'i Helamàna dia nosoratana tokotokony ho teo anelanelan'ny 52 Talohan'i J.K. sy 1 Talohan'i J.K. Nofintinin'i Môrmôna ireo rakitsoratra ireo teo ho eo anelanelan'ny 345 Taorian'i J.K. sy 385 Taorian'i J.K. Tsy nosoratan'i Môrmôna ny toerana nisy azy tamin'ny fotoana nanakambanany ity boky ity.

FIZARANA 22: ANDRO 1

# Helamàna 1–2

## Fampidirana

Taorian'ny nahafatesan'i Pahôràna lohan'ny mpitsara dia nisy fifandirana lehibe teo anivon'ny Nefita mikasika ny hoe iza amin'ireo zanany lahy—Pahôràna sy i Pahankia ary i Pakomenia—no tokony ho lasa lohan'ny mpitsara vaovao. Nofidian'ny vahoaka ho lohan'ny mpitsara vaovao i Pahôràna. Novonoin'ny iray tamin'ireo mpanara-dia an'i Pahankia nantsoina hoe Kiskomena, izay niasa ho an'ny tarika miafina iray, i Pahôràna ka i Pakomenia no voatendry ho lohan'ny mpitsara taorian'izay. Nanararaotra io fifandirana sy fizarazarana io ny Lamanita ka dia afaka nandray ny fizakana an'i Zarahemlà izay tanàn-dehiben'ny Nefita, ary namono an'i Pakomenia. Azon'i Môrônihà indray, izay jeneraly Nefita, ny tanànan'i Zarahemlà ary notendrena ho lohan'ny mpitsara i Hélamàna. Voavono i Kiskomena raha iny izy nikasa ny hamono an'i Helamàna iny, ary lasa mpitarika an'ilay tarika miafina i Gadiantôna.

### Helamàna 1

*Namela ny Lamanita haka an'i Zarahemlà, izay renivohitr'ireo Nefita, ny fifandirana mikasika izay tokony ho lohan'ny mpitsara*

Eritrereto ny fotoana farany niadianao hevitra tamin'ny olona iray na nahitanao ny hafa niady hevitra. Inona no olana ateraky ny fifandirana toy izany? Rehefa mandalina ny Helamàna 1 ianao dia tadiavo ireo olana izay nentin'ny fifandirana teo amin'ireo Nefita ary saintsaino ny zavatra azonao ianarana avy amin'ny zavatra niainan'izy ireo.

Vakio ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ary soraty eo amin'ny faritra malalaka natokana ho amin'izany ny valinteninao amin'ireo fanontaniana ireo:

- Helamàna 1:1–4. Inona no niteraka fifandirana sy fisaraham-bazana teo anivon'ny vahoaka Nefita? ___
- Helamàna 1:5–8. Iza no voatendry ho lohan'ny mpitsara? Nanao ahoana ny fihetsik'ireo roalahy rahalahin'ny lohan'ny mpitsara vaovao? ___
- Helamàna 1:9–12. Inona no nataon'i Kiskomena ary inona no fifanekena nifanaovan'i Kiskomena sy ny tarika miafiny? ___

Nandritra io fotoan'ny fifandirana teo anivon'ny Nefita io dia nitarika ny Lamanita hiady tamin'ny tanànan'i Zarahemlà ny lehilahy iray nantsoina hoe Kôriantomira. Vakio ny Helamàna 1:18–22 ary tadiavo ny zavatra azon'ny Lamanita natao noho ny fifandirana teo amin'ireo Nefita.

Anisan'ireo fahamarinana azontsika ianarana avy amin'io tantara io ny hoe: **Mampisara-bazana ny fifandirana ary mahatonga antsika ho mora handairan'ny fitaoman'ny fahavalo.** Azonao atao ny manoratra io fitsipika io ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Helamàna 1:18.

**1.** Mba hanampiana anao hahatakatra bebe kokoa io fitsipika io dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Niady hevitra tamin'ny ray aman-dreniny mikasika ireo namany ny zatovovavy iray. Ahoana no mety ho fiantraikan'io fifandirana io eo amin'ny fihetsiny mikasika ny fihainoany ny torohevitr'ireo ray aman-dreniny momba ny lafin-javatra hafa eo amin'ny fiainany?

**b.** Tezitra amin'ny olona iray ao amin'ny kôlejin'ny fisoronana misy azy ny zatovolahy iray. Inona no mety ho fiantraikan'io fifandirana io eo amin'ny fihetsiny ao am-piangonana?

**d.** Mieritrereta lafin-javatra iray eo amin'ny fiainanao izay hahatsapanao fifandirana eo aminao sy ny olona hafa. Inona ny zavatra iray voafaritra mazava tsara izay azonao atao mba hanafoanana io fifandirana io eo amin'ny fiainanao? Ahoana no fomba anatanterahanao izany?

Ny Helamàna 1:22–30 dia milaza fa taorian'ny nandraisan'ny Lamanita ny fizakana an'i Zarahemlà dia nanomboka nizotra avy hatrany ho any amin'ny tanànan'i Soafeno izy ireo mba haka izany an-keriny ihany koa. Afaka nanemitra manodidina an'ireo Lamanita ireo tafika Nefita ary nandresy azy ireo. Lamanita maro no voavono ary navela hiverina tany amin'ny taniny ireo izay nitolo-batana.

## Helamàna 2

### *Lasa lohan'ny mpitsara i Helamàna ary voasakan'ny mpanompony ny tarika miafina iray tsy hamono azy*

Alohan'ny handalinanao ny Helamàna 2 dia eritrereto ny fomba iezahan'ny zatovovavy na zatovolahy mendrika iray hanitsy fahadisoana na fahotana iray. Hiezaka hanafina izany ve izy sa hikatsaka famelankeloka avy amin'ny Tompo sy avy amin'ireo izay voaratra tamin'izany?

Rehefa avy namono an'i Pahôràna i Kiskomena dia nifanao voady izy sy ireo mpikambana tao amin'ny tarika miafiny fa tsy hilaza na amin'iza na iza hoe iza no nahavanona io vonoan'olona io. Vakio ny Helamàna 2:3–4 ary mifantoha amin'ilay fehezanteny hoe "nifanao dina fa tsy hisy hahafantatra ny faharatsiany." Vakio avy eo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:43, ary tadiavo ny zavatra tian'ny Tompo ataontsika rehefa nanao zavatra tsy mety isika.

**2.** Miainga avy amin'ny fandalinanao ny Helamàna 2:3–4 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:43, dia soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny tsy fitoviana misy eo amin'ny zavatra tian'ny Tompo ataontsika rehefa manao fahotana sy ny zavatra nataon'i Kiskomena sy ireo mpanara-dia azy.

Lasa lohan'ny mpitsara vaovao i Helamàna taorian'ny nahafatesan'i Pahôràna ary taorian'izay dia nanapakevitra ny hamono an'i Helamàna ihany koa i Kiskomena sy ny tarika miafiny. Lasa mpitarika ilay tarika miafina tamin'io fotoana io ny lehilahy iray nantsoina hoe Gadiantôna. Vakio ny Helamàna 2:2–9 ary soraty eo amin'ny faritra malalaka etsy ambany ny fomba namonoana an'i Kiskomena: ______________________

______________________________________________

Vakio ny Helamàna 2:10–14 ary tadiavo ny zavatra nitranga tamin'ilay tarika mpangalatr'i Gadiantôna. Nampitandrina i Môrmôna fa ireo tarika miafina tahaka ny jirik'i Gadiantôna, izay nantsoina hoe "tsikombakomba miafina" (jereo, ohatra, ny Helamàna 3:23), dia hiteraka ny fahafonganan'ny vahoaka Nefita. Nampitandrina ny amin'ny fanaovana tsikombakomba miafina ihany koa ireo mpaminany teo aloha ao amin'ny Bokin'i Môrmôna (jereo ny 2 Nefia 26:22; Almà 1:12). Mampianatra ity fitsipika ity ny Bokin'i Môrmôna: **Afaka mitondra mankamin'ny faharavan'ny fiaraha-monina ireo tsikombakomba miafina.**

Nampitandrina ny amin'ny loza ateraky ny tsikombakomba miafina amin'izao fotoana izao ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Rehefa mamaky ny fampitandremany ianao dia asio marika ny zavatra azontsika atao mba hiarovan-tena amin'ny tsikombakomba miafina.



"Ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra fa ireo tsikombakomba miafina izay nirotsaka tamin'ny fanaovana heloka be vava dia fanamby lehibe tokoa, tsy ho an'ny tsirairay sy ny fianakaviana ihany fa ho an'ny fiaraha-monina iray manontolo. Anisan'ireo tsikombakomba miafina ankehitriny ireo andian-jiolahy, ireo tambazotran'ny zava-mahadomelina, ary ireo fianakaviamben'ny mpikotrika heloka bebe vava. Ireo tsikombakomba miafina amin'izao androntsika izao dia mitovy fomba fiasa amin'ireo jirik'i Gadiantôna tamin'ny fotoan'ny Bokin'i Môrmôna. . . . Anisan'ny tanjon'izy ireo ny 'mamono sy mandroba ary mangalatra ary manao fijangajangana sy ny fomban'ny faharatsiana rehetra mifanohitra

amin'ny lalàn'ny firenen'izy ireo ary koa ny lalàn'ny Andriamanitr'izy ireo' [Helamàna 6:23].

"Raha tsy mitandrina isika dia afaka mahazo fahefana sy fitaomana haingana sy tanteraka tsy misy hafa amin'ny tao amin'ny Bokin'i Môrmôna ireo tsikombakomba miafina amin'izao andro izao. . . .

"Mampianatra ny Bokin'i Môrmôna fa ny devoly no "fototry ny fahotana rehetra" sy mpanorina ireo tsikombakomba miafina ireo [Helamàna 6:30]. . . . Ny tanjony dia ny hanimba ny olona tsirairay, ny fianakaviana, ny fiaraha-monina ary ny firenena [jereo ny 2 Nefia 9:9]. Nahita fahombiazana lehibe izy nandritra ny fotoan'ny Bokin'i Môrmôna. Ary mahita fahombiazana lavitra mihoatra noho izany izy amin'izao fotoana izao. Izay no antony maha zava-dehibe tokoa amintsika . . . ny mijoro mafy amin'ny fahamarinana sy ny tsara amin'ny fanaovana izay azontsika atao mba hiarovana ny fiaraha-monintsika.

". . . [Isika dia afaka] 'hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra' amin'ny fijoroana mba ho fitaratra, ny fitandremana ireo fitsipiky ny Fiangonana ary ny fizarana ny fijoroantsika ho vavolombelona amin'ny manodidina antsika [jereo ny Môsià 18:9]" ("Standing for Truth and Right," *Ensign,* nôv. 1997, 38).

Mieritrereta fomba iray na maromaro azonao ampiharana ny fampianaran'ny Loholona Ballard mba hijoro amin'ny fahamarinana sy ny tsara eo amin'ny fiaraha-monina misy anao sy eo amin'ny firenenao.

**3.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Helamàna 1–2 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

**FIZARANA 22: ANDRO 2**

# Helamàna 3–4

## Fampidirana

Nandritra ny fotoana voalaza ao amin'ireo toko voalohandohany ao amin'ny Helamàna dia niaina tao anatin'ny fotoan'ny fandriampahalemana ireo Nefita ary niaritra fotoana nisy fifandirana. Nefita an'aliny no niditra ho mpikamban'ny Fiangonana nandritra ny fotoan'ny fandriampahalemana. Taorian'io firoboroboana lehibe io dia nitombo tao amin'ny finoany ireo mpikambana tao amin'ny Fiangonana izay nanetry tena kokoa na dia nenjehin'ireo izay lasa niavonavona aza. Koa satria Nefita maro no lasa ratsy fanahy dia lasan'ny Lamanita ireo taniny rehetra tany atsimo.

## Helamàna 3

### *Nefita maro no nifindra monina tany avaratra raha toa kosa ka niroborobo teo anivon'ny faharatsiana sy ny fanenjehana ny Fiangonana*

Vakio ny Helamàna 3:1–2 ary mariho fa "tsy nisy fifandirana" teo anivon'ny vahoaka Nefita nandritra ny taona maro. Vakio izao ny Helamàna 3:3, 19 ary tadiavo ireo teny na andian-teny izay maneho fa maro ny zavatra niova teo anivon'ny Nefita.

Ny Helamàna 3:4–16 dia manazava fa rehefa nitombo teo anivon'ny Nefita ny fifandirana dia vahoaka maro no nifindra monina nianavaratra. Nefita maro no lasa ratsy fanahy ary nikambana tamin'ny Lamanita.

Na dia teo aza ny fifandirana sy ny faharatsiana dia nisafidy ny hiaina tamin'ny fomba hafa i Helamàna. Lohan'ny Mpitsara an'ny Nefita i Helamàna sady mpaminany koa teo anivon'izy ireo. Vakio ny Helamàna 3:20 ary tadiavo ny fomba namariparitana an'i Helamàna. (Ny teny hoe *hitsiny* dia midika hoe fanaovana izay rariny na tsy misy fiangarana.)

Inona no manaitra anao mikasika an'i Helamàna? Nahoana izy araka ny eritreritrao no nijanona ho matanjaka toy izany nandritra io fotoan'ny fifandirana sy faharatsiana io? Azonao atao ny manisy marika ilay teny hoe *lalandava* ao amin'ny Helamàna 3:20.

Vakio ny Helamàna 3:22–26 ary asio marika ny fomba nanombohan'ny Nefita niova ho amin'ny tsara kokoa. Firy ny olona nikambana tamin'ny Fiangonana? ______

______________________________________________

Matetika i Môrmôna no nampiasa ny andian-teny hoe "toy izany no ahazoantsika mahita," "toy izany no ahitantsika," ary "hitantsika" mba hanamafisana ny fahamarinana tiany ianarantsika. Ao amin'ny Helamàna 3:27–30 dia averimberina ampiasaina ireo andian-teny ireo, izay maneho fa tian'i Môrmôna isika hianatra lesona manan-danja maromaro. Vakio ny Helamàna 3:27–30, dia asio marika ireo andian-teny manan-danja ary fantaro ireo lesona tian'i Môrmôna ianarantsika.

**1.** Vitao ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity asa ampanaovina manaraka ity:

**a.** Soraty ny zavatra tian'i Môrmôna hofantarinao avy amin'ny Helamàna 3:27–30 mikasika ny tenin'Andriamanitra.

**b.** Soraty ny fomba nanampian'ny fandalinanao soratra masina anao niala tamin'ny faharatsiana ary nihazonany anao ao amin'ny lalana iray mitondra mankeo anatrehan'Andriamanitra.

Vakio ny Helamàna 3:32–34 ary jereo fa nanomboka nanenjika ireo mpikambana hafa tao amin'ny Fiangonana ny mpikambana sasantsasany tao amin'ny Fiangonana. Ireo mpanenjika dia vahoaka nilaza fa olon'ny Fiangonana, saingy raha ny marina dia feno avonavona izy ireo ary tsy nino ireo fampianaran'ny Fiangonana. Nahatonga ireo mpikamban'ny Fiangonana izay nanetry tena hiaritra fahoriana maro ny zavatra nataon'izy ireo. Eritrereto hoe manao ahoana ny hasarotan'izany hoe mandeha any am-piangonana ianao dia enjehin'ny mpikambana hafa ao am-piangonana satria ianao nisafidy ny hanaraka ireo mpaminanin'Andriamanitra sy ireo didy.

Vakio ny Helamàna 3:35 mba hahafantarana ny fihetsik'ireo mpikamban'ny Fiangonana mahatoky nandritra ny fotoana nanenjehana sy nampahory azy ireo.

**2.** Miainga avy amin'ny fandalinanao ny Helamàna 3:35, dia valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nitombo ve sa nihena ny finoan'ireo mpikamban'ny Fiangonana nanetry tena nandritra ny fotoana nampahory azy ireo?

**b.** Inona no nataon'ireo mpikamban'ny Fiangonana nanetry tena ka nanamafy orina ny finoany?

**d.** Inona avy ireo fitahiana azon'ireo mpikamban'ny Fiangonana ireo?

Amin'ny alalan'ny fandalinana ny Helamàna 3:33–35 no ahafahantsika mianatra fa ny olona tsirairay no manapa-kevitra ny amin'izay ho fiantraikan'ny fanenjehana sy ny fahoriana amin'ny tenany. Tohizo avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ireo andininy ireo ity fehezanteny ity: **Na dia eo aza ny fanenjehana sy ny fitsapana dia afaka mitombo ny finoantsika an'i Jesoa Kristy rehefa . . . isika**____________

____________________________________

. (Misy fomba maro azo hanohizana io fehezanteny io.) Azonao atao ny manoratra ny fehezanteninao ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Helamàna 3:33–35.

**3.** Mba hanampiana anao hahatakatra tsara kokoa ireo fampianarana ao amin'ireo andininy ireo dia valio ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny roa amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy rehetra:

**a.** Ahoana no nanampian'ny vavaka na ny fifadian-kanina anao tao anatin'ny fotoan'ny fanenjehana na ny fitsapana?

**b.** Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe manolotra ny fo ho an'Andriamanitra?


**d.** Oviana no nitombo ny finoanao an'i Jesoa Kristy nandritra ny fotoan'ny fanenjehana na ny fitsapana?

Vakio ny Helamàna 3:36–37 ary tadiavo ny toetra arapanahin'ny ankamaroan'ireo Nefita tamin'ny fotoana nahafatesan'i Helamàna.

## Helamàna 4

*Nisintona niala tamin'ny Nefita ny Fanahin'ny Tompo ary lasan'ny Lamanita ny fizakana ireo faritany atsimo rehetra an'ny Nefita*

Araka izay voasoratra ao amin'ny Helamàna 4, taorian'ny nahafatesan'i Helamàna, dia nahatonga ny maro tamin'ireo Nefita hikambana tamin'ny Lamanita ny avonavona sy ny fifandirana teo anivon'ny Nefita. Niady tamin'ny Nefita ny Lamanita. Vakio ny Helamàna 4:4–8, ary asio marika eo amin'ilay sarin-tany ny faritra izay heverinao fa lasan'ny Lamanita.




**4.** Zarao roa ny pejy iray ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina amin'ny alalan'ny fanaovana tsipika mijidina eo afovoan'ilay pejy. Soraty eo amin'ny farany ambony eo amin'ny faritra ilany amin'ilay pejy ny hoe: *Fehezanteny maneho ny fihetsika sy ny zavatra nataon'ny Nefita.* Soraty eo amin'ilay faritra iray hafa amin'ilay pejy ny hoe: *Fehezanteny maneho ny zavatra nitranga noho ireo zavatra nataony ireo.* Vakio ny Helamàna 4:11–13, 21–26, ary manorata fehezanteny telo farafahakeliny eo ambanin'ny lohateny tsirairay.

Iray amin'ireo fitsipika manan-danja ianarantsika ao amin'ny Helamàna 4 ity manaraka ity: **Mampisaraka**

**antsika amin'ny Fanahin'ny Tompo ny avonavona sy ny faharatsiana ary mahatonga antsika hiantehitra amin'ny herin'ny tenantsika.** Azonao atao ny manoratra io fitsipika io ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Helamàna 4:23–25.

Teo amin'ny zavatra niainan'ny Nefita, ny hoe miantehitra amin'ny herin'ny tenany dia mazàna nidika hoe resy tamin'ny ady ka lasan'ny olona ny taniny (jereo ny Helamàna 4:25–26). Eo amin'ny fiainantsika, ny hoe miantehitra amin'ny herin'ny tenantsika dia mety midika hoe tsy manana ny Fanahy ho namana.

**5.** Eritrereto ireo "ady" atrehinao eo amin'ny fiainanao ary manorata mikasika ny iray amin'izy ireo na mihoatra izany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Manorata zavatra iray farafahakeliny izay azonao atao mba hihazonana ny Fanahy ho namana eo amin'ny fiainanao. Soraty ihany koa ny fahatsapanao mikasika ny maha zava-dehibe ny fananana ny Fanahy eo amin'ny fiainanao mba hanampy anao hiatrika ireo ady eo amin'ny fiainanao miaraka amin'ny herin'ny Tompo.

**6.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Helamàna 3–4 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

## FIZARANA 22: ANDRO 3

# Helamàna 5

## Fampidirana

Nanohy niaina tao anatin'ny faharatsiana ny Nefita mandra-pahatonga ny ankamaroan'izy ireo hifidy ny faharatsiana toy izay ny fahamarinana. Rehefa nahazo fitaomam-panahy avy amin'ny tenin-drainy i Nefia sy i Lehia dia nanolo-tena hitory ny filazantsara. I Helamàna rain'izy ireo dia nampianatra azy mikasika ny maha zava-dehibe ny fanorenan'izy ireo ny fiainany eo amin'ny fototry ny Mpamonjy. Rehefa avy nampianatra ny Nefita i Lehia sy i Nefia dia nitory tamin'ny Lamanita ary natsipy tao an-tranomaizina. Rehefa avy nanafaka an'i Nefia sy i Lehia avy tao am-ponja tamin'ny fomba mahagaga ny Tompo dia niova fo ho an'ny filazantsara ny ankamaroan'ny Lamanita.

### Helamàna 5:1–13

#### *Nampianatra an'i Nefia sy i Lehia zanany lahy i Helamàna mba hahatsiaro ireo didin'Andriamanitra sy ny herin'i Jesoa Kristy mba hanampy azy ireo*

Vakio ireto teny sy andian-teny enina manaraka ireto. Mba hanampiana anao hamita ilay asa atao manaraka dia ezaho tadidiana izy tsirairay ireo. Ho angatahina ianao hanoratra azy ireo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ka tsy ankijery: *fianakaviana, ray aman-dreny, ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, mpaminany, ny fibebahana dia mitondra mankamin'ny famonjena, mitandrina ny didy.*

**1.** Akombony ny boky torolalanao ary soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina avy ao an'eritreritra ireo teny na andian-teny enina ireo.

Hamarino ny valinteninao. Eritrereto vetivety hoe mora sa sarotra ny nitadidy ireo andian-teny ireo. Araka ny hevitrao, moa ve nanova zavatra ny nilazana taminao fa ho asaina hanoratra ireo teny ireo tsy ankijery ianao?



Vakio ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Filoha Spencer W. Kimball ary eritrereto ny antony maha tena manandanja tokoa ny hoe *mahatsiaro* rehefa miezaka miaina ny filazantsara isika: "Rehefa mijery ilay teny manan-danja indrindra ao amin'ny rakibolana ianareo dia fantatrareo ve hoe inona ilay izy? Mety hoe *mahatsiaro izany.* Koa satria nanao fanekempihavanana avokoa ianareo rehetra—fantatrareo izay tokony hatao ary fantatrareo ny fomba anaovana izany—dia ny zavatra lehibe indrindra ilaintsika dia ny mahatsiaro" ("Circles of Exaltation" [lahateny natao tamin'ireo mpampianatra ny filazantsara eo anivon'ny DFF, 28 jona 1968], 5).

Anio ianao dia handalina mikasika ny olona roa izay nitondra fiovana teo amin'ny fiainan'ny olona an'arivony noho izy ireo nahatsiaro ireo fahamarinana nampianarin'ny rainy azy ireo. Mandritra ny lesona androany dia saintsaino izay zavatra heverinao fa tian'ny Tompo hotsarovanao.

Araka ny voazava ao amin'ny Helamàna 5:1–4 dia niala tamin'ny naha-lohan'ny mpitsara azy i Nefia satria lasa ratsy fanahy tokoa ny olona. Tian'izy sy i Lehia rahalahiny hatokana ho an'ny fitoriana ny tenin'Andriamanitra ny fotoan'izy ireo rehetra. Rehefa nanomboka ny asa fonompoany izy ireo dia nahatsiaro ny fampianaran'i Helamàna rainy. Vakio ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ary fintino ao amin'ilay faritra malalaka natokana ho amin'izany ny zavatra nangatahan'i Helamàna mba hotsarovan'ireo zanany. Azonao atao ihany koa ny manisy marika ilay teny hoe *tsarovy* isak'izay mipoitra ao amin'ireo andininy ireo izany.

- Helamàna 5:5–7 ________________________________
________________________________
- Helamàna 5:9–11 ________________________________
________________________________
- Helamàna 5:12 ________________________________
________________________________

**2.** Mba hanampiana anao hahatakatra tsara kokoa ny zavatra izay vao avy novakinao dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no fomba ahafahan'ny fahatsiarovana ny ohatra tsara asehon'ny olona hafa hanampy anao hisafidy ny "[hanao] izay tsara"? (Helamàna 5:7).

**b.** Inona no ataonao mba hahatsiarovana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?

Avereno vakiana ny Helamàna 5:12 ary tadiavo ireo andian-teny izay manohana ity fitsipika ity: **Raha manorina ny fototra iorenantsika eo amin'i Jesoa Kristy isika dia tsy hanana hery amintsika i Satana.** (Ny Helamàna 5:12 dia andinin-tsoratra masina fehezina. Azonao atao ny manisy marika izany amin'ny fomba miavaka mba hahitanao izany amin'ny manaraka.)



Alaivo sary an-tsaina hoe nangatahana ianao hanao ny mari-drafitry ny trano iray izay tsy hianjera mihitsy. Eritrereto ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Fototra tahaka ny ahoana no tokony hananan'ny trano toy izany?
- Ahoana no fomba ahafahan'ny fototra matanjaka manampy ny trano iray mba hahatanty ny toetr'andro, na ny loza voa-janahary, na ny toe-java-tsarotra hafa?
- Inona avy ireo teny na andian-teny ao amin'ny Helamàna 5:12 izay milaza fa ny fanorenana eo amin'ny fototr'i Jesoa Kristy, ilay Mpanavotra antsika, dia tsy hanakana ny famelezan'ny fahavalo fa hanome hery anao kosa handresenao azy ireo?

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe manorina ny fototry ny fiainanao eo amin'ny vatolampin'i Jesoa Kristy? Amin'ny fomba ahoana no hiezahanao hanao izany eo amin'ny fiainanao?

**b.** Oviana ianao no afaka nanohitra fakam-panahy na fitsapana satria i Jesoa Kristy no fototry ny fiainanao?

**d.** Ahoana no hanatsaranao ny fanaovana ny Mpamonjy ho fototry ny fiainanao?

## Helamàna 5:14–52

*Niaro an'i Nefia sy i Lehia tao am-ponja ny Tompo ary nampisava ny haizina tsy hanarona ireo izay nisambotra azy ireo rehefa nitalaho taminy izy ireo ary nibebaka*

Araka izay voasoratra ao amin'ny Helamàna 5:14–19 dia nitory ny filazantsara tamin-kery lehibe tao amin'ny tanin'i Zarahemlà i Nefia sy i Lehia ary nanao batisa olona an'arivony tao. Nandeha tany amin'ny tanin'i Nefia izy ireo avy eo, izay tanin'ny Lamanita. Ity asa atao manaraka ity dia natao mba hanampiana anao hahatakatra ny zavatra mahatalanjona niainan'i Nefia sy i Lehia teo anivon'ny Lamanita.

**4.** Ataovy sary amin'ny pejy iray manontolo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity tabilao manaraka ity. Vakio avy eo ireo andinin-tsoratra masina ao anatin'ny efajoro tsirairay ary manaova sary tsotra na manorata famintinana fohy momba ny zavatra resahan'ny andininy tsirairay.

| I Nefia sy i Lehia teo anivon'ny Lamanita | | |
|---|---|---|
| Helamàna 5:20–21 | Helamàna 5:22–25 | Helamàna 5:26–28 |
| Helamàna 5:29–34 | Helamàna 5:35–39 | Helamàna 5:40–44 |

Nandritra ity zavatra niainana ity dia afaka maneho ny fahotana ilay rahon'ny haizina ary ilay andry afo nanemitra manodidina ny olona tsirairay dia afaka maneho ny Fanahy Masina.

Avereno jerena ny andininy 28 sy 34, ary soraty ny zavatra tsapan'ny vahoaka rehefa tao anatin'ny rahon'ny haizina izy ireo: ________________________________
________________________________

Avereno jerena ny andininy 43 sy 44, ary soraty ny zavatra tsapan'ny vahoaka rehefa nanemitra azy ireo manodidina ilay andry afo: ________________________________
________________________________

Avereno jerena ny andininy 41 sy 42, ary soraty ny zavatra nataon'ny vahoaka mba hanaisorana ilay rahon'ny haizina, na raha lazaina amin'ny fomba hafa, mba hibebahany tamin'ny fahotany: ________________________________
________________________________

Vakio ny Helamàna 5:45–47 ary saintsaino ireo fahamarinana nianaranao mikasika ny fibebahana avy amin'io zavatra niainana io. Fitsipika iray ny hoe: **Rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy isika ka mibebaka amin'ny fahotantsika dia mameno ny fontsika amin'ny fiadanana sy fifaliana ny Fanahy Masina.**

Mianatra isika ao amin'ny Helamàna 5:48–52 fa Lamanita tokotokony ho 300 teo no nahita ity fahagagana ity ary niova fo tanteraka ho an'ny filazantsara. Nandeha izy ireo ary nanompo ny olony mandra-pahatongan'ny "ankamaroan'ny Lamanita" hiova fo ihany koa (Helamàna 5:50). Avy eo ireo niova fo ireo dia "namela ny fitaovam-piadiany" (Helamàna 5:51) ary "[nanolotra] ny Nefita ny tany fananany" (Helamàna 5:52). Amin'ny ankamaroan'ny tranga ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nahazo indray ny taniny tamin'ny alalan'ny ady ny vahoaka, kanefa tamin'ity indray mitoraka ity dia azon'ny Nefita indray ny taniny satria nibebaka sy nanaiky ny filazantsara ireo fahavalony.

**5.** Eritrereto raha toa ianao ka mahatsapa fiadanana sy fifaliana eo amin'ny fiainanao na tsia. Eritrereto izay mety ho rahon'ny haizina eo amin'ny fiainanao, toy ny fahotana tsy nibebahana, na fifandirana amin'ny olona ao amin'ny fianakaviana na amin'ny namana, na tsy fanaovana fotsiny ny zavatra toy ny mamaky soratra masina sy ny mivavaka tsy tapaka. Manorata iray amin'ireo zavatra ireo na mihoatra izany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Saintsaino ny zavatra azonao atao mba hanarahana ny ohatra nasehon'ny Lamanita ao amin'ny Helamàna 5, ary soraty ny zavatra azonao atao mba hanasana ny Mpamonjy hampisava ireo rahon'ny haizina izay mety mandrakotra anao. Amin'ny fomba ahoana no mety hahatonga ny fibebahana ho isan'ny vahaolana izay tadiavinao? Ahoana no fomba ahafahan'ny fibebahana manampy anao hiorina eo amin'ny fototr'i Jesoa Kristy?

## Soratra Masina Fehezina—Helamàna 5:12

Vakio ny Helamàna 5:12 ary tadiavo ireo teny izay maneho sary aminao (ohatra, *vato, fototra, rivotra, havandra, tafiotra*). Mba hanampiana anao hitadidy io andininy io dia mandraisa taratasy kely ary soraty eo amin'izany ny litera voalohany amin'ny teny tsirairay ao amin'ilay andininy, raha tsy maneho sary ny teny iray. Avy eo dia manaova sary tsotra maneho ilay teny eo amin'ny toeran'ny litera iray. Ataovy tsianjery ilay andininy amin'ny fampiasana fotsiny ihany ilay taratasikelinao. Apetraho amin'ny toerana ahitanao izany matetika ilay taratasinao mba hanampiana anao hitadidy ireo fahamarinana ao anatin'io andininy io.

**6.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Helamàna 5 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 22: ANDRO 4

# Helamàna 6–9

## Fampidirana

Taorian'ny ezaka naton'i Nefia sy i Lehia tamin'ny asa fitoriana dia nihanitombo tao amin'ny fahamarinany ny Lamanita. Indrisy anefa fa nandritra io fotoana io ihany dia lasa ratsy fanahy ny Nefita ary nanohana ireo jirik'i Gadiantôna, izay niafara tamin'ny fialan'ny Fanahin'ny Tompo tsy ho eo anivon'izy ireo. Naminany ny mpaminany Nefia fa raha nanohy niaina tao anatin'ny faharatsiana ny Nefita dia ho faty. Ho setrin'izany dia nambosy ny olona ho tezitra tamin'i Nefia ireo mpitsara lomorina raha toa kosa ka niaro ny mpaminany tamim-pahasahiana ny vahoaka sasany. Mba ho vavolombelona haneho fa ho tanteraka ny teniny dia nampahafantatra i Nefia fa novonoin'ny rahalahiny ny lohan'ny mpitsara. Rehefa voamarina ny tenin'i Nefia dia nanaiky azy ho mpaminany ny vahoaka sasany.

### Helamàna 6

*Lasa olo-marina ny Lamanita ary niady tamin'ireo jirik'i Gadiantôna, raha tetsy andanin'izay kosa dia nanohana ny tsikombakomba miafina ireo Nefita*

**1.** Ataovy sary ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity manaraka ity ary mamelà toerana hanoratana eo ambony sy eo ambanin'ilay fanehoana an-tsary:

⇧

Ny fitaoman'ny Fanahy eo amin'ny fiainantsika

⇩

Teo am-pandalinanao ny bokin'i Helamàna dia hitanao ireo Nefita fa nanao safidy izay nahatonga ny Fanahin'ny Tompo hiala teo amin'ny fiainany, raha tetsy andaniny kosa ireo Lamanita dia nanao safidy izay nanasa ny Fanahy hitombo teo amin'ny fiainany. Vakio ny Helamàna 6:1–5, 16–17, 34–36; tadiavo izay zavatra nataon'ny Lamanita ka nahatonga ny Fanahin'ny Tompo hitombo; ary soraty eo ambonin'ilay zana-tsipìka eo ambony izany. Tadiavo ao amin'ireo andininy ireo ihany izay zavatra

nataon'ny Nefita ka nahatonga ny Fanahin'ny Tompo hihena, ary soraty eo ambanin'ilay zana-tsipìka eo ambany izany.

Fitsipika iray manan-danja azontsika hianarana avy amin'ny Nefita sy ny Lamanita ny hoe: **Rehefa mino sy mankatò ny tenin'ny Tompo isika dia handrotsaka ny Fanahiny amintsika Izy.** Marina ihany koa ny mifanohitra amin'io fitsipika io: **Raha tsy vonona ny hino sy hankatò ny tenin'ny Tompo isika dia hiala amintsika ny Fanahin'ny Tompo.**

Jereo izay zavatra nosoratanao eo amin'ilay fanehoana an-tsary ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Eritrereto ny mahatonga ireo zavatra natao eo amin'ny tapany ambony ho ohatra amin'ny fahavononana hino sy hankatò ny tenin'ny Tompo raha toa kosa ireo etsy ambany ka ohatra amin'ny fahamafisan-doha sy ny tsy fahavononana hihaino ny Tompo.

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Fidio ny iray amin'ireo zavatra tsara (eo amin'ny tapany ambony amin'ny fanehoana an-tsary nataonao) izay ataonao na efa nataonao teo amin'ny fiainanao. Ahoana no fomba nahafahan'io zavatra natao io hanasa ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainanao?

**b.** Jereo ireo zavatra atao eo amin'ny tapany ambanin'ny fanehoana an-tsary nataonao. Nahoana ianao no tsy te hanao ireo zavatra ireo?

Misafidiana zavatra iray azonao atao mba hanasana ny Fanahin'ny Tompo hitombo eo amin'ny fiainanao ary miezaha hanao izany mandritra ny herinandro manaraka.

## Helamàna 7

*Nitory tamin'ireo Nefita ratsy fanahy i Nefia ary nandidy azy ireo hibebaka*

Nanao asa fitoriana filazantsara tao amin'ny tany avaratra nandritra ny enin-taona ny mpaminany Nefia. Nody tany amin'ny tany nahaterahany izy rehefa avy niezaka nampianatra ny Nefita, izay nitsipaka ny teniny ary nijanona tao anatin'ny toetry ny faharatsiana. Tena kivy tokoa izy. Vakio ny Helamàna 7:6–11 mba hahafantarana izay nataon'i Nefia.

Rehefa avy nifamory ny vahoaka mba hihaino an'i Nefia nivavaka teo amin'ny tilikambo teo antsaha dia nanomboka nampianatra azy ireo i Nefia (jereo ny Helamàna 7:12–29). Nampitandrina azy ireo izy mikasika ny vokatry ny fanapahan-kevitr'izy ireo ary nanamafy ity fitsipika ity: **Raha tsy manaiky ny hibebaka amin'ny fahotantsika isika dia tsy hahazo ny fiarovan'ny Tompo intsony sy ireo fitahian'ny fiainana mandrakizay.**

## Helamàna 8:1–26

*Nambosy ny vahoaka ho tezitra tamin'i Nefia ireo mpitsara lomorina*

Inona avy ireo zavatra mitaona izay misarika anao tsy hihaino ny tenin'ireo mpaminany? Rehefa mandalina ny Helamàna 8 ianao dia tadiavo ireo hevi-baovao izay milaza ny zavatra tokony hataonao rehefa miatrika fitaomana tahaka izany.

Vakio ny Helamàna 8: 1–6 mba hitadiavana ny fihetsika nasehon'ireo mpitsara Nefita (izay jirik'i Gadiantôna ihany koa) nanoloana ny fampianaran'i Nefia. Eo ampamakianao izany dia saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona no hafatra fototra nampitain'ireo mpitsara tamin'ny vahoaka? Araka ny voalaza ao amin'ny Helamàna 8:4, nahoana no tsy naninjitra ny tanany tamin'i Nefia ireo mpitsara?

Eritrereto izay zavatra ho ataonao raha miezaka mandresy lahatra anao ny olona iray tsy hiraharaha ny zavatra nampianarin'ireo mpaminany. Ao amin'ny Helamàna 8 dia nisy ny olona sasany izay nihiaka nanohitra ny zavatra nolazain'ireo mpitsara mikasika an'i Nefia. Vakio ny Helamàna 8:7–9, ary lokoy miavaka ny zavatra izay nolazain'ny vahoaka mba hanohanana an'i Nefia.

Jereo ny Helamàna 8:10 ary jereo ny fiantraikan'ny tenin'izy ireo tamin'ny toe-javatra nisy. Azonao atao ny manoratra ity fitsipika manaraka ity eo akaikin'ny Helamàna 8:7–10: **Raha manohitra ny faharatsiana isika dia afaka manakana izany tsy hitombo.**

**3.** Manorata andiam-pehezanteny fohy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay manazava ny antony hiheveranao fa manan-danja amin'izao androntsika izao ilay fitsipika voalaza etsy ambony.

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na mihoatra izany:

**a.** Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao manohitra ireo fitaomana izay manandrana mandresy lahatra anao tsy hiraharaha na hanohitra ny fampianaran'ny mpaminany?

**b.** Inona avy no mety ho fomba mendrika hanoherana ny fitaomana toy izany ary hanohanana ireo mpaminanin'ny Tompo?

**d.** Oviana ianao na ny olona iray fantatrao no nijoro nanohitra fitaomana sahala amin'izany? Inona avy no vokatr'izany?

Araka ny voalaza ao amin'ny Helamàna 8:11–23 dia nampahatsiahivin'i Nefia ny vahoaka ireo mpaminany nifandimby izay nijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy. Nampianariny an'ireo Nefita ity fitsipika ity: **Rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy isika ka mankatò dia hahazo ny fiainana mandrakizay.** Na dia teo aza ireo mpaminany maro izay nanamafy ny tenin'i Nefia dia nitsipaka an'i Nefia sy ny hafatra

nentiny ny vahoaka. Vakio ny Helamàna 8:24–26 ary fantaro ireo vokatry ny natao izay natrehin'ny Nefita raha toa izy ireo ka nanohy nitsipaka ny fijoroan'ireo mpaminany ho vavolombelona. Saintsaino avy eo ity fanontaniana manaraka ity: Nahoana araka ny hevitrao no miatrika vokany lehibe tokoa tahaka izany ireo izay mandà hatrany ny fahamarinana sy mikomy amin'Andriamanitra?

## Helamàna 8:27–9:41

*Nampahafantatra i Nefia fa novonoin'ny rahalahiny ny lohan'ny mpitsara*

Mba ho porofo fa tao anatin'ny toetry ny faharatsiana ny vahoaka ary ho tanteraka tokoa ny zavatra nolazainy azy ireo mikasika ny hahafongana azy ireo dia nampahafantarin'i Nefia fa nisy namono ny lohan'ny Mpitsara Nefita. Nanambara koa i Nefia fa samy mpikambana tao amin'ny jirik'i Gadiantôna na ilay novonoina na ilay rahalahiny. (Jereo ny Helamàna 8:27–28.)

**5.** Soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fitsipika manaraka ity: ***Ho tanteraka ny tenin'ireo mpaminany.*** Alaivo sary an-tsaina hoe mpitsikilo manao fanadihadiana ianao mikasika ny namonoana ny lohan'ny mpitsara. Tadiavo ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto amin'ny alalan'ny famakiana ireo andinin-tsoratra masina ao anaty fonon-teny. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valinteninao.

**Andro Voalohany amin'ny Fanadihadiana:**

**a.** Rehefa nanao fanadihadiana mikasika ny zavatra nambaran'i Nefia ny olona dimy dia inona no hitan'izy ireo? Nahoana izy ireo no lavo tamin'ny tany? (Helamàna 9:1–5)

**b.** Iza no noahiahian'ny vahoaka ho nahavanona ilay vonoan'olona? (Helamàna 9:7–8)

**Andro Faharoa amin'ny Fanadihadiana:**

**d.** Iza no voamarina fa tsy meloka? (Helamàna 9:10–14, 18)

**e.** Iza no voampanga? (Helamàna 9:16, 19)

**f.** Inona no porofo nomen'i Nefia hanamarinana ny maha tsy meloka azy? (Helamàna 9:25–36)

**g.** Iza no ilay mpamono olona? (Helamàna 9:37–38)

Asio marika ao amin'ny soratra masinao ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Araka ny voalaza ao amin'ny Helamàna 9:5 dia inona no ninoany sy natahoran'ireo dimy lahy nahita ilay lohan'ny mpitsara novonoina?
- Araka ny voalaza ao amin'ny Helamàna 9:36 dia mikasika ny inona no nolazain'i Nefia fa hijoroan'i Seantoma ho vavolombelona rehefa hibaboka izy fa namono ny rahalahiny?
- Araka ny voalaza ao amin'ny Helamàna 9:39–41 dia nahoana no nino an'i Nefia ny vahoaka sasany?

**6.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Helamàna 6–9 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 23: ANDRO 1

# Helamàna 10

## Fampidirana

Rehefa tapitra ny fitsarana natao momba ny famonoana ny lohan'ny mpitsara (jereo ny Helamàna 7–9), dia nanomboka niverina tany an-tranony i Nefia. Nisaintsaina ny zavatra nasehon'ny Tompo azy izy ary nitaintaina mikasika ny faharatsian'ny vahoaka. Nandritra ny fotoana naha kivy an'i Nefia dia niresaka taminy ny Tompo ary nanome azy ho mandrakizay ny herin'ny famehezana. Nandidy an'i Nefia ny Tompo mba hanohy hitory fibebahana amin'ny vahoaka, didy izay nankatoavin'i Nefia avy hatrany.

### Mamorona Tontolo Ahafahana Mianatra

Ny toerana tsara indrindra hianarana ny filazantsara dia ahitana filaminana sy fanajana ary fahatsapana fiadanana. Miezaha manaisotra ireo zavatra manembantsembana izay mety hanelingelina ny fandalinanao sy ny fisaintsainanao ny soratra masina. Nampianatra ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, fa "mora kokoa no hahatongavan'ny fitaomampanahy ao anatin'ny toerana misy fiadanana" ary "manasa ny fanambarana ny fanehoana fanajana" ("Reverence Invites Revelation," *Ensign,* nôv. 1991, 21–22).

## Helamàna 10:1–11

*Nahazo ny herin'ny famehezana i Nefia*

Mieritrereta fotoana iray izay niezahanao nanao ny tsara araka izay vitanao saingy hafa noho izay nandrasanao ny fihetsika nasetrin'ny hafa na ny vokatra azonao avy tamin'izany. Ao amin'ny Helamàna 10 dia hamaky mikasika ny fomba nitahian'ny Tompo an'i Nefia ianao rehefa nahatoky hatrany izy tao anatin'ny toe-javatra sarotra.

Rehefa afaka madiodio tamin'ny fiampangana tamin'ny famonoana ny lohan'ny mpitsara i Nefia dia hitany fa tsy naneho finoana ny vahoaka ary tsy nibebaka taorian'ny nahitan'izy ireo ireo zava-niseho nampivarahontsana voalaza ao amin'ny Helamàna 9. Nanomboka nandeha nody tao anatin'ny hakiviana i Nefia. Vakio ny Helamàna 10:1–3 ary tadiavo izay zavatra nosaintsainin'i Nefia teny andalana hody. Azonao atao ny manisy marika ny teny hoe *misaintsaina* isak'izay voatonona ao amin'ireo andininy ireo izany. Ny hevitry ny hoe misaintsaina dia mandinika sy misaina lalina, matetika momba ny soratra masina na ireo zavatra hafa mikasika an'Andriamanitra. Rehefa ampiarahina amin'ny vavaka ny fisaintsainana ireo zavatra mikasika an'Andriamanitra dia mety hitondra fanambarana sy fahatakarana bebe kokoa.

Eritrereto ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Momba ny inona no nosaintsainin'i Nefia?
- Nahoana izy no "nitanondrika fatratra" na nalahelo?
- Inona no nitranga teo am-pisaintsainany?

Fitsipika iray haseho ao amin'ny Helamàna 10:1–3 ny hoe: **Manomana antsika handray fanambarana ny fisaintsainana ny zavatry ny Tompo.** Maneho ity fitsipika ity ihany koa ireo ohatra hafa ao amin'ny soratra masina: Nisaintsaina ireo zavatra izay nampianarin'i Lehia rainy i Nefia ary lasa nahafantatra ny maha-marina azy ireo (jereo ny 1 Nefia 10:17; 11:1); i Joseph Smith kely dia "nieritreritra . . . ombieny ombieny" ny Jakôba 1:5 (ao amin'ny Testamenta Vaovao) ary nambara taminy ny fahamarinana (jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:11–19); ary nisaintsaina sy nieritreritra ireo soratra masina mikasika ny fanavotana ny maty ny Filoha Joseph F. Smith ary nambara taminy ny fahamarinana (jereo ny F&F 138:1–6, 11).

Kanefa ny ankamaroan'ireo fanambarana azon'ny olona rehefa misaintsaina ny zavatry ny Tompo dia tsy tonga amin'ny alalan'ny feo heno, na zavatra hita maso, na ny fomba hafa mahatalanjona tahaka izany. Nanazava ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe:



"Ny fanambarana dia omena amin'ny fomba maro karazana, ao anatin'izany ohatra ny nofy, ny fahitana, ny fifampiresahana amin'ny mpitondra hafatra avy any an-danitra, ary ny fitaoman'ny fanahy. Ny fanambarana sasany dia voaray eo no eo sy amin'ny fomba mahery vaika. Ny sasany kosa dia fantatra tsikelikely sy amin'ny fomba malefaka. . . .

". . . Ny fanambarana raha ny tena matetika dia mitombo tsikelikely rehefa mandeha ny fotoana ary atolotra arakaraky ny faniriantsika sy ny fahamendrehantsika ary ny fiomanantsika. Ny fifandraisana tahaka izany avy amin'ny Ray any an-danitra dia 'hitsika' tsikelikely sy tsimoramora 'amin'ny fanahin[tsika] toy ny ando avy any an-danitra' (F&F 121:45). Io lamin'ny fanambarana io dia fahita matetika fa tsy mahalana, ary miharihary eo amin'ireo zavatra niainan'i Nefia rehefa nanandrana fomba maro samihafa izy talohan'ny nahombiazany tamin'ny fahazoana ireo takela-barahina avy tamin'i Labàna (jereo ny 1 Nefia 3–4). . . .

". . . Ireo fahamarinana fototry ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny dia tsy nomena manontolo indray mandeha ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ilay Ala kely masina. Ireo harena sarobidy tsy voavidy vola ireo dia nambara araky ny nilan'ny toe-javatra niainana an'izany sy tamin'ny fotoana naha mety izany.

"Ny Filoha Joseph F. Smith dia nanazava ny fomba nitrangan'izany lamin'ny fanambarana izany teo amin'ny fiainany. "Fony aho zazalahy kely . . . dia nangataka matetika . . . ny Tompo aho haneho amiko zava-mahagaga mba hahazoako fijoroana ho vavolombelona. Saingy tsy nomen'ny Tompo zava-mahagaga aho fa nasehony ahy ny fahamarinana, andalan-tsoratra nanampy andalantsoratra . . . mandrapahavita ny fampahafantarany ahy ny fahamarinana avy any an-tampon-dohako ka hatrany am-paladihako, ary mandra-pialan'ny ahiahy sy ny tahotra tanteraka tato amiko. . . .' (ao amin'ny Conference Report, apr. 1900, 40–41).

Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika dia toa mifantoka be loatra amin'ireo fisehoana arapanahy mahavariana sy mampitolagaga isika hany ka mety tsy mahay mamantatra ary mety tsy mahita mihitsy aza ilay lamina mahazatra izay fanaovan'ny Fanahy Masina ny asany" ("Ny Fanahin'ny Fanambarana," *Ensign* na *Liahona,* mey 2011, 88–89).

**1.** Manorata mikasika ny fotoana iray izay nahatsapanao fa nandraisanao fanambarana ho an'ny tena manokana ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina. Inona avy ireo toe-javatra izay nahatonga ilay fanambarana? Ahoana no nahafahan'ny fisaintsainana nanampy anao handray fanambarana? (Tadidio fa mety tonga amin'ny fomba maro karazana ny fanambarana. Mety ahitana fotoana hahazoana fanazavana sy fahatakarana tampoka na mandeha tsikelikely izany, na fahatsapana fiadanana sy fahatokian-tena.)



Manokàna fotoana tsy miovaova hisaintsainana eo amin'ny fiainanao, toy ny hoe mandritra ireo fivoriam-piangonana, aloha sy aorian'ny vavaka sy ny fandalinana soratra masina ataon'ny tena manokana, rehefa avy mijery na mihaino fihaonamben'ny Fiangonana, mandritra ny fifadian-kanina, na mandritra ny fanajana ny andro sabata.

Alaivo sary an-tsaina hoe nanana zavatra sarobidy tokoa taminao ianao ary tsy maintsy namela izany mba hotazonin'ny olona hafa. Iza no hananànao fitokisana hihazona izany? Inona no antony hisafidiananao io olona io? Inona no nataon'io olona io ka nahatonga anao hatoky azy?

Vakio ny Helamàna 10:4–5 ary tadiavo ny antony natokisan'ny Tompo an'i Nefia. Ny hoe *tsy sasatra* dia midika hoe "tsy reraka mihitsy." Saintsaino ny ohatr'ireo olona fantatrao izay toa manompo ny Tompo kanefa tsy sasatra na inona na inona toe-javatra iainany.

Ny valinteny nomen'ny Tompo an'i Nefia ao amin'ny Helamàna 10:4 dia mampianatra ny fitsipika hoe: **Omen'ny Tompo fitahiana sy andraikitra isika rehefa mametraka ny sitrapony alohan'ny antsika.**

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na mihoatra izany:

**a.** Amin'ny fomba ahoana no hahafantaranao hoe inona no sitrapon'ny Tompo mikasika ny fiainanao?

**b.** Inona no nataonao vao haingana teo amin'ny fiainanao mba hanehoana amin'ny Tompo fa manan-danja kokoa noho ny sitraponao ny sitrapony ary ny sitrapony no tianao arahina amin'ny fotoana rehetra?

**d.** Inona no sehatra iray eo amin'ny fiainanao izay ahazoanao mikatsaka sy manaraka bebe kokoa ny sitrapon'ny Tompo fa tsy ny anao?

Vakio ny Helamàna 10:5–7 ary fantaro ireo fitahiana sy fampanantenana nomen'ny Tompo an'i Nefia noho izy azo itokisana. Soraty eo akaikin'ny andinin-tsoratra masina mifandraika amin'izany ireo fitahiana sy fampanantenana:

Andininy 5: ______________________________

______________________________

Andininy 6: ______________________________

______________________________

Andininy 7: ______________________________

______________________________

Ilay fitahiana hita ao amin'ny Helamàna 10:7 dia fotopampianarana ivon'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy: **Mamehy sy mamaha ety an-tany sy any an-danitra ny herin'ny famehezana.** Mahafantatra olona hafa ao amin'ny soratra masina ve ianao, izay nomena io fahefan'ny famehezana io? Azonao atao ny mampifandray ny Helamàna 10:7 amin'ireto soratra masina manaraka ireto: 1 Mpanjaka 17 (Elia); Matio 16:15–19 (Petera); Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:46 (Joseph Smith).

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:9 ary tadiavo ny zavatra nampianarin'ny Mpaminany Joseph Smith mikasika ny herin'ny famehezana.

Ny Filohan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no mihazona ireo fanalahidin'ny herin'ny famehezana ireo amin'izao fotoana izao. Tahaka ny nahafahan'ny Tompo natoky an'i Nefia dia mahafantatra ihany koa Izy fa tsy hampiasa io hery io amin'ny fomba mifanohitra amin'ny sitrapony ny Filohan'ny Fiangonana. Io fahefan'ny famehezana io dia omena ny mpihazona fisoronana mendrika hafa manerana izao tontolo izao, izay ahafahan'ireo ôrdônansin'ny fisoronana hamehy eto an-tany sy any an-danitra.

Eritrereto ity fanambarana nataon'ny Loholona Bruce R. McConkie tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity mikasika ny maha zava-dehibe ity herin'ny famehezana ity:





"Ny zavatra rehetra izay tsy nofehezina tamin'ity fahefana ity dia mifarana rehefa maty ny olona. Raha tsy manana io famehezana tsy misy fetra io ny batisa iray dia tsy hahatafiditra ny olona iray ao amin'ny fanjakana selestialy; raha tsy nofehezina tamin'io fahefana io ny fanekempihavanan'ny fanambadiana mandrakizay dia tsy hitondra ireo mpivady nanao izany ho amin'ny fisandratana ao amin'ny lanitra ambony indrindra ao anatin'ny tontolo selestialy izany.

"Mahazo hery tsy misy fetra sy manan-kery ny zavatra rehetra noho ilay herin'ny famehezana" (*Mormon Doctrine,* 2nd ed. [1966], 683).

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Araka ny nolazain'ny Loholona McConkie dia inona no mitranga rehefa tsy fehezina amin'ny alalan'ny fahefana tena izy ny ôrdônansy iray?

**b.** Inona no fiantraikan'ny herin'ny famehezana teo amin'ny fiainanao ary ahoana no tianao hitahian'izany ny fiainanao amin'ny hoavy?

Vakio ity teny manaraka nataon'ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, izay milaza fa naverina tamin'ny laoniny ny fahefan'Andriamanitra entina mamehy: "Naverina tamin'ny laoniny araka izay voalazan'ny faminaniana ny tempoly, ny ôrdônansy, ny fanekempihavanana, ny fanafiana masina ary ny famehezana. Ireo ôrdônansin'ny tempoly dia manome fomba ihavanana amin'ny Tompo ary mamehy ny fianakaviana hiaraka mandrakizay. Ny fankatoavana ireo fanekempihavanana masina natao tao amin'ny tempoly dia mahatonga antsika ho mendrika ny fiainana mandrakizay—ilay fanomezana lehibe indrindra avy amin'Andriamanitra ho an'ny olona" ("Prepare for the Blessings of the Temple," *Ensign,* ôkt. 2010, 42).

Araka izay nolazain'ny Loholona Nelson dia inona no mahatonga antsika ho mendrika ny hahazo ireo fitahiana nampanantenaina avy amin'ilay herin'ny famehezana?

## Helamàna 10:12–19

### *Nankatoavin'i Nefia ilay didin'ny Tompo hoe hitory fibebahana tamin'ny vahoaka*

Efa nisy fotoana ve ianao nangatahan'ny ray amandreny na mpampiasa na mpitarika iray hanao zavatra iray ary nanemotra ny fotoana hanaovana ilay zavatra nangatahana na tsy nanao izany? Eritrereto ny hafatra

ampitainao rehefa manemotra ny fanaovana ny zavatra nangatahana taminao ianao.

Vakio ny Helamàna 10:11–12 ary tadiavo ny fihetsika namalian'i Nefia ny didin'ny Tompo taminy ny mba hitory fibebahana tamin'ny vahoaka. Maneho inona amin'ny Tompo isika rehefa manao avy hatrany sy haingana ny toroheviny sy ny didiny?

**4.** Vakio ny Helamàna 10:13–18. Avy eo dia manorata fehezanteny vitsivitsy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina mikasika ny zavatra nianaranao avy amin'ny ohatra nasehon'i Nefia tamin'ny famaliany ny fandidian'ny Tompo. Manorata fomba iray azonao ampiharana izany eo amin'ny fiainanao.

Ny fahatokian'i Nefia dia naneho fa afaka nitoky taminy ny Tompo ka nomena hery lehibe sy fiarovana izy.

## Famerenana ny Soratra Masina Fehezina

Ho famerenana ny soratra masina fehezina dia vakio ny 1 Nefia 3:7; 2 Nefia 2:27; 2 Nefia 31:19–20; ary Môsià 2:17. Eritrereto ny hifandraisan'ireo andinin-tsoratra masina fehezina ireo amin'i Nefia sy ny asa fanompoany ao amin'ny Helamàna 10.

Mikatsaha fomba ametrahana ny sitrapon'ny Tompo alohan'ny anao sy hankatoavana haingana. Rehefa manompo ny Tompo amim-pahatokiana tahaka izay nataon'i Nefia ianao dia hatoky anao sy hitahy anao Izy.

**5.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Helamàna 10 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 23: ANDRO 2

# Helamàna 11–12


## Fampidirana

Ny Helamàna 11–12 dia mirakitra 14 taona teo amin'ny tantaran'ny Nefita ary maneho ny vahoaka miaina ao anatin'ny fifandimbiasan'ny fahamarinana sy ny faharatsiana. Noho ny avonavon'izy ireo dia nandà ny hibebaka tamin'ny faharatsiany ny vahoaka. Nanidy ny lanitra i Nefia ka nahatonga hain-tany sy mosary. Nampietry ny vahoaka ilay hain-tany sy ilay mosary ka nibebaka sy nitodika tamin'ny Tompo izy ireo. Koa satria tsy nifidy ny hanetry tena ny vahoaka dia nanomboka nanadino mora foana ny Tompo Andriamaniny izy ireo mandrapahatonga azy ireo hahatsapa fa tena mila tokoa ny fanampian'ny Tompo. Nanafay ny olony tao anatin'ny famindrampony Andriamanitra mba hitondrana azy ireo ho amin'ny fibebahana sy ny famonjena.

## Helamàna 11

*Niaina tao anatin'ny fifandimbiasan'ny fahamarinana sy faharatsiana ny Nefita*

**1.** Ataovy sary ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fifandimbiasan'ny fahamarinana sy faharatsiana ity. Ity fifandimbiasana ity matetika dia antsoina hoe ny "hodin'ny avonavona." Jereo fa tsy hita ao anatin'ny fanehoana an-tsary ny singa laharana 4 ao amin'ilay hodina. Araka ny hevitrao dia inona no ilaina mba hanarenana ny vahoaka iray avy amin'ny faharavana sy ny fijaliana ho amin'ny fahamarinana sy ny firoboroboana? Eo am-pandalinanao ny Helamàna 11 dia mitadiava fampahalalana mba hanampy anao hameno io dingana io ao amin'ilay hodina.




Araka ny hita ao amin'ny Helamàna 10 dia tsy nety nihaino ny tenin'Andriamanitra nambaran'ny mpaminany Nefia ny vahoaka. Avereno jerena ny Helamàna 10:18 ary fantaro hoe taiza ho aiza teo amin'ilay hodin'ny avonavona no nisy ireo Nefita tamin'io fotoana io (fiafaran'ny faha 71 taona nitondran'ny mpitsara).

Ity asa atao avy amin'ny soratra masina manaraka ity dia hanampy anao hahita io fifandimbiasan'ny fahamarinana sy ny faharatsiana io teo anivon'ny vahoaka ao amin'ny Bokin'i Môrmôna nandritra ny 14 taona teo amin'ny tantaran'izy ireo. Vakio ireto andinin-tsoratra masina ireto ao anatin'ity tabilao manaraka ity, izay notsongaina tao amin'ny Helamàna 11, manorata famaritana fohifohy momba ny toe-javatra niainan'ny Nefita, ary soraty eo ny laharana izay hametrahanao azy ireo eo amin'ilay hodin'ny avonavona. Omena ohatra roa ianao. Mitadiava teny hanampiana anao hameno ny dingana fahefatra izay banga eo amin'ilay hodina izay nataonao sary ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina.

| Taonan'ny Fitondran'ny Mpitsara | Helamàna 11 | Famaritana Fohy Momba ny Toe-javatra Niainan'ny Nefita | Toerana misy azy ao amin'ilay Hodina |
|---|---|---|---|
| 72–73 | andininy 1–2 | Nitombo ny fifandirana sy ny ady; nanohy ny asa fandravana ilay tarika miafin'ireo jirika. | 2, 3 |
| 73–75 | andininy 3–6 | | |
| 75 | andininy 7, 9–12 | | |
| 76–77 | andininy 17–18, 20–21 | Nifaly sy nankalaza an'Andriamanitra ny vahoaka; marina izy ireo ka dia niroborobo indray. | 4, 1 |
| 78–79 | andininy 22–23 | | |
| 80 | andininy 24–26 | | |
| 80–81 | andininy 27–30, 32–35 | | |
| 82–85 | andininy 36–37 | | |

Araka izay hita ao amin'ilay asa atao avy amin'ny soratra masina dia "fanetren-tena sy fibebahana" ilay singa 4 ao amin'ilay hodina. Soraty ao amin'ilay tabilao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina io.

**2.** Tsy entina maneho fiaraha-monina iray fotsiny ny hodin'ny avonavona. Mety ho hita ao anatin'ny fianakaviana iray koa izany na eo amin'ny fiainan'ny olona iray. Ny fahatakarana ny mahatonga azy io dia afaka manampy antsika hisoroka azy. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra heverinao fa ilainao mba tsy hidiranao ao anatin'ireo dingan'ny "avonavona sy faharatsiana" na "faharavana sy fijaliana" ao amin'ilay hodina.

Azonao atao ny manoratra ity fitsipika manaraka ity ao anatin'ny soratra masinao ao amin'ny Helamàna 11: **Afaka miala amin'ny avonavona sy ny faharavana isika amin'ny alalan'ny fanetren-tena sy ny fibebahana.** Azonao atao ny manisy marika ao amin'ny Helamàna 11:4 ny zavatra nantenain'i Nefia fa hoentin'ny mosary ho an'ny olony.

Eritrereto ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Mila manaraka ny hodin'ny avonavona ve ny fiaraha-monina na fianakaviana na olona iray?
- Araka ny hevitrao dia inona no tokony hataon'ny fiaraha-monina na fianakaviana na olona iray mba tsy ho voafandrika ao anatin'ny hodin'ny avonavona?

Nilaza izao manaraka izao ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mikasika ny vavaka nataon'i Nefia: "Nahare ny fitalahoan'ny mpanompony ny Tompo [ao amin'ny Helamàna 11:10–14] ary nampitsahatra ny mosary, saingy tsy nanao izany raha tsy tamin'ilay taona manaraka. Ity zava-nitranga ity dia maneho fa mandre avy hatrany ny

fitalahoantsika ny Tompo kanefa tsy mamaly raha tsy amin'ny fotoana izay heveriny araka ny fahendreny fa hahazoantsika tombony be indrindra avy amin'ny valiny izay omeny" ("Nefia, Zanakalahin'i Helamàna," ao amin'ny *Heroes from the Book of Mormon* [1995,] 154.)

Nampianatra mikasika ny zavatra azontsika hatao ny Filoha Ezra Taft Benson mba tsy ho voafandrika ao anatin'ny hodin'ny avonavona:



"Hanana vahoaka manetry tena Andriamanitra. Na isika afaka misafidy ny hanetry tena na isika voatery hanetry tena. Hoy i Almà hoe 'Hotahiana izay manetry ny tenany, rehefa tsy terena hanetry tena.' (Almà 32:16.)

"Andeha isika hisafidy ny hanetry tena.

"Afaka misafidy ny hanetry tena isika amin'ny alalan'ny fandresena ny fankahalana ny rahalahintsika sy anabavintsika, ka mandray azy ireo ho toy ny tenantsika ary manome azy ireo toerana ambony tahaka antsika na ambony kokoa noho ny tenantsika. . . .

"Afaka misafidy ny hanetry tena isika amin'ny fandraisana torohevitra sy famaizana. . . .

"Afaka misafidy ny hanetry tena isika amin'ny famelana ireo izay nanao ratsy tamintsika. . . .

"Afaka misafidy ny hanetry tena isika amin'ny fanaovana asa fanompoana tsy misy takalony. . . .

"Afaka misafidy ny hanetry tena isika amin'ny fandehanana manao asa fitoriana ary mitory ny teny izay afaka mampietry ny hafa. . . .

"Afaka misafidy ny hanetry tena isika amin'ny fandehanana matetika kokoa any amin'ny tempoly.

"Afaka misafidy ny hanetry tena isika amin'ny fibabohana sy ny fialana amin'ny fahotantsika ary aterak'Andriamanitra. . . .

"Afaka misafidy ny hanetry tena isika amin'ny fitiavana an'Andriamanitra, amin'ny fampanarahana ny sitrapontsika amin'ny sitrapony ary amin'ny fametrahana Azy ho lohalaharana eo amin'ny fiainantsika. . . .

"Andeha isika hisafidy ny hanetry tena. Afaka manao izany isika. Fantatro fa afaka isika" ("Beware of Pride," *Ensign,* mey 1989, 6–7).

## Helamàna 12

### *Nanazava ny antony hamaizan'ny Tompo ny vahoaka i Môrmôna*

Alaivo sary an-tsaina hoe ny mpaminany Môrmôna ianao ary avy nanoratra mikasika ireo 14 taona tamin'ny tantaran'ny Nefita izay hita ao amin'ny Helamàna 11. Ahoana no hanohizanao ity fehezanteny manaraka ity: "Ary dia toy izany no ahafahantsika mahita __________ __________________________ ."

Vakio ny Helamàna 12:1 ary fantaro ny zavatra tian'i Môrmôna ho hitantsika. Eritrereto ny zavatra mety ho tian'i Môrmôna nambara tamin'ny hoe "tsy fitombenan'ny fon'ny zanak'olombelona."

Halalino ny Helamàna 12:2–3 ary tadiavo ireo lesona hafa tian'i Môrmôna hianarantsika. Jereo akaiky ny andian-teny hoe "ahazoantsika mahita" (andininy 2) sy "toy izany no ahitantsika" (andininy 3).

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana araka ny hevitrao no mora tokoa ho an'ireo izay miroborobo ny manadino ny Tompo?

**b.** Inona avy ireo karazan-javatra mampiadana sy firoboroboana amin'izao androntsika izao, izay mety hitarika ny olona iray hanadino an'Andriamanitra?

**d.** Inona no toe-javatra nisy fantatrao, izay nahitana fa nanadino ny Tompo ny olona iray na ny andian'olona maromaro tao anatin'ny firoboroboan'izy ireo?

Anisan'ireo lesona tian'i Môrmôna hianaran'ny olona mamaky ny asa sorany ireto manaraka ireto: **Raha tsy mitandrina isika dia mety hitarika antsika hanadino ny Tompo ny firoboroboantsika,** ary **manafay ny vahoakany ny Tompo mba hanairana azy ireo ho amin'ny fahatsiarovana Azy.**



Nampianarin'ny Loholona D. Todd Christofferson, ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ny antony hamaizan'ny Tompo antsika:

"Na dia sarotra aza matetika ny miaritra dia tokony ho faly isika fa mbola raisin'Andriamanitra ho zava-tsarobidy ka handaniany ny fotoany ary mbola ahitsiny.

"Misy tanjona telo farafahakeliny ny famaizana avy amin'Andriamanitra: (1) handresena lahatra antsika fa mila mibebaka isika, (2) hanadiovana sy hanamasinana antsika, ary (3) hamerenana antsika amin'ny lalampiainana izay fantatr'Andriamanitra fa tsara kokoa ho antsika" ("Izay Rehetra Tiako no Anariko sy Faiziko," *Ensign* na *Liahona,* mey 2011, 98).

Iza amin'ireo tanjona ireo no tsapanao fa ahitana taratra ny fikasan'ny Tompo tamin'ny namaizany ireo Nefita sy Lamanita ao amin'ny Helamàna 11–12? Inona avy ireo tanjona nampiasany famaizana teo amin'ny fiainanao?

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Vakio ny Helamàna 12:4–6 ary tadiavo ireo famaritana fanampiny mikasika ireo izay manadino an'Andriamanitra. Inona avy ireo fihetsiky ny tena izay manakana ny olona tsirairay tsy hahatsiaro an'Andriamanitra?

**b.** Vakio ny Helamàna 12:7–13. Nahoana i Môrmôna no nilaza hoe "ny zanak'olombelona . . . dia ambany noho ny vovoky ny tany"? Inona no ataon'ny vovoka kanefa tsy tian'ny olona atao indraindray?





Nampianatra ny Filoha Joseph Fielding Smith hoe: "Izao anefa, ny tian'io mpaminany [Môrmôna] io holazaina dia tsy hoe mitsinjo sy tia bebe kokoa ny vovoka ny Tompo mihoatra noho ny hitsinjovany sy ny hitiavany ireo zanany. . . . Ny tiany ho marihana dia hoe mpankatò ny vovoky ny tany. Mihetsika manketsy sy mankeroa noho ny didin'ny Tompo izany. Mirindra mifanaraka amin'ny lalàny ny zava-drehetra. Mankatò ny lalàna omena azy ny zavatra rehetra manerana an'izao rehetra izao, araka ny fantatro, afa-tsy ny olombelona ihany. Ahitanao lalàna sy filaminana avokoa na aiza na aiza jerenao, mankatò ny lalàna omena azy ny singa rehetra, manatanteraka tsara ny antsony. Ny olombelona kosa dia mikomy, ary amin'izay lafiny izay dia ambany noho ny vovoka ny olona satria tsipahiny ny torohevitry ny Tompo" (ao amin'ny Conference Report, apr. 1929, 55).

Takatr' i Môrmôna fa ny olona izay manaiky ny hanana an'Andriamanitra ho mpitarika azy dia lehibe kokoa noho ny vovoky ny tany. Nataony izany fampitahana izany mba hisarihana ny saintsika ho amin'ireo izay mpiavonavona sy mandà ny feon'ny Tompo ary manana fo tsy mitombina tsara. Araka izay voarakitra ao amin'ny Helamàna 12:9–20 dia nampahatsiahivin'i Môrmôna antsika ny hery lehibe ananan'ny Tompo amin'ny zavatra azo tsapain-tanana—mihetsika araka ny baiko omeny izy rehetra ireny. Makà fotoana hisaintsainana hoe hatraiza ny fankatoavanao ny didin'ny Tompo. Ahoana no ahitana fa maneho fanetrentena ny fahavononanao hankatò ny didiny? Ahoana no ahitana fa maneho avonavona ny fampiasantsika ny fahafahantsika misafidy hisafidianana ny tsy hankatò ny didiny?

**5.** Soraty ary fenoy ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fehezanteny manaraka ireto:

**a.** *Ary dia toy izany no nahitako ao amin'ny Helamàna 11–12 . . .*

**b.** *Noho izany aho dia . . .*

Rehefa mahatsiaro ny Tompo isika, ka mihaino ny feony ary mibebaka dia maneho ny fanetrentsika tena sy ny finoantsika Azy. Ary ho setrin'izany dia mitana ny toky nomeny Izy hoe hitahy sy hampiroborobo antsika ary hanome antsika ny fiainana mandrakizay amin'ny farany.

**6.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Helamàna 11–12 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 23: ANDRO 3


# Helamàna 13–14

## Fampidirana

Taona vitsy talohan'ny nahaterahan'ny Mpamonjy dia naniraka mpaminany Lamanita iray nantsoina hoe Samoela ny Tompo mba hitory fibebahana tamin'ny Nefita tao Zarahemlà. Vavolombelon'i Jesoa Kristy faharoa miaraka amin'ny mpaminany Nefia i Samoela mpaminany. Nampitandremany mialoha ny Nefita ny amin'ny hamongorana azy ireo raha tsy mibebaka. Niteny mafy azy ireo i Samoela mikasika ny fironany hitsipaka ireo mpaminany sy ny finiavan'izy ireo hikatsaka ny fahasambarana amin'ny fanaovana ny ratsy. Nanambara ireo famantarana izay hanamarika ny fahaterahana sy ny fahafatesan'i Jesoa Kristy izy. Nampianatra ihany koa izy fa hoentina ho eo anatrehan'Andriamanitra indray ny olona rehetra, amin'ny alalan'ny fanavotan'i Jesoa Kristy, mba hotsaraina.

## Helamàna 13

*Nampitandreman'i Samoela ireo Nefita ny amin'ny hamongorana azy ireo raha tsy mibebaka*



Inona no fihetsika nasehonao rehefa nanao zavatra tsy nety ianao ka nila nahitsin'ny ray aman-dreny na mpitarika hafa?

Miavaka ilay tantaran'ny mpaminany iray izay niantso vahoaka iray hibebaka, voasoratra ao amin'ny Helamàna 13–16 satria io no fotoana voalohany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay nahitana mpaminany Lamanita niantso ny Nefita ho amin'ny fibebahana.

Vakio ny Helamàna 13:1–8, 11 mba hahatakarana ny antony nitorian'i Samoela tamin'ny Nefita sy ny zavatra nasain'ny Tompo nolazainy. Ireo andininy ireo dia maneho ilay fitsipika hoe: **Mandray sy milaza ireo hafatra apetrak'Andriamanitra ao am-pony ny mpaminany.** Inona no hafatra napetrak'Andriamanitra tao am-pon'i Samoela? Araka ny voalaza ao amin'ny Helamàna 13:7 dia inona no nantenain'i Samoela fa ho fiantraikan' ny hafatra nentiny teo amin'ny Nefita?

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fotoana iray izay nahatsapanao fa notaomim-panahy ny ray aman-dreny na mpitarika iray ao amin'ny Fiangonana hanome hafatra voafaritra mazava tsara. Inona no fiantraikan'izany hafatra izany teo aminao?

Soraty eo amin'ny faritra natokana ho an'izany ny valin'ireo fanontaniana ao anatin'ity tabilao manaraka ity rehefa mandalina ny Helamàna 13:17–23 sy Helamàna 13:24–30 ianao.

Avereno jerena ny Helamàna 13:26–28 mba hitadiavana ny fihetsika nasehon'ireo Nefita tamin'ireo mpaminany sandoka. Nanambara ny Filoha Ezra Taft Benson hoe: "Ny fihetsika hasetrintsika ny tenin'ny mpaminany velona rehefa milaza amintsika izay tokony hataontsika izy, saingy tsy tiantsika henoina, dia fomba iray hitsapana ny fahatokiantsika" (*The Teachings of Ezra Taft Benson* [1988], 140).

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Manomeza ohatra iray amin'ireo torohevitry ny mpaminany izay nofidinao hankatoavina.

**b.** Ahoana no fomba nitahiana anao noho ny fanarahanao io torohevitra io?

**d.** Ahoana no fomba ahafahanao mivoatra eo amin'ny fanarahana ny torohevitr'ireo mpaminany velona?

Naminany i Samoela fa fongotra ireo Nefita afaka 400 taona raha tsy nibebaka (jereo ny Helamàna 13:9–10) ary nampianatra izy fa ny hany antony tsy mbola naha fongana azy ireo dia noho ireo olo-marina izay niaina teo anivon'izy ireo (jereo ny Helamàna 13:12–14).

Vakio ny Helamàna 13:38 mba hahitana ny fomba nahalasa ratsy fanahy tokoa ny maro tamin'ireo Nefita tamin'ny andron'i Samoela.

Nanambara i Samoela fa tsy afaka mahazo fahasambarana amin'ny fanaovana ny ratsy isika, izay manampy antsika hahatakatra fa **rehefa mitandrina ny didin'Andriamanitra ihany isika vao tonga ny tena fahasambarana.** Inona no andinin-tsoratra masina fehezina izay mampianatra ihany koa io fahamarinana io? (Jereo ny fanovozan-kevitra *d* eny ambanin'ny pejy ho an'ny Helamàna 13:38.)

| **HELAMÀNA 13:17–23**<br>Fitsipika: **Rehefa tsy mahatsiaro ny Tompo isika dia mora handairan'ny avonavona sy ny faharatsiana.** |
|---|
| Iza avy ireo andinin-tsoratra masina izay tsapanao fa mampianatra ilay fitsipika etsy ambony? |
| Inona no ozona nolazain'i Samoela fa ho tonga amin'ny Nefita? |
| Araka ny voalazan'i Samoela dia inona no tsy nataon'ny Nefita rehefa nametraka ny fony tamin'ny hareny izy ireo? |
| Inona avy ireo fomba izay mety hametrahan'ny zatovo amin'izao fotoana izao ny fony amin'ny harena—fananana sy fomba amam-panao ary faniriana—izay mety hitondra amin'ny avonavona sy ny faharatsiana? |
| Nahoana araka ny hevitrao no ilaina ny "mahatsiaro ny Tompo Andriamanitra[o] . . . amin' ny zavatra izay efa nitahiany ana[o]"? (andininy 22). |
| **HELAMÀNA 13:24–30**<br>Fitsipika: **Raha mitsipaka ny tenin'ny mpaminanin'ny Tompo isika dia hahatsapa nenina sy alahelo.** |
| Iza avy ireo andinin-tsoratra masina izay tsapanao fa mampianatra ilay fitsipika etsy ambony? |
| Inona no fialantsiny izay nolazain'i Samoela fa nampiasain'ny Nefita mba hitsipahana ireo mpaminanin'ny Tompo? |
| Araka ny eritreritrao, nahoana no matetika ny olona no manaiky ireo mpaminany sandoka araka ny fomba izay nofaritan'i Samoela? |
| Valio ireto fanontaniana roa manaraka ireto amin'ny alalan'ny fandalinana ireo lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana farany indrindra ao amin'ny *Ensign* na ny *Liahona:* |
| Inona avy ireo fampianarana manokana nomen'ireo mpaminany sy apôstôlintsika velona? |
| Inona avy ireo olana manokana izay nampitandreman'ireo mpaminany sy apôstôly antsika fa tokony ialantsika? |



Nanampy antsika ny Filoha Ezra Taft Benson hahatakatra io fitsipika io rehefa nilaza izy hoe: "Misy fomba fitenin'ny Ntaolo izay manao hoe: aleo miomana sy misoroka toy izay mitsabo sy mibebaka. Tena marina tokoa izany. . . . Ny dingana voalohany amin'ny fitandremana ny tenantsika ho madio ara-pitondrantena dia ny manomana ny tenantsika hanohitra ny fakam-panahy sy ny misoroka mba tsy hianjerantsika ao anatin'ny fahotana" ("The Law of Chastity," ao amin'ny *Brigham Young University 1987–88 Lahateny tamin'ny Fampaherezam-panahy sy Takariva Amorom-patana* [1988], 51; speeches.byu.edu).

Nampianatra i Samoela fa ny fanapahan-kevitry ny Nefita hanemotra ny fibebahany dia hiafara amin'ny fahorian'izy ireo sy ny famongorana azy ireo. Ireo tantara hafa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra fa afaka mikiry amin'ny fikomiana sy ny faharatsiana ny olona mandra-pialan'ny faniriana hibebaka amin'izy ireo. Ohatra, tsy nety nihaino an'Andriamanitra i Lamàna sy Lemoela ka nanjary "donto" (1 Nefia 17:45). Ny ohatra tahaka izany dia maneho ny antony maha-manan-danja tokoa ho antsika ny tsy tokony hanemorana ny fibebahantsika. Amin'ny alalan'ny fibebahana no ahafahanao manao izay tsara ary manakana ny fahotana sy ny fakam-panahy mba tsy haharesy ny fanirianao hanaraka an'Andriamanitra.

Vakio ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany mba hahatakarana bebe kokoa fa afaka mandeha amin'ny lalana mahitsy indray ianao eo amin'ny fiainana raha toa ka nanaraka lalan-diso:



"Nandritra ny fanofanana ahy mba ho lasa kapiteny tao amin'ny kaompaniam-pitaterana anabakabaka dia tsy maintsy nianatra ny fomba fitondrana fiaramanidina amin'ny dia lavitra dia lavitra aho. Ny zotra anabakabaka misidina eo ambonin'ny ranomasimbe mangeniheny, sy mitety ny tany foana midadasika ary mandeha miala amin'ny kaontinanta iray mankany amin'ny kaontinanta iray hafa dia mila fandaminana maty paika mba hiantohana ny fahatongavana hieren-doza any amin'ny toerana voatondro haleha. Ny sasany amin'izany zotra anabakabaka tsy an-kijanona izany dia mety maharitra hatramin'ny adiny 14 ary mahavita efa manakaikin'ny 14.500 kilômetatra eo ho eo.

Misy fotoam-panapahan-kevitra lehibe mandritra ny zotra lavitra toy izany, izay fantatra araka ny mahazatra amin'ny hoe ny *fotoam-piverenana hieren-doza.* Amin'izany fotoana izany ny fiaramanidina dia manana lasantsy ampy mba hiodinana sy hiverenana soa aman-tsara any amin'ny seranam-piaramanidina niaingana. Raha tafahoatra an'ilay fotoam-piverenana hieren-doza, dia tsy manana izany safidy izany intsony ilay kapiteny ary tsy maintsy manohy. Izay no antony ilazana io fotoana io ho toy ny *fetra tsy ahafahana miverina intsony.*

"... Tian'i Satana isika hieritreritra hoe rehefa nanota dia efa nihoatra an'ilay "fetra tsy ahafahana miverina intsony" —ary efa tara loatra raha hanova ny lalantsika. ...

"... Mba hanaovana izay ahatonga antsika ho very fanantenana sy hahatsapa ho fadiranovana tahaka azy ary hino fa tsy hahazo famelan-keloka intsony isika dia mety hampiasa teny avy ao amin'ny soratra masina mihitsy aza i Satana fa amin'ny fomba diso izay manantitrantitra ny fahamarinan'Andriamanitra, mba hilazana fa tsy misy ny famindram-po. ...

"Tonga i Kristy mba hamonjy antsika. Raha nandeha tamin'ny lalana tsy izy isika, dia afaka manome fahatokiana antsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy fa ny fahotana dia *tsy hoe* toe-javatra iray tsy ahafahana miverina intsony. Azo atao ny miverina hieren-doza raha manaraka ny drafitr'Andriamanitra entina hamonjena antsika" ("Fotoam-piverenana Hieren-doza," *Ensign* na *Liahona,* mey 2007, 99).

Ahoana no ahafahan'ny fanamarihana nataon'ny Filoha Uchtdorf manome fanantenana an'ireo izay mahatsapa fa nanota be loatra ka tafahoatra ilay "fetra tsy ahafahana miverina intsony"? ____________________

____________________________________________

## Helamàna 14

### *Naminany mikasika ireo famantarana ny fahaterahan'ny Mpamonjy sy ny fahafatesany i Samoela*

Mieritrereta zava-nitranga iray izay niseho vao haingana tany ivelan'ny firenenao ary nanintona ny sain'izao tontolo izao. Ahoana no fomba ahafantaran'ny olona ireo zava-mitranga miseho any amin'ny faritra hafa eto amin'izao tontolo izao, toy ny loza voajanahary sy ny ady? Nahoana ny olona no te hahafantatra mikasika ireo zava-mitranga izay miseho any amin'ny faritra hafa eto amin'izao tontolo izao?

Naminany mikasika ny fahaterahan'ny Mpamonjy sy ny fahafatesan'ny Mpamonjy i Samoela, fotoan-dehibe izay hitranga any amin'ny faritra lavitra dia lavitra an'i Zarahemlà. Halalino ny Helamàna 14:3–6 ary asio marika ao amin'ny soratra masinao ireo famantarana izay hiseho amin'ny fahaterahan'i Jesoa Kristy. Halalino ny Helamàna 14:20–27 ary asio marika ireo famantarana izay hiseho amin'ny fahafatesany.

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fihetsika heverinao fa nasehonao raha toa ianao ka nanatrika teo ary nahare an'i Samoela nilaza ireo faminaniana ireo. Iza amin'ireo famantarana nomena ireo no heverinao fa hanamafy indrindra aminao fa ilaina ny mibebaka?

Sady mitondra fampianarana ireo famantarana ireo no maneho tandindona. Rehefa tonga tety an-tany i Jesoa Kristy dia nitombo ny hazavana. Rehefa maty Izy dia nitombo ny haizina. Mitranga eo amin'ny fiainantsika ny toe-javatra mitovy amin'izany rehefa mamela Azy hiditra ao am-pontsika isika na rehefa manakana Azy tsy hiditra ao.

Vakio ny Helamàna 14:11–13 ary fantaro ny fikasana na ny tanjon'i Samoela tamin'ny nitoriany tamin'ireo Nefita. Azonao atao ny manisy laharana ao amin'ny soratra masinao ny zavatra tian'i Samoela ho fantatry ny Nefita sy ho ataony. (Ilay andian-teny hoe "amin'ny alalan'ny fahamendrehany" ao amin'ny andininy 13 dia midika hoe amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.) Ianarantsika avy amin'ireo andininy ireo fa **ny finoana an'i Jesoa Kristy dia mitondra amin'ny fibebahana sy ny famelana ny fahotana.**

Vakio ny Helamàna 14:28–29 ary tadiavo ny antony hanomezan'ny Tompo famantarana sy zava-mahagaga. Fahamarinana iray ianarantsika ny hoe: **Manome famantarana sy zava-mahagaga ny Tompo mba hanampiana ny olona hino Azy.** Saintsaino ireo famantarana (porofo) izay tsapanao fa manampy anao hino an'i Jesoa Kristy.

Rehefa mianatra mikasika ireo famantarana nambaran'i Samoela tamin'ny faminaniana ianao dia zava-dehibe ny mahatsiaro fa manome famantarana

ny Tompo hanampiana ny olo-marina mba hino sy hibebaka, ary etsy ankilan'izay kosa dia mikatsaka na mangataka famantarana kosa ny ratsy fanahy noho ny antony feno fitiavan-tena izay azy ireo manokana (jereo ny F&F 46:9). Raha toa ka zava-dehibe ny mahalala ireo famantarana ny fahafatesan'ny Tompo sy ireo famantarana ny Fiverenany Fanindroany dia tena ilaina ny mahafantatra ny fampianaran'i Samoela mikasika ny dikan'ny fahafatesan'i Jesoa Kristy sy ny Fitsanganany tamin'ny maty.

Vakio am-pitandremana ny Helamàna 14:15–19 ary halalino avy eo ity fanehoana an-tsary eto ambany ity.

Rehefa avy mamaky ny Helamàna 14:15–19 sy mandalina ilay fanehoana an-tsary ianao dia eritrereto ireto teboka manaraka ireto:

- Ny fahaterahana eto an-tany dia azo antsoina hoe fahafatesana ara-panahy satria tafasaraka tsy ho eo anatrehan'ny Raintsika any an-danitra isika.
- Amin'ny alalan'ny fahafatesan'i Jesoa Kristy sy ny Fitsanganany tamin'ny maty dia **manavotra ny olona rehetra amin'ny Fahalavoana Izy mba hahafahantsika miverina eo anatrehan'Andriamanitra.**
- Entina miverina eo anatrehan'Andriamanitra mba hotsaraina ny olona rehetra amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.
- Amin'ny Fitsarana Farany, ireo olona izay manohy mandà ny hibebaka dia hiaina fahafatesana ara-panahy fanindroany—ho tafasaraka amin'Andriamanitra mandrakizay.
- **Manavotra antsika amin'ny fahafatesana ara-panahy i Jesoa Kristy raha mibebaka isika.**


Asio marika ireo andian-teny ao amin'ny Helamàna 14:15–19 izay mifandray amin'ireo fotopampianarana nosoratana amin'ny endriny mibaribary izay vao novakinao ireo. Farano amin'ny famakiana ny Helamàna 14:30–31.

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba ampiasanao ny Helamàna 14:30–31 mba hanazavana amin'ny namana iray ny antony maha-manan-danja tokoa ny safidy ataontsika eto amin'ity fiainana ity.

**5.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Helamàna 13–14 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*



FIZARANA 23: ANDRO 4

# Helamàna 15–16

## Fampidirana

Rehefa niresaka tamin'ny Nefita avy eny ambonin'ny manda tao Zarahemlà i Samoela ilay Lamanita dia naminany izy fa raha tsy mibebaka izy ireo dia "hamongotra azy tanteraka" Andriamanitra (Helamàna 15:17). Nambarany fa lasa marina kokoa noho ny Nefita ireo Lamanita ary ho alavain'ny Tompo ny andron'ireo Lamanita. Nino ny fampianaran'i Samoela ny sasany tamin'ireo Nefita ary nataon'i Nefia batisa izy ireo. Ireo hafa izay tsy nino an'i Samoela dia nikasa hamono azy. Narovan'ny herin'Andriamanitra izy ary dia niverina tany amin'ny faritra niaviany.

## Helamàna 15

*Nampitandreman'i Samoela ireo Nefita ary nazavainy ny antony nahatonga ny Lamanita ho vahoakan'ny fampanantenana*

Ity manaraka ity dia toe-javatra noforonina iainan'ny zatovolahy roa:

Ny zatovolahy iray dia notezain'ny ray aman-dreny izay tsy mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ary tsy nanantitrantitra ny fampianaran'i Jesoa Kristy. Navelan'izy ireo ilay zanany lahy hisotro toaka, fomba fanao izay notohizany tany amin'ny fianarana ambaratonga ambony. Nihaona tamin'ny misiônera Olomasin'ny Andro Farany izy taty aoriana. Rehefa avy nihaona tamin'ireo misiônera tao anatin'ny fotoana vitsivitsy izy dia nampanantena fa tsy hisotro toaka intsony. Andro vitsy taorian'izay dia niaraka tamin'ny namana maromaro izy. Nomen'izy ireo zava-pisotro misy alikaola izy.

Ny zatovolahy iray hafa kosa dia notezaina tao anatin'ny fianakaviana Olomasin'ny Andro Farany. Nanao takarivan'ny mpianakavy sy fandalinan'ny fianakaviana soratra masina tsy tapaka ny ray aman-dreniny. Nanana fahazarana nandalina soratra masina sy nanao vavaky ny tena manokana isan'andro izy. Nandalo tao amin'ny Kilonga izy, nanompo tao amin'ireo kôlejin'ny Fisoronana Aharôna, ary nahavita seminera hatramin'ny farany. Nahafantatra sy nahatakatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izy mbamin'ireo didin'Andriamanitra. Nahazo namana vaovao izy rehefa nianatra tany amin'ny ambaratonga ambony. Indray alina dia notoloran'ireo namany sasany zava-pisotro misy alikaola izy.

Eritrereto ny haavon'ny tanjaka ara-panahy izay azo andrasana avy amin'ny tsirairay amin'ireo zatovolahy roa ireo ao anatin'ny toe-javatra iainany ary ny fomba ifandraisan'izany amin'ny Lamanita sy ny Nefita izay nohalalininao tao amin'ny Helamàna 15.


**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Araka ny voalaza ao amin'ny Helamàna 15:3, 17 dia manao ahoana ny toetra ara-panahin'ireo Nefita?

**b.** Araka ny voalaza ao amin'ny Helamàna 15:4–8 dia manao ahoana ny toetra ara-panahin'ireo Lamanita? (Ny teny hoe *amim-pahamalinana* ao amin'ny Helamàna 15:5 dia midika hoe "amim-pitandremana.")

Na dia niaina tao anatin'ny faharatsiana nandritra ny fotoana ela teo amin'ny tantarany aza ny Lamanita "noho ny heloky ny fomban-drazany," dia nibebaka izy ireo rehefa nahalala ny fahamarinana ary nanjary "[n]iorina sy [n]ifototra [t]ao amin'ny finoana" (Helamàna 15:4, 8). Ireo Nefita kosa tetsy ankilany dia lasa feno avonavona ary nitsipaka ny fahamarinana ao amin'ny filazantsara.

Vakio tsara ny Helamàna 15:7–8 ary fenoy ny banga ao amin'ity fehezanteny manaraka ity: Ny fahalalana ny fahamarinana sy ny finoana ny soratra masina dia mitarika amin'ny _________ sy ny _________, izay miteraka _______________________; noho izany, ireo olona maro tonga amin'izany dia _______________________.



Rehefa nahafantatra ny fahamarinana tamin'ny alalan'ny fandalinana sy ny finoana ny soratra masina ireo Lamanita dia nitombo ny finoany an'i Jesoa Kristy ary voatarika ho amin'ny fibebahana izy ireo. Niaina fiovam-po izy ireo ary lasa niorina sy nifototra tao amin'ny finoana.

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana roa ireto na izy roa:

**a.** Oviana no nanampy anao nanao ireo fanovana nilaina teo amin'ny fiainanao ny fandalinanao soratra masina?

**b.** Ahoana araka ny eritreritrao no ahafahan'ny fahazarana mandalina soratra masina amim-pahatokiana hanampy olona iray hahazo fiovam-po?

Manampy antsika ny fampianaran'i Samoela hahatakatra ny maha zava-dehibe ny fijanonana ho mahatoky amin'ny fahalalana sy ny finoana izay azontsika. Vakio ny Helamàna 15:14–17 ary tadiavo ireo andian-teny izay manambara ity fitsipiky ny filazantsara manaraka ity: **Raha lasa tsy mino ny olona taorian'ny nandraisany ny fahafenoan'ny filazantsara dia handray fanamelohana bebe kokoa.** Azonao atao ny manoratra ity fahamarinana ity ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ireo andinin-tsoratra masina ireo. Azonao atao ihany koa ny manoratra ny *F&F 82:3* ho toy ny soratra masina mifandray eo amin'ny sisin'ny soratra masinao.

Manao ahoana ny fampiharana an'io fitsipika io eo amin'ny fiainanao? Efa nisy fotoana ve nanaovanao zavatra izay fantatrao fa nifanohitra tamin'izay fantatrao fa marina? Inona no ilainao hatao mba hanamafisana orina ny finoanao ny Mpamonjy, sy hibebahana ary hiorenana sy hifotorana amin'ny fahamarinan'ny filazantsara?

## Helamàna 16

### *Natao batisa ireo izay nino an'i Samoela; nanamafy ny fony ny hafa*

Eritrereto ny fihetsika asehonao mazàna amin'ny tenin'ireo mpaminany velona sy ireo apôstôly. Nomena fahafahana ireo Nefita handray ny tenin'i Samoela, ilay mpaminany Lamanita. Ampiasao ny zavatra nianaranao avy amin'ny Helamàna 16:1–7 mba hamenoana ity tabilao manaraka ity ary mba hamantarana hoe iza no vahoaka nino ary inona no fihetsika nasehon'ny Nefita.

| Helamàna 16 | Nino ve ity andiana Nefita ity? | | Nanao ahoana ny fihetsik'ireto vahoaka ireto tamin'ny tenin'ny mpaminany Samoela? |
|---|---|---|---|
| | Eny | Tsia | |
| Andininy 1 | | | |
| Andininy 2 | | | |
| Andininy 3–5 | | | |
| Andininy 6–7 | | | |


**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana araka ny eritreritrao no mety ho tezitra sy hitsipaka ny torohevitr'ireo mpaminany ankehitriny ny zatovo sasany?

**b.** Oviana ianao no nahita olona iray nisafidy hanaraka ny torohevitry ny mpaminany na dia nitsipaka izany aza ny hafa?

**d.** Oviana ianao no nisafidy ny hanaraka ny torohevitry ny mpaminany na dia nitsipaka izany aza ny olona hafa manodidina anao?

**e.** Inona no nianaranao tao amin'ny Helamàna 16:13–14 mikasika ny tenin'ireo mpaminany?



Saintsaino ity fanambarana manaraka nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson ity, mikasika ny fihetsika hasetrin'ny olona eto amin'izao tontolo izao ireo mpaminany amin'izao fotoana izao: "Tsy voatery ho malaza eto amin'izao tontolo izao na amin'ireo izay an'izao tontolo izao ny mpaminany. Rehefa manambara ny fahamarinana ny mpaminany iray dia mampizarazara ny vahoaka izany. Mihaino ny teniny ireo izay mahitsy fo, saingy ireo tsy marina kosa dia na tsy miraharaha ny mpaminany na miady aminy. Rehefa miresaka mikasika ny fahotan'izao tontolo izao ny mpaminany, dia na te hampangina ny mpaminany ireo olon'izao tontolo izao na manao toy ny hoe tsy

misy akory ilay mpaminany, toy izay mibebaka amin’ny fahotany. Tsy ny laza mihitsy no entina hanaporofoana ny fahamarinana. Mpaminany maro no novonoina na noroahina. Rehefa manakaiky kokoa ny fiavian’ny Tompo fanindroany dia afaka manantena ianao fa rehefa miharatsy kokoa ny olona eto amin’izao tontolo izao dia hihena ny lazan’ny mpaminany eo amin’izy ireo” (*The Teachings of Ezra Taft Benson* [1988], 133).

Vakio ny Helamàna 16:16–21 mba hahitana ny fomba anamarinan’ireo tsy mpino ny fitsipahan’izy ireo ny fahatanterahan’ireo faminaniana sy ireo famantarana avy any an-danitra. Angamba azonao marihina ao amin’ny soratra masinao hoe iza amin’ireo fialan-tsiny na tetik’ady enti-manohitra ny mpaminany ireo no inoanao fa be mpanao indrindra amin’izao androntsika izao.

Vakio ny Helamàna 16:23 ary soraty ao anatin’ny soratra masinao na ny diary fandalinanao soratra masina ny vokatra tonga eo amin’ireo izay mitsipaka ireo vavolombelon’ny Tompo. Mety hitovy amin’ity fitsipika manaraka ity ny fehezanteninao: **Rehefa mitsipaka ireo vavolombelon’ny Tompo isika dia mamela an’i Satana hahazo vahana ao am-pontsika.**



Vakio ity fanambarana nataon’ny Filoha Henry B. Eyring ao amin’ny Fiadidiana Voalohany ity, ary asio marika ny teniny rehetra izay manamafy ny zavatra nianaranao tao amin’ny Helamàna 16: “Rehefa mitsipaka ny torohevitra avy amin’Andriamanitra isika dia tsy misafidy ny hahaleo tena amin’ny fitaoman’ny any ivelany. Fitaomana hafa no safidiantsika. Lavintsika ny fiarovan’ilay Ray any an-danitra manana fitiavana tonga lafatra sy tompon’ny hery rehetra ary mahalala ny zavatra rehetra, izay no tanjony, tahaka ny an’ny Zanany Malala, dia ny hanome antsika ny fiainana mandrakizay, ny hanome antsika izay rehetra ananany, ary ny hitondra antsika hiverina hody miaraka amin’ny fianakaviana mba hofihininy amin’ny sandrim-pitiavany. Rehefa mitsipaka ny toroheviny isika dia mifidy ny fitaoman’ny hery hafa, izay mikasa ny hanao izay hahatonga antsika ho fadiranovana ary ny fankahalana no hery manosika azy. Manana ny fahafahana misafidy ny tsara sy ny ratsy isika, izay fanomezana avy amin’Andriamanitra. Tsy dia hoe zo hisafidy ny ho afaka amin’ny fitaomana izany fa ilay zo an’ny tena samirery hametraka ny tenantsika ho eo ambanin’izay safidiantsika amin’ireo hery ireo” (“Finding Safety in Counsel,” *Ensign,* mey 1997, 25).

Inona no voalazan’ny Filoha Eyring fa mitranga rehefa mandà ny fitaoman’Andriamanitra eo amin’ny fiainantsika isika? Nahoana no zava-dehibe ny mahatakatra fa rehefa mandà ny fitaoman’Andriamanitra isika dia lasa eo ambanin’ny fitaoman’i Satana?

Diniho sao misy fomba nanamafisanao ny fonao tamin’ny torohevitra nomen’ireo mpaminany sy apôstôly. Mety hanampy ny famerenana mamaky ny kiboky *Ry Tanora, Mahereza* rehefa mieritreritra izay zavatra ampianarin’izy ireo ianao sy ny fomba anekenao ny torohevitr’izy ireo. Manapaha hevitra ny amin’izay hataonao anio mba hiorina sy hifototra amin’ny fiainana ny filazantsara sy ny fihainoana ny torohevitr’ireo mpaminanin’ny Tompo.

**4.** Soraty eo amin’ny faran’ny asa nampanaovina androany ao amin’ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Helamàna 15–16 ary nahavita io lesona io tamin’ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin’ny mpampianatra ahy:*

FAMPAHAFANTARANA NY

# 3 Nefia

### Inona no antony handalinana ity boky ity?

Rehefa mandalina ny 3 Nefia ianao dia hianatra mikasika ny tenin'ny Mpamonjy sy ny zavatra nataony nandritra ny Asa fanompoana nataony teo anivon'ny vahoaka tao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Nantsoin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana hoe "Filazantsara fahadimy" an'ny Tompo ny 3 Nefia satria, tahaka ireo Filazantsara efatra ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia miompana amin'ireo fampianarana sy asa fanompoan'i Jesoa Kristy mivantana izany (jereo ny Gordon B. Hinckley, "The Cornerstones of Our Faith," *Ensign,* nôv. 1984, 52). Nampianatra ny Filoha Ezra Taft Benson fa ny "3 Nefia dia mirakitra ny sasany amin'ireo andinin-tsoratra masina mampihetsi-po sy mahery vaika indrindra ao amin'ny soratra masina rehetra. Mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy sy ireo mpaminaniny ary ireo fotopampianaran'ny famonjena izany" ("The Savior's Visit to America," *Ensign,* mey 1987, 6). Rehefa mahita ny fomba nanehoan'i Jesoa Kristy fangorahana tamin'ny vahoaka "tsirairay" (3 Nefia 11:15; 17:21) ianao dia ho takatrao bebe kokoa ny fieritreretany ny momba anao manokana. Afaka mianatra lesona manan-danja ihany koa ianao amin'ny fandinihana ny fomba niomanan'ny vahoaka sasany hihaona amin'ny Mpamonjy, raha ny hafa kosa tetsy ankilan'izay dia nanakana ny tenan'izy ireo tsy hahazo fitahiana mahatalanjona.

### Iza no nanoratra ity boky ity?

Namintina rakitsoratra avy tamin'ireo takelaka lehiben'i Nefia i Môrmôna mba handrafetana ny bokin'i 3 Nefia. Nampitondraina ny anaran'i Nefia, zanakalahin'i Nefia, io boky io ary ny faharetan'ny asany dia nanomboka tany alohan'ny nisehoan'ny Mpamonjy tamin'ny vahoaka, sy nandritra io fotoana io ary taty aorian'io. Nandritra ilay fotoam-paharatsiana lehibe izay nialoha ny fitsidihan'i Jesoa Kristy, dia nanompo "tamin-kery sy fahefana lehibe" i Nefia (3 Nefia 7:17). Ny asa fanompoana nataon'i Nefia anefa dia fampidirana fotsiny ihany mankamin'ny asa fanompoan'i Jesoa Kristy, izay ny teniny sy ny asany no fototra hiompanan'ny 3 Nefia. Teo ampanaovan'i Môrmôna ny famintinany ny rakitsoratr'i Nefia dia nampidiriny ihany koa ny fanamarihany sy ny fijoroany ho vavolombelona manokana momba ity boky ity (jereo ny 3 Nefia 5:8–26; 26:6–12; 29–30).

### Oviana ary taiza no nanoratana izany?

Ireo rakitsoratra tany am-piandohana izay nampiasaina mba ho loharano nisintonana ny bokin'i 3 Nefia dia nosoratana tokotokony ho teo anelanelan'ny 1 Talohan'i J.K. sy 34 Talohan'i J.K. Nofintinin'i Môrmôna ireo rakitsoratra ireo teo ho eo anelanelan'ny 345 Taorian'i J.K.sy 385 Taorian'i J.K.. Tsy nosoratan'i Môrmôna ny toerana nisy azy tamin'ny fotoana nananbarany ity boky ity.

FIZARANA 24: ANDRO 1

# 3 Nefia 1

## Fampidirana

Talohan'ny nialany ilay tany dia nomen'ny mpaminany Nefia (zanakalahin'i Helamàna) an'i Nefia zanany lahimatoa ireo rakitsoratra. Namolavola tetika ireo tsy mpino hamonoana ireo izay nahatoky raha toa ka tsy tanteraka tao anatin'ny andro iray voatondro ireo faminaniana mikasika ny fahaterahan'i Jesoa Kristy. Rehefa nitalaho tamin'ny Tompo ho an'ireo mpino i Nefia dia tonga taminy ny feon'ny Tompo izay nanambara fa homena tamin'io alina io ny famantarana ny fahaterahany. Ho fanatanterahana ny faminanian'i Samoela ilay Lamanita dia tsy nisy ny haizina rehefa nilentika ny masoandro ary nisy kintana iray vaovao niseho. Na dia teo aza ny fikasana tsy ankiato nataon'i Satana handravana ny finoan'ny vahoaka, "ny ankamaroan' ny olona dia nino sy niova fo ho an'ny Tompo" (3 Nefia 1:22).

### 3 Nefia 1:1–26

*Tanteraka ireo faminaniana mikasika ny fahaterahan'i Jesoa Kristy ary Nefita maro ny niova fo*

Mieritrereta olona vitsivitsy ao amin'ny soratra masina na teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana izay nahafoy ny ainy ho an'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Nahoana izy ireo araka ny eritreritrao no vonona hanao izany fahafoizana izany?

Araka ny voalaza ao amin'ny 3 Nefia 1 dia nisy andiana Nefita mahatoky izay tsy maintsy nanapa-kevitra hoe vonona ve izy ireo ny hahafoy ny ainy mba hijanonana ho mahatoky amin'ny finoany. Ity toko ity dia



manomboka amin'ny fanazavana fa nomen'i Nefia ny zanany lahy izay Nefia koa no anarany, ireo rakitsoratra masina, ary avy eo izy dia nandeha niala ny tany (jereo ny 3 Nefia 1:1–3). Aorian'izay io toko io dia mitantara ny fizahan-toetra ny finoana izay niainan'ny Nefita maro.

Vakio ny 3 Nefia 1:4–9 ary tadiavo ireo toe-javatra sarotra natrehin'ireo Nefita mahatoky. Mety ho toy ny ahoana no ho fahatsapanao raha ianao no i Nefia ka efa tonga ny fotoana izay hamonoana tsy ho ela ireo mpino? Saintsaino vetivety hoe nahoana ny olona sasany no ho sahirana vao tafajanona ho mahatoky ao anatin'ny toe-javatra tahak'izany.

Vakio ny 3 Nefia 1:10–12 ary tadiavo izay nataon'i Nefia tamin'io fotoana sarotra dia sarotra io. Vakio ny navalin'ny Tompo tamin'i Nefia ao amin'ny 3 Nefia 1:13–14. Azonao atao ny manisy marika ilay fehezanteny ao amin'ny 3 Nefia 1:13 izay milaza ity fitsipika ity: **Hanatanteraka ny teniny rehetra izay nasainy nolazain'ireo mpaminaniny ny Tompo.**

**1.** Ezaho alaina sary an-tsaina izay mety ho fihetsehampon'i Nefia raha vantany vao nomena ilay famantarana ny fahaterahan'ny Mpamonjy. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe ahoana no mety ho fihetsikao raha nanatrika teo ianao tamin'izany fotoana izany. Mety ho nanao ahoana no ho fahatsapana nananananao araka ny eritreritrao raha toa ka ianao no Nefia ka vao avy nitranga ilay famantarana?

Vakio ny 3 Nefia 1:4, 14–15, 19–21 ary tadiavo ireo andian-teny fanampiny izay manantitrantitra ny fifanjohin'ny Tompo amin'ny fanatanterahana ny tenin'ireo mpaminaniny. Azonao atao ny manisy marika ireo andian-teny ireo ao amin'ny soratra masinao. Eo am-pamakianao ny 3 Nefia 1:14 dia mety hahampy ny mahatakatra fa ilay Olona izay niteny dia nitana anjara asa roa, ary niteny avy amin'ireo toetra roa maha-Izy Azy ireo: amin'ny maha-Jehovah Azy (izay ny Ray noho ny fanomezam-pahefana avy amin'Andriamanitra) sy amin'ny maha-Jesoa Kristy Azy, ilay ho tonga

### *Mipetraka eo amin'ny Toeran'ireo izay Nanoratra ny Soratra Masina*

Nametra-panontaniana i Brigham Young indray andro hoe: "Moa ve ianareo mamaky soratra masina . . . tahaka an'ny hoe ianareo no eo amin'ny toeran'ireo olona nanoratra izany? . . . Tombontsoa lehibe ho anareo ny manao izany mba hahatonga anareo hifankazatra amin'izay tian'ny tenin'Andriamanitra voasoratra hambara tahaka ny amin'ny dia sy resaka ifanaovanareo isan'andro" (*Enseignements des Présidents de l'Église: Brigham Young* [1997], 119).

Zanak'Andriamanitra mety maty ety an-tany afaka fotoana fohy.

Mba hahitana ny fomba nahatanteraka ireo faminaniana momba ny fahaterahan'ny Mpamonjy dia soraty eo amin'ny tsanganana ankavia eo amin'ity tabilao manaraka ity ny faminaniana nomen'i Samoela ilay Lamanita. Soraty ao amin'ny tsanganana ankavanana avy eo ilay andininy avy ao amin'ny 3 Nefia 1 sy famaritana fohy momba ny fahatanterahany.

| Ireo Faminanian'i Samoela ilay Lamanita | Fahatanterahany |
|---|---|
| faminaniana voalohany (Helamàna 14:3–4): | 3 Nefia 1: |
| faminaniana faha 2 (Helamàna 14:5): | 3 Nefia 1: |
| faminaniana faha 3 (Helamàna 14:6): | 3 Nefia 1: |
| faminaniana faha 4 (Helamàna 14:7): | 3 Nefia 1: |

Eo am-pamakianao ny 3 Nefia 1:16–18 dia jereo ny fihetsika nasehon'ireo ratsy fanahy rehefa nitranga ireo famantarana. Azonao atao ny manisy marika ny fihetsik'izy ireo. Hitantsika ao amin'ny 3 Nefia 1:18 fa "nanomboka natahotra . . . noho ny helony sy ny tsy finoany" ny olona sasany. Saintsaino ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no fomba hitarihan'ny fahotana sy ny tsy finoana mankany amin'ny tahotra?

Vakio ny 3 Nefia 1:22–23 ary tadiavo ny zavatra nezahin'ny devoly natao taorian'ny nanomezana ireo famantarana ny fahaterahan'ny Tompo. Fenoy ity fehezanteny manaraka ity mba hilazana ny fitsipika hitanao ao amin'ny andininy 22: **Rehefa mifanehitra amin'ny laingan'i Satana isika dia afaka misafidy ny** ________

________.

Ny Eveka Richard C. Edgley, izay nanompo tao amin'ny Episkôpà Mpiahy dia nanome torohevitra mikasika ny fihetsika azontsika haseho mandritra ny fizahan-toetra ny finoantsika. Asio marika izay teny na andian-teny nambarany ka mamporisika anao hisafidy ny hino na dia eo aza ireo ahiahy izay hakan'i Satana fanahy anao:



"Noho ny fifandirana sy ny olana izay atrehintsika eto amin'izao tontolo izao ankehitriny, dia te hanolotra safidy tokana aho—ny fisafidianana ny fiadanana sy ny fiarovana, safidy izay mety ho an'ny rehetra. Izany safidy izany dia ny finoana. Fantaro fa ny finoana dia tsy fanomezana maimaimpoana izay omena tsy ilana fieritreretana na faniriana na ezaka. . . . Hoy ny Mpamonjy hoe: 'Mankanesa aty Amiko' (Matio 11:28) ary 'Dondòny, dia [homena] ianareo' (Matio 7:7). Ireo dia matoanteny milaza asa—*mankanesa, dondòny.* Safidy izy ireo. Ka hoy aho hoe fidio ny finoana. Fidio ny finoana toy izay ny fiahiahiana, fidio ny finoana toy izay ny tahotra, fidio ny finoana toy izay ny zavatra tsy fantatra sy ny zavatra tsy hita, ary fidio ny finoana toy izay ny fieritreretana zavatra ho ratsy. . . .

". . . Rehefa mifandona amin'ny fampianarana sy fotopampianarana masina ny rafi-pisainana sy ny saina ary ny fahalalan'ny tena manokana, na maniratsira ny finoanao ireo hafatra mifanohitra dia . . . *mifidiana* ny tsy hanary ilay voan'ny [finoana] ao am-ponao noho ny tsy finoana. Tadidio fa tsy mahazo fijoroana ho vavolombelona isika raha tsy aorian'ny fizahan-toetra ny finoantsika (jereo ny Etera 12:6)" ("Finoana—Anao ny Safidy," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 31–33).

**2.** Inona no lainga sy fitaka voizin'ny devoly amin'izao fotoana izao mba hiezahana hanamafisana ny fon'ny olona hanohitra ny fahamarinana? Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay azonao atao mba hihazonana ny finoanao an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany naverina tamin'ny laoniny na dia amin'ny fotoana hiezahan'i Satana hanaovana izay hahatonga anao hiahiahy ny finoanao aza.

Vakio ny 3 Nefia 1:24–25 ary mitadiava zava-tsarotra iray fanampiny izay natrehin'ireo mpino sasantsasany. Saintsaino izay azonao hianarana avy amin'ny fihetsik'ireo vahoaka ireo rehefa nahafantatra izy ireo fa diso.

## 3 Nefia 1:27–30

### *Nitambatra tamin'ireo jirik'i Gadiantôna ireo Nefita mpiendaka sy ny Lamanita sasany*

Taona vitsy taty aorian'ny nanomezana ireo famantarana ny fahaterahan'i Jesoa Kristy dia nanomboka nisy fiantraikany tamin'ny fahafahan'ireo mahatoky hifototra tsara amin'ny filazantsara ireo Nefita mpiendaka sasantsasany. Ahoana no ahafahanao mifototra tsara amin'ny filazantsara na dia eo anivon'ireo famelezana ny Fiangonana amin'izao androntsika izao aza? Vakio ny 3 Nefia 1:27–30 ary tadiavo raha toa ka nitondra

fiantraikany tsara na ratsy tamin'ny finoan'ny hafa ny "taranaka vao misondrotra" tao amin'ny Lamanita.

Mariho fa maro tamin'ireo zatovo Lamanita no "nanjary tompon'ny tenany" (3 Nefia 1:29) ka niala tamin'ny filazantsara. Rahavavy Kathleen H. Hughes izay nanompo tao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany dia nanolotra hevitra iray ho an'ilay fehezanteny hoe "nanjary tompon'ny tenany izy": "[Izany] amiko dia midika fa ny tenany no nojeren'izy ireo voalohany ary nanome vahana ireo faniriana izay nampitandreman'ny mpaminany azy ireo fa tokony hialany izy ireo. Nanaiky ny fitaomana sy ny fakam-panahin'i Satana izy ireo" ("Grow Up unto the Lord," *Ensign,* feb. 2010, 18).

Azonao atao ny manoratra ity fitsipika manaraka ity ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny 3 Nefia 1:29–30 na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: **Raha manaiky ho azon'ny fakam-panahy isika dia afaka manana fiantraikany ratsy eo amin'ny finoan'ny hafa sy ny fahamarinany ny ohatra asehontsika.**

**3.** Mba hanampiana anao hahatakatra izay hifandraisan'io fitsipika io aminao dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Oviana ianao no nahita ohatra maneho ilay fitsipika etsy ambony? Ahoana no fomba ahafahanao mitoetra ho mahatoky na dia misafidy ny tsy hanao izany aza ireo manodidina anao?

**b.** Raha manan-danja ny mahafantatra fa mety misy fiantraikany ratsy eo amin'ny hafa ny ohatra asehontsika, dia manan-danja ihany koa ny mahatsiaro fa afaka mampatanjaka olona hafa ny ohatra asehontsika. Oviana ianao no nahita ny "taranaka vao misondrotra" na zatovo ao amin'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao izay nitondra tsara teo amin'ny finoan'ny hafa?

**4.** Ataovy lisitra ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo fomba vitsivitsy ahafahanao manana fiantraikany tsara eo amin'ny finoan'ny olona ao amin'ny fianakavianao, na ao amin'ny paroasy na sampana misy anao, na ny namana mitovy taona aminao. Misafidiana hevitra roa avy ao amin'ny lisitra nataonao ary soraty indrindra indrindra izay ho ataonao mba hanatanterahana izany.

**5.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 1 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 24: ANDRO 2

# 3 Nefia 2–5

## Fampidirana

Fotoana fohy taorian'ny nahitan'ny vahoaka ireo famantarana ny fahaterahan'i Jesoa Kristy dia nanomboka nanadino ny fijoroana ho vavolombelona azony izy ireo, ary nanamafy ny fony. Maro tamin'ireo Nefita sy ireo Lamanita no nandà famantarana sy fahagagana fanampiny ka nihanitombo tao anatin'ny faharatsiana. Vokatr'izany dia nitombo hery ny jirik'i Gadiantôna ary nandrahona ny hamongotra ireo Nefita. Nangonin'i Lakôneo lohan'ny mpitsara Nefita avokoa ireo Nefita sy Lamanita marina rehetra ary niantso ny vahoaka hibebaka sy hiomana ho amin'ny ady izy. Noho ny firaisan-kinan'izy ireo sy ny finoany ny Tompo dia resin'izy ireo ny fahavalony. Taorian'ny nanafahana azy ireo dia niaiky ny herin'Andriamanitra ireo Nefita sy Lamanita marina tamin'ny nitsimbinana ny ain'izy ireo.

## 3 Nefia 2

### *Nitambatra ho iray ireo Nefita sy Lamanita marina mba hiaro tena teo anatrehan'ny jirik'i Gadiantôna*

Mieritrereta traikefa ara-panahy manan-danja vitsivitsy izay nitranga teo amin'ny fiainanao. (Tadidio fa tsy voatery ho mahatalanjona na tsy mahazatra ny zavatra niainana ara-panahy vao azo heverina ho manan-danja.) Nahoana araka ny eritreritrao no mety ho zavadehibe ny mahatsiaro ireo zavatra niainana ara-panahy ireo?

Vakio ny 3 Nefia 2:1–3 mba hitadiavana izay zavatra nitranga teo anivon'ny vahoaka rehefa nanomboka nanadino ireo famantarana ny fahaterahan'ny Mpamonjy izy ireo. Inona no azonao ianarana avy amin'ity tantara ity mikasika ny maha-zava-doza ny fanadinoana ireo zavatra niainana ara-panahy?

Anisan'ireo fitsipika azontsika ianarana avy amin'ny zavatra nitranga tamin'ny Nefita ny hoe **raha manadino ireo zavatra niainana ara-panahy teo aloha isika dia lasa mora handairan'ny fakam-panahy sy ny fitak'i Satana.** Azonao atao ny manoratra io fitsipika io ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny 3 Nefia 2:1–3. Eo am-panaovanao izany dia eritrereto hoe nahoana no mahatonga antsika ho mora handairan'i Satana ny fanadinoana ireo zavatra niainana ara-panahy.

Saintsaino izay azonao atao hanampiana anao hamantatra sy hahatsiaro ireo zavatra niainana ara-panahy. Ataovy lisitra ireo hevitra vitsivitsy heverinao fa

hanampy be indrindra: ______________________________

______________________________

Notantarain'ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany ny fomba nahafan'ny firaketany tao anatin'ny diary ny zavatra niainany ara-panahy nitondra fanampiana ho azy. Rehefa mamaky ny zavatra niainany ianao dia tsipiho ireo fitahiana sasantsasany izay mety ho tonga noho firaketana ireo zavatra niainana ara-panahy:



"Nanoratra andalana vitsy aho isan'andro nandritra ny taona maro. Tsy mbola nisy andro tsy nanoratako mihitsy na reraka manao ahoana aho na aloha tahaka ny inona aza ny ora fidirako ny ampitso. Alohan'ny hanoratako, dia nisaintsaina izao fanontaniana izao aho: 'Moa ve aho androany nahita ny tanan'Andriamanitra nanampy anay na ny zanakay na ny fianakavianay?' Rehefa nanohy nanao izany aho, dia nisy zavatra nanomboka niseho. Rehefa nieritreritra ny zava-nitranga nandritra ny tontolo andro aho, dia hitako niharihary ny zavatra nataon'Andriamanitra tamin'ny iray taminay izay tsy tsikaritro tao anatin'ny fotoana nahasahirana ahy nandritra iny andro iny. Rehefa nitranga izany, ary nitranga matetika, dia hitako fa ny fiezahana hahatsiaro dia nahafahan'Andriamanitra nampiseho tamiko ny zavatra izay nataony.

"Nihoatra noho ny fankasitrahana ny zavatra nitombo tao am-poko. Nitombo ny fijoroana ho vavolombelona. Lasa azoko antoka mihoatra noho ny hatrizay fa ny Raintsika any an-danitra dia mihaino sy mamaly vavaka. Nahatsapa fankasitrahana bebe kokoa aho noho ny fanalefahana sy ny fanadiovana ny fon'ny olona izay tonga noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Mpamonjy. Ary lasa nahazo toky kokoa aho fa ny Fanahy Masina dia afaka mampahatsiaro antsika ny zavatra rehetra—na dia ireo zavatra izay tsy tsikaritsika na tsy noraharahiantsika aza tamin'ny fotoana nisehoany," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2007, 67).

**1.** Farito ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe ahoana no fomba nahafahan'ny fahatsiarovana ireo zavatra niainana ara-panahy nanampy anao hijanona ho mahatoky na dia teo aza ny fikasan'i Satana haka fanahy sy hamitaka anao. (Mety ho tafiditra ao anatin'izany ny fahatsiarovana ireo zavatra niainana ara-panahy amin'ny alalan'ny firaketana azy ireny ao anaty diary.)

Araka ny voasoratra ao amin'ny 3 Nefia 2:4–19 dia maro tamin'ireo Nefita no nanohy niaina tao anatin'ny faharatsiana, ary nitombo isa sy nihanahery ireo jirik'i Gadiantôna. Lasa nahery setra kokoa izy ireo, ka nahatonga ireo Lamanita niova fo hanambatra ny heriny tamin'ny Nefita mba hiadiana amin'izy ireo. Na dia nahita fahombiazana ihany aza ireo Nefita sy ireo Lamanita tamin'ny fanosehana ny jirik'i Gadiantôna hiala ny taniny dia mbola tao anatin'ny toe-javatra nampahory izy ireo 15 taona taorian'ny nanomezana ireo famantarana ny fahaterahan'i Jesoa Kristy.

## 3 Nefia 3:1–10

### *Nangatahin'ny lehiben'ny jirik'i Gadiantôna ireo Nefita sy ireo Lamanita hitolo-batana*

Ao amin'ny 3 Nefia 3:1–10, dia hitantsika ny ohatra amin'ny fomba iasan'ny devoly amin'ny alalan'ny olona hafa indraindray mba hamparefo ny finoantsika sy hampania antsika. I Gidiania, izay mpitarika ny jirik'i Gadiantôna, dia nanoratra taratasy ho an'i Lakôneo, izay lohan'ny Mpitsara sy governora an'ny vahoaka Nefita sy Lamanita mitambatra, mba handresena lahatra azy hitolo-batana tamin'ny jirik'i Gadiantôna. Vakio ny 3 Nefia 3:2–10 ka tadiavo ireo teny na andianteny izay maneho ireo paik'ady nampiasain'i Gidiania mba hamparefo ny finoan'i Lakôneo sy hampania azy. Azonao atao ny manisy marika ireo teny na andianteny ireo rehefa hitanao izy ireo.

Ireo andininy ireo dia mampianatra fa **matetika i Satana sy ireo mpanara-dia azy no mampiasa fandokafana sy fampanantenana poakaty ary fandrahonana mba hapiviliana lalana ny olona.** Zavadehibe ny fahafantarana fa matetika no feno hafetsena kokoa ny paikadin'i Satana ary mety hampiasa ny namantsika sy ny olona tiantsika izy fa tsy fahavalo hita maso mba hakana fanahy antsika. Mbola misy fitoviana hatrany eo amin'ny hery manosika an'i Gidiania sy ny paikadiny sy ny fomba iasan'i Satana amin'izao fotoana izao mba hampivily lalana ny olona.

**2.** Makà iray amin'ireo paikadin'i Gidiania ary hazavao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba mety hampiasan'ny devoly paikady mitovy amin'izany mba hampiviliana lalana ny tanora amin'izao fotoana izao. Soraty ihany koa ny fomba ahafahanao manohitra io paikady io.



## 3 Nefia 3:11–4:33

*Niomana ny hiaro tena ny vahoakan'i Lakôneo ary resin'izy ireo ny jirik'i Gadiantôna*

Gaga tamin'ny taratasin'i Gidiania i Lakôneo ary tapakevitra ny hanomana ny olony ho amin'ilay fanafihana efa nanambana. Vakio ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ary mitadiava farafahakeliny fomba efatra nanomanan'i Lakôneo ny olony eo amin'ny ara-panahy sy ny ara-batana mba hanoherana ny fanafihan'ny jirik'i Gadiantôna. (Torohevitra: eo am-pandalinanao ireo andininy ireo dia ataovy izay hanavahana an'i Gidiania, ilay mpitarika ny jirik'i Gadiantôna, sy Gidgidônia, ilay mpaminany lehibe sy lohan'ny kapiteny teo anivon'ny Nefita.)

- 3 Nefia 3:12
- 3 Nefia 3:13–14
- 3 Nefia 3:15
- 3 Nefia 3:17–19

**3.** Manaova tsipika lavalava midina eo afovoan'ny pejy iray vaovao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Soraty eo amin'ny farany ambony amin'ny faritra ilany ny andian-teny hoe *Fiomanan'i Lakôneo* ary eo amin'ny farany ambony amin'ilay faritra mifanila amin'izany ny andian-teny hoe *Zavatra Azo Ampitahaina amin'izany amin'izao Andro izao*. Soraty na ataovy sary eo ambanin'ny lohateny hoe "Fiomanan'i Lakôneo" ireo fomba efatra hitanao fa nomanin'i Lakôneo sy ireo Nefita mba hanoherana ny fanafihana. Soraty na ataovy sary eo ambanin'ilay lohateny hoe "Zavatra azo Ampitahaina amin'izany amin'izao Andro izao" ny ohatra maromaro amin'ireo zavatra amin'izao fotoana izao, izay azo ampitahaina amin'ny zavatra nataon'i Lakôneo mba hanomanana ny vahoaka. Tokony haneho ireo fiomanana ara-panahy sy ara-batana izay nasaina nataontsika amin'izao andro farany izao ireo zavatra mifanahaka ireo.

**4.** Mba hanampiana anao hieritreritra ny fomba azonao ampiharana ny zavatra nianaranao dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny roa na mihoatra izany amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no fomba ahafahanao manamafy orina ny tokantranonao mba hahatohitra ireo fanafihana ataon'ny fahavalo?

**b.** Amin'ny fomba ahoana no hahazoantsika fiarovana avy amin'ny fivoriana miaraka amin'ny fianakaviana, na ny sampana, na ny paroasy?

**d.** Nahoana no fomba tena ilaina mba hampatanjaka anao ny fandalinana soratra masina isan'andro?

**e.** Oviana ny vavaka no nanampy anao hahazo hery ara-panahy hanoherana ny fahavalo na ny loza?

**f.** Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fibebahana ho lasa karazana fiomanana amin'ny hoavy?

**g.** Nahoana araka ny hevitrao no manan-danja manokana amin'izao fotoana izao ny misafidy ny hanaraka ireo izay manana ny fanahin'ny faminaniana sy ny fanambarana?

Mba hahitana ny zavatra nitranga rehefa nanafika an'i Lakôneo sy ny vahoakany ny jirik'i Gadiantôna dia vakio ny 3 Nefia 4:7–12. Hianarantsika avy amin'ity tantara ity fa **rehefa miomana ara-panahy sy arabatana isika dia afaka mandresy ireo zava-tsarotra amin'ny alalan'ny herin'ny Tompo.**

Afaka nandresy ny jirik'i Gadiantôna sy nandringana ny jirika i Lakôneo sy ny olony. Nivoaka ho mpandresy izy ireo noho ny fahaizany nisafidy mpitarika (jereo ny 3 Nefia 3:19; 4:17), sy ny fankatoavany (jereo ny 3 Nefia 3:21; 4:18), ary ny fianteherany tamin'Andriamanitra (jereo ny 3 Nefia 4:30–31). Vakio ny 3 Nefia 4:30–33 ary tadiavo ny fihetsika nasehon'ny vahoaka taorian'ny nandresen'izy ireo ny jirik'i Gadiantôna. Inona no neken'ny vahoaka fa antony nahatonga ny fanafahana azy ireo tamin'ireo jirik'i Gadiantôna? Fitsipika iray asehon'ireo andininy ireo ny hoe: **Ny fanekena ny hatsarana sy ny famindram-pon'Andriamanitra amin'ny fanafahana antsika amin'ny zava-tsarotra dia manampy antsika hijanona ho manetry tena.**

## 3 Nefia 5

*Naverina tamin'ny laoniny teo anivon'ny vahoaka ny fandriampahalemana; nazavain' i Môrmôna ny famintinana nataony mikasika ireo rakitsoratra*

Eritrereto ny fomba nahafahan'ny traikefa ara-panahy an'ny tena manokana nisy fiantraikany teo amin'ny finoanao, na ny fanirianao, na ny fomba nanaovanao zavatra taorian'izany zavatra niainana ara-panahy izany. Vakio ny 3 Nefia 5:3–4 ary tadiavo ny zavatra nataon'ny Nefita noho ny fanampiana sy ny fitahiana azon'izy ireo avy amin'ny Tompo. Jereo fa ny hitory ny filazantsara amin'ny hafa no iray tamin'ireo zavatra nataon'ny Nefita ho setrin'izany.

Ao amin'ny 3 Nefia 5:14–26 dia manazava ny antony nanaovany ilay rakitsoratra voafintina i Môrmôna. Vakio ny 3 Nefia 5:12–13 ary tadiavo ny zavatra nolazain'i



Môrmôna mikasika ny andraikiny tamin'ny fanoratana ny famintinany ireo rakitsoratry ny Nefita.

Ianarantsika avy amin'ireo andininy ireo fa **amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy antsika dia manana andraikitra isika ny hampianatra ny hafa ny lalana mankany amin'ny fiainana maharitra mandrakizay.** Iray amin'ireo fomba manan-danja indrindra azontsika hanehoana ny fankasitrahantsika ny Tompo noho ny zavatra ataony ho antsika, ny manampy ny hafa hanatona Azy sy handray ireo fitahiana nataony ho azy ireo.

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo fomba vitsivitsy azonao ampianarana ny hafa ny lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy. Mieritrereta ihany koa toe-javatra iainana vitsivitsy izay ahafahanao mampianatra izany amin'ny hafa.

**6.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 2–5 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 24: ANDRO 3

# 3 Nefia 6–10

## Fampidirana

Taorian'ny fanafahana azy ireo tamin'ny jirik'i Gadiantôna tamin'ny fomba mahagaga dia niaina fandriampahalemana nandritra ny telo taona ny Nefita sy ny Lamanita. Nipoitra ny avonavona sy ny tsy fitovian-tsaranga ary ny fanenjehana taorian'izay ary nitondra nankany amin'ny faharatsiana lehibe sy ny fionganan'ny governemanta Nefita tamin'ny farany. Ireo famantarana ny nahafatesan'i Jesoa Kristy tany Jerosalema dia nahitana faharavana lehibe izay nandrava tanàna Nefita maro, ka nahafaty ireo mponina ratsy fanahy. Nandrakotra ny tany nandritra ny telo andro ny haizina. Tao anatin'ny haizina dia nanasa ny olona hiverina ho any Aminy ny feon'ny Mpamonjy. Rehefa nisinda ilay haizina dia niova ho fifaliana sy fiderana an'i Jesoa Kristy ny fitomanian'ny vahoaka.

## 3 Nefia 6–7

### *Nanjary feno avonavona ny Nefita, nisara-bazana ny Fiangonana, nandrava ny governemanta ny tsikombakomba miafina, ary nizarazara ho foko maro ny vahoaka*

Mieritrereta fotoana iray izay tsy maintsy nandraisanao fanapahan-kevitra mikasika ny hoe hanaraka sa tsy hanaraka ny mpaminany ianao. Araka izay voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 6–7 dia niaina ny voka-dratsin'ny fitsipahana ireo mpaminany ny Nefita sasantsasany, raha ny hafa kosa nandritra izany dia nigoka ireo fitahiana izay azo avy amin'ny fibebahana sy ny fihainoana ireo mpanompo nofinidin'ny Tompo.

Araka izay hitanao ao amin'ny 3 Nefia 5 dia nibebaka sy nanompo an'Andriamanitra tamim-pahazotoana ny Nefita ary dia nafahana tamin'ireo jirik'i Gadiantôna tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra. Niroborobo nandritra ny fotoana fohy ny Nefita taorian'izay. Tafiditra haingana tao am-pon'ny maro anefa ny avonavona, izay nahatonga fisaraham-bazana teo anivon'ny Fiangonana. Nirahina ny mpaminany maro hitory mba hanohitra ny faharatsian'ny vahoaka, saingy nosamborin'ireo mpitsara izy ireo ary novonoiny an-tsokosoko (jereo ny 3 Nefia 6:4–23). Tao anatin'ny enin-taona teo ho eo dia nanolotra "ny tenany ho an'ny fahefan'ny devoly" ny vahoaka (3 Nefia 7:5) ary nanjary ratsy fanahy tokoa ka niady tamin'izay rehetra mahakasika ny fahamarinana. Naharava ny governemanta teo amin'ny tany ny tsikombakomba miafina ary nahatonga ny olona hizarazara ho foko.

Na dia teo aza ny faharatsian'ny vahoaka dia nanohy nijoro ho vavolombelona nanohitra ny fahotan'izy ireo i Nefia ary niantso azy ireo ho amin'ny fibebahana (jereo ny 3 Nefia 7:15–20). Vakio ny 3 Nefia 7:21–22 ary asio marika ireo ohatra vitsivitsy amin'ny fomba nitahiana ny vahoaka noho ny fanarahany an'i Nefia. Ianarantsika avy amin'ireo andininy ireo fa **raha mibebaka isika ka manaraka ireo mpanompon'ny Tompo dia hahazo ny fitaoman'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika.**

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fotoana iray izay nisafidiananao ny hanaraka ny torohevitry ny mpaminany na ny mpitarika hafa ao amin'ny fisoronana. Ahoana no fomba nitahiana anao noho ny fanaovana izany?

## 3 Nefia 8:1–18

### *Faharavana lehibe no naneho ny fanatanterahana ny famantarana ny fahafatesan'i Jesoa Kristy*

Alaivo sary an-tsaina ny fahatongavan'ny andron'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany. Araka ny eritreritrao, mety hanao ahoana ny fahatsapanao rehefa tonga izany fotoana izany? Mitovy amin'izany ihany, efa hatramin'ny ela ireo Nefita no niandry ny fahatongavan'i Jesoa Kristy. Naminany mikasika ireo famantarana izay hitranga amin'ny fahafatesan'i Jesoa Kristy i Samoela ilay Lamanita (jereo ny Helamàna 14:20–27). Vakio ny 3 Nefia 8:3–4 ary jereo ny fahasamihafana nisy teo amin'ny zavatra tsapan'ny Nefita sasany mikasika ireo famantarana.

Vakio ny 3 Nefia 8:5–7 ary tadiavo izay zavatra nitranga nandritra ny taona faha 34 taorian'ny andro nisehoan'ny famantarana ny fahaterahan'ny Mpamonjy. Vakio haingana ny 3 Nefia 8:8–18 mba hitadiavana izay zavatra nitranga tamin'ny mponina tao amin'ireo tanàna izay voakasiky ny oram-baratra sy ny horohoron-tany niaraka tamin'izany. Vakio ny 3 Nefia 10:11–12 ary asio marika hoe iza ireo olona voatsimbina ka velona taorian'io faharavana io. Na dia ny "ampahany marina indrindra" tamin'ny Nefita aza ireo notsimbinina ireo dia mbola nila nibebaka sy nanatona an'i Jesoa Kristy izy ireo.

**2.** Mampiasà pejy iray ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina mba hamoronana lahatsoratra an-gazety mitatitra ireo zava-nitranga ao amin'ny 3 Nefia 8:5–18. Asio lohateny, manaova sary, ary soraty avy eo ny tatitra mikasika ny faharavana.

## 3 Nefia 8:19–25

### *Nandrakotra ny tany nandritra ny telo andro ny haizina*

Mieritrereta fotoana iray izay naha tao anatin'ny haizina anao tanteraka, toy ny lakavy na efitrano tsy misy varavaran-kely rehefa nisy namono ny jiro (na alaivo sary an-tsaina hoe mety ho toy ny ahoana ny ao anatin'izany toerana izany). Nanao ahoana izany hoe ao anaty haizina ka tsy afaka nahita? Vakio ny 3 Nefia 8:19–23 ary tadiavo izay zavatra nitranga rehefa nitsahatra ireo oram-baratra sy ny fandravana. (Azonao atao ny manisy marika ny teny na ny andian-teny rehetra izay milaza ny hatevin'ny haizina.)

Vakio ny 3 Nefia 8:24–25 ka tadiavo izay zavatra nolazain'ireo Nefita fa ho nisoroka ny fahafatesana sy ny famongorana ny maro be tamin'ny olony.

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Amin'ny fomba ahoana no hitovian'ny fiantraikan'ny ota amin'ny fitoerana ao anatin'ny haizina?

**b.** Amin'ny fomba ahoana no hitovian'ny fibebahana amin'ny famelana ny hazavana hiditra ao anatin'ny efitrano maizina?

## 3 Nefia 9:1–14

### *Re tao anatin'ny haizina ny feon'i Jesoa Kristy nanasa ireo izay notsimbinina tamin'ny famongorana mba hibebaka sy hanatona Azy*

Nandritra ireo telo andro nisian'ny haizina dia niresaka tamin'ireo izay notsimbinina ny feon'ny Mpamonjy. Vakio ny 3 Nefia 9:1–2, 7 ary tadiavo ny antony nolazain'ny Mpamonjy fa nitrangan'ity famongorana ity teo anivon'ny vahoaka. Vakio avy eo ny 3 Nefia 9:13–14 ary tadiavo ny zavatra nolazain'ny Mpamonjy mba hampiononana ny vahoaka tao anatin'ny fijaliany. Azonao atao ny manisy marika ny ampahany izay manandanja aminao amin'ireo andininy ireo.

Nijoro ho vavolombelona ny Loholona C. Scott Grow ao amin'ny Fitopololahy fa manasa antsika rehetra ny Mpamonjy hanatona Azy mba hositranina:



"I Jesoa Kristy no Ilay Mpanasitrana Lehibe ny fanahintsika. Ankoatra ireo fahotan'ny fahaverezana, dia tsy misy fahotana na fandikan-dalàna, na fanaintainana, na fahoriana, izay tsy sitran'ny Sorompanavotany.

"Rehefa manota isika, dia lazain'i Satana hoe very. Mifanohitra amin'izany kosa, ny Mpanavotra antsika dia manolotra fanavotana ho an'ny rehetra—na inona na inona hadisoana vitantsika—na dia izaho sy ianao io aza" ("Ny Fahagagana Ateraky ny Sorompanavotana," *Ensign* na *Liahona,* mey 2011, 109).

Ny fanasana nataon'ny Mpamonjy ao amin'ny 3 Nefia 9:13 mba ho any Aminy sy handray ny herin'ny fanasitranany dia mahakasika antsika tsirairay avy. Mba hahafahan'ny Mpamonjy manasitrana antsika dia

tsy maintsy manaiky ny fanasany isika ary mankany Aminy, mibebaka amin'ny fahotantsika, ary miova fo.

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny lafin-javatra iray eo amin'ny fiainanao izay afaka mahazo tombony avy amin'ny hery manasitran'ny Mpamonjy. Inona no tokony hataonao mba hanasana Azy hanasitrana anao?

## 3 Nefia 9:15–22

### *Nanambara ny feon'ny Mpamonjy fa tanteraka tamin'ny alalan'ny sorona nataony ny lalàn'i Mosesy*

Anisan'ny lalàn'i Mosesy, izay mbola niainan'ny Nefita hatramin'io fotoana io, dia nodidian'ny Tompo ny vahoakany hanatitra biby hatao sorona ho toy ny tandindona sy fanehoana ny sorona farany izay hatolony amin'ny alalan'ny Sorompanavotany. Ampiasao ny tenin'ny Mpamonjy ao amin'ny 3 Nefia 9:17 mba hamenoana ity fehezanteny manaraka ity: "Amin'ny alalako no tonga ny fanavotana, ary ao Amiko ny _____

___________________________________________________________________._"

Nanambara ny Mpamonjy fa ireo fombafomba, sy lalàna, sy fombafomba arahina, ary tandindon'ny lalàn'i Mosesy rehetra, izay nomena mba hampitodika ny vahoaka tany Aminy, dia tanteraka rehefa vitany ny sorompanavotana nataony. Vakio ny 3 Nefia 9:19 ary tadiavo izay nambaran'ny Mpamonjy fa tsy tokony hataon'ny Nefita fanatitra intsony. Tadiavo avy eo ny ao amin'ny 3 Nefia 9:20 ary asio marika izay zavatra nasaina ataon'izy ireo fanatitra mba ho sorona ho solon'izany.

Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe manatitra ho sorona "ny fo torotoro sy fanahy manenina"? Ny fanahy manenina dia fanahy izay manetry tena sy azo ampianarina ary mibebaka. Mba hananana fahatakarana lalina kokoa momba ny dikan'ny hoe manana fo torotoro sy fanahy manenina dia vakio ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary asio marika ireo teny izay nampiasainy mba hamaritana ny hoe "fo torotoro" sy "fanahy manenina":



"Fahiny, rehefa te hitsaoka ny Tompo ny olona sy hikatsaka ny fitahiany dia matetika izy ireo no nitondra fanomezana. . . . Rehefa mikatsaka ireo fitahiana azo avy amin'ny fiovam-po ianao dia afaka manatitra ho fanomezana ho an'ny Tompo ny fonao torotoro, na mibebaka, sy ny fanahinao manenina, na mpankatò. Raha ny marina dia fanomezanao ny tenanao izany—ny maha-ianao anao sy izay hahatongavanao.

"Moa ve misy zavatra tsy madio na tsy mendrika ao aminao na eo amin'ny fiainanao? Rehefa ialanao izany dia tena fanomezana ho an'ny Mpamonjy. Moa ve misy fahazarana tsara na toetra tsara izay tsy ampy loatra eo amin'ny fiainanao? Rehefa manaiky ny hanao izany ianao ary manao izany ho ampahany amin'ny fiainanao, dia manome fanomezana ho an'ny Tompo ianao amin'izany" ("When Thou Art Converted," *Ensign* na *Liahona,* mey 2004, 12).

Vakio ny 3 Nefia 9:21–22 ary tadiavo izay nampianarin'ny Mpamonjy fa tokony toetra ananantsika raha te hankany Aminy.

**5.** Mieritrereta ankizy madinika izay fantatrao. Farito ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny toetra ananan'ireo ankizy madinika izay ilaintsika mba hankanesana any amin'ny Mpamonjy.



Fenoy amin'ireo teny na andian-teny mety amin'izany ao amin'ny 3 Nefia 9:13–14, 20–22 ity fitsipika manaraka ity: **Raha manatona an'i Jesoa Kristy amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina isika dia . . .** ______

___________________________________________________________________

Izy. (Betsaka ny valiny marina azo omena.)

**6.** Mba hanampiana anao hampihatra io fahamarinana io dia valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Fihetsika manao ahoana no mety hanakana antsika tsy hanatitra ny fontsika torotoro sy ny fanahintsika manenina amin'ny Tompo?

**b.** Manao ahoana no fomba nahitanao fa nitahian'ny Tompo anao rehefa nanatona Azy tamin'ny fo nibebaka sy fanahy manoa ianao?

**d.** Ahoana no fomba tsaratsara kokoa ahafahanao manatitra fo torotoro sy fanahy manenina ho an'ny Tompo?

## 3 Nefia 10

*Nampanantena ny Tompo fa hanangona ny vahoakany tahaka ny reniakoho manangona ny zanany*



Rehefa avy nandre ny feon'ny Tompo ny vahoaka dia nitolagaga tokoa izy ireo ka nisy fahanginana nandritra ny ora maro teo amin'ny tany. Taorian'izany dia niteny tamin'ny vahoaka indray ilay feo (jereo ny 3 Nefia 10:1–3). Vakio ny 3 Nefia 10:4–6 ary tadiavo izay nolazain'ny Mpamonjy fa nezahiny natao mba hiarovana sy hamahanana ny vahoaka. Asio marika ny fampanantenana nataon'ny Mpamonjy ao amin'ny andininy 6 amin'ireo izay mibebaka sy mankany Aminy amin'ny fo feno finiavana.

Sarinteny maneho akoho manangona ny zanany ao ambany elany mba hiarovana azy ireo amin'ny loza no nampiasain'ny Mpamonjy. Eritrereto ireo fomba maha toy ny reniakoho ny Mpamonjy, izay mikatsaka ny hiaro ireo zanany amin'ny loza. Ankoatra izany, araka ny voalazan'ny 3 Nefia 10:4–6 dia nahoana no tsy voangona avokoa ny mpianakavin'i Isiraely iray manontolo?

Vakio ny 3 Nefia 10:8–10 ary tadiavo ny zavatra nitranga taorian'ny nandrenesan'ny vahoaka ny feon'ny Mpamonjy.

**7.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 6–10 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 24: ANDRO 4

# 3 Nefia 11:1–17

## Fampidirana

Fotoana vitsy taorian'ilay faharavana lehibe sy ireo telo andro nisian'ny haizina dia lehilahy sy vehivavy ary ankizy tokotokony ho 2.500 no niara-tafavory manodidina ny tempoly tao an-tanin'i Soafeno (jereo ny 3 Nefia 17:25). Nahare feo izy ireo, izay tsy azony tamin'ny voalohany. Rehefa niezaka nihaino izy ireo dia nahatakatra fa feon'ny Ray any an-danitra izany izay nampahafantatra an'i Jesoa Kristy Zanany Lahy. Niseho ny Mpamonjy an'izao tontolo izao. Nanasa ny vahoaka i Jesoa Kristy mba hijery mivantana tsirairay fa novonoina tokoa Izy noho ny fahotan'izao tontolo izao tamin'ny alalan'ny fitsapana ny holatra teo amin'ny lanivoany sy ny diam-pantsika teo amin'ny tanany sy ny tongony.

### 3 Nefia 11:1–7

*Ren'ny vahoaka ny feon'ny Ray nanambara ny fisehoan'ny Zanany Lahy*

Mivoaha any ivelany miaraka amin'ny pensilihazo sy ity boky torolalana ity ary mihainoa mandritra ny 60 segondra. Soraty eo amin'ny faritra natokana ho amin'izany ireo feo rehetra izay renao, betsaka araka izay vitanao: ______________________________

______________________________

______________________________

Asio kintana eo akaikin'ny feo tsirairay izay heverinao fa sarotra ny mamantatra azy na tsy ho tsikaritrao akory raha tsy miezaka mihaino. Miverena avy eo ao amin'ny efitrano fianarana.

Fotoana fohy taorian'ilay fandravana lehibe sy ny haizina izay nanambara ny fahafatesan'i Jesoa Kristy dia niara-tafavory teo amin'ny tempoly tao an-tanin'i Soafeno ny Vahoaka. Raha mbola niady hevitra mikasika ny zava-niseho izy ireo dia nisy traikefa mahatalanjona niseho, izay tsy azon'izy ireo tamin'ny voalohany. Vakio ny 3 Nefia 11:1–3 ary tadiavo ny zavatra izay nanahirana ny olona ny nahatakatra azy. Azonao atao ny manisy marika ny fomba namaritana ny feon'Andriamanitra sy ny fiantraikan'io feo io tamin'ireo izay nandre izany.

Makà fotoana hieritreretana mikasika ny fitovian'ny toetran'ilay feo ren'ny vahoaka amin'ny bitsika azontsika avy amin'ny Fanahy Masina. Inona no fahamarinana azonao ianarana avy amin'ny 3 Nefia 11:1–3 mikasika ny fomba iresahan'ny Tompo sy ny Fanahy Masina amintsika matetika? Fotopampianarana iray

izay hitantsika haseho ao amin'ireo andininy ireo ny hoe: **Ny Fanahy Masina matetika dia miresaka amintsika amin'ny feo tony sy malefaka izay tsapantsika ao am-pontsika.**

Ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apostôly Roambinifolo dia nanazava ny fomba fiasan'ny feon'ny Tompo, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, eo amin'ny saintsika sy ny fontsika:



"Angamba ny zavatra lehibe indrindra nianarako avy tamin'ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna dia hoe ho tonga toy ny *fahatsapana* ny feon'ny Fanahy fa tsy toy ny feon-javatra. Hianatra ianareo, tahaka ny nianarako, 'hihaino' io feo io izay *tsapa* fa tsy *re*. . . .

"Ny fanomezana ny Fanahy Masina . . . dia hitarika sy hiaro ary hanitsy mihitsy ny fihetsikareo. Feo arapanahy izay tonga ao an-tsaina izany toy ny eritreritra na fahatsapana tsapa ao am-po" ("Torohevitra ho an'ireo Tanora," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2011, 17–18).

**1.** Mieritrereta fotoana iray izay nahatsapanao ny feon'ny Tompo na ny fitaoman'ny Fanahy izay tonga tao an-tsainao na tao am-ponao. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra niainanao sy ny fahatsapanao izany.

Nandre ilay feo indroa ny Nefita nefa tsy nahatakatra izany. Vakio ny 3 Nefia 11:4–7 ary tadiavo ny zavatra hafa nataon'ny Nefita tamin'ny fanintelony mba hahazoana ilay feo. Inona aminao no hevitry ny hoe nanokatra "ny sofiny [ny vahoaka mba] handre" ilay feo? (3 Nefia 11:5).

Nanome ity torohevitra manaraka ity ny Filoha Boyd K. Packer, izay mikasika ny zavatra tokony hataontsika mba hahenoana sy hahazoana ny feon'ny Tompo amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Tsipiho ireo teny na andian-teny izany manampy anao hahafantatra izay tokony hatao, na izay tsy tokony hatao, mba handrenesana tsara kokoa ny feon'ny Tompo amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

"Tsy misarika ny saintsika amin'ny fitenenana mafy ny Fanahy. Tsy manozongozana mafy antsika amin'ny tanana na oviana na oviana Izy. Mibitsibitsika ny Fanahy. Manafosafo mora dia mora tokoa Izy, ka raha be zavatra eritreretina isika, dia mazava ho azy fa tsy hahatsapa Azy mihitsy.


"Indraindray, ny Fanahy dia hanindry mafy araka izay ilaina na matetika araka izay ilaina mba hihainoantsika Azy; kanefa avy amin'ny zavatra niainako, amin'ny ankamaroan'ny fotoana, raha tsy mihaino ilay fahatsapana malefaka isika, raha tsy mihaino amin'ny alalan'ireo fahatsapana ireo isika, dia hisintona ny Fanahy ary hiandry mandra-pahatongan'ny fotoana hanatonantsika mba hikatsaka sy hihaino amin'ny fomba fanaontsika sy ny fitenintsika" ("How Does the Spirit Speak to Us?" *New Era,* feb. 2010, 3).

Azonao atao ny manoratra ity fitsipika manaraka ity ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny 3 Nefia 11:5–6 sy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: **Rehefa mianatra mihaino ny feon'ny Tompo amin'ny alalan'ny Fanahy Masina isika dia ho afaka mahatakatra ny hafatra ampitainy amintsika.**

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no manampy anao hanomana ny sainao sy ny fonao hihaino sy hahazo ny feon'ny Tompo?

**b.** Oviana ianao no nahatakatra hafatra avy amin'ny Tompo, izay mety ho tsy renao raha tsy niezaka nihaino izany ianao?



**d.** Oviana ianao no nandray bitsika avy amin'ny Fanahy Masina mihoatra ny indray mandeha alohan'ny nahatakaranao sy nanarahanao izany?

## 3 Nefia 11:8–17

*Niseho i Jesoa Kristy ary nanasa ny vahoaka hanatona tsirairay mba hikasika ny holatra teny Aminy*

Ezaho alaina sary an-tsaina ireo zava-nitranga ao amin'ny 3 Nefia 11:8–10 eo am-pamakianao izany.

> **Maka Sary An-tsaina ny Zavatra Mitranga**
>
> Rehefa mandalina soratra masina dia matetika no manampy ny miezaka maka sary an-tsaina ny zavatra mitranga na maka sary an-tsaina hoe mety ho manao ahoana izany hoe nanatrika teo niaraka tamin'ireo izay niaina ireo zavatra ireo. Io fahaizana mandalina io dia mahatonga ireo zava-nitranga sy ireo olona ao amin'ny soratra masina ho toy ny tena misy kokoa ho anao ary manome fahafahana anao hahatsapa ny fitaoman'ny Fanahy Masina.

**3.** Eo am-pieritreretana ny hoe mety ho toy ny ahoana izany nanatrimaso ny fisehoan'i Jesoa Kristy efa nitsangana tamin'ny maty izany tamin'ireo vahoaka ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny eritreritra sy fahatsapana izay ho nananananao raha toa ka nanatrika teo ianao.

Ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia niresaka mikasika ny maha zava-dehibe ny fisehoan'ny Mpamonjy tamin'ny Nefita:

"Io fisehoana io sy io fanambarana io no zavatra fototra sy fotoana lehibe indrindra ao amin'ny tantara manontolo voarakitra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Io no fisehoana sy lalàna izay nampahafantatra sy nitaona ny fanahin'ny mpaminany Nefita rehetra tao anatin'ireo eninjato taona taloha an'io, raha tsy ho tanisaina ireo Israelita sy Jaredita razamben'izy ireo nandritra ny anarivo taonany talohan'izany.

"Niresaka momba Azy avokoa ny rehetra, nihira momba Azy, nanofy Azy, ary nivavaka mba hisehoany—fa tamin'ity indray mitoraka ity dia tonga marina tokoa Izy. Ilay andro lehibe indrindra! Tonga ilay Andriamanitra izay manova ny alina maizina rehetra ho hazavan'ny maraina" (*Christ and the New Covenant: The Messianic Message of the Book of Mormon* [1997], 250–51).

Tadidio fa vao avy niaina fandravana nahatsiravina sy telo andro tao anatin'ny haizin-kitroka ireo Nefita sy Lamanita sisa tavela ireo. Vakio ny 3 Nefia 11:10–12 ary tadiavo izay tian'i Jesoa Kristy ho fantatry ny olona mikasika Azy sy mikasika ny zavatra nataony nandritra ny asa fanompoana nataony teto an-tany. Inona tamin'ireo zavatra nolazain'ny Mpamonjy no heverinao fa ho nampionona anao indrindra ny fandrenesana azy raha nanatrika teo ianao tamin'izany? Saintsaino ny antony mahatonga io teny voalaza io ho nanan-danja lehibe tokoa taminao. Azonao atao ny manisy marika ny andian-teny izay manan-danja indrindra aminao ao amin'ny soratra masinao.

Vakio ny 3 Nefia 11:13–15 ary asio marika izay zavatra nasain'i Jesoa Kristy hataon'ny vahoaka mba handraisany ilay fahalalana ho an'ny tena manokana izay tian'i Jesoa Kristy ho azon'izy ireo mikasika Azy. Eritrereto ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto: Araka ny voalaza ao amin'ny 3 Nefia 11:14, inona no tian'ny Mpamonjy ho fantatry ny vahoaka avy amin'ity traikefa ity? Eritrereto hoe nisy olona tokotokony ho 2.500 nanatrika teo tamin'io fotoana io (jereo ny 3 Nefia 17:25), mety ho hafiriana no naharetan'izany? Mampianatra anao inona mikasika ny Mpamonjy izany?

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana araka ny eritreritrao no tian'ny Tompo hikasika Azy "tsirairay" ny vahoaka? (3 Nefia 11:15).

**b.** Ahoana no mety hampisy fiantraikany eo aminao ny fikasihana ny holatra azon'ny Mpamonjy nandritra ny sorona nataony noho ny fahotanao?

Soraty ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny 3 Nefia 11:11–15 ity fahamarinana manaraka ity, na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina: **Manasa ahy i Jesoa Kristy handray fijoroana ho vavolombelona izay ahy manokana fa izy no Mpamonjy ahy.**

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Manao ahoana no fahatsapanao ny tanjaky ny fijoroanao ho vavolombelona manokana ny amin'ny Mpamonjy? Ahoana no fitombony sy nahalasanany ho natanjaka kokoa tao anatin'ireo fotoana vitsy lasa?

**b.** Inona avy no zavatra niainana izay nahatonga anao nahazo ny fijoroanao ho vavolombelona manokana ny amin'ny Mpamonjy, na inona no azonao atao mba hahazoana fijoroana ho vavolombelona matanjaka kokoa?

**d.** Ahoana no ahafahanao mahalala fa mahafantatra anao manokana ny Mpamonjy?

Vakio ny 3 Nefia 11:16–17 ary tadiavo izay zavatra nataon'ny vahoaka taorian'ny niainan'izy ireo ity traikefa ara-panahy niaraka tamin'ny Mpamonjy ity. Mety hanampy ny mahatakatra fa ny hoe "Hosana" dia hiakam-piderana ho an'ny Tompo.

Jereo akaiky kokoa ny 3 Nefia 11:15, ary fantaro ny zavatra nataon'ny vahoaka rehefa avy nahatsapa tamin'ny tanany ireo holatra teo amin'ny Mpamonjy izy ireo. Koa satria tsy teo ianao mba hitsapa tamin'ny tananao ireo holatry ny Mpamonjy, tahaka ny vahoaka tantaraina ao amin'ny 3 Nefia, dia ahoana no ahafahanao mahafantatra fa i Jesoa no Kristy? (Jereo ny Jaona



20:30–31; Môrônia 10:3–7; F&F 46:13–14 mba hahitana valiny vitsivitsy azo omena.)

Mba hampiharana ny 3 Nefia 11:15 amin'ny tenanao dia fenoy ity fehezanteny manaraka ity: **Rehefa mahazo fijoroana ho vavolombelona izay ahy manokana momba an'i Jesoa Kristy aho dia manana andraikitra** ________________________________________________.

Eritrereto ireo fomba izay ahafahan'ny olona iray manana fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy ho "vavolombelona manambara" Azy.

Nampianatra izao manaraka izao mikasika ny fijoroana ho vavolombelona ny Filoha Boyd K. Packer: "Tsy afaka manery ny zavatra ara-panahy ianao. Tsy tonga tampoka eo aminao ny fijoroana ho vavolombelona; mitombo tsikelikely izany. Ary ny fijoroana ho vavolombelona dia fijoroana ho vavolombelona, ary tokony hajaina izany, na kely na lehibe. Mihalehibe isika amin'ny fijoroantsika ho vavolombelona, tahaka antsika izay mihalehibe ara-batana ary zara raha mahafantatra fa mitranga izany, satria tonga amin'ny alalan'ny fitomboana izany" ("How Does the Spirit Speak to Us?" 3).

**6.** Farano ity lesona ity amin'ny alalan'ny fanoratana ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fijoroanao ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy. Azonao soratana ao koa ny zavatra nataonao ka nahazoanao ny fijoroanao ho vavolombelona na ny zavatra omaninao hatao mba hampatanjahana izany. Raha mahazo fitaomam-panahy ianao dia vakio amin'ny olona hafa izany, na manasà olona iray hamaky izany.

**7.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 11:1–17 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 25: ANDRO 1

# 3 Nefia 11:18–12:48

## Fampidirana

Rehefa avy nitsapa tsirairay tamin'ny tanany ireo holatra teo amin'ny lanivoan'i Jesoa Kristy sy ny tanana ary ny tongony ireo vahoaka teo amin'ny tempoly tao an-tanin'i Soafeno dia nomen'ny Mpamonjy an'i Nefia sy ny olona maro hafa ny fahefana hanao batisa. Nampitandrina ny vahoaka ny Mpamonjy mba tsy hisian'ny fifanjihirana ary nampanantena fa handova ny fanjakan'Andriamanitra ireo izay miaina ny filazantsara. Nampianariny azy ireo koa ny fomba andraisana ireo fitahian'ny Filazantsarany ary nampianariny izy ireo hitaona ny hafa ho amin'ny tsara. Nambaran'ny Mpamonjy fa nahatontosa ny lalàn'i Mosesy Izy, ary nomeny lalàna ambonimbony kokoa ny vahoaka mba hanomanana azy ireo ho tonga tahaka Azy sy ny Raintsika any an-danitra.

### 3 Nefia 11:18–30

*Nanome fahefana an'i Nefia sy ny hafa i Jesoa Kristy hanao batisa ary nanameloka ny fifanjihirana*

Tsaroanao ve ny eritreritrao sy ny fahatsapana nanananao tamin'ianao niomana ho amin'ny batisanao, na efa nandinika namana na olona ao amin'ny fianakaviana niomana mba hatao batisa ve ianao? Olona maro no manana fanontaniana toy ny hoe "Iza no afaka manao batisa ahy?" ary "Ahoana no fomba fanatanterahana ny ôrdônansin'ny batisa?" Eritrereto ny fomba amalianao ireo fanontaniana ireo.

Teo am-pandalinanao ny 3 Nefia 11:1–17 dia nianaranao ny mikasika ny nisehoan'i Jesoa Kristy tamin'ny "vahoakan' i Nefia, niara-tafavory nanodidina ny tempoly izay tao an-tanin' i Soafeno" (3 Nefia 11:1). Nahatsapa tamin'ny tanany ireo holatra teo Aminy ireo vahoaka ireo ary lasa vavolombelona manokana ny amin'ny Fitsanganany tamin'ny maty sy ny maha-Andriamanitra Azy. Taorian'ny niainan'izy ireo io traikefa io, dia nampianatra azy ireo avy hatrany ny Mpamonjy mikasika ny batisa, anisan'izany ny hoe iza no afaka manao batisa ary ahoana no fomba tokony hanatanterahana ny batisa.


Vakio ny 3 Nefia 11:18–22, 24–25, ary soraty ny valin'ny fanontaniana hoe "Iza no afaka manao batisa ahy?" ________________________________

________________________________________

Araka ny voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 11, dia nianatra avy amin'ny zavatra nolazain'ny Mpamonjy sy ny zavatra nataony isika fa: **Tsy maintsy olona mihazona ny fahefana mety amin'izany no manatanteraka ny batisa.** Manazava ny fanambarana maoderina fa ny batisa dia tsy azo atao raha tsy olona mihazona ny anjara fanompoan'ny mpisorona ao amin'ny Fisoronana Aharôna ihany no manao azy (jereo ny F&F 20:46) na izay manana ny fisoronana Melkizedeka (jereo ny F&F 20:38–39; 107:10–11). Ankoatra izany izy dia tsy maintsy manao izany eo ambanin'ny fitarihan'ny mpitarika iray ao amin'ny fisoronana, izay mihazona ireo fanalahidin'ny fisoronana ilaina mba hanomezana lalana ny hanatanterahana ilay ôrdônansy (toy ny eveka, na filohan'ny sampana, na filohan'ny misiona, na Manampahefana Ambony).

Vakio ny 3 Nefia 11:23–27, ary soraty ny valin'ny fanontaniana hoe "Ahoana no fomba fanatanterahana ny ôrdônansin'ny batisa?" ________________________________

________________________________________



**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony hiheveranao fa **tsy maintsy hatao amin'ny fomba napetraky ny Tompo ny batisa.** Inona no mitranga rehefa tsy voatonona araka ny tokony ho izy ireo teny tononona amin'ny ôrdônansin'ny batisa na raha toa ka tsy voalentika tsara ao anaty rano ilay olona atao batisa?

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray na ny mihoatra izany amin'ireto vondrom-panontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no tsaroanao mikasika ny antony nanaovana batisa anao sy mikasika ilay fotoam-batisa? Iza no nanao batisa anao? Firy taona ianao tamin'izany? Inona no fahatsapana nananana tamin'ianao natao batisa? Midika inona aminao izany hoe olona iray mihazona ny fahefana mety amin'izany no nanao batisa anao ary tamin'ny fomba napetraky ny Tompo?

**b.** Nahita ny fanaovana batisa olona iray ve ianao tato ho ato? Inona no fahatsapana nananana?

**d.** Raha mihazona ny anjara fanompoan'ny mpisorona ao amin'ny Fisoronana Aharôna ianao dia inona no tsapanao noho ny fahafantaranao fa manana ny fahefana hanao batisa ianao? Raha efa nanana fahafahana nanao batisa olona iray ianao dia inona no tsapanao sy nianaranao nandritra izany traikefa izany?

Araka ny voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 11:28–30 dia nananatra ny vahoaka ny Tompo mba tsy hifanditra na hiady hevitra eo amin'izy samy izy mikasika ny batisa na ireo lafiny hafa amin'ny fotopampianarana. Nampianatra Izy fa avy amin'ny devoly ny fifanjihirana ka tokony hialana.

## 3 Nefia 11:31–41

### *Nanambara ny Fotopampianarany i Jesoa Kristy*

Mieritrereta zavatra iray (asa) nataonao androany izay nahazoana vokany tsara. Soraty eo amin'ireo faritra tokony hisy izany eo amin'ity fanehoana an-tsary manaraka ity ilay asa sy ny vokany. Aorian'izay dia mieritrereta zavatra iray nataonao androany izay nahazoana vokany ratsy.

Asa ——→ Vokany

________________ ________________

Ny zavatra mampifandray ny asa amin'ny vokany dia antsoina indraindray hoe ny lalàn'ny fijinjana. Ny fanambarana maoderina dia mamaritra izany tahaka izao: "Izay afafinareo no hojinjainareo; koa noho izany, raha mamafy soa ianareo dia hijinja ihany koa ny soa ho valiny" (F&F 6:33).

Vakio ny 3 Nefia 11:31, ary tadiavo ny zavatra nolazain'i Jesoa Kristy fa handeha hambarany amin'ny vahoaka.

**3.** Araka ny voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 11:32–39, i Jesoa Kristy dia nanambara ny fotopampianarany "izay efa nomen'ny Ray [Azy]" (3 Nefia 11:32). Adikao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity tabilao manaraka ity. Vakio ny andinin-tsoratra masina tsirairay ary tadiavo ireo asa sy vokany izay nampianarin'i Jesoa Kristy fa hoe mifandray amin'ny fotopampianarany. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra hitanao tao amin'ilay tabilao.

| | Asa | Vokany |
|---|---|---|
| 3 Nefia 11:32–34 | | |
| 3 Nefia 11:35–36 | | |
| 3 Nefia 11:37–38 | | |
| 3 Nefia 11:39–40 | | |

Araka ny voalaza ao amin'ny tabilaonao, inona avy ireo asa fototra izay nampianarin'i Jesoa Kristy fa tsy maintsy ataon'ireo zanaky ny Ray any an-danitra rehetra mba hidirana ao amin'ny fanjakan'ny lanitra?

Mety tsikaritrao fa ny 3 Nefia 11:32 dia milaza hoe **mijoro ho vavolombelon'ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ny Fanahy Masina.** Saintsaino ny fotoana farany indrindra nijoroan'ny Fanahy Masina ho vavolombelona taminao fa misy marina ny fitiavan'ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy.

## 3 Nefia 12:1–16

### *Nampianatra ny valalabemandry i Jesoa Kristy mikasika ireo fitahiana azontsika rehefa miaina ny filazantsarany*

Fenoy ity ankamantatra mila valiny eny na tsia ity amin'ny alalan'ny fametrahana ireo valiny etsy ambany ao anaty fari-bolana:

E T Tian'ny Ray any an-danitra ho tanteraka isika.
E T Mila tanteraka isika eto amin'ity fiainana ity vao afaka hiditra ao amin'ny fanjakana selestialy.
E T Afaka ny ho tonga tanteraka isika.

Mba hanampiana anao hanamarinana ny valinteninao dia vakio aloha ny 3 Nefia 12:48. (Andinin-tsoratra masina fehezina ity. Azonao atao ny manisy marika izany amin'ny fomba miavaka mba ho mora aminao ny hahita ny misy izany amin'ny hoavy.)



Fomba ahoana no ahafahana ho tonga tanteraka? Nilaza izao manaraka izao ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mikasika ilay didy dia ny tokony hahatanteraka antsika: "Tsy tokony ho kivy isika raha toa ka toy ny sarotra sy tsy manam-pahataperana ny ezaka amim-pahamatorana ataontsika hahatongavana any amin'ny fahatanterahana. Mbola miandry fotoana ny fahatanterahana. Tsy afaka ny ho tonga amin'ny fahafenoany izany raha tsy ao aorian'ny Fitsanganana amin'ny maty sy amin'ny alalan'ny Tompo ihany. Miandry ireo rehetra izay tia Azy sy mitandrina ny didiny izany" ("Perfection Pending," *Ensign,* nôv. 1995, 88).



Saintsaino ity fanontaniana manaraka ity: Inona araka ny hevitrao no dikan'ny hoe "amin'ny alalan'ny Tompo ihany" no ahafahan'ny fahatanterahana ho tonga?

Avereno jerena ilay ankamantatra mila valiny eny na tsia izay vao avy nataonao ary ovao ny valinteninao avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny 3 Nefia 12:48 sy ny teny nolazain'ny Loholona Nelson.

Ireo fampianaran'i Jesoa Kristy ao amin'ny 3 Nefia 12–14 indraindray dia antsoina hoe ilay "toriteny tao amin'ny tempoly" satria izy ireo dia mitovy amin' ilay Toriteny teo an-tendrombohitra fanta-daza nataon'ny Mpamonjy ary matetika izany no mampitombo ny fahatakarantsika an'io toriteny io (jereo ny Matio 5–7). Ny Filoha Harold B. Lee dia nampianatra hoe "Ilay Mpampianatra dia somary nanome antsika, nandritra ny Toriteniny teo an-tendrombohitra, fanambarana ny amin'ny toetrany manokana, izay tanteraka, na izay mety ho azo lazaina hoe 'tantaram-piainanan'ny tena manokana, ka ny vanin-teny tsirairay amin'izany dia nosoratany tamin'ny alalan'ny asa nataony,' ary ny fanaovany izany dia nanome antsika lamina arahana ho an'ny fiainantsika manokana" (*Decisions for Successful Living* [1973], 56). Eo am-pandalinanao ny 3 Nefia 12–14, dia mitadiava fomba tian'ny Mpamonjy hiezahanao mba hahazoana fahatanterahana.

Tahaka ilay tamin'ny Toriteny teo an-tendrombohitra, dia nanomboka ny toriteniny tamin'ny Nefita ny Mpamonjy tamin'ny zavatra maro izay antoky ny fahasambarana—fanambarana mikasika ny toetra voatahy sy feno fahasambarana an'ireo izay mahatoky (jereo ny 3 Nefia 12:1–12). Eo am-pamakianao azy ireo dia tadiavo ireo toetra tsara izay amporisihan'ny Mpamonjy antsika ny hampitomboana azy sy ireo fitahiana nampanantenainy ho vokatry ny fanaovantsika izany. Rehefa mamaky ianao dia azonao atao ny manisy marika ireo toetra tsara sy fitahiana nampanantenaina.

Mety hanampy ny mahafantatra fa ny *ory am-panahy* (3 Nefia 12:3) dia midika hoe manetry tena sy miantehitra amin'ny Tompo, ny hoe *mitoloko* (3 Nefia 12:4) dia entina ilazana ny fahatsapana alahelo noho ny fahotantsika, izay mitondra ho amin'ny fibebahana, ary ny *malemy fanahy* (3 Nefia 12:5) dia mety midika hoe manetry tena sy tsara fanahy, manaiky ny sitrapon'Andriamanitra, na maharitra amin'ny fiaretana izay tsy mety atao amin'ny tena kanefa tsy mankahala.

 **4.** Mitadiava toetra iray izay vao hitanao tao amin'ny soratra masina ka efa ezahanao na vao hoezahanao ananana. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo fitahiana raisinao na antenainao horaisina rehefa lasa manana io toetra io.

Avy amin'ireo fahamarinana maro ao amin'ny 3 Nefia 12:1–12 no ianarantsika fa **raha miaina araka ny fampianaran'i Jesoa Kristy isika dia hotahiana sy ho vonona hiditra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra.** Rehefa manao izany isika dia ho lasa fitaratra ihany koa, na fahazavana ho an'izao tontolo izao (jereo ny 3 Nefia 12:14–16).

## 3 Nefia 12:17–48

### *Nampianarin'i Jesoa Kristy ireo valalabemandry ny lalàna ambony izay hanampy azy ireo ho tonga tahaka Azy sy ny Ray any an-danitra*

Nampianarin'i Jesoa Kristy an'ireo Nefita ny fomba ankanesana any Aminy amin'ny alalan'ny fibebahana sy ny fankatoavana ny didiny (jereo ny 3 Nefia 12:19–20). Ao amin'ny sisa tavela amin'ny 3 Nefia 12 dia niresaka mikasika ny ampahany sasany amin'ny lalàn'i Mosesy Izy ary avy eo dia nampianatra lalàna ambonimbony kokoa. Nampahafantatra ampahany maromaro tamin'ny lalàn'i Mosesy Izy tamin'ny alalan'ny andian-teny toy ny hoe "efa voalazan' ireo tamin' ny

fahagolan-tany" na "efa voasoratra." Avy eo Izy dia nampahafantatra ilay lalàna vaovao sy ambony kokoa, izay tiany iainantsika amin'izao fotoana izao, tamin'ny andian-teny hoe "Lazaiko aminareo . . ."

**5.** Vakio ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ary soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo fitondrantena izay lazain'ny Mpamonjy fa hitondra ho amin'ny fahatanterahana:

**a.** 3 Nefia 12:21–22. Mety hanampy ny mahatakatra fa ny teny hoe *olom-poana* dia fomba fiteny hanalam-baraka izay entina manambara tsy fitiavana tsotra izao na fankahalana.

**b.** 3 Nefia 12:23–24. Ampiasao ny fanovozan-kevitra 24*a* eny ambanin'ny pejy mba hanampiana hahalala ny hevitry ny hoe mihavana amin'ny olona iray.

**d.** 3 Nefia 12:25. Mety hanampy ny mahatakatra fa ny hoe "[mihavana] faingana amin' ny fahavalonao" dia entina hilazana ny famahana haingana ireo fifandirana amin'ny hafa ary mamela azy ireny hiharatsy ka ho lasa olana lehibe kokoa. Nampianatra ny Loholona David E. Sorensen nandritra ny nahampikambana azy tao amin'ny Fitopololahy hoe "Tsy misy toerana ampiharana bebe kokoa io fitsipika io mihoatra ny ao amin'ny fianakaviantsika" ("Forgiveness Will Change Bitterness to Love," *Ensign* na *Liahona,* mey 2003, 11).

**e.** 3 Nefia 12:27–30. Mety hanampy ny mahatakatra fa ny hoe *mitsiriritra* dia entina ilazana faniriana tsy mendrika sy ratsy ary feno fitiavan-tena.

**f.** 3 Nefia 12:38–42.

**g.** 3 Nefia 12:43–45.

Fitsipika iray azontsika ianarana avy amin'ireo andininy ao amin'ny 3 Nefia 12 ireo ny hoe: **Rehefa manatona an'i Kristy isika ka mitandrina ny didiny dia afaka ny ho tonga tahaka Azy sy ny Raintsika any an-danitra bebe kokoa, izay tanteraka.**



Na dia tsy hahatratra ny fahatanterahana aza isika eto amin'ity fiainana ity, dia nanazava ny Filoha James E. Faust tao amin'ny Fiadidiana Voalohany fa tsy maintsy milofo mba handroso mankany amin'ny fahatanterahana amin'izao fotoana izao mba hahafahana mahatratra izany any amin'ny fiainana ho avy: "Tanjona mandrakizay ny fahatanterahana. Na dia tsy afaka ny ho tanteraka aza isika eto amin'ny fiainana an-tany dia didy ny fiezahana ho tonga amin'izany, izay ho azontsika tandremana any am-parany any amin'ny alalan'ny Sorompanavotana" ("This Is Our Day," *Ensign,* mey 1999, 19).

### Soratra Masina Fehezina—3 Nefia 12:48

**6.** Jereo raha toa ka vitanao tsianjery tsy misy diso ny 3 Nefia 12:48. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ilay andinin-tsoratra masina raha toa ka heverinao fa efa laninao tsianjery izany.

Tadidio fa tsy mitaky ny hahatanteraka antsika amin'ny zavatra rehetra ny Tompo mandritra ny fiainantsika eto an-tany, kanefa rehefa miezaka amim-pahazotoana isika hanaraka Azy ka mandray ireo fitahian'ny Sorompanavotana, dia afaka ny ho tonga tanteraka any am-parany any.

**7.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 11:18–12:48 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

**FIZARANA 25: ANDRO 2**

# 3 Nefia 13

## Fampidirana

Araka ny voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 13 dia nanohy ny lahateniny teo amin'ny tempoly tao an-tanin'i Soafeno ny Mpamonjy. Nampitandrina ny olona Izy mikasika ny fihatsarambelatsihy ary nampianatra azy ireo fa ny asa tsara ataon'izy ireo dia mahafaly ny Ray any an-danitra. Nampianatra ny valalabemandry ihany koa Izy mba hihary harena any an-danitra ary avy eo dia nandidy ireo mpianany roambinifolo hikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra aloha izay vao miahiahy ny amin'ireo zavatra ara-nofo manahirana azy ireo manokana.

### 3 Nefia 13:1–18

*Nampitandrina ny Nefita ny Mpamonjy mikasika ny fihatsarambelatsihy ary nampianatra azy ireo hanao asa tsara izay ankasitrahan'ny Ray any an-danitra*

Ataovy ao an-tsainao ity tomban'ezaky ny tena manokana ity amin'ny alalan'ny fisafidianana izay fehezanteny tena mahalaza indrindra ny antony manosika anao hanao fanampiana (hanome ny hafa) sy hivavaka ary hifady hanina:

Manao fanampiana aho satria:

a. Tokony hanao izany.

b. Tiako ny Tompo ary tiako ny manampy olona hafa.

d. Tiako ho tsara eo imason'ny hafa aho.

Mivavaka aho satria:

a. Tsy te handà eo imason'ny olona hafa aho rehefa asaina mivavaka.
b. Anisan'ny zavatra fanaoko mahazatra isan'andro fotsiny izany.
d. Te hifandray amin'ny Raiko any an-danitra aho.

Mifady hanina aho satria:

a. Manampy ahy hanakaiky ny Tompo ny fifadian-kanina.
b. Hieritreritra ny olona hafa hoe ratsy aho raha tsy manao izany.
d. Tsy mamela ahy hihinan-kanina ireo ray aman-dreniko rehefa tokony hifady hanina aho.

Ao amin'ny 3 Nefia 13 i Jesoa Kristy dia nampianatra ny valalabemandry Nefita mikasika ny maha zava-dehibe ny antony manosika ny olona iray hanao fanampiana sy hivavaka ary hifady hanina. Ireo valiny voatanisa ao amin'io tomban'ezaky ny tena manokana io dia ahitana taratra ireo antony isan-karazany mety hanosika antsika hanao ireo zavatra ireo na asa hafa maneho fahafoizan-tena eo amin'ny ara-pinoana.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto: Zava-dehibe ve ny *antony* hanaovantsika asa tsara? Nahoana, na raha tsia dia nahoana?

**2.** Adikao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity tabilao manaraka ity, ary fenoy izany amin'ny alalan'ny famakiana ny andinin-tsoratra masina tsirairay sy ny famaliana ireo fanontaniana roa. Rehefa mamaky izany ianao dia mety hanampy ny mahafantatra fa ny mpihatsaravelatsihy dia olona iray izay mody maneho fahamarinana eo amin'ny endrika ivelany na milaza zavatra iray fa zavatra hafa no ataony.

| Asa atao | Inona no antony manosika izay nanomezan'ny Tompo fampitandremana tsy ho hatao eo ampanaovantsika ity asa ity? | Amin'ny fomba ahoana hoy ny Tompo no tokony hanaovantsika ity asa ity? |
|---|---|---|
| Manao fanampiana (3 Nefia 13:1–4) | | |
| Mivavaka (3 Nefia 13:5–6) | | |
| Mifady hanina (3 Nefia 13:16–18) | | |

Eritrereto ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Ahoana no fomba fiantraikan'ny antony manosika antsika hanao asa tsara amin'ny fomba anaovantsika izany?
- Inona avy ireo antony tsara manosika izay mety hitaona ny olona iray hanao fanampiana, na hivavaka, na hifady hanina ao amin'ny mangingina?

Antony tsara iray manosika hanao ireo zavatra ireo ny manao izay mahafinaritra ny Ray any an-danitra. Vakio ny 3 Nefia 13:4, 6, 18 ary tadiavo ny zavatra nampa-



nantenain'ny Tompo an'ireo izay manao asa tsara ao amin'ny mangingina.

Fitsipika iray manan-danja nampianarin'ny Mpamonjy ao amin'ireo andininy ireo ny hoe: **Raha manao asa tsara isika noho ny fitiavantsika ny Ray any an-danitra dia hanome valisoa ho antsika ampahibemaso Izy.**

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fotoana nahatsapanao fa notahiana noho ny fikatsahanao hanao zavatra mba hahafaly ny Ray any an-danitra fa tsy hoe mba ho hitan'ny olona.

Avereno jerena vetivety ilay tomban'ezakao tany am-piandohan'ny lesona ary tombantombano ireo antony manosika anao hanao fanampiana sy hivavaka ary hifady hanina. Eritrereto ny fomba ahafahanao mampihatra ilay fampianaran'ny Mpamonjy hoe tokony hanatsarana ireo antony manosika anao hanao ireo zavatra ireo, na asa hafa maneho fahafoizan-tena ho an'ny Tompo.

Nanome torolalana fanampiny ho an'ireo Nefita ny Mpamonjy mikasika ny vavaka. Vakio ny 3 Nefia 13:7 ary tadiavo ny fomba namaritan'ny Mpamonjy ny teny averimberina na tsara lahatra izay ambara tsy aminkitsimpo ao anatin'ny vavaka. Ny teny hoe *foana* dia midika hoe poaka aty na tsy noeritreretina na tsy tsapa. Ny famerimberenana foana dia mety midika ihany koa hoe mamerimberina tsy am-piheverana ireo teny efa fanonona na mivavaka tsy am-pinoana.

**4.** Valio ao anaty diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ny miala amin'ny famerimberenana foana ao anatin'ny vavaka ataontsika amin'ny Ray any an-danitra?

**b.** Inona avy ireo zavatra azonao atao mba hisorohana ny famerimberenana foana rehefa mivavaka ianao?

Vakio ny 3 Nefia 13:8 ary mitadiava fitsipika iray nolazain'i Jesoa Kristy mikasika ny Ray any an-danitra. Azonao atao ny manisy marika io fitsipika io ao anatin'ny soratra masinao. Tanjona iray amin'ny vavaka ataontsika ny "hahazoantsika sy ny hafa ireo fitahiana izay efa tian'Andriamanitra homena [raha mangataka izany amimpinoana isika]" (Bible Dictionary, "Prayer", jereo ihany koa Ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Vavaka" ).

Vakio ny 3 Nefia 13:9–15 ary saintsaino ny zavatra tian'ny Tompo ianaranao mikasika ireo vavakao. Mieritrereta fomba anatsarana ny vavakao amin'ny alalan'ny fampiharana ny zavatra nianaranao avy amin'ireo fampianaran'ny Mpamonjy.

## 3 Nefia 13:19–24

### *Nampianatra ny valalabemandry i Jesoa Kristy hihary harena any an-danitra*

Efa namaky na nandre tantara mikasika ny harena very na nafenina ve ianao? Ao anatin'ireny tantara ireny indraindray dia tonga any amin'ny tanjony ihany ireo mpitady harena, saingy ny hany hitany dia hoe tsy tao akory ilay harena na tsy nisy mihitsy. Vakio ny 3 Nefia 13:19–20 ary fantaro ireo karazan-karena roa noresahan'ny Tompo. Iza amin'ireo harena ireo no nolazainy fa hijanona ho antsika mandrakizay raha katsahantsika?

**5.** Valio ao anaty diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no maha-samihafa ny "harena . . . ety an-tany" sy ny "harena . . . any an-danitra"?

**b.** Avy amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny 3 Nefia 13:21–24 dia inona avy ireo fahamarinana nampianarin'ny Mpamonjy mikasika ny fikatsahana harena ety an-tany sy harena any an-danitra? (Mety hanampy anao hahatakatra tsara kokoa ireo andininy ireo ny mahafantatra fa ny teny hoe *mamôna* dia teny fampiasa hilazana zavatr'izao tontolo izao na ny harena.)

**d.** Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fikatsahana harena ety an-tany misarika ny saintsika tsy hikatsaka harena any an-danitra?

Tsy nampianatra ny Mpamonjy hoe ratsy ny vola na ny fananana ety an-tany. Saingy noantitranteriny ny maha zava-dehibe ny fametrahana ny fontsika amin'ny harena any an-danitra, izay haharitra, fa tsy amin'ny harena ety an-tany.

Fitsipika iray azontsika ianarana avy amin'ny 3 Nefia 13:19–24 ny hoe: **Mba hananantsika an'Andriamanitra ho tompontsika dia tsy maintsy tia sy manompo Azy mihoatra ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao isika.**

Inona avy ireo ohatra amin'ny fiezahana sady manompo an'Andriamanitra no manompo an'i mamôna? Nahoana no mety ho sarotra ny mitia sy manompo mandrakariva an'Andriamanitra fa tsy ireo zavatr'izao tontolo izao? Nahoana no mendrika hanaovana ezaka ny fametrahana an'Andriamanitra ho lohalaharana?

**6.** Vakio ireto ohatra manaraka ireto. Lazao ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina hoe iza no tompo tompoin'ilay olona: Andriamanitra sa mamôna (zavatr'izao tontolo izao).

**a.** Nandà ny asa izay mitaky ny tsy hanatrehany ireo fivoriampiangonana alahady ny zatovolahy iray, fa nisafidy kosa asa kely karama kokoa, izay tsy mitaky ny hiasany isaky ny alahady.

**b.** Mitaraina matetika amin'ireo ray aman-dreniny ny zatovovavy iray fa mila akanjo vaovao izy. Tsy takatry ny fahefamividin'ny fianakaviany ireo akanjo iriany.

**d.** Mandoa ny fahafolonkarenany tsy tapaka amin'ny vola raisiny avy amin'ny asany ny zatovolahy iray. Saingy laniany hividianana zavatra hialana voly ny ambin'ny karamany, anisan'izany ny horonan-tsary sy hira tsy mendrika, ary tsy nahatahiry vola ho an'ny asa fitoriana na ny fianarana izy.

**e.** Mampiasa matetika ny ampahany amin'ny karamany ny zatovovavy iray mba hividianana fanomezana kely mba hanehoany ny fitiavany ny hafa.

## 3 Nefia 13:25–34

*Nandidy ireo mpianatra roambinifolo ny Mpamonjy mba hikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra alohan'ny zavatra manahirana azy ireo eo amin'ny ara-nofo*



Nanome torolalana ireo mpianany Nefita roambinifolo i Jesoa Kristy rehefa nandeha nanompo teo anivon'ny vahoaka izy ireo mba tsy hiahiahy ny amin'izay zavatra ilain'izy ireo ara-nofo eo amin'ny ara-tsakafo sy ny fitafiana (jereo ny 3 Nefia 13:25–31). Vakio ny 3 Nefia 13:32–33 ary tadiavo ny zavatra nolazain'ny Mpamonjy tamin'ireo mpianany mikasika ny zavatra ilain'izy ireo eo amin'ny ara-nofo. Inona no nampanantenainy amin'ireo izay mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana eo amin'ny fiainany?

Fitsipika iray azontsika ianarana avy amin'ireo andininy ireo ny hoe: **Raha ny fanjakan'Andriamanitra aloha no katsahantsika dia hanampy antsika amin'ny famatsiana izay ilaintsika Izy.**

**7.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no fomba hikatsahan'ny olona iray ny fanjakan'Andriamanitra aloha? (3 Nefia 13:33).

**b.** Tamin'ny fomba ahoana no nandraisan'ny Tompo an-tanana ny zavatra nilainao rehefa nametraka Azy ho lohalaharana ianao teo amin'ny fiainanao?

Nijoro ho vavolombelona ny Filoha Ezra Taft Benson mikasika ireo fitahiana izay azo avy amin'ny fametrahana an'Andriamanitra ho lohalarana eo amin'ny fiainantsika (azonao atao ny manoratra io teny notsongaina io amin'ny taratasy ary mitahiry izany ao anatin'ny soratra masinao mba hovakina na hozaraina amin'ny hoavy):



"Rehefa mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana isika dia mipetrapetraka tsara ny zavatra hafa rehetra na miala tsy ho ao anatin'ny fiainantsika. Ny fitiavantsika ny Tompo no hitantana ireo zavatra tiantsika, ny zavatra ampiasantsika ny fotoantsika, ny zavatra safidiantsika ho atao, ary ny fahaizantsika mandahatra ny zavatra ataontsika araka ny laharampahamehana. . . .

"Tokony omentsika toerana ambony miavaka eo amin'ny fiainantsika Andriamanitra, ilay Rain'ny fanahintsika" ("The Great Commandment—Love the Lord," *Ensign,* mey 1988, 4–5).

Saintsaino ny fomba nitahiana anao na ireo olona fantatrao noho ny fametrahana an'Andriamanitra ho lohalaharana teo amin'ny fiainanareo.

**8.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 13 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 25: ANDRO 3

# 3 Nefia 14

## Fampidirana

Mitohy ao amin'ny 3 Nefia 14 ny lahatenin'i Jesoa Kristy teo amin'ny tempoly. Nampianatra ny vahoaka Izy mikasika ny fitsarana ny hafa ary nampianatra Azy ireo hikatsaka ireo fitahiana avy amin'ny Ray any an-danitra amin'ny alalan'ny vavaka. Nampitandrina tamin'ireo mpaminany sandoka ihany koa ny Mpamonjy ary nanantitrantitra ny maha zava-dehibe ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra.

## 3 Nefia 14:1–6

*Nampianatra mikasika ny fitsarana ny hafa ny Mpamonjy*

Vakio ireo tonony ao amin'ny andininy faharoa amin'ny fihirana "Seigneur, je te suivrai" (*Cantiques,* no. 141)—na hirao amin'ny tenanao izany raha toa ka tsy mampaninona anao ny manao izany:

*Iza moa aho no hitsara ny hafa*
*Kanefa aho mba tsy tanteraka koa?*
*Miafina ao am-po tsy milaoka*
*Ny alahelo izay tsy hitan'ny maso.*
*Iza moa aho no hitsara ny hafa?*
*Tompo ô, hanaraka Anao aho.*

Araka izay voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 14 dia nanohy nampianatra ny Nefita teo amin'ny tempoly ny Mpamonjy. Vakio ny 3 Nefia 14:1–2 ary eritrereto ny hifandraisan'io torolalana nomen'ny Mpamonjy io amin'ny andininy faharoa ao amin'ilay fihirana izay vao novakinao. (Mety hanampy anao ny mahatakatra fa ny andian-teny hoe "amin'ny famarana izay hamaranareo" dia entina ilazana ny fenitra izay handrefesan'ny olona na hitsarany olona iray.)

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no ifandraisan'ny torohevitra nomen'ny Mpamonjy ao amin'ny 3 Nefia 14:1–2 amin'ny andininy faharoa amin'ilay fihirana hoe "Seigneur, je te suivrai"?

**b.** Ahoana re no fomba hilazanao ilay fahamarinana manandanja izay nampianarin'ny Mpamonjy ao amin'ny 3 Nefia 14:2 amin'ny teninao manokana? (Azonao atao koa ny manoratra io fahamarinana na fitsipika io eo amin'ny sisin'ny soratra masinao.)

Nanome hevi-baovao izay manampy antsika hahatakatra ny didin'ny Tompo manao hoe "aza mitsara" ao amin'ny 3 Nefia 14:1 ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Eo ampamakianao izany dia tsipiho ireo karazana fitsarana izay nolazainy fa tsy tokony hataontsika ary nahoana.



"Misy fitsarana karazany roa: ny fitsarana farany, izay andraràna antsika ny fanaovana azy, ary ny fitsarana antenantenany, izay asaina ataontsika, saingy atao araka ny fitsipika marina. . . .

"Ny fitsarana farany . . . dia ilay fotoana any aoriana izay hijoroantsika rehetra eo anoloan'ny toeram-pitsaran'i Kristy mba hotsaraina araka ny asantsika. . . . Mino aho fa ilay didy ao amin'ny soratra masina hoe 'aza mitsara' dia milaza mazava momba io fitsarana farany io. . . .

". . . Nahoana ny Mpamonjy no nandidy antsika mba tsy hanao fitsarana farany? Mino aho fa nomena io didy io satria sahy manao fitsarana farany isika isaky ny milaza fa mankany amin'ny helo (na any an-danitra) ny olona iray noho ny zavatra iray nataony na noho ny fotoana iray niainany. Rehefa manao izany isika—ary lehibe ny fakam-panahy hanao izany— dia manimba ny tenantsika sy ilay olona izay tetehantsika hotsaraina. . . .

". . . Ny fitsarana marina, araka ny famaritana azy, dia tokony ho antenantenany. Izany dia hanakana ny fanambarana fa azo antoka ny fisandratan'ny olona iray na ny fanilihana olona iray ho toy ny raikitra tanteraka ho any amin'ny afobe. Izany dia hanakana ny fanambarana fa tsy nisy noraisin'ny olona iray ireo fahafahana nomena azy ho amin'ny fisandratana na koa aza ireo fahafahana rehetra ho an'ny anjara asa iray ilaina ao amin'ny asan'ny Tompo. Ny filazantsara dia filazantsaran'ny fanantenana, ary tsy misy amintsika izay nomena lalana handà ny ahafahan'ny herin'ny Sorompanavotana mitondra ny fanadiovana ny otan'ny olona tsirairay sy ny famelan-keloka ary ny fiovana tanteraka eo amin'ny fiainana rehefa mahafeno ireo fepetra takina" ("'Judge Not' and Judging," *Ensign,* aog. 1999, 7, 9).

Saintsaino ny fomba anampian'ny tenin'ny Loholona Oaks anao hahatakatra ny didin'ny Tompo manao hoe "aza mitsara."

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto: Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ilay fitsipika ao amin'ny 3 Nefia 14:2 izay manao hoe **hotsaraina araka ny fomba itsarantsika isika** manova ny fomba ijerentsika ny fahadisoana na ny fahalemen'ny hafa? Vakio ny 3 Nefia 14:12. Inona no mety ifandraisan'ity andininy ity amin'io fitsipika io?

Efa ditsoka nidiran'ny zavatra kely ve tao anaty masonao, toy ny volomaso na vovoka kely? Ny soratra masina dia miresaka ny vovoka ao anatin'ny mason'ny olona iray ho toy ny *sombin-kazo.* Ny hazo lava sy matevina iray dia antsoina hoe *andry.* Nampiasa ireo sary ireo ny Mpamonjy mba hanampiana antsika hahatakatra ireo olana izay mitranga rehefa mitsara ny hafa tsy ara-drariny isika na mahita fahadisoana amin'ny fomba tsy mety eo amin'izy ireo. Vakio ny 3 Nefia 14:3–5 ary eritrereto ny zavatra asehon'ilay sombinkazo sy ilay andry.

**3.** Ataovy sary ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nofaritan'ny Mpamonjy ao amin'ny 3 Nefia 14:4. Avy eo dia valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Maneho inona ilay sombin-kazo araka ny eritreritrao?

**b.** Maneho inona ilay andry araka ny eritreritrao?

**d.** Araka ny eritreritrao, nahoana no ilay andry fa tsy ilay sombin-kazo no ampiasaina hanehoana ny fahadisoan'ireo izay mitsara tsy ara-drariny?

Jereo fa ilay fampanahafana nampiasain'ny Mpamonjy dia mifantoka amin'ny zavatra miraikitra ao anatin'ny maso, ka noho izany, dia misy fiantraikany amin'ny fomba fahitan'ny olona iray. Saintsaino ireto fanontaniana manaraka mikasika ny tenanao ireto: Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fahadisoako hisy fiantraikany amin'ny fomba fijeriko ny hafa? Ahoana no fomba ahafahako mampihatra ny torohevitr'i Jesoa Kristy ao amin'ny 3 Nefia 14:5?

Araka ny eritreritrao, mety ve na ilaina ve ny hitsarana ny fitondrantenan'ny olona hafa? Nanazava i Joseph Smith Mpaminany fa raha toa isika ka tsy tokony hitsara ny hafa amin'ny fomba tsy ara-drariny dia didina kosa

mba hitsara araka ny fitsarana marina (jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 7:1 [ao amin'ny Matio 7:1 ]).

Ity fanazavana manaraka ity dia manome hevi-baovao fanampiny amin'ilay resaka fitsarana ny hafa: "Indraindray ny olona dia mahatsapa fa ratsy ny mitsara ny hafa na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana. Na dia marina tokoa aza fa tsy tokony hanameloka ny hafa na hitsara azy ireo tsy ara-drariny ianao dia mila ianao mandanjalanja mikasika ireo hevitra sy toe-javatra ary olona mandritra ny fiainanao manontolo. Ny Tompo dia nanome didy maro izay tsy azonao hotandremana raha tsy mitsara ianao" (*Miorim-paka ao amin'ny Finoana: Boky Fanovozan-kevitra Mikasika ny Filazantsara* [2004], 90).

Mba hanampiana anao hahatakatra ny maha zava-dehibe ny fanaovana fitsarana marina dia vakio ny 3 Nefia 14:6 ary fantaro ireo fitsarana izay nasain'i Jesoa Kristy hataontsika. Alohan'ny hamakinao izany dia mety hanampy ny fahatakarana fa ny hoe "[manome] ho an'ny alika izay masina" sy ny hoe "[manipy] eo anoloan'ny kisoa ny [voahangy]" dia midika hoe mizara zavatra izay masina amin'ireo izay tsy hankasitraka na hahatakatra ny fahamasinany.

Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny 3 Nefia 14:6 anao hahatakatra ny antony ilàna ny hanaovana fitsarana marina? Nanazava mikasika ireo toe-javatra hafa izay tokony hanaovantsika fitsarana marina ny Loholona Dallin H. Oaks:



"Isika rehetra dia mitsara rehefa misafidy ireo namantsika, rehefa misafidy ny fomba andaniantsika ny fotoana sy ny volantsika, ary, mazava ho azy, rehefa misafidy ny vadintsika mandrakizay. . . .

". . . Ny fitsarana marina dia ho tarihin'ny Fanahin'ny Tompo, fa tsy ny fahatezerana, na ny valifaty, na ny fialonana, na ny fitiavan-tena" ("'Judge Not' and Judging," 9).

**4.** Valio ao anaty diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana no manan-danja ny manao fitsarana marina amin'ny lafin-javatra tahaka ny fisafidianana namana, sy ny fanapahan-kevitra amin'ny fomba andaniana ny fotoana sy ny vola, ary ny fisafidianana ny ho vady mandrakizay? Mety ho inona avy ireo toe-javatra hafa izay ilàna na mampety ny hitsarana ny hafa?

**b.** Ahoana no fomba ahafahanao manao fitsarana marina kokoa? Saintsaino sao misy olona izay azonao hanehoana hatsaram-panahy kokoa na izay tsy tokony hotsarainao amin'ny fomba tsy ara-drariny intsony.

## 3 Nefia 14:7–12

*Nampianatra momba ny fitadiavana fitahiana avy amin'ny Ray any an-danitra ny Mpamonjy*

Eritrereto ireo fotoana izay namalian'ny Ray any an-danitra ny vavakao. Vakio ny 3 Nefia 14:7–11 ary tadiavo ny zavatra nampianarin'i Jesoa Kristy mikasika ny fahavononan'ny Ray any an-danitra hamaly ny vavaka ataontsika.

Fitsipika iray azontsika ianarana ao amin'ny 3 Nefia 14:7–11 ny hoe **Hitahy antsika ny Ray any an-danitra raha mangataka Aminy sy mikatsaka Azy amin'ny alalan'ny vavaka isika.** Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fomba fivavakao hiova noho ny fahafantarana fa dodona ny hamaly ny vavakao ny Ray any an-danitra?

**5.** Apetraho amin'ny olon-dehibe iray atokisana ity fanontaniana manaraka ity: Oviana ianao no nahatsapa ny fitiavan'ny Ray any an-danitra anao tamin'ny alalan'ny fomba namaliany ny vavakao? Fintino ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny valinteniny sy ny zavatra nianaranao avy amin'izany.

## 3 Nefia 14:13–27

*Nampianatra ny maha zava-dehibe ny fanaovana ny sitrapon'ny Ray any an-danitra ny Mpamonjy*

Rehefa nanohy nampianatra ireo Nefita tafavory teo amin'ny tempoly ny Mpamonjy dia nanome fampanahafana maromaro Izy mba hanampiana antsika hahatakatra ny maha zava-dehibe ny fankatoavana ny fampianarany. Ny fampanahafana tsirairay dia ahitana ohatra tsara sy ohatra ratsy.

**6.** Manaova sary tsotra ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, izay maneho ny ohatra tsara sy ny ohatra ratsy hita ao amin'ny tsirairay amin'ireto andinin-tsoratra masina telo ireto. Soraty ihany koa ny zavatra izay heverinao fa tian'ny Mpamonjy ianarantsika amin'ny alalan'ny fampitahana ireo ohatra tsara sy ratsy. Miomàna haneho ireo sary nataonao amin'ny mpiara-mianatra aminao, sy hanazava ny zavatra nianaranao avy amin'ireo fampanahafana ireo.

**a.** 3 Nefia 14:13–14

**b.** 3 Nefia 14:15–20

**d.** 3 Nefia 14:24–27

Vakio ny 3 Nefia 14:21–23 ary eritrereto ny zavatra mety holazainao amin'ny olona iray izay nilaza taminao fa ny hany ilainao hatao mba ho voavonjy ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra dia ny milaza fa mino an'i Jesoa Kristy ianao.

**7.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 14 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 25: ANDRO 4

# 3 Nefia 15–16

## Fampidirana

Rehefa nanohy nampianatra ny vahoaka tao amin'ny tempoly ny Mpamonjy tany an-tanin'i Soafeno, dia nanambara Izy fa tanteraka tao Aminy ny lalàn'i Mosesy ary Izy no fahazavana sy lalàna izay tokony hitodihan'ny vahoaka. Nanazava tamin'ireo mpianatra Nefita roambinifolo ny Mpamonjy avy eo fa ny vahoaka any Amerika no ireo sasany amin'ireo "ondry hafa" izay noresahany tamin'ireo vahoaka tany Jerosalema (jereo ny Jaona 10:14–16). Nampanantena ihany koa Izy fa ireo izay mibebaka ka miverina any Aminy dia hataony ho isan'ireo vahoakan'ny fanekempihavanany.

### 3 Nefia 15:1–10

*Nanambara ny Mpamonjy fa nahatanteraka ny lalàn'i Mosesy Izy*

Efa nisy fotoana ve nanontanianao tena hoe nahoana ny Tompo no mangataka antsika hankatò lalàna sy didy voafaritra tsara, toy ny fandoavana fahafolonkarena, fitandremana ny andro Sabata, na fanajana ireo ray aman-drenintsika? Rehefa nanohy nampianatra ny Nefita i Jesoa Kristy dia nampianariny azy ireo ny tanjona fototra ao ambadik'ireo lalàny sy didiny. Jereo io tanjona io eo am-pandalinanao ny 3 Nefia 15.

Rehefa avy niteny tamin'ny valalabemandry ny Mpamonjy dia tsikariny fa nanana fanontaniana ny sasany teo anivon'izy ireo. Vakio ny 3 Nefia 15:1–2 ary soraty ny zavatra nampitalanjona sy nampanontany tena ny vahoaka: ________________________________________

________________________________________

Mba hahatakarana ny antony nampitalanjona sy nampanontany tena ny Nefita tamin'ny fanambaran'ny Mpamonjy hoe efa lasana ny "zavatra taloha" tao amin'ny lalàn'i Mosesy ary "efa tonga vaovao ny zavatra rehetra," dia manampy ny mahatakatra fa nahafantatra sy niaina teo ambanin'ny lalàn'i Mosesy



nandritra ny taonjato maro ireo Nefita. Ny lalàn'izy ireo, sy ny fombafombany, ary ny rafitry ny fiangonany dia nifototra tamin'ny lalàn'i Mosesy, izay lalàna nomen'i Jesoa Kristy fahiny fony izy tsy mbola teraka tety an-tany, mba hanomanana ny vahoakany ho amin'ny fiaviany sy hampitodihana azy ireo any amin'ny Sorompanavotany. Fa tamin'io fotoana io dia nijoro teo anoloan'izy ireo Ilay Andriamanitra Mpanome lalàna ka nanambara fa efa tontosa ilay Sorompanavotana (jereo ny 3 Nefia 11:10–14) ary tanteraka tao Aminy ny lalàn'i Mosesy (jereo ny 3 Nefia 9:16–20; 12:46–47). Ny fanambarany hoe "efa lasana" ireo zavatra taloha tao amin'ny lalàn'i Mosesy ary zavatra vaovao no hisolo ny toeran'ny lalàna dia nanova tampoka teo ny fomba nitsaohan'izy ireo an'Andriamanitra.

Namaly ny ahiahin'izy ireo ny Mpamonjy tamin'ny fanantitranterana fotopampianarana iray tena manandanja. Vakio ny 3 Nefia 15:3–5, 9 ary lokoy miavaka ireo andian-teny ao amin'ny valintenin'ny Mpamonjy izay mety nanome antoka ireo Nefita fa tsy niova ny loharano nipoiran'ny lalàna.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona araka ny hevitrao no nampianarin'i Jesoa an'ireo Nefita rehefa nilaza Izy hoe "Izaho no lalàna"? (3 Nefia 15:9).

Ny fampianaran'ny Mpamonjy ao anatin'ireo andininy ireo no ahafahantsika mianatra fa i **Jesoa Kristy no tanjon'ny lalàna sy ny didy rehetra ao amin'ny filazantsara.** Saintsaino ny antony tokony ho nahanan-danja io fahamarinana io tamin'ny Nefita rehefa nahafantatra izy ireo fa nosoloina lalàna ambonimbony kokoa ireo lalàn'i Mosesy ary rehefa niaina fiovana teo amin'ny fomba fitsaohan'izy ireo.

Vakio ny 3 Nefia 15:9–10 ary asio marika ny zavatra tian'ny Tompo *atao[ntsika]* avy amin'io fotopampianarana io. Ampiasao izay nianaranao tao amin'ireo andininy ireo mba hamenoana ity fitsipika manaraka ity: **Raha _______________ amin'i Jesoa Kristy isika amin'ny alalan'ny fitandremana ___________________________, dia hanome** ___________________________antsika Izy.

**2.** Eritrereto ireo didy toy ny fandoavana fahafolonkarena, sy ny fitandremana ny andro Sabata, ary ny fanajana ireo ray aman-drenintsika, ary valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny olona iray manaraka ireo didy kanefa tsy mbola mijery any amin'i Kristy?

**b.** Amin'ny fomba ahoana no mety hiovan'ny fankatoavantsika ireo didy raha ny hijery any amin'i Kristy no hifantohantsika fa tsy ny hankatò fotsiny ireo fitsipiny?

Fomba iray mety hiovan'ny fankatoavantsika ireo didy, raha mijery any amin'i Kristy isika, ny hoe hiovan'ny antony manosika antsika hankatò miala amin'ny hoe adidy, na fitiavana ilay fitsipika, ka lasa fitiavana ny Tompo.



Vakio ity teny nolazain'ny Loholona Marvin J. Ashton tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity: "Fampitoniana sy fitahiana ara-panahy lehibe tokoa ny mahafantatra fa raha mijery any amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika isika ary maharitra hatramin'ny farany dia afaka hahazo ny fiainana mandrakizay sy ny fisandratana. . . . Lasa mora atonina Andriamanitra rehefa mijery Azy isika. Ny fijerena an'Andriamanitra dia mampianatra antsika ny hanompo sy hiaina tsy misy teritery [tsy terena hanao zavatra iray]" ("There Are Many Gifts," *Ensign,* nôv. 1987, 21).

**3.** Misafidiana didy iray izay mety nampanontany tena anao hoe nahoana no tokony hankatoavina, ary eritrereto hoe amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fankatoavana io didy io mitondra anao mankany amin'i Jesoa Kristy. Azonao atao ny mametraka tanjona ny mba ho mpankatò kokoa ilay didy nofidinao ary manorata hevitra vitsivitsy mikasika ny fomba anatanterahana izany. Raketo ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny eritreritrao.

## 3 Nefia 15:11–16:5

*Niresaka tamin'ireo mpianany momba ireo ondriny hafa i Jesoa Kristy*

Efa nisy fotoana ve nahatsapanao ho adino na irery ka nanontany tena raha toa ka mahafantatra anao ny Ray any an-danitra? Na dia mety mahatsapa ho irery aza isika na mahatsapa ho latsa-danja amin'ny hafa indraindray, dia **miahy ny vahoakany Andriamanitra ary maneho ny tenany amin'izy ireo.** Mitadiava porofon'io fahamarinana io eo am-pandalinanao ny sisa tavela amin'ny 3 Nefia 15 sy ny fiantombohan'ny 3 Nefia 16.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Testamenta Vaovao sy ny Bokin'i Môrmôna dia nanompo teo anivon'ny vahoaka tany amin'ny Tontolo Fahiny sy tany Amerika i Jesoa Kristy. Vakio ny 3 Nefia 15:11–17 mba hitadiavana izay nolazain'ny Tompo fa hoe nolazainy tamin'ireo tao Jerosalema mikasika ny vahoakany tany Amerika.

Ny hoe "Ondry hafa" dia entina ilazana ireo mpanaradia hafa an'ilay Mpiandry ondry, dia i Jesoa Kristy. Ny vala dia toerana fitobian'ny ondry, saingy ny teny hoe *vala* eto dia ampiasaina mba hilazana andian'olona miray finoana ao amin'i Jesoa Kristy. Araka ny voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 15:17 dia tamin'ny fomba ahoana hoy ny Tompo no hanehoany ny tenany amin'ireo ondriny hafa?

Nazavain'i Jesoa ny antony nandidian'ny Ray any an-danitra Azy tsy hanome fahalalana misimisy kokoa mikasika ireo ondriny hafa tamin'ireo tao Jerosalema. Halalino ny 3 Nefia 15:18–20, ary asio marika ilay fanazavan'ny Mpamonjy. Ny fahitantsika fa ny Ray dia nihazona fahalalana bebe kokoa momba ireo Nefita mba tsy ho fantatry ny Jiosy noho ny fahotan'ny Jiosy dia ahafahantsika mianatra fitsipika iray manan-danja mikasika ny fomba ahazoana fahalalana sy fahamarinana avy amin'ny Tompo. Ahoana no hamenoanao ity fitsipika manaraka ity raha mifototra amin'ireo andininy ireo? **Andriamanitra dia manome fahalalana sy fahamarinana antsika arakaraky ny** ___________________________tsika.

Nilaza tamin'ny Nefita ny Tompo fa izy ireo dia ampahany amin'ireo ondry hafa izay noresahany tany Jerosalema. Nieritreritra ny Jiosy fa momba ny Jentilisa (tsy Isiraelita) no noresahany tamin'io. Tsy takatr'izy ireo fa tsy "handre" ny feon'ny Mpamonjy ny Jentilisa (jereo ny 3 Nefia 15:21–23).

Vakio ny 3 Nefia 15:24 ary tadiavo ny fomba nanomezan'ny Tompo antoka manokana ho an'ireo Nefita ny amin'ny fiahiany azy ireo.

Vakio ny 3 Nefia 16:1–3 ary fantaro hoe iza koa no handre ny feon'ny Mpamonjy. Tsy manana rakitsoratra masina momba ireo olona hafa notsidihan'ny



Mpamonjy isika, saingy mazava fa namangy andia-n'olona hafa Izy ary nitondra azy ireo ho ao anatin'ny "valany."

Tamin'ny fomba ahoana no nanehoan'i Jesoa Kristy fa nanam-pitiavana ho an'ireo vahoaka izay tsy handre ny feony Izy? Vakio ny 3 Nefia 15:22–23 sy ny 3 Nefia 16:4 ary tadiavo ny fomba nilazan'ny Tompo fa hanehoany ny tenany amin'ny Jentilisa.

Araka ny zavatra nohalalininao hatreto tao amin'ny 3 Nefia 15 sy 16, inona no porofo hitanao fa miahy ny vahoakany sy maneho ny tenany amin'izy ireo Andriamanitra? ______________________________

______________________________

______________________________

Vakio ny 3 Nefia 16:5, ary tadiavo ny zavatra hitranga any am-parany any aorian'ny hahafantaran'ny Jentilisa an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany.

Nampanantena i Jesoa fa hitahy ny zanany rehetra —ny mpianakavin'i Isiraely sy ny Jentilisa—amin'ny alalan'ny fanomezany azy ireo ny teniny arak'izay voasoratr'ireo Nefita. Ny rakitsoratr'ireo Nefita dia hanampy amin'ny fanovana ny fon'ireo Jentilisa, ary izy ireo avy eo no hanampy amin'ny fanangonana ny mpianakavin'i Isiraely amin'ny andro farany (jereo ny 3 Nefia 16:4–5).

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona no porofo hitanao eo amin'ny fiainanao izay maneho fa miahy antsika rehetra i Jesoa Kristy?

## 3 Nefia 16:6–20

*Nanonona fitahiana ho an'ny Jentilisa miaina amin'ny andro farany i Jesoa Kristy, ary nanome fampitandremana ho azy ireo*

Efa naniry ho ao anatin'ny vondrona, na fikambanana, na ekipa ve ianao? Mieritrereta ohatra iray mazava. Inona no takina mba hahatongavana ho mpikambana ao anatin'ny vondrona tahaka izany? Ny vondrona tsara indrindra azonao hidirana ho mpikambana dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, ny vahoakan'ny fanekempihavanan'ny Tompo.

Vakio ny 3 Nefia 16:6–7 ary tadiavo ny zavatra hitranga noho ny finoan'ny Jentilisa sy noho ny tsy finoan'ny mpianakavin'i Isiraely amin'ny andro farany. Mety hanampy ny mahatakatra fa hisy ihany koa ireo Jentilisa tsy mpino amin'ny andro farany, izay hampiely sy hampijaly ireo olona ao amin'ny mpianakavin'i Isiraely (jereo ny 3 Nefia 16:8–9). Hanaisotra ny filazantsarany amin'ny ratsy fanahy ny Tompo ary hampahafantatra izany amin'ny olo-marina, dia ny mpianakavin'i Isiraely sy ny Jentilisa, amin'ny andro farany (jereo ny 3 Nefia 16:10–12).

Vakio ny 3 Nefia 16:13 ary tadiavo ny zavatra takina mba hahatongavana ho iray amin'ireo vahoakan'ny fanekempihavanan'ny Tompo. Ampiasao ny zavatra nianaranao tao amin'ny 3 Nefia 16:13 mba hamenoana ity fitsipika manaraka ity: **Raha ______________________ isika, dia ho isaina ho isan'ny vahoakany isika.**

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no ahafantaranao fa anisan'ny vahoakan'ny fanekempihavanan'ny Tompo ianao?

**b.** Ahoana no nitahiana ny fiainanao tamin'ny naha isan'ny vahoakany anao?

**6.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 15–16 ary nahavita ity lesona ity tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 26: ANDRO 1

# 3 Nefia 17

## Fampidirana

Rehefa nifarana ny andro voalohany niarahan'i Jesoa Kristy tamin'ny Nefita dia hitany fa vahoaka maro no tsy nahatakatra tanteraka ny zavatra nampianariny azy ireo. Noho izany dia nampianariny azy ireo ny fomba ahazoana fahatakarana bebe kokoa. Nitomany ny vahoaka rehefa nilaza Izy fa handeha. Feno fangorahana ny Mpamonjy ka dia nijanona elaela kokoa niaraka tamin'izy ireo. Nanasitrana ny mararin'izy ireo Izy, nitsodrano ireo zanany ary nivavaka ho azy ireo. Nahatsapa fifaliana sy fitiavana lehibe ho an'ny Mpamonjy ny valalabemandry rehefa nifandray taminy.

## 3 Nefia 17:1–3

### *Nandidy ny vahoaka i Jesoa mba hisaintsaina ny teniny sy hivavaka mba hahatakatra izany*

Inona no ataonao rehefa sendra fampianarana ao anatin'ny soratra masina na avy amin'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana ka tsy takatrao? Asio faribolana izay rehetra mety hataonao:

- Tsy raharahiako fotsiny ilay fampianarana.
- Mangataka olona iray hafa aho hanampy ahy hahatakatra.
- Dinihiko tsara ilay fampianarana.
- Mangataka ny Ray any an-danitra aho hanampy ahy hahatakatra.

Ireo zava-nitranga voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 17 dia niseho rehefa akaiky hifarana ny andro voalohany niarahan'i Jesoa Kristy tamin'ny valalabemandry Nefita. Vakio ny 3 Nefia 17:1–3, ary asio marika ny zavatra nasain'ny Mpamonjy hataon'ny Nefita mba hahatakarana bebe kokoa ny zavatra nampianariny azy ireo. Eritrereto ny fomba ahafahan'ny fandehanana mody mba hisaintsaina sy hivavaka manampy anao hahatakatra tsaratsara kokoa ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara.



Nanazava ny dikan'ny hoe misaintsaina ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany. Vakio ity fanambarana manaraka ity ary lokoy miavaka ireo teny na andian-teny izay mamaritra ny hevitry ny hoe misaintsaina: "Tsy mitovy ny mamaky, sy ny mandalina ary ny misaintsaina. Mamaky ireo teny isika dia mety hahita hevitra. Mandalina sy mahita ireo lamina sy fifandraisana eo amin'ny soratra masina isika. Fa rehefa misaintsaina kosa isika, dia manasa ny fanambarana avy amin'ny Fanahy. Amiko ny misaintsaina dia ny fieritreretana sy ny vavaka ataoko aorian'ny famakiako sy ny fandalinako amim-pitandremana ny soratra masina" ("Manompo Miaraka amin'ny Fanahy," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 60).

Jereo amim-pitandremana ny 3 Nefia 17:3 ary jereo fa nanome toromarika ny vahoaka ny Mpamonjy mba hanomana ny sain'izy ireo amin'ny zavatra hiainan'izy ireo manaraka miaraka Aminy. Alohan'ny hanohizanao ny fandalinanao dia saintsaino ny fomba amalinao ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona no azonao atao mba hanomanana ny sainao alohan'ny hankanesana any am-piangonana? Alohan'ny hanatrehana seminera? Alohan'ny hihainoana ny fihaonamben'ny Fiangonana? Alohan'ny handalinana soratra masina? Inona no heverinao fa mety ho fiovana entin'ny fanomananao ny sainao amin'ny zavatra azonao avy amin'ireo fahafahana hianatra ireo?

Iray amin'ireo fitsipika ianarantsika avy amin'ireo andininy ireo ny hoe: **Ny fisaintsainana sy ny fivavahana amin'ny Ray dia ahafahantsika mahazo fahatakarana bebe kokoa.** (Azonao atao ny manoratra izany ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny 3 Nefia 17:1–3.)

**1.** Mba hanampiana anao hampihatra io fitsipika io dia misafidiana iray amin'ireo zavatra atao etsy ambany na izy roa, ary ampiharo eo amin'ny fiainanao mandritra ny herinandro manaraka ilay asa atao. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nataonao. Manorata ihany koa mikasika ny fomba nampitomboan'io asa io ny zavatra nianaranao tao am-piangonana, tamin'ny seminera, na ny fihaonamben'ny Fiangonana, na avy tao amin'ny soratra masina. Miomàna hizara ity asa natao tao anaty diary ity amin'ny mpampianatra anao. Manaova ihany koa drafitra ahafahana mivoatra hatrany amin'ny iray amin'ireo sehatra ireo mandritra ireo herinandro manaraka.

**a.** Hanomana ny saiko aho alohan'ny handehanako any am-piangonana na any amin'ny seminera.

**b.** Hisaintsaina sy hivavaka mikasika ny zavatra henoko tany am-piangonana na tany amin'ny seminera aho.

## 3 Nefia 17:4–25

### *Nanasitrana ireo marary teo anivon'ny Nefita ny Mpamonjy ary nitsodrano ireo zanany*

Mieritrereta fotoana iray izay nahatsapanao fa nahazo hery ara-panahy sy feno hafaliana tokoa ianao ka tsy tianao hifarana ilay zavatra niainanao. Vakio ny 3 Nefia 17:4–5 mba hamantarana ny fihetsika nasehon'ireo Nefita rehefa nilaza ny Mpamonjy fa handeha hiverina any amin'ny Rainy Izy.

Novalian'ny Mpamonjy tamin'ny fangorahana lehibe ny faniriana tsara nananan'ny Nefita. Ity asa atao manaraka ity dia afaka manampy anao hahatakatra feno kokoa ny fitivan'i Jesoa Kristy antsika rehetra. Afaka manampy anao ihany koa izany hamantatra ireo fahamarinana ao amin'ny soratra masina mikasika ny toetran'i Jesoa Kristy.

**2.** Soraty ao anaty diary fandalinanao soratra masina ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto. Mamelà faritra malalaka eo ambanin'ny andinin-tsoratra masina tsirairay ho an'ny fampahalalana fanampiny: 3 Nefia 17:6–10; 3 Nefia 17:11–18; 3 Nefia 17:19–25. Halalino tsirairay ireo andinin-tsoratra masina ireo mba hitadiavana ireo fahamarinana momba ny toetran'ny Mpamonjy—hoe ohatra an'ny ahoana Izy. Mitadiava fahamarinana telo farafahakeliny, fahamarinana iray isaky ny andinin-tsoratra iray, ary soraty eo ambanin'ny andinin-tsoratra masina nakana azy izy ireo.

Iray amin'ireo zava-nitranga mamy sy nampihetsi-po indrindra voalaza ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny nitsofan'i Jesoa Kristy rano ireo ankizy madinika izay nanatrika io fotoana io. Ity zava-nitranga ity dia manampy antsika hahatakatra ny toetran'i Jesoa Kristy. Hoy ny Filoha Boyd K. Packer talohan'ny namerenany nilazana ilay tantaran'ny Mpamonjy sy ireo ankizy ao amin'ny 3 Nefia 17:11–12, 21–25 hoe: "Ao anatin'ny tantaran'ny asa fanompoana nataon'ny Mpamonjy teo anivon'ny Nefita, dia afaka mahita lalindalina kokoa ny ati-fanahiny isika, ary angamba mihoatra kokoa noho ny tany amin'ny toerana hafa" ("Teach the Children," *Ensign,* feb. 2000, 16–17).

Mariho fa nitondra ireo izay narary sy nijaly teo amin'ny Mpamonjy ny valalabemandry, anisan'izany ireo izay "nijaly na manao ahoana na manao ahoana izany" (3 Nefia 17:9). Ireo fijaliana ireo dia mety ho ara-batana, na ara-pihetseham-po, na ara-tsaina. Saintsaino ireo fomba izay mety hoe hijalianao. Fomba ahoana no mety hanampian'ny Mpamonjy anao amin'ny fijalianao raha toa ka teo Izy hitsodrano anao manokana?

**3.** Avereno jerena ilay fitsipika mikasika ny fisaintsainana izay nianaranao tany am-piandohan'ity lesona ity. Fomba iray hisaintsainana ny maka sary an-tsaina ny tenanao ao anatin'ny toe-javatra mitovy amin'izay voalaza ao amin'ny tantara ao amin'ny soratra masina. Makà fotoana ary alaivo sary an-tsaina hoe mety ho nanao ahoana raha toa ianao ka nandray anjara tao amin'ireo zava-nitranga ao amin'ny 3 Nefia 17. Farito ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra izay heverinao fa mety ho renao, sy hitanao, ary tsapanao tamin'io fotoana io, ary inona no mety ho nianaranao avy tamin'ny Mpamonjy. Azonao atao ihany koa ny mamaritra ny tsodrano izay mety ho nokatsahinao avy tamin'ny Mpamonjy.



### *Maka sary an-tsaina*

Azonao saintsainina amin'ny alalan'ny fampiasana ny fitsipiky ny fakana sary an-tsaina ny soratra masina. Mba hanaovana izany dia miezaha maka sary an-tsaina ireo zava-nitranga ao amin'ny soratra masina na maka sary an-tsaina ny tenanao ho toy ny mpandray anjara ao anatin'ny tantara vakinao. Ny fakana sary an-tsaina dia afaka manampy anao hieritreritra, sy hahatakatra, ary hampihatra ny zavatra novakinao tao amin'ny soratra masina.

Mieritrereta fehezanteny iray izay mamaritra fahamarinana iray nianaranao tao amin'ny 3 Nefia 17:6–25. Soraty eo amin'ny sisin'ny soratra masinao eo akaikin'ireo andinin-tsoratra masina ireo ilay fehezanteny, na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Iray amin'ireo fahamarinana avy amin'ireo soratra masina ireo ny hoe: **Mahatsapa fangorahana lehibe ho antsika ny Mpamonjy.** Nahoana no zava-dehibe aminao ny mahafantatra ireo fahamarinana mikasika ny toetran'ny Mpamonjy izay nianaranao tao amin'ireo andininy ireo?

Vakio ity teny nambara momba ny finoana ity: "Mba hahafahan'ny finoanao hitondra anao any amin'ny famonjena dia tokony hifantoka amin'i Jesoa Kristy Tompo izany. . . . Afaka mampihatra ny finoanao an'i Kristy ianao rehefa manana fitokiana fa misy Izy, sy rehefa manana fihevitra marina mikasika ny toetrany, ary rehefa manana fahalalana fa miezaka miaina araka ny Sitrapony ianao" (*Miorim-paka ao amin'ny Finoana: Boky Fanovozan-kevitra Mikasika ny Filazantsara*).

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no fomba ahafahan'ny fahatakarana ny toetran'ny Mpamonjy feno fangorahana hanampy anao hampihatra finoana Aminy?

**5.** Zarao amin'ny olona hafa iray ny zavatra iray nianaranao mikasika ny Mpamonjy tao amin'ny 3 Nefia 17. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny anaran'io olona io sy ny famintinana ny zavatra nolazainao taminy.

Na dia tsy niaina ny zavatra niainan'ireo Nefita niaraka tamin'i Jesoa Kristy aza isika dia ho avy ny andro izay ahitantsika sy handrenesantsika tsirairay Azy. Saintsaino ity lesona ity mandritra ny iray na roa andro manaraka. Eritrereto ny fangorahan'ny Mpamonjy rehefa mivavaka mikasika ireo fanirianao, sy fahalemenao, sy ratram-ponao, ary fizahan-toetra anao ianao.

**6.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 17 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 26: ANDRO 2

# 3 Nefia 18

## Fampidirana

Rehefa namarana ny andro voalohany nanaovany asa fanompoana teo anivon'ny Nefita i Jesoa Kristy, dia nanatanteraka ny fanasan'ny Tompo Izy, ary nandidy ny vahoaka hivavaka mandrakariva amin'ny Ray ary handray ny rehetra ho namana. Nampanantena fitahiana lehibe ho an'ireo izay mankatò ireo didy ireo ny Mpamonjy. Avy eo Izy dia nanome torolalana ho an'ireo mpianatra Nefita roambinifolo mikasika ny asa fanompoan'izy ireo ao amin'ny Fiangonana. Talohan'ny niakarany tany an-danitra dia nanome azy ireo ny fahefana hanome ny Fanomezana ny Fanahy Masina Izy.

### 3 Nefia 18:1–14

*Nanatanteraka ny Fanasan'ny Tompo teo amin'ireo Nefita i Jesoa Kristy*

Vakio ity tantara manaraka ity izay notantarain'ny Loholona Gerald N. Lund, izay mpikambana tao amin'ny Fitopololahy, ary alaivo sary an-tsaina hoe mety ho toy ny ahoana ny fahatsapanao raha ianao ilay lehilahy ao anatin'ity tantara ity:

"Fotoana vitsivitsy lasa izay dia nisy lahatsoratra mahaliana mikasika ny fihanihana tendrombohitra izay [ahitana] tantara iray manome valiny mahatalanjona ho an'ilay fanontaniana manao hoe: 'Inona no azontsika mpanompo tsy mahasoa atao mba hanonerantsika amin'i Kristy ny zavatra nataony ho antsika?'

"Miresaka momba ny lehilahy iray antsoina hoe Czenkusch izay mitantana sekoly mampianatra fihanihana tendrombohitra ilay lahatsoratra. . . . Teo ampanazavana tamin'ny mpanao gazety nanontany azy mikasika ny rafitry ny tady ifaharana fiarovana amin'ny loza rehefa mihanika tendrombohitra i Czenkusch. Izany no rafitra fiarovan-tenan'ireo mpihanika tendrombohitra mba tsy hianjera. Rehefa mahazo toerana azo antoka ny mpihanika iray dia mamatotra ilay tady ho an'ilay mpihanika tendrombohitra iray hafa, izay mazàna afatotra manodidina ny vatany. Ny hoe 'Efa tsara fahatra ianao,' dia midika hoe 'Efa azo antoka ny tadinao. Raha misy zavatra mitranga, dia izaho no hiaro anao tsy hianjera.' Ampahany manan-danja

amin'ny fihanihana tendrombohitra izany. Henoy indray ary izao ny zavatra nitranga manaraka ao amin'ilay lahatsoratra: 'Ny fifaharana amin'ny tady aro loza no nahitan'i Czenkusch ireo fotoana tsara indrindra sy ratsy indrindra tamin'ny fihanihana tendrombohitra. Indray mandeha dia nianjera avy eny amin'ny hantsana iray avo be i Czenkusch, namikitra tamin'ny zavatra telo nihazona azy izy ka nisarika ilay olona mpihazona ny tady aro lozany hiala tamin'ny sisiny marimarina tamin'ilay harambato. Tafajanona izy, ny loha avy any ambany, 3 metatra niala tamin'ny tany, rehefa nampijanona ny fianjerany ilay mpihazona ny tady aro lozany tamin'ny alalan'ny herin'ny sandriny izay novelariny. "Nanavotra ny aiko i Don," hoy Czenkusch. "Inona no havalianao ny lehilahy tahaka izany? Omena tady fihanihana tendrombohitra efa nampiasaina hatao fanomezana amin'ny Krismasy ve? Tsia, *mahatsiaro azy ianao. Tsaroanao mandrakariva izy*"' [Eric G. Anderson, "The Vertical Wilderness," *Private Practice,* nôv. 1979, 21; nampiana fanamafisana]" ("The Grace and Mercy of Jesus Christ," ao amin'ny *Jesus Christ: Son of God, Savior,* ed. Paul H. Peterson, Gary L. Hatch, ary Laura D. Card [2002], 48).

Vakio ny 3 Nefia 18:1–11 ary tadiavo ny zavatra nasain'i Jesoa Kristy nataon'ny Nefita mba hahatsiarovana Azy. Azonao atao ny manisy marika ireo teny hoe *fahatsiarovana* sy *mahatsiaro* ao amin'ny andininy 7 sy 11. Araka ny eritreritrao, nahoana no zava-dehibe ny mahatsiaro mandrakariva ny sorompanavotana nataon'ny Mpamonjy ho anao? Ahoana no hiovan'ny fomba fihetsikao rehefa mahatsiaro ny Mpamonjy ianao?

Ny didin'ny Mpamonjy mba hahatsiarovana ny vatany sy ny rany dia mety ho nanan-danja tokoa tamin'ny vahoaka satria vao avy nitsapa ireo holatra teo amin'ny vatany izy ireo, vao tsy ela akory talohan'izay. Na dia tsy nahita ireo holatra teo amin'ny vatan'ny Mpamonjy aza ianao, tahaka ny nahitan'ireo vahoaka ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izany, dia afaka mahatsiaro ny sorompanavotany rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Tamin'ny fomba ahoana no nahafahan'ny fahatsiarovanao nandritra ny fanasan'ny Tompo ny sorona nataon'ny Mpamonjy nanampy anao hahatsapa fankasitrahana ho Azy?

Ny tenin'i Jesoa Kristy voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 18:7–11 dia mampianatra ireto fitsipika manaraka ireto: **Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia mijoro ho vavolombelona amin'ny Ray fa vonona ny hanao izay rehetra nandidiany antsika. Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia mijoro ho vavolombelona amin'ny Ray fa hahatsiaro mandrakariva an'i Jesoa Kristy.** Avereno jerena ny 3 Nefia 18:7–11, ary asio marika ireo teny na andian-teny izay mampianatra ireo fitsipika ireo. Eo am-pamakianao ny andininy 11 dia eritrereto ny zavatra mety ho tsapanao raha niteny ireo teny ireo taminao ny Mpamonjy.

**2.** Misafidiana roa amin'ireto fanontaniana ireto mba hovaliana ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina:

**a.** Inona avy ireo lafim-piainan'ny Mpamonjy sy ny asa fanompoany izay mety hotsaroanao mandritra ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo?

**b.** Inona no azonao atao mba hahatsiarovana mandrakariva ny Mpamonjy mandritra ny andro sisa amin'ny herinandro?

**d.** Raha miezaka amin-kitsimpo ny hahatsiaro ny Mpamonjy mandritra ny fanasan'ny Tompo ianao dia ahoana no mety ho fiantraikan'izany eo aminao mandritra ny herinandro manaraka?

Mitadiava fitsipika iray hafa ampianarina ao amin'ny 3 Nefia 18:7, 11 amin'ny alalan'ny famenoana ity fehezanteny manaraka ity amin'ny andian-teny izay manazava ny zavatra nampanantenain'ny Mpamonjy amin'ireo izay mandray ny fanasan'ny Tompo ary mahatsiaro Azy. **Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika ka mahatsiaro mandrakariva ny Mpamonjy, dia** ______________________________
______________________________.



**3.** Ampitahao ny 3 Nefia 18:12–14 sy ny Helamàna 5:12. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba ahafahan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro manampy anao hametraka an'i Jesoa Kristy ho fototra hanorenanao ny fiainanao.

**4.** Mba hanampiana anao hahatsiaro bebe kokoa ny Mpamonjy dia soraty isan'andro ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina mandritra ny herinandro manaraka ny zavatra nataonao mba hahatsiarovana ny Mpamonjy tamin'io andro io. Azonao atao ny manoratra ny zavatra noeritreretinao nandritra ny fanasan'ny Tompo na ny fomba niantraikan'ny

fahatsiarovana ny Mpamonjy teo amin'ny eritreritrao, sy ny teninao, ary ny asanao.

## 3 Nefia 18:15–25

### *Nampianatra ny Nefita i Jesoa hivavaka mandrakariva amin'ny Ray sy hiara-hivory matetika*

Rehefa avy nanome ny fanasan'ny Tompo tamin'ny Nefita i Jesoa Kristy dia nampianatra azy ireo fitsipika manan-danja momba ny vavaka. Iray amin'ireo fitsipika nampianariny ny hoe: **Raha miambina sy mivavaka mandrakariva amin'ny Ray isika, dia ho afaka hanohitra ireo fakam-panahin'i Satana.** Rehefa *miambina* isika dia miambina, na malina, na mitandrina ara-panahy.

Vakio ny 3 Nefia 18:15–21 ary asio marika ireo teny na andian-teny izay mampianatra ilay fitsipika haseho etsy ambony. Nahoana araka ny hevitrao no samy tena ilaina ny miambina sy ny mivavaka mba hanoherana ny fakam-panahy?

Jereo fa ny 3 Nefia 18:15, 20–21 dia andinin-tsoratra masina fehezina. Asio marika ao anatin'ny soratra masinao ireo andinin-tsoratra masina ireo.

**5.** Vakio sy eritrereto ireto fanontaniana manaraka ireto, ary valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina avy eo ny roa na ny mihoatra izany amin'ireo fanontaniana:

**a.** Ahoana no fomba nanampian'ny vavaka anao hanohitra ireo fakam-panahin'i Satana?

**b.** Inona no azonao atao mba hanatsarana ireo vavaka ataonao manokana?

**d.** Inona avy ireo fitahiana azonao avy amin'ny fiarahana mivavaka amin'ny fianakavianao? (jereo ny 3 Nefia 18:21).

**e.** Inona no azonao atao mba hanampiana ny fianakavianao hanao vavaky ny mpianakavy tsy tapaka sy manan-danja?

Rehefa mivavaka amin'ny Ray any an-danitra isika ary manakaiky kokoa an'i Jesoa Kristy Mpamonjy dia matetika te hanampy ny hafa ihany koa hanakaiky Azy bebe kokoa. Mieritrereta olona iray izay tianao ampiana mba hanakaiky kokoa ny Mpamonjy. Vakio ny 3 Nefia 18:22–24 ary tadiavo ao anatin'ireo andininy ireo ity fitsipika manaraka ity: **Rehefa manompo ny hafa isika dia afaka manampy azy ireo hanatona an'i Kristy.**

Araka ny voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 18:24 dia nampianatra ny Mpamonjy fa tokony hanainga ambony ny fahazavantsika isika tsirairay avy mba hamirapiratany eo amin'izao tontolo izao. Nilaza ihany koa Izy fa Izy no fahazavana izay tokony haingantsika ambony. Nampianatra ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa manainga ambony ny fahazavan'ny Mpamonjy isika rehefa mitandrina ny didiny sy manaraka ny ohatra nasehony:



"Tokony hitovy amin'ny Mpamonjy isika satria nampitandrina antsika Izy hoe "Mankanesa aty Amiko.' "Moa ve tsy ho ankasitrahan'i Jesoa raha toa isika ka mamela ny fahazavantsika hamirapiratra mba hahatonga ireo izay manara-dia antsika hanara-dia ny Mpamonjy? Misy ireo izay mitady ny fahazavana, izay handingana amim-pifaliana ny vavahadin'ny batisa mankao amin'ilay lalana ety sy tery, izay mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay (jereo ny 2 Nefia 31). Ekenao ve ny ho io fahazavana io izay mitondra azy ireo mankany amin'ny toerana azo antoka? . . .

"Efa naka fotoana ve ianao hieritreretana fa mety ho ianao ilay fahazavana nirahin'ny Ray any an-danitra hitarika olona iray hafa hody any Aminy na mba ho fanilo avy lavitra mba hanoro ny lalana miverina amin'ilay lalana ety sy tery, izay mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay? Fanilo ny fahazavanao ary tsy tokony hitsahatra hirehitra mihitsy na hampivily lalana ireo izay mitady ny lalana hiverenana hody. . . .

". . . I Jesoa Kristy no ilay fahazavana izay nomena antsika mba hanarahantsika sy ahafahantsika mahafantatra izay lalana haleha. [Mivavaka aho] mba hisafidianantsika tsirairay avy ny tsara [mba hahafahantsika] mampitraka sy mampahery ireo olona manodidina antsika" ("That Ye May Be Children of Light" [Fampaherezam-panahy an'ny D.F.F ho an'ny tanora tokantena sy mpivady vao herotrerony, nôv. 3, 1996], 6–7).

Ny fivavahana ho an'ny hafa, sy ny fanasana azy ireo hanatrika ireo fivoriam-piangonana, ary ny fanehoana ohatra tahaka ny an'i Kristy dia fomba azontsika ampiasaina mba hanompoana ny hafa. Eitrereto ny zavatra tsapanao rehefa nanaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy ianao ka nanampy olona hafa hanakaiky bebe kokoa ny Mpamonjy. Inona no hataonao anio na amin'ity herinandro ity mba hamelàna ny fahazavanao hamirapiratra, mba hanarahan'ireo izay manaraka anao ihany koa ny Mpamonjy?

## 3 Nefia 18:26–39

### *Nampianatra ireo mpianany ny Mpamonjy mba hihavana amin'ny olon-drehetra*

Rehefa avy nametraka ny fanasan'ny Tompo ny Mpamonjy, ka nampianatra ny Nefita mikasika ny vavaka dia nitodika tany amin'ireo mpianatra roambinifolo nofidiany Izy, ka nampianatra azy ireo ny fomba itarihana sy hitondrana ny raharahan'ny Fiangonana (jereo ny 3 Nefia 18:26–39). Jereo ao amin'ny 3 Nefia 18:26 fa nitsahatra niteny tamin'ny valalabemandry ny Mpamonjy ary nitodika tany amin'ireo mpitarika "izay efa nofinidiny." Ny hafatra nomeny ao amin'ny andininy

28–29 dia nomena ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana ho toy ny fampitandremana mba tsy hamela ireo izay tsy mendrika handray ny fanasan'ny Tompo.

Ireo mpikamban'ny Fiangonana dia tokony hifantoka amin'ny fahamendrehan'ny tenan'izy ireo manokana ahafahany mandray ny fanasan'ny Tompo, ary hamela ny andraikitra hanapa-kevitra ny amin'ny fahamendrehan'ny hafa handray ny fanasan'ny Tompo ho an'ireo izay nantsoin'ny Tompo hanao ny fitsarana toy izany, tahaka ny eveka na ny filohan'ny tsatòka. Vakio ny 3 Nefia 18:32 mba hitadiavana ny fomba nampianaran'ny Mpamonjy ireo mpianatra hiahy ireo izay nania tamin'ny finoana. Eritrereto ny fomba ahafahanao manohy ny fiahianao ny namana iray, na ny olona iray ao amin'ny fianakaviana, na olona iray ao amin'ny sampana na paroasy misy anao, izay nania tamin'ny finoana.

## Soratra Masina Fehezina—3 Nefia 18:15, 20–21

Mandania minitra vitsy hanaovana tsianjery ny 3 Nefia 18:15, 20–21. Soraty amin'ny taratasy kely ireo andininy telo ary avy eo dia avereno tononina izy ireo. Rehefa avy namerimberina namaky azy ireo ianao dia manomboha mamafa na manala ampahany maro samy hafa amin'ireo andininy eo am-panohizanao manonona ireo andininy. Azonao atao ny mamerimberina io fomba fianarana io mandra-pahavoafafa na mandrapanala tanteraka ireo teny rehetra.

Rehefa manao tsianjery ireo andininy ireo ianao dia eritrereto izay zavatra nampianarin'ny Mpamonjy. Araka izay voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 18:15 dia nampianaran'i Jesoa Kristy an'ireo Nefita ny fomba andresena ny fakam-panahin'ny devoly. Mariho ny hery azo avy amin'ny vavaka. Afaka mahazo hery hanoherana ny fakam-panahy isika amin'ny alalan'ny vavaka.

Araka ny voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 18:20–21 dia nampianatra i Jesoa Kristy fa rehefa mivavaka amimpinoana isika dia mamaly mandrakariva ny vavaka ataontsika ny Ray, kanefa mamaly araka ny drafitra nataony ho an'ny zanany Izy sy ny zavatra fantany fa tsara ho antsika. Avereno mafy ny andininy 20: "Ary na inona na inona hangatahinareo ny Ray amin' ny anarako, ka rariny, rehefa mino ianareo fa handray, dia indro homena anareo izany." Inona araka ny hevitrao no dikan'ny hoe "ka rariny" ao amin'ity andininy ity? (Azonao atao ny mijery ny Jakoba 4:3.)



Nizara ity fijoroana ho vavolombelona ity ny Filoha Gordon B. Hinckley: "Velona Andriamanitra, ilay Raintsika any andanitra. Izy no Mpahary sy Mpanapaka izao tontolo rehetra izao, kanefa Raintsika Izy. Izy no Ilay Tsitoha sy ambonin'ny zavatra rehetra. Azo atao ny mifandray Aminy amin'ny alalan'ny vavaka. . . . Mahare ny vavaka ataon'ny ankizy ve izy? Eny, mazava ho azy. Mamaly izany ve Izy? Eny, mazava ho azy. Tsy voatery hifanaraka amin'izay iriantsika foana, saingy mamaly Izy. Mahare Izy ary mamaly" (*Teachings of Gordon B. Hinckley* [1997], 468).

Nampianatra ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "[Ao amin'ny 3 Nefia 18:20] ny Mpamonjy dia mampahatsiahy antsika fa ny finoana, na toy ny ahoana na toy ny ahoana ny tanjany, dia tsy afaka mitondra vokatra mifanohitra amin'ny sitrapon'Ilay tompon'io hery io. Ny fampiharana ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo dia manaraka mandrakariva ny lamin'ny lanitra, ny fahatsaran'ny Tompo sy ny sitrapony ary ny fahendreny sy ny fotoany. Izay no antony tsy ahafahantsika manana finoana tena marina ny Tompo raha tsy matoky tanteraka ihany koa ny sitrapo sy ny fotoan'ny Tompo" ("Faith in the Lord Jesus Christ," *Ensign*, mey 1994, 100).

**6.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 18 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 26: ANDRO 3

# 3 Nefia 19

## Fampidirana

Ireo zava-nitranga voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 11–18 dia nitranga tao anatin'ny iray andro. Rehefa nifarana io andro io dia niely teo anivon'ny vahoaka ny vaovao mikasika ny fitsidihan'ny Mpamonjy sy ny fiverenany ny ampitson'io, ary dia "nilofo fatratra tokoa [izy ireo] tamin' izany manontolo alina izany mba hahatongavany eo amin' ny toerana izay hanehoan' i Jesoa ny tenany amin' ny valalabemandry ny ampitso" (3 Nefia 19:3). Ny maraina dia nampianatra ny vahoaka ireo mpianatra roambinifolo, ary niara-nivavaka tamin'izy ireo. Nanao batisa ireo mpianatra roambinifolo i Nefia avy teo, ary nandray ny Fanahy Masina izy ireo ka nohodidinin'ny anjely maro. Nandritra io zava-nitranga io dia niseho i Jesoa Kristy, ary nandidy ireo mpianatra mba hivavaka, ary nivavaka tamin'ny Ray ihany koa Izy

ho an'ny valalabemandry. Noho ny finoan'izy ireo dia heniky ny Fanahy Masina ireo mpianatra. Nodiovina izy ireo ary lasa iray niaraka tamin'ny Ray sy ny Zanaka.

## 3 Nefia 19:1–14

### *Nanompo ireo vahoaka ireo mpianatra roambinifolo araka ny nandidian'ny Mpamonjy azy ireo*

Alaivo sary an-tsaina ny mety ho fahatsapana anananao sy ny zavatra mety ho ataonao raha fantatrao fa ho avy eo amin'ny tempoly lavidavitra kely ny misy anao i Jesoa Kristy rahampitso. Hatraiza no ezaka ho ataonao mba hankanesana any? Mety te hitondra olona hafa hiaraka aminao ve ianao? Inona no ho ataonao mba hiomanana amin'izany traikefa izany?

Vakio ny 3 Nefia 19:1–3 mba hitadiavana ny zavatra nataon'ny Nefita noho ny fampanantenan'ny Tompo hoe hiverina Izy ny ampitso. Rehefa tafavory ny valalabemandry dia nozarain'ny mpianatra ho andiany roa ambin'ny folo ny vahoaka ary nanomboka nampianatra ny valalabemandry izy ireo. Nanome toromarika ny valalabemandry izy ireo mba handohalika hivavaka ary nampianatra azy ireo ireo fahamarinana izay nampianarin'ny Mpamonjy ny omalin'io. (Jereo ny 3 Nefia 19:4–7.)

**1.** Vakio ny 3 Nefia 19:8–9 ary valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no tena nirian'ireo mpianatra? Araka ny zavatra efa niainanao, nahoana no mahatsiriritra toy izany ny fanomezana ny Fanahy Masina?

**b.** Ny mpianatra roambinifolo no handeha hitantana ny raharahan'ny Fiangonana tany Amerika taorian'ny nandehanan'ny Mpamonjy. Nahoana no nilaina indrindra ny nananan'izy ireo ny Fanahy Masina hitarika azy ireo?

Rehefa vitanao ny asa nampanaovina anao tao amin'ny diary fandalinanao soratra masina dia saintsaino ireto fanontaniana ireto: Inona avy ireo zavatra vitsivitsy irinao indrindra rehefa mivavaka ianao? Impiry ianao no mivavaka mba hanana ny Fanahy Masina?

Vakio ny 3 Nefia 19:10–12 ary tadiavo ny zavatra nataon'ireo mpianatra rehefa avy nivavaka. Ilay batisa resahana ao amin'ny andininy 10–12 dia batisa faharoa ho an'ireo mpianatra roambinifolo. Efa niorina nandritra ny taona maro teo anivon'ny Nefita ny Fiangonana, ary ireo rahalahy ao amin'ny fisoronana ireo dia efa natao batisa teo aloha, na dia tsy voarakitra ao amin'ny soratra masina aza ny batisan'izy ireo voalohany. Ity batisa faharoa ity dia fotoana iray niavaka, araka izay nazavain'ny Filoha Joseph Fielding Smith manao hoe: "Nandidy an'i Nefia sy ny vahoaka ny Mpamonjy mba hatao batisa indray satria nanavao ny rafitry ny Fiangonana ho eo ambanin'ny filazantsara Izy. Talohan'io dia narafitra teo ambanin'ny lalàn['i Mosesy] izy io" (*Doctrines of Salvation,* ed. Bruce R. McConkie, boky faha 3 [1954–56], 2:336).

Tadidio fa mendrika ny ho eo anatrehan'ny Mpamonjy ireo mpianatra sy ireo Nefita hafa. Vakio ny 3 Nefia 19:13 mba hitadiavana ny zavatra nomena ireo mpianatra roambinifolo noho ny fananany faniriana tsara.

**2.** Ataovy lisitra ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo fitahiana izay tonga eo amin'ny fiainan'ny olona iray izay manana ny Fanomezana ny Fanahy Masina ary miaina mba ho mendrika izany. Ampitahao amin'ity teny notsongaina nataon'ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity avy eo ny lisitra nataonao, ary ampio amin'ireo hevitra vaovao hitanao ny lisitra nataonao:



"Ny Fanahy Masina no manome hery sy risi-po antsika hitondra ny fiainantsika araka ny fomban'ny fanjakan'Andriamanitra ary Izy no loharanon'ny fijoroantsika ho vavolombelona momba ny Ray sy ny Zanaka. . . .

"Mila ny Fanahy Masina isika mba ho namantsika mandrakariva ary hanampy antsika hanao safidy tsaratsara kokoa eo amin'ireo fanapahan-kevitra izay atrehatsika isan'andro. Mifanehitra tsy tapaka amin'ireo zava-dratsy eto amin'izao tontolo izao ireo zatovolahy sy zatovovavintsika. Ny fiarahana amin'ny Fanahy Masina no hanome azy ireo ny hery hanoherana ny ratsy sy hibebahana raha ilaina, ary hiverenana amin'ilay lalana ety sy tery. Tsy misy amintsika izay tsy andairan'ny fakam-panahin'ny fahavalo. Samy mila ilay fiarovana izay azontsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina isika rehetra. . . . Ny fananana ny Fanomezana ny Fanahy Masina dia manampy ny tsirairay ao amin'ny fianakaviana hanao safidy hendry—safidy izay hanampy azy ireo hiverina miaraka amin'ny fianakaviany ho any amin'ny Rain'izy ireo any andanitra sy i Jesoa Kristy Zanany, mba hiaina miaraka amin'Izy ireo mandrakizay" ("The Covenant of Baptism: To Be in the Kingdom and of the Kingdom," *Ensign,* nôv. 2000, 8).


Araka ny fandalinanao ny 3 Nefia 19:1–14, dia saintsaino izay fitahiana irinao indrindra eo amin'ny fiainanao sy ny antony ilanao izany.

Fenoy ity fehezanteny milaza fitsipika ity raha mifototra amin'ny 3 Nefia 19:9, 13: **Amin'ny alalan'ny faniriana sy vavaka amin-kitsimpo no ahafahantsika ho tonga** ______________________________
______________________________.

## 3 Nefia 19:14–36

### *Niseho ny Mpamonjy ary nivavaka ho an'ny vahoaka mba ho voadio izy ireo noho ny finoany*

Vakio ny 3 Nefia 19:14–16 mba hahafantarana ny zavatra nitranga rehefa avy natao batisa sy heniky ny Fanahy Masina ireo mpianatra roambinifolo.



Rehefa nandohalika ny mpianatra sy ny valalabemandry dia nandidy ireo mpianany roambinifolo ny Mpamonjy mba hivavaka. Vakio ny fitantarana ny vavak'izy ireo ao amin'ny 3 Nefia 19:17–18, 24–26, 30. Io no hany toerana ao amin'ny soratra masina voarakitra izay nivavahan'ny vahoaka tamin'i Jesoa Kristy mivantana. Amin'ny vavaka ataontsika dia mivavaka amin'Andriamanitra Ray isika amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Zanany Lahy. Tsy misy toerana ao amin'ny soratra masina izay ampianarana antsika hivavaka amin'i Jesoa.

Nanolotra antony iray mety nahatonga ireo mpianatra hivavaka tamin'i Jesoa tamin'io fotoana tokana io ny Loholona Bruce R. McConkie tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manao hoe: "Efa nampianatra azy ireo i Jesoa hivavaka amin'ny Ray amin'ny anarany, ary izay no nataon'izy ireo tamin'ny voalohany [jereo ny 3 Nefia 19:8–9]. . . . Saingy tamin'ity indray mitoraka ity 'izy ireo dia nivavaka tamin' i Jesoa, niantso Azy ho Tompony sy Andriamaniny.' [3 Nefia 19:18.] Teo anoloan'izy ireo i Jesoa, dia toy ny tandindon'ny Ray. Ny fahitan'izy ireo azy dia toy ny hoe nahita ny Ray; ny nivavaka taminy, dia toy ny hoe nivavaka tamin'ny Ray. Toe-javatra manokana sy hafa kely izany" (*The Promised Messiah: The First Coming of Christ* [1978], 560–61).

Ny Mpamonjy mihitsy no nilaza hoe "Mivavaka Amiko izy ireo, satria miaraka aminy Aho" (3 Nefia 19:22).

**3.** Teo am-pandohalihan'ny vahoaka, dia hitan'izy ireo maso i Jesoa Kristy nanao vavaka telo samy hafa ho an'ireo mpianatra sy ho azy ireo. Adikao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity tabilao manaraka ity. Vakio ireo andinin-tsoratra masina nomena anao ary fenoy ilay tabilao.

| Andinin-tsoratra masina | Inona no nangatahan'ny Mpamonjy? | Ahoana no fomba ahafahanao mampihatra eo amin'ny fiainanao izay zavatra nianaranao avy amin'ny vavaky ny Mpamonjy? |
|---|---|---|
| 3 Nefia 19:19–23 | | |
| 3 Nefia 19:27–29 | | |
| 3 Nefia 19:31–34 | | |

Vakio ny 3 Nefia 19:24. Inona araka ny hevitrao no dikan'ny hoe "tsy nohamaroiny firy ny teny"? Mahakasika ireo vavaka izay efa omena antsika ny teny holazaina mba hahafantarana ny zavatra tokony hangatahina, dia nampianatra ny Loholona Bruce R. McConkie hoe "Ny vavaka tonga lafatra dia ireo vavaka entanim-panahy, ka ny Fanahy no manambara ireo teny izay tokony ampiasaina." (*Mormon Doctrine,* 2nd ed. [1966], 586).

Mba hanampiana anao hahatakatra bebe kokoa ny sasany amin'ireo fitsipika nampianarin'ny Mpamonjy tao anatin'ny vavaka nataony dia avereno jerena ny 3 Nefia 19:28 ary asio marika ireo teny na andian-teny izay mampianatra ity fitsipika ity: **Rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy isika dia azo diovina.** Diniho ireo fomba izay nampiharan'ireo mpianatra finoana nandritra ireo zavatra niainana voasoratra ao amin'ny 3 Nefia 19. Vokatry ny finoan'izy ireo dia heniky ny Fanahy Masina ireo mpianatra (jereo ny 3 Nefia 19:13), ary ilaina ny mandray ny Fanahy Masina mba ho voadio.



Vakio ity teny manaraka avy amin'ny Filoha Marion G. Romney tao amin'ny Fiadidiana Voalohany ity, ary tadiavo ny dikan'ny hoe voadio: "'Amin'izany dia ho tonga ny batisan'ny afo sy ny Fanahy Masina.' [2 Nefia 31:13.] Ity batisan'ny afo

sy ny Fanahy Masina resahan'i Nefia ity dia mahatonga fiovana lehibe ao am-pon'ny olona araka izay nolazain'i Almà [jereo Almà 5:14]. Manova azy ireo avy amin'ny toetra araka ny nofo mankamin'ny toetra araka ny Fanahy izany. Manadio sy manasitrana ary manadio ny fanahy izany. . . . Ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, sy ny fibebahana, ary ny batisan'ny rano dia zavatra atao mialoha sy takina mialoha izany avokoa, fa io no tanjona farany. Ny fahazoana izany dia midika fa nodiovina tamin'ny ra manavotr'i Jesoa Kristy ny fitafianao" (*Learning for the Eternities,* comp. George J. Romney [1977], 133).

**4.** Saintsaino ny dikan'ny hoe voadio, ary valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fampiharana finoana an'i Jesoa Kristy manampy antsika ho lasa madio?

Nanao vavaka mahatalanjona i Jesoa Kristy tamin'ny alina mialoha ny sorompanavotany, izay nitovy be tamin'ireo vavaka nataony teo anivon'ny Nefita tamin'ny andro faharoa nitsidihany azy ireo. Vakio ny 3 Nefia 19:23, 29 sy Jaona 17:9, 11, 21–22. Asio marika ilay andian-teny hoe "mba ho iray ihany isika." Saintsaino hoe amin'ny fomba ahoana no maha-iray an'i Jesoa Kristy sy ny Ray. Inona no ianarantsika ao amin'ireo andininy ireo mikasika ny fomba ahafahantsika ho tonga iray amin'i Jesoa Kristy?



Iray amin'ireo fitsipika ampianarina ao amin'ireo andininy ireo ny hoe: **Afaka ny ho voadio sy ho tonga iray amin'i Jesoa Kristy isika amin'ny alalan'ny finoana, tahaka ny maha-iray Azy amin'ny Ray.** Vakio ity teny nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity mikasika ny fomba ahafahantsika ho iray amin'ny Ray sy ny Zanaka: "Azo antoka fa tsy ho iray amin'Andriamanitra sy i Kristy isika raha tsy ny sitrapony sy ny zavatra manan-danja Amin'izy ireo no iriantsika indrindra. Tsy ho azo ao anatin'ny indray andro ny fanoavana toy izany, saingy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, dia hitantana sy hampianatra antsika ny Tompo raha toa isika ka manaiky, mandra-pahazoana miteny marina, rehefa mandeha ny fotoana, fa ao amintsika Izy tahaka ny maha ao Aminy ny Ray. Indraindray aho dia mangovitra rehefa mieritreritra ny zavatra mety hotakina, saingy fantatro fa ao anatin'io fikambanana ho iray tena lafatra io ihany no ahitana ny fahafenoan'ny fifaliana" ("That They May Be One In Us," *Ensign,* nôv. 2002, 73).

Farano amin'ny famakiana sy fisaintsainana ny 3 Nefia 19:35–36 ny fandalinana androany.

**5.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 19 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 26: ANDRO 4

# 3 Nefia 20–22

## Fampidirana

Nandritra ny andro faharoa nanompoan'i Jesoa Kristy teo anivon'ny Nefita dia nanao ny fanasan'ny Tompo ho an'ny vahoaka indray i Jesoa Kristy. Nijoro ho vavolombelona Izy fa amin'ny andro farany dia hotanterahin'ny Ray ny fanekempihavanana nataony mba hanangona an'i Isiraely sy hitahy ny firenena rehetra eto an-tany. Nanazava ihany koa Izy fa ny fivoahan'ny Bokin'i Môrmôna amin'ny andro farany dia ho famantarana fa nanomboka nanatanteraka io fanekempihavanana io ny Ray.

## 3 Nefia 20:1–9

*Nanatanteraka ny fanasan'ny Tompo teo amin'ny vahoaka indray ny Mpamonjy*

Raha zatovolahy ianao ary mihazona ny Fisoronana Aharôna, dia saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto: Midika inona aminao izany hoe afaka manampy amin'ny fanatanterahana ny fanasan'ny Tompo izany? Ahoana no hanehoanao amin'ny Tompo fa takatrao ny maha-masina an'io ôrdônansy io?

Raha zatovovavy ianao na zatovolahy tsy mbola mihazona fisoronana dia saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona ny zavatra tsapanao rehefa mahita zatovolahy mendrika manatanteraka ny fanasan'ny Tompo? Inona no zavatra ataonao mandritra ny fanatanterahana ny fanasan'ny Tompo izay maneho fa takatrao ny maha-masina izany?

Araka ny voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 20:3–5, tany am-piandohan'ny andro faharoa tamin'ny asa fanompoan'ny Mpamonjy teo anivon'ny Nefita, dia namatsy mofo sy divay tamin'ny fomba nahagaga Izy mba hanatanterahana indray ny fanasan'ny Tompo. Vakio ny 3 Nefia 20:1, ary tadiavo ny zavatra nasainy nataon'ny vahoaka talohan'ny nanomanany sy nizarany ny fanasan'ny Tompo. Amin'ny fomba ahoana araka

ny eritreritrao no ahafahan'ny fivavahana amin'ny fo hisy fiantraikany amin'ny fandraisanao ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro?

Vakio ny 3 Nefia 20:8. Mariho fa divay no nampiasain'ny Nefita tamin'izany fotoana izany, saingy amin'izao fotoana izao dia rano no ampiasain'ny Fiangonana (jereo ny F&F 27:2). Tsara ihany koa ny mahatsikaritra ny zavatra asehon'ny mofo sy ny rano. Rehefa mandray tsy tapaka ny fanasan'ny Tompo isika dia maneho ny fahavononantsika hanao izay hahatonga ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ho ampahany amin'ny fiainantsika.

Araka ny voalaza ao amin'ny 3 Nefia 20:8, inona no nampanantenain'i Jesoa Kristy an'ireo izay mandray ny fanasan'ny Tompo? Eritrereto ny haben'ny mofo sy ny habetsahan'ny rano mandritra ny fanasan'ny Tompo. Raha noana sy mangetaheta ara-batana ianao, moa ve ny mofo sy ny rano amin'ny fanasan'ny Tompo dia ampy hahavoky sy hanala hetaheta anao? Mba hahatakarana misimisy kokoa ny fomba ahafahantsika mahatsapa ny fahafenoana amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo dia vakio ny 3 Nefia 20:9 ary fenoy ity fitsipika ity: **Raha mandray ny fanasan'ny Tompo amim-pahamendrehana isika dia ho heniky ny** ________________________.

Vakio ity fanambarana avy amin'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity ary tsipiho ireo fomba izay nolazainy fa hitahiana anao rehefa feno ny Fanahy ianao:



"Aoka isika mba ho mendrika an'ilay fampanantenana nataon'ny Mpamonjy fa rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia 'hovokisana' (3 Ne. 20:8; jereo koa ny 3 Ne. 18:9), izay midika hoe ho 'heniky ny Fanahy' isika (3 Ne. 20:9). Io Fanahy io—ny Fanahy Masina—dia ilay mpampionona antsika, ilay mahita ny lalana tokony alehantsika, ilay mpanambara amintsika, ilay mpandika ny tenintsika, ilay vavolombelona ho antsika, ary ilay mpanadio antsika—ilay mpitarika antsika tsy mety diso sy ilay mpanamasina eo amin'ny diantsika ety an-tany mankany amin'ny fiainana mandrakizay.

". . . Avy amin'ilay fihetsika heverina fa kely hoe manavao am-piheverana sy am-panajana ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa no hahatongavan'ny fanavaozana ireo fitahian'ny batisa amin'ny rano sy amin'ny Fanahy, dia ny mba hananantsika mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika. Amin'izany fomba izany no hitarihana antsika rehetra, ary amin'izany fomba izany no ahafahana manadio antsika" ("Always Have His Spirit," *Ensign,* nôv. 1996, 61).

**1.** Mieritrereta fotoana iray izay nahatsapanao ny Fanahy Masina rehefa nandray ny fanasan'ny Tompo. Vakio ireo vavaky ny fanasan'ny Tompo ao amin'ny Môrônia 4:3 sy 5:2. Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro anao mba ho heniky ny Fanahy Masina? Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny sasany amin'ireo fomba ireo.

## 3 Nefia 20:10–46

### *Nampianarin'ny Mpamonjy an'ireo Nefita ny mikasika ireo fanekempihavanana izay hotanteraka amin'ny andro farany*

Eritrereto ny sasany amin'ireo toetra tsara manan-danja indrindra anananao. Karazan-toetra tsara toy ny ahoana no nifantohanao? Toetra ara-batana ve izy ireo, sa toetra amin'ny maha-olona anao, sa toetra ara-panahy?

Vakio ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary asio marika ny fomba namaritany hoe iza moa isika: "Mety mpankafy mozika ianao, na fanatanjaha-tena na mety mirona any amin'ny mekanika, ary indray andro any dia mety hanao raharaham-barotra, na hanana anton'asa fivelomana na hanao zava-kanto. Na dia manan-danja tahaka ny inona aza ireo asa sy raharaha ireo dia tsy mamaritra ny maha-isika antsika izy ireo. Voalohany indrindra, dia olona ara-panahy isika. Isika dia zanakalahy [sy zanakavavin']Andriamanitra ary taranak'i Abrahama" ("Becoming a Missionary," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2005, 47).

Ny hoe taranak'i Abrahama dia midika fa taranak'i Abrahama ara-bakiteny isika na lasa zanany lahy sy zanany vavy amin'ny alalan'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Mahazo ireo fampanantenana sy fanekempihavanana nataon'Andriamanitra tamin'ny Abrahama avokoa ny rehetra.

Araka ny voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 20:11–13, ny Mpamonjy dia nampianatra ny Nefita mikasika ireo fanekempihavanana sy fampanantenana natao tamin'i Abrahama sy ny taranany, izay ny mpianakavin'i Isiraely. Nampianatra Izy fa **hanatanteraka ny fanekempihavanany ny Ray dia ny hanangona ny mpianakavin'i Isiraely any amin'ny andro farany.** Vakio ny 3 Nefia 20:13, ary jereo ny fahalalana ho azon'ny mpianakavin'i Isiraely, izay ampahany tena ilaina amin'io fanangonana io. Araka ny eritreritrao, nahoana no tena ilaina io fahalalana io?

Vakio ny 3 Nefia 20:25–26, ary fantaro izay zavatra nampianarin'ny Mpamonjy mikasika ny fomba nitahiana ireo taranak'i Lehia noho ilay fanekempihavanana nataon'ny Ray tamin'i Abrahama. Nanantitrantitra ny Mpamonjy fa nirahin'ny Ray Izy hitsidika ny Nefita

sy hanavotra azy ireo amin'ny fahotana "noho [izy ireo] zanaky ny fanekempihavanana" (3 Nefia 20:26).

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fomba nitahiana anao noho ilay fanekempihavanana nataonao tamin'ny Ray any an-danitra tamin'ny batisa. Noho ianao natao batisa mba ho lasa mpikamban'ny Fiangonana dia taranak'i Abrahama ianao, ary manana andraikitra hanampy amin'ny fanatanterahana ny fanekempihavanana nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama.

Vakio ny 3 Nefia 20:27, ary asio marika ireo andianteny izay mampianatra ity fitsipika manaraka ity: **Amin'ny maha-taranak'i Abrahama antsika dia manana andraikitra araka ny fanekempihavanana isika ny hitahy ny firenena rehetra maneran-tany.**



Rehefa mamaky ity teny manaraka izay nambaran'ny Loholona David A. Bednar ity ianao dia tadiavo ny fomba—amin'ny maha-taranak'i Abrahama antsika—tokony hitahiantsika ny olona rehetra eto an-tany: "Izaho sy ianao, anio sy rahatrizay, dia natao hitahy ny olona rehetra any amin'ireo firenena rehetra maneran-tany. Izaho sy ianao, anio sy rahatrizay, dia natao hijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy sy hanambara ilay hafatry ny Famerenana amin'ny Laoniny. Izaho sy ianao, anio sy rahatrizay, dia natao hanasa ny rehetra mba handray ireo ôrdônansin'ny famonjena. Ny fitoriana ny filazantsara dia tsy andraikitry ny fisoronana amin'ny ampaham-potoana fotsiny. Tsy asa handraisantsika anjara amin'ny fotoana voafetra fotsiny izany na hoe andraikitra tsy maintsy ho tanterahantsika amin'ny maha mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika. Raha ny marina ny asa fitoriana filazantsara dia fanehoana ny maha-isika antsika ara-panahy sy ny lovantsika ara-panahy. Isika dia notendrena mialoha tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana ary nateraka ety an-tany mba hanatanteraka ilay fanekempihavanana sy fampanantenana izay nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama. Ety an-tany isika amin'izao fotoana izao mba hanandriana ny fisoronana sy hitory ny filazantsara. Izay no maha-isika antsika, ary izay no antony ahatongavantsika ety—anio sy rahatrizay" ("Becoming a Missionary," 47).

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no azonao atao amin'izao fotoana izao, amin'ny mahazatovo anao, mba hitahiana ny hafa eto amin'izao tontolo izao?

**b.** Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ho anao ny mahatakatra fa anisan'ny taranak'i Abrahama ianao?

## 3 Nefia 21–22

*Nolazain'i Jesoa Kristy mialoha ny amin'ireo famantarana ny fanangonana ny mpianakavin'i Isiraely amin'ny andro farany*

Araka ny voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 21–22, dia nampianatra zavatra maro tamin'ny Nefita ny Mpamonjy mikasika ny andro farany—ilay fotoana hamerenana ny filazantsara amin'ny laoniny ety an-tany ary hiomanan'ireo Olomasina ho amin'ny Fiaviany Fanindroany.

**4.** Mba hanampiana anao hahafantatra ny zavatra nampianarin'ny Mpamonjy mikasika ilay fanangonana an'i Isiraely amin'ny andro farany, araka izay voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 21–22, dia vakio ireo soratra masina rehetra eo amin'ny tsanganana havia amin'ity tabilao manaraka ity. Avy eo dia misafidiana roa amin'ireo fanontaniana ao amin'ny tsanganana havanana mba hovaliana ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina.

| Ireo Andinin-tsoratra masina | Fanontaniana |
|---|---|
| Vakio ny 3 Nefia 21:1–2, 7. Rehefa mivoaka ny Bokin'i Môrmôna amin'ny andro farany dia ho famantarana izany fa efa nanomboka nanangona ny mpianakavin'i Isiraely ny Ray. | a. Oviana ianao no nahita ny Bokin'i Môrmôna nitarika (na nanangona) olona, anisan'izany ny tenanao, ho any amin'i Jesoa Kristy sy ny fanekempihavanan'ny filazantsara? |
| Vakio ny 3 Nefia 21:9. Ilay andian-teny hoe "asa lehibe sy mahatalanjona" dia entina ilazana ny Famerenana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'ny laoniny. | b. Araka ny hevitrao, inona no lehibe sy mahatalanjona mikasika ny Famerenana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'ny laoniny? |
| Vakio ny 3 Nefia 21:10–11, ary saintsaino ny maha-sahaza an'ny Mpaminany Joseph Smith an'io famaritana io. | d. Nahoana no zava-dehibe indrindra ny mino ny tenin'ny Tompo izay navoakany tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith? |
| Vakio ny 3 Nefia 21:22. Raha mibebaka ny olona ary tsy manamafy ny fony dia horaisina ho isan'ny mpianakavin'i Isiraely. | e. Nahoana araka ny hevitrao no ilan'ny olona iray ny fibebahana mba hanangonana azy ho ao amin'ny vahoakan'ny fanekempihavanan'Andriamanitra? |

| Ireo Andinin-tsoratra masina | Fanontaniana |
|---|---|
| Vakio ny 3 Nefia 22:7–10, ary tadiavo ireo fampanantenana nataon'ny Mpamonjy tamin'ny vahoakan'ny fanekempihavanany izay miverina any Aminy rehefa avy nanadino ireo fanekempihavanana nataon'izy ireo Taminy. | f. Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ny mahatakatra fa maneho hatsaram-panahy sy famindram-po tsy manam-pahataperana ny Tompo amin'ireo izay nihodina Taminy? |

Mieritrereta olona iray izay azonao hizarana ny fijoroanao ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy, ny Bokin'i Môrmôna, ny Famerenana ny filazantsara amin'ny laoniny, ary ny iraka nampanaovina an'i Joseph Smith Mpaminany dia ny hanampy io olona io handray ireo fitahiana entin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Saintsaino ihany koa ny fomba ahafahanao mamporisika ny hafa hanatona ny Tompo, anisan'izany ireo izay nahatoky tao amin'ny filazantsara teo aloha, saingy tsy toy izany intsony amin'izao fotoana izao. Raha misy olona eritreretinao manokana dia mametraha tanjona mba hanao zavatra araka ny bitsiky ny Fanahy izay azonao.

**5.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 20–22 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

**FIZARANA 27: ANDRO 1**

# 3 Nefia 23

## Fampidirana

Rehefa avy namerina nilaza ny tenin'i Isaia i Jesoa Kristy dia nandidy ireo Nefita Izy mba hanadihady ny tenin'ireo mpaminany. Nanitsy ny Nefita ihany koa ny Tompo noho izy ireo tsy nazoto tamin'ny fitanana rakitsoratra.

## 3 Nefia 23:1–5

*Nandidy ny vahoaka i Jesoa Kristy mba hanadihady ny tenin'ireo mpaminany*

Saintsaino ny zavatra niainanao momba ny fandalinana soratra masina nandritra iny taona lasa iny. Manorata teny na andian-teny fohy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina, izay mamariparitra ireo fitahiana izay tonga teo amin'ny fiainanao vokatry ny fandalinanao soratra masina. ______________________

______________________________________________

______________________________________________

Rehefa mijery ny lisitra nataonao ianao dia eritrereto ny zavatra mety ampianarin'ireo fitahiana ireo anao mikasika ny maha zava-dehibe ny fandalinana soratra masina.

Rehefa avy namerina nilaza ny sasantsasany tamin'ny fampianaran'i Isaia ny Mpamonjy (jereo ny 3 Nefia 22), **dia nandidy ny vahoaka Izy hanadihady amim-pahazotoana ny tenin'i Isaia sy ny mpaminany.** Vakio ny 3 Nefia 23:1–5, ary fantaro hoe *nahoana* ny Mpamonjy no nilaza fa tokony hanadihady ny tenin'i Isaia sy ny mpaminany isika. Asio marika ireo teny sy andian-teny izay hanampy anao hitadidy ny zavatra nianaranao.

Ny antony iray handidiana antsika hanadihady ny tenin'i Isaia dia satria "noteneniny . . . ny mikasika ny zavatra rehetra momba ny [vahoakan'ny fanekempihavanan'ny Tompo] izay isan' ny mpianakavin' i Isiraely" (3 Nefia 23:2). Noho ianao nanao fanekempihavanana tamin'ny Tompo dia anisan'ny mpianakavin'i Isiraely ianao. Mahakasika anao ny rakitsoratr'i Isaia. Ny antony iray hafa tokony hanadihadiantsika ny tenin'i Isaia dia satria ho tanteraka avokoa izy ireo (jereo ny 3 Nefia 23:3).

Jereo ao amin'ny 3 Nefia 23:1 fa nandidy manokana ny Nefita i Jesoa Kristy mba "hanadihady ny tenin'i Isaia amin'ny fahazotoana tokoa."

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Araka ny hevitrao, inona no maha samy hafa ny mamaky ny tenin'ireo mpaminany sy ny manadihady azy ireo amim-pahazotoana tokoa?

**b.** Inona no fomba fandalinana soratra masina afaka manampy anao hanadihady amim-pahombiazana sy amin'ny fomba manan-danja ny tenin'i Isaia sy ireo mpaminany? (Azonao atao ny mamerina ny lesona Fizarana 1: Andro 1, hoe "Mandalina Soratra Masina," mba hitadidiana ireo fanampiana manan-danja amin'ny fandalinana soratra masina.)

Ny Loholona Merrill J. Bateman, izay mpikambana nisaorana tamim-boninahitra tao amin'ny Fitopololahy, dia nilaza ireo fitahiana sasany izay tonga eo amin'ny fiainantsika rehefa manadihady ny tenin'ireo mpaminany isika: "Misy ireo fitahiana azo rehefa manadihady ny soratra masina ny olona iray. Rehefa mandalina sy mankato ny tenin'ny Tompo ny olona iray dia manakaiky kokoa ny Mpamonjy izy ary mahazo faniriana bebe kokoa hiaina fiainana marina. Mitombo ny hery hanoherana ny fakam-panahy ary resy ireo fahalemena ara-panahy. Sitrana ireo ratra ara-panahy" ("Coming unto Christ by Searching the Scriptures," *Ensign,* nôv. 1992, 28).


Vakio ny 3 Nefia 23:5, ary tadiavo ilay fampanantenana izay nomen'ny Mpamonjy antsika rehetra raha toa isika ka mandalina sy mamaly ireo fanasana ao amin'ny soratra masina.

**2.** Alaivo sary an-tsaina hoe manana namana na olona ao amin'ny fianakaviana izay manana olana amin'ny fandalinana tsy tapaka ny soratra masina ianao. Amin'ny alalan'ny fampiasana ny zavatra nianaranao tao amin'ny 3 Nefia 23:1–5, dia soraty ny zavatra mety holazainao mba hamporisihana io olona io handalina amim-pahazotoana ny tenin'ireo mpaminany ary hahatsapa zavatra manan-danja miaraka amin'ny soratra masina.

## 3 Nefia 23:6–14

*Nobedesin'i Jesoa Kristy ireo mpianany noho ny tsy nanoratan'izy ireo ny zava-nitranga manan-danja sasantsasany*

Vakio ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Filoha Spencer W. Kimball:



"I Jesoa Kristy Tompo mihitsy no nanantitrantitra tamin'ny Nefita sy ny Lamanita ny maha zava-dehibe tokoa ny fanoratana rakitsoratra [jereo ny 3 Nefia 23:6–13]. . . .

"Faly aho fa tsy izaho no bedy, na dia natao tamin'ny fomba malefaka sy tamin-katsaram-panahy aza izany, noho ny tsy nanatontosako ny andraikitra mba hanoratra isan'andro. . . .

". . . Tsarovy fa nibedy ireo izay tsy nanoratra ireo zava-nitranga manan-danja ny Mpamonjy" ("The Angels May Quote from It," *New Era,* feb. 2003, 32, 34–35).

Ilay fampahatsiahivana ao amin'ny 3 Nefia 23 dia mirakitra ilay tantara nolazain'ny Filoha Kimball rehefa nibedy ny Nefita ny Mpamonjy noho izy ireo tsy nanoratra tao amin'ny rakitsoratr'izy ireo ny sasany tamin'ireo zava-dehibe nitranga. Vakio ny 3 Nefia 23:6–11, ary fantaro ny zavatra tsy nosoratan'ny Nefita. Araka ny hevitrao, nahoana no zava-dehibe tamin'ny Nefita ny nanoratra ny fahatanterahan'io faminaniana nataon'i Samoela ilay Lamanita io? Amin'ny fomba manao ahoana no hanampian'ny fananana io rakitsoratra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna io antsika amin'izao androntsika izao?

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Nahoana no mety hanandanja ho anao ny manoratra ireo zava-nitranga ara-panahy sy ireo bitsiky ny Fanahy izay mitranga eo amin'ny fiainanao?

Raha nisy zava-nitranga ara-panahy vao haingana teo amin'ny fiainanao, ka tsy nosoratanao, dia soraty ao anatin'ny diarinao izany izao ankehitriny izao. Kahie tsotra fandraisana an-tsoratra dia ampy hanaovana diary an'ny tena manokana. Vakio ny 3 Nefia 23:12–14, ary tadiavo ny zavatra nataon'ny Mpamonjy rehefa nankatoavin'ireo Nefita ilay didy hoe hanoratra ny fahatanterahan'ny faminanian'i Samoela ilay Lamanita.

"Novelabelarin'ny [Mpamonjy] . . . ny soratra masina rehetra," izay midika hoe nanazava ny hevitry ny soratra masina Izy.

Vakio ny 3 Nefia 24:1, ary jereo ny zavatra itovizan'ny tapany voalohany amin'io andininy io amin'ny zavatra nitranga ao amin'ny 3 Nefia 23:12–14. Tsara ny mahatsikaritra fa rehefa avy nandray an-tsoratra ny zavatra nampianarin'i Jesoa Kristy azy ireo ny Nefita dia nomen'i Jesoa fahalalana sy fanambarana fanampiny izy ireo tamin'ny alalan'ny famelabelarana nataony momba ireo zavatra ireo.

Miainga amin'ny zavatra nianaranao tao amin'ny 3 Nefia 23:6–14, dia fenoy ity fitsipika manaraka ity: **Rehefa mandray an-tsoratra ireo fitaomam-panahy sy zava-nitranga sarobidy aho dia manasa** ________
________________________________________.

Ao anatin'ireo valiny maro azo nomena dia azonao natao ny nameno ilay fitsipika etsy ambony tahaka izao: Rehefa mandray an-tsoratra ireo fitaomam-panahy sy zava-nitranga sarobidy aho dia manasa ny Tompo hanome ahy fanambarana fanampiny.

Mba hahatakarana feno kokoa ny fahamarinana nianaranao dia vakio ireto fanambarana roa manaraka ireto izay nataon'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Ny fahalalana voarakitra tsara dia fahalalana azo ampiasaina amin'ny fotoana ilana azy. Ny fampahalalana ara-panahy izay tsiambaratelo dia tokony hotehirizina any amin'ny toerana masina iray izay manambara amin'ny Tompo hoe hatraiza no ankamamianao izany. Manatsara ny fahafahanao mandray fahazavana bebe kokoa ny

fanaovana izany" ("Acquiring Spiritual Knowledge," *Ensign,* nôv. 1993, 88).

"Soraty ao amin'ny toerana azo antoka ireo zavatra manan-danja izay nianaranao avy amin'ny Fanahy. Ho hitanao fa rehefa manoratra ireo fahatsapana sarobidy ianao dia hisy maro kokoa izay ho tonga matetika. Ny fahalalana azonao ihany koa dia ho azonao ampiasaina mandritra ny androm-piainanao manontolo" ("To Acquire Knowledge and the Strength to Use It Wisely," *Ensign,* jona 2002, 32).

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana ireto:

**a.** Nahoana araka ny eritreritrao no mety hanampy antsika handray fanambarana bebe kokoa ny fanoratana ireo fanambarana azontsika avy amin'ny Tompo?

**b.** Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fakana fotoana hanoratana mikasika ny fitaoman'ny Tompo eo amin'ny fiainantsika hanampy antsika hahatsapa fankasitrahana noho ireo fitahiana azontsika, sy haneho ny fankasitrahantsika Azy?

Mety hiahiahy ianao hoe tsy nanana traikefa miavaka na masina izay mendrika ny hosoratana. Niresaka mikasika io ahiahy io ny Loholona John H. Groberg, izay mpikambana tao amin'ny Fitopololahy nisaorana tamim-boninahitra manao hoe: "Ny olona sasany dia miteny hoe: 'Tsy manana na inona na inona horaketina an-tsoratra aho. Tsy misy zavatra ara-panahy mitranga amiko.' Hoy aho hoe: 'Atombohy ny firaketana an-tsoratra, dia hitranga ireo zavatra ara-panahy. Misy foana izy ireny, saingy lasa mora mahatsapa azy ireny kokoa isika rehefa manoratra" ("Writing Your Personal and Family History," *Ensign,* mey 1980, 48).

Azonao atao ny manomboka mampihatra ny zavatra nianaranao mikasika ny fanoratana ireo zavatra niainana ara-panahy amin'ny alalan'ny fitondrana taratasy kely, na kahie fandraisana an-tsoratra, na diary amin'ny herinandro manaraka. Raiso an-tsoratra izay bitsiky ny Fanahy, na eritreritra, na zavatra niainana, na fahatsapana tonga ao aminao mandritra iny herinandro iny. Raiso an-tsoratra ihany koa ny fahatsapanao fitaomana hanatanteraka zavatra mifanaraka amin'ireo bitsika voarainao. Rehefa vitanao ireo asa ireo dia soraty ny zavatra niainanao.

Lazao amin'ny olona iray (olona ao amin'ny fianakaviana, na namana, na mpitarika ao amin'ny Fiangonana) ny drafitra nomaninao mba hiraketana an-tsoratra ireo zavatra niainanao ara-panahy. Asao io olona io hiarahiezaka aminao amin'izany amin'ny alalan'ny firaketany ireo zavatra niainany ara-panahy sasantsasany. Ny fanasanao olona iray hafa hanao io vinan-kasa io miaraka aminao dia ahafahanareo mifankahery sy mifanome tatitra mikasika ny fivoaranareo. Kanefa tokony hotsaroanao fa tsy ilaina—ary angamba tsy mety—ny mifampizara ireo zavatra masina niainanareo.

**5.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 23 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

## FIZARANA 27: ANDRO 2

# 3 Nefia 24–26

## Fampidirana

Ao amin'ny 3 Nefia 24–25 dia notanterahan'i Jesoa Kristy ny didin'ny Ray any an-danitra hoe hizara amin'ny vahoaka ny sasany tamin'ireo faminanian'i Malakia. Nambaran'i Malakia fa mila mibebaka ny mpianakavin'i Isiraely ary miverina amin'ny Tompo ho fiomanana amin'ny fiavian'ny Mpamonjy. Araka ny voarakitra ao amin'ny 3 Nefia 26:3, dia novelabelarin'i Jesoa Kristy tamin'ny vahoaka "ny zavatra rehetra, hatrany am-piandohana ka hatramin' ny fotoana izay hahatongavany ao amin' ny voninahiny." Avy teo dia nampianatra i Môrmôna fa ireo izay mino ny Bokin'i Môrmôna dia mbola hanehoana zavatra lehibe kokoa (jereo ny 3 Nefia 26:9).

### 3 Nefia 24:1–6

*Naverin'i Jesoa Kristy nambara ireo teny nomena an'i Malakia mikasika ny Fiaviana Fanindroany*

Rehefa namerina nilaza tamin'ny Nefita ny sasany tamin'ireo faminanian'i Malakia i Jesoa Kristy dia nampiasa ny sarin'ny afo sy ny savony. Alaivo sary antsaina ny afo miredareda sy ny savony iray. Eritrereto ny zavatra iraisan'ireo zavatra roa ireo amin'ny mahafitaovana fanadiovana azy ireo.

Vakio ny 3 Nefia 24:2–3. Ao amin'ny 3 Nefia 24:2 dia ampitahaina amin'ny afon'ny mpandrendrika sy ny savonin'ny mpanasa lamba i Jesoa Kristy noho ny zavatra ho ataony amin'ny Fiaviany Fanindroany. Ao amin'ny 3 Nefia 24:3 dia ampitahaina amin'ny mpandrendrika volafotsy Izy, izay manadio volafotsy. Mba hahatakarana ireo andininy ireo dia manampy ny fahafantarana fa ireo dingana arahina amin'ny fanadiovana volafotsy dia mitaky ny hihazonan'ilay mpandrendrika



sombim-bolafotsy iray eo amin'ny ampahany mahamay indrindra amin'ny afo mba handorana ireo loto. Tsy maintsy mijery tsara ilay volafotsy ilay *mpandrendrika*, satria raha tavela ela loatra eo amin'ny afo na dia kely fotsiny aza ilay volafotsy dia ho simba. Ny *mpanasa lamba* dia olona izay manadio fitafiana na mamotsy izany amin'ny fampiasana savony. Ireo "zanakalahin'i Levy" no ireo izay nihazona ny fisoronana tamin'ny andron'i Isiraely fahiny; azo ampiasaina amin'ny vahoakan'ny Tompo rehetra amin'izao fotoana izao io fiantsoana io.

Saintsaino ny zavatra hitranga amin'ny fiavian'i Jesoa Kristy fanindroany araka izay ambaran'io sarin-teny io. Azonao atao ny manoratra ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny 3 Nefia 24:2–3 ny hoe: ***Hanadio ny Vahoakany i Jesoa Kristy amin'ny Fiaviany Fanindroany.***

Vakio ny 3 Nefia 24:5–6, ary fantaro hoe iza no ho levona ary iza no tsy ho levona na ho ringana amin'ny fiavian'ny Mpamonjy. (Marihina fa ny hoe "zanak'i Jakôba" ao amin'io andininy io dia ny vahoakan'ny fanekempihavanan'ny Tompo ao amin'ny mpianakavin'i Isiraely.) Ireo andininy ireo dia mampianatra ny fitsipika hoe: **Hitsara ny ratsy fanahy i Jesoa Kristy amin'ny fiaviany.**

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity lohateny manaraka ity: *Ny zavatra tsy maintsy ataoko mba hiomanana amin'ny fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany.* Rehefa manohy mandalina ny 3 Nefia 24–26 ianao dia ataovy lisitra eo ambanin'io lohateny io izay zavatra nianaranao ka manampy anao hiomana amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany.

## 3 Nefia 24:7–18

*Nampianarin'i Malakia ny mpianakavin'i Isiraely ny fomba iverenana any amin'ny Tompo*

Alaivo sary an-tsaina hoe misy namanao akaiky iray na olona iray ao amin'ny fianakaviana toa tsy miraharaha izay mety ho fiantraikan'ny zavatra ataon'ny olona iray amin'ny tenany amin'ny Fitsarana, na ny Fiaviana Fanindroany, na any amin'ny mandrakizay. Eritrereto ny zavatra mety holazainao mba hiezahana sy hanampiana io olona io. Vakio ny 3 Nefia 24:7 ary tadiavo ny zavatra nolazain'ny Tompo tamin'ireo zanakalahin'i Jakôba izay efa nanomboka niala taminy. Araka ny hevitrao, inona no dikan'ny hoe "nihataka" tamin'ny ôrdônansin'ny Tompo ny vahoaka?

Ao amin'ny Fiangonana, ny ôrdônansy dia fombafomba masina sy manara-pitsipika izay tanterahina amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana. Misy ôrdônansy sasany izay tena ilaina ho an'ny fisandratantsika. Antsoina hoe ôrdônasin'ny famonjena ireo ôrdônansy ireo." Ao anatin'izany ny batisa, ny fandraisana ho mpikambana, ny fanendrena amin'ny Fisoronana Melkizedeka (ho an'ny lehilahy), ny fanafiana masina any amin'ny tempoly, ary ny famehezana ny fanambadiana. Manao fanekempihavanana lehibe amin'ny Tompo isika amin'ny fanatanterahana ireo ôrdônansy tsirairay ireo. Azonao atao ny mitanisa ireo ôrdônansin'ny famonjena eo ambanin'ilay lohateny ao amin'ny asa nampanaovina 1 ao anatin'ny diary. Eritrereto ny fomba anampian'ireo ôrdônansy ireo antsika hiomana amin'ny Fiaviana Fanindroany.

Na dia nihataka tamin'ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny filazantsara aza ny vahoakan'ny Tompo dia jereo ilay fampanantenana ao amin'ny 3 Nefia 24:7, izay nomen'ny Tompo azy ireo raha toa izy ireo ka manaiky hiverina Aminy. Azonao atao ny manisy marika io fampanantenana io ao amin'ny soratra masinao mba hanampiana anao hahatsiaro fa **raha miverina amin'ny Tompo isika dia hiverina amintsika Izy.**

Vakio ny 3 Nefia 24:8–10, ary mitadiava fomba iray izay nolazain'ny Tompo fa ahafahan'ireo zanak'i Jakôba miverina any Aminy ka ahafahan'izy ireo amin'izany mba hiomana amin'ny Fiaviana Fanindroany. Azonao atao ny mampiditra ny fandoavana fahafolonkarena sy fanatitra ao amin'ny lisitra eo ambanin'ilay lohatenin'ny asa nampanaovina 1 ao anatin'ny diary.

Vakio ity torohevitra manaraka ity izay nomen'ny Filoha Gordon B. Hinckley mikasika ny fandoavana

fahafolonkarena: "*Afaka* mandoa ny fahafolonkarenantsika isika. Tsy dia resaka vola loatra izany fa resaka finoana" ("Let Us Move This Work Forward," *Ensign,* nôv. 1985, 85).

Saintsaino ao anatin'ny fotoana fohy ny maha fanehoana ny finoanao ny Tompo ny fahavononanao hanome fahafolonkarena sy fanatitra ho Azy. Vakio ny 3 Nefia 24:10–12, ary mifantoha amin'ireo fitahiana ho an'ireo izay mandoa fahafolonkarena feno sy marina.

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona avy ireo fitahiana noraisinao avy amin'ny fankatoavana ny lalàn'ny fahafolonkarena?

**b.** Tamin'ny fomba ahoana, araka ny eritreritrao, no nahafahan'ny fitandremanao ny didy handoa ny fahafolonkarenanao sy ny fanatitrao nanampy anao hiomana ara-panahy ho amin'ny Fiaviana Fanindroany?

Nimonomonona ny vahoaka sasany tao Isiraely fahiny fa hoe tsy nitondra soa na inona na inona ho azy ireo ny fitandremana ny didin'ny Tompo. Nahatsapa izy ireo fa zava-poana na tsy nisy nilàna azy ny ezaka nataon'izy ireo (jereo ny 3 Nefia 24:14). Tetsy ankilan'izay anefa dia nilaza izy ireo fa "sambatra" sy "voaorina" ary "afaka" ireo mpirehareha sy ratsy fanahy (3 Nefia 24:15). Izany hoe nitaraina ireo vahoaka ireo fa netinety kokoa noho ny fiainan'ny olo-marina ny an'ireo ratsy fanahy. Namaly ireo fitarainana ireo ny Tompo tamin'ny fitenenana fa ireo izay matahotra ny Tompo sy mihevitra ny Anarany, ary miara-mivory matetika mba hifampiresaka, dia hahita ny anarany voasoratra ao amin'ny "bokin'ny fahatsiarovana" (3 Nefia 24:16). Izy ireo no ho ireo izay vonona ho amin'ny fiavian'ny Tompo ary hotsimbinina toy ny "vatosoa[ny]" sarobidy (jereo ny 3 Nefia 24:16–17). Nomen'ny Tompo



fanamby ireo izay nitaraina mba hiandry ary hijery ny vokatra farany rehefa afaka "hiverina ary hanavaka ny olo-marina amin' ny olon-dratsy" izy ireo amin'izany (3 Nefia 24:18). Ho hitan'izy ireo fa tsara lavitra kokoa ny fiainan'ny olo-marina any am-parany any.

## 3 Nefia 25

### *Naverin'i Jesoa Kristy nolazaina ilay faminanian'i Malakia hoe hiverina i Elia alohan'ny Fiaviana Fanindroany*

Vakio ny 3 Nefia 25:1–3, ary tadiavo hoe nahoana ny Fiaviana Fanindroany no ho fitahiana ho an'ireo izay mahatoky amin'i Jesoa Kristy. Ny teny hoe *faka* ao amin'ny andininy 1 dia manondro ireo razambe, ary ny *sampana* dia manondro ny taranaka. Noho izany dia tsy hahazo ireo fitahiana hoe ho voafehy na amin'ny razambeny na amin'ireo taranany ireo ratsy fanahy any amin'ny fiainana ho avy. Ireo zanak'omby izay "hitombo . . . ao am-pahitra" dia tandindon'ireo ankizy izay voaro, sy voakarakara, ary manana izay rehetra ilainy rehefa mihalehibe.

Nozarain'ny Mpamonjy tamin'ny Nefita ny zavatra nosoratan'i Malakia mikasika ny zavatra iray izay hitranga alohan'ny Fiaviana Fanindroany, izay handraisan'i Elia, ilay mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha, anjara. Vakio ny 3 Nefia 25:5–6, ary tadiavo ny zavatra nampianarin'i Malakia fa hataon'i Elia mba hanampiana amin'ny fanomanana izao tontolo izao ho amin'ny fiavian'ny Tompo.

Ny fiverenan'i Elia teto an-tany dia ampahany tena nilaina tamin'ny Famerenana ny filazantsara tamin'ny laoniny. Tamin'ny 3 aprily 1836 dia niseho tamin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery i Elia, tao amin'ny Tempolin'i Kirtland izay vao avy notokanana, (jereo ny F&F 110). Natolony azy ireo ilay fahefana mamehy izay an'ny fisoronana ka ahafahan'ireo fianakaviana ho voafehy amin'ireo taranaka mifandimby rehetra. Araka ny hevitrao dia inona no dikan'ilay fanambarana fa "Izy hampitodika ny fon' ny ray amin' ny zanaka, ary ny fon' ny zanaka amin' ny ray"?(3 Nefia 25:6) _______

---

Ireo andininy ireo dia mampianatra fa **rehefa mitodika amin'ireo raintsika ny fontsika dia manampy amin'ny fanomanana ny tany ho amin'ny Fiverenan'i Jesoa Kristy Fanindroany.**

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra iray niainanao na niainan'ireo olona ao amin'ny fianakavianao, ka nanampy anao hampitodika ny fonao tamin'ny razambenao. Mety tafiditra ao anatin'izany ny naha voafehy tany amin'ny tempoly masina, ny fikarohana ny tantaran'ny fianakavianao, na ny fandraisana anjara tamin'ny batisa ho an'ny maty. Raha tsy misy zavatra niainana tonga ao antsainao dia manorata andininy fohy iray mikasika ny fanirianao

handray anjara amin'io asa io. (Azonao atao ny manoratra ny toy izao eo ambanin'ny asa nampanaovina 1 ao anatin'ny diary: *fandraisana ireo ôrdônansin'ny tempoly ho an'ny tenanao sy ny fianakavianao, mankany amin'ny tempoly, ary manangona fampahalalana momba ny tantaram-pianakavianao.*)

## 3 Nefia 26

### *Ny zavatra tsy maintsy atao mba hahazoana ireo zavatra lehibe kokoa izay nambaran'i Jesoa Kristy*

Ianarantsika avy amin'ny 3 Nefia 26:3 fa ny Mpamonjy dia nampianatra ny Nefita "ny zavatra rehetra izay ho tonga eto ambonin' ny tany." Vakio ny 3 Nefia 26:6–8, mba hitadiavana hoe ny ampahafirin'ny lahateny nataon'ny Mpamonjy no voarakitra tao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Halalino ny 3 Nefia 26:9–11 mba hamantarana ny antony tsy nanoratan'i Môrmôna ny zavatra rehetra.

Nandidy an'i Môrmôna ny Tompo mba tsy hanoratra afa-tsy ny ampahany kely ihany tamin'ireo fampianarana ireo mba hizahana toetra ny finoantsika. Avy amin'ny 3 Nefia 26:1–21 no ianarantsika fa **rehefa mino ny zavatra nambaran'Andriamanitra isika dia miomana handray fanambarana lehibe kokoa.** Nahoana, araka ny hevitrao, no ilaina alohan'ny handraisantsika fahamarinana fanampiny ny finoana ireo fahamarinana efa voaraintsika? (Jereo ny Almà 12:9–11.) Ahoana no hanehoantsika fa mino ny zavatra efa nambaran'ny Tompo isika?

**4.** Mba hampiharana ilay fitsipika nosoratana tamin'ny endriny miavaka etsy ambony dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona no ataonao eo amin'ny fiainanao mba hanehoana ny finoanao ny Bokin'i Môrmôna?

Araka ny voasoratra ao amin'ny sisa tavela amin'ny 3 Nefia 26, dia namintina ny asa fanompoana nataon'ny Mpamonjy sy ny fiantraikan'izany teo amin'ny Nefita i Môrmôna. Vakio ny 3 Nefia 26:13–21, ary asio marika ny fomba nampiharan'ny vahoaka ny tenin'i Jesoa Kristy.

**5.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 24–26 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 27: ANDRO 3

# 3 Nefia 27

## Fampidirana

Tany am-piandohan'ny asa fanompoana nataon'ireo mpianatra Nefita roambinifolo, taorian'ny andro faharoa nisehoan'ilay Mpamonjy efa nitsangana tamin'ny maty teo anivon'izy ireo, dia niara-tafavory ireo mpianatra ary tafaray tamin'ny vavaka mahery sy ny fifadian-kanina. Niseho tamin'izy ireo indray i Jesoa Kristy ary namaly ny fanontanian'izy ireo mikasika ny anarana tokony hiantsoana ny Fiangonana. Nampianatra azy ireo ny Mpamonjy fa ny Sorompanavotana no iorenan'ny filazantsarany ary afaka mijoro tsy misy pentina eo anatrehany isika amin'ny alalan'ny Sorompanavotana, rehefa mibebaka, sy atao batisa, ary maharitra hatramin'ny farany. Ankoatra izay dia nandidy ny mpianany Izy mba ho tonga tahaka Azy.

## 3 Nefia 27:1–12

### *Nampianatra ny mpianatra roambinifolo ny Tompo fa tokony hitondra ny anarany ny Fiangonany*

Alaivo sary an-tsaina hoe te hanokatra fikambanana na ekipa mpanao fanatanjahantena ianao. Manapaha hevitra ny amin'ny karazana fikambanana na ekipa hoforoninao, ary avy eo dia misafidiana anarana ho an'ilay fikambanana aorinao. Raiso an-tsoratra na ilay anarana na ilay karazana fikambanana nosafidianao: ______________________________________________________________________________________________

Mieritrereta fikambanana vitsivitsy izay fantatrao ny momba azy ary ny hevitra fonosin'ny anarana entin'izy ireo mikasika ny tanjony sy ny olona mpikambana ao anatin'izy ireo.

Nanohy nampianatra sy nanao batisa ny vahoaka ireo Nefita roambinifolo. Indray mandeha izy ireo dia tafaray tamin'ny fifadian-kanina sy ny vavaka raha nitsidika azy ireo indray ny Mpamonjy (jereo ny 3 Nefia 27:1–2). Vakio ny 3 Nefia 27:3–7 mba hitadiavana ny fanontaniana izay napetrak'ireo mpianatra sy ny valintenin'ny Mpamonjy. Azonao atao ny manisy marika ireo antony, izay nomen'i Jesoa Kristy, hiantsoana ny Fiangonana amin'ny anarany.

Hadihadio ny 3 Nefia 27:8–10, ary asio marika ny zavatra izay nampianarin'ny Mpamonjy fa hoe ahafantarana ny Fiangonany marina. Farano ity fehezanteny manaraka ato amin'ny boky torolalanao ity mba hilazana ireo toetoetra fototry ny Fiangonana marina:

Ny Fiangonana marin'i Jesoa Kristy dia ______________
________________________________________________
________________________________________________.

NY FIANGONAN' I
# JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

Eritrereto ny antony maha zava-dehibe ny hoe tsy mitondra ny anarany fotsiny ihany ny Fiangonana marin'i Jesoa Kristy fa miorina ihany koa eo amin'ny filazantsarany (jereo ny 3 Nefia 27:8–10). Nampanantenain'ny Tompo ireo Nefita fa raha miorina amin'ny filazantsarany ny Fiangonana dia haneho ny asany ao ny Ray any an-danitra (jereo ny 3 Nefia 27:10). Saintsaino ny nahitanao mivantana ny nanehoan'ny Ray any an-danitra ny asany tao amin'ny Fiangonana.

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny hoe *Zava-dehibe ho ahy ny maha-mpikambana ahy ato amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy satria . . .* Avy eo dia manorata andininy iray fohy milazalaza ireo eritreritrao momba ilay fehezanteny. Miezaha manoratra antony maro araka izay tratranao avy amin'ny zavatra nianaranao rehefa nandalina ny 3 Nefia 27:1–12.

## 3 Nefia 27:13–22

*Nanome famaritana momba ny filazantsarany i Jesoa Kristy ary nampianatra ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hijoroana tsisy pentina eo anoloany*

Mieritrereta fotoana iray izay nahatratrarana anao nanao zavatra izay fantatrao fa tsy nety. Tadidio ny zavatra tsapanao rehefa lasa fantatry ny olona ny marina mikasika ny zavatra nataonao. Saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona no mety ho tsapanao rehefa mijoro eo anoloan'ny Tompo, raha toa ka mbola misy zavatra tsy nety nataonao ka tsy mbola nibebahanao? Inona no mety ho tsapanao rehefa hijoro eo anoloan'ny Tompo mba hotsaraina, raha toa ka tsy nisy fomba ibebahana amin'ireo fahotana rehetra nataonao nandritra ny androm-piainanao?

Rehefa avy nampianatra ny Nefita ny Mpamonjy fa tokony haorina eo amin'ny filazantsarany ny Fiangonany dia nanohy nampianatra azy ireo Izy hoe inona no filazantsarany. Ny teny hoe *filazantsara* dia midika ara-bakiteny hoe "vaovao tsara" na "vaovao mahafaly." Mbola misy hatrany, amin'ny alalan'ny filazantsara, ny vaovao mahafaly ho antsika rehetra raha toa ka manota isika.

**2.** Vakio ny 3 Nefia 27:13–16, 19 ary tadiavo ireo zavatra ao amin'ny filazantsara izay vaovao mahafaly ho antsika rehetra. **Ny fototra iorenan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia ny nanaovany ny sitrapon'ny Rainy tamin'ny fanatanterahana ny Sorompanavotana.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nijoro ho vavolombelona tamin'ireo mpianany ny Mpamonjy fa tonga teto an-tany Izy mba hanao ny sitrapon'ny Rainy. Araka ny voalaza ao amin'ny 3 Nefia 27:14 dia inona no sitrapon'ny Ray any an-danitra ho an'ny Zanany Lahy Masina?

**b.** Noho ny nahatanterahan'ny Mpamonjy ny sitrapon'ny Rainy dia inona no afaka ho azon'ny olona rehetra? (jereo indrindra indrindra ny 3 Nefia 27:19).

**3.** Mba hanampiana anao hankasitraka ny halehibiazan'io vaovao mahafaly io dia vakio ny iray na mihoatra izay amin'ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto, ary manorata fanazavana fohy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina mikasika ny antony maha-vaovao mahafaly tahaka izany ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy: 2 Nefia 9:8–10; Almà 34:14–16; Helamàna 14:15–18.



Ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nijoro ho vavolombelona mikasika ny antony maha-vaovao mahafaly ho an'ny olon-drehetra ny filazantsara: "Ilay 'vaovao mahafaly' dia ny hoe azo ialana ny fahafatesana sy ny helo, azo resena ny fahadisoana sy ny fahotana, misy ny fanantenana, misy ny fanampiana, azo vahana ilay tsy azo novahana, resy ilay fahavalo. Ilay vaovao mahafaly dia hoe mbola ho foana ny fasan'ny *olona tsirairay* indray andro any, afaka ny hadio indray ny fanahin'ny olona *tsirairay*, afaka hiverina any amin'ny Ray izay nanome aina azy avokoa ny zanak'Andriamanitra *rehetra*"

(“Missionary Work and the Atonement,” *Ensign,* mar. 2001, 8, 10).

Ianao ve efa nandre olona nilaza hoe mila “miaina ny filazantsara” isika? Rehefa manasa antsika “hiaina ny filazantsara” ny olona dia mazàna izy ireo no manasa antsika hiaina ireo fitsipika sy handray ireo ôrdônansy izay manasa ny herin’ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy ho eo amin’ny fiainantsika mba hahafahana mamonjy antsika. Hadihadio ny 3 Nefia 27:20–21 mba hitadiavana ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba handraisana ireo fitahiana rehetra entin’ny Sorompanavotana sy hiomanana ho amin’ny fitsarana.

**4.** Soraty ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina ny hoe ***Raha ________________________ isika, dia ho afaka hijoro tsisy pentina eo anoloan’i Jesoa Kristy***. Fenoy ity fehezanteny ity amin’ny alalan’ny fanoratana fitsipika iray ao amin’ny filazantsara avy ao amin’ny 3 Nefia 27:20–21 izay tsy maintsy arahantsika mba hijoroana tsisy pentina eo anatrehan’ny Tompo. (Azonao atao ny mitady fitsipika maromaro ho an’ilay ampahany misy hoe “raha” ao amin’ity fanambarana fitsipika ity.) Avy eo dia valio ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona no azoko atao eo amin’ny fiainako izao ankehitriny izao mba “hiainako ny filazantsara” amin’ny endriny feno kokoa, mba hahafahako mahatsapa ny herin’ny Sorompanavotana sy mijoro tsisy pentina eo anoloan’Andriamanitra amin’ny andro farany?

Saintsaino hoe mety ho toy ny ahoana izany hijoro eo anoloan’i Jesoa Kristy izany indray andro any miaraka amin’ny fahafantarana fa ianao dia nodiovina tamin’ny alalan’ny Sorompanavotany noho ny fankatoavana ireo fitsipika sy didy ary ôrdônansin’ny filazantsarany.

## 3 Nefia 27:23–33

### *Nampianatra ny mpianany ho tonga tahaka Azy i Jesoa Kristy*

Araka ny voarakitra ao amin’ny fiafaran’ny 3 Nefia 27 dia nanome torolalana tamin’ireo mpianany roambinifolo i Jesoa Kristy ary nampianatra azy ireo mikasika ny anjara asany amin’ny maha-mpitarika sy mpitsara ny olony azy ireo. Vakio ny 3 Nefia 27:27 ary tadiavo ny didy izay nomeny an’ireo mpianatra mba hanampiana azy ireo hanatanteraka amim-pahamarinana ny anjara asany. Makà fotoana ary eritrereto ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Nahoana no ho zava-dehibe amin’ireo izay mitsara ny hafa ny ho tonga tahaka ny Mpamonjy?
- Raha iverenana ny 3 Nefia 27:21, dia inona no nandidian’ny Mpamonjy an’ireo mpianatra mba hataony?
- Inona no ifandraisan’ny fanaovana ny asan’ny Mpamonjy sy ny fahatongavana ho tahaka Azy?

Avereno vakina ny 3 Nefia 27:21, 27, ary asio marika ireo teny sy andian-teny ao amin’ny soratra masinao izay maneho fa **antenain’ny Tompo haka tahaka ny asany sy ho tonga tahaka Azy ireo mpianany.**

**5.** Valio ao anatin’ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto mba hanampiana anao hampihatra ny fampianaran’ny Mpamonjy ny ho tonga tahaka Azy bebe kokoa:


**a.** Inona avy ireo fahafahana nananako omaly mba hahatongavako ho tahaka ny Mpamonjy?

**b.** Amin’ny fomba ahoana no ahafahako ho tonga tahaka ny Mpamonjy bebe kokoa anio?

**d.** Inona avy ireo asan’ny Mpamonjy izay azoko atao rahampitso any am-pianarana na any an-trano?



Nampianatra ny Filoha Ezra Taft Benson fa ireo izay miezaka ny ho tonga tahaka an’i Jesoa Kristy dia mahatratra fahalehibiazana marina: “Ny lehilahy manana fiainana manakaiky ny maodelimpiainan’i Kristy dia lehilahy lehibe indrindra sy sambatra indrindra ary faly indrindra. Tsy misy idiran’ny harena, na fahefana, na ny voninahitry ny tany izany. Ny hany fitsapana marina ahitana ny fahalehibeazana, sy ny maha-olona voatahy, ary ny fifaliana dia ny hoe hatraiza no ahafahan’ny fiainana iray hanakaiky ny an’i Jesoa Kristy, ilay Mpampianatra. Izy no lalana marina sy fahamarinana feno ary fiainana



miroborobo" ("Jesus Christ—Gifts and Expectations," *Ensign,* des. 1988, 2).

**6.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 27 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 27: ANDRO 4

# 3 Nefia 28–30

## Fampidirana

Talohan'ny nandehanany dia nanontanian'i Jesoa Kristy tsirairay ireo mpianany roambinifolo hoe inona no zavatra nirin'izy ireo Taminy. Ny sivy tamin'izy ireo dia nangataka ny hiverina haingana any Aminy rehefa tapitra ny asa fanompoan'izy ireo eto an-tany. Ny telo dia nangataka ny hijanona eto an-tany hanohy hiasa hitondra fanahy ao amin'i Kristy mandra-piveriny. Samy nankasitrahan'ny Tompo avokoa ireo faniriana tsara ireo. Nanome antsipiriany vitsivitsy mikasika ny asa fanompoan'ireo Nefita Telolahy teto an-tany i Môrmôna.

Rehefa namarana ny fitantarany ny fitsidihan'ny Mpamonjy teo anivon'ny Nefita i Môrmôna dia nanazava izy fa ny fivoahan'ny Bokin'i Môrmôna dia ho famantarana fa nanatanteraka ny fanekempihavanany tamin'ny mpianakavin'i Isiraely ny Tompo. Rehefa namarana ny 3 Nefia i Môrmôna dia nanoratra ireo tenin'i Kristy, izay manasa ny olona rehetra hibebaka sy horaisina ho isan'ny mpianakavin'i Isiraely.

### 3 Nefia 28:1–11

*Nanatanteraka ny fanirian'ireo mpianany roambinifolo i Jesoa Kristy*

Saintsaino izay mety ho havalianao raha miseho aminao i Jesoa Kristy ary manontany anao hoe "Inona no iri[nao] Amiko?"

Manorata fohifohy mikasika ireo faniriana tsara izay mety hozarainao Aminy. ______________________

______________________

Vakio ny 3 Nefia 28:1–3, ary tadiavo ny zavatra navalin'ny sivy tamin'ireo mpianatra Nefita rehefa nanontany azy ireo ny Tompo hoe "Inona no irinareo Amiko?" Jereo ny zavatra tsapan'ny Mpamonjy mikasika ny fanirian'izy ireo.

Vakio ny 3 Nefia 28:4–7, ary tadiavo ny zavatra nirin'ireo mpianatra telo sisa tamin'ny Mpamonjy. Jereo ny zavatra tsapan'i Jesoa Kristy mikasika ny fanirian'ireo mpianatra telo ireo. Saintsaino hoe nahoana araka ny hevitrao no nilaza tamin'izy ireo ny Tompo fa izy ireo dia "hotahiana kokoa" noho ny faniriany.

Vakio ny 3 Nefia 28:8–10 mba hahitana ny fomba namaritan'ny Mpamonjy ireo fitahiana izay horaisin'ireo Nefita Telolahy noho ny fanirian'izy ireo hiasa eo anivon'ny olona eto an-tany. Soraty eo amin'ny sisin'ny soratra masinao na ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fahamarinana manaraka ity: **Ny Tompo dia mitahy antsika araka ny faniriana tsara ananantsika.** Vakio ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Neal A. Maxwell ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mba hahitana ny maha zava-dehibe ny faniriana tsara:



"Izay zavatra irintsika mafy, rehefa ela ny ela, no hahatongavantsika any am-parany ary horaisintsika any amin'ny mandrakizay. . . .

"Noho izany dia tokony hitohy tsy ankijanona ireo faniriana tsara satria hoy ny Filoha Brigham Young hoe 'ireo lehilahy sy vehivavy, izay maniry hahazo toerana ao amin'ny fanjakana selestialy dia hahita fa tsy maintsy miady isan'andro izy ireo' (ao amin'ny *Journal of Discourses,* 11:14)" ("According to the Desire of [Our] Hearts," *Ensign,* nôv. 1996, 21–22).

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto, na izy roa:

**a.** Oviana ianao no nahatsapa fa notahian'ny Tompo rehefa nanao zavatra araka ny faniriana tsara nananana?

**b.** Inona no hatombokao hatao anio mba hikolokoloana ireo faniriana tsara eo amin'ny fiainanao mba hahatonga anao ho mendrika ireo fitahian'ny Tompo?

### 3 Nefia 28:12–35

*Nilazalaza momba ny asa fanompoana nataon'ireo Nefita Telolahy i Môrmôna*

Olona maro no nahare angano sy feo mandeha mikasika ny fitsidihana izay lazaina fa nataon'ireo Nefita Telolahy. Mba tsy hianteherana amin'ny angano dia fantaro ny zavatra lazain'ny soratra masina fa iraka nampanaovina azy ireo, ary ahoana no ahafahany manompo amin-kery "toy ny anjelin'Andriamanitra" (3 Nefia 28:30).

Vakio ny 3 Nefia 28:12–17 mba hamantarana ny zavatra nitranga tamin'ireo Nefita Telolahy. Araka ny voalaza ao amin'ny 3 Nefia 28:15, dia inona no antony iray tsy maintsy nandalovan'ireo mpianatra ireo io fanovana io? ______________________________

______________________________

Vakio ny 3 Nefia 28:18–23, mba hitadiavana ny antony nitahian'ny Tompo ireo Nefita Telolahy mba hahafahan'izy ireo manatanteraka ireo faniriana tsara nananany. Eritrereto ny zavatra ampianarin'ireo andininy ireo mikasika ny fahavononan'ny Tompo hitahy antsika rehefa miaina araka ny faniriana tsara ananantsika isika.

Halalino ny 3 Nefia 28:25–31, ary fantaro hoe iza no nahazo tombony ary mbola hahazo tombony avy amin'ny fanompoan'ireo Nefita Telolahy. Azonao atao ny manisy marika ny zavatra hitanao.

## 3 Nefia 28:36–40

### *Nianatra momba ny toetry ny olona novàna i Môrmôna*

Mieritrereta fotoana iray izay nanananao fanontaniana mikasika ny filazantsara na olana iray izay natrehinao. Vakio ny 3 Nefia 28:36, ary tadiavo ny zavatra tsy azon'i Mômôna mikasika ny toetra ara-batan'ireo Nefita Telolahy taorian'ny fanovana izay nolalovan'izy ireo. Saintsaino ny valinteninao amin'ity fanontaniana manaraka ity: Araka ny mahazatra dia any amin'iza ianao no mandeha rehefa manana fanontaniana mikasika ny filazantsara? Vakio ny 3 Nefia 28:36–37 mba hamantarana ny zavatra nataon'i Mômôna mba hahitany ny valin'ny fanontaniany.

Halalino ny 3 Nefia 28:37–40, ary tadiavo ny zavatra nianaran'i Mômôna mikasika ny fiovana izay nitranga tamin'ny vatan'ireo Nefita Telolahy. Ny toetra niainan'ireo Nefita Telolahy dia antsoina hoe "[fiovana] endrika", izay mitovy amin'ny fiovan-tarehy (jereo ny 3 Nefia 28:17) fa maharitra ela kokoa. Ireo olona novàna dia mbola mety maty, saingy araka izay nampianarin'ny Mpaminany Joseph Smith, dia novaina avy amin'ny toetra telestialy ny vatan'izy ireo mba hanana toetra terestrialy; nafahana tamin'ny fijalian'ny vatan'izy ireo mety maty izy ireo (jereo ny *History of the Church,* 4:210). Ireo olona novàna dia afaka miseho sy manjavona araka ny safidiny ary araka ny sitrapon'Andriamanitra (jereo ny 3 Nefia 28:27–30). Manampy izy ireo eo amin'ny fitondrana fanahy ho amin'ny famonjena, ary mijanona amin'ny toetra novàna mandrapahatongan'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany, amin'izay izy ireo dia handalo fiovana iray hafa indray mba ho lasa nitsangana tamin'ny maty, ho olona feno voninahitra (jereo ny 3 Nefia 28:7–8, 39–40).

Ny zavatra niainan'i Mômôna dia ianarantsika fa **raha mangataka fahatakarana amin'ny Tompo isika dia hahazo fanambarana.** Azonao atao ny manoratra io fitsipika io ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina.

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra niainana iray, izay nikatsahanao na ny olona hafa valinteny avy amin'ny Tompo tamin'ny alalan'ny vavaka tamin-kitsimpo.

## 3 Nefia 29

### *Nijoro ho vavolombelona i Mômôna fa hanatanteraka ny fanekempihavanany amin'ny mpianakavin'i Isiraely ny Tompo amin'ny andro farany*

Rehefa avy nanoratra mikasika ny fitsidihan'ny Mpamonjy ireo vahoaka ao amin'ny Bokin'i Mômôna i Mômôna dia naminany mikasika ny fahatanterahan'ny fampanantenan'ny Tompo amin'ny andro farany. Saintsaino ny valinteninao amin'ity fanontaniana manaraka ity: Oviana ianao no nahafantatra na nahita ny fahatanterahan'ny fampanantenana iray nataon'Andriamanitra?

Asio marika ireo teny hoe *rehefa* sy *dia* eo ampandalinanao ny 3 Nefia 29:1–3. Ireo teny ireo dia hanampy anao hamantatra zava-nitranga iray izay midika fa mitana ny toky nomeny tamin'ny mpianakavin'i Isiraely amin'ny andro farany ny Tompo. (Ny andianteny hoe "ireto filazana ireto" ao amin'ny 3 Nefia 29:1 dia entina ilazana ireo zavatra voasoratra ao amin'ny Bokin'i Mômôna.)

Fantatsika avy amin'ny 3 Nefia 29:1–3 fa **ny fivoahan'ny Bokin'i Mômôna dia famantarana fa manatanteraka ny fanekempihavanany tamin'ny mpianakavin'i Isiraely ny Tompo.**



Ny Bokin'i Mômôna dia manome antoka antsika fa manomana ny vahoakany ny Tompo ho amin'ny fiaviany (jereo ny 3 Nefia 29:2). Rehefa mamaky ity fanambarana ity izay nataon'ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ianao dia

asio marika ny fomba anampian'ny Bokin'i Môrmôna antsika hiomana ho amin'ny fiavian'ny Mpamonjy:

Ny Bokin'i Môrmôna dia porofo mivaingana fa ny Tompo dia efa nanomboka nanangona an'i Isiraely Zanany ao amin'ny fanekempihavanana. . . .

"Tena tsy nanadino tokoa ny Tompo! Nomeny ny Bokin'i Môrmôna isika sy ny olona hafa manerana izao tontolo izao. . . . Manampy antsika izy io hanao fanekempihavanana amin'Andriamanitra. Manasa antsika izy io hahatsiaro Azy sy hahafantatra ny Zanakalahiny Malala. Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy izy io" ("Fanekempihavanana," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2011, 88).

**3.** Vakio ny 3 Nefia 29:4–6, ary ataovy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto asa atao manaraka ireto na izy roa:

**a.** Mitadiava andininy telo voafaritra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay heverinao fa afaka manampy olona hanatona an'i Kristy. Manorata fehezanteny iray na roa ho an'ny andininy tsirairay, izay manazava ny antony nifidiananao izany andininy izany.

**b.** Manorata andinin-tsoratra iray mikasika ny fomba heverinao fa ahafahan'ny Bokin'i Môrmôna manampy olona iray hahatakatra sy hanaiky ireo fanomezam-pahasoavan'ny fanambarana, sy ny faminaniana ary ny fiteny samihafa, na ny herin'ny Fanahy Masina.

## 3 Nefia 30

### *Mamporisika ny Jentilisa ny Tompo hibebaka sy hanatona Azy*

Nofaranan'i Môrmôna tamin'ny fanoratana toromarika voafaritra mazava tsara, izay azony avy tamin'i Jesoa Kristy, mikasika ny Jentilisa ny firaketany ny asa fanompoana nataon'ny Mpamonjy. Vakio ny 3 Nefia 30:1–2, ary asio marika ireo toromarika betsaka araka izay hitanao izay nomen'ny Mpamonjy ny Jentilisa. Asio marika ihany koa ireo fitahiana afaka ho azon'ny Jentilisa raha manatona an'i Kristy izy ireo. Na dia nosoratana ho an'ireo olona tsy ao anatin'ny Fiangonana aza ny 3 Nefia 30:2 dia azontsika ampiasaina ny fanasan'i Jesoa Kristy mba handrefesana ny fahavononan'ny tenantsika manokana hiaina ireo zavatra takian'ny fanekempihavanany.

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fitsipika manaraka ity: ***Raha manatona an'i Kristy isika dia azo raisina ho isan'ny vahoakany.*** Soraty ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony mahafitahiana avy amin'ny Tompo ny "hahazoana manisa [antsika] miaraka amin'ny olo[ny] izay avy amin'ny mpianakavin'i Isiraely" (3 Nephi 30:2).

**5.** Soraty eo amin'ny faran'ny asa nampanaovina androany ao amin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny 3 Nefia 28–30 ary nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FAMPAHAFANTARANA NY

# 4 Nefia

## Inona no antony handalinana ity boky ity?

Mandritra ny fandalinanao ny 4 Nefia dia ho hitanao ireo fitahiana izay tonga amin'ny olona izay tafaray amin'ny fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Manambara ity boky ity fa niova fo nandritra ny asa fanompoan'ny Mpamonjy teo anivon'izy ireo ny olona rehetra manerana ny tany. Niaina fandriampahalemana, firoboroboana, ary fitahiana ara-panahy mahavariana izy ireo tamin'ny alalan'ny fankatoavana ireo didy. Nanambara i Môrmôna hoe: "Marina tokoa fa tsy ho nety nisy vahoaka sambatra kokoa toa azy teo anivon'ny vahoaka rehetra izay noharian'ny tanan'Andriamanitra" (4 Nefia 1:16). Hianatra lesona manan-danja avy amin'ny fitotonganan'ity vahoaka ity tsikelikely ho amin'ny toetry ny faharatsiana lehibe ihany koa ianao.

## Iza no nanoratra ity boky ity?

Nangonin'i Môrmôna sy nofintininy ireo rakitsoratry ny mpanoratra efatra hafa mba hamoronana ny bokin'i 4 Nefia. Voalohany tamin'izy ireo i Nefia, izay anarana nampitondraina ilay boky. I Nefia dia zanakalahin'i Nefia izay iray tamin'ireo mpianatra 12 nofinidin'ny Tompo nandritra ny asa fanompoany teo anivon'ny taranak'i Lehia (jereo ny 3 Nefia 11:18–22; 12:1). I Amôsa zanakalahin'i Nefia, i Amôsa zanakalahin'i Amôsa, ary i Amarôna rahalahin'i Amôsa no ireo mpanoratra telo hafa (jereo ny 4 Nefia 1:19, 21, 47).

## Oviana ary taiza no nanoratana izany?

Mety nosoratana teo anelanelan'ny 34 taorian'i J.K. sy 321 taorian'i J.K. ireo rakitsoratra voalohany nampiasaina ho loharanon'ny 4 Nefia. Nofintinin'i Môrmôna ireo rakitsoratra ireo teo anelanelan'ny 345 taorian'i J.K. sy 385 taorian'i J.K. Tsy noraketin'i Môrmôna ny toerana nisy azy tamin'ny fotoana nanangonany ka nanakambanany ity boky ity.

FIZARANA 28: ANDRO 1

# 4 Nefia 1

## Fampidirana

Taorian'ny fitsidihana nataon'i Jesoa Kristy sy ny asa fanompoany tany Amerika dia nampihatra ny fampianarany sy niaina 200 taona feno firaisan-kina sy firoboroboana ary fahasambarana ny vahoaka. Nanomboka niavonavona sy nanjary niharatsy hatrany anefa ny vahoaka taty aoriana. Tsy ela akory dia nanjary nisaraka ho Nefita sy Lamanita indray izy ireo, ary afaka 300 taona dia samy lasa ratsy fanahy na ny Nefita na ny Lamanita ary vahoaka marina vitsivitsy sisa no tavela.

### 4 Nefia 1:1–18

*Niova fo avokoa ireo vahoaka ary niaina fiadanana sy fahasambarana izy ireo*

Inona no manampy anao ho tena faly? ________________

________________________________________

Inona araka ny eritreritrao no maha-samy hafa ireo zavatra izay mitondra fahasambarana mandalo fotsiny ihany ho anao sy ireo zavatra izay afaka mitarika ho amin'ny fahasambarana maharitra? Vakio ny 4 Nefia 1:16 mba hahitana izay nosoratan'i Môrmôna mikasika ny vahoaka taorian'ny namangian'ny Tompo azy ireo. Azonao atao ny manisy marika ilay andian-teny hoe "marina tokoa fa tsy ho nety nisy vahoaka sambatra toa azy ireo."

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny lohateny hoe *Tsy Ho Nety Nisy Vahoaka Sambatra Toa Azy ireo*, ary manaova sarina faribolana eo ambanin'izany, araka ny hita eto amin'ny kisary manaraka. (Hanoratra zavatra ao anaty sy ivelan'ny faribolana ianao.) Vakio ny 4 Nefia 1:1–2, ary tadiavo ny zavatra nataon'ny vahoaka izay nahatonga ny fahasambaran'izy ireo ho tanteraka. Tanisao ao anatin'ny faribolana ny zavatra hitanao.

Tsy Ho Nety Nisy Vahoaka Sambatra Toa Azy Ireo

"Niova fo ho an'ny Tompo avokoa" ny vahoaka satria nampihatra ireo fampianaran'ny Mpamonjy izy ireo (4 Nefia 1:2) ary niaina fahasambarana lehibe tokoa.



Nanazava ny fomba hifandraisan'ny fiovam-po sy ny fahasambarana ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Eo am-pamakinao ny teniny dia tsipiho ny dikan'ny hoe niova fo:



"Miankina amin'ny halehiben'ny fiovam-ponao sy ny fiovana aterak'izany eo amin'ny fiainanao ny fahasambaranao ankehitriny sy mandrakizay. Dia ahoana ary no hahafahanao ho lasa miova fo marina? Namaritra ireo dingana tsy maintsy arahinao ny Filoha [Marion G.] Romney:

"'Tsy voatery hitovy hevitra ny maha-mpikambana ato amin'ny Fiangonana sy ny fiovam-po. Tsy voatery ho zavatra mitovy ihany koa ny fiovam-po sy ny fananana fijoroana ho vavolombelona. Tonga ny fijoroana ho vavolombelona rehefa manome fijoroana ho vavolombelon'ny fahamarinana ho an'izay tena mikatsaka izany ny Fanahy Masina. Mamelombelona ny finoana ny fijoroana ho vavolombelona mampihetsi-po. Izany hoe miteraka fibebahana sy fankatovana ireo didy izany. Vokatra na valisoa noho ny fibebahana sy fankatovana ny fiovam-po'[ao amin'ny Conference Report, Fihaonamben'ny Vondrim-paritr'i Guatemala 1977, 8–9].

"Raha lazaina amin'ny fomba tsotra, ny tena fiovam-po dia vokatry ny *finoana, sy fibebahana,* ary *fankatoavana tsy ankiato.* . . .

"Miteraka ny vokatry ny fahasambarana maharitra izay azo ankafizina ny fiovam-po na dia misamboaravoara aza izao tontolo izao ary tsy sambatra velively ny ankamaroan'ny olona" ("Full Conversion Brings Happiness," *Ensign,* mey 2002, 25–26).

**2.** Vakio ny 4 Nefia 1:2–3, 5, 7, 10–13, 15–18, ary tadiavo ireo teny na andian-teny izay mamaritra ny zavatra niainan'ny vahoaka satria niova fo ho an'ny Tompo avokoa ny rehetra. Soraty manodidina ny ivelan'ilay faribolana nosoritanao tamin'ny asa nampanaovina anao teo aloha ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny sasany amin'ireto teny na andian-teny ireto.

Azontsika ianarana avy amin'io fotoam-pahasambarana sy firoboroboana tsy nampoizina teo anivon'ny Nefita io fa **rehefa miova fo ho an'ny Tompo ny vondron'olona iray dia mitondra firaisan-kina sy fahasambarana izany.** Azonao soratana ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny 4 Nefia 1:16 na koa ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fitsipika ity.

Saintsaino ny zavatra heverinao fa mety hitranga raha toa ka tena niova fo marina ho an'ny Tompo avokoa ny olona rehetra manodidina anao.

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona avy ireo tombontsoa heverinao fa ho tonga amin'ny fianakavianao raha toa ka miaina tahaka ireo vahoaka ao amin'ny 4 Nefia ny olon-drehetra ao amin'ny fianakavianao?

**b.** Mieritrereta fotoana iray izay nitahiana anao tamin'ny nahampikambana anao tao anatin'ny vondrona iray izay niray hina tamin'ny fahamarinana—ohatra hoe tao amin'ny fianakavianao, kôlejy na kilasy, na vondrona ahitana namana maromaro. Inona araka ny eritreritrao no nanampy an'io vondrona io hiray hina amin'ny fahamarinana? Inona avy ireo fitahiana noraisinao sy ireo izay niaraka taminao?

## 4 Nefia 1:19–49

*Miverina sy miparitaka ny faharatsiana ambara-pahatongan'ny fotoana hisian'ny olo-marina vitsivitsy tavela.*

Inona araka ny eritreritrao no mety handrava ny fiaraha-monina sambatra tahaka ny nananan'ilay vahoaka resahina ao amin'ny 4 Nefia?

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny lohateny hoe *"Fandravana ny Fiaraha-monina Sambatra"*, ary manaova sarina faribolana eo ambanin'izany, mitovy amin'ilay kisary nataonao tao amin'ny asa nampanaovina voalohany. Vakio ny 4 Nefia 1:20, 23–24, ary tadiavo ny zavatra izay nanomboka nanimba ny fahasambarana sy fiadanan'ny vahoaka. Soraty ao anatin'ny faribolana ny zavatra hitanao.

Azonao soratana ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny 4 Nefia 1:24 na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao teny manaraka nataon'ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidina Voalohany izao: "Fahavalon'ny firaisan-kina ny fieboeboana" ("Our Hearts Knit as One," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2008, 70). Amin'ny fomba ahoana araka ny eritreritrao no mahafahavalon'ny firaisan-kina ny fieboeboana?

Manome hevi-baovao mikasika ny fieboeboana izao teny manaraka avy amin'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany izao. Tsipiho ireo andian-teny izay manazava ny antony mahatonga ny fieboeboana ho manimba tokoa toy izany.



"Ny fieboeboana dia fahotana . . . satria miteraka fankahalana na fanoherana ary mametraka ny toerantsika mihoatra an'Andriamanitra sy ireo mpiara-belona amintsika. Ny tena fotony dia otan'ny fampitahana ny fieboeboana, satria izany dia matetika no miantomboka amin'ny hoe 'Jereo anie ny hatsarako sy ny zavatra goavana vitako e!' ary matetika izany miafara amin'ny hoe 'Tsara lavitra noho ianao aho.'

"Rehefa rakotra ny fieboeboana ny fontsika dia manao fahotana goavana isika, satria mandika ireo didy roa lehibe isika [jereo ny Matio 22:36–40]. Raha toa ka tokony hitsaoka an'Andriamanitra sy hitia ny hafa isika dia mamoaka fa ny tena ataontsika mazava dia ny hitsaoka sy hitia—ny sary hitantsika eo amin'ny fitaratra" ("Ny Fieboeboana sy ny Fisoronana," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 56).

**5.** Vakio ny 4 Nefia 1:25–27, 30–35, 38–45, ary tadiavo ireo teny na andian-teny izay mamaritra ireo vokatry ny fieboeboana teo anivon'ny vahoaka. Soraty manodidina ny ivelan'ilay faribolana ao amin'ny asa nampanaovina 4 ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto teny sy andian-teny ireto.

Fahamarinana iray azontsika ianarana avy amin'ireny zava-miseho ireny ny hoe **miteraka fisaraham-bazana sy mitarika ho amin'ny faharatsiana lehibe kokoa ny fanaovana ota amin'ny alalan'ny fieboeboana.** Azonao soratana ao anatin'ny soratra masinao io andian-teny io. Ahoana no ahafahan'ny fieboeboan'ny olona iray na roa manana fiantraikany amin'ny fahasambaran'ilay vondrona iray manontolo?

Saintsaino hoe iza ao amin'ireto rafi-tantara manaraka ireto no mety hosimbain'ny fieboeboan'ny olona iray:

- Tsy te hihaino ny lesona nomanin'ny mpampianany momba ireo fitahiana azo avy amin'ny fankatoavana ny Tenin'ny Fahendrena ny Zatovovavy iray ao amin'ny kilasy iray. Nahatsapa izy fa tsy mila ampianarina momba ny Tenin'ny Fahendrena indray ka nanjary nanelingelina sy nandà ny handray anjara ao am-pianarana.
- Mandrabiraby sy manambany foana ny olona iray ao amin'ny vondrona misy azy ny namana iray satria ny fomba fiakanjon'izany olona izany dia maneho fa tsy dia manam-bola firy izy.

**6.** Saintsaino raha toa ka misy ireo singa mandrafitra ny fieboeboana eo amin'ny fiainanao na tsia. Mety hanampy ny mamerina mijery ny tenin'ny Filoha Uchtdorf eo am-pisaintsainanao. Eritrereto izay azonao atao mba hanoherana ny fieboeboana sy hikatsahana firaisan-kina sy fahamarinana mitombo hatrany ao amin'ny fianakavianao, ny kôlejy misy anao, ny kilasinao, na ny vondrona namana misy anao. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo eritreritrao sy tanjonao.

**7.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny* 4 Nefia 1 *sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FAMPAHAFANTARANA NY

# Môrmôna

### Inona no antony handalinana ity boky ity?

Rehefa mandalina ny Bokin'i Môrmôna ianao dia hianatra lesona sarobidy avy amin'i Môrmôna, izay niaina tamim-pahatokiana tamin'ny naha-mpianatr'i Jesoa Kristy azy na dia voahodidin'ny "sarin'ny faharatsiana sy ny fahavetavetana mandrakariva" aza ny fiainany manontolo (Môrmôna 2:18). Hahazo tombony avy amin'ny fandalinana ireo tenin'i Môrônia zanakalahin'i Môrmôna ihany koa ianao, izay nijoro ho vavolombelona ho an'ny mpamaky amin'izao andro farany izao hoe "Efa nasehon'i Jesoa Kristy ahy ianareo, ary fantatro ny ataonareo" ( Môrmôna 8:35). Amin'ny alalan'ny fandalinana ireo asa soratra ireo dia afaka mianatra ny maha-zava-dehibe ny fisafidianana ny hiaina araka ny didy sy ny fanekempihavanan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ianao.

### Iza no nanoratra ity boky ity?

Nanoratra ireo toko fito voalohany amin'ity boky ity i Môrmôna ho fitantarana fohy momba ny faharatsiana sy ireo ady teo anivon'ny Nefita sy ny Lamanita tamin'ny andronу. Nanao "fitantarana feno" momba ireo zava-niseho nandritra ny fiainany teo amin'ireo takelaka lehiben'i Nefia ihany koa izy. (Jereo ny Môrmôna 2:18; 5:9.) Rehefa "tokony ho folo taona" i Môrmôna dia nampilaza azy i Amarôna, ilay mpihazona ny rakitsoratra fa hanana andraikitra amin'ny firaketana "ny zava-drehetra izay efa nodinihi[ny] momba ity vahoaka ity" izy aoriana kely (Môrmôna 1:2, 4). Lasa mpihazona sy mpiandraikitra ireo takelak'i Nefia izy rehefa tokony ho 24 taona ary nanao "rakitsoratra araka ny tenin'i Amarôna" (Môrmôna 2:17). Nanomboka namintina ireo takelaka lehiben'i Nefia i Môrmôna taty aoriana, izay nirakitra ireo rakitsoratra avy amin'ireo mpaminany sy ireo mpihazona ny rakitsoratra nanomboka teo amin'i Lehia ka hatramin'i Amarôna. Rehefa akaiky ho faty i Môrmôna dia "nafenin[ny] tao amin'ny vohitr'i Komôrà ny rakitsoratra rehetra izay efa nankinin'ny tanan'ny Tompo tami[ny]," afa-tsy ireo takelaka vitsivitsy izay nomeny an'i Môrônia zanany lahy (Môrmôna 6:6). Taorian'izay dia nitarika ny Nefita tamin'ny ady lehiben'izy ireo farany tamin'ny Lamanita izy. Nanome torolalana an'i Môrônia hamita ny rakitsorany i Môrmôna talohan'ny nahafatesany. I Môrônia no nanampy ireo asa soratra ahitana ny toko 8–9.

### Oviana ary taiza no nanoratana izany?

Mety ho teo anelanelan'ny 345 taorian'i J.K.sy 401 taorian'i J.K. no nanoratan'i Môrmôna ny Môrmôna 1–7 (jereo ny Môrmôna 2:15–17; 8:5–6). Vitany taorian'ilay ady lehibe farany teo amin'ny Nefita sy ny Lamanita tao Komôrà (jereo ny Môrmôna 6:10–11) ireo asa sorany. Mety ho teo anelanelan'ny 401 taorian'i J.K. sy 421 taorian'i J.K. no nanoratan'i Môrônia ny Môrmôna 8–9 rehefa nirenireny ho fitandroana ny ainy izy (jereo ny Môrôna 8:4–6; Môrônia 1:1–3).

FIZARANA 28: ANDRO 2

# Môrmôna 1–2

## Fampidirana

Na dia nihalehibe tao anatin'ny fotoan'ny faharatsiana lehibe aza i Môrmôna dia nisafidy ny ho mahatoky izy. Nampandraiketina azy ny fikarakarana ireo rakitsoratry ny Nefita noho ny fahatokiany. "Novangian'ny Tompo, sy nanandrana ary nahafantatra ny amin'ny hatsarampon'i Jesoa" i Môrmôna teo amin'ny faha-15 taonany (Môrmôna 1:15). Tamin'io taona io ihany dia notendren'ny Nefita hitarika ny miaramilany izy (jereo ny Môrmôna 2:1). Naniry ny hanampy ny Nefita hibebaka izy, saingy nandrara azy tsy hitory teny tamin'izy ireo ny Tompo noho ny fikomian'izy ireo an-tsitrapo. Very ny Fanomezana ny Fanahy Masina noraisin'ny Nefita sy ireo fanomezam-pahasoavana hafa avy amin'Andriamanitra ary voatery niantehitra tamin'ny herin'ny tenany samirery izy ireo rehefa niady tamin'ny Lamanita.

### Môrmôna 1:1–5

*Nampandraiketina an'i Môrmôna ireo rakitsoratra masina*

Inona avy ireo teny izay tianao ampiasain'ny olona rehefa milazalaza ny momba anao izy ireo?

_______________________________________________

_______________________________________________

Efa nofaritana toy ny Môrmôna ve ianao? Midika inona aminao izany hoe faritan'ny olona ho toy ny Môrmôna ianao?

Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia niresaka mikasika ilay anaram-bosotra hoe *Môrmôna,* izay ampiasain'ny olona sasany rehefa miresaka mikasika ireo mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izy ireo:



"Raha toa ka malahelo aho indraindray fa tsy antsoin'ny olona amin'ny tena anarany ity fiangonana ity, dia faly aho satria iray amin'ireo voninahitra lehibe natolotra avy tamin'ny lehilahy iray mendri-piderana sy avy amin'ny boky iray izay manome fijoroana ho vavolombelona tsy manampaharoa mikasika ilay Mpanavotra izao tontolo izao izany anaram-bosotra ampiasain'izy ireo izany.

"Na iza na iza no lasa mahafantatra an'i Môrmôna amin'ny alalan'ny famakiana sy fandalinana ny teniny, na iza na iza no mamaky ity asa soratra sarobidy mirakitra tantara nangonina ity izay nakambany sy notehiriziny tsara tokoa, dia hahafantatra fa tsy teny mahamenatra akory ny hoe *Môrmôna*, fa maneho kosa ny tsara indrindra izany—ilay tsara izay avy amin'Andriamanitra izany" ("*Mormon* Should Mean 'More Good,'" *Ensign,* nôv. 1990, 52–53).

I Môrmôna, ilay mpaminany, dia teraka tamin'ny fotoana izay niainan'ny ankamaroan'ny olona rehetra teo amin'ny tany tao anatin'ny faharatsiana. Tamin'izany fotoana izany dia nisy mpaminany iray nantsoina hoe Amarôna izay nodidiana mba hanafina ireo rakitsoratra masina rehetra (jereo ny 4 Nefia 1:47–49). Nitsidika an'i Môrmôna, izay vao 10 taona monja tamin'izany fotoana izany i Amarôna ary nanome azy torolalana mikasika ny andraikiny atsy ho atsy amin'ireo rakitsoratra. Vakio ny Môrmôna 1:2, ary mitadiava teny na andian-teny nampiasain'i Amarôna hamaritana an'i Môrmôna fony izy mbola kely.

Teny iray nampiasain'i Amarôna hamaritana an'i Môrmôna ny hoe *matotra.* Ny teny *matotra* dia midika hoe marina, na manana toetra araka an'Andriamanitra. Azonao atao ny manoratra ity famaritana ity eo amin'ny sisin'ny soratra masinao. Inona avy ireo lohahevitra na toe-javatra miseho eo amin'ny fiainana izay eritreretinao fa tokony hahamatotra anao? Zavadehibe ny mahatakatra fa afaka mifaly sy mihomehy ny olona matotra, kanefa takatr'izy ireo hoe rahoviana no mety ny mifalifaly ary rahoviana no mety ny manao matotra kokoa.

Nofaritan'i Amarôna ho "faingam-pandinika" ihany koa i Môrmôna (Môrmôna 1:2). Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe faingam-pandinika? Nanazava ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa ny teny hoe *mandinika* dia ampiasaina amin'ny fomba roa ao anatin'ny soratra masina:

"Ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy [iray] izay toa tsotra ary angamba tsy dia raharahiana loatra—ilay fahafahana mba ho 'faingam-pandinika' (Môrmôna 1:2)—dia tena manan-danja ho ahy sy ho anao eto amin'ity tontolo izay hiainantsika ankehitriny sy mbola hiainantsika ity. . . .



"Aoka hosaintsaininareo ny dikan'ity fanomezam-pahasoavana ara-panahy manan-danja ity. Araka izay hita ao amin'ny soratra masina, dia misy fomba roa lehibe ampiasana azy ny teny hoe *mandinika*. Ny fampiasana iray dia midika hoe 'mijery' na 'mahita' na 'mahatsikaritra'—araka ny ianarantsika ao amin'ny Isaià 42:20. . . .

"Ny fampiasana faharoa ny teny hoe *mandinika* dia manoro hevitra mba 'hankatò' na 'hitandrina' —araka ny hita ao amin'ny [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 54:6]. . . .

"Noho izany dia mijery na mahatsikaritra ary mankatò haingana isika rehefa faingam-pandinika. Ireto singa fototra roa ireto—mijery sy mankatò—dia samy manan-danja avokoa amin'ny maha-faingam-pandinika. Ary ohatra miavaka ny amin'ny fiasan'ity fanomezampahasoavana ity ny mpaminany Môrmôna" ("Quick to Observe," *Ensign,* des. 2006, 31–32).

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo eritreritrao mikasika ny fomba mety hanampian'ity toetra maha-faingam-pandinika ity anao eo amin'ny fiainanao isan'andro.

Vakio ny Môrmôna 1:3–5, ary fantaro ireo torolalan'i Amarôna ho an'i Môrmôna. Amin'ny fomba ahoana no

mety hanampian'ireto toetra matotra sy faingam-pandinik'i Môrmôna ireto azy amin'ireo andraikiny ireo?

## Môrmôna 1:6–19

### *Noraran'ny Tompo tsy hitory teny i Môrmôna noho ny fikomiana amin-kitsimpon' ireo vahoaka*

Efa very zavatra tena sarobidy ve ianao? Raha mbola tao anatin'ny fahazazany i Môrmôna dia nahita ady maro teo amin'ny Nefita sy ny Lamanita sy ny fipariahan'ny faharatsiana lehibe teo amin'ny tany (jereo ny Môrmôna 1:6–13). Koa satria nanjary lehibe tokoa ny faharatsian'ny Nefita dia nanoratra i Môrmôna fa fanomezam-pahasoavana sarobidy maro avy amin'ny Tompo no votsotra teo amin'izy ireo.

**2.** Manaova tsanganana roa ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina. Omeo ny lohateny hoe "Ireo Fanomezam-pahasoavana Votsotra teo amin'ny Nefita" ny tsanganana voalohany. Vakio ny Môrmôna 1:13–14, 18, ary tadiavo ireo fanomezam-pahasoavana izay nesorin'ny Tompo teo amin'ny Nefita. Soraty ao anatin'ilay tsanganana voalohany ny zavatra hitanao. Omeo ny lohateny hoe "Nahoana no Nesorin'ny Tompo ireo Fanomezam-pahasoavany" ny tsanganana faharoa. Vakio ny Môrmôna 1:14, 16–17, 19, ary tadiavo ireo antony nanesoran'ny Tompo ireo fanomezam-pahasoavana teo amin'ny Nefita. Soraty ao anatin'ilay tsanganana faharoa ny zavatra hitanao.

Afaka mianatra isika avy amin'ireo andininy ireo fa **ny faharatsiana sy ny tsy finoana dia manaisotra ireo fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra sy ny fitaoman'ny Fanahy Masina.** Na dia goavana aza ny fikomian'ny Nefita, dia mihatra amin'ny tsirairay amintsika ihany koa ity fitsipika ity rehefa mandika ny didin'Andriamanitra isika na inona izany na inona.

Raha toa ka niaina tamin'ny andron'i Môrmôna ianao dia inona amin'ireo fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra izay voatonona ao amin'ny Môrmôna 1:13–14, 18 no hanenenanao indrindra raha votsotra eny aminao? ______________________________

______________________________________________

Vakio ny Môrmôna 1:15, ary tadiavo ny zavatra niainan'i Môrmôna raha toa kosa ka votsotra teo amin'ireo Nefita sisa ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina sy ireo fanomezam-pahasoavana hafa avy amin'Andriamanitra. Tamin'ny fomba ahoana araka ny eritreritrao no nahafahan'i Môrmôna nanana traikefa ara-panahy na dia teo anivon'ny faharatsiana lehibe aza izy?

## Môrmôna 2:1–15

### *Nitarika ny miaramila Nefita i Môrmôna ary nalahelo tamin'ny faharatsian'izy ireo*

Saintsaino ity toe-javatra miseho manaraka ity: Misy lehilahy iray 30 taona izay miara-mipetraka amin'ny ray aman-dreniny ary misafidy ny tsy hitady asa izy. Aleony kosa mivelona amin'ny fisasaran'ny ray aman-dreniny ary mandany ny fotoany amin'ny zavatra tsy mitondra na aiza na aiza toy ny mandany ny ankamaroan'ny fotoany amin'ny filalaovana jeux vidéo. Ampitahao amin'ny famaritana an'i Môrmôna ilay zazalahy kely ity toe-javatra miseho ity eo am-pandalinanao ny Môrmôna 2.

Vakio ny Môrmôna 2:1–2, ary tadiavo ny andraikitra nomena an'i Môrmôna sy ny taonany tamin'ny nandraisany izany.

Tsy ela akory taorian'ny nanendrena an'i Môrmôna ho mpitarika ny miaramila Nefita, dia tonga teo amin'ny Nefita tamin-kery lehibe ny Lamanita ka nahatonga ny Nefita ho natahotra sy nitsoaka an-daharana. Nanery azy ireo hifindrafindra tanàna ny Lamanita ambara-pivondronan'ny Nefita tamin'ny toerana iray. Taty aoriana dia nanohitra ny Lamanita ny miaramilan'i Môrmôna ka nahatonga azy ireo handositra (jereo ny Môrmôna 2:3–9).

**3.** Vakio ny Môrmôna 2:10–15, ary tadiavo ny toe-panahin'ny Nefita taorian'ireo ady ireo. Dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina avy eo ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no antony nampalahelo ny Nefita?

**b.** Araka ny Môrmôna 2:14, ahoana no nahafantaran'i Môrmôna fa tsy fanehoana fibebahana marina ny alahelon'izy ireo?

**d.** Inona avy ireo fahasamihafana hitanao ao amin'ny Môrmôna 2:13–14 teo amin'ireo izay nankamin'ny fibebahana ny alahelony sy ireo izay notarihin'ny alahelony ho amin'ny ozona (izay natsahatra tao amin'ny fivoarany)?

Mampianatra antsika ireo andininy ireo fa **raha toa ka mitondra amin'ny fibebahana ny alahelontsika noho ny fahotana dia hitarika antsika ho any amin'i Kristy miaraka amin'ny fo mietry izany.** Izy ireo ihany koa dia maneho ilay fitsipika hoe **ny alahelo noho ireo vokatry ny fahotana fotsiny ihany dia mitarika any amin'ny ozona (na atsahatra amin'ny fivoarana mankany amin'ny fiainana mandrakizay).**

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Amin'ny fomba ahoana no hanehoan'ny olona iray izay nanota alahelo araka izao tontolo izao—ilay karazana alahelo izay mitondra any amin'ny ozona?

**b.** Amin'ny fomba ahoana no mety hanehoan'ny olona iray izay nanota ilay karazana alahelo izay mitarika ho amin'ny fibebahana?

Saintsaino ny fihetsika asehonao rehefa tonga saina ianao fa nanao fahadisoana na nanota. Afaka miaina fiadanana sy miombona amin'Andriamanitra ianao raha toa ka manatona ny Mpamonjy amin'ny fo mietry sy mibebaka.

## Môrmôna 2:16–29

*Nandray ireo takelaka i Môrmôna ary nirakitra ny fitantarana ny faharatsian'ny vahoaka*

Raha nitohy ireo ady tamin'ny Lamanita, dia tonga teo akaikin'ilay havoana izay nanafenan'i Amarôna ireo rakitsoratry ny Nefita i Môrmôna. Nalainy tao ireo takelak'i Nefia ary nanomboka nanoratra ny zavatra tsikariny teo anivon'ny vahoaka hatramin'ny fotoana naha-zaza azy izy (jereo ny Môrmôna 2:16–18). Vakio ny Môrmôna 2:18–19, ary asio marika ny sasany amin'ireo andian-teny izay mamaritra ireo toe-javatra niainana ara-panahy izay nisy nandritra ny fotoana nitomboan'i Môrmôna.

Avy tamin'izay nianaranao mikasika an'i Môrmôna, nahoana izy araka ny eritreritrao no nahatoky fa "hasandratra . . . amin'ny andro farany"? (Môrmôna 2:19). (Eto amin'ity toe-javatra ity dia midika hoe hasandratra—hatsangana amin'ny maty miaraka amin'ny vatana selestialy ary entina eo anatrehan'Andriamanitra mba hiara-mitoetra Aminy mandrakizay ny hoe "hasandratra . . . amin'ny andro farany.") ____________

______________________________________________

Ny fiainan'i Môrmôna dia fijoroana ho vavolombelona fa **afaka misafidy ny hiaina am-pahamarinana isika na dia ao anatin'ny fiaraha-monina ratsy fanahy aza.**

Saintsaino ity toro-hevitra manaraka ity: "Tompon'andraikitra amin'ireo safidy ataonao ianao. Mieritreritra anao Andriamanitra ary hanampy anao hanao safidy tsara Izy, na dia mampiasa ny fahafahany misafidy amin'ny fomba tsy marina aza ny fianakavianao sy ireo namanao. Manàna herimpo ara-môraly hijoro tsy mihozongozona amin'ny fankatoavana ny sitrapon'Andriamanitra, na dia mila mijoro irery aza ianao. Rehefa manao izany ianao dia maneho ohatra iray mba harahin'ny hafa" (*Ry Tanora Mahereza* [kiboky, 2011], 2).

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny fotoana iray izay nahitanao namana iray na olona iray ao amin'ny fianakavianao nijoro tsy nihozongozona tamin'ny fankatoavana ny sitrapon'Andriamanitra na dia tsy nanao toa izany aza ireo hafa. Soraty ihany koa ny eritreritrao mikasika ny fomba nanampian'ny ohatra nasehon'izany olona izany sy ny ohatra nasehon'i Môrmôna anao.

Teny filamatry ny Zatovovavy ny hoe "Miaro ny Fahamarinana sy ny Fahitsiana." Na zatovolahy ianao na zatovovavy dia mieritrereta lafin-javatra manokana iray eo amin'ny fiainanao izay hahafahanao ho vonona bebe kokoa mba hiaro ny marina. Hanampy anao ny Tompo rehefa miezaka miaro izay marina ianao na dia tsy manao toa izany aza ireo hafa manodidina anao.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny* Môrmôna 1–2 *sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 28: ANDRO 3

# Môrmôna 3–6

## Fampidirana

Taorian'ny nakan'ny Nefita indray ny tanin'izy ireo tamin'ny Lamanita dia niomana hiady indray izy ireo. Niangavy ny Nefita i Môrmôna mba hibebaka; naleon'izy ireo anefa nirehareha tamin'ny tanjany sy nianiana ny hamaly faty ny fahafatesan'ireo rahalahiny. Nandà ny hitarika ny miaramilan'izy ireo i Môrmôna satria noraran'ny Tompo tsy hikatsaka ny hamaly faty ny vahoakany ka dia resy izy ireo. Nandrotsaka ny fitsarany teo amin'ny Nefita Andriamanitra raha nikiry niaina tao amin'ny faharatsiany izy ireo ka nanomboka nanaisotra ny Nefita teo amin'ny tany ny Lamanita. Niverina nitarika ny Nefita tamin'ny ady i Môrmôna taty aoriana, kanefa noho izy ireo nandà ny hibebaka dia nofongoran'ny Lamanita izy ireo. Nitoloko noho ny amin'ny fahafatesan'izy ireo sy ny tsy fahavononan'izy ireo hiverina amin'i Jesoa Kristy i Môrmôna. Naminany izy fa hivoaka amin'ny andro farany ny rakitsoratry ny vahoaka, ary namporisika an'ireo izay hamaky izany izy mba hibebaka sy hiomana amin'ny fitsarana azy ireo manokana eo anatrehan'Andriamanitra.

## Môrmôna 3–4

*Nandà ny hitarika ireo miaramilan'ny Nefita i Môrmôna satria nitombo tao amin'ny faharatsiana izy ireo, ary nanomboka nanaisotra ny Nefita tamin'ny tany ny Lamanita*

Efa nahatsapa ve ianao fa nisy zavatra iray tian'ny Tompo ovainao teo amin'ny fiainanao? Mieritreritra ve ianao fa namporisika na nanampy anao hanova zavatra iray teo amin'ny fiainanao Izy kanefa tsy tsapanao akory izany?

Tamin'ny andron'i Môrmôna dia matetika ny Nefita no tsy nahatsikaritra na nankasitraka ny fanampian'ny Tompo azy ireo tamin'ireo adiny tamin'ny Lamanita. Taorian'ny nanaovan'ny Nefita fifanarahana tamin'ny Lamanita sy ireo jirik'i Gadiantôna dia namela azy ireo

hiaina 10 taona tsy nisy fifandirana ny Tompo. Niomana ara-batana tamin'ireo fanafihana ho avy izy ireo nandritra ireo taona ireo (jereo ny Môrmôna 2:28; 3:1).

Vakio ny Môrmôna 3:2–3, ary mitadiava fomba iray manan-danja kokoa izay tian'ny Tompo hanomanan'ny Nefita ny tenan'izy ireo amin'ireo fanafihan'ny Lamanita. Inona no fihetsika nasetrin'ny Nefita izany? Araka ny Môrmôna 3:3, inona no antony nitsimbinan'ny Tompo ny Nefita tamin'ireo adin'izy ireo teo aloha na dia teo aza ny faharatsiam-panahiny? ______________

______________________________________________

Araka ny voarakitra ao amin'ny Môrmôna 3:4–8 dia niaro ny Nefita avo roa heny ny Tompo tamin'ny ady. Fahamarinana ara-potopampianarana iray azontsika ianarana avy amin'ny fifandraisan'ny Tompo tamin'ny vahoaka Nefita ratsy fanahy ny hoe **ao anatin'ny famindrampony dia manome antsika fahafahana ampy mba hibebahana amin'ny fahotantsika ny Tompo.** Mariky ny faharetana sy hatsaram-panahin'Andriamanitra ary ny faniriany mba hiainan'ireo zanany rehetra amin'ny fomba izay hahatonga azy ireo ho mendrika ireo fitahiana fenon'ny Sorompanavotana ireny fahafahana ireny.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto (azonao atao ny mamaly azy ireo ao anatin'ny diarinao manokana raha toa ka masina na tsiambaratelo ireo valinteny):

**a.** Tamin'ny fomba ahoana no mamporisihan'ny Tompo anao mba hibebaka sy nanomezany anao fahafahana mba hanao izany? Inona no ampianarin'izany anao mikasika ny toetrany?

**b.** Inona no azonao atao mba hialana amin'ny fanaovana tsinontsinona na fanamafisana ny fonao ny amin'izany famporisihana izany, tahaka ny nataon'ny Nefita ao amin'ny Môrmôna 3:3?

Mety ho tonga matetika tsy araka ny fahitanao izany ireo fahafahana sy fanasana avy amin'ny Tompo mba hanisy fanovana eo amin'ny fiainanao. Ohatra, mety ho tonga izy ireny rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo ianao, na rehefa mahatsapa fitaomana avy amin'ny Fanahy Masina ianao mba hanatsara ny tenanao na hanompo ny hafa. Rehefa mitady ireny fahafahana ireny sy mamaly amin'ny alalan'ny fanatanterahana fanovana eo no eo ianao dia hanasa ilay herin'ny fanavotan'ny Tompo eo amin'ny fiainanao. Vakio ny Môrmôna 3:9–10 mba hanampiana anao hahatakatra ny fanoheran'ny Nefita an'ireo ezaky ny Tompo mba hanampy azy ireo, ary tadiavo ny fihetsika nasehon'izy ireo ho valin'ireo fandresena maro azon'izy ireo teo amin'ny Lamanita. (Eo am-pamakianao dia mety hanampy ny fahafantarana fa ny teny hoe *manao valifaty* ao amin'ny andininy 9 dia midika hoe famaliana noho ny fahavoazana iray.)

Ahoana no fihetsika nasehon'ny Nefita taorian'ireo fandreseny ny Lamanita? Vakio ny Môrmôna 3:11–13, ary tadiavo ny fihetsika nasehon'i Môrmôna nanoloana ilay fianianan'ny miaramila mba hikatsaka valifaty.

Nitarika ny miaramila Nefita nandritra ny 30 taona mahery i Môrmôna na dia teo aza ny faharatsian'izy ireo izay nibaribary. Inona no ampianarin'ny fandavan'i Môrmôna hitarika ny miaramila antsika mikasika ny halehibeazan'ny fikatsahana valifaty? ______________

______________________________________________

Vakio ny Môrmôna 3:14–16, ary asio marika ireo andian-teny izay maneho ny zavatra nampianarin'ny Tompo an'i Môrmôna mikasika ny valifaty (na ny fikatsahana hamaly faty). Fahamarinana iray ianarantsika avy amin'ireo andininy ireo ny hoe **mandrara antsika tsy hikatsaka valifaty ny Tompo.**

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Efa nisy fotoana ve nanirianao hikatsaka valifaty na hanao zavatra ratsy amina olona iray noho ny zavatra iray izay nataon'izany olona izany taminao? Nahoana no mampidi-doza na ratsy izany fihetsika izany araka ny eritreritrao? Iza araka ny eritreritrao no ho voaratra bebe kokoa amin'ny fikatsahanao valifaty?

**b.** Inona no antony tokony hametrahantsika ny fitsarana sy ny famaliana eo an-tanan'ny Tompo toy izay manao izany amin'ny alalan'ny tenantsika manokana?

Na dia mety ho fantantsika aza fa tsy tokony hiraharaha ireo fahatsapana te hamaly faty isika ary manana ny faniriana hanao izany dia mety ho sarotra indraindray ny mandresy ireo fahatsapana ireo rehefa tonga izy ireny. Eo am-pamakianao ity torohevitra manaraka avy amin'ny Filoha James E. Faust tao amin'ny Fiadidiana Voalohany ity dia tsipiho ireo andian-teny izay manampy anao ahafantatra izay azonao atao mba handresena ireo fahatsapana te hamaly faty rehefa sendra azy ireny ianao:



"Mila mahafantatra sy miaiky ireo fahatsapana fahatezerana isika. Mila fanetrentena ny fanaovana izany, kanefa raha toa ka mandohalika isika sy mangataka fahatsapana famelan-keloka amin'ny Ray any an-danitra dia hanampy antsika izy. Mitaky antsika 'hamela ny olon-drehetra' ny Tompo [F&F 64:10] ho tombontsoantsika satria 'mampitaredretra ny fivoarana ara-panahy ny fankahalana' [Orson F. Whitney, *Gospel Themes* (1914), 144]. Rehefa manaisotra amin'ny tenantsika ny fankahalana sy ny lonilony ihany isika vao afaka manisy fiadanana ao am-pontsika ny Tompo. . . .

". . . Rehefa mamely ny antambo dia tsy tokony hamaly amin'ny alalan'ny fikatsahana valifaty manokana

isika fa hamela ny fahamarinana hanohy ny diany ary hanadino izany. Tsy mora ny manadino sy manafoana ao am-pontsika ny otri-po nitera-dratra. Efa nanolotra fiadanana sarobidy ho antsika rehetra tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany ny Mpamonjy, kanefa tsy tonga izany raha tsy vonona ny hanaisotra ireo fahatsapana ratsin'ny hatezerana na lolompo na valifaty isika. Ho antsika rehetra izay mamela 'ireo izay meloka tamin[tsika]' [Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 6:13], eny na dia ireo izay nahavita heloka goavana aza, dia hitondra fatram-piadanana sy fiononana ny Sorompanavotana" ("The Healing Power of Forgiveness," *Ensign* na *Liahona,* mey 2007, 69).

Saintsaino ny fomba hahazoanao mampihatra ity torohevitra ity mba hamelana izay mety ho lolom-po, fahatezerana, na fahatsapana haratsiam-panahy izay mety hananana amin'ny hafa.

Nifantoka tamin'ny fanoratana tamin'ireo izay hamaky ny teniny amin'ny andro farany i Môrmôna taorian'ny nandavany ny hitarika ireo miaramila Nefita. Tiany hibebaka sy hiomana ny tsirairay amintsika mba "[h]ijoro eo anoloan'ny toeram-pitsaran'i Kristy" (jereo ny Môrmôna 3:18–22).

Vakio ny Môrmôna 4:1–2, ary tadiavo ny zavatra nitranga tamin'ny miaramila Nefita rehefa nikatsaka hamaly faty ny Lamanita izy ireo. Vakio ny Môrmôna 4:4, ary tadiavo ny antony tsy nandresen'ireo miaramila Nefita. Vakio ny Môrmôna 4:5, ary fantaro ireo izay mety ho fahamarinana mikasika ireo vokatry ny fikirizana hiaina ao anatin'ny faharatsiana. Inona avy no hitanao? ________________________________

________________________________________________

________________________________________________

Mety ho iray amin'ireo fahamarinana hitanao ny hoe **hanatratra ny olon-dratsy ny fitsaran'Andriamanitra.** Matetika dia "amin'ny alalan'ny olon-dratsy no amaizana ny olon-dratsy" (Môrmôna 4:5). Mandà ny fanampian'Andriamanitra sy tsy mikatsaka ny fiarovany masina ny olon-dratsy. Vakio ny Môrmôna 4:11–14, 18, ary tadiavo ny fomba nirotsahan'ny fitsaran'Andriamanitra teo amin'ny Nefita.

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Araka ny hevitrao, inona no tena mampalahelo indrindra amin'ny toe-javatra niseho teo amin'ny Nefita ao amin'ny Môrmôna 3–4?

**b.** Ahoana no mety hifandraisan'ireo fotopampianarana na fahamarinana nianaranao hatreto androany? (Saintsaino ny fifandraisan'ny fibebahana, sy ny valifaty, ary ny fitsaran'Andriamanitra.)

Saintsaino izay tian'ny Tompo hataonao mba hampiharana ireo fahamarinana ireo.

## Môrmôna 5–6

### *Nanapa-kevitra ny hitarika ny miaramila Nefita indray i Môrmôna, saingy nandresy ny Lamanita; nalahelo ny amin'ny faharinganan'ny vahoakany i Môrmôna*

Misy fahasamihafana ve eo amin'ny alahelo izay mety miaraka amin'ny fahafatesan'ny olona iray izay niaina fiainana feno fahamarinana sy ny olona iray izay maty tao anatin'ny fiainana feno faharatsiana? Inona araka ny eritreritrareo ny mahasamy hafa izany?

Nandray ny kômandy indray i Môrmôna rehefa nandà ny hitarika ireo miaramila Nefita nandritra ny 13 taona. Nitarika azy ireo tsy nombam-panantenana anefa izy satria nandà ny hibebaka sy hangataka fanampiana amin'ny Tompo ny vahoaka. Nitsoaka ny Nefita taorian'ny nanoherany ireo fanafihana vitsivitsy nataon'ny Lamanita. Ringana ireo izay tsy afaka nandositra haingana. Nanoratra taratasy tamin'ny mpanjakan'ny Lamanita i Môrmôna, izay nangataka taminy mba hanome fotoana ho an'ny Nefita hivondronan'izy ireo ho amin'ny ady iray farany (jereo ny Môrmôna 5:1–7; 6:1–6).

Vakio ny Môrmôna 6:7–11, ary ezaho takarina ny alahelon'i Môrmôna rehefa nahita ny faharinganan'ny vahoakany izy. Nahoana araka ny eritreritrao no mampatahotra ny fahafatesana ho an'ireo izay miaina ao amin'ny faharatsiana? ________________________

________________________________________________

**4.** Vakio ny Môrmôna 6:16–22, ary valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana ireo mpaminany sy mpitarika ary ray aman-dreny no mamporisika antsika amim-pahazotoana tokoa mba hibebaka?

**b.** Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fanantenana ny famihinan'i Tompo anao hibebaka? (jereo ny Môrmôna 6:17).

Saintsaino raha toa ka misy zavatra eo amin'ny fiainanao izay tian'ny Tompo mba hibebahanao izao ankehitriny izao. Azonao soratana ao anatin'ny diarinao manokana ny momba izany ary mametraha tanjona mba hanatanterahana izany.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny* Môrmôna 3–6 *sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Ireo fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 28: ANDRO 4

# Môrmôna 7:1–8:11

## Fampidirana

Taorian'ny ady farany teo amin'ny Nefita sy ny Lamanita, i Môrmôna dia nanoratra tamin'ireo taranaka ho avin'ny vahoaka ao amin'ny Bokin'i Môrmôna mikasika ny maha-zava-dehibe ny fahalalana ny hoe iza izy ireo sy ny zavatra tsy maintsy ataon'izy ireo mba hovonjena. Tamim-pitiavana lehibe ho an'ny taranaka ho avin'ireo fahavalony no nampianaran'i Môrmôna ny maha-zava-dehibe ny fanarahana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, mba "ho mandry ny aminareo amin'ny andron'ny fitsarana"(Môrmôna 7:10). Tavela irery mba hanoratra mikasika ny faharavan'ny vahoakany i Môrônia taorian'ny nahafatesan'i Môrmôna.

### Môrmôna 7

*Namporisika ny sisa tavela tamin'ireo Lamanita mba hino an'i Jesoa Kristy sy hanaraka ny filazantsarany i Môrmôna ao anatin'ny fijoroana ho vavolombelona farany nataony*

Nianatra ianao tao amin'ny Môrmôna 6 fa nisy famoizana Nefita 230.000 tamin'ny ady farany tamin'ny Lamanita. Alaivo sary an-tsaina hoe tsy maty tao anatin'ny ady lehibe tahaka ity ianao, kanefa maty ireo namanao sy ny fianakavianao. Inona no mety ho tsapanao mikasika ireo taranaky ny vahoaka izay namono ireo olon-tianao sy nandresy ny firenenao? Vakio ny Môrmôna 7:1–4, ary tadiavo izay zavatra nosoratan'i Môrmôna ho an'ireo taranaky ny Lamanita.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no tian'i Môrmôna ho fantatry ny Lamanita sy ireo taranak'izy ireo?

**b.** Inona no mampitovy na tsy mampitovy izany amin'ny zavatra neritreretinao fa mety ho tsapanao mikasika ireo taranaky ny vahoaka izay namono ireo namanao sy fianakavianao tao anatin'ilay toe-javatra nalaina sary an-tsaina?

**d.** Inona no toetry ny Mpamonjy izay hitanao ao anatin'ny valintenin'i Môrmôna ho an'ireo fahavalony?

Nanohy nanoratra ho an'ireo taranaky ny Lamanita i Môrmôna. Vakio ny Môrmôna 7:5–7, ary asio marika farafahakeliny ny fahamarinana telo izay namporisihan'i Môrmôna an'ireo taranaky ny Lamanita mba hinoany mikasika ny Mpamonjy Jesoa Kristy.

**2.** Misafidiana iray amin'ireo fahamarinana mikasika an'i Jesoa Kristy izay hitanao, ary soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fiantraikan'ny finoana izany fotopampianarana izany teo amin'ny fiainanao.

Mety ho nahatsapa nanana ny rariny tamin'ny fanoratana teny fanamelohana ho an'ny Lamanita izay namono olona maro tamin'ny vahoakany i Môrmôna, kanefa noho ny fahafantarany ny fahamarinana dia nanoratra izy mba hampianatra azy ireo ny zavatra tsy maintsy hataony (sy hataontsika) mba ho tonga tsy manan-tsiny eo anatrehan'Andriamanitra eo amin'ny toeram-pitsarana. Vakio ny Môrmôna 7:8–10, ary fantaro ny zavatra nijoroan'i Môrmôna ho vavolombelona fa tsy maintsy ataon'ny olona iray. Azonao asiana marika ao anatin'ny soratra masinao ny zavatra hitanao.

Nampianatra ireo andininy ireo fa **manolotra famonjena ho an'ny rehetra sy hanavotra ireo izay manaiky ireo fitsipika sy ireo ôrdônansin'ny filazantsarany ny Tompo.** Azonao asiana marika ao anatin'ny soratra masinao ity fitsipika ity. Jereo fa nampianatra i Môrmôna fa amin'ny alalan'ny fandalinantsika soratra masina no fomba hahafantarantsika ny fomba hiainana ity fitsipika ity (jereo ny Môrmôna 7:8). Mety hanampy ny fahatakarana fa milaza ny Bokin'i Môrmôna ilay andian-teny hoe "ity rakitsoratra ity", ary milaza ny Baiboly ny hoe "ny rakitsoratra . . . izay ho tonga any amin'ny Jentilisa avy any amin'ny Jiosy." Mitovy amin'izany koa, ny hoe "ity" ao amin'ny Môrmôna 7:9 dia milaza ny Bokin'i Môrmôna, ary milaza ny Baiboly ny hoe "izany." Azonao asiana marika ao anatin'ny soratra masinao ireo fahasamihafana ireo.

Eo am-pamarananao ny Môrmôna 7 dia makà fotoana kely hisaintsainana ny ohatry ny fiantrana sy ny fangorahana tahaka ny an'i Kristy nasehon'i Môrmôna tamin'ny fanoratana hafatra feno fanantenana sy fandrisihana toa izany ho an'ireo taranak'ireo izay tena fahavalony indrindra.

**3.** Raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo eritreritrao mikasika ity fanontaniana manaraka ity: Ahoana no ahafahako manaraka ny ohatr'i Môrmôna ka hitondra ny hafa, anisan'izany ireo izay mety nanao ratsy tamiko, amin'ny fomba iray izay maneho ny hasarobidy mandrakizain'izy ireo?

### Môrmôna 8:1–11

*Nanoratra ny amin'ny fahafatesan'ny rainy, ny faharinganan'ny vahoakany, ary ny fijanonany ho irery i Môrônia*

Mieritrereta fotoana iray izay naha-irery anao. Inona no tsapanao mikasika ny fanirery? Alaivo sary an-tsaina hoe irery mandritra ny taona maro ianao.

Jereo ireo daty ao anatin'ny famintinana ny toko na eo ambanin'ireo pejy ao amin'ny Môrmôna 7 sy 8. Taona firy no lasa teo anelanelan'ny fotoana nanoratan'i

Môrmôna ireo teniny farany tao amin'ny toko 7 sy ny fotoana nanombohan'i Môrônia nanoratra teo amin'ireo takelaka ao amin'ny toko 8? ______________

Vakio ny Môrmôna 8:1–2, ary tadiavo izay zava-nitranga taorian'ilay ady lehibe tao Komôrà. Dia vakio avy eo ny Môrmôna 8:3–9 ary asio marika ireo andianteny izay mamaritra ireo toe-javatra niainan'i Môrônia taorian'ny faharinganan'ny vahoakany. Saintsaino ny zavatra mety ho tsapanao raha toa ka ao anatin'ny toe-java-miseho toa izany ianao.

Mieritrereta fotoana iray izay nahatsapanao ho irery amin'ny zavatra inoanao na ireo fitsipika arahanao. Nitombo ve, sa tsy niova, sa nihena ny finiavanao hanaraka ny Mpamonjy sy hitandrina ny didiny nandritra izany fotoana izany? Nahoana?

Jereo indray ny Môrmôna 8:1, 3 mba hahitana ny zavatra izay nananan'i Môrônia fahavononana mba hataony na toa izany aza ny toe-javatra niainany. Ny ohatra nasehon'i Môrônia dia nampiseho fa **afaka misafidy ny hijanona ho mahatoky ianao na dia irery aza.** Azonao soratana ao anatin'ny soratra masinao io fahamarinana io.


Misy olona hafa, tahaka an'i Môrônia, ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna izay nijanona ho mahatoky na dia tamin'ny fotoana naha-irery azy aza. Nijoro tamin'ny heviny sy nijoro ho vavolombelona irery teo anoloan'ny Mpanjaka Noà sy ny mpisorony i Abinadia (jereo ny Môsià 12–17). I Almà no hany mpisorona nino ny tenin'i Abinadia ary niezaka niaro azy izy (jereo ny Môsià 17:1–4).

Ny Loholona Richard G. Scott dia nizara izao tantara manaraka izao mikasika ny zatovolahy iray izay nisafidy ny ho mahatoky na dia nijoro irery aza:



"Saintsaino ny ohatra nasehon'[ity] zatovolahy iray. Nandinika nandritra ny taona maro ny fomba nampianaran'ireo ray aman-dreniny azy hatramin'ny fahazazana aho mba tsy ho voahozongozona amin'ny fiainana ny didin'Andriamanitra. Tamin'ny alalan'ny ohatra sy fitsipika no nikolokoloan'izy ireo azy tao anatin'ny fahamarinana, niaraka tamin'ireo zanak'izy ireo hafa. Namporisika ny fikolokoloana ny fifehezan-tena sy ny fahafoizan-tena izy ireo mba hahazoana ireo tanjona mendrika. Nisafidy ny lomano ity zatovolahy ity mba hampiorenam-paka ireo





hatsarana ireo tao amin'ny toetrany. Nitaky fifehezan-tena sy fahafoizan-tena ny fanazaran-tena vao maraina be. Nanjary nitombo fahaizana fatratra tamin'ity fanatanjahan-tena ity izy taty aoriana.

"Dia tonga avy eo ireo zava-tsarotra—ohatra hoe, fifaninanana milomano izay natao ny Alahady. Handray anjara ve izy? Hitady fialan-tsiny ho an'ny fandikana noho ny antony manokana ny fitsipika arahany amin'ny tsy fandehanana milomano amin'ny andro Alahady ve izy mba hanampiana ny ekipany handresy amin'ny fifaninanana? Tsia, tsy nilavo lefona izy, na dia nisy aza ny tsindry mahery vaika avy amin'ny namana. Nompaina izy, eny novonoina koa. Tsy nilavo lefona anefa izy. Nitondra fotoan'alahelo sy tomany ny fanilihan'ireo namana, ny fanirery ary ny fanerena. Tsy nilavo lefona anefa izy. Nianatra ho an'ny tenany manokana ny zavatra tokony ho fantatsika tsirairay izy dia ny fahamarinan'ny torohevitr'i Paoly ho an'i Timoty manao hoe 'Izay rehetra te-ho velona amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, izay ao amin'i Kristy Jesosy, dia henjehina' (2 Tim. 3:12). Taona maro taty aoriana, ity fitsipiky ny fiainana araka ny fahamarinana ity izay tsy miovaova ity—izay nokolokoloina avy amin'ny fanapahan-kevitra marina an-jatony, ary ny sasany dia teo anatrehan'ny olana lehibe—dia nikolokolo toetry ny fahatanjahana sy fahaiza-manao. Ankehitriny, amin'ny maha-misiônera azy, dia ankamamian'ireo mitovy taona aminy amin'ny fahafahany miasa izy, amin'ny fahalalany ny fahamarinana, amin'ny fanoloran-tenany tsy voahozongozona, ary amin'ny fahavononany hizara ny filazantsara. Ilay nolavin'ireo nitovy taona taminy taloha dia nanjary mpitarika hajain'ireo mitovy taona aminy ankehitriny" "Things First," *Ensign,* mey 2001, 8).

Vakio ny Môrmôna 8:10–11, ary tadiavo ny fomba iray nanohanan'ny Tompo an'i Môrônia sy i Môrmôna (talohan'ny nahafatesany) nandritra ireo toe-javatra sarotra izay natrehan'izy ireo. Afaka manampy anao amin'ny fanapahan-kevitrao ny hijanona ho mahatoky na dia rehefa irery aza ianao ity fampaherezana manaraka nataon'ny Filoha Thomas S. Monson ity:



"Eo am-piatrehantsika ny fiainantsika andavanandro dia saika tsy azo hialana ny fisedrana ny finoantsika. Misy fotoana mety voahodidinin' ireo hafa isika, kanefa mahatsiaro ho vitsivitsy an' isa na mety ho irery mihitsy aza, raha ny mahakasika izay zavatra azo ekena sy izay tsy azo ekena. Moa ve isika manana herimpo ara-pitondrantena ampy mba hijoroana mafy amin'ny finoantsika, na dia voatery hijoro irery aza isika noho ny fanaovana izany? . . .

". . . Enga anie isika hanana herimpo sy ho vonona hatrany hijoro amin' ny zavatra izay inoantsika, ary raha ilaina ny mijoro irery dia enga anie isika hanao izany amin-kerimpo tokoa, ary feno hery noho ny fahafantarana fa raha ny marina dia tsy irery mihitsy isika rehefa mijoro miaraka amin' ny Raintsika any an-danitra" ("Sahia Mijoro Irery," *Ensign* sy *Liahona,* nôv. 2011, 60, 67).

**4.** Manorata valinteny ho an'ireto fanontaniana manaraka ireto ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina:

**a.** Iza ihany koa no fantatrao fa ohatra amin'ny fijoroana ho mahatoky na dia nijoro irery aza?

**b.** Ahoana no hanampian'ny tenin'ny Filoha Monson anao mba hanapa-kevitra ny hitoetra ho mahatoky na dia rehefa irery aza ianao?

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny* Môrmôna 7:1–8:11 *sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 29: ANDRO 1

# Môrmôna 8:12–41

## Fampidirana

Naminany ny amin'ny fivoahan'ny Bokin'i Môrmôna sy nampitandrina ireo izay hanameloka izany i Môrônia taorian'ny nanoratany mikasika ny faharinganan'ny vahoakany sy ny fahafatesan'ny rainy. Hitan'i Môrônia fa ilay rakitsoratry ny Nefita dia hivoaka amin'ny andro iray andron'ny faharatsiana lehibe, rehefa ho tia ny harena araka izao tontolo izao noho Andriamanitra ny maro. Nijoro ho vavolombelona izy fa ny Bokin'i Môrmôna dia "hisy vidiny lehibe" (Môrmôna 8:14) mandritra ireo toe-javatra iainana ara-panahy mampidi-doza amin'ny andro farany.

### Môrmôna 8:12–32

*Naminany ny amin'ny fivoahan'ny Bokin'i Môrmôna i Môrônia*

Soraty ireo zavatra heverinao fa fanomezana lehibe indrindra nomena anao: ______________________________
______________________________________________
______________________________________________

Makà fotoana kely hieritreretana mikasika ny antony maha-fitahiana ho anao an'ireo fanomezana ireo.

Vakio ity teny izay nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson manaraka ity: "Te hiresaka mikasika ny iray amin'ireo fanomezana manan-danja indrindra nomena izao tontolo izao amin'ny fotoana maoderina aho. Ilay fanomezana eritreretiko eto dia manan-danja kokoa noho ireo famoronana izay nateraky ny fandrosoana teo amin'ny lafin'ny indostria sy ny teknôlôjia. Izany dia fanomezana manana lanja lehibe kokoa ho an'ny zanak'olombelona, eny, mihoatra noho ireo fandrosoana mahafinaritra hitantsika eo amin'ny fomba fitsaboana maoderina mihitsy aza. Izany dia sarobidy kokoa ho an'ny zanak'olombelona mihoatra noho ireo fivoarana eo amin'ny fiaramanidina na ny fandehanana eny ambony tsy taka-maso eny. Izaho dia miresaka ilay fanomezana dia ______________________________
______________________________________________."

Inona araka ny eritreritrao no mety ho ilay fanomezana resahan'ny Filoha Benson? ______________________________
______________________________________________

Nampianatra mikasika ity fanomezana ity i Môrônia ao amin'ny Môrmôna 8. Vakio ny Môrmôna 8:12–14 ahafantarana hoe inona ilay fanomezana. Milaza ny Bokin'i Môrmôna ilay andian-teny hoe "ity rakitsoratra ity." Ny Bokin'i Môrmôna no ilay fanomezana noresahin'ny Filoha Benson (jereo ny "The Book of Mormon—Keystone of our Religion," *Ensign,* nôv. 1986, 4). Soraty hoe *ny Bokin'i Môrmôna* eo amin'ilay banga eo amin'ny faran'ny tenin'ny Filoha Benson.



Avereno jerena ny Môrmôna 8:12–14 ahafantarana ny zavatra nampianarin'i Môrônia mikasika ny lanjan'ny Bokin'i Môrmôna. Inona no nampianariny mikasika ny vidin'ireo takelaka? Nanazava i Môrônia fa raha toa ka tsy navelan'ny Tompo ampiasaina amin'ny tombontsoa ara-bola ireo takelaka dia manan-danja kosa anefa ny soratra eo ambonin'izany.

Afaka manampy antsika ahatakatra ny maha-zava-dehibe ity boky ity ny fomba nivoahan'ny Bokin'i Môrmôna. Vakio ny Môrmôna 8:15–16, ary fantaro ny zavatra nampianarin'i Môrônia mikasika ny fomba hivoahan'ny Bokin'i Môrmôna.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe tsy havoaka ny Bokin'i Môrmôna raha tsy amin'ny alalan'ny olona iray izay manana "maso tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitr'[Andriamanitra]"? Môrmôna 8:15).

**b.** Midika inona aminao ny hoe ny Bokin'i Môrmôna dia havoaka "[amin'ny alalan'ny] herin'Andriamanitra"? (Môrmôna 8:16). Inona no tsapanao mikasika ny Bokin'i Môrmôna rehefa mamaky ny tenin'i Môrônia ao amin'ny Môrmôna 8:16 ianao?

Nampitandrina ireo izay hanameloka na hanohitra ny Bokin'i Môrmôna i Môrônia. Tadiavo ireo fampitandremany eo am-pamakianao ny Môrmôna 8:17–22. Nahoana no zava-dehibe aminao ny mahafantatra fa "hizotra hatrany ny fikasana mandrakizain' ny Tompo, mandra-pahatanteraky ny fampanantenany rehetra"? Môrmôna 8:22).

Nanazava i Môrônia fa nanao fanekempihavanana tamin'ireo "olomasina . . . izay efa lasana talohako" ny Tompo (Môrmôna 8:23)—anisan'izany ireo

mpaminany toa an'i Nefia, Jakôba, Enôsa, ary i Almà. Nanao fanekempihavanana ny Tompo fa hamoaka ny tenin'ireo mpaminany ireo Izy amin'ny andro farany. Eo am-pandalinanao ny Môrmôna 8:23–25 dia fantaro hoe nivavaka ho an'iza ireo mpaminany ireo.

Nivavaka ho an' "ny rahalahiny" ireo mpaminany ireo (Môrmôna 8:24), ny Lamanita sy ny taranak'izy ireo no tiana holazaina. Nivavaka ho an'ilay olona izay "hamoaka ireto zavatra ireto" amin'ny andro farany ihany koa izy ireo (Môrmôna 8:25; jereo koa ny Môrmôna 8:16), ny Mpaminany Joseph Smith no tiana holazaina, izay voafidy hamoaka ny Bokin'i Môrmôna ho eo amin'izao tontolo izao amin'izao andro farany izao (jereo ny F&F 3:5–10). Maro tamin'ireo mpaminany taloha no nahafantatra ny amin'i Joseph Smith sy nivavaka ho an'ny fahombiazany mba handika sy hamoaka ny Bokin'i Môrmôna, ka manatanteraka ireo tanjon'Andriamanitra (jereo ny Môrmôna 8:22, 24–25; F&F 10:46).

Niresaka ny amin'ny anjara asa izay notanan'i Joseph Smith tamin'ny famoahana ny Bokin'i Môrmôna ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Ny filazana fa namokatra ny [Bokin'i Môrmôna] tsy nisy fanampiana sy tsy nisy fitaomam-panahy i [Joseph Smith] dia mampihomehy.

"Ny marina dia tsotra, fa izy dia mpaminanin'Andriamanitra—tsy anampiana ary tsy analana!

"Tsy dia avy amin'i Joseph Smith loatra no nahatongavan'ny soratra masina fa tamin'ny alalany. Fitaovana iray izy izay tamin'ny alalan'izany no nanomezana ireo fanambarana. Ankoatra izany dia olon-tsotra izy, tahaka ireo mpaminany tamin'ny andro fahiny sy tahaka ireo mpaminany amin'izao androntsika izao. . . .

"Zazalahy tantsaha tsy nahita fianarana ny Mpaminany Joseph Smith. Ny famakiana ireo taratasiny voalohany dia mampiseho fa izy dia tsy manam-pahaizana amin'ny tsipelina sy ny fitsipika ary ny fitenenana.

"Tena fahagagana ny hoe tonga tamin'ny alalany tamin'ny endri-tsoratra tena tsara ireo fanambarana ("We Believe All That God Has Revealed," *Ensign,* mey 1974, 94).

Alaivo sary an-tsaina hoe i Môrônia ianao, izay niaina tokony ho 1600 taona lasa izay ary navela hahita izao androntsika izao tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra. Vakio ny Môrmôna 8:35, ary saintsaino izay mety ho toe-javatra iainana ara-panahy amin'izao androntsika izao araka ny eritreritrao. Dia vakio ny Môrmôna 8:26–32, izay mirakitra ny famaritana ara-paminaniana nataon'i Môrônia mikasika ny fotoana izay hivoahan'ny Bokin'i Môrmôna—amin'ny androntsika.

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny famaritana miisa roa na mihoatra nataon'i Môrônia momba ny androntsika. Soraty ihany koa ny antony ahitanao fa mahaliana sy azo ampiharina tsara amin'ny androntsika ireto famaritana miavaka ireto.

Mikasika ny Bokin'i Môrmôna dia nampianatra ny Filoha Ezra Taft Benson hoe:



"Tsy maintsy ataontsika ivo iompanan'ny fandalinantsika ny Bokin'i Môrmôna [satria] nosoratana ho an'ny androntsika izany. Tsy nanana izany boky izany na oviana na oviana ny Nefita, na koa ireo Lamanita tamin' ny fahiny. Natao ho antsika izany. . . .

"Ireo mpanoratra lehibe tsirairain'ny Bokin'i Môrmôna dia nijoro ho vavolombelona fa nanoratra ho an'ny taranaka ho avy izy ireo. . . .

"Raha toa ka nahita ny androntsika izy ireo ary nisafidy ireo zavatra izay hanan-danja kokoa ho antsika, moa ve tsy izany no antony tokony handalinantsika ny Bokin'i Môrmôna? Tokony hanontany tena tsy tapaka isika hoe: "Inona no antony nitaoman'ny Tompo ny fanahin'i Môrmôna (na Môrônia na Almà) hampiditra izany ao amin'ny rakitsorany? Inona no lesona azoko ianarana avy amin'izany izay hanampy ahy eo amin'ny fiainako amin'izao andro izao sy amin'izao vanimpotoana izao?' " ("Ny Bokin'i Môrmôna—Vato ifaharan'ny Fivavahantsika," 6).

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto mba hisaintsainana ny lanjan'ny Bokin'i Môrmôna ho anao manokana:

**a.** Eritrereto hoe hatraiza ny maha-marina ireo faminanian'i Môrônia mikasika ireo toe-javatra iainana amin'ny androntsika (jereo ny Môrmôna 8:26–32). Inona no ampianarin'ireo faminaniana ireo anao mikasika ny lanjan'ny Bokin'i Môrmôna amin'izao androntsika izao?

**b.** Nahoana araka ny eritreritrao no maha-"iray amin'ireo fanomezana lehibe indrindra nomena an'izao tontolo izao amin'ny andro maoderina" ny Bokin'i Môrmôna, araka ny nampianarin'ny Filoha Ezra Taft Benson? ("Ny Bokin'i Môrmôna— Vato ifaharan'ny Fivavahantsika," 4).

**d.** Raha toa ka misy namanao iray manontany anao ny antony maha-zava-dehibe ny Bokin'i Môrmôna aminao dia inona no havalinao?

## Môrmôna 8:33–41

### *Mahita ny andro farany i Môrônia ary manameloka ny faharatsiana ara-panahy amin'izao androntsika izao*

Mieritrereta fotoana iray izay nahitanao olona iray nila fanampiana —olona nila fanampiana ara-batana, ara-pihetsempo, ara-tsôsialy, na ara-panahy. Eritrereto ny zavatra nataonao sy azonao natao hanampiana izany olona izany. Saintsaino ny antony nisafidiananao hanampiana na tsia izany olona izany. Nahoana araka ny eritreritrao no tsy manampy ireo izay mila fanampiana ny olona indraindray?

Vakio ny Môrmôna 8:36–41, ary tadiavo ireo antony nomen'i Môrônia fa tsy hanampian'ny olona sasany amin'ny andro farany ireo izay mila fanampiana. Asio marika ao anatin'ny soratra masinao ireo antony ireo. Mety hanampy ny fahatakarana fa ny teny hoe *fandravahana* dia midika hoe "manao izay hahatsara tarehy" na "mampihaingo."

Inona avy ireo ohatra amin'ny fomba izay mety hitiavan'ny tanora ankehitriny ireo zavatra azon'ny vola vidiana sy mety hanarahany ireo fironana araka izao tontolo izao mihoatra noho ny ho mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy? Halalino ny Môrmôna 8:38, 41, ary fantaro ireo vokatra ho azon'ny olona noho ny avonavon'izy ireo, ny faharatsiany, ary ny tsy firaharahiany ny mahantra sy ny ory.

**4.** Manorata fitsipika iray ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay mamintina ny zavatra nianaranao tao amin'ny Môrmôna 8:36–41.

> ***Mametraka Tanjona mba Hampiharana izay Nianaranao***
>
> Afaka manampy anao hanao asa am-pinoana, hianatra bebe kokoa avy amin'ny fandalinanao, ary hivoatra ara-panahy ny fametrahana tanjona mba hampiharana ny zavatra nianaranao. Katsaho ny fitarihan'ny Fanahy Masina eo am-pametrahanao tanjona. Ataovy izay hitakian'ireo tanjonao ezaka kanefa mba ho azo atao sy ho azo tanterahina koa izany. Soraty mazava tsara amin'ny antsipiriany izay ho ataonao, ny fotoana kasainao hanaovanao izany, ary ny fomba kasainao hanaovanao izany.

Ohatra iray amin'ny fitsipika ampianarina ao anatin'ireo andininy ireo ny hoe: **Hitana antsika ho tompon'andraikitra amin'ny fomba fitondrantsika ireo mahantra sy ireo izay mila fanampiana Andriamanitra.**

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona avy ireo zavatra ilaina tena iraisana—ara-batana, ara-pihetsehampo, ara-tsôsialy ary ara-panahy—eo anivon'ny tanora any ampianaranao na ao amin'ny fiaraha-monina misy anao? Avy eo dia mieritrereta zavatra iray izay azonao atao amin'ny herinandro ambony mba hanampiana olona iray mila fanampiana. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina io tanjona io.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny* Môrmôna 8:12–41 *sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

**FIZARANA 29: ANDRO 2**

# Môrmôna 9

## Fampidirana

Namarana ny rakitsoratry ny rainy tamin'ny alalan'ny fiantsoana ireo izay tsy nino an'i Jesoa Kristy mba hitodika amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fibebahana i Môrônia. Nampianatra izy fa Andriamanitra dia Andriamanitry ny fahagagana izay tsy miova. Nampianatra ihany koa izy fa rehefa mitsahatra amin'ny fananana finoana ihany ny olona vao mitsahatra ireo fahagagana. Namporisika ny olombelona rehetra izy mba hivavaka amin'ny Ray amin'ny anaran'i Jesoa Kristy mba hahazoan'izy ireo ireo zavatra ilainy ireo.

## Môrmôna 9:1–6

### *Manainga ireo izay tsy mino an'i Jesoa Kristy mba hibebaka i Môrônia*

Alaivo sary an-tsaina izay mety ho eritreretinao sy ho tsapanao raha toa ka hiditra ho eo anatrehan'Andriamanitra ianao anio. Inona araka ny eritreritrao no ho tsapan'ireo olon-dratsy eo anatrehany? Vakio ny Môrmôna 9:1–5, ary jereo fa namaritra izay hitranga any aoriana any i Môrônia rehefa entina eo anatrehan'Andriamanitra amin'izay ireo izay misafidy ny tsy hino an'i Jesoa Kristy.

Nanazava ny Filoha Joseph Fielding Smith fa olona maro no mino amin'ny fomba diso fa hahazo aina izy ireo eo anatrehan'Andriamanitra na dia tsy nibebaka tamin'ny fahotany aza:



"Tsy afaka hisy famonjena raha tsy misy ny fibebahana. Tsy afaka hiditra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ao anatin'ny fahotany ny olona iray. Ho zavatra tena mifanohitra ho an'ny olona iray izany hiditra eo anatrehan'ny Ray sy

hitoetra eo anatrehan'Andriamanitra ao anatin'ny fahotany izany. . . .

"Heveriko fa misy olona betsaka dia betsaka eto ambonin'ny tany, ary betsaka amin'izy ireo angamba no ato am-piangonana—na farafahakeliny ato am-piangonana ny sasany—izay mihevitra fa afaka miaina ity fiainana ity araka izay tiany izy ireo, mandika ireo didin'ny Tompo, ary dia mbola hiditra eo anatrehany ihany any aoriana any. Mieritreritra izy ireo fa hibebaka, angamba any amin'ny tontolon'ny fanahy.

"Tokony mamaky ireto tenin'i Môrônia ireto izy ireo: 'Moa heverinareo va fa hiara-hitoetra Aminy ianareo amin' ny fahatsapana ny helokareo? Moa heverinareo va fa mety ho sambatra ianareo hiara-hitoetra amin' Ilay Masina, kanefa ny fanahinareo ifandroritan' ny fahatsapana ny heloka, satria efa nandika mandrakariva ny lalàny ianareo?

" 'Indro, lazaiko aminareo fa ho fadiranovana kokoa ianareo raha hiara-hitoetra amin' Ilay Andriamanitra marina sy masina, noho ny fahatsapana ny fahalotoanareo eo anoloany, toy izay hiara-hitoetra amin' ny fanahin' ny voaheloka ao amin' ny helo. Satria indro, rehefa hoentina hahita ny fitanjahanareo eo anoloan' Andriamanitra ianareo, ary koa ny voninahitr' Andriamanitra sy ny fahamasinan' i Jesoa Kristy, izany dia handrehitra ny lelafon' ny afo tsy mety maty eo aminareo' [Môrmôna 9:3–5]" (*Doctrines of Salvation,* comp. Bruce R. McConkie, 3 vols. [1954–56], 2:195–96).

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Nahoana araka ny eritreritrao no fahadisoana ny mampiandry ny fibebahana eto amin'ity fiainana ity, ary mino fa afaka mibebaka ianao amin'ny fiainana manaraka? (Azonao ampiasaina ny zavatra nianaranao tao amin'ny Môrmôna 9:1–5; Almà12:14; ary ny Almà 34:32–34 ao amin'ny valinteninao.)

Vakio ny Môrmôna 9:6, ary tadiavo ny zavatra tsy maintsy ataon'ny "tsy mino" mba hialana amin'ilay fahoriana nofaritan'i Môrônia. Asio marika ireo teny ao amin'ny Môrmôna 9:6 izay mamaritra ny toetoetran'ireo olona izay mitodika amin'Andriamanitra sy mangataka famelan-keloka Aminy. Mianatra isika avy amin'ity andininy ity fa: **Raha toa ka mibebaka sy mangataka amin'Andriamanitra isika dia ho tsy misy pentina isika rehefa mankeo anatrehany.** Azonao soratana ao amin'ny soratra masinao na ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ity fitsipika ity.

**2.** Manorata fehezanteny vitsivitsy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina mikasika ny fahazoanao antsaina ny zavatra ho tsapanao eo anatrehan'Andriamanitra raha toa ka fantatrao fa natao madio sy tsy misy pentina tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ianao.

Afaka miomana ny hahazo aina eo anatrehan'Andriamanitra ianao amin'ny alalan'ny fibebahana sy fiainana amim-pahamarinana. Saintsaino ny zavatra manandanja indrindra tsapanao fa azonao atao ankehitriny mba ho vonona hihaona amin'Andriamanitra.

## Môrmôna 9:7–20

### *Nanambara i Môrônia fa manatanteraka fahagagana sy mamaly ny vavak'ireo mahatoky Andriamanitra*


Efa nahita na niaina fahagagana iray ve ianao? Soraty ny famaritanao ny teny hoe *fahagagana:* ______________

______________________________________________

______________________________________________

Jereo ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ny teny hoe *fahagagana* mba hanazavana na hanampiana ny famaritanao. Nahoana araka ny eritreritrao no tsy mino ny fahagagana ny olona sasany ankehitriny?

Araka ny voarakitra ao amin'ny Môrmôna 9:7–8, i Môrônia dia nanoratra ho an'ireo olona amin'ny andro farany izay handà fa velona Andriamanitra, fa manome fanambarana Izy, ary mandrotsaka ireo fanomezampahasoavana amin'ireo izay mahatoky Izy. Nampianatra tamin-kery i Môrônia fa misy Andriamanitra iray ary tsy miova Izy "omaly sy anio ary mandrakizay" ( Môrmôna 9:9). Manohy manao fahagagana eo anivon'ireo olona mahatoky amin'ny vanim-potoana rehetra Izy. Vakio ny Môrmôna 9:9–11, 15–19, ary fantaro ny



zavatra nampianarin'i Mōrōnia mikasika ny toetran'Andriamanitra mba hahafahany manampy ny olona hino fa mbola manao fahagagana Andriamanitra.

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra nianaranao mikasika ny toetran'Andriamanitra tao amin'ny Môrmôna 9:9–11, 15–19. Soraty ihany koa ny valinteninao amin'ity fanontaniana ity: Inona no ampianarin'ireo andininy ireo anao mikasika ny fahavononan'Andriamanitra sy ny fahafahany manatanteraka fahagagana eo amin'ny fiainan'ny olona ankehitriny?

Vakio ny Môrmôna 9:20, ary mitadiava antony mety tsy ahitan'ny olona sasany fahagagana.

Mampianatra ity fitsipika ity ny tenin'i Môrônia voarakitra ao amin'ny Môrmôna 9:9–19 hoe: **Hanome fahagagana araka ny finoan'ny zanany Andriamanitra satria tsy miova Izy.** Azonao soratana ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Môrmôna 9:19–20 ity fitsipika ity.

Afaka mahita ny hery mahagagan'Andriamanitra amin'ny fomba maro isika eo amin'ny fiainantsika. Taorian'ny namerenany nijery ireo fahagagana lehibe voafaritra ao anatin'ny soratra masina dia nampianatra ny Rahavavy Sydney S. Reynolds, izay nanompo tao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga manerantany hoe:

"Tahaka ny maha-zava-dehibe ireto 'fahagagana lehibe' ireto ireo 'fahagagana an'ny tena manokana' kelikely kokoa izay mampianatra ny tsirairay amintsika mba hanana finoana ny Tompo. Tonga ireny rehefa mahafantatra sy mihaino ireo bitsiky ny Fanahy isika eo amin'ny fiainantsika. . . .

"Mino aho fa afaka mijoro ho vavolombelona ny amin'ireny fahagagana kely ireny isika. Mahafantatra ankizy izay mangataka fanampiana mba hahita zavatra iray very isika dia hita izany. Fantatsika ny amin'ireo tanora izay manangona risipo mba hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra sy mba hahatsapa ny tànany manohana. Mahafantatra namana izay mandoa ny fahafolon-karen'izy ireo amin'ny volan'izy ireo sisa isika ary avy eo, amin'ny alalan'ny fahagagana, dia toa afaka nandoa ny saram-pianarany na ny hofan-tranon'izy ireo na nahazo sakafo ho an'ny fianakavian'izy ireo amin'ny fomba tsy hay hoe ahoana. Afaka mizara ireo traikefan'ny vavaka izay voavaly isika, sy ireo fitahian'ny fisoronana izay nanome risipo, nitondra fampiononana, na namerina ny fahasalamana. Ireny fahagagana isan'andro ireny dia mahatonga antsika ahafantatra ny tànan'ny Tompo eo amin'ny fiainantsika ("A God of Miracles," *Ensign,* mey 2001, 12).

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny mikasika ny zavatra iray izay niainanao na traikefa iray fantatrao izay manamarina fa mbola Andriamanitry ny fahagagana hatrany Andriamanitra ankehitriny.

## Môrmôna 9:21–37

*Nampianatra mikasika ny vavaka sy mikasika ny tanjon'ny rakitsoratry ny Nefita i Môrônia*

Mahatsiaro fotoana iray ve ianao izay nahatsapanao fa nanome ny fanampiana nilainao Andriamanitra satria nivavaka ianao? Vakio ny Môrmôna 9:21, ary tadiavo ny zavatra nampianarin'i Môrônia mikasika ny fivavahana amin'ny Ray any an-danitra mba ho fanampiana.

Vakio ity fanambarana manaraka ity ary tadiavo ny dikan'ny hoe mivavaka amin'ny anaran'i Kristy: "Mivavaka amin'ny anaran'i Kristy isika rehefa ny eritreritr'i Kristy no eritreritsika, ary ny fanirian'i Kristy no faniriantsika—rehefa mitoetra ao anatintsika ny teniny (Jaona 15:7). Dia mangataka ireo zavatra izay azon'Andriamanitra atolotra isika avy eo. Betsaka ireo vavaka izay mitoetra tsy misy valiny satria tsy amin'ny anaran'i Kristy velively izy ireny; tsy maneho velively ny eritreriny izy ireny, fa vokatry ny fitiavan-tenan'ny fon'ny olona" (Bible Dictionary, "Vavaka").

Eritrereto ireo vavaka fanaonao manokana araka izay vao novakinao teo. Inona no azonao atao mba hivavahana bebe kokoa amin'ny anaran'i Jesoa Kristy?

Mba hanomezana ohatra iray ny amin'ny vahoaka izay nino ny Mpamonjy sy afaka nanao fahagagana dia nilaza izay nampianarin'i Jesoa Kristy tamin'ireo mpianany Nefita i Môrônia. Araka ny voarakitra ao amin'ny Môrmôna 9:22–25 dia nandidy ny mpianany mba handeha any amin'izao tontolo izao sy hitory ny filazantsara ny Mpamonjy ary nampanantena fa hisy "famantarana hanaraka izay mino" (Môrmôna 9:24). Dia nanohy ireo fampianarany mikasika ny vavaka i Môrônia avy eo.

**5.** Vakio ny Môrmôna 9:27–29, ary fantaro ny zavatra nampianarin'i Môrônia mikasika ny fomba tokony hivavahantsika amim-pinoana. Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo zavatra hitanao. Avy eo dia manorata fehezanteny vitsivitsy izay mamaritra ny fomba hahafahanao mampiasa ny iray amin'ireo fampianarana ireo mba hanatsarana ireo vavakao manokana.

Azonao atao ny manoratra ity fitsipika manaraka ity ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Môrmôna 9:27: **Rehefa mivavaka amim-pinoana amin'ny Ray any an-danitra amin'ny anaran'i Jesoa Kristy isika dia hanolotra ireo fitahiana izay hanampy antsika hilofo amin'ny famonjena antsika Izy.**

Rehefa namarana ny teniny i Môrônia dia naneho ny fanahiany izy fa handà ny Bokin'i Môrmôna ny olona sasany amin'ny andro farany noho ny tsy

fahatanterahan'ireo izay nanoratra izany (jereo ny Môrmôna 9:30–34). Vakio ny Môrmôna 9:35–37, ary tadiavo ny zavatra nambaran'i Môrônia mikasika ireo tanjon'ny Bokin'i Môrmôna.

Saintsaino ny maha-porofo fanampiny ny fivoahan'ny Bokin'i Môrmôna fa Andriamanitry ny fahagagana Andriamanitra ary mamaly vavaka Izy.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny* Môrmôna 9 *sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*



## FAMPAHAFANTARANA NY

# Etera

### Inona no antony handalinana ity boky ity?

Rehefa mandalina ny bokin'i Etera ianao dia hianatra mikasika ireo Jaredita—andiam-bahoaka iray izay nandeha tany amin'ny ilam-bolantany andrefana sy niaina teo nandritra ny taon-jato maro talohan'ny fahatongavan'ny vahoakan'i Lehia. Hanampy anao hianatra ireo fitsipika manan-danja mikasika ny vavaka, ny fanambarana, ary ny fifandraisana misy eo amin'ny fampiharana finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fandraisana fahalalana ara-panahy ity boky ity. Hanampy anao hahatakatra ny anjara asan'ireo mpaminany amin'ny fandresena lahatra ny vahoaka mba hibebaka sy ireo vokatra tonga amin'ireo izay mandà an'i Jesoa Kristy sy ireo mpaminaniny ihany koa izany.

### Iza no nanoratra ity boky ity?

Namintina ity boky ity avy tamin'ireo takelaka volamena 24 nantsoina hoe ireo takelak'i Etera i Môrônia. Nampitondraina ny anaran'ny mpaminany Etera izany izay mpaminanin'ny Jaredita farany sy nanamboatra rakitsoratra momba ny tantaran'izy ireo (jereo ny Etera 15:33–34). Tamin'ny andron'ny Mpanjaka Môsià dia hitan'ny sasany tamin'ireo vahoakan'i Limia ireo takelak'i Etera raha nitady ny tanin'i Zarahemlà izy ireo (jereo ny Môsià 8:7–11; Etera 1:2). Nifampita ireo takelak'i Etera ireo mpaminany Nefita sy ireo mpihazona rakitsoratra ambara-pahatongan'izany teo am-pelatanan'i Môrônia. Nilaza i Môrônia fa tsy nanoratra ny "am-pahazatony" tamin'ilay rakitsoratra tao anatin'ny famintinany izy (Etera 15:33).

### Oviana ary taiza no nanoratana izany?


Ireo loharano tany am-boalohany izay nampiasaina hamoronana ny Bokin'i Etera dia nosoratana taon-jato maro talohan'ny nanaovan'i Môrônia ny famintinany. Ny rakitsoratra Jaredita voalohany dia noforonina rehefa nanoratra ilay fahitana hitany talohan'ny niampitan'ny vahoakany ireo ranomasina ny rahalahin'i Jarèda (jereo ny Etera 4:1). Tsy misy mpitana rakitsoratra hafa teo anivon'ny Jaredita izay voalaza hatreo amin'i Etera (jereo ny Etera 13:3; 15:33). I Môrônia no namintina ny bokin'i Etera (jereo ny Môrmôna 8:3–6; Môrônia 10:1). Tsy nambaran'i Môrônia ny toerana nisy azy rehefa nanao ny famintinana izy, fa na izany aza dia nanoratra izy fa nofongorana tao amin'ny "lafin'ity tany avaratra ity" ny Jaredita (Etera 1:1), izay milaza fa mety ho tao amin'ny tany izay namongorana azy ireo izy.

## FIZARANA 29: ANDRO 3

# Etera 1–2

## Fampidirana

Famintinan'i Môrônia ny tantaran'ny Jaredita ny bokin'i Etera. Ny Jaredita dia vahoaka izay nandeha tany amin'ny ilam-bolantany andrefana taon-jato maro talohan'ny vahoakan'i Lehia. Taorian'ny Safo-drano tamin'ny andron'i Nôa dia betsaka tamin'ireo taranak'ireo izay tsy namoy ny ainy no nanjary ratsy fanahy. Nisy andiam-bahoaka iray izay niezaka nanangana tilikambo iray "ka ny tampony [dia] hahatakatra ny lanitra" (Genesisy 11:4). Nanomboka niaraka tamin'ny fananganana ny Tilikambon'i Babela ny tantaran'ny firenena Jaredita. Niady tamin'ny fipariahan'ny fahara-tsiana ny Tompo tamin'ny alalan'ny fikorokoroana ny fiteny iraisana sy tamin'ny alalan'ny fanaparitahana ny vahoaka manerana ny vazan-tany (jereo ny Genesisy 11:5–8; Etera 1:33). Ity tantara ao amin'ny bokin'i Etera ity dia manomboka amin'i Jarèda sy ny rahalahiny izay nikatsaka ny fanampian'ny Tompo rehefa nampikorokoro ny fitenin'ny vahoaka tao amin'ny Tilikambon'i Babela Izy. Tsy nanorokoro ny fitenin'i Jarèda sy ny rahalahiny ary ireo fianakaviana sy ireo naman'izy ireo ny Tompo ary nitarika azy ireo tany an-tany foana nankany amin'ny tany nampanantenaina. Avy eo ny Tompo dia nanome torolalana ny rahalahin'i Jarèda mba hamboatra sambo miisa valo mba hitondrana ny vahoakany ho any ankoatr'ireo ranomasina.



### Etera 1:1–33

*Manoratra ny tetiaran'i Etera miverina any amin'i Jarèda tany amin'ny Tilikambon'i Babela i Môrônia*

Mba hanampiana anao hahatakatra hoe avy aiza ny bokin'i Etera dia avereno jerena ny "Topimason'ny Môsià 7–24" ao amin'ny lesona ao amin'ny Fizarana 12:

Andro 1 (pejy 116). Jereo ny dia 4 ary jereo ny zavatra hitan'ny vahoakan'i Limia tamin'ity dia ity.

Jereo ny fanombohan'ny bokin'i Etera ary tadiavo ny famaritana fohifohy ny boky eo ambanin'ny lohateny. Ity famaritana ity dia manazava fa ny rakitsoratry ny Jaredita dia nalaina avy tamin'ireo takelaka 24 hitan'ny vahoakan'i Limia.

Taorian'ny namitan'i Môrônia ny rakitsoratry ny rainy dia naka ny rakitsoratry ny Jaredita izy ary namorona tahadikan'izany fohifohy mba ho ampidirina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Vakio ny Etera 1:1–4, ary tadiavo ny zavatra nolazain'i Môrônia fa tsy nampidiriny tao anatin'ity tahadikan'ny rakitsoratry ny Jaredita izay nataony ity. Vakio avy eo ny Etera 1:5, ary tadiavo ny ampahany nampidirin'i Môrônia tao anatin'ny rakitsorany. Ny Tilikambon'i Babela no ilay tilikambo voalaza ao amin'ny Etera 1:5. Araka ny nazavaina ao amin'ny Etera 1:33 dia "nanorokoro" (nampifangaro) ny fitenin'ilay vahoaka izay nikatsaka ny hanangana ilay tilikambo ny Tompo mba tsy ahafahan'izy ireo mifankahazo resaka, ary naparitany manerana ny tany ilay vahoaka.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Etera 1:6–33 dia lehilahy iray nantsoina hoe Etera no nanoratra ny rakitsoratry ny Jaredita. Noraketin'i Môrônia ny razamben'i Etera hatrany amin'ny lehilahy iray nantsoina hoe Jarèda, izay niaina nandritra ny fotoan'ny Tilikambon'i Babela.

## Etera 1:33–43

### *Nangataka fanampiana ny rahalahin'i Jarèda, ary nahazo famindram-po sy fitarihana ny olona tao amin'ny fianakaviany sy ireo namany*

Efa tany amin'ny firenena na faritra iray ve ianao ka niteny tamin'ny fiteny tsy azonao ny olona? Inona araka ny eritreritrao no mety ho tsapanao raha toa ka tsy afaka mahatakatra ny fiteny izay tenenin'ny hafa manodidina anao ianao? Raha afaka misafidy olona vitsivitsy ianao mba hifaneraserana ao anatin'ny toe-javatra toy izany dia iza no hosafidianao? Nitranga teo amin'ny lehilahy iray nantsoina hoe Jarèda sy ny rahalahiny ity toe-javatra ity, ary koa teo amin'ny fianakavian'izy ireo izay niaina nandritra ny fotoan'ny Tilikambon'i Babela. Vakio ny Etera 1:33–37 ary tadiavo ireo olona tian'i Jarèda ho azony hifaneraserana. Taorian'ny nahazoan'ny rahalahin'i Jarèda fampanantenana iray avy amin'ny Tompo fa tsy hokorokoroana ny fitenin'izy ireo (jereo ny Etera 1:34–35), dia nivavaka ho an'ireo namany izy (jereo ny Etera 1:36–37). Araka ny nasehon'ny rahalahin'i Jarèda dia iray amin'ireo toetry ny olona mahatoky ny mivavaka ho an'ny namany mba hahazo ireo fitahian'ny Tompo.

Nitahy ireo fianakavian'i Jarèda sy ny rahalahiny ary ireo naman'izy ireo ny Tompo mba tsy hanorokoroana ny fitenin'izy ireo. Dia nangataka ny rahalahiny mba hivavaka tamin'Andriamanitra i Jarèda mba hanontany Azy hoe aiza no tokony halehan'ny fianakavian'izy ireo. (Jereo ny Etera 1:38–40.)

Vakio ny Etera 1:40–43 ary tadiavo ireo toromarika nomen'ny Tompo ny Jaredita mba hitarihana azy ireo nandritra ny dian'izy ireo. Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ho an'i Jarèda sy ny rahalahiny ny nanaraka ireny toromarika avy amin'ny Tompo ireny?

## Etera 2:1–12

### *Nanomboka ny dian'izy ireo nankany amin'ny tany nampanantenaina ny Jaredita*

Vakio ny Etera 2:1–3 mba hahitana hoe hatraiza no nanarahan'ny Jaredita ireo toromarika nomen'ny Tompo azy ireo mikasika ny fiomanana handeha ho any amin'ny tany nampanantenaina iray (jereo ny Etera 1:41–42). Dia vakio avy eo ny Etera 2:4–6 ary tadiavo ny zavatra nitranga manaraka. Jereo fa noho ny fankatoavan'ny Jaredita ireo toromariky ny Tompo dia nomeny torolalana bebe kokoa izy ireo. Saintsaino ireo fitahiana sy ny fitarihana azon'ny Jaredita satria nanaraka ireo toromariky ny Tompo izy ireo.

Mianatra ity fitsipika ity isika avy amin'ny zavatra niainan'ny Jaredita: **Afaka mahazo fitarihana bebe kokoa avy amin'ny Tompo isika rehefa miasa ampinoana manaraka ny torolalana nomeny antsika.** Azonao soratana ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Etera 2:6i ty fitsipika ity.

Afaka mieritreritra fahatsapana na bitsika noraisinao avy amin'ny Tompo ve ianao rehefa nivavaka, namaky soratra masina, na nanatrika fivoriam-piangonana? Tadidio izany fahatsapana na bitsika izany eo ampamakianao ity teny avy amin'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity mikasika ny hoe ahoana no handraisantsika valim[bavaka] matetika: "Ankavitsiana ny fotoana hahazoanao indray mandeha ny valin['ny vavaka rehetra nataonao]. Ho avy tsikelikely amin'ny fotoany izany, na mitambatra, mba hitomboanao amin'ny fahaizanao manao zavatra. Satria arahina amin'ny finoana ny tsirairay amin'izany dia hotarihina amin'ny ampahany hafa ianao mandra-pahazoanao ny valiny manontolo. Izany lamina izany dia mitaky anao mba hampihatra finoana amin'ny fahafahan'ny Rainao hamaly. Raha toa ka tena sarotra izany indraindray, dia miteraka fivoarana lehibe an'ny tena manokana izany" *Ensign* na *Liahona,* mey 2007, 9).

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba hamalinao (na azonao hamalina) ilay bitsika ara-panahy neritreretinao teo aloha. Azonao atao ny

mampiditra ireo fitahiana azonao (na afaka ho azonao) avy amin'ny fanaovana asa araka izany bitsika izany.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Etera 2:7–12 dia nilaza tamin'ny rahalahin'i Jarèda ny Tompo fa rehefa tonga ao amin'ny tany nampanantenaina izy sy ny vahoakany dia tokony "hanompo Azy, Ilay Andriamanitra marina sy tokana, na hofaohina izy" (Etera 2:8).

## Etera 2:13–15

### *Nandevilevy ny rahalahin'i Jarèda noho ny tsy fiantsoana Azy tamin'ny alalan'ny vavaka ny Tompo*

Vakio ny Etera 2:13–15 ary tadiavo ny zavatra nitranga rehefa tonga tao amin'ny ranomasina lehibe izay nanasaraka ny tany ireo Jaredita. Notarihin'ny Tompo nanerana ny tany foana izy ireo satria nihaino ny Tompo sy nitandrina ny didiny. Kanefa, taorian'ny namelaran'izy ireo ny lainy teo akaikin'ny ranomasina lehibe nandritra ny efatra taona dia tonga tamin'ny rahalahin'i Jarèda ny Tompo ary nandevilevy azy tamin'ny fanadinoany nivavaka.

Manampy antsika hianatra ireto fitsipika ireto ny Etera 2:14–15: **Tsy faly ny Tompo rehefa adinontsika ny miantso Azy amin'ny alalan'ny vavaka. Maniry antsika hiantso azy hatrany hatrany amin'ny alalan'ny vavaka ny Tompo.**

Rehefa mamaky ity teny manaraka avy amin'ny Loholona Donald L. Staheli ity ianao, izay mpikambana tao amin'ny Fitopololahy, dia eritrereto hoe impiry ianao no mivavaka: "Manan-danja ho an'ny fiainantsika sy sakafo ho an'ny fijoroantsika ho vavolombelona ireo vavaka amin'ny zotom-po isan'andro hikatsahana famelan-keloka sy fanampiana manokana. Rehefa lasa maimaika isika, mamerimberina, tsy dia miraharaha loatra, na manadinodino isika ao anatin'ny vavaka ataontsika dia manjary miala eo akaikin'ny Fanahy, izay tena manan-danja amin'ny fitohizan'ny fitarihana ilaintsika mba hamahana am-pahombiazana ireo olana eo amin'ny fiainana isan'andro" ("Securing Our Testimonies" *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2004, 39).

Valio ao anatin'ny diarinao manokana na amin'ny taratasy mitokana iray ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no tsapanao mikasika ny hatetik'ireo vavaka ataonao manokana?
- Inona no tsapanao mikasika ny fahamarinan'ireo vavaka ataonao manokana?
- Ao amin'ny vavaka ataonao manokana, mahatsapa ve ianao fa tena mifampiresaka amin'ny Ray any andanitra? Nahoana no eny, na nahoana no tsia ny valiny?



- Raha toa ka afaka manisy fanovana iray izay hanatsara ireo vavaka ataonao manokana ianao dia mety ho inona izany?

Araka ny voarakitra ao amin'ny Etera 2:16 dia nibebaka tamin'ny fahotany ny rahalahin'i Jarèda ary nivavaka tamin'ny Tompo ho an'ny fianakaviany sy ny namany izy. Nilaza taminy ny Tompo fa voavela ny helony kanefa mila manohy miaina amim-pahamarinana izy mba hotarihina mankany amin'ny tany nampanantenaina.

## Etera 2:16–25

### *Nanamboatra sambo hiampitana ny ranomasina nankany amin'ny tany nampanantenaina ny Jaredita*

Mieritrereta fanapahan-kevitry manan-danja iray an'ny tena manokana izay hatrehinao na mety hohatrehinao any aoriana, toy ny hoe ahoana no fomba hiatrehana toe-javatra sarotra iray eo amin'ny fianakaviana na ara-tsôsialy, ahoana no hahaizana tsara any an-tsekoly, iza no hovadiana, na inona no asa hokatsahana hatao. Efa nieritreritra ny fomba mety hanomezan'ny Tompo torolalana na fanampiana amin'izany toe-javatra izany ve ianao? Eo am-pandalinanao ny sisa amin'ny Etera 2 dia saintsaino ilay fanapahan-kevitra hitanao ary tadiavo ireo fitsipika izay hanampy anao hahazo ny fanampian'ny Tompo.

Vakio ny Etera 2:16–17 ary tadiavo ny zavatra nangatahin'ny Tompo ho ataon'ny Jaredita mba hirosoany mankany amin'ny tany nampanantenaina. Niatrika olana telo vokatry ny endrika hanamboarana ireo sambo ny rahalahin'i Jarèda. Vakio ny Etera 2:18–19 ary asio marika ireo olana telo nambaran'ny rahalahin'i Jarèda tamin'ny Tompo.

**2.** Mba hanampiana anao haka sary an-tsaina ny zavatra novakinao tao amin'ny Etera 2:16–19 dia ataovy sary ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay heverinao fa mety ho endrik'ireo sambo.

> ### Mijery zavatra
>
> Rehefa afaka mijery na maka sary an-tsaina izay zava-mitranga ao amin'ny tantara iray ao anaty soratra masina ianao dia afaka manampy anao hahatonga ireny zava-niseho ireny ho toy ny tena nisy sy mazava tsara kokoa izany. Afaka manampy anao hamaritra tsaratsara kokoa ireo olona sy toe-javatra ao amin'ny soratra masina ny fakana sary an-tsaina ary vokatr'izany dia mamela anao hamakafaka sy hahatakatra tsara kokoa ny zava-mitranga izany.

Hanampy anao hahita ny fomba nanampian'ny Tompo ny rahalahin'i Jarèda tamin'ireo olana tamin'ireo sambo ity tabilao manaraka ity. Halalino ireo andinin-tsoratra masina ao anatin'ny tabilao, ary ampiasao mba hamenoana ny ao anatin'ny tsanganana hoe "Vahaolana" ao amin'ny tabilao ny fahalalana azo avy amin'izany.

| Andinin-tsoratra Masina | Olana tamin'ireo Sambo | Vahaolana |
|---|---|---|
| Etera 2:20–21 | Tsy misy rivotra | |
| Etera 6:4–9 | Tsy misy familiana | |
| Etera 2:22–3:6 | Tsy misy hazavana | |

Ny zavatra nataon'ny Tompo sy ny zavatra notakiany ho ataon'ny rahalahin'i Jarèda dia samy hafa ho an'ny olana tsirairay. Isaky ny olana sy ny vahaolana tsirairay dia afaka mianatra fahamarinana samihafa isika mikasika ny fomba hanampian'ny Tompo antsika rehefa mila fanampiana. Ampitahao amin'ireo vahaolana ato anatin'ity lisitra manaraka ity ireo vahaolana nosoratanao tao amin'ilay tabilao:

*Tsy misy rivotra (Etera 2:20–21).*Mba hamahana ity olana ity dia nilaza tamin'ny rahalahin'i Jarèda ny zavatra tokony hataony ny Tompo. Dia nanana ny finoana hanarahana ireo torolalan'ny Tompo ny rahalahin'i Jarèda avy eo.

*Tsy misy familiana (Etera 6:4–9).* Mba hamahana ity olana ity dia ny Tompo izy tenany mihitsy no nanolotra vahaolana ho an'ity olana ity.

*Tsy misy hazavana (Etera 2:22–3:6).* Mba hamahana ity olana ity dia nanome torolalana vitsy ho an'ny rahalahin'i Jarèda ny Tompo. Dia nila nieritreritra vahaolana ho an'izany olana izany ny rahalahin'i Jarèda tamin'izay—niainga avy tamin'ny fahalalana nananany—ary nangataka ny fanoavan'ny Tompo sy ny fanampiany mba hanatanterahana izany izy.

Mianatra ity fitsipika ity isika avy amin'ny zavatra niainan'ny rahalahin'i Jarèda: **Rehefa miezaka manao ny anjarantsika isika mba hamahana ny olantsika dia afaka mahazo ny fanampian'ny Tompo.** Raha mieritreritra ilay fanapahan-kevitra manokana nosaintsaininao teo aloha ianao dia ahoana no fomba hanampian'ny fahalalana ity fitsipika ity anao mba hahazo fanampiana na fitarihana mikasika io fanapahan-kevitra io? Inona araka ny eritreritrao no mety andrasan'ny Tompo mba ho ataonao amin'ny fandraisanao ny fanapahan-kevitrao?

**3.** Manorata andiam-pehezanteny iray ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay manazava ny zavatra nianaranao avy tamin'ireo zavatra niainan'ny rahalahin'i Jarèda mikasika ny vavaka sy mikasika ny fahazoana ny fanampiana sy ny fitarihana avy amin'ny Tompo eo amin'ny fiainanao.

**4.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Etera 1–2 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 29: ANDRO 4

# Etera 3

## Fampidirana

Nanontany ny rahalahin'i Jarèda ny Tompo hoe: "Inona no tianao hataoko mba hananananareo hazavana ao amin'ny sambonareo?" (Etera 2:23). Ho setrin'izany dia nanomana tamim-pitandremana tokoa vato kely 16 ny rahalahin'i Jarèda ary nivavaka tamim-panetrentena

mba hikasihan'ny Tompo azy ireo "mba hahazoany mamirapiratra ao amin'ny haizina" (Etera 3:4). Noho ny finoana lehibe nananan'ny rahalahin'i Jarèda dia nahita ny rantsan-tanan'ny Mpamonjy nikasika ireo vato kely izy. Avy eo dia naneho ny tenany tamin'ny rahalahin'i Jarèda ny Tompo ary nandidy azy mba hanoratra izay zavatra hitany sy reny.

## Etera 3:1–20

*Nikasika ireo vato kely ny Tompo mba hanomezana hazavana ho an'ireo sambofiaran'ny Jaredita, ary naneho ny tenany tamin'ny rahalahin'i Jarèda Izy*

Inona avy ireo ohatra amin'ny zavatra izay angatahinao na angatahin'ny tanora marina tokoa? Misafidiana iray amin'ireo zavatra ireo, ary soraty eto izany: __________

______________________________

Eo am-pandalinanao ny ohatra nasehon'ny rahalahin'i Jarèda ao amin'ny Etera 3 dia mitadiava hevi-baovao izay mety hanampy anao na ny namanao hahazo fanampiana avy amin'ny Tompo.

Eritrereto ny vavaka nataon'ny rahalahin'i Jarèda tamin'ny Tompo mikasika ny fanomezana hazavana ho an'ireo sambo sy ny valintenin'ny Tompo taminy. Avereno jerena ny Etera 2:22–3:1. Dia manorata maribolana ho an'ny tsirairay amin'ireto sary manaraka izay mamaritra ny zavatra nataon'ny rahalahin'i Jarèda ireto ho anjarany amin'ny famahana ny olona amin'ny tsy fananana hazavana.



______________________________

______________________________



______________________________

______________________________

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny zavatra manaitra anao momba ireo ezaka nataon'ny rahalahin'i Jarèda mba hamahana ny olona tamin'ny tsy fananana hazavana tao anatin'ireo sambofiara. Na dia nihetsika nanao ezaka lehibe aza ny rahalahin'i Jarèda dia saintsaino hoe mety ho nahomby toy ny ahoana ireo vato keliny voarendrika tamin'ny fanomezana hazavana raha tsy teo ny fanampian'ny Tompo.

Vakio nyEtera 3:2–5 ary ataovy izao manaraka izao avy eo:

- Fantaro na asio marika ireo andian-teny izay maneho fa nanetry tena sy niaiky ny fiankinany tamin'Andriamanitra ny rahalahin'i Jarèda. Mety hanampy ny fahafantarana fa ilay andian-teny hoe "zary ratsy lalandava ny toetranay" dia milaza ny toetrantsika mpanota eto ambonin'ny tany. Noho ny fahalavoan'i Adama dia nisaraka ara-batana tamin'Andriamanitra isika. Miantraika amintsika ihany koa ny fahotana. Tsy afaka ny hiverina eo anatrehan'Andriamanitra isika raha tsy misy fanampiana avy any an-danitra.
- Fantaro ny zavatra nangatahin'ny rahalahin'i Jarèda ho ataon'ny Tompo.
- Fantaro na asio marika ny zavatra nijoroan'ny rahalahin'i Jarèda ho vavolombelona fa fantany mikasika an'Andriamanitra.

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no porofo hitanao ao amin'ny Etera 3:1–5 fa nanana finoana ny rahalahin'i Jarèda fa afaka hanampy azy hamaha ny olany ny Tompo?

**b.** Ahoana no fomba hanampian'ny ohatra nasehony anao mba hiaiky ny fiankinanao amin'ny Tompo rehefa mangataka ny fanampiana ianao?

Vakio ity teny manaraka avy amin'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, izay manantitrantitra ny finoan'ny rahalahin'i Jarèda: "Mino marina aho fa mahatsapa zavatra tena mahatalanjona amin'ny toetra tsy manan-tsiny tahaka ny an'ny zaza sy ny firehetan'ny finoan'ity lehilahy ity na Andriamanitra, na ireo mpamaky. *'Indro, Tompo ô, afaka manao izany Ianao'* [Etera 3:5]. Angamba tsy misy intsony ny finoana mahery vaika mihoatra izany izay nambaran'ny olona ao anatin'ny andalana iray ao amin'ny soratra masina. . . . Kanefa na dia tsy mahatoky loatra ny amin'ny fahafahana manokana ananany aza ilay mpaminany, dia *tsy* manana fisalasalana ny amin'ny herin'Andriamanitra izy" ("Rending the Veil of Unbelief," ao amin'ny *Nurturing Faith through the Book of Mormon: The 24th Annual Sidney B. Sperry Symposium* [1995], 12).

Vakio ny Etera 3:6 ary alaivo sary an-tsaina hoe mety ho toy ny ahoana ny niaina tao anatin'ilay toe-javatra voafaritra ao anatin'ity andininy ity.

Vakio ny Etera 3:9 mba hitadiavana ny antony nahavonona ny Tompo hikasika ireo vato kely sy ny antony nahafahan'ny rahalahin'i Jarèda nahita ny rantsantanan'ny Tompo.

Farano araka izay nianaranao tao amin'ny Etera 3 hatreto ity fitsipika nambara manaraka ity: **Rehefa miantso ny Tompo amim-panetrentena isika dia hamaly antsika arakaraky ny ______________ sy ny sitrapony Izy.**

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Avereno jerena ny zavatra nosoratana tany am-piandohan'ity lesona ity mikasika ny zavatra angatahinao amin'ny alalan'ny vavaka na angatahin'ny tanora hafa. Amin'ny fomba ahoana no mety hanehoan'ny olona iray finoana ny Tompo rehefa mikatsaka ny fanampiana sy ny fitarihan'ny Tompo izy ao anatin'izany toe-javatra izany?

**b.** Inona no zavatra niainanao teo amin'ny fiainanao ka nitarika anao ahafantatra ny fahamarinan'ilay fitsipika hoe rehefa miantso ny Tompo amim-panetrentena isika dia hamaly antsika arakaraky ny finoantsika sy ny sitrapony Izy?

Makà fotoana kely ary tombantombano mangina hoe hatraiza ny fatokisanao ny Tompo. Vakio ny Etera 3:9–12 ary tadiavo sy asio marika ireo porofon'ny finoan'ny rahalahin'i Jarèda ny Tompo.

Avereno jerena ny Etera 3:11 ary mieritrereta raha toa ka ampy na tsia ny finoanao ny Tompo mba hanoloranao tena hino sy hanaraka izay hambarany aminao na dia *mialoha* ny hanambarany izany aza.





Vakio ity teny manaraka nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland ity, ary tsipiho ny zavatra tokony hataontsika mba hampiharana finoana tahaka ny rahalahin'i Jarèda: "Ny finoana fanomanana dia kolokoloina amin'ny alalan'ireo traikefan'ny lasa—amin'ny alalan'ny zavatra fantatra, izay mitondra fototra ho an'ny finoana. Fa ny finoana mitondra fanavotana dia matetika no tsy maintsy ampiharina ho amin'ireo traikefan'ny hoavy—ny tsy fantatra, izay mitondra fahafahana hisehoan'ny fahagagana. . . . Ny finoana tahaka ny an'ny rahalahin'i Jarèda, dia *mialoha* ny fahagagana sy ny fahalalana. Tsy maintsy nino izy *talohan'ny* nitenenan'Andriamanitra. Tsy maintsy nanao asa izy *talohan'ny* nibaribarian'ny fahafahana nanatontosa izany asa izany. Tsy maintsy nanolo-tena izy ary mialoha ny fahatanterahan'ny ampahany voalohany tamin'ilay traikefa feno mihitsy aza. Ny finoana dia ny manaiky tsy misy fepetra—sy mialoha—na inona na inona fepetra mety takian'Andriamanitra na amin'ny hoavy akaiky na ny lavitra" (*Christ and the New Covenant: The Messianic Message of the Book of Mormon* [1997], 18–19).

Eritrereto ireo zavatra niainan'ny rahalahin'i Jarèda, nanomboka tany amin'ny Tilikambon'i Babela. Inona avy ireo zavatra niainana mety nanampy azy

hampitombo ny finoany ny Tompo? Ahoana araka ny eritreritrao no nanomanan'ireny traikefa ireny azy mba hampihatra "finoana nihoa-pampana tokoa toy [izany]" (Etera 3:9) tamin'izay fotoana izay?

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona ny zavatra iray niainanao teo amin'ny fiainanao izay mampitombo ny finoanao ny Tompo?

**b.** Ahoana no nanomanan'izany zavatra niainana izany anao mba hampihatra finoana lehibe kokoa noho izany aza amin'ny hoavy?

Vakio ny Etera 3:13–20, ary tadiavo ny fitahiana noraisin'ny rahalahin'i Jarèda noho ny finoany. Inona no zavatra nianaran'ny rahalahin'i Jarèda mikasika ny Mpamonjy avy tamin'ity traikefa mahatalanjona ity? Fitsipika iray hafa manan-danja azonao ianarana avy amin'ny Etera 3 ity: **Rehefa mampihatra finoana amin'ny Tompo isika dia hanakaiky Azy bebe kokoa.** Azonao soratana ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Etera 3:11–20 ity fitsipika ity.

Nanao fanamarihana mikasika ny Etera 3:15–16 sy ny mety ho fisavorovoroan-tsaina hitranga avy amin'izany zavatra niainana izany ny Loholona Jeffrey R. Holland:

"Ny olana [iray] izay mitaky fanamarihana fohy dia avy amin'ny tenin'ny Tompo manao hoe 'Na oviana na oviana ny olona dia tsy tonga teo anoloako niaraka tamin'ny finoana nihoa-pampana tokoa toy izay anananao; fa raha tsy izany dia tsy ho afaka nahita ny rantsantanako ianao.' Ary taty aoriana dia hoe 'Ary na oviana na oviana Aho dia tsy naneho ny tenako tamin'ny olona izay efa nohariako, satria na oviana na oviana ny olona dia tsy nino Ahy toy ny ninoanao.' [Etera 3:9, 15.]

"Ny mety hitondra fisavorovoroan-tsaina eto dia avy amin'ny fahafantarana fa betsaka tamin'ireo mpaminany niaina talohan'ny rahalahin'i Jarèda (ary angamba izy rehetra) no nahita an'Andriamanitra. Koa ahoana ary hanazavantsika ny fanambaran'ny Tompo? . . .

"Noresahan'ny mpanoratra Olomasin'ny Andro Farany imbetsaka ity olana ity ary misy fanazavana maro azo entina, na iza na iza amin'izy ireo—na izy rehetra—dia afaka manampy amin'ny fanazavana ilay fahamarinana lehibe kokoa ao amin'ity andalan-tsoratra masina ity. Na dia izany aza, ny vinany rehetra dia tsy ampy sy tsy feno raha tsy misy fanambarana na fanamarihana fanampiny ny amin'izany zavatra izany. . . .

"Ny sasany dia mino fa ny tian'ny Tompo holazaina dia hoe tsy mbola naneho ny tenany tamin'ny olona tamin'ny halehibeazana toy izany Izy teo aloha. Ity fihevitra ity dia milaza fa tsy tamin'ny 'fahafenoana' tahaka ity ireo fisehoan'Andriamanitra tamin'ireo mpaminany taloha, fa tsy mbola nisy fotoana nanaisorana ny voaly ka nanomezana fampahafantarana feno ny amin'ny toetra sy ny endrik'i Kristy. . . .

"Ny fanazavana iray farany—ary mahakasika ny finoan'ny rahalahin'i Jarèda izay ilay maha-resy lahatra indrindra—dia ny nilazan'i Kristy tamin'ny rahalahin'i Jarèda hoe, 'Na oviana na oviana Aho dia tsy naneho ny tenako tamin'ny olona *tamin'ity fomba ity, izay tsy tamin'ny alalan'ny sitrapoko ka ny finoan'ilay mpanatrimaso fotsiny ihany.*' ' Raha ny fitsipika dia *asaina* ho eo anatrehan'ny Tompo ny mpaminany, didiany hiditra eo anatrehany sy miaraka amin'ny fanoavany ihany. Ny rahalahin'i Jarèda kosa, tetsy an-kilany dia toa niantsampy samirery tao anatin'ny voaly, tsy sanatria toy ny vahiny tsy tiana ho avy fa angamba toy ny vahiny tsy nasaina raha ny marina. Hoy Jehovah hoe 'Na oviana na oviana ny olona dia tsy tonga teo anoloako niaraka tamin'ny finoana nihoa-pampana tokoa toy izay anananao; fa raha tsy izany dia tsy ho afaka nahita ny rantsan-tanako ianao. . . . Na oviana na oviana ny olona dia tsy nino Ahy toy ny ninoanao.' Mazava be fa nampifandraisin'ny Tompo Izy tenany mihitsy tamin'ny fahitana tsy manam-paharoa ny finoana tsy manam-paharoa. Raha toa ka tsy niavaka ilay fahitana dia ho ilay finoana sy ny fomba nahazoana ilay fahitana no tsy nifandanja. Ny hany fomba nahatonga ity finoana ity ho mahatalanjona dia ny fahafahany nitondra ilay mpaminany, izay tsy nasaina, ho tonga teo amin'ny toerana izay tsy nahafahan'ny hafa nandeha raha tsy niaraka tamin'ny didin'Andriamanitra ihany" (*Christ and the New Covenant,* 20–23).

## Etera 3:21–28

### *Nandidy ny rahalahin'i Jarèda ny Tompo mba hanoratra ireo zavatra izay hitany sy hamehy ny rakitsorany*

Vakio ny Etera 3:25–26 ary fantaro hoe inona koa ny zavatra hafa izay nasehon'ny Tompo tamin'ny rahalahin'i Jarèda. Araka ny voarakitra ao amin'ny Etera 3:21–24, 27–28 dia nandidy ny rahalahin'i Jarèda ny Tompo mba hanoratra ireo zavatra izay nasehony taminy tao anatin'ilay fahitana sy hamehy azy ireny. Nanazava ihany koa ny Tompo fa hanomana fomba iray mba handikana ireo asa soratry ny rahalahin'i Jarèda amin'ny hoavy Izy. Iray amin'ireo fomba nahatanterahan'ity faminaniana ity ny fotoana izay nandikan'ny Mpaminany Joseph Smith ny bokin'i Etera avy tao amin'ireo takelaka volamena mba ho ampahany amin'ny Bokin'i Môrmôna ka nahatonga ny rakitsoratry ny Jaredita ho azon'ny olon-drehetra vakina.

Saintsaino ny fomba ahafahanao mampihatra ny zavatra nianaranao androany sy ny zavatra azonao atao mba hanehoana ny finoanao ny Tompo. Rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy ianao dia handrotsaka

fitahiana eo aminao Andriamanitra, tahaka ny nataony tamin'ny rahalahin'i Jarèda.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Etera 3 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

**FIZARANA 30: ANDRO 1**

# Etera 4–5

## Fampidirana

Nandidy an'i Môrônia mba hanoratra sy hamehy ny rakitsorany mirakitra ny fahitan'ny rahalahin'i Jarèda ny Tompo. Nanazava i Môrônia fa hampahafantarina ireo rakitsoratra ireo rehefa manana finoana tahaka ny an'ny rahalahin'i Jarèda ny olona. Ho fanampin'izany dia naminany i Môrônia fa amin'ny andro farany dia hijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna ny vavolombelona telo.

### Etera 4:1–7

*Manoratra sy mamehy ny tantara feno momba ny fahitan'ny rahalahin'i Jarèda i Môrônia*

Mieritrereta zavatra iray izay tena sarobidy aminao na amin'ny fianakaviana ka mety tianao hapetraka amin'ny toerana tsy takatry ny ankizy. Inona no ilain'ny zaza iray hianarana na atao alohan'ny hitokisanao azy amin'izany zavatra izany?

Toy izany ihany koa dia manana fahamarinana sarobidy izay tiany hozaraina amintsika ny Tompo, kanefa miandry Izy ambara-pahavononantsika handray azy ireny. Eo am-pandalinanao ny Etera 4 dia tadiavo ny zavatra nampianarin'i Môrônia ka afaka manampy anao hiomana ny handray fahamarinana sy ny fitarihana lehibe kokoa avy amin'ny Tompo.

Rehefa mamaky ny Etera 3 ianao dia nampiseho tamin'ny rahalahin'i Jarèda fahitana iray ny Tompo, izay nahitany ny mponin'ny tany rehetra—lasa sy ankehitriny ary hoavy—sy ireo zavatra rehetra mikasika ny tany. Dia nodidiana ny rahalahin'i Jarèda mba hanoratra izay zavatra hitany sy hamehy ny asa sorany. Vakio ny Etera 4:4–5 ary tadiavo ny famaritan'i Môrônia ny zavatra naseho tamin'ny rahalahin'i Jarèda. Nanoratra momba ny zavatra hitan'ny rahalahin'i Jarèda i Môrônia ary nodidian'ny Tompo toy izany koa mba hamehy ilay fahitana mba hivoahan'izany amin'ny fotoan'ny Tompo. Ilay fahitana izay lazain'ireto andininy ireto dia tafiditra ao amin'ilay antsoin'ny rehetra hoe ilay ampahany voafehy amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Naminany ny amin'ny fepetra izay tokony hisy alohan'ny hampahafantarana ilay fanambarana nomena ny rahalahin'i Jarèda i Môrônia. Azonao atao ny manisy marika ireo fepetra ireo ao amin'ny Etera 4:6–7.

**1.** Mba hanampiana anao hisaintsaina ny dikan'ny hoe "[m]ampihatra finoana [ny Tompo] tahaka ny nataon'ny rahalahin'i Jarèda" (Etera 4:7), dia avereno jerena ny Etera1–3 ary ataovy lisitra ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireo fomba nanehoan'ny rahalahin'i Jarèda finoana sy fahatokisana ny Tompo. Safidio sy farito ihany koa ny iray amin'ireto ohatra ireto izay manaitra anao indrindra ary hazavao ny anton'izany.

Tahaka ny hatokisanao ny ankizy iray amin'ny zavatra sorobidy iray miaraka amin'ny fepetra manokana dia mizara fahamarinana fanampiny amin'ny zanany ny Tompo rehefa maneho ny fahavononantsika arapanahy sy mino ireo fahamarinana sarobidy izay efa nambarany ary mampihatra finoana Aminy isika.

### Etera 4:8–19

*Nampianatra izay tsy maintsy ataontsika mba handraisana fanambarana bebe kokoa i Môrônia*

Jereo ny lambam-baravarankely iray ao anatin'ny efitrano misy anao. Eritrereto ny fomba hameran'izany lambam-baravarankely izany ny zavatra azonao jerena.


Nampiasa ny sary ohatry ny voaly, izay mitovy amin'ny lambam-baravarankely iray i Môrônia mba hampianarana fitsipika izay mitantana ny fomba ahafahan'ny tsirairay amintsika mahazo fanambarana. Vakio ny Etera 4:15 ary tadiavo ilay andian-teny izay ahitana ny teny hoe *voaly.* Jereo fa nampitahain'i Môrônia tamin'ny tsy finoana ny voaly iray. Amin'ny fomba ahoana no hitovian'ny tsy finoana amin'ny voaly iray? ___________

______________________________

______________________________

Mety hanampy ny mahatakatra fa ny teny hoe *hotriarina* ao amin'ny Etera 4:15 dia midika hoe rovitina. Alaivo sary an-tsaina izany hoe afaka manatriatra ny voaly eo anelanelanao sy ny fahalalana ny Tompo ianao.

Nofaritan'i Môrônia ireo zavatra izay manampy antsika "[hanatriatra] ity voalin'ny tsy finoana ity" sy hamela antsika handray fanambarana bebe kokoa. Nanomboka tamin'ny fampitandremana ny amin'ny fihetsika izay manakana antsika tsy handray fanambarana bebe kokoa izy. Vakio ny Etera 4:8 ary asio marika



ny zavatra hahatonga ny Tompo tsy hanome fanambarana sy "tsy [haneho] zavatra lehibe kokoa."

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe "[m]ifanditra amin'ny tenin'ny Tompo"? (Etera 4:8).

**b.** Inona avy ireo fomba mety "[hifandiran'ny tanora iray] amin'ny tenin'ny Tompo" ankehitriny?

Nampidirin'i Môrônia ny tenin'ny Tompo manokana mba hamaritana ny fomba hahazoana fanambarana fanampiny avy Aminy. Fakafakao ny Etera 4:11, 13–15 ary asio marika ireo andian-teny izay mampianatra ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hanasana ny fanambaran'ny Tompo sy ny ho fihetsiny raha toa ka manao ireo zavatra ireo isika.

Inona avy ireo fitsipika mikasika ny fanambarana sy ny fomba fanasana izany eo amin'ny fiainanao izay azonao ianarana avy amin'ireo andininy ireo? Azonao atao ny manoratra fitsipika iray izay nianaranao avy tamin'ireo andininy ireo ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Etera 4:11.

Fitsipika iray manan-danja azontsika ianarana avy amin'ny torohevitry ny Tompo ny hoe **rehefa mampihatra finoana lehibe ny tenin'ny Tompo isika dia hitahy antsika amin'ny fanambarana bebe kokoa Izy amin'ny fotoana sy fomba tiany hanaovana izany.**

**3.** Hazavao ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny antony izay eritreretinao fa ilanao mampiseho finoana ny tenin'Andriamanitra izay efa noraisinao talohan'ny nanambaran'ny Tompo misimisy kokoa tamin'izany taminao. Dia omeo isa eo amin'ny mari-drefy 1 ka hatramin'ny 10 ny tenanao (10 no "tena tsara indrindra") mikasika ny hoe toy ny ahoana araka ny fahatsapanao no halehiben'ny fampiharanao finoana ny Tompo amin'ny alalan'ny fikatsahana sy ny fanarahana ny teniny amin'ny tsirairay amin'ireto lafin-javatra manaraka ireto:

**a.** Vavaka isan'andro

**b.** Fanarahana ireo bitsika izay azonao amin'ny alalan'ny Fanahy Masina

**d.** Fanohanana sy fanarahana ireo mpitondra ao amin'ny sampana, paroasy, distrika, na tsatòka misy anao

**e.** Fandalinana ny tenin'Andriamanitra any am-piangonana na amin'ny seminera

**f.** Fandalinana manokana ny soratra masina

**g.** Fanarahana ny tenin'ireo mpaminany sy fiainana ireo didy

**4.** Farito ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba nahafahanao nandray fanambarana bebe kokoa avy tamin'ny Tompo tamin'ny alalan'ny fankatoavana an'Andriamanitra tamin'ny iray amin'ireo lafin-javatra voalaza tetsy ambony.

Saintsaino ny fomba mety ahazoanao mampiditra izany fitsipiky ny fampiharana finoana ny tenin'ny Tompo izany amin'ireo ezaka ataonao mba hanasana fanambarana sy fitarihana fanampiny avy amin'ny Tompo.

## Etera 5

### *Nanambara i Môrônia fa hisy vavolombelona telo hahita sy hijoro ho vavolombelona ny amin'ireo takelaka*

Vakio ny Etera 5:1–3. Inona no nosoratan'i Môrônia tao anatin'ireo andininy ireo izay miantefa any amin'ny Mpaminany Joseph Smith—ilay olona izay handika ny rakitsoratra eo amin'ireo takelaka any aoriana any? Alaivo sary an-tsaina hoe mety nanao ahoana tamin'i Joseph Smith ny nahita ireo andininy ireo rehefa nandika ny Bokin'i Môrmôna izy.



Vakio ity teny manaraka avy amin'ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany ity, ary mitadiava andian-teny izay manaitra anao mikasika ny fijoroana ho vavolombelon'ireo vavolombelona telo: "Tsy nandà na oviana na oviana ny fijoroany ho vavolombelona ny amin'ny Bokin'i Môrmôna ireo vavolombelona telo. Tsy afaka nanao izany izy ireo satria fantatr'izy ireo fa marina izany. Nanao fahafoizan-tena maro izy ireo ary niaina zava-tsarotra maro mihoatra noho izay fantatry ny ankamaroan'ny olona. Nanome fijoroana ho vavolombelona mitovy tamin'izany mikasika ny fiavian'ny Bokin'i Môrmôna avy any an-danitra i Oliver Cowder raha iny izy nandry ho faty iny. . . . Ny fanohizan'izy ireo nanamafy izay zavatra hitany sy reny tao anatin'izany zavatra niainana mahatalanjona izany, nandritra ny fotoana naharitra nisarahan'izy ireo tamin'ny Fiangonana sy lavitra an'i Joseph dia mahatonga ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona ho mahery kokoa" ("An Enduring Testimony of the Mission of the Prophet Joseph," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2003, 90



Araka ny Etera 5:2–3, inona no mety ho tombontsoa ho an'ny Mpaminany Joseph Smith amin'izay azony atao amin'ireo takelaka?

**5.** Tahaka ireo lehilahy telo izay nahazo tombontsoa ho vavolombelon'ny fisian'ireo takelaka volamena dia afaka ny ho tonga vavolombelon'ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna ihany koa ianao. Raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba vitsivitsy izay hahafahanao ho vavolombelon'ny Bokin'i Môrmôna. Ho fanampin'izany dia soraty ny fomba ahafahan'ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny Bokin'i Môrmôna hisy fiantraikany amin'ny olon-kafa.

Mikatsaha ombam-bavaka fahafahana hizara ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny Bokin'i Môrmôna amin'ny olona iray amin'ity herinandro ity.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Etera 4–5 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 30: ANDRO 2

# Etera 6

## Fampidirana

Taorian'ny fiomanana araka ny didin'ny Tompo dia niditra tao amin'ireo sambofiaran'izy ireo ny Jaredita ary natoky ny Tompo mba hitondra azy ireo tsy ho azondoza mandritra ny dia sarotra nataon'izy ireo nankany amin'ny tany nampanantenaina. Nandefa rivotra izay nampihilangilana ireo sambo tambonin'ny onja ny Tompo ary nandevina azy ireo imbetsaka tany anaty ranomasina, kanefa izany rivotra izany ihany no nanosika azy ireo nankany amin'ny tany nampanantenaina. Taorian'ny nanorenan'izy ireo ny fonenany teo amin'ilay tany vaovao dia nisafidy mpanjaka ny vahoaka na dia teo aza ny fampitandreman'ny rahalahin'i Jarèda.

## Etera 6:1–12

***Nentin'ny Tompo nankany amin'ny tany nampanantenaina tamin'ny alalan'ny rivotra ny Jaredita***

Misy ireo fotoana izay mety ahatsapantsika fa sarotra ny manao izay angatahin'ny Tompo, toy ny mizara ny filazantsara amin'ny namana iray, mijanona ho madio ara-pitondrantena, misafidy namana izay manaraka fitsipika ambony, ary mametraka laharam-pahamehana mendrika eo amin'ny fiainana. Afaka mieritreritra ohatra hafa ve ianao mikasika ireo fotoana izay mety maha-sarotra ny manao izay angatahin'ny Tompo? ___

___

___

Ny tantaran'ny dian'ireo Jaredita nankany amin'ny tany nampanantenaina dia mampianatra fitsipika maro izay afaka mitarika anao rehefa hitanao fa sarotra ny manao izay andidian'ny Tompo. Vakio ny Etera 2:24–25 ary tadiavo ny zavatra nampitandreman'ny Tompo ny Jaredita fa hanasarotra ny dian'izy ireo mankany amin'ny tany nampanantenaina.

Mba hanoherana ireo fahasarotana ireo dia nandidy ny Jaredita ny Tompo mba hanamboatra sambofiara "nifanizina tahaka ny lovia" (Etera 2:17), izay nasiana lavaka teo amin'ny tendrony ambony sy ny fanambaniny izay azon'izy ireo sokafana mba hampidirana rivotra. Vakio ny Etera 6:1–4 ary fantaro ireo fomba hafa nasain'ny Tompo niomanan'ny Jaredita ho amin'ireo fahasarotan'ny dia.

Mety hanampy ny fahatakarana fa ny hoe "nankininy tamin'ny Tompo Andriamaniny ny tenany" (Etera 6:4) dia midika fa nanankina ny tenan'izy ireo

tamin'Andriamanitra ny Jaredita mba ho fikarakarana sy fitsinjovana azy ireo.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana no mety ho sarotra ho an'ny Jaredita ny natoky ny Tompo tao anatin'ity toe-javatra ity?

**b.** Nahoana araka ny eritreritrao no samy manan-danja ny fiomanana sy ny fanankinana ny tenan'izy ireo tamin'ny Tompo?

Eo am-pamakianao ny Etera 6:5–11 dia ezaho alaina sary an-tsaina hoe mety ho toy ny ahoana izany nandeha tao anatin'ny sambofiaran'ny Jaredita izany.

**2.** Mba hanampiana anao hiomana hamantatra ireo fitsipiky ny filazantsara izay azonao hianarana avy amin'ity tantara ity dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no nanehoan'ny Jaredita ny fitokisan'izy ireo ny Tompo nandritra ny dia sarotra nalehan'izy ireo? (jereo ny Etera 6:7, 9).

**b.** Ahoana no fomba nitahian'Andriamanitra azy ireo nandritra ny dian'izy ireo?

Taorian'ny iray taona latsaka teny ambony rano dia tapitra ihany ny dian'ny Jaredita. Vakio ny Etera 6:12 ary fantaro ny zavatra tsapan'izy ireo rehefa tonga tao amin'ny tany nampanantenaina izy ireo. Fintino ny zavatra nianaranao tao anatin'ity lesona ity hatreto amin'ny alalan'ny famenoana ity fitsipika voalaza manaraka ity: **Rehefa matoky ny Tompo sy manao ny sitrapony isika, dia . . . Izy.**____________________

________________________________________.

Fomba iray hamenoana ity teny ity ny andian-teny hoe "hitarika ny lalan'ny fiainantsika." Mba hampitomboana ny fahatakaranao ity fitsipika ity dia jerena indray ireo fotoana izay mety hahatsapantsika fa sarotra ny manao izay angatahin'ny Tompo izay voatanisa any amin'ny fiantombohan'ny lesona. Tahaka ny nataony tamin'ny Jaredita dia manomana antsika ihany koa ny Tompo mba handresy ireo zava-tsarotra hatrehantsika eo amin'ny fiainana rehefa mivavaka sy manaraka ny mpaminany ary mitandrina ny didy isika.

**3.** Raketo ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny fomba mety hanehoan'ny olona iray fatokiana ny Tompo. Araka ny ohatry ny Jaredita, inona no tokony ataontsika rehefa miatrika didy sarotra avy amin'ny Tompo isika?

**4.** Saintsaino ity fitsipika manaraka ity: **Rehefa matoky ny Tompo isika dia afaka manampy antsika handroso sy hahazo ireo fitahiana nampanantenaina ny fahoriana sy ny zava-tsarotra.** (Azonao soratana ao anatin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Etera 6:5–10 izany.) Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no hahatsapanao fa nandroso sy nahazo ireo fitahiana tamin'ny alalan'ny faharetana am-pahatokiana ireo zava-tsarotra natrehanao na mbola atrehanao eo amin'ny fiainanao ianao ankehitriny?

**b.** Ahoana no hahafahanao matoky bebe kokoa ny Tompo sy manaraka ny torolalany ao anatin'ny toe-javatra sarotra izay mety hatrehinao?

## Etera 6:13–18

### *Nampianatra ny zanany mba handeha amim-panetrentena eo anoloan'ny Tompo ny Jaredita*

Alaivo sary an-tsaina hoe vao niampita ranomasimbe iray tahaka ny Jaredita ianao ka tonga ao amin'ny tany iray izay tena vaovao be ho anao. Vakio ny Etera 6:13–18 ary eritrereto ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona avy no mety ho ohatra amin'ny hevitry ny hoe mandeha amim-panetrentena eo anoloan'ny Tompo? Ahoana no fomba namporisihan'ny ray aman-dreninao na ny hafa anao mba handeha amim-panetrentena eo anoloan'ny Tompo? Inona araka ny eritreritrao no hifandraisan'ny hoe mandeha amim-panetrentena sy ny nampianarina avy tany ambony? Oviana no nahatsapanao fa "nampianarina avy tany ambony" ianao? (Etera 6:17).

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Etera 6 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 30: ANDRO 3

# Etera 7–11

## Fampidirana

Na dia naminany aza ny rahalahin'i Jarèda fa ny fametrahana mpanjaka Jaredita dia hitarika amin'ny fahababoana dia tsy tanteraka teo no eo ny teniny. Nanjaka tamim-pahamarinana i Ôrihà izay mpanjaka Jaredita voalohany. Kanefa nanjary lasa mpanjaka tamin'ny alalan'ny fananganana tsikombakomba miafina ny lehilahy iray nantsoina hoe Jarèda rehefa nisy taranaka roa nifandimby taty aoriana. Nandritra ny fitondran'ireo mpanjakany dia nihodinkodina imbetsaka tamin'ny fihainoana ny mpaminany sy fiainana tao anatin'ny

fahamarinana ary ny fandavana ny mpaminany sy ny fiainana tao anatin'ny faharatsiana maro ny Jaredita.

## Etera 7

### *Naka ny fanjakan'ny rainy i Kôhôra, azon'i Solè rahalahiny indray izany, ary nanameloka ny faharatsian'ny vahoaka ny mpaminany*

Ahoana araka ny eritreritrao no mety ho tsapan'ny olona miaina ao anaty fahababoana? Efa nanana fahatsapana ho voageja koa ve ianao noho ireo safidy diso izay nataonao? Mitadiava hevi-baovao mikasika ny fomba ahafahanao misoroka ny fahababoana ara-batana sy ara-panahy eo am-pandalinanao ny Etera 7–11.



Rehefa antitra i Jarèda sy ny rahalahiny dia nangataka mpanjaka ny Jaredita. Nampitandrina ny vahoaka ny rahalahin'i Jarèda fa hitarika azy ireo any amin'ny fahababoana ny fananana mpanjaka ( jereo ny Etera 6:19–23).) Nilaza faminaniana nanohitra ireo asa izay hitarika antsika any amin'ny fahababoana na ara-batana na ara-panahy hatrany ireo mpaminany.

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny ohatra iray na roa amin'ireo zavatra atao izay ampitandreman'ireo mpaminany maoderina sy ny fomba ahafahan'ireo zavatra atao ireo mitondra any amin'ny fahababoana ara-batana na ara-panahy.

Na dia teo aza ny fampitandreman'ny rahalahin'i Jarèda dia nisafidy ny hanana mpanjaka ny vahoaka. Vakio ny Etera 7:1–2 mba hianarana raha toa ka tanteraka tamin'ny andron'i Ôrihà, izay zanak'i Jarèda ny faminanian'ny rahalahin'i Jarèda. Eritrereto ny zavatra holazainao amin'ny olona iray izay niaina tamin'ny andron'ny Mpanjaka Ôrihà ka tsy nino fa ho tanteraka ny faminanian'ny rahalahin'i Jarèda.

Tanteraka taorian'ny fifandimbiasan'ny taranaka roa ny fampitandremana ara-paminanian'ny rahalahin'i Jarèda. Vakio ny Etera 7:3–7 ary fantaro ny fomba niainan'i Kiba sy ny vahoakany tao anatin'ny fahababoana teo ambanin'ny fitondran'i Kôrihôra, izay nitondra azy hikomy tamin-drainy ny faniriana feno fitiavan-tena nananany. Vokatry ny fitiavan-tena sy ny fikomiana ity fahababoana ity.

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay holazainao amin'ny olona ankehitriny izay tsy mankatò ny torohevitry ny mpaminany kanefa tsy mahatsapa fa ao anatin'ny fahababoana ara-panahy izy ireo. (Azonao ampidirina ao anatin'ny valinteninao ny hevitra hoe ireo izay lasa voasaringotra ao anatin'ny fahababoana ara-panahy no matetika mahatsapa izany farany indrindra. Manomeza toe-javatra maoderina mikasika ny zavatra iray izay mety hametraka ny olona iray ao anatin'ny fahababoana ara-panahy.)

Ity ampahany amin'ny tantaran'ny Jaredita ity dia mampiseho ilay fitsipika fa **ny fandavana ny tenin'ireo mpaminany dia mitondra amin'ny fahababoana.** Saintsaino ireo fomba mety niainanao fahababoana ara-panahy noho ny tsy fankatoavana ireo didy na torohevitra avy amin'ny faminaniana.

Ny fikomian'i Kôrihôra tamin'i Kiba rainy dia nitarika tamin'ny fifandirana sy ady tsy tapaka. Raha tao amin'ny fahanterany i Kiba dia nanana zanaka lahy hafa—i Solè. Rehefa niha-lehibe i Solè dia niady tamin'i Kôrihôra rahalahiny izay mpikomy.

**3.** Alaivo sary an-tsaina hoe mpanao gazety voatendry hiresaka ny tantaran'i Solè ianao. Vakio ny Etera 7:8–13 ary manorata andiam-pehezanteny fohy ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izay mitatitra ny zavatra tianao hasongadina ao anatin'ny firesahanao ny fiainan'i Solè.

Nandritra ny fanjakan'i Solè dia nisy mpaminany maro tonga teo anivon'ny vahoaka ka nampitandrina azy ireo ny amin'ny faharatsian'izy ireo. Vakio ny Etera 7:23–25 ary fantaro ny zavatra naminanian'ireo mpaminany sy ny fihetsika nasehon'ny vahoaka. Ahoana ny fihetsika nasehon'i Solè? Tamin'ny fomba ahoana no nitahiana ny vahoakan'i Solè noho ny fiarovany ireo mpaminany?

Vakio ny Etera 7:26–27 ary tadiavo ny zava-nitranga rehefa nankatò ny tenin'ireo mpaminany ny vahoaka. "Nahatsiaro ny zava-dehibe izay efa nataon'ny Tompo ho an'ny razany" i Solè (Etera 7:27). Rehefa mahatsiaro ireo zava-dehibe nataon'ny Tompo taminao ianao dia azo antoka kokoa fa hanana fankasitrahana ho Azy ianao ary hiaina am-pahamarinana.

Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fitsipika manandanja iray ireo zava-nitranga ireo: **Rehefa mibebaka amin'ny fahotantsika isika dia manomboka miroborobo.** Ny teny hoe *miroborobo* dia midika hoe "manantena" sy "mahomby" ihany koa, ary "matetika izany dia ampiasaina amin'ny lafin'ny fahombiazana ara-materialy, [kanefa] *tsy* voatery midika ho fahabetsahan'ny fananana ara-nofo izany—na koa hilazana fiainana mahafinaritra, tsy misy olana. . . .

"Ireo tena olon-marina *dia* miroborobo, rehefa manana fahatokiana izy ireo, izay mitarika ny finoana hanao asa sy miteraka toe-javatra miseho mahasoa avy amin'ireo izay tsy dia nahomby loatra. Tsy miandry ny Tompo hanome na hihazona valisoa izy ireo, fa miantso Azy kosa mba hanome fitarihana mikasika izay ho tena mahasoa tokoa ho azy ireo, na ara-nofo izany na ara-panahy. Ny fitarihana toy izany dia mety hitondra amin'ny fiovan'ny asa atao, fifindrana any amin'ny distrika hafa, fahazoana fiofanana na fahaiza-manao vaovao, na fanekena ny zavatra araka izay fisehony kanefa miasa araka izay azon'ny tena atao sy manaraka ny fitarihan'ny Fanahy amin'ny fomba hafa" (Alan Webster, "I Have a Question," *Ensign,* apr. 1990, 52–53).

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Tamin'ny fomba ahoana no nitahiana anao tamin'ny fihainoana ny tenin'ireo mpaminany?

**b.** Inona no zavatra iray azonao atao mba hihainoana tsaratsara kokoa ny tenin'ireo mpaminany ka ho mendrika ireo fitahian'ny Tompo?

## Etera 8:1–9:12

### *Lasa mpanjakan'ny Jaredita tamin'ny alalan'ny tsikombakomba miafina i Jarèda, dia avy eo i Akisa*

Vakio ity lisitra manaraka ity: ny mozika henoinao, ireo eritreritra ananananao, ny fomba fihetsikao any antsekoly, ireo sarimihetsika jerenao, ny fitondrantenanao rehefa mampiaraka, ireo zavatra ataonao miaraka amin'ny namanao, ny zavatra ataonao rehefa tsy misy olona hafa manodidina anao. Nahoana ny olona izay mirotsaka amin'ny fitondrantena ratsy no te hanafina ny fomba fandraisany anjara amin'ny iray na maromaro amin'ireo zavatra atao ireo amin'ny namany, ny ray aman-dreniny, na ireo mpitarika azy? Inona no loza miandry amin'ny firotsahana ao anatin'ny zavatra atao miafina izay tsy marina?

Araka ny voalazan'ny Etera 8 dia lasa mpanjaka taorian'ny nahafatesan'i Solè i Ômera, kanefa "nikomy tamin-drainy" i Jarèda, zanakalahin'i Ômera (Etera 8:2) ary "nametraka ny fony tamin'ny fanjakana sy ny voninahitr'izao tontolo izao" izy (Etera 8:7). Namolavola drafitra iray niaraka tamin-drainy izay hanome azy ny fanjakana ny zanakavavin'i Jarèda. Vehivavy tsara tarehy izy, ary rehefa nandihy teo anoloan'ny lehilahy iray nantsoina hoe Akisa izy dia nanam-paniriana ny hanambady azy i Akisa. Niteny tamin'i Akisa i Jarèda fa afaka manambady ny zanany vavy i Akisa "raha entinao eto amiko ny lohan'ny mpanjaka raiko" (Etera 8:12). Nanao tsikombakomba miafina niaraka tamin'ny namany i Akisa mba hamono ny mpanjaka Ômera. Ny tsikombakomba miafina iray dia ny fanaovan'ny olona roa na mihoatra voady mba hitazona ireo asa ratsy miafina ataon'izy ireo ho tsiambaratelo mba hialana amin'ny vokatry ny asan'izy ireo.

Vakio ny Etera 8:15–18 ary mitadiava teny na andianteny izay mamaritra ny sasany amin'ireo antony manosika sy fomba fanao ao ambadik'ireo izay manao ireo tsikombakomba miafina.

**5.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny roa na maromaro amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana no mandray anjara amin'ny tsikombakomba miafina ny olona sasany?

**b.** Nahoana araka ny eritreritrao no manimba tokoa ara-panahy ny mino fa afaka manao "ny karazana faharatsiana . . . rehetra" (Etera 8:16) na "na inona na inona zavatra" izay irianao ianao (Etera 8:17) ka tsy hiatrika na vokatra inona na vokatra inona?

**d.** Andian-teny inona ao amin'ny Etera 8:18 no milaza ny zavatra tsapan'ny Tompo mikasika ny tsikombakomba miafina? Nahoana araka ny eritreritrao no raisina ho "ratsy indrindra noho ny rehetra" ny tsikombakomba toy izany?

Vakio ny Etera 8:20–22, 25 sy ny Etera 9:5–6, 11–12 ary tadiavo ireo vokatry ny fanohanana ireo tsikombakomba miafina. Fintino ny zavatra nianaranao: _______

_______________________________________________

_______________________________________________

Iray amin'ireo fahamarinana izay mety ho hitanao ao amin'ireo andininy ireo ny hoe: **Mitondra any amin'ny famongorana ny tsirairay sy ny fiaraha-monina maro ny fanohanana tsikombakomba miafina.**

Niato tamin'ny fanoratana mikasika ny adin'ny Jaredita i Môrônia mba hiresahana amintsika. Vakio ny Etera 8:23–24, 26 ary fantaro ny fomba namporisihan'i Môrônia ny olona amin'izao androntsika izao mba hampihatra ireo fampitandremany mikasika ny tsikombakomba miafina.

Mieritrereta valinteny ho an'ireto fanontaniana manaraka ireto: Nahoana araka ny eritreritrao no ao anatin'ny "toe-javatra mahatsiravina" (Etera 8:24) ny firenena iray, ny fiaraha-monina iray, na ny vondrona hafa iray rehefa misy tsikombakomba miafina eo anivony? Ahoana no hanomezan'ny fanafenana hery ireny tsikombakomba ireny? Ahoana no ahafahan'ny fahafantarana ny fahamarinana mikasika

ny tsikombakomba miafina manampy ny olona mba handrava ity faharatsiana ity?

**6.** Jereo indray ilay lisitry ny zavatra atao nomena tany amin'ny fiandohan'ity ampahany amin'ny lesona ity. Na dia tsy voatery hosokajiana ho tsikombakomba miafina aza ny fanaovana safidy ratsy amin'ireo lafin-javatra eo amin'ny fiainanao ireo dia soraty ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina ny loza izay tonga avy amin'ny fisafidianana ny hirotsaka amin'ny fanaovana zavatra izay tsapan'ny olona iray fa ilaina ny mihazona izany ho miafina amin'ny hafa.

## Etera 9:13–11:23

*Nandimby ny mpanjaka iray ny iray hafa—ny sasany dia olo-marina ary ny sasany dia ratsy fanahy*

Araka ny voarakitra ao amin'ny Etera 9–11 dia nisy mpanjaka maro nanjaka teo amin'ny Jaredita, ny sasany nanjaka tao anatin'ny fahamarinana ary ny sasany tao anatin'ny faharatsiana. Vakio ny Etera 9:26–35 (nandritra ny fanjakan'i Heta) sy ny Etera 11:1–8 (nandritra ny fanjakan'i Kôma sy Siblôma) ary tadiavo ny porofon'ny fahamarinan'ilay fitsipika hoe **ny fandavana ny tenin'ireo mpaminany dia mitondra ho amin'ny fahababoana,** izay noresahana teo aloha tao anatin'ity lesona ity.



Tadidio ilay fomba neritreretinao mba hihainoana tsaratsara kokoa ny tenin'ny mpaminany. Mandritra ny andro vitsivitsy manaraka dia tratraro ity tanjona ity ary mitadiava fahafahana mba hizara ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny maha zava-dehibe ny fankatoavana ny tenin'ireo mpaminany.

**7.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Etera 7–11 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

**FIZARANA 30: ANDRO 4**

# Etera 12

## Fampidirana


Taorian'ny nitantaran'i Môrônia ny tantaran'ny Jaredita nandritra ny taona maro dia nanolotra ny asa fanompoana nataon'ny mpaminany Etera izy. Dia niato kely tamin'ny fitantarany tantara i Môrônia ary nandrakitra ny sasany amin'ireo fitahiana izay tonga amin'ireo izay mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy. Nanambara ahiahy iray ihany koa izy. Natahotra izy fa ireo izay hamaky ny Bokin'i Môrmôna amin'ny andro farany dia tsy hanaiky izany noho ny fahalemeny sy ny fahalemen'ireo mpanoratra hafa amin'ny fanoratana. Nampanantena an'i Môrônia ny Tompo fa mampatanjaka ny fahalemen'ireo rehetra manetry ny tenany eo anoloany sy manana finoana Izy.

## Etera 12:1–4

*Nitory fibebahana tamin'ny Jaredita i Etera*

Nahoana no zava-dehibe ho an'ny sambo ny manana vatofantsika? Inona avy ireo loza na fahasarotana mety hahazo ny sambo iray raha toa ka tsy manana vatofantsika izany? Omeo anarana ilay sambo eo amin'ny sary hoe *Ny fiainako.* Eritrereto ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Raha toa ka maneho ny fiainanao ilay sambo, inona no azo ampitahaina amin'ireo onjan-dranomasina?



- Raha toa ka ampitahaintsika amin'ny fahasarotana sy faharatsiana ireo onjan-dranomasina, mety ho tahaka ny inona ny fiainan'ny olona iray raha toa ka tsy manana vatofantsika izy? (jereo ny Môrmôna 5:18.)
- Inona no nomen'ny Tompo anao mba hanampiana anao hitoetra tsara tsy hihetsika toy ny vatofantsika?

Eo am-pandalinanao ny Etera 12 dia tadiavo izay tsy maintsy ataonao mba ho tahaka ilay sambo misy vatofantsika ianao—tsy mihozongozona sy voaro na dia eo aza ireo onjan-dranomasina sy faneriterena hatrehanao. Ny Etera 12 dia manomboka amin'ny fanoloran'i Môrônia ny mpaminany Etera, izay niaina tamin'ny fotoana izay nandavan'ny vahoaka ny mpaminany sy niainan'izy ireo tao anaty faharatsiana. Vakio ny Etera 12:1–3 ary mitadiava zavatra izay manaitra anao momba ny fihetsik'i Etera nandritra ireny toe-javatra sarotra ireny.

Rehefa nandeha namporisika ny vahoaka mba hibebaka i Etera dia nampianatra izay azon'ny olona iray izay mino an'Andriamanitra antenaina izy na dia voahodidin'ny fahasarotana sy ny faharatsiana aza. Vakio ny Etera 12:4 ary asio marika ny atao hoe fanantenana. (Eo am-pamakianao izany dia mety hanampy ny mahafantatra fa ny "toerana iray eo an-tanan'ankavanan'Andriamanitra" dia midika hoe hiverina eo anatrehan'Andriamanitra sy hahazo fiainana mandrakizay.)

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona araka ny eritreritrao no maha-samihafa ny fananana fanantenana "amim-pahatokiana" amin'ny maniry zavatra iray fotsiny ihany?

**b.** Ahoana no fomba hanomezan'ny finoana an'i Jesoa Kristy fahafahana ho antsika mba hanantena "amim-pahatokiana" toerana iray eo an-tanan'ankavanan'Andriamanitra?

**d.** Andian-teny inona ao amin'ny Etera 12:4 no mamaritra ireo fihetsiky ny olona iray izay manana fanantenana sy finoana an'i Jesoa Kristy?

Eo amin'ilay sarina sambo tany am-piandohan'ity lesona ity dia asio ireto soratra ireto ilay vatofantsika, *finoana* sy *fanantenana.*

Ny Etera 12:4 dia mampianatra fitsipika fa **rehefa manana fanantenana sy finoana an'i Jesoa Kristy isika dia handray tanjaka mba hifototra sy hahefa be amin'ny asa tsara.**

Saintsaino ireo fotoana izay mety sarotra ho anao ny hifototra (tsy mihozongozona) sy ny hahefa be amin'ny asa tsara ao anatin'izany. Mba hanampiana anao amin'ireo toe-javatra ireo sy mandritra ny fiainanao manontolo dia mitadiava fomba izay ahafahanao mampitombo ny finoanao ny Tompo Jesoa Kristy eo am-panohizanao ny fandalinana ny Etera 12.

## Etera 12:5–22

*Mitantara ireo fahagagana sy asa goavana izay tonga amin'ny alalan'ny finoana i Môrônia*

**2.** Ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina, farano amin'izay fahamarinana ara-pilazantsara izay hikatsahanao fijoroana ho vavolombelona ara-panahy ity fehezanteny manaraka ity: *Izaho dia te hahazo fijoroana ho vavolombelona ara-panahy ny amin'ny . . .*

Ny olona sasany dia mahatsapa fa tsy maintsy mahita porofo ny amin'ny fahamarinana iray sy mahita izany porofoina aminy izy ireo mialohan'ny hiainan'izy ireo izany. Niresaka ny amin'izany fihetsika izany i Môrônia ao amin'ny Etera 12:5–6. Vakio ireo andininy ireo ary asio marika ireo ampahany amin'ny toroheviny izay manaitra anao. (Ny Etera 12:6 dia soratra masina fehezina.)

Araka ny Etera 12:6, inona no tsy maintsy ananantsika mialohan'ny hahazoantsika fijoroana ho vavolombelona avy amin'ny Tompo? Inona no tonga ao antsainao rehefa mieritreritra momba ny "fizahan-toetra ny finoana[o]" iray ianao?



Ny olona sasany dia mandika diso ny "fizahan-toetra ny finoanareo" ho milaza fahasarotana hatrany. Nanome ity hevitra ity mikasika ny dikan'ny hoe "fizahan-toetra ny finoanareo" ny Loholona Richard G. Scott avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Afaka mianatra mampiasa tsaratsara kokoa ny finoanareo amin'ny alalan'ny fampiharana ity fitsipika nampianarin'i Môrônia ity ianareo: ". . . tsy mandray fijoroana ho vavolombelona ianareo raha tsy aorian'ny *fizahan-toetra ny finoanareo*' [Etera 12:6; nampiana fanamafisana]. Noho izany, isaky ny *mizaha toetra ny finoanareo* ianareo, izany dia mampihatra amim-pahamendrehana izay fahatsapana ananareo, dia hahazo porofo fanamafisan'ny Fanahy ianareo. Hampatanjaka ny finoanareo ireny fahatsapana ireny. Rehefa mamerimberina izany toromarika izany ianareo dia hanjary hatanjaka kokoa ny finoanareo" ("The Sustaining Power of Faith in Times of Uncertainty and Testing," *Ensign* na *Liahona,* mey 2003, 76).

Vakio ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ary tadiavo ireo fitahiana izay tonga aorian'ny hampiasan'ny olona finoana:

- Etera 12:11. Inona ilay fitahiana? ________________________________________
- Etera 12:12–13. Inona no fitahiana tonga tamin'i Almà sy i Amioleka? ________________________________________
- Etera 12:19–22, 30–31. Inona avy ireo fitahiana tonga tamin'ny rahalahin'i Jareda tamin'ny alalan'ny finoana? ________________________________________

______________________________________________

______________________________________________

Mety hanampy ny mandinika ny fampiasana ny teny hoe *aoriana* ao amin'ny Etera 12:7, 12, 17, 18, ary 31.

**3.** Araka izay nianaranao tao amin'ny Etera 12, soraty amin'ny teninao manokana ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izay tsapanao fa nampianarin'i Môrônia mikasika ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona ara-panahy avy amin'ny Tompo.

Anisan'ireo fitsipika nampianarin'i Môrônia ny hoe: **Rehefa maniry ny hanana fijoroana ho vavolombelona isika dia mila mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy aloha.**

**4.** Vakio ireto toe-javatra manaraka ireto ary soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina avy eo ny fomba ahafahan'ny olona iray mampiseho finoana ny Tompo ao anatin'ny toe-javatra roa na maromaro amin'ireo:

**a.** Te hahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna ny zatovovavy iray.

**b.** Manana faniriana mafy ny hanampy ireo olon-tiany mba hanaiky ny filazantsara ny zatovolahy iray.

**d.** Mikatsaka ny Tompo mba hitahy ny rainy izay marary ny zatovovavy iray.

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny momba ny fotoana iray izay nandraisanao na nandraisan'ny olona fantatrao iray fijoroana ho vavolombelona na fahagagana taorian'ny fampisehoana finoana.

Eritrereto indray ilay fitsipika na fotopampianarana izay tianao hahazoana fijoroana ho vavolombelona ara-panahy (jereo ny asa ampanaovina 2 ato amin'ity lesona ity). Inona no azonao atao mba hampisehoana finoana mialohan'ny handraisana ilay fijoroana ho vavolombelona?

## Soratra masina fehezina—Etera12:6

**6.** Mba hanampiana anao hitadidy tsianjery ny Etera 12:6 dia vakio imbetsaka izany, avy eo dia soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny faran'izay betsaka indrindra tadidinao amin'ilay andininy. Avy eo dia ampitahao amin'ilay tena andininy izay nosoratanao. Halalino indray ilay andininy ary soraty fanindroany ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina indray izany.

## Etera 12:23–41

### *Naneho ahiahy mikasika ny fomba handraisan'ny Jentilisa ny Bokin'i Môrmôna i Môrônia*

Araka ny voarakitra ao amin'ny Etera 12:23–41 dia naneho ny ahiahiny i Môrônia fa ireo izay handray ny Bokin'i Môrmôna amin'ny andro farany dia tsy hanaiky izany noho ny fahalemeny sy ny fahalemen'ireo mpanoratra hafa amin'ny fanoratana. Eo am-pamakianao ny valintenin'ny Tompo ny amin'ny ahiahin'i Môrônia ao amin'ny Etera 12:26–27dia tadiavo ny fomba nilazan'ny Tompo fa hahatonga ny zavatra malemy ho matanjaka. (Ny Etera 12:27 dia soratra masina fehezina.)

Matetika ny soratra masina dia maneho fitsipiky ny filazantsara iray amin'ny alalan'ny fampiasana ireo teny hoe *raha* sy *dia.* Ny teny hoe *raha* dia mamaritra izay tsy maintsy ataontsika, ary ny hoe *dia* dia manazava izay zavatra hitranga ho vokatry ny asa nataontsika. Vakio ny Etera 12:27 ary mitadiava fitsipika misy raha–dia iray, dia soraty etsy ambany etsy izany.

**Raha . . . isika**______________________________________

______________________________________________,

**dia . . . ny Tompo**____________________________________

______________________________________________.

Hifampiresahanao sy ny mpampianatra anao lalindalina kokoa ireo andininy ireo ao anatin'ny lesona amin'ity herinandro ity. Handalina sy hianatra bebe kokoa momba ny resak'i Môrônia mikasika ny finoana, fanantenana, ary fiantrana izay hita ao amin'ny Etera 12:28–41 ihany koa ianao.

## Soratra masina fehezina—Etera 12:27

Mba hanampiana anao hitadidy ireo hevitra ao amin'ny Etera 12:27 dia hadikao amin'ny taratasy iray izao manaraka izao: *Raha manatona . . . asehoko . . . fahalemeny. Omeko . . . fahalemena . . . mietry; . . . fahasoavako . . . an'ny olon-drehetra . . . manetry tena . . . raha manetry tena . . . malemy . . . matanjaka . . . .*

Avereno vakiana ny Etera 12:27 ary diniho ireo teny ireo. Avereno lazaina araka izay betsaka indrindra azonao atao ilay andininy eo am-pijerena ireo teny ao amin'ilay taratasy fotsiny ihany. Apetraho any amin'ny toerana izay hahitanao azy aoriana kely ao na androany na rahampitso ilay taratasy (ohatra hoe ao anaty paosinao na ao anatin'ny soratra masinao). Avereno jerena ny Etera 12:27 isaky ny mahita ilay taratasy ianao ambara-pahaizanao tsianjery ilay andinintsoratra masina.

**7.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Etera 12 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).


*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 31: ANDRO 1

# Etera 13–15

## Fampidirana

Naminany ny amin'i Jerosalema Vaovao ny mpaminany Etera. Nampitandrina an'i Kôriantomira, mpanjaka Jaredita iray izy, fa haringana ny vahoakany noho ny faharatsiana, ary nananatra an'i Kôriantomira sy ny ankohonany mba hibebaka izy. Rehefa nandà ny hibebaka i Kôriantomira dia nirongatra nandritra ny taona maro ny ady sy ny faharatsiana ambara-paharingana ny firenena Jaredita manontolo. I Etera sy Kôriantomira no hany sisa velona ho vavolombelon'ny fahatanterahan'ny faminanian'i Etera.



## Etera13:1–12

*Noraketin'i Môrônia ireo faminanian'i Etera ny amin'i Jerosalema Vaovao sy Jerosalema Fahiny*

Mieritrereta tanàna vitsivitsy amin'izao fotoana izao izay manana anarana hafa maneho toe-javatra mampiavaka an'ilay tanàna. Ohatra, i Parisy, Frantsa dia fantatra ihany koa amin'ny hoe ilay Tanànan'ny Hazavana. Hanombohana izany dia andeha hojerena raha toa ka afaka mampifandray ireo tanàna eto ambany amin'ny anarany marina hafa ianao (ny valinteny dia omena any amin'ny faran'ny lesona).

| | |
|---|---|
| Le Caire, Egypta | Ilay Tanàna Mandrivotra |
| Manille, Filipina | Ilay Tanànan'ny Tilikambon'ny Mosquée anarivony |
| Chicago, Etazonia | Ilay Tanàna Mandrakizay |
| Mexico City, Meksika | Ilay Voahangin'ny Atsinanana |
| Rome, Italia | Ilay Tanànan'ny Rova |

Misarika ny saina amin'ny tanàna roa lehibe amin'ny andro farany ny lesona anio: (1) Jerosalema sy (2) ilay Jerosalema Vaovao. Amin'ny andro farany dia hanjary ho fantatra noho ny fahamarinany ireo tanàna roa ireo. Nampianatra ny Jaredita i Etera fa ilay tany izay nipetrahan'izy ireo no toerana ho an'ny tanàna ho avy iray izay antsoina hoe Jerosalema Vaovao.

Vakio ny Etera 13:2–8. Nambaran'ny Tompo tamin'ny Mpaminany Joseph Smith fa ilay Jerosalema vaovao hita ao amin'ny Etera 13:6 dia haorina ao Jackson County, Missouri, Etazonia (jereo ny F&F 57:1–4; 84:1–4). Inona no nolazain'i Etera momba ireo tanàna ireo ao amin'ny Etera 13:3, 5? Saintsaino hoe mety hanao ahoana izany raha toa ka hipetraka ao amin'izany tanàna ianao. Halalino ny Etera 13:10–11 mba hianarana izay tsy maintsy hiainan'ny olona iray mba hahazoany mipetraka ao amin'ireo tanàna masin'i Jerosalema Vaovao sy Jerosalema Fahiny (izay hanjary ho masina rehefa averina aorina indray ho an'ny Tompo; jereo ny Etera 13:5).

Anarana iray hafa ho an'i Jerosalema Vaovao ny hoe Ziona (jereo ny Mosesy 7:62; Fanekem-pinoana 1:10). Na dia tsy mipetraka ao Jerosalema na ao amin'ilay Jerosalema Vaovao aza isika dia afaka mikatsaka ny hanorina an'i Ziona avokoa ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra. Afaka miomana ny hitoetra ao amin'ny toerana masina isika, anisan'izany ny fanjakana selestialin'Andriamanitra, rehefa tonga madio amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

## Etera 13:13–15:34

*Nanda an'i Etera ny Jaredita ary nanohy niaina tao anatin'ny faharatsiana sy ady mandra-paharingana azy ireo*

Vakio ny Etera 13:13–19 ary tadiavo ireo toetoetry ny fiaraha-monina Jaredita tamin'ny andron'i Etera. Halalino ny Etera 13:20–22 mba hahitana ny hafatr'i Etera ho an'i Kôriantomira sy ny fihetsika nasehon'i Kôriantomira sy ny vahoakany.

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Amin'ny fomba ahoana avy no nahitanao olona amin'izao androntsika izao manamafy ny fon'izy ireo sy manda ny mpanompon'ny Tompo?

**b.** Inona no hataonao mba hitazonana ny tenanao ho mafy orina ao amin'ny finoana sy hihaino ny tenin'ireo mpaminany?

Araka ny voarakitra ao amin'ny Etera 13:23–14:20 dia nifanandrina tamin'ny lehilahy maro izay niezaka ny

haka ny fanjakana taminy i Kôriantomira, anisan'izany i Sarèda sy Gileada ary Liba. Taty aoriana dia tafaroboka tao anatin'ny ady ny firenena Jaredita iray manontolo. Lehilahy iray nantsoina hoe Siza no fahavalo farany nananan'i Kôriantomira. Ny haben'ny faharavana teo anivon'ny Jaredita noho ireo ady ireo dia hita amin'ny antsipiriany ao amin'ny Etera 14:21–25 sy Etera 15:1–2.

Vakio ny Etera 15:3–6 mba hahitana izay nezahin'i Kôriantomira natao mba hiarovana ny sisa tavela tamin'ny vahoaka tamin'ny faharavana. Eritrereto ny antony nandavan'i Siza ny fangatahin'i Kôriantomira sy ny antony tsy naneken'ny vahoaka avy tamin'ny tafika roa tonta ny hilavo lefona ho resy (jereo ihany koa ny Etera 14:24).

Vakio ny Etera 15:12–17 ary tadiavo ireo antsipiriany mikasika ny toe-javatra nisy teo amin'ny Jaredita. Inona no hitanao fa zava-doza sy mampalahelo momba ny toe-javatra niainan'izy ireo? Tadidio fa nandany taona maro nampitandremana ny vahoaka mba hibebaka i Etera (jereo ny Etera 12:2–3; 13:20). Vakio ny Etera 15:18–19 ary fantaro ireo vokan'ny fandavana ny fampitandreman'ny Tompo mba hibebaka. Fenoy araka izay zavatra novakianao ity fanambarana ity: Rehefa mandà ireo fampitandreman'ny Tompo mba hibebaka isika dia ______________________________________________

______________________________________________

______________________________________________.

Eo amin'ilay toerana malalaka etsy ambony dia mety ho nanoratra fitsipika iray toy izao manaraka izao ianao: **Rehefa mandà ireo fampitandreman'ny Tompo mba hibebaka isika dia miala amintsika ny Fanahy ary mahazo vahana eo amin'ny fontsika i Satana.**

**2.** Raha mampiasa ny Etera 15:19 sy ilay fitsipika izay ianarantsika avy amin'izany dia hazavao hoe nahoana no diso ny iray na maromaro amin'ireto fomba fihevitra manaraka ireto izay mety omen'ny olona iray momba ny fandavana ny hibebaka:

**a.** Fantatro fa tsy mifanaraka amin'ny fitsipiky ny Fiangonana ireo sarimihetsika jereko, kanefa toa tsy misy fiantraikany eo amiko izy ireny.

**b.** Tsy dia ratsy loatra ny fisotroana toaka miaraka amin'ny namako. Manala azy fotsiny izahay.

**d.** Pôrnôgrafia kely fotsiny izany. Tsy hoe mivoaboaka aho dia manao fitondran-tena ratsy. Ankoatra izany dia afaka mijanona amin'ny fotoana rehetra hitiavako izany aho.

**e.** Tsy voatery mibebaka izao ankehitriny izao aho. Afaka miandry mandra-pandehanako manao asa fitoriana izany na rehefa hanambady any amin'ny tempoly aho.

Ny Etera 15:20–32 dia milaza ny nifanandrinan'ny tafika roan'ny Jaredita mandra-pahafatinizy rehetra afa-tsy ireo mpitarika azy ireo dia i Kôriantomira sy i Siza. Dia novonoin'i Kôriantomira i Siza avy eo.

Ny tantaran'ny Jaredita dia mitondra ohatra velona ny amin'ny zavatra mitranga amin'ny vahoaka iray rehefa miara-manda ny ezaka miverimberina ataon'Andriamanitra mba handresena lahatra azy ireo hibebaka. Na dia tsy miatrika faharavana ara-batana eo no eo amin'ny fandavana ny hibebaka aza isika dia hiaina fahatsapana fahamelohana raha toa ka mandà ny fampitandreman'ny Tompo mba hibebaka.





Saintsaino lalina ity fanambarana avy amin'ny Loholona Neil L. Andersen avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity: "Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Mpamonjy dia afaka sy maniry ny hamela ny fahotantsika. Ankoatra ireo olom-bitsy izay misafidy ny fahaverezana rehefa avy nahafantatra ny fahafenoana dia tsy misy fahotana tsy azo avela izany. Tena tombontsoa lehibe ho antsika tsirairay ny miala amin'ny fahotantsika ary dia manatona an'i Kristy. Ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra no anisan'ireo voka-tsoa mamy indrindra avy amin'ny filazantsara izay manala ny fahatsapana ho meloka sy manolo izany ho fifaliana sy fiadanan-tsaina" ("Mibebaha . . . Mba Hanasitranako Anareo," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2009, 40–41).

Fakafakao izay zavatra ataonao ka mety hanelingelina ny fitaoman'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainanao. Saintsaino ny fomba ampiasanao ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy mba hanaovana ireo fanovana ilaina izay hanampy anao hahazo ny Fanahy sy handresy ny herin'i Satana.

Mianatra isika avy ao amin'ny Etera 13–15 fa ny **hatezerana sy ny valifaty dia mitarika antsika mba hanao safidy izay hanimba ny tenantsika sy ny hafa.** Vakio na avereno vakiana ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto, ary asio marika ireo teny na

andian-teny izay mampianatra ity fahamarinana ity: Etera 13:27; 14:24; 15:6, 22, 28.

Saintsaino hoe inona avy ireo vokatra ateraky ny hatezerana tsy voafehy eo amin'ny fianakaviana iray na eo amin'ireo fifandraisana hafa. Mieritrereta toe-javatra iray eo amin'ny fiainanao izay mety tsy tokony hanomezana toerana ireo fahatsapana hatezerana na valifaty.

Eo am-pamakianao ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Davidi E. Sorensen, mpikambana teo aloha tao amin'ny Fitopololahy ity dia tadiavo ny fomba ahafahanao mandresy ireo fahatsapana hatezerana na ny faniriana hikatsaka valifaty: "Rehefa misy olona nandratra antsika na ireo izay tiantsika dia mila tsy ho zaka izany fanaintainana izany. Mety ho tsapa toa ilay fanaintainana na ilay tsy fahamarinana no zava-dehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao ary tsy manana safidy hafa afa-tsy ny fikatsahana valifaty isika. Kanefa mampianatra antsika fomba tsara kokoa i Kristy, ilay Mpanjakan'ny Fiadanana. Mety ho sarotra tokoa ny mamela heloka ny olona iray noho ny ratra nataony tamintsika, kanefa rehefa manao izany isika dia manokatra ny tenantsika ho amin'ny hoavy tsara-tsara kokoa. Tsy manakantsakana ny lalantsika intsony ny zavatra ratsy ataon'ny olona iray. Rehefa mamela ny hafa isika dia manafaka antsika mba hisafidy ny fomba hiainantsika ny fiainantsika manokana izany. Ny famelan-keloka dia midika fa ireo olan'ny lasa dia tsy mamaritra ny hoavintsika intsony, ary afaka mifantoka amin'ny hoavy miaraka amin'ny fitiavan'Andriamanitra ao am-pontsika isika." ("Forgiveness Will Change Bitterness to Love," *Ensign* na *Liahona,* mey 2003, 12).

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Oviana no niainanao na niainan'ny olona fantatrao iray fanasitranana sy fanafahana taorian'ny fisafidianana ny hamela heloka?

Afaka mandresy izay mety ho fahatsapana hatezerana na faniriana hanao valifaty ianao rehefa mitodika amin'i Jesoa Kristy sy mandray ny herin'ny famelan-keloka ary filaminana amin'ny alalan'ny Sorompanavotany. Tsarovy ny mitodika any amin'ny Tompo mba hangataka izay fanampiana mety ilainao amin'ireo toe-javatra ireo.

**4.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Etera 13–15 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

Valin'ny asa fampifandraisana tany amin'ny fiandohan'ny lesona: Le Caire, Egypta (Ilay Tanànan'ny Tilikambon'ny Mosquée anarivony); Manille, Filipina (Ilay Voahangin'ny Atsinanana); Chicago, Etazonia (Ilay Tanàna Mandrivotra be); Mexico City, Meksika (Ilay Tanànan'ny Lapa); Rome, Italia (Ilay Tanàna Mandrakizay).

FAMPAHAFANTARANA NY

# Môrônia

## Inona no antony handalinana ity boky ity?

Eo am-pandalinanao ny bokin'i Môrônia dia afaka misintona tanjaka avy amin'ny ohatra mahery vaika nasehon'i Môrônia sy ny fijoroana ho vavolombelona nananany ianao. Ankoatra izany, hianatra avy amin'ireo fampianaran'i Môrônia sy ny rainy mikasika ireo ôrdônansy sy fombafomba fototra an'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ianao, ny maha zava-dehibe ny fanaovana asa marina amin-kitsimpo, ny fomba ahafantarana ny ratsy sy ny tsara, ary ny fifandraisana misy eo amin'ny finoana sy fanantenana ary fitiavana. Ianao ihany koa dia hamaky ny famporisihan'i Môrônia mba hivavaka hahafantarana ho an'ny tenanao fa marina ny Bokin'i Môrmôna sy "[h]anatona an'i Kristy ary atao tanteraka ao Aminy"(Môrônia 10:32).

## Iza no nanoratra ity boky ity?

I Môrônia no nanoratra ity boky ity, izay ahitana ny teniny sy ny tenin'i Jesoa Kristy tamin'ireo mpianany roambinifolo (jereo ny Môrônia 2), ary ireo tenin'i Môrmôna rainy (jereo ny Môrônia 7–9). Talohan'ny faharavan'ny Nefita dia nanompo tamin'ny nahamiaramila iray azy sy tamin'ny naha-mpitarika ny Fiangonana teo anivon'izy ireo i Môrônia (jereo ny Môrmôna 6:12; Môrônia 8:1). Vavolombelon'ny Mpamonjy tahaka ireo mpanoratra sy mpamintina lehiben'ny Bokin'i Môrmôna i Môrônia. Nijoro ho vavolombelona izy hoe: "Efa nahita an'i Jesoa aho ary . . . efa niresaka tamiko nifanatrika Izy" (Etera 12:39). Nahatoky tamin'ny fijoroana ho vavolombelona nananany i Môrônia ary nanamafy ny fahavononany ho faty toy izay handà an'i Kristy (jereo ny Môrônia 1:1–3).

Tamin'ny 1823, teo amin'ny 1400 taona eo ho eo taorian'ny nahatontosany ny rakitsoratry ny Bokin'i Môrmôna dia niseho tamin'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny naha-olona nitsangana tamin'ny maty azy i Môrônia ary nampahafantatra azy fa ny rakitsoratra dia napetraka tao amin'ny havoana iray teo akaikin'ny tranon'i Joseph Smith. Tamin'izany fotoana izany sy nandritra ny taona maro nanaraka izany dia nananatra an'i Joseph Smith ihany koa i Môrônia "momba izay andeha hataon'ny Tompo sy ny fomba hoenti-mitondra ny fanjakany amin'ny andro farany" (Joseph Smith—Tantara 1:54).

## Oviana ary taiza no nanoratana izany?

Azo antoka kokoa fa nanoratra sy namintina ity boky ity teo anelanelan'ny taona Talohan'i J.K. 401 sy Talohan'i J.K. 421 i Môrônia (jereo ny Môrmôna 8:4–6; Môrônia 10:1), rehefa nirenireny ho fitandroana ny ainy izy (jereo ny Môrmôna 1:1–3).

FIZARANA 31: ANDRO 2

# Môrônia 1–5

## Fampidirana

Taorian'ny nahatontosany ny famintinany ny takelak'i Etera dia nanazava i Môrônia fa "efa nihevitra ny tsy hanoratra intsony" izy (Môrônia 1:1). Kanefa notsinjovina izy mba "hanoratra zavatra misimisy, fa angamba mba hisy lanjany ireny" ho an'ireo izay amin'ny andro farany (Môrônia 1:4). Manamafy ny fahatokian'i Môrônia tamin'i Jesoa Kristy ny Môrônia 1–5. Mitanisa ireo torolalana ho an'ireo ôrdônansy manan-danjan'ny filazantsara ihany koa izy ireo, anisan'izany ny fitantanana ny fanasan'ny Tompo.

### Môrônia 1

*Nirenireny ho fitandroana ny ainy i Môrônia ary nanohy ny rakitsorany izy.*

Ny Loholona David E. Sorenson, mpikamban'ny Fitopololahy teo aloha dia nilaza izao tantara manaraka izao mikasika ny zatovovavy iray izay nanana risim-po ny hijoro ho an'ny finoany:

"Voasa niaraka tamin'ny namany maro tany an-tsekoly tamina fisakafoanana hariva sy fijerena sarimihetsika iray ny zafikeliko vavy Jennifer. Nifanaiky tamin'ilay sarimihetsika hojeren'izy ireo avokoa ireo tovovavy, ary nahazo aina tamin'ny fanatrehana izany i Jennifer. Kanefa ilay tovovavy izay nandao ny fisakafoanana mba hividy ireo tapakila hijerena sarimihetsika dia niverina niaraka tamin'ny tapakila ho an'ny sarimihetsika hafa noho izay vita rafitra tetsy aloha! Hoy izy, 'Seho mahafinaritra ity, ary sarimihetsika voasokajy ho R (sarimihetsika azon'ny zatovo latsaky ny 17 taona jerena raha toa ka miaraka amin'ny ray aman-dreny na mpiantoka iray) izany.'

"Tsy nety nino i Jennifer, izay tratran'ny tampoka, fa niova faingana teo ny toe-javatra niseho. Soa ihany anefa fa efa nanapa-kevitra izy talohan'ny nahitany ny tenany tao anatin'ity toe-javatra ity fa tsy hijery sarimihetsika voasokajy ho R. Afaka nijoro mafy sy niteny tamin'ny namany izy hoe: 'Tsy afaka handeha hijery sarimihetsika voasokajy ho R aho. Tsy hanaiky izany ny ray aman-dreniko.' Izay novalian'ireo tovovavy hoe: 'Andao moa e! Tsy ho fantatry ny ray aman-dreninao na rahoviana na rahoviana izany!" Rehefa teo anatrehan'izany dia nanohy niteny i Jennifer hoe: 'Tsy maninona mihitsy na ho fantatry ny ray aman-dreniko izany na tsia. Tsy mandeha mijery sarimihetsika voasokajy ho R fotsiny aho!'

"Tezitra ireo namany ary niezaka ny hampitony azy. Hoy izy ireo taminy hoe 'hanimba ny zavatra rehetra' izy. Rehefa tsy nety nanaiky izy dia natsipin'izy ireo teo amin'ny tavany ilay tapakila sy ny famerim-bola ary navelan'izy ireo teo izy dia nandeha nijery ilay sarimihetsika voasokajy ho R izy ireo. Nandratra fo mafy izany hoe irery tao anatin'ny alina sady nailiky ny namany. Kanefa fotoana lehibe ho an'i Jennifer sy ny fianakavianay izany. Nahazo fahatokian-tena sy fahatsapana ho manan-danja ary hery ara-panahy izy" ("You Can't Pet a Rattlesnake," *Ensign,* mey 2001, 42).

Vakio ny Môrônia 1:1–3 ary tadiavo ny fomba nijoroan'i Môrônia irery ho an'ny finoany. Samy nanome ohatra izay maneho fomba ahafahan'ny tsirairay misafidy ny hijoro ho an'izay fantatr'izy ireo fa tsara i Môrônia na ny zafikely vavin'ny Loholona Sorenson. Afaka mandray fanapahan-kevitra izay jerena toy ny kely toy izany koa ianao isan'andro izay hampiseho ny finoanao sy ny fankatoavanao ary ny fanirianao hanaraka an'i Kristy.

**1.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny mikasika ny fotoana iray izay nisafidiananao ny hijoro ho an'ny finoanao na hampiseho ny finoanao amin'ny alalan'ny fankatoavana.

Mieritrereta fomba ahafahanao mijoro tsaratsara kokoa amin'ny finoanao an'i Jesoa Kristy. Vakio ny Môrônia 1:4 mba hahitana ny antony nisafidianan'i Môrônia ny hanoratra misimisy kokoa. Inona no azontsika ianarana avy amin'ny ohatra nasehon'i Môrônia sy ny fahavononany hanoratra misimisy kokoa ho an'ny taranak'ireo izay nikatsaka ny hanafaka ny ainy? Inona no mety hosoratanao ho an'ireo taranakao manokana izay ho fitahiana ho azy ireo? Eo am-pandalinanao ny Môrônia 2–5 dia saintsaino hoe amin'ny fomba ahoana no mahatonga ireo zavatra nosafidian'i Môrônia hosoratana "hisy lanjany" aminao ( Môrônia 1:4).

## Môrônia 2

*Noraketin'i Môrônia an-tsoratra ireo torolalana mikasika ny fanomezana ny Fanahy Masina*

Eritrereto ny zavatra niainanao rehefa noraisina ho mpikamban'ny Fiangonana ianao ary nametrahantanana teo ambonin'ny lohanao mba hahafahanao mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina. Inona no tsaroanao mikasika ity ôrdônansy ity? Vakio ny Môrônia 2:1–3 ary saintsaino hoe inona no fitahiana azonao teo amin'ny fiainana avy amin'ny fanomezana ny Fanahy Masina.

Ny fahamarinana ara-pilazantsara iray ampianarina ao amin'ireo andininy ireo dia izao: **Afaka manome ny fanomezana ny Fanahy Masina amin'ny mpikambana vita batisa amin'ny alalan'ny fametrahantanana ireo mpikambana mendrika mihazona ny fahefan'ny fisoronana.**

## Môrônia 3

*Noraketin'i Môrônia an-tsoratra ireo torolalana mikasika ny fanendrena olona ho ao amin'ireo anjara fanompoan'ny fisoronana*

Efa nahita rakitsoratry ny fitohizam-pahefan'ny fisoronana ananan'ny olona iray ve ianao? Ity rakitsoratra ity dia mampiseho ilay olona nanome fisoronana olona iray sy izay olona nanome fisoronana io olona nanome fisoronana io ihany koa ary mitohy toy izany hatrany amin'i Jesoa Kristy. Angamba mety manana ny taratasy ahitana ny fitohizam-pahefan'ny fisoronana anananao manokana ianao na nahita ny an'ny rahalahy iray na ny an'ny rainao. Eritrereto ny dikan'ny hoe afaka manoritra ny fitohizam-pahefan'ny fisoronanao mivantana hatrany amin'i Jesoa Kristy ianao eo ampamakiana ity fanambarana avy tamin'ny Loholona Jeffrey R. Holland avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



"Mazava fa mitaky mihoatra noho ny fifanarahana ara-tsôsialy tsotra fotsiny ihany ny fanaovana asa miaraka amin'ny fahefana avy any an-danitra. Tsy afaka hivoaka avy amin'ny fiofanana arateôlôjia na asa ampiandraiketina avy amin'ny mpiara-mivavaka izany. Tsia, mila hery lehibe kokoa noho izay efa ananan'ny olona any amin'ny dabiliom-piangonana na eny an-dalana na any amin'ny amin'ny toerana fiofanana ho mpitondra fivavahana izany—toe-javatra iray izay efa fantatr'ireo mpitondra fivavahana mahitsy fo aman-tsaina sy eken'izy ireo malalaka tao anatin'ireo taranaka maro nifandimby ka tonga tany amin'ny Famerenana amin'ny laoniny. . . .

"... Isika ato amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny dia afaka manoritra ny fitohizam-pahefan'ny fisoronana ampiasain'ny diakona vaovao indrindra ao amin'ny paroasy, sy ny eveka izay miahy azy, ary ny mpaminany izay miahy antsika rehetra. Izany fitohizana izany dia mandeha miverina tsy mitapatapaka hatrany amin'ireo anjely mpanompo izay avy amin'ny Zanak'Andriamanitra mihitsy, nitondra ity fanomezana tsy manam-paharoa avy any an-danitra ity" ("Our Most Distinguishing Feature," *Ensign* na *Liahona,* mey 2005, 44).

Tendrena ho ao amin'ny anjara fanompoan'ny fisoronana izay ahitana adidy manokana ihany koa ny olona tsirairay izay mandray ny fisoronan'i Aharôna na Melkizedeka. Vakio ny Môrônia 3:1–4 ary tadiavo ny fomba hanendrena ny olona tsirairay ho ao amin'ireo anjara fanompoan'ny fisoronana, ka tafiditra ao anatin'izany ny anjara fanompoan'ny mpisorona sy mpampianatra.

Mety ho tianao ny hanoratra ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ireto andininy ireto izao fahamarinana manaraka izao: **Tendrena ho amin'ireo anjara fanompoan'ny fisoronana amin'ny alalan'ny fametrahan-tanan'ireo izay manana fahefana ny olona tsirairay.**

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Nahoana araka ny eritreritrao no olona efa mihazona ny fisoronana no ilaina manendry olona iray ho amin'ny anjara fanompoana iray?

**b.** Nahoana no misy lanjany aminao ny fananana ny fahefan'ny fisoronana ao amin'ny Fiangonana na ao amin'ny fianakavianao?

## Môrônia 4–5

*Manazava ny fomba hitantanana ny fanasan'ny Tompo i Môrônia*



**3.** Eritrereto ireo tandindon'ny fanasan'ny Tompo sy ireo toe-javatra niainanao izay mifandray amin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo. Dia ataovy ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izao manaraka izao avy eo:

**a.** Soraty araka ny fitadidianao azy sy araka izay tsara indrindra vitanao ny iray amin'ireo vavaky ny fanasan'ny Tompo, na ho an'ny mofo izany na ho an'ny rano.

**b.** Aorian'ny famerenana mijery ireo vavaka masina ireo (jereo ny Môrônia 4:3; 5:2) sy manamarina izay nosoratanao tao amin'ny ampahany voalohany tamin'ity asa ampanaovina ity dia soraty ny ampahany amin'ny iray amin'ireo vavaky ny fanasan'ny Tompo ireo izay tena manaitra anao, ary hazavao ny antony mahamanan-danja izany ampahany amin'ilay vavaka izany aminao.

Nampidirin'i Môrônia tao amin'ny rakitsorany ireo vavaka ireo ho fitantanana ny fanasan'ny Tompo satria tsapany fa "hisy lanjany" ho an'ny olona "amin'ny andro ho avy" izany (Môrônia 1:4). Vakio ny Môrônia 4:1–3 sy 5:1–2 ary fantaro ireo andian-teny izay manazava ny dikan'ny mofo sy ranon'ny fanasan'ny Tompo. Eo am-pamakianao izany dia mety hanampy ny mahatsiaro fa mampiasa rano fa tsy divay ny Fiangonana ankehitriny ao anatin'ny fanasan'ny Tompo vokatry ny fanambarana izay nomena ny Mpaminany Joseph Smith (jereo ny F&F 27:2).

Fintino ny tanjon'ny fanasan'ny Tompo amin'ny alalan'ny famenoana ity teny ity: Ireo tandindon'ny fanasan'ny Tompo dia manampy antsika hahatsiaro ____________________________________________.

Saintsaino lalina ny antony maha zava-dehibe ny vatana sy ran'ny Mpamonjy ho anao.

Ny fijaliana ara-nofo, ny fahafatesana sy ny fitsanganan'ny vatan'ny Mpamonjy tamin'ny maty ary ny fijaliany goavana ara-panahy, noporofoin'ny filatsahan'ny rany no nahatanteraka ny famelana ny fahotan'ny olon-drehetra izay mampihatra finoana Aminy sy mibebaka. **Ireo tandindon'ny fanasan'ny Tompo dia manampy antsika hahatsiaro ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.**

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Ahoana no fomba nanampian'ny fisaintsainana lalina ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy nandritra ny Fanasan'ny Tompo anao sy nampahatanjahan'izany anao ara-panahy?

**b.** Inona no azonao atao mba hifantohana tsaratsara kokoa amin'ny fahatsiarovana ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy mandritra ny fanasan'ny Tompo?

Mba hanampiana anao hahatakatra izay ampanantenainao fa hataonao rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo ianao dia avereno jerena ny Môrônia 4:3 ary fenoy ity tabilao manaraka ity:

| Izay fanekempihavanana ekeko atao | Izay eritreretiko fa dikan'ny hoe manaja ity ampahany amin'ilay fanekempihavanana ity | Izay azoko atao mba hanajana bebe kokoa ity ampahany amin'ilay fanekempihavanana ity |
|---|---|---|
| 1. | | |
| 2. | | |
| 3. | | |

Mianatra ihany koa isika avy amin'ny Môrônia 4:3 fa rehefa manaja am-pahatokiana ny anjarantsika amin'ny fanekempihavanan'ny fanasan'ny Tompo isika dia afaka manana ny Fanahin'ny Tompo miaraka amintsika hatrany.

Eo am-pamakianao ity fanambarana manaraka avy tamin'ny Lolohona David A. Bednar avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity dia eritrereto ny fomba niainanao ny fanomezana ny Fanahy Masina amin'ireo fomba izay lazainy: "Ny Fanahin'ny Tompo dia afaka ny ho mpitarika antsika ary hanome antsika fitarihana sy torolalana ary fiarovana ara-panahy mandritra ny diantsika eto ambonin'ny tany" ("That We May Always Have His Spirit to Be with Us," *Ensign* na *Liahona,* mey 2006, 31).

Saintsaino ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo ianao amin'ny Alahady. Miezaha manaja ireo anjaranao amin'ny fanekempihavanana izay hitanao tao amin'ilay tabilao mba hahafahanao manana ny Fanahin'ny Tompo miaraka aminao hatrany.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Môrônia 1–5 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

**FIZARANA 31: ANDRO 3**

# Môrônia 6

## Fampidirana

Namaramparana ny famitana ny rakitsorany teo amin'ireo takelaka i Môrônia tamin'ny alalan'ny fanazavana ny sasany amin'ireo fitakiana amin'ny olona iray mba ho vonona amin'ny batisa ao amin'ny Fiangonana. Dia nofaripаritany avy eo ireo andraikitry ny mpikamban'ny Fiangonana eo amin'ny fikolokoloana ireo mpikambana hafa. Nanazava ny tanjon'ireo fivoriam-piangonana ihany koa i Môrônia ary nanamafy ny filana ireo fivoriam-piangonana mba hotarihin'ny fitaoman'ny Fanahy Masina.

### Môrônia 6:1–3

*Mamaritra ireo fitakiana ho an'ny batisa i Môrônia*

Alaivo sary an-tsaina hoe manana mpiray tampo fito taona ianao izay ho valo taona afaka volana vitsivitsy.



Nangataka anao mba hampianatra lesona amin'ny takarivan'ny mpianakavy mikasika ny fomba fiomanana amin'ny batisa ny ray aman-dreninao.

**1.** Raha toa ka hampianatra izany lesona izany izao dieny izao ianao, inona no ho ampianarinao mba hanampiana ilay mpiray tampo aminao hiomana ho atao batisa? Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ireo eritreritrao.

Taorian'ny nampidirany ireo vavaky ny fanasan'ny Tompo tao anatin'ny rakitsorany (jereo ny Môrônia 4–5) dia nanampy torolalana mikasika ny ôrdônansin'ny batisa i Môrônia. Vakio ny Môrônia 6:1–3 eo am-pitadiavana ireo zavatra takiana amin'ny batisa. Mety irianao ny hanisy marika ireo zavatra takiana izay hitanao ao anatin'ny soratra masinao.

Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe ireo izay maniry ny hatao batisa dia natao hitondra "voa izay naneho fa mendrika izany"? (Môrônia 6:1.) ____________

______________________________________________

______________________________________________

Saintsaino izay eritreretinao fa dikan'ny hoe manana "fo torotoro sy fanahy manenina" (Môrônia 6:2) alohan'ny hanaovana batisa. Araka ny voarakitra ao amin'ny Môrônia 6:1–3, nanazava i Môrônia fa **amin'ny alalan'ny batisa dia manao fanekempihavanana ny hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika sy manompo Azy hatramin'ny farany isika.** Inona no ataonao mba hihazonana sy hanatanjahana ny fahavononanao hanompo an'i Jesoa Kristy?

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny sasany amin'ireo fomba izay nezahinao natao hatramin'ny batisanao mba hihazonana sy hanatanjahana ny fahavononanao hanompo an'i Jesoa Kristy.

## Môrônia 6:4

### *Manazava ny fomba hikolokoloana sy hamelomana ara-panahy ireo mpikamban'ny Fiangonana i Môrônia*

Taorian'ny nanazavany ireo zavatra takiana amin'ny olona tsirairay alohan'ny fanaovana batisa, dia nanazava ny fomba hijanonan'ireo vao vita batisa ho mahatoky amin'ny fanekempihavanana nataony i Môrônia avy eo. Vakio ny Môrônia 6:4, ary tadiavo izay natao mba hanampiana ireo vao niova fo mba hijanona ho mahatoky.

Fintino izay nianaranao avy tamin'ny Môrônia 6:4 mikasika ireo andraikitrao amin'ireo mpikambana hafa an'ny Fiangonana. ____________________________

______________________________________________

______________________________________________

Inona avy ireo fitahiana izay nambaran'ny Môrônia 6:4 fa ho tonga avy amin'ireo izay fahanana ny tenin'Andriamanitra?

Fahamarinana iray hafa nampianarina ao amin'ny Môrônia 6:4 ny hoe **manana andraikitra hitadidy sy hamahana ara-panahy ireo mpikambana hafa an'ny Fiangonana.**

Nijoro ho vavolombelona ny amin'ny maha zavadehibe ny fifamahanana amin'ny tenin'Andriamanitra ny Loholona Jeffrey R. Holland avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Ny ankamaroan'ny olona dia tsy tonga any am-piangonana mba hitady fahamarinana vitsivitsy vaovao ara-pilazantsara fotsiny ihany na hahita namana tranainy, na dia manandanja avokoa aza izany rehetra izany. Tonga hikatsaka traikefa ara-panahy izy ireo. Maniry fiadanana izy ireo. Iriny ny mba hampahatanjahana ny finoan'izy ireo sy ny hanavaozana ny fanantenan'izy ireo. Maniry izy ireo, raha tsorina, ny hofahanana amin'ny alalan'ny tenin'Andriamanitra, ny ho hampahatanjahana amin'ny alalan'ireo herin'ny lanitra. Ireo amintsika izay nantsoina hiresaka na hampianatra na hitarika dia manana andraikitra hanatanteraka izany amin'ny fomba tsara indrindra vitantsika" ("A Teacher Come from God," *Ensign,* mey 1998, 26).

Moa ve ianao efa nieritreritra mikasika ny hamaroan'ny olona nivavaka ho anao, nanomana lesona ho anao, sy nampahery anao ary namporisika anao hazoto ato ampiangonana, sy nanampy anao nandritra ireo fotoantsarotra?

**3.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny momba ny olona roa na telo izay nahatsiaro anao tamin'ny fomba miavaka na namahana anao ara-panahy.

Aoriana kely ao dia hifampiresaho amin'ny mpikambana iray ao amin'ny fianakaviana na amin'ny namana ny fomba nitahiana anao satria nahatsiaro anao na namahana anao tamin'ny tenin'Andriamanitra ny olona iray.

Nitantara ny tantaran'ny diakona iray tao amin'ny paroasiny izay nahatakatra ny filàna ny fanatontosana ny andraikiny amin'ny mpikambana hafa ao amin'ny kôlejiny ny Filoha Henry B. Eyring avy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany:



"Nipetraka teo akaikin'ny tranoko ny iray tamin'ireo mpikambana ao amin'ny kôlejiny. Izany zazalahy izany dia tsy mbola nanatrika fivorian'ny kôlejy na oviana na oviana na nanao zavatra niaraka tamin'ny mpikambana tao amin'ny kôlejiny. Tsy mpikamban'ny Fiangonana ny raikeliny, ary tsy mba niangona ny reniny.

"Nivory tao amin'ny filankevitra indray Alahady maraina ny fiadidian'ny kôlejin'ny diakona nisy azy. . . . Tao anatin'ny fivorian'ny fiadidian'izy ireo dia nahatsiaro ilay zazalahy izay tsy tonga na oviana na oviana ireto mpiandry ondry vao 13 taona ireto. Izy ireo dia niresaka momba ny tena ilàny izay zavatra noraisin'izy ireo. Nanome andraikitra ny mpanolotsainy mba hitady izany ondry mirenireny izany ilay filoha.

"Fantatro ilay mpanolotsaina, ary fantatro fa sarokenatra izy, ary fantatro ny hasarotr'ilay andraikitra nampanaovina, koa dia nijery tamim-piahiahiana teo amin'ny varavarankeliko aho rehefa iny nandeha mora dia mora nandalo ny tranoko iny ilay mpanolotsaina, niakatra tamin'ny arabe nankany amin'ny tranon'ilay zazalahy izay tsy mba nandeha tany am-piangonana velively. Nanao tanana am-paosy ilay mpiandry ondry. Nijery ambany izy. Nandeha mora izy, toy ny fomba izay ataonao rehefa tsy azonao antoka fa te ho tonga any amin'ny toerana handehananao ianao. 20 minitra na mihoatra kely taorian'izay dia niverina nidina ny arabe niaraka tamin'ilay diakona very teo anilany izy. Niverimberina nandritra ny Alahady vitsivitsy ity toe-javatra ity. Dia nifindra toerana avy eo ilay zazalahy izay very taloha ary hita avy eo.

". . . Taona maro taty aoriana, nanatrika fihaonamben'ny tsatòka iray tany amin'ny kaontinanta iray lavitra ilay efitrano nivorian'ny filankevitr'izany fiadidiana izany aho. Nisy lehilahy fotsy volo iray nanatona ahy ary niteny mora hoe, 'Nipetraka tao amin'ny paroasinao ny zafikeliko taona maro lasa izay.' Tamim-pahalefahana no nitantarany tamiko ny fiainan'izany zazalahy izany. Ary avy eo dia nangataka ahy izy raha toa ka afaka hitady ilay diakona izay niakatra moramora izany arabe izany aho. Ary nangataka ahy izy raha toa ka azoko atao ny misaotra azy sy miteny aminy fa ny zafikeliny, izay efa lehilahy lehibe ankehitriny, dia mbola mahatsiaro" ("Watch with Me," *Ensign,* mey 2001, 38–39).

Eritrereto ireo olona manokana izay mety ho tian'ny Tompo "hotsaroanao" na "hofahananao." Manaova drafitra iray ahafahanao mamahana azy ireo ara-panahy. Soraty eo amin'ny taratasy iray ny anaran'izy ireo ary apetraho eo amin'ny toerana iray izay ahafahanao mahatsiaro azy ireo izany.

## Môrônia 6:5–9

*Mamaritra ny tanjon'ny fivorian'ny Fiangonana sy ny fomba fitarihana izany i Môrônia*

Alaivo sary an-tsaina hoe ray aman-drenin'ny zatovo iray ianao izay niteny tato anatin'ny herinandro vitsivitsy lasa izay fa tsy te ho any am-piangonana izy satria toa tsy misy dikany sy mahakamo izany. Saintsaino izay hoteneninao mba hamporisihana ny zanakao mba hiangona sy mba hahatakarany ireo tena antony hiangonana tsy tapaka.

Tao anatin'ny rakitsorany dia nentanim-panahy mba hanazava ireo antony nihaonan'ny mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny androny i Môrônia. Halalino ny Môrônia 6:5–6 ary tadiavo ny fomba ahafahanao mameno izao teny manaraka izao: **Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika dia mivory matetika isika mba**____________________________

____________________________________________

____________________________________________.

Nizara ampahany tamin'ny taratasy avy tamin'ny namana iray iray naneho fiovan-toetra teo amin'ny fanatrehana fiangonana ny Loholona Dallin H. Oaks avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Nisy namana hendry iray nanoratra hoe:

"'Taona maro lasa izay dia nanova ny toe-tsaiko mikasika ny fandehanana any am-piangonana aho. Tsy mankany am-piangonana mba ho an'ny tenako intsony aho fa ho an'ny hafa. Nanapa-kevitra aho fa hiarahaba ny olona mipetra-drery sy handray ireo vahiny, . . . ary hanolo-tena hanao asa iray. . . .

"'Raha fintinina dia mankany am-piangonana isankerinandro aho miaraka amin'ny fikasana handray anjara mavitrika fa tsy hidonanaham-poana ary hitondra fiovana tsara eo amin'ny fiainan'ny olona. Vokatr'izany dia lasa nankafiziko sy nahafa-po ahy bebe kokoa ny fandehanako any am-piangonana.'

"Izany rehetra izany dia mampiseho ilay fitsipika mandrakizay hoe faly sy afa-po isika rehefa manao asa sy manompo amin'ny alalan'ny zavatra omentsika fa tsy amin'ny alalan'ny zavatra azontsika" ("Unselfish Service," *Ensign* na *Liahona,* mey 2009, 96).

Mety ho nofenoinao tamin'ny sasany amin'ireto hevitra manaraka ireto ilay teny tetsy ambony.

**Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika dia mivory matetika isika mba:**

- **Hifady hanina sy hivavaka.**
- **Hifampatanjaka ara-panahy.**
- **Handray ny fanasan'ny Tompo ho fahatsiarovana ny Tompo Jesoa Kristy.**

Saintsaino lalina ireo traikefa izay nanananao izay nampianatra anao ny maha zava-dehibe ny fivavahana sy fifadiana hanina miaraka amin'ny mpikambana ao amin'ny paroasinao na ny sampana misy anao.



**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Hoy toy ny ahoana ny toe-javatra iainanao any ampiangonana raha toa ka mandeha any miaraka amin'ny faniriana mba hampatanjaka ara-panahy ny hafa ianao?

**b.** Nahoana no sarobidy ny mandray matetika ny fanasan'ny Tompo ho fahatsiarovana an'i Jesoa Kristy?

**d.** Ahoana no ahafahan'ny fandehanana any am-piangonana ho an'ireo tanjona izay voatanisa tetsy ambony manampy amin'ny "fihazonana [anao] amin'ny lalana tsara"? (Môrônia 6:4.)

Vakio ny Môrônia 6:7–8, ary tadiavo izay naha "hentitra tamin'ny fitandremana" an'ireo mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny andron'i Môrônia, na amin'ny teny hafa, inona no notandreman'izy ireo fatratra. Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ny fifampianarantsika sy fifamporisihantsika ny hiala sy hibebaka amin'ny fahotana?

Nijoro ho vavolombelona i Môrônia fa isaky ny mibebaka sy mikatsaka famelan-keloka amin-kitsimpo isika dia ho voavela heloka. Mety irinao ny hanisy marika ity fahamarinana ao amin'ny Môrônia 6:8 ity.

Nofaranan'i Môrônia tamin'ny fampianarana ny fomba tokony hitarihana ireo fivoriam-piangonana ity toko ity. Vakio ny Môrônia 6:9 ary fantaro hoe iza no tokony hitarika ireo fivoriantsika ao am-piangonana. Mieritreritra fotoana iray izay nahatsapanao manokana ny fitaoman'ny Fanahy Masina nandritra ny fivoriam-piangonana iray.

Amin'ny fomba ahoana no hiantefan'ilay fitsipika hoe tokony hotarihina amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina ireo fivoriam-piangonana aminao? Raha toa ka angatahana hizara lahateny iray na hampianatra lesona mandritra ny fivoriam-piangonana iray ianao, ahoana no ahafahanao maka antoka fa izay teneninao dia mitondra anjara biriky amin'ny fanasana ny fitarihana sy fitaoman'ny Fanahy Masina mandritra izany fivoriana izany?

**5.** Manorata drafitra iray ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izay ahitana ny fomba hiatrehanao ireo fivoriam-piangonana amin'ity Alahady ho avy ity. Mety ho tianao ny hampiditra ireo fomba hanasana ny Fanahy Masina ao anatin'ny fitsaohana ataonao sy izay fomba hahafahanao mahatsiaro sy mamahana ny hafa amin'ny alalan'ny fanatrehanao.

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Môrônia 6 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

**FIZARANA 31: ANDRO 4**

# Môrônia 7:1–19

## Fampidirana

Noraketin'i Môrônia ny toriteny iray izay nomen'i Môrmôna rainy an'ny "rahalahi[ny] malala" taona maro talohan'izany (Môrônia 7:2). Ity lesona ity dia mamelabelatra ny ampahany voalohany amin'ny toritenin'i Môrmôna izay hita ao amin'ny Môrônia 7. Izany dia miompana amin'ny fampianarany mikasika ny fanaovana asa marina amin-kitsimpo sy ny fanazavany ny fomba hanavahana ny tsara sy ratsy. Handalina ny sisa amin'ny toritenin'i Môrmôna ianao ao anatin'ny lesona manaraka ao amin'ny Môrônia 7.

### Môrônia 7:1–10

*Mampianatra ny mpanara-dia an'i Jesoa Kristy momba ny asa sy ny finiavana i Môrmôna*

Efa nahita zavatra iray ve ianao izay tsy tsara araka ny fahitana azy ety ivelany akory ny ao anatiny? Mety ho ohatra iray amin'izany ny voankazo iray toy ny paoma izay marikivy na masaka loatra. Mitanisà ohatra roa na telo hafa izay azonao eritreretina: ____________________

____________________

____________________

Saintsaino ny fomba ahafahana mampitaha ireo ohatra ireo izay tsy tsara araka ny fahitana azy ety ivelany akory ny ao anatiny amin'ny endrika ivelany sy ny tanjon'ny olona any anatiny any. Noraketin'i Môrônia an-tsoratra ny tenin'i Môrmôna rainy mikasika ny toetry ny fontsika rehefa manao asa marina isika. Vakio ny Môrônia 7:2–3 mba hahafantarana ny olona niantefan'ny resak'i Môrmôna.



Niantso ny rahalahiny izay niresahany teto ho toy ny “mpanara-dia bonaika an’i Kristy” i Môrmôna ( Môrônia 7:3). Halalino ny Môrônia 7:4–5 mba hahitana ny fomba nahafantaran’i Môrmôna fa tena mpianatry ny Mpamonjy marina ireto Nefita ireto.

Mieritreritra ve ianao fa afaka milaza ho olo-marina amin’izao fotsiny ny olona iray? Inona no antony raha eny na inona no antony raha tsia?

Niresaka mikasika io olana io i Môrmôna ao amin’ny Môrônia 7: 6. Eo am-pandalinanao ity andininy ity dia mety ho tianao ny hanisy marika ilay andian-teny hoe “finiavana marina.” Afaka manampy anao hahatakatra ny dikan’ny hoe manana finiavana marina ity fanazavana avy amin’ny Loholona Dallin H. Oaks avy ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity: Tsipiho ireo ampahany amin’ny fanazavana izay manaitra anao.

“Tsy hoe tsy maintsy *manao* ny marina fotsiny ihany isika. Tsy maintsy miasa amin’ny antony marina isika. Ny fomba maoderina ilazana izany dia *antony tsara.* Matetika ny soratra masina no mampitovy ity toetsaina tsara ity amin’ny teny hoe *fo feno finiavana* na *finiavana marina*.

“Ataon’ny soratra masina mazava tsara fa mahatakatra ny tanjontsika sy hitsara ny asantsika arakarak’izany Andriamanitra (*Pure in Heart* [1988], 15).

Namaritra ireo vokatra ateraky ny fikatsahan’ny olona iray hanao asa tsara fa tsy amin’ny finiavana marina i Môrmôna. Vakio ny Môrônia 7:7–10 ary fantaro izay zava-mitranga rehefa manao asa marina tsy amin’ny finiavana marina isika. Mianatra isika avy amin’ireo andininy ireo fa **mba ho voatahy amin’ny asa tsara dia tsy maintsy manao azy ireny amin’ny finiavan’ny fo marina isika.** Hita ao anatin’ny finiavana marina ny fanaovana asa tsara noho ny fitiavana an’Andriamanitra sy ny hafa.

**1.** Valio ao anatin’ny diary fandalinanao ny soratra masina ity fanontaniana manaraka ity: Inona avy ireo fahasamihafana tsikaritrao rehefa nanao asa tsara tamin’ny finiavana marina ianao sy rehefa nanao ny mifanohitra amin’izany dia ny fanaovana zavatra tsara iray tamin’ny finiavana feno fitiavan-tena?

**2.** Mba hanampiana anao hahatakatra bebe kokoa ilay fitsipika hoe mba ho voatahy amin’ny asa tsara dia tsy maintsy manao azy ireny amin’ny finiavan’ny fo marina ianao dia saintsaino ity toe-javatra manaraka ity: Misy namana iray izay namaky ny Bokin’i Môrmôna mangataka ny fanampianao mba hahatakatra ny Môrônia 7:9 ka milaza hoe: “Namaky aho fa raha mivavaka tsy amin’ny finiavana marina ny olona iray dia ‘tsy mahasoa azy na amin’ny inona na amin’ny inona izany, fa tsy mandray ny toa azy Andriamanitra.’ Indraindray aho mahatsapa toy ny tsy mivavaka amin’ny finiavana marina izany. Tokony hijanona tsy hivavaka fotsiny ve aho?” Soraty ao anatin’ny diary fandalinanao ny soratra masina ny fomba hamalianao izany fanontaniana izany, ary hazavao ny antony hamalianao amin’ny fomba toy izany.

Ny Filoha Brigham Young dia nanome ity torohevitra manampy tokoa ity momba ny fomba ahafahantsika mahazo faniriana mba hivavaka amin’ny finiavana marina: “Tsy maninona na mahatsapa te hivavaka ianao na tsia, fa rehefa tonga fotsiny ny fotoana hivavahana dia mivavaha. Rehefa mahatsapa tsy te hanao izany isika dia tokony hivavaka mandra-pananantsika fahatsapana fa tena te hanao izany”(*Enseignements des Présidents de l’Eglise: Brigham Young* [1997], 45).

Eritrereto ny fomba ifandraisan’ny torohevitry ny Filoha Brigham Young amin’ny fankatoavana ireo didy hafa ankoatra ny vavaka. Indraindray ny fanaovana ny marina dia afaka manampy mba hitondra faniriana hanohy hankato izany didy izany amin’ny antony marina.

**3.** Mba hampiharana ny fampianaran’i Môrmôna mikasika ny maha zava-dehibe ny fanaovana asa tsara amin’ny finiavana marina dia misafidiana iray amin’ireto didy manaraka ireto: fifadian-kanina, fandoavana fahafolonkarena, fanompoana ny hafa, fandalinana ny soratra masina, fanajana ray aman-dreny, fijanonana ho madio ara-pitondrantena. (Anisan’ny fijanonana ho madio ara-pitondrantena ny fahatsaran-toetra rehefa mampiasa Internet na tranonkala ifaneraserana amin’olona. Anisan’izany ihany koa ny tsy fanaovana na inona na inona izay mety hitarika amin’ny fandikan-dalàna ara-piraisana ara-nofo.) Valio ao anatin’ny diary fandalinanao ny soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Tamin’ny fomba ahoana no nitahiana anao rehefa nikatsaka ny hankatò izany didy izany tamin’ny finiavana marina ianao?

**b.** Inona no torohevitra homenao ny olona mitovy saranga aminao mikasika ny fomba hankatoavana amin’ny finiavana marina izany didy izany?

## Môrônia 7:11–19

*Mampianatra ny fomba hitsarana ny tsara sy ny ratsy i Môrmôna*

Ahoana no ahafahantsika miteny fa ratsy ny zavatra iray kanefa tsy nanandrana izany akory? Nanolotra torohevitra mba hanampiana antsika rehefa miatrika toe-javatra toy izany i Môrmôna.

**4.** Vakio ny Môrônia 7:11–13 ary tadiavo ny fomba hitsarana ny tsara amin'ny ratsy. Mety ho tianao ny hanisy marika ireo andian-teny izay manaitra anao. Fintino izay nianaranao avy tamin'ireo andininy ireo amin'ny alalan'ny famenoana ity tena manaraka ity ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina:

**a.** Izay avy amin'Andriamanitra . . .

**b.** Izay avy amin'i Satana . . .

Nanamafy i Môrmôna fa manasa sy mamporisika antsika mba hanao ny tsara lalandava Andriamanitra. Mariho fa manasa sy mamporisika antsika ihany koa ny devoly araka ny Môrônia 7:12. Eritrereto ireo fomba sasantsasany entin'ny devoly hanasana sy hamporisihana antsika mba hanota.



Niresaka mikasika ny tanjon'i Satana amin'ny fikatsahana ny mba hanaovantsika ny ratsy lalandava ny Loholona Jeffrey R. Holland avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: " I Satana na Losifera na ny Rain' ny Lainga—izay tianareo hiantsoana azy—dia tena misy, ilay faharatsiana miseho amin' ny endrik' olombelona. Ny tanjony dia ny hisompatra ao anatin'ny toe-javatra rehetra. . . . izy dia manohitra mandrakizay ny fitiavan' Andriamanitra, ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy ary ilay asa hitondrana fiadanana sy famonjena. Hiady hanohitra izany izy na rahoviana na rahoviana ary na aiza na aiza hahafahany manao izany. Fantany fa ho resy izy ary horoahina amin' ny farany, saingy tapakevitra izy fa hamotika miaraka aminy, olona maro hafa, araka izay tratrany. ("Mpandray Anjara Avokoa Isika," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2011, 44).

**5.** Mba hanampiana anao hiomana hampihatra ny fampianaran'i Môrmôna amin'ny fitsarana ny tsara sy ny ratsy dia tanisao ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny ankamaroan'ireo seho amin'ny fahitalavitra, hira, tarika, tranonkala amin'ny Internet, applications, jeux vidéos na fananana manokana tianao indrindra. (Mety ho tianao hovaina ity lisitra ity arakaraky ny zavatra mahaliana anao.) Hiverina amin'ity zavatra nosoratana tao anaty diary ity ianao aoriana ao anatin'ity lesona ity.

Vakio ny Môrônia 7:15–17 ary tadiavo ireo fahamarinana izay hanampy anao hahafantatra ny fomba hitsarana na avy amin'Andriamanitra ny zavatra iray na avy amin'ny devoly.

Ny Fanahin'i Kristy dia antsoina ihany koa hoe ilay Hazavan'i Kristy (jereo ny Môrônia 7:18). Nanome ity fanazavana ity izay afaka manampy anao hahatakatra bebe kokoa ny Hazavan'i Kristy ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Samy hafa ny Fanahy Masina sy ny Hazavan'i Kristy. Na dia voafaritra amin'ny teny mitovy aza izy ireo ao amin'ny soratra masina dia zavatra roa samy hafa sy miavaka izy ireo. . . .

"Rehefa mahafantatra bebe kokoa momba ny Hazavan'i Kristy isika dia hahatakatra bebe kokoa momba ny fiainana sy hanana fitiavana lalina ny olombelona rehetra. . . .

"Na antsoina hoe Hazavan'i Kristy, na fahatsapantena ara-môraly, na feon'ny fieritreretana ity hazavana anaty ity, ity fahalalana ny tsara sy ny ratsy ity, dia afaka mitarika antsika handanjalanja ny zavatra ataontsika izany—raha tsy hoe ampandeferintsika na ampanginintsika izany. . . .

"Ny lehilahy rehetra, ny vehivavy rehetra, sy ny ankizy avy amin'ny firenena, fivavahana, na volon-koditra rehetra—ny olon-drehetra, na aiza na aiza izy no mipetraka na inona inoany na inona ataony—dia manana ilay Hazavan'i Kristy tsy mety lo ao anatin'izy ireo. Eo anatrehan'io zavatra io dia nohariana mitovy avokoa ny olon-drehetra. Ny fisian'ny Hazavan'i Kristy ao amin'ny olon-drehetra dia fijoroana ho vavolombelona fa tsy mifidy tavan'olona Andriamanitra" ("The Light of Christ," *Ensign,* apr. 2005, 8–10).

Manana ny fanomezana ny Fanahy Masina ihany koa ireo mpikamban'ny Fiangonana vita batisa mba hanampy azy ireo hanavaka ny tsara sy ny ratsy. Nampianatra ny Filoha Packer fa "afaka miasa amin'ny alalan'ny Hazavan'i Kristy ny Fanahy Masina" ("Light of Christ," 10).

Vakio ny Môrônia 7:18–19 mba hahitana ny torohevitr'i Môrmôna ny amin'ny fomba handraisana andraikitra eo anatrehan'ny fananana ilay Hazavan'i Kristy ao anatintsika. Mety ho tianao ny hanisy marika ireo teny na andian-teny ao anatin'ireo andininy ireo izay milaza fa **afaka manavaka ny tsara sy ny ratsy isika rehefa mikatsaka amim-pahazotoana ny hanaraka ny Hazavan'i Kristy.**

Ivereno ilay lisitra izay nataonao tao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ao amin'ny asa ampanaovina 5. Diniho amim-pitandremana ireo zavatra ao anatin'ilay lisitra nataonao ary "[mitadiava] amim-pahazotoana tokoa ao amin'ny hazavan'i Kristy"(Môrônia 7:19) mba hamantarana raha toa ka avy amin'Andriamanitra na tsia ireo zavatra ireo. Mety

hanampy ny fisaintsainana ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Hatraiza ny fanasan'ireo zavatra ireo anao mba hanao ny tsara, mba hino an'i Kristy, mba hitia an'Andriamanitra sy hanompo Azy?
- Misy amin'ireo zavatra ireo ve mandresy lahatra anao "hanao ny ratsy. . . tsy hino an'i Kristy, . . . [na ] tsy hanompo an'Andriamanitra"? (Môrônia 7: 17.)
- Mahatsapa ve ianao fa misy tokony hesorina amin'ny fiainanao amin'ireo zavatra ireo? Raha eny, ahoana no hanaovanao izany?

Nanolotra fampanantenana i Môrmôna fa rehefa misafidy ny hanaisotra izay mety ho zavatra tsy tsara eo amin'ny fiainanao ianao sy mikatsaka ny "hihazona avokoa ny zavatra tsara," dia ho tonga "zanak'i Kristy" ianao (Môrônia 7:19).

**6.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Môrônia 7:1–19 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

## FIZARANA 32: ANDRO 1

# Môrônia 7: 20–48

## Fampidirana

Araka ny voarakitra ao amin'ny Môrônia 7:20–48 dia nanohy ny toriteniny tao amin'ny sinagôga i Môrmôna tamin'ny alalan'ny fampianarana ireo mpihaino azy ny fomba "hihazonana avokoa ny zavatra tsara"(Môrônia 7:20–21, 25). Nanazava ny maha zava-dehibe ny finoana sy ny fanantenana ary ny fiantrana izy. Namarana ny toriteniny tamin'ny fangatahana iray izy dia ny mba hivavahan'ireo mpihaino azy amin'ny Ray amin'ny herin'ny fon'izy ireo manontolo mba hahazoana ny fanomezampahasoavan'ny fiantrana izay nofaritan'i Môrmôna ho "ny fitiavana madion'i Kristy" (Môrmôna 7:47).

### Môrônia 7:20–39

*Nampianatra momba ny finoana an'i Jesoa Kristy i Môrmôna*

Avereno jerena ny Môrônia 7:12–13 ary saintsaino izay nianaranao tao anatin'ny lesona teo aloha mikasika ny fomba hanavahana ny zavatra tsara amin'ny zavatra ratsy. Tanisao eo amin'ilay toerana malalaka nomena ireo zavatra tsara (zavatra izay avy amin'Andriamanitra sy mandresy lahatra antsika mba hino an'i Kristy) sy ireo zavatra ratsy (zavatra izay mandresy lahatra antsika tsy hino an'i Kristy sy tsy hanompo an'Andriamanitra):

| Zavatra Tsara | Zavatra Ratsy |
|---|---|
| | |

Diniho fa namporisika antsika mba "hihazona avokoa ny zavatra tsara" i Môrmôna (Môrônia 7:19). Saintsaino izay eritreretinao fa dikan'ny hoe mihazona avokoa ny zavatra tsara.

Nametraka fanontaniana manan-danja iray tamin'ny mpihaino azy i Môrmôna, izay notohizany tamin'ny famaliana izany avy eo. Vakio ny Môrônia 7:20 ary tadiavo ilay fanontaniana nomanin'i Môrmôna hapetraka? Dia vakio avy eo ny Môrônia 7:21–26 eo ampitadiavana ny valin'ity fanontaniana ity.

Eo am-pijerenao ny Môrônia 7:21, 25 dia asio marika ireo teny na andian-teny izay mampianatra ity fitsipika ity: **Afaka mihazona avokoa ny zavatra tsara isika rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy.**

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Araka ny Môrônia 7:22–26, amin'ny fomba ahoana no entin'ny Ray any an-danitra mba hanampiana antsika hanorina finoana an'i Jesoa Kristy?

**b.** Oviana no nanampy anao mba hihazona ny tsara na nanampy anao nandà zavatra ratsy ny finoanao an'i Jesoa Kristy?

Nanohy nanambara ny maromaro amin'ireo zavatra tsara izay tonga amin'ireo izay mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy i Môrmôna. Vakio ny Môrônia 7:32–34 ary asio marika ny fitahiana iray farafahakeliny ao amin'ireto andininy tsirairay ireto izay vokatry ny fananana finoana an'i Jesoa Kristy.

**2.** Mieritrereta ary mivavaha momba ny zavatra iray izay azonao atao mba hampiasana finoana an'i Jesoa Kristy lehibe kokoa. Rehefa manana tanjona ao an-tsaina ianao dia soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izany. Izany tanjona izany dia mety hoe, hanao zavatra iray manokana izay hanampy anao hanaraka ny tenin'ny mpaminany (jereo ny Môrônia 7:23), na hivavaka amim-pinoana lehibe kokoa (jereo ny Môrônia 7:26), na hibebaka amin'ny fahotana iray (jereo ny Môrônia 7:34). Eo am-panoratanao ny tanjonao dia soraty amin'ny

antsipiriany koa ny fomba hanatanterahanao izany. Soraty ihany koa ny fomba hitondran'izany tanjona izany zavatra tsara eo amin'ny fiainanao.

## Mōrônia 7:40–43

*Nampianatra momba ny fanantenana i Mōrmôna*

Ao anatin'ilay toriteny voarakitra ao amin'ny Mōrônia 7 dia nilaza fitsipika masina telo izay ilaina amin'ny fiainana mandrakizay i Mōrmôna. Nampianatra ny Loholona M. Russell Ballard avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa "ireo fitsipika masina telo ireo dia mametraka fototra iray izay ahafahantsika manorina ny andry ijoroan'ny fiainantsika." Nolazainy fa ireo fitsipika telo ireo "rehefa miaraka dia manome antsika fototra iray ianteherana toy ireo tongotry ny sezabory manana tongotra telo" ("The Joy of Hope Fulfilled," *Ensign,* nôv. 1992, 33).



Ireto zavatra manaraka ireto dia hanampy anao hahita ireo fitsipika telo izay nolazain'i Mōrmôna. Ny fitsipika voalohany dia finoana, izay vao nianaranao tao amin'ny Mōrmôna 7:20–39. Asio anarana hoe *Finoana an'i Jesoa Kristy ny iray amin'ireo tongotr'ilay sezabory.* Tadiavo hoe maneho inona ilay tongotra faharoa amin'ny alalan'ny famakiana ny Mōrônia 7:40. Soraty eo akaikin'ny iray amin'ireo tongotra hafan'ilay sezabory izany fitsipika izany.

Vakio ny Mōrônia 7:41–42 ary fantaro izay zavatra nampianarin'i Mōrmôna fa tokony hantenaintsika. (Soratra masina fehezina ny Mōrônia 7:41.) Mety ho tianao ny hanampy hoe "hahazo fiainana mandrakizay' eo amin'ilay soratra napetrakao teo amin'ilay tongotra faharoan'ilay sezabory mba hovakiana hoe "Fanantenana hahazo fiainana mandrakizay" izany.

Niresaka momba ilay fanantenana izay nolazain'i Mōrmôna ny Filoha Dieter F. Uchtdorf:



"Ny fanantenana dia fanomezan'ny Fanahy. Izany dia fanantenana fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny herin'ny Fitsanganany tamin'ny maty dia hitsangana amin'ny maty isika ho amin'ny fiainana mandrakizay ary izany dia noho ny finoantsika ny Mpamonjy. . . .

"Ny fanantenana dia tsy fahalalana fa kosa fahatokiana maharitra fa ny Tompo dia hanatanteraka ny fampanantenany amintsika. Izany dia fahatokiana fa raha manana fiainana mifanaraka amin'ny lalàn'Andriamanitra sy ny tenin'ireo mpaminany isika amin'izao fotoana izao dia handray ireo fitahiana irintsika amin'ny ho avy. Izany dia finoana sy fiandrandrana fa hivaly ny vavaka ataontsika. Izany dia miseho ao anatin'ny fananana fahatokiana, toe-tsaina tia mijery ny lafin-tsaran-javatra, fientanentanana ary fikirizana amim-paharetana" ("Ny Hery Mandrakizain'ny Fanantenana," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2008, 21–22).

Fitsipika iray izay ianarantsika avy amin'ny Mōrônia 7:40–42 ny hoe: **Rehefa mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy isika dia mahazo fanantenana iray amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy fa hatsangana ho amin'ny fiainana mandrakizay.**

Vakio ny Mōrônia 7:43 ary fantaro ireo toetra izay takiana mba hahazoan'ny olona iray ilay finoana sy fanantenana izay noresahin'i Mōrmôna.

Ny atao hoe "malemy fanahy sy mietry am-po" dia manetry tena marina sy tso-po ary mankato ny sitrapon'ny Tompo. Nahoana araka ny eritreritrao no ilaina mba hananana finoana sy fanantenana amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny fahalemem-panahy sy fietrem-po

**3.** Farito ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny fomba nanomezan'ny finoanao an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany fanantenana ho anao.

## Moroni 7:44–48

*Mampianatra momba ny fiantrana i Mōrmôna*

Ivereno ilay sarina sezabory tany amin'ny fiandohan'ny lesona. Vakio ny Mōrônia 7:44 ary fantaro ilay fitsipika fahatelo nampianarin'i Mōrmôna. Soraty eo amin'ny tongotra farany an'ilay sezabory ity fitsipika farany ity.

Araka ny voarakitra ao amin'ny Mōrônia 7:44–48 dia nanome fanazavana mahery vaika mikasika ny fiantrana i Mōrmôna. Vakio ny Mōrônia 7:45–47 ary mariho ireo teny na andian-teny izay nampiasain'i Mōrmôna mba hamaritana ny fiantrana. (Soratra masina fehezina ny Mōrônia 7:45, 47–48.) Mba hanampiana anao hahatakatra tsara izay nampianarin'i Mōrmôna dia mety ho tianao ny hanoratra ny sasany amin'ireto famaritana ireto ao amin'ny soratra masinao: ny "mahari-po" dia midika hoe mikiry amim-paharetana, ny "tsy mialona" dia midika hoe tsy mitsiriritra, ny "tsy mieboebo" dia midika hoe manetry tena sy malemy fanahy, ny "tsy mikatsaka ny ho azy" dia midika hoe mametraka an'Andriamanitra sy ny hafa ho lohalaharana, ny "tsy mora hantsina" dia midika hoe tsy mora tezitra, ary ny

"mino ny zavatra rehetra" dia midika hoe manaiky ny fahamarinana rehetra.

**4.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny iray na ny maromaro amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Araka ny famaritana ao amin'ny Môrônia 7:45–47, nahoana araka ny eritreritrao no ilazana fa ny fiantrana no ilay fanomezam-pahasoavana ara-panahy lehibe indrindra afaka omena antsika?

**b.** Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe ny fiantrana dia tsy ho levona mandrakizay?

**d.** Nahoana araka ny eritreritrao no tsinontsinona isika raha tsy manana fiantrana?

Taorian'ny nilazany ny fampianaran'ny Apôstôly Paoly momba ny fiantrana ao amin'ny 1 Korintiana 13 dia nanome izao fanazavana izao ny Loholona Dallin H. Oaks avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Ny antony tsy maha levona mandrakizay ny fiantrana sy ny antony maha lehibe kokoa ny fiantrana noho izay mety ho asa tena tsara indrindra notanisainy dia satria ilay fiantrana, 'ny fitiavana madion'i Kristy'(Moro. 7:47) dia tsy *asa* iray fa *toetry ny tena*. Tratra amin'ny alalan'ny fitohitohizan'ny fanaovana asa izay miteraka fiovam-po ny fiantrana. Ny fiantrana dia zavatra lasa toetran'ny olona iray. Noho izany, araka ny nambaran'i Môrônia, dia 'raha tsy *manana* fiantrana ny olona dia tsy afaka mandova' ilay fitoerana izay efa nomanina ho azy ireo any amin'ny fonenan'ny Ray (Etera 12:34; nampiana fanamafisana)" ("The Challenge to Become," *Ensign,* nôv. 2000, 34.)

Vakio ireto toe-javatra manaraka ireto ary saintsaino ny mety ho fomba fihetsikao raha toa ka tsy manana ny fanomezam-pahasoavan'ny fiantrana ianao sy ny mety ho fomba fitsehikao raha toa ka feno fiantrana ianao:

- Manakora anao na ankizy iray hafa any an-tsekoly ireo mpianatra hafa.
- Manana mpiray tampo iray izay manorisory anao matetika ianao.
- Tsy tianao tahaka ilay mpitarika teo aloha ny iray amin'ireo mpanorohevitra vaovao ao amin'ny kôlejinao na kilasinao.

Taorian'ny fanazavany ny maha zava-dehibe ny fananantsika fiantrana eo amin'ny fiainantsika dia nanazava ny fomba hahazoantsika ity toetra manan-danja ity i Môrmôna. Vakio ny Môrônia 7:48 ary asio marika ireo teny na andian-teny izay mampianatra ity fitsipika ity: **Afaka ny ho feno fiantrana isika rehefa mivavaka amin'ny Ray amin'ny herin'ny fo manontolo sy miaina toy ny mpanara-dia marina an'i Jesoa Kristy.** Saintsaino ny antony maha zava-dehibe ny mangataka ilay fanomezam-pahasoavan'ny fiantrana amin'ny herin'ny fo manontolo fa tsy hoe mangataka tsotsotra fotsiny ity fanomezam-pahasoavana ity.

**5.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny momba ny fotoana iray izay nahatsapanao fa nanampy anao mba ho be fiantrana ny Tompo. Na manorata mikasika ny fotoana iray izay nahitanao olona iray naneho fiantrana. Ho fanampian'izany dia mametraha tanjona manokana iray hoentina hivoarana amin'ny iray amin'ireo toetry ny fiantrana izay voatanisa ao amin'ny Môrônia 7:45. Angataho ilay fanomezam-pahasoavan'ny fiantrana rehefa miezaka manatanteraka ny tanjonao ianao.

## Soratra Masina Fehezina—Môrônia 7:41

Soraty eo amin'ny taratasy iray ilay andininy iray manontolo. Tanisao imbetsaka ilay andininy. Fafao (na tsipiho) ireo teny na andian-teny mandra-pahaizanao tsianjery ilay andininy manontolo.

## Soratra Masina Fehezina—Môrônia 7:45, 47–48

Soraty eo amin'ny taratasy iray ny tarehintsoratra voalohan'ny teny tsirairay ao amin'ireto andininy telo ireto. Jereo ilay taratasy mba hanampiana anao hitanisa ireo andininy. Aorian'ny hitanisao imbetsaka ireo andininy ireo dia fafao na tsipiho ireo tarehintsoratra mandra-pahaizanao tsianjery ireo andininy. Dia misafidiana iray amin'ireto vondron'olona manaraka ireto izay tianao hanehoana fiantrana bebe kokoa: fianakaviana, mpikambana ao amin'ny kôlejy na kilasy any am-piangonana, mpiara-mianatra, namana, na mpifanolobodirindrina. Mieritrereta momba ilay olona izay nofinidinao eo am-pamakianao ny Môrônia 7:45 ary saintsaino ireo fomba hoentinao hanehoana fitiavana araka an'i Kristy bebe kokoa amin'ireo olona ireo.

**6.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny fomba iray na roa hanehoanao fiantrana bebe kokoa amin'ireo olona ireo. Mandritra ny herinandro manaraka dia mangataha fanampiana avy amin'ny Tompo mba hananana fiantrana lehibe kokoa amin'izy ireo. Rehefa any amin'ny faran'ny herinandro dia zarao amin'ny namana iray na mpikambana ao amin'ny fianakaviana ny zavatra niainanao.

**7.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Môrônia 7:20–48 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 32: ANDRO 2

# Môrônia 8–9

## Fampidirana

Ny Môrônia 8 dia epistily (taratasy) nosoratan'i Môrmôna ho an'i Môrônia zanany lahy momba ny antony tsy ilana ny hanaovana batisa ny ankizy madinika. Ao anatin'ilay epistily dia mampianatra momba ny fomba ahafahantsika miomana ny hitoetra miaraka amin'Andriamanitra ihany koa i Môrmôna. Izany dia nofaranany tamin'ny alalan'ny fanehoana ahiahy ny amin'ny faharatsiana sy faharavana manambana ny Nefita izy. Mirakitra ny epistily farany nosoratan'i Môrmôna ho an'ny zanany lahy ny Môrônia 9. Naneho alahelo ny amin'ny toetra ratsin'ny Nefita izy ary namporisika an'i Môrônia mba hiasa amim-pahazotoana mba hanampiana ny Nefita mba hibebaka. Na dia teo aza ny fahasimban'ny toe-tsain'ny vahoakany dia namporisika ny zanany lahy mba ho mahatoky ao amin'i Kristy izy sy hihazona ao an-tsainy mandrakariva ilay fampanantenana ny fiainana mandrakizay.

### Môrônia 8:1–24

*Nanoratra ho an'i Môrônia zanany lahy momba ireo izay mila hatao batisa i Môrmôna*

Efa nanontany tena ve ianao hoe nahoana ny ankizy ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no tsy atao batisa raha tsy feno valo taona izy ireo? Tao anatin'ny taratasy nosoratany ho an'i Môrônia zanany lahy dia nampianatra fahamarinana manan-danja maro momba ny famonjena ny ankizy madinika sy ny batisa i Môrmôna, tafiditra ao anatin'izany ny antony tsy hanaovana batisa ny ankizy raha tsy feno valo taona izy ireo. Nanomboka ny taratasiny ho an'i Môrônia tamin'ny alalan'ny firesahana momba ny fifandirana (tsy fitovian-kevitra) teo amin'ny Nefita i Môrmôna. Vakio ny Môrônia 8:4–6 ary tadiavo ilay fotopampianarana izay nifanjihiran'ny Nefita. (Eo am-pamakianao dia mety hanampy ny mahafantatra fa ny hoe *bontolo* ato anatin'ity toe-javatra ity dia midika ho tena ratsy tokoa.)

Vakio ny Môrônia 8:7 ary fantaro izay nataon'i Môrmôna rehefa naheno ity olana ity izy. Namaly ny vavak'i Môrmôna ny Tompo tamin'ny alalan'ny fanazavana ny antony tsy ilan'ny ankizy batisa mialohan'ny taona maha-tompon'andraikitra. Vakio ny Môrônia 8:8–9 ary tadiavo izay nolaizain'ny Mpamonjy momba ny antony tsy hanaovana batisa ny zaza sy ny ankizy madinika.

Ao amin'ny Môrônia 8:8 dia entina ilazana ny fanesorana an'i Adama tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra vokatry ny Fahalavoana ny hoe "ozon'i Adama". Mazava ho azy fa tsy nahatakatra ny fotopampianaran'ny batisa ny Nefita sasany. Noho izany dia nino tamim-pahadisoana izy ireo fa tsy mendrika ny ho eo anatrehan'Andriamanitra ny ankizy madinika raha tsy mandray ny ôrdônansin'ny batisa, ka dia tian'izy ireo ny hanaovana batisa ny ankizy rehefa mbola tena kely tokoa izy ireo. Eo am-panakarana ity andininy ity dia mety hanampy ihany koa ny mahatsiaro fa ny fahotana dia "fandikana ankitsirano ny didin'Andriamanitra" (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fahotana," scriptures.lds.org). Mba hahatakarana bebe kokoa ny fotopampianarana ato amin'ity andininy ity dia mety ho tianao ny hampifandray ny Môrônia 8:8 amin'ny fanekem-pinoana faharoa.

Vakio ny Môrônia 8:10 ary mitadiava teny izay mameno izao fahamarinana manaraka izao: **Ny fibebahana sy ny batisa dia ilain'ireo rehetra izay**_______________ _______________________________________________.

Satria ny batisa dia ilain'ireo izay tompon'andraikitra sy afaka manao fahotana ihany dia nampianatra i Môrmôna fa diso ny manao batisa ankizy madinika mialoha ny taona maha-tompon'andraikitra azy ireo. Vakio ny Môrônia 8:11–13, 18–22 ary tadiavo ny



fanazavan'i Mômôna mikasika ny antony maha-diso ny batisa ho an'ny ankizy madinika. Ireto andininy ireto dia mampianatra ity fotopampianarana ity: **Ny ankizy madinika dia voavonjy amin'ny alalan'ny Sorompavavotan'i Jesoa Kristy.**

Nametraka ny taona iantombohan'ny maha-tompon'andraikitra ny Tompo—valo taona (jereo ny F&F 68:25–27; Dikantenin'i Joseph Smith, Genesisy 17:11 [ao amin'ny Bible appendix]). Mialoha ny fahavalo taonan'ny ankizy dia tsy manota izy ireo satria tsy nomena hery hakana fanahy azy ireo i Satana (jereo ny F&F 29:46–47). Tsy raisina ho fahotana ny fahadisoana ataon'ny ankizy alohan'ny fahavalo taona.



Nanazava ny antony tsy hahavitan'ny ankizy madinika manota ny Loholona Dallin H. Oaks avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Takatsika avy amin'ny fotopampianarana ananantsika fa mialohan'ny taona maha-tompon'andraikitra dia tsy 'mahavita manota' ny ankizy iray (Môrô. 8:8). Mandritra izany fotoana izany dia afaka manao fahadisoana ny ankizy, ary mety tena ratsy sy manimba zavatra mihitsy aza ka mila ahitsy, saingy tsy isaina ho fahotana ny zavatra nataon'izy ireo" ("Sins and Mistakes," *Ensign,* ôkt. 1996, 65).

Ao anatin'ny epistiliny dia nijoro ho vavolombelona ihany koa i Mômôna fa "velona ao amin'i Kristy" ny ankizy madinika ary raha maty alohan'ny fahavalo taonany izy ireo dia ho voavotra amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy (jereo ny Môrônia 8:12–15, 22).

Rehefa nanazava ny antony tsy ilan'ny zaza sy ny ankizy madinika batisa i Mômôna dia nijoro ho vavolombelona ny amin'ity fitsipika ity izy: **Mahitsy tanteraka Andriamanitra amin'ny fisahanany ny zanany.** Midika izany fa ataon'Andriamanitra izay hananan'ny rehetra fahafahana hahazo famonjena ara-draliny.

**1.** Afaka manampy anao hianatra hanazava ireo fotopampianarana nampianarina ao amin'ny ampahany voalohany ao amin'ny Môrônia 8 ity asa atao manaraka ity. Fidio ny iray amin'ireto toe-javatra miseho eto ambany ireto (na fidio izy roa), ary soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny andininy iray na roa avy ao amin'ny Môrônia 8:8–24 izay manampy amin'ny famakiana ny ahiahin'ilay olona ao amin'ilay toe-javatra miseho. Dia manorata andinin-tsoratra iray na roa hamaliana ilay toe-javatra miseho. Ampiasao ao anatin'ny valintenina ireo andinin-tsoratra masina.

**a.** Amin'ny maha-misiônera anao dia nifankahita tamin'ny lehilahy iray izay tena mikatsaka ny fahamarinana tokoa ianao. Manazava izy fa ny nampianarina azy nandritra ny fiainany iray manontolo dia ny hoe mpanota ny ankizy madinika rehefa teraka noho ny fandikan-dalàn'i Adama. Azony antoka fa rehefa maty tsy vita batisa ny zaza dia mpanota izy ireo ary tsy azo vonjena.

**b.** Manaiky ny mpikambana vaovao iray fa hevitra tsara ny batisa ho an'ny ankizy valo taona kanefa nanontany izy hoe: "Tsy dia mampaninona loatra raha atao batisa rehefa valo volana na valo taona ny olona iray, sa tsy izany?"

## Môrônia 8:25–30

### *Nampianatra izay tsy maintsy ataontsika mba hitoerana miaraka amin'Andriamanitra i Mômôna*

Taorian'ny nampianarany ny antony tsy ilan'ny ankizy madinika batisa dia nampianatra i Mômôna fa tsy maintsy atao batisa ny olona izay nahatratra ny taona maha-tompon'andraikitra. Nanazava izay ny zavatra tsy maintsy hataontsika aorian'ny batisa ihany koa izy mba hahafahana mitoetra miaraka amin'Andriamanitra.

Vakio ny Môrônia 8:25–26 ary tadiavo izay zavatra tsy maintsy hataontsika sy ireo toetra tsy maintsy hananantsika mba hahafahana mitoetra miaraka amin'Andriamanitra. Mety ho tianao hasiana marika ireo zavatra ireo ao anatin'ny soratra masinao. Mety hanampy ny mahatakatra fa ny "fahalemem-panahy" dia midika hoe mankato ny sitrapon'Andriamanitra, ary ny "fietren'ny fo" dia midika hoe manetry tena marina.

Mety ho tianao ny hanoratra izao fitsipika manaraka izao ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Môrônia 8:25–26: **Afaka mahazo ny Fanahy Masina, izay manomana antsika mba hitoetra miaraka amin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny fankatoavana ireo didy.**

**2.** Hanampy anao mba hahatakatra bebe kokoa ny Môrônia 8:25–26 ireto fanontaniana manaraka ireto. Saintsaino avokoa ireo fanontaniana ireo, ary misafidiana roa na maromaro amin'izy ireo avy eo mba hovalina ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina:

**a.** Nahoana araka ny eritreritrao no afaka mitarika any amin'ny fahalemem-panahy sy fietren'ny fo ny fahazoana ny famelana ny helokao?

**b.** Nahoana no manasa ny Fanahy Masina ho eo amin'ny fiainanao ny fananana fahalemem-panahy sy ny fietren'ny fo?

**d.** Ahoana no hanampian'ny fananana ny Fanahy Masina anao mba hiomana hiaina miaraka amin'Andriamanitra?

**e.** Nampianatra i Mômôna fa raha tiantsika ny hofenoina fitiavana izay maharitra dia tsy maintsy mivavaka amim-pahazotoana isika. Nahoana araka ny eritreritrao no ilaina ny fanaovana vavaka amim-pahazotoana raha tiantsika ny hofenoina fitiavana?

Araka ny voarakitra ao amin'ny Môrônia 8:27 dia manameloka fahotana iray dia ny fiavonavonana, izay teo anivon'ny Nefita i Mômôna. Vakio ny Môrônia 8:27 ary tadiavo ny vokatry ny fiavonavonan'ny Nefita. Dia

ampitahao amin'ny vokatry ny fahalemem-panahy sy fietren'ny fo hita ao amin'ny Môrônia 8:26 izany.

Namporisika an'i Môrônia mba hivavaka ho an'ny Nefita i Môrmôna amin'izay mantsy dia mety mba hibebaka sy hahazo ireo fitahiana nofaritany tao anatin'ny taratasiny izy ireo (jereo ny Môrônia 8:28–30). Eo am-pampiasana ny torohevitr'i Môrmôna ho an'ny zanany lahy, dia mieritrereta mba hivavaka ho an'ireo olona manokana izay fantatrao fa mila mandray ireo fitahian'ny filazantsara, ary mikatsaha fomba hanampiana ireo olona ireo.

## Môrônia 9:1–20

### *Nitantara ny faharatsian'ny Nefita sy ny Lamanita i Môrmôna*

Mieritrereta fotoana iray izay niezahanao nanampy olona iray saingy nolavin'izany olona izany ny ezaka nataonao izany. Ahoana no mety ho fihetsiky ny olona sasany rehefa lavin'ireo izay ezahany hampiana hatrany ny fikasana tsara ananany? Eo am-pandalinanao ny epistily faharoan'i Môrmôna ho an'i Môrônia zanany izay hita ao amin'ny Môrônia 9 dia tadiavo izay nolazain'i Môrmôna mba hamporisihana ny zanany lahy mba tsy hilavo lefona amin'ny Nefita.

Vakio ny Môrônia 9:1, ary tadiavo ilay teny nampiasain'i Môrmôna mba hamaritana ny toe-javatra izay horesahiny ao anatin'ny taratasiny. Mariho fa ny *mampalahelo* eto amin'ity zava-mitranga ity dia midika ho tena manahiran-tsaina tokoa. Araka ny voarakitra ao amin'ny Môrônia 9:2–19, i Môrmôna dia nanambara ny sasany tamin'ireo zavatra nanahiran-tsaina izay niseho teo anivon'ny vahoaka, izay nampiseho ny halehiben'ny haratsiam-panahin'ny vahoaka. Tahaka an'i Etera, izay mpaminany iray teo anivon'ny Jaredita, dia vavolombelon'ny hatezerana sy faharatsiana izay nandrendrika ny vahoakany i Môrmôna. Nanahy izy fandrao efa nitsahatra ny fitaoman'ny Fanahin'ny Tompo azy (jereo ny Môrônia 9:4).

Saintsaino ny antony nanohizan'i Môrmôna niasa teo anivon'ny Nefita na dia nanamafy ny fony tamin'ny tenin'Andriamanitra sy nandà ireo ezaka nataon'ireo mpaminany mba hanampiana azy aza izy ireo.

Namone torohevitra mahery vaika vitsivitsy ho an'i Môrônia i Môrmôna momba ny fomba hitoriana amin'ny olona izay tsy nanokatra ny fony. Vakio ny Môrônia 9:3–6, ary asio marika ireo teny na andianteny izay mampianatra ity fitsipika ity: **Isika dia natao hiasa amim-pahazotoana rehefa manompo an'Andriamanitra na dia tsy maneho fihetsika tsara eo anatrehan'izany aza ireo izay tompointsika.** Ny andininy faha- 6 dia tena manampy amin'ny fampianarana ity fitsipika ity.

## Môrônia 9:21–26

### *Namporisika an'i Môrônia mba ho mahatoky i Môrmôna*

Mieritrereta zava-nitranga vao haingana teo amin'ny fiaraha-monina misy anao, na teo amin'ny firenenao na teo amin'izao tontolo izao izay mety nahakivy ny olona. Vakio ny Môrônia 9:25–26 mba hahitana ny torohevitra nomen'i Môrmôna ho an'i Môrônia momba ny zavatra tokony hatao ao anatin'ny toe-javatra mahakivy.

**3.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona no nolazain'i Môrmôna tamin'i Môrônia fa tokony "hitoetra mandrakizay ao an-tsainao"? (Môrônia 9: 25). Ahoana no hanampian'ny fahatsiarovana ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotany anao rehefa ao anatin'ny fahasarotana na voahodidin'ny faharatsiana ianao?

Afaka mianatra ity fitsipika ity isika avy amin'ny torohevitra nomen'i Môrmôna an'i Môrônia: **Rehefa mahatoky ao amin'i Jesoa Kristy isika dia afaka manazava ny saina amam-panahintsika Izy na dia voahodidin'ny zava-tsarotra sy ny faharatsiana aza isika.** Afaka midika hoe miezaka amin'ny fotoana rehetra mba hanao asa tahaka ny mpianatra marin'ny Mpamonjy, sy mahatsiaro ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotana, ary manaja amim-pahatokiana ny didiny ny hoe "mahatoky ao amin'i Kristy."

**4.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny mikasika ny zava-niseho iray teo amin'ny fiainanao na teo amin'ny fiainan'ny olona iray akaiky anao izay mampiseho fa marina ilay fitsipika teo aloha io.

Mieritrereta fomba iray izay hahafahanao ho mahatoky bebe kokoa ao amin'i Kristy rehefa voahodidin'ny faharatsiana sy ny toe-javatra sarotra ianao.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Môrônia 8–9 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

# Môrônia 10:1–7, 27–29

## Fampidirana

Namporisika ny Lamanita sy ireo rehetra izay hamaky ny fijoroana ho vavolombelona nananany i Môrônia mba hamantatra ho an'ny tenan'izy ireo manokana ny fahamarinan'ny teniny amin'ny alalan'ny fangatahana amin'Andriamanitra. Nampianatra izy fa ny fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Mômôna sy i Jesoa Kristy dia ho tonga amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Nanambara tamim-pahasahiana i Môrônia fa hifankahita amin'ny mpamaky ny teniny eo anoloan'ny toeram-pitsaran'Andriamanitra izy, izay eo no hanamafisan'Andriamanitra ny fahamarinan'ny teniny.


### Môrônia 10:1–7

*Mamporisika antsika mba hahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna sy momba an'i Jesoa Kristy i Môrônia*

Avereno jerena ny lesona fampidirana ny Bokin'i Môrmôna ao amin'ny fizarana 1 ato amin'ity boky ity. Tadidinao ve ny anton'ilay vato ifaharana eo amin'ny andohalambo iray sy ny ifandraisan'ny vato ifaharana amin'ny Bokin'i Môrmôna? Avadiho any amin'ny teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna ny boky (hita any amin'ny fiandohan'ny boky), ary vakio ny fanambarana avy tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ao amin'ny andinin-tsoratra fahenina.

Namaritra ny Bokin'i Môrmôna ho toy ny "vato ifaharan' "ny finoantsika ny Mpaminany Joseph Smith, izay midika fa ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ny Bokin'i Môrmôna dia mihazona sy mampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ireo fahamarinan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Vakio ny andinin-tsoratra farany ao amin'ny teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna ary tadiavo ireo fahamarinana azon'ny olona iray fantarina amin'ny alalan'ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna. Tahaka ny hihazonan'ny vato ifaharana miaraka ny andohalambo, ahoana no mahatonga ny fijoroana ho vavolombelona anananao ho voatazona miaraka sy mahazo tanjaka amin'ny alalan'ny Bokin'i Môrmôna?

Teo amin'ny 1400 taona talohan'ny nahazoan'i Joseph Smith ireo takelaka volamena dia namarana ny rakitsoratry ny rainy i Môrônia tamin'ny fanoratana ny




famporisihany farany an'ireo izay handray ny Bokin'i Môrmôna amin'ny andro farany (jereo ny Môrônia 10:1–2). Ny teny hoe *mamporisika* dia midika hoe manentana mafy ny olona iray. Nampiasa ity teny ity imbalo i Môrônia ao anatin'ny toko faran'ny Bokin'i Môrmôna. Namporisika ireo rehetra izay mandray ny Bokin'i Môrmôna izy mba hikatsaka fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinana sy fahamasinan'izany.

Vakio ny Môrônia 10:3–4 ary fantaro ireo zavatra nolazain'i Môrônia fa tokony hataontsika mba hahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna. Mety ho tianao hasiana marika ireo zavatra ireo ao amin'ny soratra masinao. Halalino izao fampahalalana manaraka izao izay mikasika ny tsirairay amin'ireo zavatra nolazain'i Môrônia fa tokony hataontsika:

#### *"Vakio ireto zavatra ireto"*

Ny dingana voalohany atao mba hahazoana fijoroana ho vavolombelona fa marina ny Bokin'i Môrmôna dia ny mamaky izany. Nizara ny fomba nahazoan'ny zatovovavy iray tombontsoa avy amin'ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna iray manontolo ny Loholona Tad R. Callister avy ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy:

"[Nisy] ankizivavy 14 taona iray. . . nilaza fa niresaka momba ny finoana niaraka tamin' ny iray tamin' ireo namany tany an-tsekoly izy. Nilaza taminy ilay namany hoe: "Inona no finoanao?"

"Dia namaly izy hoe: 'Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany na ny Môrmôna.'

"Namaly ilay namany hoe: 'Fantatro izay Fiangonana izay ary fantatro fa tsy marina izy io.'

"'Ahoana no ahafantaranao izany?' hoy ny navalin' ilay ankizivavy.

"'Satria," hoy ilay namany, 'Nanao fikarohana momba izany aho.'

" 'Efa namaky ny Bokin' i Môrmôna ve ianao?'

" 'Tsia,' hoy ny navaliny. 'Tsy mbola namaky izany aho.'

"Dia namaly ity ankizivavy mahafinaritra ity hoe: 'Dia tsy nanao fikarohana momba ny Fiangonako izany ianao satria efa namaky ny pejy rehetran' ny Bokin' i Môrmôna aho ary fantatro izany fa marina.' " ("The Book of Mormon—a Book from God," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2011, 76).

Nahoana araka ny eritreritrao no ilaina ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna mba hahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinany? ___________

_______________________________________________

### "[Mahatsiaro] ny naha-feno famindram-po ny Tompo"

Ny dingana manaraka ao amin'ilay lamina arahana dia ny "[mahatsiaro] ny naha-feno famindram-po ny Tompo." Ny fahatsiarovana ireo famindram-pon'ny Tompo eo amin'ny fiainantsika dia afaka manalefaka ny fontsika sy manomana antsika mba handray ny Fanahy Masina. Saintsaino ireo fotoana nahatsapanao ny famindram-pon'ny Tompo teo amin'ny fiainanao.

Ao amin'ny fanombohan'ny Bokin'i Môrmôna dia nanambara i Nefia fa amin'ny alalan'ny rakitsorany no hanehoany amintsika ireo ohatra maneho ny famindram-pon'ny Tompo (jereo ny 1 Nefia 1:20). Any amin'ny fiafaran'ny Bokin'i Môrmôna dia mangataka amintsika mba hahatsiaro ireo famindram-pon'ny Tompo i Môrônia (jereo ny Môrônia 10:3). Mety ho tianao hosoratana eo akaikin'ny Môrônia 10:3 ny soratra masina mifandray 1 Nefia1:20 .

**1.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Inona no porofon'ny famindram-pon'ny Tompo hitanao teo amin'ny fiainanao?

**b.** Ahoana araka ny eritreritrao no hanampian'ny fahatsiarovana ny famindram-pon'ny Tompo ny olona iray mba hahazoany fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna?

Afaka manomana antsika mba hisaintsaina ny hafatry ny Bokin'i Môrmôna ho antsika ny fahatsiarovana ny famindram-pon'ny Tompo.

### "[Misaintsaina] izany ao am-ponareo"

Ny dingana manaraka nampianarin'i Môrônia dia ny "misaintsaina izany ao am-ponareo." Nanazava ny ahafahan'ny fisaintsainana manampy antsika mba handray ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika ny Loholona Marvin J. Ashton avy tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Rehefa mamaky ny Bokin'i Môrmôna aho dia toa misedra sy mampihetsi-po ahy ilay teny hoe *misaintsaina* izay ampiasaina matetika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Ny rakibolana dia miteny hoe ny *misaintsaina* dia midika hoe mampiasa ny saina, mieritreritra lalina, mandanjalanja, ary mandinika. . . . Nampiasa ity teny ity i Môrônia rehefa namarana ny rakitsorany [jereo ny Môrônia 10:3].


"Amin'ny alalan'ny fisaintsainana dia manome fahafahana ho an'ny Fanahy mba hanaitra sy hitarika isika. Rohy mahery vaika eo amin'ny fo sy ny saina ny fisaintsainana. Rehefa mamaky ny soratra masina isika dia tohina ny fo sy ny saintsika. Rehefa mampiasa ny fanomezam-pahasoavan'ny fisaintsainana isika dia afaka maka ireo fahamarinana mandrakizay ireo ary mahatsapa ny fomba hampidirantsika azy ireny eo amin'ny asa ataontsika isan'andro. . . .

"Tanjona ara-tsaina mivoatra hatrany ny fisaintsainana. Fanomezam-pahasoavana lehibe ho an'ireo izay mahay mampiasa azy izany. Mahazo fahatakarana sy hevi-baovao ary fampiharana azo atao isika raha toa ka mampiasa ny fanomezam-pahasoavan'ny fisaintsainana" ("There Are Many Gifts," *Ensign,* nôv. 1987, 20).

**2.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

**a.** Tamin'ny fomba ahoana no nanampian'ny fisaintsainana anao rehefa nandalina ny Bokin'i Môrmôna ianao, mba hahatsapa ny Fanahy Masina?

**b.** Inona no azonao atao mba hisaintsainana mitohy kokoa sy tsara kokoa rehefa mandalina ny soratra masina ianao?



*“Manontany amim-kitsimpo, omban’ny tena finiavana sady mino an’i Kristy.”*

Rehefa “mivavaka amin-kitsimpo omban’ny tena finiavana” ny olona dia midika izany hoe vonona ny “handray andraikitra mifanaraka amin’izay valiny azony avy amin’Andriamanitra izy ireo” (*Torio ny Filazantsarako* [2004], 111).

Nianatra ny maha zava-dehibe ny fivavahana amin-kitsimpo ny lehilahy iray izay antsoina hoe Rodolfo Armando Pérez Bonilla. Natao batisa izy tamin’ny fahasivy taonany kanefa tsy navitrika niangona ny fianakaviany. Rehefa lasa mpitovo izy dia nanomboka nieritreritra mikasika ny filazantsara sy niaina izao toe-javatra manaraka izao:

“Indraindray aho dia nivavaka mba hahafantatra izay marina, saingy toy ny eritreritra mandalo kokoa izany noho ny fanontaniana amin-kitsimpo. Ary indray alina dia nanapa-kevitra ny hivavaka omban’ny “tena finiavana” aho.

“Nilaza tamin’ny Ray any an-danitra aho fa te-hahafantatra Azy sy te-ho mpikamban’ny Fiangonany marina. Nampanantena aho hoe: “Raha ampahafantarinao ahy hoe mpaminany marina ve sa tsia i Joseph Smith ary marina ve sa tsia ny Bokin’i Môrmôna dia hanao izay zavatra rehetra tianao hataoko aho. Raha Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany no Fiangonana marina dia hanaraka izany aho ary tsy handao izany na oviana na oviana.”

“Tsy nahita fisehoan-javatra nampitolagaga aho, saingy nahatsapa fiadanana ary dia nandeha natory. Ora maro taty aoriana dia nifoha niaraka tamin’ny eritreritra miavaka aho hoe: “I Joseph Smith dia mpaminany marina, ary ny Bokin’i Môrmôna dia marina.” Narahina fiadanana tsy hay faritana ilay eritreritra. Natory indray aho, ary nifoha taty aoriana kely niaraka tamin’ilay fahatsapana sy eritreritra teo ihany.

“Nanomboka tamin’izay fotoana izay dia tsy niahiahy na oviana na oviana aho fa i Joseph Smith dia tena mpaminany marina. Fantatro fa ity no asan’ny Mpamonjy ary hamaly ny fangatahana amin-kitsimpo ataontsika ny Ray any an-danitra” (“How I Know,” *Ensign,* ôkt. 2011, 64).

**3.** Eritrereto hoe hatraiza no tena halehiben’ny faniriananao hanana fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba ny fahamarinan’ny Bokin’i Môrmôna. Soraty ao anatin’ny diary fandalinanao ny soratra masina ny sasany amin’ireo zavatra izay efa nataonao mba hahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin’i Môrmôna. Dia soraty avy eo izay azonao atao mba hahazoanao fijoroana ho vavolombelona matanjaka kokoa momba ny Bokin’i Môrmôna.

Vakio ny Môrônia 10:4, ary fantaro ny zavatra nijoroan’i Môrônia ho vavolombelona fa hataon’Andriamanitra ho an’ireo izay manaraka ity lamina ahitana ny famakiana, fahatsiarovana sy fisaintsainana ary fangatahana ity. Azonao asiana marika ao anatin’ny soratra masinao ity fampanantenana ity. (Soratra masina fehezina ny Môrônia10:4–5.)

Vakio ny Môrônia 10:5–7, ary tadiavo hoe inona ihany koa no nampanantenain’i Môrônia fa azontsika fantarina amin’ny alalan’ny Fanahy Masina.

Fitsipika iray azontsika ianarana avy amin’ny Môrônia 10:3–7 ny hoe: **Rehefa mikatsaka zavatra amimpinoana isika dia afaka mandray fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin’i Môrmôna sy i Jesoa Kristy amin’ny alalan’ny Fanahy Masina.** Mety ho tianao ny hanoratra izany ao anatin’ny soratra masinao eo akaikin’ireo andininy ireo.

**4.** Ataovy ao anatin’ny diary fandalinanao ny soratra masina izao manaraka izao:

**a.** Raketo an-tsoratra ny fomba nentin’ny famakiana, fahatsiarovana sy fisaintsainana ary fivavahana tamin’ity taona ity mba hanatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny Bokin’i Môrmôna sy ireo fahamarinana ampianarin’izany na mba hanampiana anao hahazo fijoroana ho vavolombelona momba izany.

**b.** Mieritrereta fotoana iray izay nahatsapanao ny Fanahy Masina ho nijoro ho vavolombelona taminao momba ny fahamarinan’ny Bokin’i Môrmôna na fahamarinana ara-pilazantsara iray hafa. Zava-dehibe ny mahatsiaro fa ny ankamaroan’ny fanamba-



rana dia tsy tonga amin'ny fomba mahatalanjona. Ny ankabetsahan'ny olona dia hahatsapa bitsika mangina sy malefaka avy amin'ny Fanahy Masina, toy ny fahatsapana hafanana sy filaminana anaty na fahatokisana ilay fahamarinana. Afaka mijoro ho vavolombelona momba ireo fahamarinana ara-pilazantsara fitsipika anampy fitsipika ihany koa ny Fanahy, ka manampy antsika mba hianatra tsikelikely ireo fahamarinana rehefa mandeha ny fotoana. Manorata mikasika ny fotoana iray izay nahatsapanao ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ny Fanahy Masina mba hitondrana fanamafisana.

### Môrônia 10: 27–29

*Nijoro ho vavolombelona i Môrônia fa hifankahita amintsika eo amin'ny toeram-pitsaran'Andriamanitra izy.*

Vakio ny Môrônia 10:27–29 ary diniho ny fomba hampianaran'ireto andininy ireto izao fitsipika manaraka izao: **Ireo izay nandray ny Bokin'i Môrmôna dia ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra ny amin'izay nanaovany izany.** Alaivo sary an-tsaina hoe manana fahafahana hahita an'i Môrônia eo amin'ny toeram-pitsaran'Andriamanitra ianao. Saintsaino izay holazainao aminy mikasika ny Bokin'i Môrmôna sy ny fomba fiantraikan'izany teo amin'ny fiainanao.

### Soratra Masina Fehezina—Môrônia 10:4–5

Afaka ho tonga fanampiana lehibe ho anao amin'ny fizarana ny hafatry ny Bokin'i Môrmôna amin'ny hafa ny fanaovana tsianjery ny Môrônia 10:4–5. Makà fotoana fohy izao mba hanaovana tsianjery izany. Fomba iray hanaovana izany ny famakiana mafy imbetsaka ireo andinin-tsoratra masina. Dia adikao tsirairay intelo eo amin'ny taratasy iray na ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina avy eo ireo teny ao. Rehefa vitanao izany dia jereo raha toa ka vitanao ny mitanisa ireo andininy ireo tsianjery.

**5.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Môrônia 10:1–7, 27–29 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*

FIZARANA 32: ANDRO 4

# Môrônia 10:8–26, 30–34

## Fampidirana

Taorian'ny nampianaran'i Môrônia ny fomba hahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinan'ny zava-drehetra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina dia namporisika ireo izay hamaky ny teniny izy mba hamantatra sy handray ireo fanomezampahasoavana ara-panahy. Namarana ny rakitsoratry ny Bokin'i Môrmôna i Môrônia tamin'ny alalan'ny famporisihana ny olon-drehetra mba hanatona an'i Jesoa Kristy sy hihazona ny zavatra tsara rehetra omeny, ary ho atao tanteraka amin'ny alalany.

### Môrônia 10:8–26

*Nampianatra mikasika ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy sy ny tanjon'izy ireny ao amin'ny asan'ny Tompo i Môrônia*

Mieritrereta fotoana iray izay nitahian'ny Ray any andanitra anao mba hananana fahafahana hanao zavatra iray izay tsy ho vitanao samirery. Ao anatin'ny toko famaranan'i Môrônia dia nijoro ho vavolombelona momba ny fanampiana sy ny tanjaka azon'ny Tompo

omena antsika izy. Vakio ny Môrônia10:8 ary tadiavo ilay andian-teny izay mamaritra ireo fahafaha-manao ara-panahy na fitahiana izay omen'ny Ray any andanitra an'ireo zanany mahatoky.

Ireo "fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra" nolazain'i Môrônia ao amin'ny Môrônia 10:8 dia antsoina ihany koa hoe "fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy" na "fanomezam-pahasoavana ara-panahy." Mety ho tianao ny hanisy marika ny andian-teny hoe "fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra" ao anatin'ny soratra masinao. Soraty ao amin'ny soratra masina eo akaikin'ny Môrônia 10:8 izao fahamarinana manaraka izao: **Manome ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Andriamanitra mba hahasoa ny zanany.** Midika ho tombontsoa ho an'ny zanany na fanampiana ho azy ilay andian-teny hoe "hahasoa ny zanany."

Vakio ny Môrônia 10:9–16 ary asio marika ny fanomezam-pahasoavana tsirairay nolazain'i Môrônia. Zava-dehibe ny mahafantatra fa ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy noresahan'i Môrônia dia ohatra vitsy ihany amin'ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy maro izay misy. Ny Loholona Marvin J. Ashton avy tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra fa "Nomen'Andriamanitra talenta iray na maromaro ny tsirairay amintsika":



"Ny iray amin'ireo zava-doza lehibe eto amin'ny fiainana ho ahy dia ny fanasokajian'ny olona iray ny tenany ho tsy manan-talenta na fanomezam-pahasoavana. . . . Tsy hoe tsy rariny fotsiny ihany fa toy ny fisainana adaladala ny filazantsika fa tsy manana fanomezam-pahasoavana isika rehefa refesintsika amin'ny alalan'ny tsanganana, ny fahaizana, ny naoty ambony indrindra azo any an-tsekoly, ny harena, ny fahefana ananana, ny toerana misy na ny endrika ivelany ny tenantsika. . . .

". . . Raha raisina an-kisendrasendra fotsiny dia mamela ahy hilaza fanomezam-pahasoavana vitsy izay tsy voatery mibaribary sy hita miavaka foana kanefa tena manan-danja tokoa. Mety ho anisan'izany ireo fanomezam-pahasoavana ananananao—fanomezam-pahasoavana tsy tena mibaribary kanefa tena misy sy sarobidy na izany aza.

"Andeha isika hamerina hijery ny sasany amin'ireny fanomezam-pahasoavana tsy dia fantatra loatra ireny: ny fanomezam-pahasoavan'ny fangatahana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fihainoana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fahenoana sy fampiasana ilay feo tony sy malefaka, ny fanomezam-pahasoavan'ny fahafahana mitomany; ny fanomezam-pahasoavan'ny fisorohana ny fifandirana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fahaizana mifanaraka; ny fanomezam-pahasoavan'ny fisorohana ny famerimberenana fahatany; ny fanomezam-pahasoavan'ny fikatsahana izay marina; ny fanomezam-pahasoavan'ny tsy fitsaratsarana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fitodihana amin'Andriamanitra mba hahazo fitarihana; ny fanomezam-pahasoavan'ny maha-mpianatra, ny fanomezam-pahasoavan'ny fikarakarana ny hafa; ny fanomezam-pahasoavan'ny fahafahana misaintsaina; ny fanomezam-pahasoavan'ny fanolorana vavaka; ny fanomezam-pahasoavan'ny fizarana fijoroana ho vavolombelona matanjaka; ary ny fanomezam-pahasoavan'ny fandraisana ny Fanahy Masina.

"Tokony hotsaroantsika fa ny olona tsirairay dia omen'ny Fanahin'Andriamanitra fanomezam-pahasoavana iray [jereo ny F&F 46:11–12]. Zontsika sy andraikitsika ny manaiky ireo fanomezam-pahasoavana ananantsika sy ny mizara izany. Natao ho antsika rehetra ireo fanomezam-pahasoavana sy herin'Andriamanitra" ("There Are Many Gifts," *Ensign,* nôv. 1987, 20).

Vakio ny Môrônia 10:17 ary diniho ilay fampianaran'i Môrônia hoe, ny mpikambana mahatokin'ny Fiangonana rehetra dia manana farafahakeliny fanomezam-pahasoavana iray (jereo ihany koa ny F&F 46:11). Nampianatra ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa " ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy. . . dia hanampy ny tsirairay amintsika mba hahatratra ny tanjontsika dia ny fiainana mandrakizay.



"Ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy ireo dia mitambatra ao anatin'ny fanomezana ny Fanahy Masina. Ny Fanahy Masina no mpikambana fahatelo ao amin'ny Andriamanitra mandrakizay ary fantatra amin'ny hoe Fanahy Masina izy. Fanomezana avy amin'Andriamanitra ny Fanahy Masina mba hanampy antsika handray fanapahankevitra izay hanome fahafahana antsika hahita sy hanatontosa ny asa nanirahana antsika. . . .

"Amin'izao andro farany izao dia nomena antsika tamin'ny alalan'ny fanambarana araka ny voarakitra ao amin'ny fizarana 46 an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ny fanazavana momba ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy. Maneho fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy miavaka araka izao manaraka izao ny fizarana 46:

" 'Fa ny tsirairay dia tsy manana ny fanomezam-pahasoavana rehetra tsirairay omena azy; fa misy maro ireo fanomezam-pahasoavana, ary ny olona tsirairay dia omen'ny Fanahin'Andriamanitra fanomezam-pahasoavana iray'(and. 11).

" Nampianarina mazava isika fa ny tsirairay amintsika dia nomena fanomezam-pahasoavana iray

na maromaro. Fantatsika ve hoe fanomezam-pahasoavana inona no nomena antsika? Mikatsaka ny hahita ireo fanomezam-pahasoavana ananantsika ve isika?" ("Gifts of the Spirit," *Ensign,* feb. 2002, 12).


**1.** Eritrereto ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy azonao avy tamin'Andriamanitra, dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny roa amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy rehetra avy eo:

**a.** Ahoana no fomba nahazoanao tombontsoa avy tamin'ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy izay azonao?


**b.** Inona avy ireo karazana fanomezam-pahasoavana ara-panahy izay hitanao ao amin'ny Fiangonana ankehitriny?

**d.** Ahoana no hahafahanao mampiasa ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy ananananao mba hitahiana ny fiainan'ny hafa? Inona no fitahiana azonao teo amin'ny fiainanao tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy ananan'ny hafa?

Saintsaino ny fomba nampibaribary ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy tao anatin'ny fahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna. Soraty eo amin'ny toerana malalaka izay nomena dia ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy izay hita teo amin'ny fiainan'i Joseph Smith, araka ny aseho eo amin'ny sary tsirairay:



Môrônia 10:11 ________________________



Môrônia 10:14 ________________________



Môrônia 10:16 ________________________

Nijoro ho vavolombelona i Môrônia fa tsy maintsy manana finoana isika mba hahazoana fanomezam-pahasoavana ara-panahy. Nampianatra izy fa Andriamanitra dia "miasa amin-kery araka ny finoan'ny zanak'olombelona, tsy miova anio sy ampitso ary mandrakizay" (Môrônia 10:7). Vakio ny Môrônia 10:19, 24, ary fantaro izay manakana ny olona tsy hahazo sy hahafantatra ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy.

**2.** Soraty ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ny antony araka ny eritreritrao tsy ahafahan'ny olona ao anatin'ny toetry ny tsy finoana mamantatra na mahazo ny hery sy ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra.

Vakio ny Môrônia 10:20–23. Tadiavo izay nampianarin'i Môrônia momba ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy manan-danjan'ny finoana sy fanantenana ary fiantrana. Nijoro ho vavolombelona izy fa ny fanomezam-pahasoavana ara-panahin'ny finoana dia mitondra fitahiana tena tsara. Jereo ny andininy 23 mba hahitana izany fitahiana izany. Mariho fa ny teny hoe *mety* dia midika ho "tiana, "ary ilay andian-teny hoe "ny zavatra rehetra izay mety amiko" dia azo adika hoe "ny zavatra rehetra izay tiako hataonareo." Azonao asiana marika ilay fehezan-teny ao amin'ny Môrônia 10:23 izay mampianatra ity fitsipika ity: **Rehefa manana finoana isika dia hanana fahafahana hanao izay tian'ny Ray any an-danitra hataontsika.**

**3.** Mba hanampiana anao hamantatra ny fomba nahatanterahan'ity fitsipika ity teo amin'ny fiainanao na mety hahatanteraka azy dia manorata fehezan-teny vitsivitsy ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ho valin'ny iray amin'ireto fanambarana manaraka ireto na ho valin'izy roa:

**a.** Niaina ilay fampanantenana ao amin'ny Môrônia 10:23 aho rehefa . . .

**b.** Ilay fampanantenana hita ao amin'ny Môrônia 10:23 dia afaka manampy ahy amin'ny . . .

**4.** Diniho ireo fitsipika roa nianaranao tao amin'ny Môrônia 10:8–26 : **Manome ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Andriamanitra mba hahasoa ny zanany. Rehefa manana finoana isika dia hanana fahafahana hanao izay tian'ny Ray any an-danitra hataontsika.** Valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto:

**a.** Ahoana no ahafahan'ny fahafantarana ireo fitsipika roa ireo manampy anao eo amin'ny fiainanao izao dia izao?

**b.** Ahoana no ahafahan'ireo fitsipika roa ireo manampy anao ao anatin'ireo zava-mahasoa izay mety hiseho any aoriana?

## Môrônia 10:30–34

*I Môrônia dia namarana ny rakitsorany tamin'ny alalan'ny fanasana ny rehetra mba hanatona an'i Kristy sy ho atao tanteraka ao Aminy.*



Araka ny eritreritrao, mety azo atao tsara ve ny ho lasa tanteraka eto amin'ity fiainana ity? Nanazava ilay didy mba ho tanteraka ny Filoha James E. Faust tao amin'ny Fiadidiana Voalohany: "Tanjona mandrakizay ny fahatanterahana. Raha toa ka tsy afaka ny ho tanteraka isika eto ambonin'ny tany dia didy kosa ny fiezahana ho tonga amin'izany, izay azontsika hajaina tanteraka amin'ny alalan'ny Sorompanavotana" ("This Is Our Day," *Ensign,* mey 1999, 19).

Araka ny nampianarin'ny Filoha Faust, ny fahatanterahana dia tanjona azontsika iezahana tratrarina ankehitriny ary vitaina any amin'ny fiainana miaraka amin'ny fanampian'ny Mpamonjy. Namarana ny fijoroany ho vavolombelona nananany i Môrônia tamin'ny alalan'ny fampianarana ny zavatra azontsika atao mba hanasana ny hery mpanadion'ny Mpamonjy eo amin'ny fiainantsika ankehitriny sy hahatonga antsika ho tanteraka amin'ny alalan'ny Sorompanavotany amin'ny farany.

**5.** Ataovy ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ity tabilao manaraka ity:

| Ny zavatra azoko atao | Ny zavatra ampanantenain'Andriamanitra |
|---|---|
| | |

Vakio ny Môrônia 10:30–33 ka tadiavo (a) izay zavatra tsy maintsy ataontsika mba ho lasa madio ary ho tanteraka amin'ny farany sy (b) izay zavatra ampanantenain'Andriamanitra fa hataony mba hanampiana antsika. Soraty eo amin'ny faritra mifanaraka amin'izany ao amin'ilay tabilaonao izay zavatra hitanao.

Soraty eo ambanin'ilay tabilao ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina na ao amin'ny soratra masinao eo akaikin'ny Môrônia 10:32–33 izao teny manaraka izao: **Rehefa manatona an'i Jesoa Kristy isika dia afaka ny hodiovina sy ho atao tanteraka amin'ny alalan'ny Sorompanavotany.**

Dingana atao mandritra ny fiainana iray manontolo ny fanatonana an'i Kristy miaraka amin'ny finoana Azy sy ny fikatsahana amim-panetrentena ny fitarihany eo amin'ny fiainantsika avy eo. Izany dingana izany dia mbola mitohy amin'ny alalan'ny fanekena ny Filazantsarany, fanekena Azy ho Mpamonjy antsika, fibebahana, fanaovana fanekempihavanana miaraka Aminy amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny filazantsara ary faharetana amim-pahatokiana ao anatin'ny fankatoavana ny didiny mandritra ny fiainantsika. Ho tonga eo amin'i Kristy isika amin'ny farany rehefa tonga tahaka Azy; dia afaka mitoetra miaraka Aminy any amin'ny mandrakizay isika avy eo.

Namintina ny fanasana farany hanatona an'i Kristy nataon'i Môrônia izay hita ao amin'ny Môrônia 10:30–33 ny Loholona Jeffrey R. Holland avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Ny [fijoroana ho vavolombelona farany] nataon'i Môrônia dia [manamafy] ny finoana an'i Kristy, ny fanantenana an'i Kristy, ny fiantran'i Kristy, miaraka amin'ny fanaovana vavaka mba hitondran'ireto soatoavina Kristianina telo lehibe ireto, ireto fitsipika Kristiana telo lehibe indrindra ireto antsika any amin'ny fahadiovana. . . .

"Izany antso farany sy tokana nataon'ilay vato ifaharan'ny fivavahantsika sy ilay boky marina indrindra amin'izay boky nosoratana hatramin'izay izany dia ny mba tsy hikasihana ny zavatra tsy madio; ary ny hahatongavana ho masina sy tsy misy pentina ary ho madio. Ary izany fahadiovana izany dia tsy tonga raha tsy amin'ny alalan'ny ran'ny Zanakondry irery ihany izay nizaka ny fahoriantsika sy nitondra ny alahelontsika, ilay Zanakondry izay noratraina noho ny fandikantsika lalàna ary notorotoroina noho ny helotsika, ilay Zanakondry izay nampijaliana sy nampahoriana, kanefa nohamavointsika (jereo ny Môsià 14). . . .

"Ny fahadiovana—amin'ny alalan'ny ran'ny Zanakondry. Izany no zavatra hitalahoan'ny [Bokin'i Môrmôna]" ("A Standard unto My People" [CES symposium on the Book of Mormon, 9 aog. 1994], 15, si.lds.org).

Avereno jerena ny Môrônia 10:32–33, ary asio marika ireo andian-teny izay manamafy fa ny hany fomba ahafahantsika ho tanteraka dia ny ho tanteraka "ao amin'i Kristy." Midika izany fa tsy ho tratrantsika amin'ny alalan'ny herin'ny tenantsika manokana ny fahatanterahana fa tsy maintsy miankina amin'ny hery sy ny famindrampon'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy isika. Saintsaino ny antony ilantsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy mba hahatongavantsika ho madio sy tanteraka. Azonao asiana marika ireo andian-teny ao amin'ny Môrônia 10:32–33 izay hitanao fa mankahery rehefa miezaka ny ho madio sy hanatratra ilay tanjona mandrakizay dia ny fahatanterahana ianao.

Avereno jerena izay nosoratanao teo ambanin'ny "Ny zavatra azoko atao" ao amin'ilay tabilao ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina. Misafidiana zavatra atao iray voasoratra ao ary saintsaino ny fomba hahafahanao ho mazoto kokoa eo amin'izany lafinjavatra izany eo amin'ny fiainanao izany.

Vakio ny Môrônia 10:34, ary mitadiava porofon'ny finoan'i Môrônia an'i Jesoa Kristy sy ny fanantenany fa hahazo fiainana mandrakizay izy. Afaka manana finoana sy fanantenana ihany koa isika rehefa manao ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna ho toy ny zavatra atao mandritra ny fiainana iray manontolo sy rehefa mampihatra ireo fahamarinana hita ao anatin'ireo pejiny.

**6.** Eo am-pamaranana ity fandalinana ny taranja Bokin'i Môrmôna ity, dia valio ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina ireto fanontaniana manaraka ireto, ary mivononà hizara ny valinteninao amin'ny mpampianatrao:

**a.** Inona no fiovana nentin'ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna teo amin'ny fiainanao tamin'ity taona ity?

**b.** Inona avy ireo lesona na fitsipika nanampy anao "hanatona an'i Kristy" sy nampatanjaka ny finoanao ny Mpamonjy?

**d.** Inona no fijoroana ho vavolombelona ananananao momba ny Bokin'i Môrmôna?

**7.** Soraty eo ambanin'ny asa nampanaovina androany ao anatin'ny diary fandalinanao ny soratra masina izao manaraka izao:

*Izaho dia nandalina ny Môrônia 10:8–26, 30–34 sy nahavita io lesona io tamin'ny* (daty).

*Fanontaniana sy eritreritra ary hevi-baovao fanampiny tiako hozaraina amin'ny mpampianatra ahy:*



SEMINERA SY INSTITIOTA
FIANARANA NY FILAZANTSARA

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

MALAGASY
4 02094 10654 3
09410 654